

Testamenta Taloha

Bokin'ny Mpampianatra Fotopampianarana Filazantsara



Testamenta Taloha

Fotopampianarana ny Filazantsara:
Boky fampianarana ho an' ny mpampianatra

Avoakan'
Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Comments and Suggestions

Your comments and suggestions about this manual would be appreciated. Please submit them to:

Curriculum Planning
50 East North Temple Street, Floor 24
Salt Lake City, UT 84150-3200
USA

E-mail: cur-development@ldschurch.org

Please list your name, address, ward, and stake. Be sure to give the title of the manual. then offer your comments and suggestions about the manual's strengths and areas of potential improvement.

Fonony: *Hana manolotra ny zanany lahy, Samoela, an' i Ely, sary nataon' i Robert T. Barrett*

© 1996, 2002 na Intellectual Reserve, Inc.

Zo rehetra voatokana

Natonta tany Etazonia Amerika

Fankatoavana ny tamin' ny teny anglisy: 9/95

Fankatoavana ny fandikan-teny: 1/01

Fandikana ny: *Old Testament: Gospel Doctrine Teacher's Manual*

Malagasy

Votoatiny

Filaharan' ny lesona sy ny lohateniny	Pejy
Fanampiana ho an' ny mpampianatra	v
1 "Izao no asako sy ny voninahitra" (Mosesy 1)	1
2 "Efa voafidy ianao talohan' ny nahaterahanao" (Abrahama 3; Mosesy 4:1-4)	7
3 Ny fahariana (Mosesy 1:27-42; 2-3)	11
4 "Noho ny fahotako dia nosokafana ny masoko" (Mosesy 4; 5:1-15; 6:48-62)	15
5 "Raha tsara toetra ianao dia hankasitrahana" (Mosesy 5-7)	21
6 "Noa. . . nanamboatra sambo-fiara namonjena ny ankohonany" (Mosesy 8:19-30; Genesisy 6-9; 11:1-9)	28
7 Ny fanekempihavanan' ny Tompo tamin' i Abrahama (Abrahama 1:1-4; 2:1-11; Genesisy 12:1-8; 17:1-9)	33
8 Miaina amim-pahamarinana ao anatin' ny tontolo feno haratsiana (Genesisy 13-14; 18-19)	39
9 "Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra" (Abrahama 1; Genesisy 15-17; 21-22)	44
10 Ireo fitahiana avy amin' ny zom-pizokiana, fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana (Genesisy 24-29)	49
11 "Hataoko ahoana ny hanao izany ratsy lehibe izany?" (Genesisy 34; 37-39)	56
12 "Andriamanitra efa nahamaro ahy teto amin' ny tanin' ny fahoriako" (Genesisy 40-45)	61
13 Fanandevozana, Paska ary fanafahana (Eksodosy 1-3; 5-6; 11-14)	66
14 "Ho rakitra soa ho Ahy ianareo" (Eksodosy 15-20; 32-34)	73
15 "Jereo Andriamanitra fa ho velona ianao" (Nomery 11-14; 21:1-9)	80
16 "Tsy mahazo manaoatra ny tenin' i Jehovah Andriamanitra aho" (Nomery 22-24; 31:1-16)	86
17 "Mitandrema fandrao hadinoinao" (Deoteronomia 6; 8; 11; 32)	91
18 "Mahereza sy mahatanjaha" (Josoa 1-6; 23-24)	97
19 Ny fanjakan' ny mpitsara (Mpitsara 2; 4; 6-7; 13-16)	103
20 "Fantatr' izay rehetra ao an-tanànan' ny fireneko fa vehivavy tsara ianao" (Rota; 1 Samoela 1)	109
21 Omen' Andriamanitra voninahitra izay manome voninahitra Azy (1 Samoela 2-3; 8)	114

22	“Fa Jehovah kosa mijery ny fo” (1 Samoela 9–11; 13; 15–17)	120
23	“Jehovah no vavolombelona amiko sy aminao mandrakizay” (1 Samoela 18–20; 23–24)	128
24	“Amorony fo madio aho” (2 Samoela 11-12; Salamo 51)	133
25	“Aoka izay rehetra manam-pofon’aina samy hidera an’ i Jehovah” (Salamo)	140
26	Solomona mpanjaka: lehilahin’ ny fahendrena, lehilahin’ ny fahadalana (Mpanjaka voalohany 3; 5–11)	147
27	Ny fitaoman’ ny mpitondra ratsy fanahy sy ny mpitondra marina (Mpanjaka voalohany 12–14; Tantara faharoa 17; 20)	153
28	“Manarakaraka ny afo nisy feo nitsoka malemy” (Mpanjaka voalohany 17–19)	160
29	“Nalainy . . . ny kapôtin’ i Elia” (Mpanjaka faharoa 2; 5–6)	166
30	“Mankanesa any an-tranon’ i Jehovah” (Tantara faharoa 29–30; 32; 34)	171
31	“Sambatra izay olona mahita fahendrena”(Ohabolana sy Mpitoriteny)	179
32	"Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy" (Joba 1–2; 13; 19; 27; 42)	186
33	Ny fizarana ny filazantsara amin’ izao tontolo izao (Jona 1–4; Mika 2; 4–7)	191
34	“Hofohoiko ho vadiko amin’ ny fahamarinana ianao” (Hosea 1–3; 11; 13–14)	196
35	“Andriamanitra milaza ny heviny amin’ ny mpaminaniny” (Amosa 3; 7–9, Joela 2–3)	200
36	“Ny voninahitr’ i Ziona ho fialofana” (Isaia 1–6)	206
37	“Efa nanao zava-mahagaga ianao” (Isaia 22; 24–26; 28–30)	211
38	“Tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho” (Isaia 40–49)	215
39	“Akory ny hatsaran’ ny erỳ an-tendrombohitra” (Isaia 50–53)	220
40	“Halalaho ny itoeran’ ny lainao” (Isaia 54–56; 63–65)	223
41	“Indro, Izaho hanao anao. . . andry vy” (Jeremia 1–2; 15; 20; 26; 36–38)	228
42	“Hosoratako ao am-pony izany” (Jeremia 16; 23; 29; 31)	233
43	Ny mpiandry ondrin’ ny Israely (Ezekiela 18; 34; 37)	237
44	“Ny zavatra rehetra na aiza na aiza alehan’ ny ony dia ho velona” (Ezekiela 43–44; 47)	244
45	“Raha tãhiny maty aho, dia maty” (Daniela 1; 3; 6; Estera 3–5; 7–8)	249
46	“Fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay” (Daniela 2)	255
47	“Aoka isika hitsangana ary handrafitra azy” (Ezra 1–8; Nehemia 1–2; 4; 6; 8)	260
48	“Ilay andron’ ny Tompo lehibe sady mahatahotra” (Zakaria 10–14; Malakia)	266

Fanampiana ho an'ny mpampianatra

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: “Antenaiko fa ho anareo [ny fianarana ny soratra masina] dia ho tonga zavatra mahafinaritra anareo kokoa noho ny adidy; ka hanampy anareo hampitombo ny fitiavanareo ny tenin’ Andriamanitra izany. Mampanantena anareo aho fa raha mamaky izany ianareo, dia hahazo fahazavana ny sainareo ary hasandratra ny fanahinareo” (“The Light within You”, *Ensign*, May 1995, 99).

Amin’ ny maha-mpampianatra ny fotopampianaran’ ny filazantsara anao, dia manana fahafahana hanampy ny mpikambana ao amin’ ny kilasinao ianao hianatra ny ho tia ny Testamenta Taloha ary hikatsaka ny fahazavana izay nampantentain’ ny Filoha Hinckley. Rehefa mpampianatra ianao dia hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy, izay tia ny soratra masina sy nampiasa izany hampianarana ny mpianany.

Taoriana kelin’ ny nitsanganan’ i Jesoa tamin’ ny maty, dia nampiasa ny soratra masina Izy hampianarana ny mpianatra anankiroa momba ny fahamarinana manan-kery. Nandeha nankany Emaosy ny mpianatra antsoina hoe: Kleopasy sy ny namany ary niresaka momba ny vaovao izay vao reny fa tsy tao amin’ ny fasanaintsony ny vatan’ i Jesoa. Raha nandeha izy ireo, dia tafaraka tamin’ izy ireo i Jesoa fa tsy fantatr’ izy ireo Izy. Nanontaniany izay noresahiny sy ny antony nahatonga azy ireo nalahelo, ary dia notantarain’ izy ireo Azy ny momba ny Fanomboana sy ny Fitsanganana tamin’ ny maty. Rehefa nahare izany i Jesoa dia “nanambara taminy ny hevitra ny teny milaza Azy ao amin’ ny soratra masina rehetra” (Lioka 24:27).

Nangataka ny Mpamonjy mba hijanona hiaraka aminy i Kleopasy sy ny namany, ary rehefa nipetraka sy nihinana izy ireo, dia fantany Izy amin’ ny maha-Tompo efa nitsangana tamin’ ny maty Azy. Rehefa izany, dia nanjavona tsy hitany Izy, ary dia niresaka izy ireo nanao hoe: “Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dalàna Izy, ka namoaka ny hevitra ny soratra masina tamintsika?” (Lioka 24:32).

Ny soratra masina izay nahatonga ny fon’ ny mpianatra ho nangorakoraka dia avy tao amin’ ny Bokin’ i Mosesy sy ireo mpaminanin’ ny soratra masina izay fantatsika amin’ ny hoe: Testamenta Taloha. Rehefa mpampianatra ireo fahamarinana masina ireo koa ianao, dia hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan’ izany amin’ ny kilasinao ny Fanahy Masina, tahaka ny nataony tamin’ i Kleopasy sy ny namany.

Tokony hanamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananan’ ny mpianatra momba ny Mpamonjy sy ny fanoloran-tenany hiaina ny Filazantsarany ny fianarana ny Testamenta Taloha. Rehefa voatariky ny Fanahy Masina izy ireo amin’ ny fianarana ataony, dia tokony ho afaka hanambara tahaka an’ i Joba ny mpianatra manao hoe: “Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin’ ny vovoka Izy” (Joba 19:25).

**Mampianatra
amin' ny alalan'
ny Fanahy**

Rehefa miomana hampianatra ny Fotopampianaran' ny Filazantsara ianao, dia tena zava-dehibe ny hikatsahanao ny aingam-panahy sy ny fitarihana avy amin' ny Fanahin' ny Tompo. "Homena anao amin' ny alalan' ny fivavahana amimpinoana ny Fanahy," hoy ny Tompo, "ary raha tsy mandray ny Fanahy ianao, dia tsy tokony hampianatra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:14). Tsarovy fa ny Fanahy Masina no mpampianatra ao amin' ny kilasinao.

Ny fomba hikatsahanao ny Fanahy dia avy amin' ny alalan' ny vavaka, ny fifadikianina, ny fianarana soratra masina isan' andro ary ny fankatoavana ny didy. Rehefa miomana hampianatra ianao, dia mangataha ny Fanahy mba hanampy anao hahatakatra ny soratra masina sy izay ilain' ny mpianatra. Afaka hanampy anao hanao drafitra amin' ny fomba mazava tsara hifanakalozana hevitra momba ny soratra masina sy ny fampiharana izany amin' ny fiainantsika ankehitriny ihany koa ny Fanahy (1 Nefia 19:23). Amin' ny fanampian' ny Fanahy, dia ho tonga fitaovana mahomby eo am-pelatanan' Andriamanitra ianao hampianatra ny teniny ho an' ireo zanany.

Ireto manaraka ireto dia soso-kevitra vitsivitsy amin' ny fomba hanasana ny Fanahy ho ao amin' ny kilasinao:

1. Manasà mpianatra hivavaka aloha sy aorian' ny lesona. Mandritra ny fampianarana, dia mivavaha ao am-ponao mba hitarihan' ny Fanahy anao, hanokatra ny fon' ny mpianatra sy hijoro ho vavolombelona ary hanome aingam-panahy.
2. Ampiasao ny soratra masina (Jereo "Mifantoka amin' ny soratra masina" eo ambany).
3. Mijoroa ho vavolombelona isaky ny manentana anao hanao izany ny Fanahy, fa tsy amin' ny fiafaran' ny lesona ihany. Mijoroa ho vavolombelona momba ny Mpamonjy. Asaovy mijoro ho vavolombelona matetika ny mpianatra.
4. Mampiasà fihirana, Hiran' ny Kilonga, sy hira masina hafa hanomanana ny fon' ny mpianatra hahatsapa ny Fanahy.
5. Manehoa fitiavana amin' ny mpianatra, ny hafa ary ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.
6. Lazao ny hevitrao, ny fahatsapanao ary ny zava-nodiavinao izay mifandray amin' ny fitsipika ao amin' ny lesona. Asaovy manao toa izany koa ny mpianatra. Ny mpianatra ihany koa dia afaka milaza ny fomba nampiharany na nampianarany ny fitsipika nohadihadiana tao amin' ny lesona teo aloha.

**Mifantoka amin'
ny soratra masina**

Mitaky fandalinana amim-pahazotoana sy amim-bavaka ny soratra masina ny fanomanana ny fampianarana ny Fotopampianaran' ny Filazantsara. Nandidy ny Tompo nanao hoe: "Aza mitady ny hitory ny teniko, fa tadiavo aloha izay hahazoanao izany". Rehefa azonao ny teniny amin' ny alalan' ny fandalinana ny soratra masina, dia nampanantena ny Tompo fa "hovahana ny lelanao; rehefa izany, raha tianao, dia hanana ny Fanahiko sy ny teniko ianao, eny, ny herin' Andriamanitra mba handresen-dahatra ny olona". (F&F 11:21).

Ity boky fampianarana ity dia fitaovana hanampy anao hampianatra ny soratra masina. Entano ny mpianatra hitondra ny bokin' ny soratra masina isan-kerinandro.

Mandritra ny fampianarana, dia ataovy mifantoka hatrany amin' ny soratra masina ny fifanakalozan-kevitra. Manehoa fahendrena sy ny fahaiza-mandinika amin' ny fanazavana ataonao sy amin' ny fampiasana ireo fanovozan-kevitra tsy ara-tsoratra masina ho fampahalalana. Tokony hampianarina hikatsaka fahalalana sy aingam-panahy avy amin' ny soratra masina sy ny tenin' ny mpaminanin' ny andro farany ny mpianatra.

Tokony homena santionan' ny *Torolalana ho an' ny mpianatra handalinana ny Testamenta Taloha* ny mpianatra tsirairay. Io boky kely io dia ahitana famintinana sy fanontaniana maromaro izay hanampy ny mpianatra hahatakatra ny soratra masina, handalina ny fomba ampiharana azy ireny, ary hiomana ho amin' ny fifanakalozan-kevitra mandritra ny fianarana. Entano ny ray aman-dreny hampiasa ny torolalana ho an' ny mpianatra mandritra ny fiarahan' ny mpianakavy mandalina ny soratra masina.

Firafitry ny lesona

Ity boky fampianarana ity dia nosoratana ho an' ny kilasin' ny zatovo sy ny olon-dehibe hampianarana ny Fotopampianarana ny Filazantsara ary ampiasaina isaky ny efa-taona. Ny lesona dia natao amin' ny fomba izay hahitana fampahalalana maro mihoatra noho izay azonao ampianarina mandritra ny fotoam-pianarana iray. Katsaho ny Fanahin' ny Tompo amin' ny fifantenana ny tantara ao amin' ny soratra masina, ny fanontaniana, ary ny fampiasana izay tena mifanaraka amin' izay ilain' ny mpianatra.

Ahitana ireto fizarana manaraka ireto ny lesona tsirairay avy:

1. *Tanjona*. Ny voalaza eo amin' ny tanjona dia manome anao ny hevi-dehibe hifantohana rehefa manomana ny lesona sy mampianatra ianao.
2. *Fanomanana*. Ny ampahany voalohany amin' ity fizarana ity dia mamintina ny tantara ao amin' ny soratra masina ao amin' ny lesona. Ny lesona sasany dia manome vakiteny hafa izay hanome anao fahatakarana bebe kokoa. Amin' ny ankabetsahan' ny lesona ao amin' ity ampahany ity, no ahitana koa soso-kevitra hafa hanomanana, toy ny fitaovana izay azonao entina any am-pianarana.
3. *Fisarihana ny saina*. Ahitana fampiasana tsotra, na lesona ampiasana fitaovana, na fanontaniana izay hanampy ny mpianatra hiomana hiatrika ny fampianarana, handray anjara ary hahatsapa ny fitaoman' ny Fanahy ity fizarana ity. Na mampiasa ny Fisarihana ny saina izay hita ato anatin' ny Boky fampianarana ianao, na mampiasa ny anao manokana, dia zava-dehibe ny manao izay hifantohan' ny sain' ny mpianatra amin' ny lesona raha vao manomboka ny fampianarana. Tokony ho fohy ny fampiasana.
4. *Fanadihadiana sy fampiharana ny soratra masina*. Ity no fizarana lehibe indrindra ao amin' ny lesona. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny tantara ao amin' ny soratra masina mba hahafahanao mampianatra sy mamelabelatra izany amimpahombiazana. Ampiasao ny torohevitra ao amin' ny "Fanampiana amin' ny fampianarana ny soratra masina" (eo ambany) mba hanovaovana ny fomba hampianaranao sy hitanana ny fahalianan' ny mpianatra.

5. *Famaranana*. Manampy anao hamintina ny lesona ary hanentana ny mpianatra hiaina ny fitsipika izay vao avy noresahinareo ity fizarana ity. Hampahatsiahy anao hijoro ho vavolombelona ihany koa izany. Ataovy izay hananana fotoana ampy hamaranana ny lesona tsirairay.
6. *Fanampin-kevitra enti-mampianatra*. Ahitana fahamarinana hafa avy ao amin' ny tantara ao amin' ny soratra masina, fomba hafa enti-mampianatra, fampiasana ary soso-kevitra hafa izay hanampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona ity fizarana ity. Azonao atao ny mampiasa ny sasany amin' ireo hevitra ireo ho ampahany ao amin' ny lesona.

Fanampiana amin' ny fampianarana ny soratra masina

Ampiasao ireto soso-kevitra manaraka ireto mba hampianarana ny tantara ao amin' ny soratra masina amin' ny fomba mahomby kokoa sy mba hisian' ny fiovaovana betsaka kokoa:

1. Ampio ny mpianatra hahatakatra izay ampianarin' ny soratra masina momba an' i Jesoa Kristy, Ilay Jehovan' ny Testamenta Taloha, izay efa nambara ao amin' ny Testamenta Taloha avokoa ny fahaterahany, ny asa nanirahana Azy teto an-tany, ny fiaviany fanindroany, ary ny fanjakany arivo taona.
2. Asaovy mieritreritra sy mizara fomba mazava tsara izay ahafahany mampiandra ny andian-tsoratra masina eo amin' ny fiainany ny mpianatra.
3. Ho fanampin' ny fotopampianarana, antitrantero ny tantara ao amin' ny Testamenta Taloha, indrindra ny tantara momba ny finoana, ka ataovy azo antoka fa mahatakatra azy ireny ny mpianatra ary mifanakaloza hevitra ny fomba ampiharana azy ireny.
4. Asaovy mitady teny, andian-teny, na hevitra izay miverimberina matetika ao amin' ny andian-tsoratra masina na izay manana heviny manokana aminy ny mpianatra.
5. Soraty eo amin' ny solaitrabe ny fehezan-teny vitsivitsy, teny manan-danja, na ny fanontaniana izay mifandray amin' ny tantara ao amin' ny soratra masina. Rehefa izany dia vakio na fintino ilay tantara. Rehefa henon' ny mpianatra ireo fehezan-teny, teny manan-danja na ny valin' ireo fanontaniana, dia mijanona ary atombohy ny famakafakana.
6. Ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, ny teny hoe: "ary toy izany no ahitantsika" dia ampiasaina mba hanolorana ny famintinana ny fitsipika ampianarina. Rehefa avy mamakafaka andian-tsoratra masina ianareo, dia asaovy fenoin' ny mpianatra ny fehezanteny "ary toy izany no ahitantsika" mba hanazavana ny fitsipiky ny filazantsara vao avy nampianarina.
7. Mitadiava ary miresaha fanoharana izay ampiasaina ao amin' ny Testamenta Taloha. Ohatra, ny mpampakatra sy ny ampiakarina dia maneho ny Isiraely sy ny Mpamonjy.
8. Mariho ny fomba tsy itovian' ny olona na ny zava-nitranga ao amin' ny soratra masina. Ohatra, azonao aseho ny tsy fitoviana teo amin' i Kaina sy i Abela ary i Enoka (Mosesy 5–7); i Davida sy i Batseba (2 Samoela 11) tamin' i Josefan' i Ejipta sy ny vadin' i Potifara (Genesisy 39:7–13); na ny mpaminany Elia sy i Ahaba mpanjaka ratsy fanahy (1 Mpanjaka 16:29–33; 17–19).

9. Asaovy lalaovin' ny mpianatra ny tantara ao amin' ny soratra masina ka vaki-ny mafy ny tenin' ny olona tsirairay ao amin' ny soratra masina .
10. Zarako ho sokajy roa na mihoatra ny mpianatra. Rehefa avy nanao jery todika ny tantara ao amin' ny soratra masina, dia asaovy manoratra ny fitsipika nampianarina tao amin' ny tantara ny sokajy tsirairay avy. Rehefa izany, dia asaovy mifandimby mamakafaka ny fomba ampiharana ny fitsipika eo amin' ny fiainany ny sokajy tsirairay avy.
11. Asaovy mitondra pensilihazo hanamarihana ny andinin' izay manan-danja ny mpianatra rehefa manao ny fanadihadiana ianao.

Fanentanana ny fanadihadiana ao am-pianarana

Raha ny tokony ho izy dia tsy tokony hanome lahateny hovakina be ianao fa ezaho ny handraisan' ny mpianatra anjara tsara amin' ny famakafakana ny soratra masina. Rehefa mandray anjara ny mpianatra, dia hianatra tsaratsara kokoa momba ny soratra masina izy ary hahatakatra bebe kokoa ny fomba ampiharana ny fitsipiky ny filazantsara. Katsaho ny fitarihan' ny Fanahy amin' ny fanapahana izay fanontaniana homena, ny fomba handrindrana azy ireny, ary ny fomba hanatsarana azy ireny. Ny famakafakana ao am-pianarana dia tokony hifototra amin' ny fitsipika izay hanampy ny mpianatra hanatona an' i Kristy ary hiaina tahaka ny mpianany. Ahitsio ny resaka izay tsy manatanteraka an' io tanjona io.

Nomena mba hanampy anao sy ny mpianatra hahita ny valiny amin' ny ankamaroan' ireo fanontaniana ao amin' ny soratra masina ny toko sy andinin' ny soratra masina. Ny valin' ny fanontaniana sasany dia azo avy amin' ny zava-nodiavin' ny mpianatra.

Tsy ny famakafakana na firesahana momba ny zavatra rehetra ao amin' ny lesona no zava-dehibe fa ny fanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny soratra masina ary hanolo-tena hiaina araka ny maha-mpianatr' i Kristy azy. Raha avy amin' ny fanadihadiana tsara iray no nisintonan' ny mpianatra lesona, dia tsara kokoa ny hamelana izany hitohy toy izay ny hiresaka momba ny zavatra rehetra ao amin' ny lesona.

Ampiasao ity torolalana manaraka ity mba hanentanana ny fifanakalozan-kevitra:

1. Manomeza fanontaniana, rehefa izany, dia omeo toko sy andinin' ny soratra masina mba hahitan' ny mpianatra ny valiny.
2. Manomeza fanontaniana izay mitaky fieritreretana sy fanadihadiana, fatsy fanontaniana azo valina fotsiny amin' ny eny na tsia. Ny fanontaniana izay manomboka amin' ny *nahoana*, *ahoana*, *iza*, *inona*, *oviana*, ary *taiza* dia anisan' ny mahomby amin' ny fanentanana ny famakafakana.
3. Entano ny mpianatra haneho ny fihetseham-pony momba izay ianarany ao amin' ny soratra masina. Entano ihany koa izy ireo hizara ny zava-niainany izay maneho ny fomba ampiharana ny fitsipika ara-tsoratra masina eo amin' ny fiainany. Manehoa fankasitrahana amin' ny fandraisany anjara.
4. Aoka mba ho tsapanao ny ilain' ny mpianatra. Na dia tokony entanina handray anjara avokoa aza ny mpianatra, dia mety mbola hisy ihany ireomisalasala amin' ny famaliana ny fanontaniana. Azonao atao ny miresaka mitokana amin' izy ireny mba hahitanao ny heviny momba ny famakiana teny mafy

na ny fandraisana anjara ao am-pianarana. Aoka mba tsy hiantso mpikambana handray anjara raha toa ka hahasadaikatra azy izany.

5. Entano ny mpianatra mba hiomana amin' ny fampianarana amin' ny fandalinana ny tantara ao amin' ny soratra masina voatondro sy ny *Torolalana ho an' ny mpianatra handalinana ny Testamenta Taloha*. Ho afaka handray anjara kokoa amin' ny famakafakana izy ireo raha niomana. Toroy hevitra ireo mpianatra hiresaka amin' ny fianakaviany momba ny tantara ao amin' ny soratra masina sy ny lesona ny mpianatra.

“Izao no asako sy ny voninahitro”

Lesona

1

Mosesy 1

Tanjona

Hanampy ny mpianatra hahatakatra fa (1) zanak' Andriamanitra isika, (2) afaka manohitra ny fakan' i Satana fanahy antsika isika, ary (3) ny asan' Andriamanitra sy ny voninahiny dia ny hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ho antsika.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ity soratra masina manaraka avy tao amin' ny Voahangy Lafo Vidy ity:
 - a. Mosesy 1:1–11. Nahita an' Andriamanitra sy niresaka nifanatrika Taminy i Mosesy. Nahafantatra i Mosesy fa zanaka lahin' Andriamanitra tahaka ilay Zanaka Lahitokan' ny Ray izy. Fanamarihana: Tokony ho fantatry ny mpianatra fa i Jehovah, fa tsy ny Ray any an-danitra, no niseho tamin' i Mosesy tamin' ny fahitana. Jehovah no Jesoa Kristy talohan' ny fiainana tetỳ an-tany sy Ilay Andriamanitry ny Testamenta Taloha. Mitovy amin' ny an' ny Rainy ny tanjony ary misolo tena Azy amin-kery sy fahefana Izy. Ny teniny dia ireo izay an' ny Ray, ary indraindray, araka ny ao amin' ny Mosesy 1:6, dia miteny mivantana amin' ny anaran' ny Rainy Izy. (Jereo James E. Talmage, *Articles de Foi*, [1924], 60–61.)
 - b. Mosesy 1:12–23. Nifanatrika tamin' i Mosesy i Satana; nandroaka azy i Mosesy.
 - d. Mosesy 1:24–39. Niseho indray Andriamanitra ary nampianatra ny asany sy ny voninahiny.
2. Alalino ny lesona ary manapaha hevitra ny amin' ny fomba hampianarana ny tantaran' ny soratra masina. Koa satria ho sarotra ny hanome ny fanontaniana rehetra sy ny hampianatra ny lesona rehetra, dia ento amim-bavaka ny fifantenanana azy ireo mba hifanaraka tsara amin' ny filan' ny mpianatra. Afaka mamorona fanontaniana mifanaraka amin' ny toe-javatra misy eo amin' ireo mpianatra ianao.
3. Makà santionan' ny *Torolalana ho an' ny mpianatra handalinana ny Testamenta Taloha (L' Ancien Testament-Guide d' etude de l' élève)* (34592 140) ho an' ny olona tsirairay ao amin' ny kilasinao. (Tokony hanafatra izany torolalana ho an' ny fampianarana izany ho anisan' ny fitaovana hafarana isan-taona ny paroasy; ny mpikambana ao amin' ny episkopà dia tokony hanome izany ny Fiadidian' ny Sekoly Alahady.)
4. Raha mampiasa ny fisarihana ny saina faharoa ianao, dia mitondrà taratasy na harona lamba ary ataovy ao anatin' izany ireo zavatra fahita andavanandro, toy ny vato, fihogo ary pensilihazo.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fampidirana ny
Testamenta Taloha

Ny Testamenta Taloha dia tantara momba ny fifanarahan' Andriamanitra tamin' ny olon' ny fanekempihavanany nanomboka tamin' ny fotoan' ny fahariana ka hatramin' ny zato taona vitsivitsy talohan' ny nahaterahan' ny Mpamonjy. Manome ohatra lehibe momba ny finoana sy ny fankatoavana ny Testamenta Taloha. Mampiseho ihany koa ny vokatry ny fanadinoana, ny tsy fankatoavana, na ny fanoherana an' Andriamanitra izany. Ny faminiana ao anatiny dia manambara ny fahaterahan' ny Mesia, ny sorompanavotana, ny fiaviana fanindroany, ary ny fanjakana arivo taona.

Ho fanampin' ny Testamenta Taloha, dia ahitana ny Bokin' i Mosesy sy i Abrahama avy ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy ity fampianarana ity. Ahitana fanampiny sy fanazavana lehibe an' ireo zavatra voalaza sasantsasany ao amin' ny bokin' i Genesisy ireo boky ireo. Ny bokin' i Mosesy dia ampahany avy amin' ny Dikan-teny nataon' i Joseph Smith momba ny Baiboly. Ny bokin' i Abrahama dia dikan-teny izay nataon' i Joseph Smith avy tamin' ny papirosy ejipsiana.

Fisarihana ny saina

Azonao atao ny iray amin' ireto fampiasana ireto (na iray amin' ny anao manokana) mba hanombohana ny lesona. Mifidiana fampiasana izay tena mifanaraka amin' ny kilasy.

1. Asaovy mijery ao amin' ny Mosesy 1:6, 20–22 , ary 39 ny mpianatra mba hamantatra ireo fahamarinana lehibe izay nambara. Mety ho samihafa ny valin-teny. Hazavao fa ity lesona ity dia hifantoka amin' ny fahamarinana telo izay voatanisa eo ambanin' ny “Tanjona” ao amin' ny pejy 0.
2. Mifidiana mpianatra roa ary atolory azy ilay kitapo misy ireo fitaovana vitsivitsy fampiasa an-davanandro (Jereo “Fanomanana,” pejy 0). Lazao ireo mpandray anjara fa hanao kilalao izy ireo, nefa aza manome torolalana na manazava ny tanjon' ny lalao. Asaovy sokafan' ny mpandray anjara ilay kitapo ary atombohy ny lalao. Manantena ireo zavatra ao anatin' ny kitapo hanazava ny lalao izy ireo. Ireo zavatra ireo anefa dia tsy manome izany fanazavana izany, ka hanontany tena amin' izay tokony hataony ny mpandray anjara.

Hazavao fa mba hahatakarana ny lalao dia tsy maintsy fantarina aloha ny antony na ny tanjony. Tahaka izany ihany, mba hahatakarantsika ny fiainantsika eto an-tany dia tsy maintsy mahafantatra ny antony na ny tanjon' ny fiainantsika isika. Manampy antsika hahatakatra izany amin' ny famaliana fanontaniana anankitelo ny Mosesy 1:

Iza isika?

Ahoana no fomba ahafahantsika mandresy ny fitaoman' ny fahavalo?

Inona ny asan' Andriamanitra sy ny voninahiny?

Fanadihadiana sy
fampiharana
soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia hadihadio ny fomba hampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainany izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina mandritra ny lesona, amin' ny fotoana maha-mety izany, dia zarao

ny Torolalana ho an' ny mpianatra handalinana ny Testamenta Taloha (*L' Ancien Testament, Guide d' etude de l' élève*) (34592 140), ary entano ny mpianatra hampiasa izany mba hanampy azy amin' ny fandalinana ny soratra masina samirery sy miaraka amin' ny fianakaviany.

1. Mampianatra Andriamanitra fa zanak' Andriamanitra i Mosesy.

Ampianaro ary hadihadio ny Mosesy 1:1–11.

- Inona ny zavatra nianaran' i Mosesy avy tamin' ny zava-niainana voalaza ao amin' ny Mosesy 1:1–7? Inona ny zavatra nianaran' i Mosesy momba ny tenany? (Azonao atao ny mampanisa ny mpianatra ny famerimberenana nilazan' Andriamanitra an' i Mosesy ho “ny zanako” ao amin' ireo andininy ireo.)
- Inona no dikan' ny hoe: nohariana “araka ny endriky” ny Mpamonjy i Mosesy? (Mosesy 1:6). Inona no vokatry ny fahafantarana fa zanak' Andriamanitra, nohariana araka ny endriky ny Zanany isika, eo amin' ny fiainantsika?

Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks hoe: “Eritrereto ny herin' ny hevitra izay ampianarina ao amin' ilay hira ankamamiansika manao hoe: ‘Zanaky ny Ray aho.’ . . . Ity no valin' ny iray amin' ireo fanontaniana lehibe eo amin' ny fiainana, ‘Iza moa aho?’ Zanak' Andriamanitra aho, taranaka ara-panahin' ireo ray aman-dreny any an-danitra. Mamaritra fahafaha-manao tsy manam-petra ananantsika izany rohim-pihavanana izany. Fankaherezana lehibe izany hevitra manan-danja izany. Afaka mankahery ny tsirairay amintsika izany hisafidy ny tsara sy hikatsaka ny tsara indrindra ao amintsika. Apetraho ao an-tsain' ny . . . olona iray ilay hevitra manan-danja fa izy dia zanak' Andriamanitra , fa efa nanolotra fanajan-tena sy fandrisihana handresy ireo olana eo amin' ny fiainana ianao” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1995, 31; na *Ensign*, Nov. 1995, 25).

- Tamin' ny fiantsoana miverimberina an' i Mosesy hoe: “ry zanako” ary tamin' ny filazana fa nohariana “tahaka ny endriky ny Zanako Lahy tokana,” dia nanome fahatokisana sy ny fahatakaran' i Mosesy ny amin' ny hasiny Andriamanitra. Ahoana no ahafahan' ny fanarahana an' io fitsipika io manampy antsika amin' ny maha-ray aman-dreny antsika? Ahoana no ahafahan' izany manamafy ny fanambadiana? Ahoana no ahafahan' izany manamafy ny fihavanana?

Lazao fa eo amin' ny tontolo izay hita fa toa mibahan-toerana kokoa ny fanakianana sy ny fanaratsiana, mahatonga ny olona hihevitra fa kely sy tsinontsinona izy, dia tokony hanaraka ny ohatry ny Tompo isika sy hilaza ireo zavatra izay hanampy ny hafa hahita ny tenany ho zanak' Andriamanitra izay manana fahamendrehana sy hasina.

- Ny maha-lehibe an' i Mosesy sy ny fahafaha-manao tsy manam-petra ananany dia antitranterina ao amin' ny Mosesy 1:1–7. Na izany aza, rehefa niala teo anatrehany Andriamanitra , dia nilaza i Mosesy hoe: “Ankehitriny, noho izany antony izany dia fantatro fa tsy misy dikany ny olombelona” (Mosesy 1:10). Amin' ny lafiny ahoana no mahamarina ireo hevitra roa ireo? (Andriamanitra dia tena hendry sady manan-kery tokoa miohatra amin' ny olombelona lahy sy vavy izay mety maty. Tsinontsinona isika raha tsy misy Azy. Na izany aza, amin' ny maha-zanany antsika dia manana hery ho tonga tahaka Azy isika.)

2. Satana mifanatrika amin' i Mosesy, Mosesy mandroaka azy.

Ampianaro ary fakafakao ny Mosesy 1:12–23.

- Rehefa tonga i Satana, dia inona no nasainy hataon' i Mosesy? (Jereo Mosesy 1:12.) Araka ny hevitrao, nahoana i Satana no niantso an' i Mosesy hoe: “ry zanak' olona”? (Tian' i Satana ny hinoan' i Mosesy fa *tsy zanak' Andriamanitra* izy.) Nahoana i Satana no maniry antsika hanahy na tsy hiraharaha fa zanak' Andriamanitra isika? Ahoana ny fomba hiezahany manao izany?
- Ahoana no navalin' i Mosesy rehefa niantso azy hoe: “zanak' olona” i Satana? (Jereo Mosesy 1:13.) Ahoana ny fomba hanampian' ny fijoroana ho vavolombelona mafy orina antsika fa zanaka lahy sy zanaka vavin' Andriamanitra isika handresy fakam-panahy?
- Impiry i Mosesy no nilaza tamin' i Satana mba handeha? (Jereo Mosesy 1:16, 18, 20 ary 21.) Inona no ampianarin' izany antsika momba ny fanoherana ny fakan' i Satana fanahy?
- Ahoana ny fomba nahazoan' i Mosesy hery handresy ny fakan' i Satana fanahy? (Jereo Mosesy 1:18, 20–21.) Ahoana ny fomba nandroahan' i Mosesy an' i Satana? Ahoana ny fomba hanampian' ny vavaka antsika handresy fakam-panahy? Inona koa no azontsika atao mba hahazoana io hery io?

3. Miseho indray Andriamanitra ary mampianatra ny momba ny asany sy ny voninahiny

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 1:24–39.

- Rehefa lasa i Satana, dia nahita ny voninahitr' Andriamanitra indray i Mosesy ary nampisehoana fahitana hafa momba ny tany sy ny mponina ao aminy (Mosesy 1:24–28). Inona avy ireo fanontaniana roa nataon' i Mosesy rehefa naseho azy io fahitana io? (Jereo Mosesy 1:30.) Inona ny valiny nomen' Andriamanitra ? (Jereo Mosesy 1:31–32, 39.)
- Na dia nanao izao tontolo izao sy ny olona izay tsy tambo isaina aza Andriamanitra, dia nanome toky an' i Mosesy izy fa fantany avokoa izy rehetra ireo (Mosesy 1:35). Ahoana no nahatonga anao hahatsapa fa ny Ray any andanitra sy i Jesoa Kristy dia mahafantatra anareo manokana sady tia anareo? (Afaka mijoro ho vavolombelona momba ny fotoana izay nahatsapanao ny fitivan' Izy ireo sy ny fiahiany anao ianao.)
- Ny asan' Andriamanitra sy ny voninahiny dia ny “hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ho an' ny olona” (Mosesy 1:39). Inona no atao hoe tsy fahafatesana? Iza no hahazo ny tsy fahafatesana? Inona no atao hoe fiainana mandrakizay? Iza no hahazo ny fiainana mandrakizay?

Nilaza ny Loholona James E. Faust hoe: “Misy fahasamihafana eo amin' ny tsy fahafatesana, na fisiana mandrakizay sy ny fiainana mandrakizay, izay midika ho ny fananana toerana eo anatrehan' Andriamanitra. Noho ny fahasoavan' i Jesoa Kristy, dia tonga amin' ny rehetra ny tsy fahafatesana. . . , na tsara fanahy na ratsy fanahy, na marina na tsy marina. Na izany aza, ny fiainana mandrakizay no ‘fanomezana lehibe indrindra amin' ny fanomezana rehetra omen' Andriamanitra’ (F&F 14:7). Azontsika io fanomezana io, amin' ny alalan' ny

Tompo, ‘raha mitandrana ny didiko ianao ary maharitra hatramin’ ny farany.’ Raha maharitra tahaka izany isika, dia izao ny fampanantenana: ‘hahazo ny fiainana mandrakizay ianao’ (F&F 14:7)” (tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1988, 14; na *Ensign*, Nov. 1988, 12).

- Nahoana no zava-dehibe amintsika ny mahafantatra ny asa sy voninahitr’ Andriamanitra ? Inona avy ireo fomba manokana sasantsasany ahafahantsika manampy Azy amin’ izany asa lehibe izany?

Hoy ny Filoha Hinckley hoe: “Tonga eto isika mba hanampy ny Raintsika amin’ ny asany sy ny voninahiny, ‘mba hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ho an’ ny olona’ (Mosesy 1:39). Ny adidinao dia lehibe tokoa eo amin’ ny sahan’ asanao tahaka ny adidiko eo amin’ ny sahan’ asako. Tsy misy antso kely na tsy manana vokany firy ato amin’ ity Fiangonana ity. Isika rehetra izay miezaka manatanteraka ny adidintsika, dia misy akony eo amin’ ny fiainan’ ny hafa. Nilaza tamintsika tsirairay izay ao anatin’ ny fanatanterahana ny andraikitsika ny Tompo manao hoe: . . . ‘Amin’ ny fanaovana izao zavatra izao, dia hanao zavatra lehibe indrindra amin’ ny namanao ianao, ary mampandroso ny voninahitr’ Ilay Tomponao ianao’ (F&F 81:4)” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1995; na *Ensign*, May 1995, 71; jereo koa ny F&F 81:5–6).

Famaranana

Mampianatra ny fotopampianarana lehibe ny Mosesy 1 fa zanaka lahy sy zanaka vavin’ Andriamanitra isika. Asao ireo mpianatra handalina ny hevitr’ izany fahamarinana izany. Mijoroa ho vavolombelona fa ny Raintsika any an-danitra dia mahalala sy tia antsika tsirairay avy. Entano ny mpianatra mba haneho amin’ ny fianakaviany ny fihetseham-pony momba izay nianarany tao amin’ ny Mosesy 1.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin’ ireto hevitra ireto ho ampahany amin’ ny lesona.

1. “Tavela irery i Mosesy” (Mosesy1:9)

- Misy ny fotoana izay mety “[maha-]tavela irery [antsika]” tahaka an’ i Mosesy—fotoana izay tsy ahatsapantsika ny herin’ ny Fanahy na iantrehantsika fitsapana maro. Inona no azontsika tsoahina avy ao amin’ ny Mosesy 1 mba hanampy antsika hatrika izany fotoana izany? (Mety hahitana ireto ny valiny: Ny zava-tsarotra tahaka izany dia tsy voatery ho vokatry ny zavatra ratsy nataontsika; tsy mamela antsika tanteraka Andriamanitra, araka ny hita ao amin’ ny andininy faha-15; ary matetika dia mahazo hery lehibe isika amin’ ny fiatrehantsika ny fitsapana mahazo antsika, ny fiantsoana an’ Andriamanitra, ary ny fampitomboana ny finoantsika.)

2. Zanak’ Andriamanitra isika rehetra

- Nahazo fahitana izay voarakitra ao amin’ ny Mosesy 1 i Mosesy talohan’ ny nitarihany ny Zanak’ Israely hivoaka an’ i Ejipta. Ahoana araka ny hevitrao no nanampian’ io fahitana io azy amin’ izany ezaka lehibe izany, indrindra rehefa

kivy izy noho ny fikomiana sy ny tsy fananan' ny vahoaka finoana matetika? Ahoana no afaka manampy ny mpampianatra sy ny mpitarika ny fahafantarana fa zanak' Andriamanitra isika rehetra? Ahoana no afaka hanampy antsika eo amin' ny fifandraisantsika amin' ny fianakaviansika, ny namantsika ary ny hafa izany fahalalana izany?

3. Ny dika teny nataon' i Joseph Smith momba ny Baiboly

Raha misy ny horonan-tsary sy feo *L' Ancien Testament* (53224 140), dia azonao atao ny mampiseho ny "La puissance de la traduction de Joseph Smith," ampahany maharitra dimy minitra eo, ho anisan' ny lesona. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ny Bokin' i Mosesy dia sombiny ao amin' ny dikan-teny nataon' i Joseph Smith momba ny Baiboly.

“Efa voafidy ianao talohan’ ny nahaterahanao”

Lesona
2

Abrahama 3; Mosesy 4:1–4

Tanjona Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fotopampianarana momba ny fanendrena hatrany am-piandohana sy ny andraikiny manokana hanampy amin’ ny fananganana ny fanjakan’ Andriamanitra sy fitondrana fanahy ao amin’ i Kristy.

Fanomanana

- Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto avy ao amin’ ny Voahangy Lafo Vidy sy Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:
 - Abrahama 3:11–12,22–23; F&F 138 :53–57. Niresaka nifanatrika tamin’ ny Tompo i Abrahama ary nahafantatra fa tany amin’ ny fiainana talohan’ ny nahaterahana, dia maro ny fanahy “ambony sy lehibe” voafidy mialoha ho an’ ny asa nanirahana azy etỳ ambonin’ ny tany (Abrahama 3:11–12, 22–23). Mianatra bebe kokoa momba ny “olona ambony sy lehibe” ny Filoha Joseph F. Smith tamin’ ny fahitana ny fitsidihan’ ny Mpamonjy tany amin’ ny tontolon’ ny fanahy talohan’ ny fitsanganany tamin’ ny maty (F&F 138:53–57).
 - Abrahama 3:24–28; Mosesy 4:1–4. Nampisehoana fahitana i Mosesy sy i Abrahama fa i Jesoa Kristy dia voafidy tao amin’ ny Filankevitry ny Lanitra mba ho Mpamonjy antsika ary nifidy ny hanaraka Azy isika. Nampisehoana azy ireo ihany koa fa i Losifera (Satana) sy ireo fanahy izay nanaraka azy dia noroahina avy tao an-danitra.
- Vakiteny hafa: Isaia 14:12–15; Apokalypsy 12:7–9; Almà 13:3–5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:36–39; ary ny ambiny amin’ ny Abrahama 3 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138.

Soso-kevitra hemelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao atao ny iray amin’ ireto fampiasana ireto (na ny anao manokana) mba hanombohana ny lesona. Mifidiana fampiasana izay tena mifanentana amin’ ny kilasy.

- Mariho fa manjary manana dikany lehibe kokoa ho antsika ny soratra masina rehefa ampiharintsika eo amin’ ny fiainantsika ny fampianarana omeny. Mba hanaovana izany, dia matetika no tsy maintsy mametraka ny tenantsika eo amin’ ny toeran’ ireo mpaminany taloha sy ireo mpanaraka azy isika. Na izany aza, ao amin’ ny Abrahama 3:22–28, dia tsy mila mametraka ny tenantsika eo amin’ ny toeran’ ny hafa isika, satria ireo andininy ireo dia momba ny zavany nitranga lehibe izay nandraisantsika anjara. Niseho nandritra ny fiainantsika talohan’ ny nahaterahana izany.
- Manaova efajoro 18 tsy misy na inona na inona ao anatiny mba hanehoana ny fanoratana ny teny *fanendrena mialoha*. Hazavao fa ny teny asehon’ ireo efitrefitra ireo dia misy ifandraisany amin’ ny fiainantsika talohan’ ny nahaterahana.

Omeo anjara 18 ny mpianatra mba hamantarany ireo tarehintsoratra mahatonga ilay teny. Rehefa mahafantatra tarehintsoratra marina izy ireo, dia soraty ao amin' ny efajoro mifanaraka aminy izany. Raha milaza tarehintsoratra tsy ao anatin' ilay teny izy, dia soraty eny amin' ny toeran-kafa eo amin' ny solaitrabe izany mba tsy hamerenany izany intsony.

Rehefa fenon' ny mpianatra ny efajoro rehetra na hitany ilay teny, dia ampio izy ireo hamaritry ny hevitr' izany. (Ny fanendrena mialoha dia fanendrena ataon' Andriamanitra amin' ireo zanany ara-panahy mandritra ny fiainana talohan' ny nahaterahana, mba hanatanteraka asa sasantsasany mandritra ny fiainana eto an-tany.) Hazavao fa momba ny fiainana talohan' ny nahaterahana ity lesona ity, izay nanendrena fanahy maro hanao zavatra lehibe ho an' ny Ray any an-danitra.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia fakafakao ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Fantatr' i Abrahama fa tany amin' ny fiainana talohan' ny nahaterahana, dia maro ireo fanahy no voatendry mialoha amin' ireo asany ety an-tany.

Ampianaro sy hadihadio ny Abrahama 3:11–12, 22–23, sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:53–57.

- Amin' ny fahitana izay voarakitra ao amin' ny Abrahama 3, dia nasehon' ny Tompo an' i Abrahama ny Filankevitry ny lanitra izay natao talohan' ny nahariana ny tany. (Mariho fa ny mpaminanin' ny andro farany dia nilaza fa ny Filankevitry ny Lanitra dia fivoriana maromaro fa tsy fivoriana tokana.) Iza no nanatrika an' io filankevitra io? (Ny Ray any an-danitra sy ny zanany ara-panahy.) Inona no lesona azontsika, ao amin' ny Abrahama 3:22–23, momba io filankevitra io?
- Iza avy ireo “olona ambony sy lehibe” izay voalaza ao amin' ny Abrahama 3:22–23? (Ireo mpaminany sy ireo hafa mpitondra fiangonana.) Hazavao fa tamin' ny taona 1918, ny Filoha Joseph F. Smith dia nahita ny sasantsasany tamin' ireo “olona ambony sy lehibe” ireo tamin' ny fahitana ny tontolon' ny fanahy. Iza no hitan' ny Filoha Smith? (Jereo F&F 138:53; jereo koa ny fanampin-kevitra enti-mampianatra faharoa.)
- Inona no hevity ny teny hoe: “voafidy talohan' ny nahaterahany” i Abrahama? (Jereo Abrahama 3:23. Voatendry mialoha ho mpaminany izy.) Inona no atao hoe voatendry mialoha? (Jereo ny famaritana ao amin' ny fisarihana ny saina faharoa.) Inona no nanendrena mialoha fa hataon' ireo olona voalaza ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:53? (Jereo F&F 138:53–56.)
- Moa ve ny fanendrena mialoha dia miantoka fa ho lasa mpaminany i Abrahama, i Joseph Smith, sy ireo hafa? Inona ny fifandraisan' ny safidy sy ny fanendrena mialoha? (Na dia efa voatendry mialoha ho amin' ny antso iray aza ny olona iray, dia miankina amin' ny fahamendrehany sy ny fahavononan' ilay olona hanaiky izany antso izany.)
- Ankoatry ny fanendrena mialoha ireo mpaminany ho amin' ireo antsony, dia manendry mialoha “fanahy voafidy hafa” maro Andriamanitra hanampy

amin' ny fananganana ny fanjakany amin' ny fomba hafa. Inona no mety nanendrena antsika mialoha mba hataontsika? (Jereo F&F 138:56.)

Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson hoe:

“Efa natokan' Andriamanitra ianareo mba hiseho amin' ny andro farany alohan' ny fiavian' ny Tompo fanindroany. Ny olona sasany dia ho lavo; fa ny fanjakan' Andriamanitra dia hijanona ho madio mba handraisana ny fivere-nan' ny Lohany—dia i Jesoa Kristy. Raha oharina amin' ny faharatsiana tamin' ny andron' i Noa, izay nanadiovan' ny Tompo ny tany tamin' ny tondra-drano ny vanimpotoana misy antsika, dia misy fahasamihafana lehibe amin' izao fotoana izao. Andriamanitra dia niaro ireo zanany matanjaka indrindra ho amin' ny ady farany, izay hanampy ny fanjakana handresy. . . .

“. . . Aoka tsy hanao hadisoana ny amin' izany—taranaka voafidy ianareo. Tsy mbola nisy mihitsy fiandrasana olona mahatoky amin' ny vanimpotoana fohy dia fohy, toy izao antsika izao” (*The Teaching of Ezra Taft Benson* [1988], 104–5).

- Ahoana no ahazoantsika antoka fa manatanteraka ny antso nanendrena antsika tany am-piandohana isika? (Mety ho anisan' ny valiny ny: fiaina ny filazan-tsara, fandinihana ny tsodrano patriarkalintsika, ary fikatsahana fanambarana ho an' ny tena manokana. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa mba hanatanterahana ny antso, dia tokony ho vonona sy ho mendrika isika. Jereo koa ny F&F 58:27–28.)

2. Voafidy ho Mpamonjy antsika i Jesoa Kristy nandritra ny Filankevitry ny Lanitra; nifidy ny hanaraka Azy isika. Noroahina hiala avy tao an-danitra i Losifera (Satana) sy ireo fanahy nanaraka azy.

Ampianaro sy hadihadio ny Abrahama 3:24–28 sy ny Mosesy 4:1–4.

- Hazavao fa nandritra ny Filankevitry ny Lanitra, dia nanolotra ny drafitry ny famonjeny ny Ray any an-danitra ary nifidy Mpamonjy ho antsika. Iza avy ireo fanahy roa nanolo-tena ho Mpamonjy antsika? (Jereo Abrahama 3:27; Mosesy 4:1–2.) Ahoana no maha-samy hafa ny fanoloran-tenan' izy ireo? (Naniry ny hanaraka ny drafitry ny Ray any an-danitra sy hanome Azy ny voninahitra i Jesoa. Naniry ny hanaraka ny drafiny manokana i Losifera ary haka ny voninahitra ho azy irery.) Nahoana ny Ray any an-danitra no nifidy an' i Jesoa Kristy mba ho Mpanavotra antsika? (Jereo Mosesy 4:2–3.)
- Iza no nofidintsika harahina tany amin' ny Filankevitry ny Lanitra? Ahoana no ahafantarantsika fa nifidy ny hanaraka an' i Jesoa Kristy isika? (Nateraka teto an-tany mba hahazo vatana ara-nofo isika.)
- Inona ny hevitra ny teny hoe: *Ny fisiana voalohany sy ny fisiana faharoa* ao amin' ny Abrahama 3:26? (*Ny Fisiana voalohany* dia midika ny fiainana talohan' ny nahaterahana, ary ny *fisiana faharoa* dia ny fiainana eto an-tany. Nitandrina ny toerantsika voalohany isika tamin' ny fifidianana ny hanaraka an' i Jesoa Kristy fa tsy i Losifera.) Inona ny fitahiana azontsika tsirairay satria nitandrina ny fisiansika voalohany isika? (Ny fahafahana nateraka teto an-tany.) Inona ny fitahiana ho azontsika raha mitandrina ny fisiansika faharoa isika? (Jereo Abrahama 3:26.) Ahoana ny fomba itandremantsika ny fisiansika faharoa?

- Inona no nitranga tamin' i Losifera (Satana) sy ireo nisafidy ny hanaraka azy? (Voaroaka avy tao an-danitra izy ireo ary nandà ny fahafahana hahazo vatana ara-nofo. Jereo Mosesy 4:3; Abrahama 3:28; Apokalypsy 12: 7–9; F&F 29:36–37.)
- Inona no ataon' i Satana sy ny mpanaraka azy ankehitriny? (Mbola miezaka manimba ny safidintsika hatrany izy ireo. Etỳ an-tany izy ireo amin' izao fotoana izao amin' ny maha-fanahy ratsy azy izay maka fanahy antsika hanota. Jereo Mosesy 4:4.) Inona avy ireo fomba sasantsasany izay ezahan' i Satana sy ny mpanaraka azy hamerana na hanimbana ny safidintsika? Inona no azontsika atao mba hahafantarana sy hanoherana ny zavatra ataon' izy ireo?
- Amin' ny fomba ahoana no manampy anao ny fahafantaranao fa nifidy ny hanaraka an' i Jesoa Kristy ianao nandritra ny Filankevitry ny Lanitra? Entano ny mpianatra mba hanohy handray fanapahan-kevitra hanaraka an' i Kristy, tahaka ny nataony tany amin' ny fisiana talohan' ny nahaterahana.

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona momba an' i Jesoa Kristy sy ny andraikiny amin' ny maha-Mpamonjy antsika voatendry mialoha Azy. Asehoy ny fahatokiana ny fahafahan' ny mpianatra hanatanteraka ny asa nanendrena azy mialoha mba hanampiana amin' ny fanaganana ny fanjakan' Andriamanitra.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. “Ary dia hotsapaintsika izy ireo”

- Ny Abrahama 3:24–25 dia manazava ny iray amin' ireo antony lehibe indrindra izay naharian' i Jesoa Kristy ny tany, teo ambany fitarihan' ny Ray any an-danitra. Nahoana no nohariana ny tany? Amin' ny fomba ahoana no anampian' ny fahafantaranao fa nifidy ny ho etỳ an-tany ianao ary mahafantatra fa hosedraina etỳ?

2. “Ireo olona lehibe sady matanjaka”

- Ao amin' ny fahitana voarakitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 138, dia nahita ny sasany tamin' ireo “lehibe sy matanjaka”, izay niaina tety an-tany talohan' ny nahaterahan' i Kristy, ihany koa ny Filoha Joseph F. Smith. Iza no hitan' ny Filoha Smith? (Jereo F&F 138:38–49. Azonao atao ny manoratra ireo anarana ireo eo amin' ny solaitrabe. Mariho fa hianatra momba ireo olona tsirairay ireo bebe kokoa ny mpianatra mandritra ny taona manaraka ao amin' ny Sekoly Alahady.)

Mosesy 1:27–42; 2–3

Tanjona Hanampy ny mpianatra hanana fankasitrahana fa nahary ny zavatra rehetra ho an' ny tombon-tsoantsika Andriamanitra ary nohariana araka ny endriny isika.

Fanomanana

- Ento amim-bavaka ny fandalinanao ireto soratra masina manaraka ireto, avy ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy:
 - Mosesy 1:27–42. Mahita fahitana ny amin' ny faharian' Andriamanitra i Mosesy ary nasaina nanoratra ny tantaran' ny fahariana ny tany.
 - Mosesy 2:1–25; 3:1–14. Mahafantatra i Mosesy fa Andriamanitra no Mpahary ny zava-drehetra.
 - Mosesy 2:26–31; 3:7, 15–25. Mahafantatra i Mosesy fa nohariana tahaka ny endrik' Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy.
- Vakiteny hafa: Abrahama 4–5; Genesisy 1–2.
- Raha hanao ny Fisarihana ny saina faharoa ianao, dia mitondrà koba azo vola-volaina na tsaoka.
- Raha misy ireto fitaovana manaraka ireto, dia azonao atao ny mampiasa ny sasany amin' ireo ho ampahany amin' ny lesona:
 - “A l' image de Dieu,” ampahany maharitra telo minitra avy ao amin' ny horonan-tsary sy feo *L' Ancien Testament* (53224 140).
 - Ny sarin' Ny Fahariana—zavaboary velona (62483 654; Fonosantsary mirakitra filazantsara 100).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny iray amin' ireto fampiasana ireto (na iray amin' ny anao manokana) mba hanombohana ny lesona. Mifidiana fampiasana izay tena mifanaraka amin' ny kilasy.

- Asaovy mieritreritra izay fanazavana azony omena ny mpianatra raha ohatra ka manandrana mamaly ny iray amin' ireto fanontaniana ho an' ny zaza tsy mbola mianatra manaraka ireto izy: Ahoana ny fomba ijanonan' ny fiaramanidina eny amin' ny habakabaka? Ahoana ny fomba andehanan' ny fahitalavitra? Ahoana ny fomba anirian' ny zavamaniry? Ny ankamaroantsika dia samy mahalala ny fahatakarana' ny zaza mbola tsy mianatra ka manome hevitra ankapobeny ihany, ary mamela ny antsipiriany mandra-paha-matotra ilay zaza.
 - Ahoana no itovian' ireo ohatra ireo amin' ny fanambaran' ny Tompo momba ny Fahariana? (Ny Tompo dia nanambara ny ampahany amin' ny fahamarinana mandrakizay izay mety ho takatry ny saintsika olombelona ka ilaintsika ho fantatra mba hahazoana famonjena.)

Ity lesona ity dia hiresaka momba ny fahamarinana izay nambaran' ny Tompo momba ny Fahariana.

2. Manasà mpianatra iray hanolo-tena hamolavola na hanao sarim-biby iray amin' ilay koba na tsaoka (iray na roa minitra ihany omena). Rehefa izany, dia resaho ny antony fa rehefa afaka mamorona sarina zavatra manan' aina iray isika, dia Andriamanitra irery ihany no afaka mahary ny aina. Hiresaka momba ny fahagagana lehiben' ny Faharian' Andriamanitra ny tany sy ny zavatra rehetra miaina eo amboniny ity lesona ity.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia fakafakao ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Mahita fahitana momba ny faharian' Andriamanitra i Mosesy.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 1:27–42.

- Iza no nanoratra ny tantaran' ny Fahariana ao amin' ny Genesisy? (Jereo Mosesy 1:40; 2:1.) Nahoana no nanoratra io tantara io i Mosesy? (Jereo Mosesy 1:40–41.) Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny Mosesy 1:27–39 momba ny herin' Andriamanitra? Inona no azontsika tsoahina momba ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany?
- Nahoana no tsy mitovy ny tantara momba ny Fahariana ao amin' ny Genesisy, Mosesy ary Abrahama? (Nahita ny fandaminana ity tany ity tamin' ny fahitana i Abrahama sy i Mosesy ary nanoratra ny fahitany nony avy eo. Samy ahitana fahasamihafana kely avy eo amin' ny antspiriany. Ny tantara ao amin' ny Genesisy dia nosoratan' i Mosesy, saingy very ny sasany tamin' ny fahafenoan' io tantara io. Io fahafenoana io dia naverina indray ao amin' ny Mosesy.)

2. Mahafantatra i Mosesy fa nahary izao rehetra izao Andriamanitra .

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 2:1–25; 3:1–14.

- Iza no nahary ny tany? (Jereo Mosesy 1:32; 2:1; jereo koa Jaona 1:1–3, 14; Hebreo 1:1–2; Môsià 3:8; F&F 14:9.) Nahoana no zava-dehibe amintsika ny mahafantatra Ilay Mpahary?
- Inona no nambaran' Andriamanitra momba ny tanjon' ny Fahariana? (Jereo Mosesy 1:39; Abrahama 3:24–25; jereo koa 1 Nefia 17:36; 2 Nefia 2:11–15. Ny tanjon' ny fahariana dia mba hanomezana toerana izay ahafahan' ny zanaka ara-panahin' Andriamanitra mahazo vatana ara-nofo sy sedraina na zahan-toetra mba hahitana raha hankatò Azy izy ireo rehefa tsy eo anatrehany. Ireo izay mahatoky dia hahazo ny fiainana mandrakizay. Azonao atao ny manamarika fa na dia hita ao amin' ny bokin' ny Genesisy aza ny tantaran' ny Fahariana, dia ao amin' ny fanambaran' ny andro farany ihany no anazavana ny tanjona sy ny maha-zava-dehibe ny Fahariana.)
- Amin' ny fomba ahoana no hanomanan' ny fiainana eto an-tany antsika amin' ny fiainana mandrakizay? (Mety ho anisan' ny valiny ny hoe: Mahazo vatana ara-nofo isika, mianatra ny fampiasana ny safidintsika, mahazo fahalalana, manana fianakaviana, mandray ôrdônansy, ary manao fanekempihavanana.)

- Inona no nolazain' Andriamanitra momba ny vokatry ny Fahariana? (Jereo Mosesy 2:4, 10, 12, 18, 21, 25, 31, 3:2. Imbalo ao anatin' ny tantara fohin' ny Fahariana, no nanambara Andriamanitra fa tsara ny asany.) Inona amin' ireo asan-tanan' Andriamanitra no tena tsara aminao? Nahoana no mahasoa antsika ny mandinika tsara kokoa ny hatsaran' ny Fahariana isan' andro?
- Moa ve nohariana avy amin' ny tsy misy ny tany? (Jereo Abrahama 3:24; 4:1.)
Nilaza ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Ny teny hoe *mahary* dia avy amin' ny teny [Hebreo] *baurau*, izay tsy midika hoe mahary avy amin' ny tsy misy; fa midika hoe mandamina izany; mitovy amin' ny olona mandamina akora ka manamboatra sambo. Eto isika dia mamehy fa nanana akora Andriamanitra nandaminana izao tontolo izao nikorontana—akora nikorontana” (“*Teaching of The Prophet Joseph Smith*, nofantenan' i Joseph Fielding Smith [1976], 350–51).
- Inona no entin' ny tantaran' ny Fahariana eo amin' ny fihetseham-ponao momba ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy? Ahoana ny fomba “ijoroan' ny [Fahariana] ho vavolombelona” ny amin' Andriamanitra? (Jereo Mosesy 6:63; Almà 30:44.) Ahoana no ahafahantsika maneho fankasitrahana noho ny fanoomezana ny Fahariana?

3. Mianatra i Mosesy fa nohariana tahaka ny endrik' Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 2:26–31; 3:7, 15–25.

- Tahaka ny endrik' iza no nahariana antsika? (Jereo Mosesy 2:26–27.)
- Nilaza ny Fiadidiana Voalohany hoe: “Ny lehilahy sy vehivavy rehetra dia tahaka ny endriky ny Ray sy Renin' izao rehetra izao, ary zanaka lahy sy zanaka vavin' Andriamanitra ara-bakiteny” (“*The Origin of Man*,” *Improvement Era*, Nov. 1909, 78).
- Ahoana no afaka mitahy ny fiainantsika ny fahalalana fa nohariana tahaka ny endrik' Andriamanitra isika? Inona no vokatr' izany eo amin' ny fifandraisantsika amin' ny olona hafa?
- Inona no ampianarin' ny tenin' i Enoka antsika ao amin' ny Mosesy 7:30 momba ny fiahian' Andriamanitra ny tsirairay amintsika? Inona no ampianarin' izy ireny antsika momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy?
- Araka ny hevitrao, inona no tian' ny Tompo holazaina tamin' Izy nilaza tamintsika ny hananantsika fahefana eo amin' ny fahariany eto an-tany? (Jereo Mosesy 2:26. Tokony hanaja ny tany sy hikorokoro ny zavaboarin' Andriamanitra isika.) Ahoana no ahafahantsika manatontosa tsaratsara kokoa ny andraikitsika amin' ny fananana fahefana eo amin' ny zavaboary?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinan' ny fitsipika izay vao avy nampianarinao. Asao ireo mpianatra hizara ny fihetseham-pony momba ny Fahariana.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Ity fanovozan-kevitra manaraka ity dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa izany ho ampahany amin' ny lesona.

Ny halavan' ny Fahariana

Ny halavan' ny fotoana nanaovana ny Fahariana dia tsy fantatra. Ny teny hoe *andro* ao amin' ny tantara ao amin' ny soratra masina momba ny Fahariana dia tsy milaza ny fotoana 24 ora. Ny teny Hebreo *yom* dia azo adika ho ny “andro,” “na vanimpotoana.” Ny Apôstôly Petera dia nilaza fa “ny indray andro amin' ny Tompo dia toy ny arivo taona” (2 Petera 3:8; jereo koa Abrahama 3:4).

“Noho ny fahotako dia nosokafana ny masoko”

Lesona

4

Mosesy 4; 5:1–15; 6:48–62

Tanjona Hanampy ny mpianatra hahatakatra fa ampahany tena ilaina tamin’ ny drafitry ny Ray any an-danitra ny Fahalavoana.


- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Mosesy 4; 5:10–11; 6:48–49, 55–56. Tonga ao amin’ ny zaridainan’ i Edena i Satana ary nikatsaka ny hamitaka an’ i Eva. Mihinana amin’ ilay voankazo avy amin’ ilay hazo fahafantarana ny tsara sy ny ratsy i Adama sy i Eva (4:5–12). Noho ny fahalavoany, dia voaroaka avy tao amin’ ny zaridainan’ i Edena i Adama sy i Eva (4:13–31). Tatỳ aoriana dia nifaly tamin’ ny fitahiana vokatry ny Fahalavoana i Adama sy i Eva (5:10–11). Mampianatra ny vokatry ny Fahalavoana i Enoka (6:48–49, 55–56).
 - b. Mosesy 5:14–15; 6:50–54, 57–62. Noho ny Sorompanavotan’ i Jesoa Kristy, dia voavonjy amin’ ny fahafatesana ara-nofy ny olona amin’ ny alalan’ ny fitsanganana amin’ ny maty ary mety ho voavonjy amin’ ny fahafatesana ara-panahy amin’ ny alalan’ ny finoana, fibebahana, batisa, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary ny fankatoavana ny didy.
 - d. Mosesy 5:1–9, 12. Manomboka ny fiainana amin’ ny maha-mety maty azy i Adama sy i Eva. Manan-janaka izy ireo ary mpianatra azy ireo ny fahamarinana izay nianarany (5:1–4, 12). Manolotra sorona ho tandindon’ ny soron’ ny Zanaka Lahy Tokana i Adama (5:5–9).
 2. Vakiteny hafa: Genesisy 2–3; 1 Korintiana 15:20–22; 2 Nefia 2:5–30; 2 Nefia 9:3–10; Helamana 14:15–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–19; 29:34–44; Fanekempinoana 1:2.
 3. Azonao atao ny mangataka mpianatra iray hiomana hamintina ny tantaran’ ny fahalavoan’ i Adama sy i Eva (Mosesy 4:6–31) ary mpianatra iray hafa hiomana hamintina ny tantaran’ ny sorona natolotr’ i Adama (Mosesy 5:5–9).
 4. Raha misy ireto fitaovana manaraka ireto, dia azonao atao ny mampiasa azy ireo ho ampahany amin’ ny lesona:
 - a. “La Chute,” ampahany maharitra enina minitra avy amin’ ny *Horonan-tsary sy feo: L’Ancien Testament* (53224 140).
 - b. Ny sarin’ i Adama sy i Eva (62461 654; Fonosan-tsary mirakitra ny Filazantsara 101).
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny fampiasana manaraka (na ny iray avy amin’ ny anao manokana) hanombohana ny lesona.

Ataovy sary eo amin' ny solaitrabe ny sary ao amin' ny takila faha-13. Lazao amin' ny mpianatra fa ny Loholona Bruce R. McConkie dia nilaza fa ny famonjena antsika dia mety tanteraka noho ny “zava-nitranga anankitelo araka an' Andriamanitra—andrin' ny mandrakizay anankitelo” (*A New Witness for the Articles of Faith* [1985], 81). Rehefa izany dia omeo ity fanotaniana manaraka ity:

- Inona avy ireo zava-nitranga anankitelo izay manan-danja tokoa ho “andrin' ny mandrakizay” izay mampisy ny famonjena? (Nilaza ny Loholona McConkie fa ireo andry telo ireo dia ny Fahariana, ny Fahalavoana, ary ny Sorompanavotana, izay samy anisan' ny drafitr' Andriamanitra avokoa ho amin' ny famonjena antsika. Soraty ao anatin' ireo andry anankitelo eo amin' ny solaitrabe ny teny hoe *Fahariana, Fahalavoana, ary Sorompanavotana.*)



Hazavao fa ity lesona ity dia hanampy antsika hahatakatra ny fomba maha-ampahany tena ilaina ny Fahalavoana ao amin' ny drafitry ny Ray any an-danitra mba hahatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ho antsika (Mosesy 1:39).

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba fampiharana izany eo amin' ny fiainantsika andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainany izay mifandray amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Ny Fahalavoan' i Adama sy i Eva sy ny vokatr' izany eo aminy sy eo amintsika

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 4; 5:10–11; 6:48–49, 55–56.

Tao amin' ny sahan' i Edena, nandidy an' i Adama sy i Eva Andriamanitra hoe: “maroa fara sy mihabetsaha, ary mamenoa ny tany” (Mosesy 2:28). Nodidiany ihany koa izy ireo tsy hihinana ny voan' ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy (Mosesy 3:17). Raha tsy nihinana ny voankazo voarara izy ireo, dia ho nijanona tao amin' ny saha ary tsy ho faty. Nefa dia tsy afaka ny tsy hankatò ny didy mba mihabetsaka izy ireo (Mosesy 5:11; 2 Nefia 2:23). Nomen' Andriamanitra safidy izy ireo hifidy amin' ireo didy anankiroa ireo.

Ivereno jerena vetivety ny tantaran' ny Fahalavoan' i Adama sy i Eva ao amin' ny Mosesy 4:6–31, na asaovy manao izany ilay mpianatra efa voatendry mialoha.

- Inona avy ny vokatry ny Fahalavoana ho an' i Adama sy i Eva—ary ho antsika? (Jereo Mosesy 4:22–29; 5:10–11; 6:48–49, 55; 2 Nefia 2:22–23; 9:6; Genesisy 3:16–23.) Azonao atao ny manoratra ny sasany amin' ireo vokatra eo amin' ny solaitrabe. Mariho fa maro amin' ireo fahamarinana momba ny Fahalavoana no naverina indray tamin' ny alalan' ny mpaminany Joseph Smith ary tsy dia fantatra eto amin' izao tontolo izao loatra.
 - a. Afaka nanan-janaka i Adama sy i Eva, izay nahatonga antsika ho ety ambonin' ny tany ka hahazo vatana mety maty (Mosesy 5:11; 6:48; 2 Nefia 2:23, 25).
 - b. Mandia fahafatesana ara-nofa isika, na ny fisarahan' ny vatana ara-nofa amin' ny fanahy (Mosesy 4:25; 6:48; 2 Nefia 9:6).
 - d. Mandia fahafatesana ara-panahy isika, na ny fisarahana teo anatrehan' Andriamanitra (Mosesy 4:29; 6:49; 2 Nefia 9:6).
 - e. Miaina alahelo sy fahoriana isika (Mosesy 6:48; Genesisy 3:16–17).
 - f. Mahavita manota isika (Mosesy 6:49, 55; 2 Nefia 2:22–23).
 - g. Voaozona ny tany, ka nahatonga antsika ho tsy maintsy miasa izany (Mosesy 4:23–25; Genesisy 3:17–19).
 - h. Afaka mianatra mahafantatra ny tsara sy ny ratsy isika (Mosesy 4:28; 6:55–56; 2 Nefia 2:23; Genesisy 3:22).
 - i. Afaka mifaly isika etỳ an-tany (Mosesy 5:10; 2 Nefia 2:23, 25).
 - j. Afaka mahafantatra ny hafaliana amin' ny fanavotana antsika isika (Mosesy 5:11).
 - k. Afaka mahazo fiainana mandrakizay isika (Mosesy 5:11).

Rehefa miresaka momba ny vokatry ny Fahalavoana ianareo, dia antitrantero ny maha-tombontsoa ny Fahalavoana ho antsika. Ny fanambarana ao amin' ny Andro Farany dia manazava fa na dia talohan' ny Fahariana aza, dia efa nametraka ny fianantsika etỳ an-tany Andriamanitra ho fotoam-pisedrana sy fitsapana mba hahatonga antsika hitovy Aminy bebe kokoa (Abrahama 3;24–26). Izany dia mitaky fa ho faty isika, afaka mianatra mifidy ny tsara na ny ratsy, izay azo tanterahina noho ny Fahalavoana.

- Ahoana no afaka manampy antsika mandritra ny fiainana etỳ an-tany ny fahatkarana marina ny amin' ny Fahalavoana?
- Nahoana no zava-dehibe ny mahatakatra fa efa nahafantatra mialoha ny Fahalavoana Andriamanitra ary ampahany tena ilaina amin' ny drafiny ho amin' ny famonjena antsika izany?
- Nanantena i Satana fa amin' ny fahazoany an' i Adama sy i Eva hihinana ny voankazo voarara, dia handrava ny drafitr' Andriamanitra izy (Mosesy 4:6). Inona no ampianarin' ny tantaran' ny Fahalavoana antsika momba ny fahafahan' i Satana handrava ny tanjon' Andriamanitra? (Jereo F&F 3:1–2.)

2. Mamonjy antsika amin' ny fahafatesana ara-nofa sy fahafatesana ara-panahy ny Sorompanavotan' i Kristy.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 5:14–15; 6:50–54, 57–62.

Nitondra fahafatesana ara-nofa sy ara-panahy eto amin' izao tontolo izao ny Fahalavoan' i Adama sy i Eva. Ny fahafatesana ara-nofa dia ny fisarahan' ny vatana sy ny fanahy izay mitranga amin' ny faran' ny androntsika eto an-tany. Ny fahafatesana ara-panahy dia ny fisarahana miala eo anatrehan'

Andriamanitra, izay nitranga rehefa voaroaka tao amin' ny sahan' i Edena i Adama sy i Eva. Hazavao fa tsy afaka mandresy irery ny fahafatesana isika. Noho izany antony izany, dia nandefa ny Zanany Lahitokana mba hanavotra antsika amin' ny fahafatesana tamin' ny alalan' ny Sorompanavotany ny Ray any andanitra (Almà 22:14).

- Rehefa mampianatra momba ny Fahalavoan' i Adama sy i Eva ny mpaminany, dia matetika ihany koa izy ireo no mampianatra momba ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy (Mosesy 5:10–15; 6:48–62; 2 Nefia 9:6–10). Nahoana no zavadehibe ny mampianatra ny Sorompanavotana miaraka amin' ny Fahalavoana? (Ny Fahalavoana no nahatonga ny Sorompanavotana ho ilainao amin' ny drafitr' Andriamanitra ho famonjena antsika. Manampy antsika hahatakatra ny fomba fanavotana antsika amin' ny fahafatesana ara-nofo sy ara-panahy ny fampianarana ny Sorompanavotana miaraka amin' ny Fahalavoana.)

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: “Ny drafitry ny famonjena dia tsy maintsy miantomboka amin' ny tantaran' ny Fahalavoan' i Adama. Araka ny tenin' i Môrônia: ‘Tamin' ny alalan' i Adama no niavian' ny fahalavoan' ny olona; ary noho ny fahalavoan' ny olona dia tonga i Jesoa Kristy,. . . ary noho i Jesoa Kristy dia tonga ny fanavotana ny olona’ (Môrmôna 9:12). Sahala amin' ny olona izay tsy tena mitady sakafo raha tsy noana, no tsy itadiavany ny famonjena ao amin' i Kristy raha tsy fantany ny antony ilany an' i Kristy. Tsy misy olona mahafantatra tsara ny antony ilany an' i Kristy raha tsy azony sy ekeny ny fotopampianaran' ny Fahalavoana sy ny vokany eo amin' ny olona rehetra” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1987, 106; na *Ensign*, May 1987, 85).

- Ahoana ny fomba hamonjena antsika amin' ny fahafatesana ara-nofo? (Jereo 1 Korintiana 15:20–22; 2Nefia 2:8; 9:6. Hitsangana amin' ny maty isika noho ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy.)
- Ahoana ny fomba hamonjena antsika amin' ny fahafatesana ara-panahy? (Jereo Mosesy 5:14–15; 6:50–52, 59; Helamana 14:15–18; F&F 19:15–19. Noho ny Sorompanavotana, dia mety ho voadio sy mendrika ny hiaina hiaraka amin' Andriamanitra isika amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny batisa, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary ny fanka-toavana ny didy.)

Ny Mpaminany Jakôba, ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, dia nifaly tamin' ny fanavotana avy amin' ny fahafatesana izay azo avy amin' ny Sorompanavotan' ny Mpamonjy (2 Nefia 9:10). Azonao atao ny mamaky io andalana io ary mizara ny fijoroanao ho vavolombelona sy ny sasany amin' ny fihetseham-ponao momba ny fitahiana azontsika avy amin' ny alalan' ny Sorompanavotana. Asao ireo mpianatra hanao tahaka izany koa.

3. Manomboka ny fiainana mety maty i Adama sy i Eva, manan-janaka, mampianatra ny filazantsara azy ireo, ary mivavaka sy mankatò an' Andriamanitra.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 5:1–9, 12.

- Inona no nataon' i Adama sy i Eva taorian' ny nandroahana azy ireo tao amin' ny sahan' i Edena? (Jereo Mosesy 5:1–5, 12.) Amin' ny fomba ahoana no itovian' ny fiainan' i Adama sy i Eva amin' ny fianantsika ankehitriny? Inona no

azontsika tsoahina avy amin' ny Mosesy 5:1–9, 12 momba ny tanjon' ny fiainantsika etỳ an-tany?

- Ivereno jerena ny tantara ao amin' ny Mosesy 5:5–9, na asaovy manao izany ilay mpianatra voatendry mialoha. Inona no didy nomen' ny Tompo an' i Adama? (Jereo Mosesy 5:5.) Nahoana i Adama no nanolotra sorona na dia tsy fantany aza ny antony anaovana izany? (Jereo Mosesy 5:6.)

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Izay rehetra takin' Andriamanitra dia marina, . . . na dia mety tsy hitantsika aza ny anton' izany mandra-pitrangan' ilay toe-javatra atỳ aoriana” (*Teaching of the Prophet Joseph Smith*, nofantenan' i Joseph Fielding Smith [1976], 256).

- Nahoana no zava-dehibe ny mankatò ny didin' Andriamanitra na dia mbola tsy takatsika aza ny antony rehetra anaovana izany? Ahoana ny fomba nita-hiana anao tamin' ny nitandremanao didy iray izay tsy dia tena mazava aminao loatra?
- Inona ny tanjon' ny sorona izay natolotr' i Adama? (Jereo Mosesy 5:7–9. Tandindona, na fitoviana amin' ny sorona izay hataon' ny Ray any an-danitra amin' ny Zanany Lahitokana. Ny fanolorana ny sorona tahaka izany dia fampahatsiahivana an' i Adama sy ny taranany fa ny olona rehetra dia azo avotana amin' ny Fahalavoana amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy.) Inona ny fampahatsiahivina efa nomena antsika avy amin' izany fotopampianarana izany? Ahoana ny fomba hanehoantsika ny fankasitrahantsika ny fahalavoana sy ny Sorompanavotana?

Famaranana

Vakio indray ny fijoroana ho vavolombelona nataon' i Eva momba ny Fahalavoana (Mosesy 5:11). Manehoa fankasitrahana ny asan' i Adama sy i Eva, ny Fahalavoana, ary ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Tsy fahotana ny fihinanana ilay voankazo voarara

Vakio ity fanambarana manaraka avy amin' ny Loholona Dallin H. Oaks ity mba hanampy amin' ny fanazavana fa tsy nanota i Adama sy i Eva tamin' izy ireo nihinana ny voankazo voarara:

“Eva no nandika voalohany ny lalàna mifehy an' i Edena mba hahatonga ny fahafatesana. Ny zavatra nataony, na toa inona na toa inona endrik' izany, dia fandikan-dalàna, noho ny lalàna, kanefa araka ny drafitra mandrakizain' Andriamanitra dia zavatra tena ilaina manan-daza mba hamohana ny varavaran' ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay. Naneho ny fahendreny tamin' ny fanaovana an' izany koa i Adama. . . .

“. . . Ankalazaintsika ny asa nataon' i Eva ary omentsika voninahitra ny fahendreny sy ny fahasahiany tao amin' ny fizarana lehibe antsoina hoe: Ny Fahalavoana. . . . Nilaza ny Loholona Joseph Fielding Smith manao hoe: ‘Tsy mbola niteny mihitsy aho fa ny anjara noraisin' i Eva tao amin' ny

Fahalavoana dia fahotana, ary tsy miampanga an' i Adama ho nanota koa aho. . . . Fandikan-dalàna izany, fa tsy fahotana.'

"Izany tsy fitoviana voalaza eo amin' ny *fahotana* sy *fandikan-dalàna* izany dia mampahatsiahy antsika ny teny voalanjalanja tsara ao amin' ny Fanekempinoana faharoa manao hoe: "Mino isika fa hohelohina noho ny *fahotany* ihany ny olona fa tsy noho ny *fandikan-dalàna* nataon' i Adama tsy akory" (soramandry nampiana). Miverina ihany koa izany fahasamihafana izany ao amin' ny lalàna. Ny zavatra sasany atao, toy ny famonoan' olona, dia heloka be vava satria tena ratsy izy ireny. Ny zavatra sasany, toy ny fitondrana fiarakodia tsy ananana fahazoan-dalàna, dia heloka ihany koa satria voarara izany. Eo amin' izany fahasamihafana izany, ny asa izay nahatonga ny Fahalavoana dia tsy fahotana—tena ratsy—fa fandikan-dalàna—ratsy satria nifanohitra tamin' ny lalàna na didy izay efa nomena an' i Adama sy i Eva. Ireo teny ireo dia tsy ampiasaina foana mba hanambarana zavatra tsy mitovy, fa hita ho tena manazava kokoa ny toe-javatra nandritra ny Fahalavoana ireo fahasamihafana ireo" (tao amin' ny Conferemce Report, Okt. 1993, 98; na *Ensign*, Nov. 1993, 73).

2. Fanavahana ny *vokatry* ny sy ny *andraikitra* noho ny Fahalavoana

Ny taranak' i Adama sy i Eva rehetra dia nandova ny *vokatry* ny Fahalavoana, anisan' izany ny fahafatesana ara-nofo sy ara-panahy, fa tsy ny *andraikitra* noho ny Fahalavoana. Mampianatra ny Fanekempinoana faharoa fa "ny olona dia hohelohina noho ny fahotany, fa tsy noho ny fandikan-dalàn' i Adama tsy akory." Jereo koa Môrônia 8:5–23.

3. "Ny vadinao no hiantefan' ny faniriana"

Ny fanambarana manaraka dia mety hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fanambaran' ny Tompo tamin' i Eva, tamin' Izy nilaza fa "ny vadinao no hiantefan' ny faniriana, ary izy no hanapaka ny aminao" (Mosesy 4:22).

Hoy ny Filoha Spencer Kimball hoe: "Manana fanontaniana momba ny teny hoe *manapaka* aho. Manome fiheverana diso izy io. Aleoko mampiasa ny teny hoe *miahy* satria izany no ataony. Ny vady tsara dia miahy ny vadiny sy ny fianakaviany" ("The Blessing and Responsibilities of Womanhood," *Ensign*, Mar. 1976, 72).

Hoy ny Loholona Russell Ballard hoe: "Efa nanambara tamin' ny mpaminaniny Andriamanitra fa tokony handray ny fisoronana ny lehilahy, ho ray, ary amin' ny fahamorana sy fahadiovana, amin' ny fitiavana feno hatsoram-po, dia tokony hitarika sy hamelona ny fianakaviany amim-pahamarinana izy ireo, tahaka ny itarihan' ny Mpamonjy ny Fianganany (Efesiana 5:23)" ("Equality through Diversity," *Ensign*, Nov. 1993, 90).

“Raha tsara toetra ianao, dia hankasitrahana”

Lesona 5

Mosesy 5–7

Tanjona

Hanampy ny mpianatra hahatakatra fa ny safidy hanaraka an' i Jesoa Kristy dia mitondra any amin' ny fahafahana, fahasambarana, ary fiainana mandrakizay; fa ny safidy hanaraka an' i Satana kosa dia mitondra any amin' ny fahoriana sy ny fahababoana.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina avy ao amin' ny Voahangy Lafo Vidy manaraka ireto :
 - a. Mosesy 5:16–41. Tia an' i Satana mihoatra an' Andriamanitra i Kaina ary nankatò ny didin' i Satana izy mba hanaovana fanatitra ho an' Andriamanitra (5:16–19). Ny Tompo dia nandà ny fanatitra nataon' i Kaina ary nandidy azy hibebaka (5:20–25). Nanao fanekena tamin' i Satana i Kaina ka namono an' i Abela (5:26–33). Nanzona an' i Kaina ny Tompo ary voaroaka tsy ho eo anatrehan' ny Tompo i Kaina (5:34–41).
 - b. Mosesy 6:26–63. Enoka, zafikely lahin' i Adama fahefatra, dia nantsoin' ny Tompo mba hitory ny fibebahana amin' ny vahoaka (6:26–36). Nankatò ny didin' ny Tompo i Enoka ary mampianatra ny vahoaka (6:37–63).
 - d. Mosesy 7:13, 17–21, 23–47, 68–69. Lehibe tokoa ny finoan' i Enoka ka nahafindra tendrombohitra, nampivadika ny fikorianan' ny rano, ka natahotra mafy ny firenena rehetra (7:13, 17). Nitomany noho ny faharatsian' ny vahoaka eto ambonin' ny tany ny Tompo sy i Enoka (7:23–47). Ny vahoaka teo amin' ny tanànan' i Enoka dia miray fo sy saina amin' ny Tompo, ka nampiakarina ho any an-danitra ny firenena iray manontolo (7:18–21, 68–69).
2. Vakiteny hafa: Mosesy 5: 42–55; 6:10–23; 7:14–16, 59–64; 2 Nefia 2:25–27; Genesisy 4:1–16.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina

Azonao atao ity fampiasana manaraka ity (na ny anao manokana) hanombohana ny lesona.

Alohan' ny fampianarana, dia soraty mifanila eo amin' ny solaitrabe ireto andiana fanambarana anankiroa ireto:

Andiany 1

“Iza Ilay Tompo izay tsy maintsy fantariko?”

“Olona afaka aho”

“Moa mpitandrina ny rahalahiko va aho?”

Andiany 2

“Izy no Andriamanitra, ary Andriamanitrao.”

“Nahoana no matoky ny fahendrenareo ianareo, ka mandà ny Andriamanitry ny lanitra?”

“Rahalahiko ianareo.”

Lazao amin’ ny mpianatra fa ireo fanambarana hita ao amin’ ireo lisitra roa ireo dia nataon’ ny lehilahy anankiroa, izay hianarany ny momba azy ireo mandritra ny lesona. Asaovy milaza izay mety ho fantany momba ireo lehilahy tsirairay ireo ny mpianatra araka ny andiana fanambarana nataony. (Azonao atao ny manatsitokotoko ny mpianatra ho antoko kely maromaro hifanakalo hevitra momba ilay fanambarana. Rehefa avy nifanakalo hevitra momba ny fanambarana ny antoko nandritra ny dimy na enina minitra, dia manasà olona iray avy amin’ ny antoko tsirairay avy hamintina ny fifanakalozan-kevitra nataon’ ny antokony ho an’ ny mpianatra sisa.)

Rehefa avy namaly ny mpianatra, dia hazavao fa ny andiana fanambarana voalohany dia nataon’ i Kaina, izay nifidy ny hanaraka an’ i Satana. Ny andiana fanambarana faharoa dia nataon’ i Enoka, izay nifidy ny hanaraka ny Tompo. Ny fanambaran’ ireo lehilahy tsirairay ireo dia maneho ny fihetsiny manoloana an’ Andriamanitra .

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia fakafakao ny fomba hampiharana izany eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainany izay mifanaraka amin’ ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Manao fanekempihavanana amin’ ‘ i Satana i Kaina, novonoiny i Abela ka nozonin’ ny Tompo izy.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 5:16–41.

- Nanantena i Adama sy i Eva fa mba hanaraka ny Tompo tahaka ny nataony i Kaina zanany. Nefa “tsy nihaino” ny ray aman-dreniny sy ny Tompo i Kaina ka nanontany hoe: “Iza Ilay Tompo izay tsy maintsy ho fantariko?” (Mosesy 5:16). Inona no asehon’ io fanontaniana io momba ny fihetsik’ i Kaina manoloana an’ Andriamanitra? Inona no tsy maintsy ataontsika mba hahatonga antsika hahafantatra an’ Andriamanitra? (Jereo Almà 22:17–18)
- Nahoana i Kaina no nanao fanatitra ho an’ ny Tompo? (Jereo Mosesy 5:18.) Inona no natolotr’ i Kaina? (Jereo Mosesy 5:19.) Nahoana no nankasitrahany ny Tompo ny fanatitr’ i Abela fa nolaviny kosa ny fanatitr’ i Kaina? (Jereo Mosesy 5:5; 20–23. Efa nandidy an’ i Adama sy i Eva ary ny zanany ny Tompo hanolotra ny voalohan-teraky ny ondriny. Nankatò i Abela, fa i Kaina kosa nankatò ny tenin’ i Satana ka nanolotra ny vokatra ny tany.) Nahoana no zava-dehibe ny manao sorona araka ny fomba efa nandidian’ ny Tompo?

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith manao hoe: “Nanolotra fanatitra izay nankasitrahana’ Andriamanitra i Abela, izay voalohan-teraky ny ondriny. I Kaina dia nanolotra ny vokatry ny tany, ka tsy nankasitrahana, satria tsy afaka nanao izany tamim-pinoana izy. . . . Ny fandatsahana ny ran’ ny Zanaka Lahitokana mba hanonerana ny olona. . . no drafitry ny fanavotana. . . ary satria ny sorona dia napetraka ho tandindona, izay amin’ izany no handanja-lanjan’ ny olona ny Sorompanavotana izay efa nomanin’ Andriamanitra; ny manolotra sorona mifanohitra amin’ izany, dia tsy afaka mampitombo ny finoana. . . ; vokatr’ izany dia tsy afaka nanana finoana i Kaina; ary ny zavatra rehetra izay tsy amim-pinoana dia fahotana” (*Enseignements du Prophète Joseph Smith*, notsongain’ i Joseph Fielding Smith [1976], p.43).

- Ahoana no fihetsik’ i Kaina rehefa nandà ny sorona nataony ny Tompo ka niantso azy hibe-baka? (Jereo Mosesy 5:21, 26.) Nahoana no sarotra amintsika indraindray ny antsoina hibe-baka? Ahoana no ahafahantsika manana fo miro-na kokoa amin’ ny fibebahana?
- Rehefa avy namono an’ i Abela rahalahiny i Kaina dia nilaza hoe: “Afaka aho” (Mosesy 5:33). Araka ny hevitrao, inona no inoan’ i Kaina fa nahafaka azy? Nahoana no mampihena ny fahafahantsika tokoa ny tsy fankatoavana ankehitriny? Nahoana no mampitombo ny fahafahantsika ny fankatoavana?
- Inona no navalin’ i Kaina rehefa nanontany azy izay misy an’ i Abela ny Tompo? (Jereo Mosesy 5:34.) Inona no dikan’ ny hoe mpitandrina ny rahalahintsika isika? (Jereo 1 Jaona 3:11, 17–18.) Amin’ ny fomba manao ahoana no hitandremantsika ny rahalahintsika sy anabavintsika?

Nilaza ny Eveka Robert L. Simpson hoe: “Izao tontolo izao ankehitriny dia milaza aminao ny handao irery ny namanao. Manana ny zo ho tonga sy handeha araka izay mahafaly azy izy. Milaza aminao izao tontolo izao fa ny fandresena lahatra ho any am-piangonana na hanatrika ny fivorian’ ny fisoronana na ny fialana amin’ ny fahazaran-dratsy dia mety hahatonga fahadisoam-panantenana sy fanerena manahirana; kanefa dia mbola averiko indray ny tenin’ ny Tompo manao hoe: ianao no mpitandrina ny rahalahinao, ary rehefa miova fo ianao, dia ampaherezo ny rahalahinao” (tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1971, 114; na *Ensign*, Des. 1971, 103).

- Inona no nitranga tamin’ i Kaina vokatry ny safidiny hanaraka an’ i Satana fa tsy Andriamanitra? (Jereo Mosesy 5:23–25, 36–41.) Nanao ahoana ny fiantraikan’ ny safidin’ i Kaina tamin’ ny taranany sy tamin’ ny tenany ihany koa? (Jereo Mosesy 5:41–43; 49–52; 55.) Ahoana no mety ho vokatry ny safidy tsara sy ratsy ataontsika eo amin’ ny fianakaviansika?

2. Mitory ny fibebahana amin’ ny vahoaka i Enoka.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 6:26–63.

- Ahoana no fihetsik’ i Enoka rehefa nantsoin’ ny Tompo hitory ny fibebahana amin’ ny vahoaka izy? (Jereo Mosesy 6:31.) Inona no nampanantenain’ ny Tompo an’ i Enoka raha toa ka mandeha araka ny nandidiana azy izy? (Jereo Mosesy 6:32–34.) Inona no lesona azo tsoahina avy amin’ ny tantaran’ i Enoka amin’ ny fomba ifidianan’ ny Tompo ny mpitondrany? (Jereo koa 1 Samoela 16:7.) Inona no azontsika ianarana avy amin’ i Enoka momba ny fanompoana ny Tompo na dia tsapantsika aza fa tsy ho vitantsika izany?

- Araka ny hevitrao, nahoana no tafintohina ny vahoaka rehefa nanomboka nitory ny fibebahana i Enoka? (Jereo Mosesy 6:37; jereo koa 1 Nefia 16:2; Môsià 13:7.) Nahoana no nanohy nihaino azy ihany izy ireo na dia tafintohina aza? (Jereo Mosesy 6:38–39. Tamin’ ny voalohany dia mba te hahalala fotsiny izy ireo, fa nony avy eo dia nahafantatra izy ireo fa olon’ Andriamanitra izy.) Ahoana no ahazoantsika fijoroana ho vavolombelona fa olon’ Andriamanitra ny mpaminany velona? Ahoana no hanampian’ io fijoroana ho vavolombelona io antsika hanaraka ny mpaminany na dia tsy tian’ ny olona aza ny fampianarany?
- Inona amin’ ny fotopampianaran’ ny filazantsara no nampianarin’ i Enoka raha niantso ny vahoaka ho amin’ ny fibebahana izy? (Jereo Mosesy 6: 47–63. Raha efa noresahinareo tao amin’ ny Lesona 4 ity andininy ity, dia tsy tokony haverinao intsony izany.)
- Nataon’ ny Tompo “hiasa ho an’ ny tena[ntsika] isika” (Mosesy 6:56). Inona no hevitr’ izany? (Manana ny fahefana hisafidy isika.) Nahoana no ilaina ao amin’ ny drafitr’ Andriamanitra ho amin’ ny famonjena antsika ny safidy? (Ilaintsika ny safidy mba ho tompon’ andraikitra amin’ ny safidintsika isika.) Inona avy ny vokatry ny safidy hanaraka an’ i Satana? Inona avy ny vokatry ny safidy hanaraka ny Tompo? (Jereo ao amin’ ny Nefia 2:25–27.)

3. Ny vahoaka tao amin’ ny tanànan’ i Enoka dia miray fo sy saina amin’ ny Tompo, ka nampakarina any an-danitra ny firenena iray manontolo.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 7:13, 17–21, 23–47, 68–69.

- Fahagagana inona no nataon’ ny Tompo noho ny finoana lehibe nananan’ i Enoka? (Jereo Mosesy 7:13.) Inona no fahagagana ataon’ ny Tompo amin’ izao androntsika izao noho ny finoan’ ny olona?
- Ahoana no nitahiana ny vahoaka izay nandre ny tenin’ i Enoka ka nibebaka tamin’ ny fahotany? (Jereo Mosesy 7:17–18.) Nahoana no nantsoina hoe Ziona ilay tanàna? (Jereo Mosesy 7:18.) Inona no hevitr’ ny hoe “miray fo sy saina”? Inona no azontsika atao mba hahatonga antsika hiray fo sy saina amin’ ny Tompo? Ao amin’ ny fianakaviansika? Ao am-piangonana?
- Inona no nitranga tamin’ i Enoka sy ireo mponina teo amin’ ilay tanàna nony farany? (Jereo Mosesy 7:19–21, 69.)
- Ao amin’ ny Mosesy 7:28, dia nahita ny Tompo nitomany i Enoka. Nahoana no nitomany ny Tompo? Nahoana no nanontany momba ny fitomanian’ ny Tompo i Enoka? (Jereo Mosesy 7:29–31.) Inona no navalin’ ny Tompo? (Jereo Mosesy 7: 32–33, 36–37.) Inona ny tsapanao momba ny Tompo raha mamaky ity andininy ity ianao?
- Rehefa nahita ny faharatsian’ ny vahoaka i Enoka, dia nitomany ihany koa izy (Mosesy 7:41, 44). Ahoana no nankaherezan’ ny Tompo an’ i Enoka? (Jereo Mosesy 7: 44–47.)

Azonao atao ny miteny amin’ ny mpianatra fa ny lesona manaraka dia miresaka momba ny fananganana an’ i Ziona indray amin’ ny andro farany (anisan’ izany i Jerosalema vaovao), ny Fiaviana fanindroany, ary ny fanjakany arivo taona eto an-tany, izay hitan’ i Enoka tamin’ ny fahitana (Mosesy 7:62–65).

Famaranana

Mariho fa i Kaina dia nifidy ny hanaraka an' i Satana sy ny hampianatra ny fahazaran-dratsiny amin' ny zanany sy ny mpanaraka azy. Vokatry izany, dia nitombo tamin' ny faharatsiana ny taranak' i Kaina ka nozonin' Andriamanitra noho ny tsy fahamarinany. Etsy an-danin' izany, i Enoka dia nifidy ny hanaraka ny Tompo. Vokatry ny safidin' i Enoka ho mpankatò sy hampianatra ny filazantsara amin' ireo rehetra izay hihaino, dia lasa marina tokoa ny tanàna iray manontolo ka noesorina tetỳ an-tany mba hitoetra hiaraka amin' Andriamanitra.

Mijoroa ho vavolombelona fa ny safidy izay ataontsika hanaraka an' i Jesoa Kristy dia hanampy antsika hanatona Azy bebe kokoa sy hitondra antsika ho amin' ny fahafahana, fahasambarana, ary fiainana mandrakizay.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovoan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Mitahiry rakitsora-pianakaviana


- Nahoana no zava-dehibe ny nitahirizan' i Adama sy i Eva ary ireo taranany bokim-pahatsiarovana sy tetiarana? (Jereo Mosesy 6:5–8; 45–46.) Nahoana no zava-dehibe amintsika ny mitahiry rakitsoratra tahaka izany amin' izao andro izao? Ahoana ny fomba nanampian' ny tantara voarakitra an-tsoratra momba ny razambenao anao? Ahoana no mety hanampian' ny tantaram-piainanao voarakitra an-tsoratra ny fianakavianao?
- Ahoana no ilazana fa rakitsoratra momba ny fianakaviana ny soratra masina? Ahoana no ahafahan' ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra mampiasa ampahombiazana ny soratra masina hampianarana ny zanany?

2. Fampitahana an' i Enoka sy i Kaina

Manaova tohatra karazany roa eo amin' ny solaitrabe, ka ny iray miakatra ary ny iray midina (Jereo ny sary ao amin' ny pejy 00). Asio famantarana hoe: *Toetra izay mitondra antsika ho any amin' Andriamanitra* ny tohatra miakatra, ary soraty eo amin' ny zana-tohatra voalohany ny anaran' i Enoka. Asio famantarana hoe *Toetra izay mitondra antsika ho any amin' ny faharavana* ny tohatra midina, ary soraty eo amin' ny zana-tohatra voalohany ny anaran' i Kaina.

Asaovy mamaky ny andininy voalohany manondro ny dingan' i Enoka (Mosesy 7:59) sy ny andininy voalohany manondro ny dingan' i Kaina (Mosesy 5:16) ny mpianatra. Rehefa izany, dia manorata teny fanalahidy maromaro eo amin' ny zana-tohatra mifanaraka amin' izany eo amin' ny solaitrabe. Avereno hatrany izany ho an' ireo zana-tohatra sisa tavela. Rehefa voavaky ny andininy rehetra, dia asio famantarana ny faran' ny zana-tohatr' i Enoka hoe *Miara-miaina amin' Andriamanitra*, ary asio famantarana hoe: *Faharavana ara-panahy* ny faran' ny zana-tohatr' i Kaina. Fakafakao ny fomba nanampian' ny tenin' i Enoka sy ny asany azy hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra, ary koa ny teny sy ny asan' i Kaina izay nitondra azy hanakaiky kokoa an' i Satana.

- Amin' ny fomba ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatr' i Enoka ka hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra?



3. “Hosory ny masonao . . . fa hahiratra ianao” (Mosesy 6:35)

Indray maka dia nanasitrana jamba iray i Jesoa tamin' ny fanosorana tanimanga ny mason' ilay lehilahy (Jaona 9:1–7). Enoka, izay tsy mbola matotra ara-panahy ka noho izany dia jamba ara-panahy tamin' ireo zavatra sasantsasany, dia nodidiana ihany koa “hanosotra tanimanga ny masony ary hanasa izany” (Mosesy 6:35).

- Inona no hitan' i Enoka rehefa nanao izany izy? (Jereo Mosesy 6:36.) Inona no ampianarin' ny ohatra amin' ny fanasana ny tanimanga antsika?
- Inona no azontsika atao mba hampahiratra tanteraka ny masontsika amin' ireo zavatr' Andriamanitra? Ahoana no fomba hanatsarantsika ny fianarantsika ny soratra masina mba hahitantsika ireo harena ao anatiny?

4. Ireo olon-tiana izay mania

- Na dia nampianatra ny filazantsara ny zanany aza i Adama sy i Eva (Mosesy 5:12), dia nifidy ny tsy fahamarinana i Kaina sy ireo hafa koa. Inona no azontsika atao mba hanampiana antsika hahatanty ny fangirifiriana mahazo rehefa mania ny olon-tiantsika? Inona no azontsika atao mba hanampiana ireny olon-tiana ireny?

Hoy ny fananaran' ny Loholona Richard G. Scott:

“Maro aminareo no mahatsapa fangirifiriana na alahelo lehibe satria ny zanaka lahy na zanaka vavy, vady, dia niala tamin' ny fahamarinana mba hanaraka ny ratsy. Ho anareo ireny ny hafatro.

“Feno tebiteby, fangirifiriana, ary indraindray fahadisoam-panantenana ny fiainanareo. Holazaiko aminareo ny fomba ahafahanareo mahazo fankaherezana avy amin' ny Tompo.

“Voalohany, dia mila mahafantatra ny fitsipika fototra roa ianareo:

- “1. Marina fa misy zavatra maro azonareo atao mba hanampiana ny olontiana, fa misy ihany koa zavatra maro izay tsy maintsy ho ny Tompo no manao azy.
- “2. Ary koa, tsy misy fivoarana maharitra raha tsy misy ny fampiasana marina ny fahafahana misafidy. Aza manandrana akory ny manaisotra ny fahafahan' ny hafa misafidy. Na ny Tompo aza dia tsy hanao izany mihitsy. Ny fankatoavana voatery dia tsy mitondra fitahiana (Jereo F&F 58:26–33).

“Hanome fomba fito hitondra fanampiana ho anareo aho.

“Voalohany, aoka ho tia tsy misy fepetra. . . . Faharoa, aza manome vahana ny fandikan-dalàna, fa kosa omeo fanantenana sy fanohanana ilay mpandika lalàna. . . . Fahatelo, ampianaro ny fahamarinana. . . . Fahefatra, mamelà amin' ny fo madio matetika, araka ny ilàna izany. . . . Fahadimy, mivavaha amim-pahatokiana. ‘Ny. . . fivavaky ny marina dia mahery indrindra’ (Jakoba 5:16). . . .

“Fahenina, manàna fomba fijery mifandray amin' ny fiainana ankehitriny sy mandrakizay. . . . Rehefa nataonao izay azonao natao mba hanampiana, dia apetraho eo am-pelatanan' ny Tompo ny olana ary aza manahy intsony. Aza mihevi-tena ho diso satria tsy afaka nanao mihoatra noho izany. Aza laniana amin' ny fanahiana tsy ilaina ny herinao. . . . Rehefa tonga ny fotoana, dia hanana hevitra ianao ary hahafantatra ny fomba hanohizana ny fanampiana. Hahita fiadanana sy fahasambarana kokoa ianao, tsy hanao tsinontsinona ireo mila anao, ary afaka hanome fanampiana lehibe kokoa noho izany fomba fijery mankany amin' ny mandrakizay izany. . . .

“*Torohevitra iray farany—aza manary olon-tiana mihitsy!*” (Tao amin' ny Conference report, Apr. 1988, 69–71; na *L' Etoile*, Jolay 1988, p. 55–56).

Lesona
6 “Noa. . . nanamboatra sambo-fiara
namonjena ny ankohonany”

Mosesy 8:19–30; Genesisy 6–9; 11:1–9

Tanjona Hanampy ny mpianatra haniry hiaina amim-pahamendrehana ary hifady ny ratsy eo amin’ izao tontolo izao.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Mosesy 8:19–30; Genesisy 6:5–22; 7:1–10. Nitory ny filazantsara i Noa, nefa tsy nihaino ny vahoaka (Mosesy 8:19–25). Noho ny faharatsian’ ny vahoaka, dia nanambara ny Tompo fa haringany tsy hisy eo ambonin’ ny tany ny olona (Mosesy 8:26–30; Genesisy 6:5–13). Nandidy an’ i Noa hanao sambo-fiara ny Tompo ka hampiditra ao ny ankohonany sy tsiroaroa avy amin’ ny zava-manan’ aina rehetra (Genesisy 6:14–22; 7:1–10).
 - b. Genesisy 7:11–24; 8; 9:8–17. Avy nandritra ny 40 andro sy 40 alina ny orana (7:11–12). Ny olona rehetra sy ireo zavaboary izay tsy tao anatin’ ny sambo-fiara dia maty avokoa, ary dia nandrakotra ny tany nandritra ny 150 andro ny rano (7:13–24). Rehefa nihena ny rano, dia nivoaka ny sambofiara i Noa, ny ankohonany ary ireo biby (8:1–19), ary nanolotra fanatitra odorana ho an’ ny Tompo i Noa (8:20–22). Nanao ny fanekempihavanany tamin’ i Noa ny Tompo ka nanisy avana ho famantarana ny fanekempihavanana (9:8–17; mariho fa ny dikan-teny nataon’ i Joseph Smith ny amin’ ny andininy faha-15 dia manambara fa ny fanekempihavanana dia an’ Andriamanitra sy i Noa, fa tsy an’ Andriamanitra sy ny zava-manan’ aina rehetra).
 - d. Genesisy 11:1–9. Taranaka vitsivitsy taorian’ ny safo-drano, nanandrana nanangana tilikambo hahatakatra ny lanitra ny olona (tilikambon’ i Babela). Norokoroan’ ny Tompo ny fiteniny mba tsy hifankazoan’ izy ireo ary nam-pieleziny nanerana ny tany izy ireo.
 2. Vakiteny hafa: Hebreo 11:7; Mosesy 7:32–36.
 3. Raha misy ireto fitaovana manaraka ireto, dia azonao atao ny mampiasa ny sasany amin’ izy ireo ho ampahany amin’ ny lesona.
 - a. Sarin’ ny Fanamboarana ny sambo-fiara (62053 654; Fonosan-tsary mirakitra ny Filazantsara 102); Noa sy ny sambo-fiara miaraka amin’ ireo biby (62305 654; Fonosan-tsary mirakitra ny Filazantsara 103); ary ny Fahariana—Ny zavaboary (62483 654; Fonosan-tsary mirakitra ny Filazantsara 100).
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny iray amin’ ireto fampiasana ireto (na iray amin’ ny anao manokana) mba hanombohana ny lesona. Mifidiana fampiasana izay tena mifanentana amin’ ny kilasy.

1. Raha lehibe ny efitrano fianaranareo, dia asaovy milahatra mahitsy ny mpianatra, ka ny sandriny atsoatra ary ny ratsan-tanany ampifandraisina amin’ ny

ratsan-tanan' ny olona eo akaikiny. Hazavao fa mpianatra miisa 85 eo ho eo no tokony hijoro tahak' izao ataony izao mba hahazoana ny halavan' ny sambo-fiara izay natsangan' i Noa.

2. Asehoy ny sary amin' ny faran' ny lesona mba hanampiana ny mpianatra hieritreritra ny haben' ny sambo-fiaran' i Noa raha oharina amin' ireo sambo izay mahazatra kokoa.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andinin-tsoratra masina ireto ianao, dia mifanakaloza hevitra ny amin' izay fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana. Entano ny mpianatra hizara zavatra nodiaviny izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Mandà ny antson' i Noa ho amin' ny fibebahana ny olona; manamboatra sambo-fiara i Noa.

Ampianaro sy hadihadio ny Mosesy 8:19–30 sy ny Genesisy 6:5–22; 7:1–10. (Raha manana fanontaniana ny mpianatra momba ny biby “madio” sy “maloto”, dia azonao atao ny mampijery azy ireo ny Levitikosy 11:1–31.)

- Ahoana ny endrik' izao tontolo izao rehefa niantso an' i Noa hitory ny filazan-tsara ny Tompo? (Jereo Mosesy 8:20–22.) Inona ny fitoviana mety ho hitanao eo amin' ny olona tamin' ny andron' i Noa sy ny olona amin' izao fotoana izao? Ahoana ny fomba mety nahafahan' ny olona tamin' ny andron' i Noa hiala tamin' ny faharavana? (Jereo Mosesy 8:23–24.) Ahoana ny fomba ahafahan' ny fihainoana sy fanarahana ny mpaminany manampy antsika hisoroka ny faharavana ara-panahy sy ara-nofo?
- Nahoana no nanamboatra sambo-fiara i Noa? (Jereo Hebreo 11:7.) Ny mpitondra fiangonana dia manoro hevitra antsika tsirairay avy mba “hanamboatra ny sambo-fiara ho an' ny tena[ntsika] manokana” (W. Don Ladd, tao amin' ny Conference Report, Okt. 1994, 36; na *Ensign*, Nov. 1994, 29). Inona no azontsika atao hiarovana ara-panahy ny tenantsika sy ny ankohonantsika? Inona ireo didy eritretinao fa manan-danja tokoa amin' ny fiarovana antsika amin' izao andro izao? (Azonao atao ny mampiasa ilay boky kely *Ry Tanora mahereza* [34285 654] amin' ny famakafakana ataonao.)
- Inona no azontsika atao mba hiomanana ara-nofo raha sendra misy loza na zavatra hafa ilaina? (Jereo ny teny nindramina eto ambany ary ny teny nindramina avy amin' ny Loholona L. Tom Perry, pejy 00.) Nahoana no maro amin-tsika no mitaredretra amin' ny fanaovana ireo fiomanana ilaina? Ahoana no fomba ahatonga antsika hanolo-tena kokoa amin' izao fiomanana izao ankehitriny?

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: “Ny fanambarana amin' ny famokarana sy fanobiana sakafo dia ilaina tokoa ho an' ny tenantsika ankehitriny tahaka ny fiondranana an-tsambo-fiara tamin' ny andron' i Noa (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1987, 61; na *Ensign*, Nov. 1987, 49).

Nampianatra ny Loholona W. Don Ladd manao hoe: “Rehefa manomboka manorana ny andro, dia efa tara loatra ny fanombohana ny fanamboarana sambo-fiara. . . . Isika. . . dia mila mihaino ny mpitondratenin' ny Tompo. Ilaintsika ny mandroso hatrany amim-pilaminana sy miomana amin' izay hitranga marina. Tsy tokony hatahotra na hihorohoro isika, satria raha nioma-

na ara-panahy sy ara-nofo isika, dia hieren-doza amin' ny safo-drano rehetra isika sy ny ankohonantsika. Hitsingevana eo ambonin' ny ranomasim-pinoana ny sambo-fiarantsika raha nanomana mafy sy amim-pitokiana ny ho avy isika amin' ny asantsika" (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1994; na *Ensign*, Nov. 1994, 29).

- Inona no toetra tsara nasehon' i Noa tamin' ny fananganana ilay sambo-fiara? (Mety ahitana finoana, fankatoavana, asa mafy ny valiny.) Ahoana no fomba hampitomboantsika ireo toetra tsara ireo eo amintsika?

Nanazava ny Filoha Spencer W. Kimball fa tamin' ny fotoana nanamboaran' i Noa ny sambo-fiara, dia "tsy nisy mihitsy famantarana momba ny hiavian' ny orana na safo-drano. . . . Toa ohatry ny tsy nitombina ireny fampitandremana ireny. . . . Tena hadalana ny manamboatra sambo-fiara eo ambonin' ny tany maina miaraka amin' ny masoandro mibaliaka, sady koa mitohy tahaka ny mahazatra ihany ny fiainana! Nefa tapitra ny fotoana. Vita ny sambo-fiara. Tonga ny safo-drano. Difotra ny tsy mpankatò sy ny mpanohitra. Ny fahagagana nateraky ny sambo-fiara dia nanaraka ny finoana naseho tamin' ny fanamboarana azy" (*Faith Precedes the Miracle* [1972], 5–6).

2. Nodiovin' ny Tompo tamin' ny safo-drano ny tany.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 7:11–24; 8; ary 9:8–17.

- Inona no niseho rehefa tonga ny safo-drano? (Jereo ny Genesisy 7:23.) Karazana "sambo-fiara" toa inona no ananantsika amin' izao andro izao izay afaka manampy amin' ny famonjena antsika amin' ny ratsy manodidina antsika? (Azonao atao ny manoratra ny valin-teny eny amin' ny solaitrabe ary asao ny mpianatra hilaza ny fomba nanampian' ireny "sambo-fiara" ireny tamin' ny fiarovana azy. Mety hahitana izao ny valiny; ny tokantranantsika sy ny fianakaviansika, namana, tempoly, seminera, fivoriam-piangonana, vavaka, soratra masina, ary ny mpaminany velona.) Ahoana ny fomba hanampiansika ny hafa hahita fialofana ao amin' ireny "sambó-fiara" ireny?
- Rehefa nitsahatra ny orana, nahoana i Noa no nandefa voromailala avy tao anaty sambó-fiara? (Jereo Genesisy 8:8.) Inona no niseho nandritra ny fotoana roa voalohany nandefasany ilay voromailala? (Jereo Genesisy 8:8–11.) Inona no nitranga tamin' ny fahatelo? (Jereo Genesisy 8:12.)
- Inona no zavatra voalohany nataon' i Noa taorian' ny nivoahany ny sambo-fiara? (Jereo Genesisy 8:20.) Ahoana ny fomba hanehoantsika fankasitrahana ny Tompo rehefa manampy antsika amin' ny toe-javatra sarotra Izy?
- Inona no napetrak' Andriamanitra teny amin' ny rahona rehefa tapitra ny safo-drano? (Jereo Genesisy 9:13.) Inona no nolazain' Andriamanitra momba ny avana? (Jereo Genesisy 9:12–13, 16–17.) Inona ny fanekempihavanana nataon' Andriamanitra tamin' i Noa? (Jereo Genesisy 9:8–11, 15.)

3. Manangana ny tilikambon' i Babela ny olona.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 11:1–9.

- Inona ny antony nahatonga ny taranak' i Noa nanapa-kevitra hanangana tili-kambo? (Jereo Genesisy 11:4.) Araka ny hevitrao, inona no tian' izy ireo hotanterahina tamin' ny "fitadiavan' [izy ireo] laza" ho an' ny tenany? Inona no maha-samy hafa ny fitadiavana laza ho an' ny tenantsika sy ny fandraisana ny

anaran' i Kristy eo amintsika? Inona no andraikitra raisintsika rehefa mitondra ny anaran' i Kristy isika? (Jereo Môsîà 18:8–10.)

- Inona no vokatry ny fanandramana nanangana tilikambo hatrany an-danitra? (Jereo Genesisy 11:5–9.) Nahoana no tsy afaka ny ho tonga any an-danitra amin' ny alalan' ny tenantsika na amin' ny alalan' ny fomban' olombelona isika? Inona ny lalan' ny Tompo ho antsika mba hahatongavantsika any an-danitra?

Famaranana

Hazavao fa nosaziana ireo olona izay nanangana ny tilikambon' i Babela satria nanandrana ny ho any an-danitra amin' ny alalan' ny fiheveran' izao tontolo izao izy ireo. Mifanohitra amin' izany ny nataon' i Noa sy ny ankohonany ka voavonjy tamin' ny safo-drano izy ireo satria niaina araka ny didin' Andriamanitra.

Mijoroa ho vavolombelona fa ny hany fomba tokana ahafahantsika ho tonga any an-danitra—hiverina hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra—dia amin' ny alalan' ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy. Tsy maintsy miaina amim-pahamarinana isika, tahaka ny nataon' i Noa, manana finoana an' i Kristy, mibebaka noho ny fahotantsika, mandray ôrdônansy masina, ary maharitra hatramin' ny faran' ny fiainantsika. Raha manao ireo zavatra ireo isika dia handresy ny ratsy ka ho afaka hiverina eo anatrehan' Andriamanitra .

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasorisoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany amin' ny lesona.


1. Nahita ny andron' i Noa tamin' ny fahitana i Enoka

Enoka, raiben' ny rain' i Noa, dia nahita ny faharatsian' ny fotoan' andron' i Noa sy ny vokatry ny safo-drano. (Mosesy 7:41–52). Nalahelo i Enoka noho izany faharatsiana izany, ary nangataka tamin' ny Tompo izy mba hamindra fo amin' i Noa sy ny zanany. Nampanantena an' i Enoka ny Tompo fa tsy handrava ny tany amin' ny safo-drano intsony (Mosesy 7:51). Nampanantena an' i Enoka ihany koa ny Tompo fa i Noa dia ho taranany, ka dia hijanona ho eo ambonin' ny tany hatrany ny taranany aorian' ny safo-drano (Mosesy 7:52; 8:2, 6, 8–9). Nohavaozin' ny Tompo tamin' i Noa indray io fanekempihavanana io taorian' ny safo-drano (Genesisy 9;8–17; mariho fa ao amin' ny dikan-tenin' i Joseph Smith ny andininy 9 sy 11 dia milaza ny fanekempihavanan' ny Tompo tamin' i Enoka).

2. Miaro ny marina ny Tompo

Toy ny namonjena an' i Noa sy ny ankohonany tamin' ny safo-drano noho ny fahamarinany, dia niaro ireo olo-marina ihany koa ny Tompo tamin' ny fotoan' ny tilikambon' i Babela. Resaho fohifohy ny tantaran' i Jareda sy ny rahalahiny, araka ny hita ao amin' ny Etera 1:1–5, 33–37, sy ny antony tsy nanorokoroana ny fiteniny.

Fampitahana ireo sambo maromaro (Jereo ny Fisarihana ny saina)



Ny Fanekempihavanan' ny Tompo tamin' i Abrahama

Lesona
7

Abrahama 1:1–4; 2:1–11; Genesisy 12:1–8; 17:1–9

Tanjona Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fahasoavana sy ny andraikitra amin' ny fanekempihavananana nataon' i Abrahama.

- Fanomanana.**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny Abrahama 1:1–4; 2:1–11; Genesisy 12:1–8; 17:1–9. Niezaka ny ho marina sy ny hiaina mba ho mendrika an' ireo fitahian' Andriamanitra i Abrahama. Nanao fanekempihavananana tamin' i Abrahama Andriamanitra, nampanantena azy fa hanana taranaka marobe izay hahazo ny tany nampanantenaina sy ny fitahian' ny fisoronana ary ny filazantsara Izy.
 2. Vakiteny hafa: Genesisy 15; Fotopampianarana sy Fanekempihavananana 132:19–24, 29–32;
 3. Raha misy ny fitaovana manaraka dia azonao atao ny mampiasa izany ho ampahany amin' ny lesona:
 - a. Sarina misiônera (62611) sy ny tempoly eo an-toerana
-

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao atao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin' ny anao manokana) hanombohana ny lesona.

- Inona no atao hoe tsodrano patriarkaly?

Hoy ny Fiadidiana Voalohany: “Ny tsodrano patriarkaly dia fanambarana ombam-panahy momba ny fototra nipoiran' izay mandray izany, ary koa, araka ny fiasan' ny Fanahy, fanambarana ombam-panahy sy faminiana momba ny asa nanirahana an' ilay mandray izany eo amin' ny fiainana, miaraka amin' ny fitahiana, fampitandremana, ary fananarana araka izay asaina homen' ilay patriarka. . . . Ny fahatanterahan' ireo fitahiana rehetra nampantenaina dia miankina amin' ny fahatokiana ny filazantsaran' ny Tompontsika” (taratasy ho an' ny fiadidian' ny tsatòka, 28 Jiona 1957; notantainy tao amin' ny Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine*, fanontana faharoa [1966], 558).

- Firy aminareo no efa nahazo ny tsodrano patriarkaly? Midika inona ny filazan' ny patriarka ny fototra nipoirantsika ao amin' ny tsodrano? (Rehefa manambara ny fototra nipoirantsika ny patriarka, dia ambarany amintsika fa taranaky ny mpaminany Abrahama amin' ny alalan' i Efraima sy i Manase, na amin' ny alalan' ny taranaka hafan' i Abrahama isika.)

Hazavao fa miresaka momba ny fitahiana azontsika raisina sy ny andraikitra anantsika amin' ny maha-taranak' i Abrahama antsika ity lesona ity.

Rehefa mampianatra ireto andinin-tsoratra masina ireto ianao, dia mifanakaloza hevitra ny amin' ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra nodiaviny izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Andriamanitra manao fanekehempihavanana amin' i Abrahama.

Ampianaro sy hadihadio ny Abrahama 1:1-4; 2:1-11; ary ny Genesisy 12:1-8; 17:1-9.

- Fony Abrahama mbola tanora, dia naniry ny ho marina sy hiaina mba ho mendrika an' ireo fitahian' Andriamanitra izy. Araka ny Abrahama 1:2-4, dia inona ny fitahiana nirin' i Abrahama?
- Notarihin' Andriamanitra i Abrahama sy ny ankohonany handao ny tanànan' i Ora ka nandeha tany amin' ny tany izay nantsoin' izy ireo hoe Harana (Abrahama 2:1-4). Nivavaka tany i Abrahama ary nahazo fahitana fa hitahy azy sy ny taranany Andriamanitra. Izany no antsoina hoe fanekehempihavanan' ny Tompo tamin' i Abrahama. Inona avy ireo fitahiana nampanantenain' Andriamanitra an' i Abrahama tao anatin' io fanekehempihavanana io? (Jereo Abrahama 2:6-11; Genesisy 12:1-8; 17:1-9. Azonao atao ny manamarika fa i Abrahama dia tsy maintsy niandry taona maro vao tanteraka ny sasany tamin' ireo fitahiana nampanantenaina ireo, ary dia mbola eo am-pahatanterahana izany ankehitriny.)

Ny tabilao manaraka dia afaka manampy anao hamintina ny fitahiana amin' ny fanekehempihavanana nataon' i Abrahama. Azonao atao ny mametraka tabilao nankelezina eo amin' ny solaitrabe, ary mamelà toerana hanoratana ny fizarana “Andraikitra” araka ny hita ao amin' ny pejy 00:

Fitahiana sy andraikitra avy amin' ny fanekehempihavanana nataon' i Abrahama			
Fitahiana eto antany:	Tany nampanantenaina honenana (Abrahama 2:6, 19; Genesisy 12:7; 17:8)	Taranaka marobe (Abrahama 2:9-10; Genesisy 12:2-3; 17:2, 4-6)	Ny filazantsaran' i Jesoa Kristy sy ny fisoronana ho an' i Abrahama sy ny taranany (Abrahama 2:9-11:7)
Mirindra mandrakizay:	Ny fanjakana selestialy (F&F 88:17-20)	Fanambadiana mandrakizay sy fitomboana mandrakizay (F&F 132:19-22)	Fisandratana faratampony sy fiainana mandrakizay (F&F 132:23-24)

2. Mpandova ny fitahiana sy ny andraikitra amin' ny fanekehempihavanana nataon' i Abrahama isika.

Hazavao fa ny mpikambana rehetra ao amin' ny Fiangonana dia “taranak' i Abrahama” avokoa. Hoy ny Loholona Joseph Fielding Smith: “Ny ankabetsahan' ireo lasa mpikambana ao amin' ny Fiangonana dia taranak' i Abrahama ara-baki-

teny tamin' ny alalan' i Efraima, zanaka lahin' i Josefa. Ireo izay tsy zanak' i Abrahama sy i Isiraely ara-bakiteny dia ho lasa tahaka izany, ary rehefa vita batisa sy voatokana izy ireo dia nampidirina tao amin' ilay hazo ka manana zo sy fahafahana handova" (How One May Become of the House of Israel," *Improvement Era*, Okt. 1923, 1149).

- Amin' ny maha-taranak' i Abrahama, ny mpikambana ao amin' ny fiangonana dia mpandova ny fitahiana sy ny andraikitra amin' ny fanekempihavanana nataon' i Abrahama izy ireo. Ahoana no mahatonga antsika ho mpandova amin' izany fanekempihavanana izany? (Rehefa atao batisa ao amin' ny Fiangonana isika, dia havaozina amintsika indray ny fampanantenana ny *famonjena* hita ao amin' ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama. Rehefa fehezina any amin' ny Tempoly isika, dia havaozina amintsika indray ny fampanantenana' ny *fisandratana faratampony* hita ao amin' ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama. Mba hahazoana ireo fitahiana amin' ny fanekempihavanana, dia tsy maintsy manatanteraka ny andraikitra mifandray amin' izany sy miaina amim-pahamendrehana isika.)

Nanazava ny Loholona Bruce R. McConkie manao hoe:

"Nandray ny filazantsara tamin' ny batisa (izay fanekempihavanan' ny famonjena) i Abrahama tamin' ny voalohany; avy eo dia natolotra azy ny fisoronana ambony, ary nanao ny fanambadiana mandrakizay (izay fanekempihavanan' ny fisandratana faratampony) izy, nahazo toky noho izany izy fa hanana fitomboana mandrakizay; ary farany, dia nahazo fampanantenana izy fa ireo fitahiana rehetra ireo dia hatolotra ho an' ny taranany rehetra eto an-tany. (Abrahama 2:6–11; F&F 132:29–50.) Ao anatin' ny fampanantenana araka an' Andriamanitra ho an' i Abrahama ny toky fa i Kristy dia ho avy amin' ny taranany, ary ny toky fa ny taranak' i Abrahama dia hahazo ny tany nampanantenaina sasantsasany nofidiana, ho lova mandrakizay. (Abrahama 2; Gen. 17; 22:15–18; Gal. 3.)

"Ireo fampanantenana rehetra nampiarahina ireo no antsoina hoe: *ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama*. Nohavaozina tamin' i Isaka io fanekempihavanana io (Gen. 24:60; 26:1–4, 24) ary tamin' i Jakoba indray. (Gen. 28; 35:9–13; 48:3–4.) *Ny ampahany amin' izany, izay momba ny fisandratana faratampony ho an' ny tena manokana sy ny fitomboana mandrakizay, dia avaozina amin' ny mpikambana tsirairay ao amin' ny mpianakavin' Isiraely izay manatanteraka ny didin' ny fanambadiana selestialy*; noho izany didy izany, dia manjary mpandova ny fitahiana rehetra ho an' i Abrahama, Isaka ary i Jakoba ireo izay mandray anjara amin' izany ampahany izany. (F&F 132; Rom. 9:4; Gal. 3; 4.) (*Mormon Doctrine*, fanontana faharoa, [1966], 13).

- Inona avy ireo fitahiana mety ho azontsika amin' ny alalan' ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama? (Afaka mahazo ireo fitahiana rehetra izay azon' i Abrahama isika, araka ny efa voasoritra eo amin' ny tabilao teo aloha. Anisan' izany fitahiana izany ny filazantsara, ny fisoronana, ny fisandratana faratampony, ary ny fifandraisan' ny fianakaviana mandrakizay.)
- Inona avy ireo andraikitsika amin' ny maha-mpandova ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama antsika? (Jereo Abrahama 2:9, 11; Genesisy 18:19. Tsy maintsy manampy ny zanak' Andriamanitra isika,

ny velona sy ny efa maty, mandray ny fitahiana fenon' ny filazantsara. Tsy maintsy mankatò ny didin' Andriamanitra ihany koa isika.)

Raha efa nosoratanao eo amin' ny solaitrabe ny tabilao ao amin' ny pejy 00, dia ampio fizarana iray eo ambany eo amin' ny tabilao, ka tanisao eo ireo andraikitsika araka izao manaraka izao:

Andraikitra:	Manampy ny zanak' Andriamanitra rehetra handray ny fitahiana fenon' ny filazantsara (Abrahama 9, 11)	Mankatò ny didin' Andriamanitra (Genesisy 18:19)
--------------	--	--

- Ahoana ny fomba ahafahantsika manampy ny hafa handray ny filazantsara? (Amin' ny fanaovana asa fitoriana, amin' ny fanatanterahana ireo ôrdônansin' ny tempoly ho an' ny maty, ary amin' ny fanehoana ohatra tsara. Azonao atao ny mampiseho sarina tempoly sy misiônera.)

Nilaza ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: “Ny andraikitry ny taranak' i Abrahama, izany hoe isika, dia ho lasa misiônera ‘hitondra ity asa ity sy ny fisoronana any amin' ny firenena rehetra’ (Abrahama 2:9)” (Tao amin' ny Conference Report, Apr. 1987, 107; na *Ensign*, May 1987, 85).

Nanao izao fanoharana manaraka izao ny Loholona Boyd K. Packer mba hanantitranterina ny andraikitsika hizara ny filazantsara amin' ny hafa:

Alao sary an-tsaina fa nanendry antsika hanao drafitra amin' ny fitsangatsanganan' ny mpikambana ao amin' ny tsatòka ny evekantsika. Tsy maintsy atao ho lanonana tsara indrindra eo amin' ny tantaran' ny Fiangonana izany, ary tsy tokony hanahy ny amin' ny vola ho lany isika. Namandrika toeram-pitsangatsanganana tsara tarehy iray isika. Tsy maintsy ananantsika ny zavatra rehetra.

Tonga ny fotoana ka lavorary avokoa ny zava-drehetra. Navelatra ny latabatra ka dia tena nampitolagaga ny lanonana. Avy eo, raha vao vita ny fitsofan-drano, dia nisy fiara efa tranainy niolina teo amin' ny fitsangatsanganana ary tafajanona teo. Nisy lehilahy iray niahiahy nanokatra ny saron' ny motera, ka nidona-tsetroka izany. Nisy ankizy maro nivoaka ny fiara. Ilay reny, feno tebi-teby, dia nitondra boaty iray teo amin' ny latabatra teo akaikiny. Nasiany an' ireo ambin-kanina teo amin' ny latabatra, nataony tahaka ny tena sakafo ho an' ireo zanany noana. Tsy ampy anefa izany.

Avy eo, nahita ny latabatsika ny iray tamin' ireo zazavavy kely. Nosintoniny ho eny amintsika ny anadahiny kely iray ary natsofiny teo anelanelantsika ny lohany. Nikisaka isika. Dia hoy ilay zazavavy kely: “Jereo ity; tiako ho fantatra ny tsirony.”

Inona no ho nataontsika? Hodiantsika tsy hita ve ireo olona ireo sa asaintsika mangina? Horoahintsika ho eny amin' ny latabany ve izy ireo ka homentsika amin' ireo sakafo izay tsy tena ilaintsika? Sa hasaintsika hiaraka amintsika izy ireo, hipetraka eny anelanelantsika sy handray anjara amin' ny fety, ary hanampy amin' ny fanamboarana ny fiarany sy hanome azy ireo zavatra ho an' ny diany isika?

Nilaza ny Loholona Packer manao hoe: “Mety hisy hafaliana madio hafa ve noho ny fahitana ny fomba nahafahantsika namoky ireo zaza noana ireo? Mety hisy zavatra hahafa-po antsika kokoa ve noho ny fanajanonana ny fisakafoantsika ka hanampy [an-dry zareo] hanamboatra ny fiarany? . . .

“. . . Misy olona manerana an’ izao tontolo izao ary eo akaikitsika—ny mpifanolobodirindrina amintsika, ny namantsika, ny sasany ao amin’ ny fianakavianantsika—izay tsy manan-tsakafo ara-panahy. Ny sasany amin’ izy ireo dia maty noana! Raha tazonintsika ho antsika irery ity, dia mitovy amin’ ny manao fety eo anoloan’ ny noana isika” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1984, 59–61; na *Ensign*, May 1984, 41–42).

- Inona no ampianarin’ io fanoharana io momba ny andraikitsika amin’ ny fanampiana ny hafa handray ny fitahian’ ny filazantsara? (Efa notahiana amin’ ny fahafenoan’ ny filazantsara isika, ilay fety lehibe izay tsy ho fantatr’ izao tontolo izao mihitsy [F&F 58:8–12]. Miandry antsika hizara izany fitahiana izany amin’ ny velona sy ny maty Andriamanitra.)
- Ahoana ny mahatonga ny fanambarana ny fitohizam-pihavanantsika ao amin’ ny tsodrano patriarkalintsika ho antso hanantanteraka ny andraikitsika amin’ ny maha-mpandova ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ i Abrahama? (Amin’ ny fanambarana fa taranak’ i Abrahama isika, dia manitrikitrika indray ny fahafahana mandray ny fitahian’ ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ i Abrahama sy ny adidintsika hanatanteraka ny andraikiny ny tsodrano patriarkalintsika .)

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona momba ny fitahian’ ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ i Abrahama. Entano ny mpianatra hanatanteraka ny andraikiny amin’ ny maha-mpandova azy ireo an’ io fanekempihavanana io.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ity fanovozan-kevitra manaraka ity dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa izany ho ampahany amin’ ny lesona.

Ny olana amin’ ny fiainana eto amin’ izao tontolo izao

Hazavao fa ny Israelita taloha dia voahodidin’ ny firenena maro izay tsy nino an’ Andriamanitra marina ny mponina tao. Anisan’ ireo firenena ireo ny Asyriana, ny Babiloniana, ny Ejipsiana, sy ny hafa.

- Araka ny hevitrao, nahoana ny Tompo no mametraka ny olon’ ny fanekeny eo anivon’ ny tontolo fahagola fa tsy amin’ ny toerana izay mety hilaminan’ izy ireo irery? (Jereo Deutoronomy 4:6–8. Tiany haneho ohatra amin’ ny hafa izy ireo ary hanatanteraka ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ i Abrahama mba hitahy ny firenena rehetra.)

Hazavao fa maro ny tantara ao amin’ ny Testamenta Taloha maneho ny fahombiazana na ny fahalavoan’ ireo olon’ ny Tompo teo amin’ ny fitandremana ny fanekempihavanany sy ny fitarihana ny hafa ho amin’ ny fahamarihana. Abrahama, Josefa, Daniela, Estera sy ireo hafa maro dia nampiseho fitarihana marina. Samsona, Ahaba, ny zanank’ Israely nirenireny tany an-tany foana, sy ireo maro hafa dia namela an’ izao tontolo izao hitarika azy.

Tahaka ny nataony tamin' ny Israely fahiny, dia mametraka antsika, olon' ny fanekempihavanany amin' ny andro farany, eo anivon' izao tontolo izao ny Tompo. Ny fanambintsika dia ny hitarika an' izao tontolo izao ho amin' ny lalana marina fa tsy hamela an' izao tontolo izao hitarika antsika amin' ny fomba ratsy.

Miaina amim-pahamarinana ao anatin' ny tontolo feno haratsiana

Lesona
8

Genesisy 13–14; 18–19

Tanjona Hanamafy ny fanapahan-kevitra ny mpianatra tsirairay hitana mafy hatrany ireo fitsipika marina mandritra ny fotoana itomboan' ny faharatsiana.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny soratra masina manaraka.
Fanamarihana: ny Genesisy 17:5 dia milaza ny nanovan' ny Tompo ny anaran' i Abrama ho Abrahama. Ny anarana hoe *Abrahama* no ampiasaina mandritra ity lesona ity.
 - a. Genesisy 13. Taorian' ny niainana tao Ejipta tamin' ny fotoana hafa noho ny mosary tao an-tany Kanana, dia niverina tany Kanana i Abrahama sy ny ankehonany. Nipetraka tao Hebrona i Abrahama, ary tao akaikin' i Sodoma no nonenan' i Lota zana-drahalahin' i Abrahama.
 - b. Genesisy 14;1–2, 8–24. Nobaboina i Lota mandritra ny adin' ny mpanjaka ary novonjen' i Abrahama izy (14:1–2, 8–16). Nandoa ampahafolonkarena tamin' i Melkizedeka i Abrahama ary nandà ny fandraisana ny entana nobaboina avy amin' ny Mpanjakan' i Sodoma izy (14:17–24).
 - d. Genesisy 18;16–33; 19:1–29. Nilaza ny Tompo fa handrava an' i Sodoma sy i Gomora Izy noho ny faharatsian' ny olona (18:16–22). Mitalaho amin' Andriamanitra i Abrahama mba hanafaka ny firenena raha mahita olo-marina miaina ao izy (18:23–33). Nasaina nandao an' i Sodoma i Lota sy ny ankehonany (19:1–23; mariho fa ao amin' ny dikan-tenin' i Joseph Smith , ny Genesisy 19:11–13 dia milaza fa *tsy* nanolotra ny zanany vavy tamin' ny lehilahin' i Sodoma i Lota; fa kosa niezaka niaro ny zanany vavy tamin' ireo lehilahy ireo izy). Noravan' ny Tompo i Sodoma sy i Gomora (19:24–29).
 2. Vakiteny hafa: Genesisy 12.
 3. Raha mampiasa ny Fisarihana ny saina ianao, dia mitondrà gazety vaovao.
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny fampiasana manaraka (na iray amin' ny anao manokana) hanombohana ny lesona.

Asehoy ny kilasy ilay gazety vaovao. Amin' ny tsy fijanonana ela amin' ireo vaovao manokana ao amin' ny gazety, dia resaho ny fomba maha-voahodidin' ny fitarihana ratsy antsika. Hazavao fa ity lesona ity dia momba ny maha-zava-dehibe ny maha-olo-marina na dia manodidina antsika aza ny faharatsiana.

Rehefa mampianatra ireto andian-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana azy ireny eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ireo zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Monina ao Hebrona i Abrahama sy ny ankohonany, ary any ankaikin' i Sodoma i Lota sy ny ankohonany.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 13.

Azonao atao ny manao jery todika ny dian' i Abrahama mandra-pahatonga teo amin' io toerana io teo amin' ny fiainany. Tao Ora, ao Kaldea, no nahalehibe azy, avy eo dia notarihin' ny Tompo honina ao Harana izy (Genesisy 11:31; Abrahama 2:1–5). Tatỳ aoriana, dia notarihin' ny Tompo hiala tao Harana ho any Kanana izy, ary nampanantenaina hoe: “Ny taranakao no homeko ity tany ity” (Genesisy 12:7). Noho ny mosary tao Kanana, dia nankany Ejipta i Abrahama sy ny ankohonany (Genesisy 12:10). Manomboka amin' ny fiverenan' i Abrahama sy ny ankohonany avy any Ejipta ho any Kanana ny Genesisy 13.

- Nahoana no tsy afaka niara-nonina i Abrahama sy i Lota ary ny fianankavian' izy ireo rehefa niverina tao Kanana avy tany Ejipta izy? (Jereo Genesisy 13:5–7.) Inona no azontsika fantarina mikasika an' i Abrahama araka ny fanambarany ao amin' ny Genesisy 13:8–9? Ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatr' i Abrahama rehefa manana fifanoherana eo amin' ny fianakaviansika na ny hafa isika?
- Taiza no nofidin' i Lota honenana? (Jereo Genesisy 13:10–12.) Mariho fa ny olon' i Sodoma dia tena ratsy fanahy tokoa (Genesisy 13:13), nefa dia mbola nifidy ny hiaina eo ankaikin' izy ireo ihany i Lota. Inona no tena nahasarika an' i Lota tamin' ny tany teny akaikin' i Sodoma? (Jereo Genesisy 13:10. “Azon-drano” sy tsara tarehy izany.)
- “Nonina tao an-tanàna amin' ny tany amoron' i Jordana,” ivelan' i Sodoma aloha i Lota, saingy “nifindrafindra toby hatrany Sodoma” izy (Genesisy 13:12). Tatỳ aoriana dia nipetraka tao Sodoma mihitsy izy (Genesisy 14:12). Inona no zavatra izay mety ataontsika izay oharina ara-panahy amin' ny fifindran-toby manakaiky an' i Sodoma? (Mety mifandray amin' ny zavatra ratsy isika fa tsy miala amin' izany, na koa mety mamela ny tenantsika hanota kely ka tsy mihevitra fa mety hitondra antsika ho amin' ny fahotana lehibe ireny.) Ahoana no ahafahantsika manova ny fitondran-tenantsika alohan' ny ahatongavan' ny olana kely na fahotana ho lehibe?
- Tahaka an' i Lota, ny vahoakan' ny Mpanjaka Benjamina ihany koa dia name-latra ny lainy hitodika amin' ny lalana mazava iray. Inona no natrehan' ny lain' izy ireo? (Jereo Môsià 2:6.) Ahoana no ahafahantsika mampitodika kokoa ny tokentranontsika amin' ny tempoly fa tsy amin' ny toeran' izao tontolo izao?

2. Mamonjy an' i Lota i Abrahama, mandoa fahafolonkarena amin' i Melkizedeka, ary mandà tsy handray ny entana nobaboina avy tamin' ny mpanjakan' i Sodoma.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 14:1–2, 8–24.

- Raha mbola nipetraka tao Sodoma i Lota, dia niady ireo mpanjaka tamin' ireo tanàna maro, anisan' izany i Sodoma sy i Gomora (Genesisy 14:1–2, 8–9). Inona no niseho tamin' i Lota nandritra izany ady izany? (Jereo Genesisy 14:10–12.) Ahoana no fomba nanampian' i Abrahama an' i Lota rehefa azo babo i Lota? (Jereo Genesisy 14:13–16.)
- Iza no hitan' i Abrahama taorian' ny namonjeny an' i Lota? (Jereo Genesisy 14:17–18.) Iza i Melkizedeka? (Jereo Genesisy 14:18; jereo ihany koa F&F 107:1–2.) Inona no nomen' i Abrahama an' i Melkizedeka? (Jereo Genesisy 14:20.)
- Nahoana i Abrahama no nandà na dia kofehy ho valisoa avy tamin' ny mpanjakan' i Sodoma aza? (Jereo Genesisy 14:21–24. Tsy te handray zavatra avy amin' ny mpanjaka tsy marina izy.) Inona no azontsika raisina ho toy ny “kofehin' ny” fahavetavetana amin' izao andron' izao tontolo izao? Inona no mety ho “kofehin' ny” tsy fahamarinan-toetra? Ahoana no mahatonga antsika mampihena ny fitsipitsika indraindray amin' ny tsy fahamarinana izay eken-tsika amin' ny fahafinaretana izay katsahintsika? Nahoana no zava-dehibe ny tsy amelantsika na dia ampahany kely aza amin' ny fomban' izao tontolo izao eo amin' ny fiainantsika? (Jereo 2 Nefia 28:20–21.)
- Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny fanoloran-tenan' i Abrahama tamin' ny Tompo raha ampitahaina amin' ny fihetsiny teo anatrehan' i Melkizedeka sy ny mpanjakan' i Sodoma?

3. Noravan' ny Tompo i Sodoma sy i Gomora.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 18:16–33; 19:1–29.

- Noho ny tsy fahamarinan' ny mponina tao Sodoma sy Gomora, dia nanao drafitra handrava ireo firenena ireo ny Tompo (Genesisy 18:20–21). Inona no nangatahin' i Abrahama tamin' ny Tompo rehefa nahafantatra io drafitra io izy? (Jereo Genesisy 18:23–32.) Inona no azontsika tsoahina vokatry ny fahavononan' ny Tompo hanafaka ireo firenena ireo raha mbola ahitana olo-marina ao aminy?
- Nahoana i Lota no nasaina nandao an' i Sodoma? (Jereo Genesisy 19:12–13, 15.) Ahoana no fihetsik' ireo vinantolahin' i Lota rehefa niangavy azy ireo handeha i Lota? (Jereo Genesisy 19:14.) Nahoana no mandà tsy hampihataka ny tenany amin' ny fitaoman-dratsy ny olona sasany na dia efa mahafantatra ny loza aza izy?
- Inona no anatra nomen' ny anjely rehefa nandao ny tanàna i Lota sy ny ankohonany? (Jereo Genesisy 19:17.) Mariho fa nanome anatra sahala amin' izany an' ireo mpanaraka Azy ihany koa ny Tompo (Lioka 9:62; 117:29–32; F&F 133:14–15). Inona no asehon' ny hoe “fiherehana”? (Tsy mazoto ny hanao izay nasaina ataontsika; tsy fahafenoan' ny fanoloran-tena hanaraka an' i Kristy.) Ahoana no mety “hiherehantsika” tsindraindray?
- Inona no nitranga tamin' ny vadin' i Lota rehefa niherika nijery an' i Sodoma izy? (Jereo Genesisy 19:26.) Inona no azon' ny tantara momba ny vadin' i Lota ampianarina antsika momba ny fibebahana? (Rehefa mibebaka, dia tsy maintsy manova ny fonsika sy ny fitondran-tenantsika isika. Amin' ny fanaovana izany, dia tsy maintsy mifidy tontolo iainana sy fifandraisana vaovao isika.)

- Inona no nafoin' i Lota satria "namindrafindra ny tobiny nakany Sodoma" izy? Inona no mety hafointsika raha mametraka ny tenantsika eo amin' ny toerana izay fantatsika fa mety hakana fanahy antsika isika? Inona no mety ho vokany eo amintsika raha mamela ny tenantsika ho voahodidin' ny ratsy, na dia tsy mandray anjara mivantana amin' ireo asa ratsy aza isika?
- Araka ny Genesisy 19:29, inona no antony nanafaka an' i Lota rehefa noravana i Sodoma sy i Gomora? (Nahatsiaro ny fahamarinan' i Abrahama ny Tompo.) Ahoana no ahafahan' ny fahamarinan-pitondran-tenantsika mitondra tombontsoa ho an' ny hafa?

Hoy ny Filoha Spencer Kimball hoe: "Izao androntsika izao dia mitovy bebe kokoa amin' ny andron' ny Mpaminany Nefita izay nilaza hoe: '. . .fa raha tsy noho ny fivavaky ny marina. . . dia efa ho novangiana tamin' ny faharavana tanteraka ianareo. . . ." (Al. 10:22.) Marina fa misy olona maro dia maro marina sy mahatoky izay miaina ny didy rehetra ary ny fivavahany sy ny fiainany no miaro an' izao tontolo izao tsy ho amin' ny faharavana" (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1971; na *Ensign*, Jiona 1971, 16).

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona momba ny maha-zava-dehibe ny fitandremana ny tenantsika ho afaka amin' ny fahotana, na dia feno ratsy aza manodidina antsika. Entano ny mpianatra hiezaka ho mpitaona marina eo amin' izao tontolo izao fa tsy hamela ny zavatr' izao tontolo izao hitaona azy ireo.

Azonao atao ny mamarana izany amin' ity fanambarana avy amin' ny Loholona Russell M. Ballard ity manao hoe:

"Ao amin' ny Fiangonana, dia matetika isika no mamerina ny fanambarana manao hoe: 'Aoka ho eo amin' izao tontolo izao fa tsy ho an' izao tontolo izao.' Rehefa mandinika ny fahitalavitra izay mampiseho faharatsiana, herisetra, ary tsy fahatokiana izay tahaka ny mahazatra isika, dia matetika isika no te hanidy trano tsy hidiran' izao tontolo izao ka hanasaraka ny fianakaviansika amin' izany. . . .

"Angamba tokony hilaza ilay fanambarana voalaza teo ho fampitandremana anankiroa miavaka tsara isika. Voalohany, 'aoka ho eo amin' izao tontolo izao.' Aoka handray andraikitra ; fantaro ny zava-misy. Miezaha hahatakatra sy hahay handefitra ary hankasitraka ny fahasamihafana. Mandraisa anjara manan-danja eo amin' ny fiaraha-monina amin' ny alalan' ny asa soa sy ny fanoloran-tena. Faharoa, 'Aoka tsy ho an' izao tontolo izao.' Aza manaraka ny lalan-diso ka hano-va ny fitsipikao na hanaiky izay tsy marina. . . .

"Ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana dia tokony hitaona kokoa ireo olona hafa ho amin' ny tsara fa tsy hamela ny tenantsika ho voataonan' izy ireny. Tokony hiasa hampijanona ny fitomboan' ny fahotana sy ny ratsy isika, fa tsy hamela ny fahotana sy ny ratsy hitombo ka tsy hanao na inona na inona hampijanona izany. Isika tsirairay avy dia tokony hanampy hamaha ny olana fa tsy hiala na hanao tsinontsinona izany" (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 100–101; na *Ensign*, Mey 1989, 80).

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany amin' ny lesona .

1. Ny fahotan' i Sodoma sy i Gomora

Araka ny hita ao amin' ny Genesisy 19:4–11 sy ao amin' ny dikan-teny nataon' i Joseph Smith momba ny Genesisy 19:9–15, ny vahoakan' i Sodoma sy i Gomora dia nanolo-tena ho ao amin' ny fahotana lehiben' ny firaisana ara-nofo. Nefa tsy io fahotana io ihany, na dia lehibe aza, no fahotana tokana izay nandravana ny tanàna. Asaovy mamaky mafy ny Ezekiela 16:49–50 ny mpianatra, ary fakafakao miaraka amin' ny mpianatra ny fahotana hafa izay nanamelohana ny mponina tao Sodoma sy Gomora. Ampio ny mpianatra hahatakatra fa mety horavana isika amin' ny fahotana izay hita fa kely toy ny amin' ny fahotana lehibe.

2. Mitarika amin' ny alalan' ny ohatra

Mba hanehoana fomba iray izay ahafahan' ny Olomasin' ny Andro Farany iray ho mpitaona tsara fa tsy ho voataonan' izao tontolo izao, dia azonao atao ny mampiseho ny “Diriger par l' Exemple”, ampahany maharitra fito minitra eo, avy ao amin' ny *Horonan-tsary sy feo: L'Ancien Testament* (53224 140), raha tia-nao. Ao amin' io ampahany io, dia manampy namana iray ho resy lahatra amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ny ohatra nasehon' ity zatovovavy iray ity.

“Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra”

Abrahama 1; Genesisy 15–17; 21–22

Tanjona

Hanampy ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny soron' ny Ray any an-danitra tamin' ny nanolorany ny Zanany Lahy rehefa mianatra ny momba ny fahavononan' i Abrahama hanao sorona an' i Isaka izy ireo.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto. Fanamarihana: Ny Genesisy 17 dia milaza ny nanovan' ny Tompo ny anaran' i Abrama ho Abrahama sy ny an' i Saray ho Saraha (Jereo ny andininy 5, 15). Ny anarana hoe *Abrahama* sy *Saraha* no ampiasaina mandritra ity lesona ity.
 - a. Abrahama 1:1, 5–20. Amin' ny maha-zatovolahy azy, dia noenjehin' ny mpi-sorona sandok' i Farao i Abrahama. Saika nataon' izy ireo sorona izy, nefa novonjen' i Jehovah.
 - b. Genesisy 15–17; 21. Tatỳ aoriana, dia naniry sy nampanantenaina ny hanan-taranaka i Abrahama (15:1–6). Natolotr' i Saraha an' i Abrahama ho vadiny i Hagara; niteraka an' i Isimaela i Hagara (16:1–16). Nolazain' Andriamanitra tamin' i Abrahama indray ny fanekempihavanany, tamin' ny fampanantenana fa ho rain' ny firenena maro izy (17:1–14; jereo ny Lesona 7). Nambara ny fahaterahan' i Isaka, izay amin' ny alalany no hitohizan' ny fanekempihavanana (17:16–22). Bevohoka an' i Isaka i Saraha (21:1–12).
 - d. Genesisy 22. Nandidy an' i Abrahama hanao sorona an' i Isaka Andriamanitra (22:1–2). Niomana ny hanao sorona an' i Isaka i Abrahama, nefa nanolotra ondry hatao sorona ho solon' izany Andriamanitra (22:3–19).
2. Vakiteny hafa: Hebreo 11:8–19; Jakoba 2:21–23, Jakôba 4:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:34–36.
3. Raha mampiasa ny Fisarihana ny saina faharoa ianao, dia miangavia mpianatra hiomana, fara-fahakeliny herinandro mialoha ny lesona, hitantara ny fotoana izay nitahiana azy satria vonona ny hanao sorona izy ireo.
4. Raha misy ny fitaovana manaraka eo aminareo, dia azonao atao ny mampiasa ny sasany amin' ireto ho ampahany amin' ny lesona:
 - a. Sarina Anjely mamonjy an' i Abrahama (62607 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 104) ary i Abrahama mitondra an' i Isaka hatao sorona (62054 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 105).

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao atao ny iray amin' ireto fampiasana ireto (na iray amin' ny anao manokana) hanombohana ny lesona. Fidio ny fampiasana izay mifanaraka tsara amin' ny kilasy.

1. Asaivo mieritreritra olona iray izay tena tiany na fananana iray izay tena omeny lanja ny mpianatra.

- Ahoana no ho fihetseham-ponao raha asain' Andriamanitra mahafofy, na manao sorona, an' io olona io na ilay fananana ianao? Inona no hataonao?

2. Manasà mpianatra vitsivitsy hilaza mombamomba ny fotoana izay nitahiana azy ireo satria vonona ny hanao sorona izy ireo.

Aorian' ny iray amin' ireo fampiasana ireo, dia hazavao fa nandidy an' i Abrahama Andriamanitra hanao sorona ny zanany lahy, izay tena tian' i Abrahama tokoa. Na dia tsy nasaina nanao io sorona io aza i Abrahama tamin' ny farany, dia "noraaisina ho isan' ny fahamarinany" ny fahavononany hanao izany.(F&F 132:36) Noho ny fahamarinan' i Abrahama, dia notahiana tokoa izy sy ny taranany.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Efa saika nataon' ireo mpisorona sandok' i Farao sorona i Abrahama

Ampianaro sy hadihadio ny Abrahama 1:1, 5–20. Mifantoka amin' ny didin' Andriamanitra ho an' i Abrahama hanao sorona an' i Isaka ny ampahany amin' ity lesona ity. Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny hevitra ny didy sy ny halalin' ny finoan' i Abrahama, ny lesona dia manomboka amin' ny resaka fohy momba ny zava-nitranga tamin' i Abrahama, fony izy zatovolaha, rehefa saika nataon' ny mpisorona sandok' i Farao sorona izy.

- Inona avy ny fepetra tao Kaldea fony Abrahama nonina tao? (Jereo Abrahama 1:1, 5–8.) Inona no saika nataon' ireo mpisorona sandok' i Farao tamin' i Abrahama? (Jereo Abrahama 1:7, 12.) Ahoana no nahafaka an' i Abrahama tamin' ireo mpisorona sandoka ireo? (Jereo Abrahama 1:15–16, 20.)
- Ahoana ny fomba nanampian' ny zava-nodiavin'i Abrahama teo ambonin' ny alitaran' ireo mpisorona sandoka ireo azy hiomana ho amin' ny fitsapana manaraka? Ahoana ny fomba hanampian' ny fitsapana antsika hiomana ho amin' ny fahaserotana manaraka?

2. Manan-janaka amin' i Hagara sy i Saraha i Abrahama

Ampianaro ary fakafakao ny Genesisy 15–17; 21.

- Inona ny fampanantenana momba ny zanaka nomen' ny Tompo an' i Abrahama? (Jereo Genesisy 15:1–6.) Nahoana no nomen' i Saraha an' i Abrahama ho vadiny i Hagara? (Jereo Genesisy 16:1–3; F&F 132:34–35.) Inona no fampanantenana nomen' ny Tompo an' i Hagara? (Jereo Genesisy 16:10–11.)
- Inona no nambaran' ny Tompo tamin' i Abrahama ao amin' ny Genesisy 17:15–16, 19, ary 21? Inona no navalin' i Abrahama? (Jereo Genesisy 17:17. Mariho fa raha ao amin' ny Baiboly milaza fa "nitsiky" i Abrahama raha vao nahare fa hanan-janaka lahy i Saraha, ny dikan-teny hafa amin' ny Hebreo dia "nifaly". Ny dikan-teny nataon' i Joseph Smith dia milaza fa "nifaly" tamin' ilay vaovao i Abrahama.)

- Inona no azon' ny fanambarana fa hanan-janaka i Abrahama sy i Saraha ampianarina antsika momba ny fomba anatanterahan' Andriamanitra ny fampanantenany? (Hanatanteraka ny fampanantenany Andriamanitra, na dia tsy amin' ny fotoana sy amin' ny fomba iandrasantsika izany aza. Mariho fa Abrahama sy ireo hafa ao amin' ny soratra masina dia tsy maintsy niandry tamim-pahatokiana, nandritra ny taona maro, alohan' ny nanomezana ny fitahiana nampanantenaina.)
- Inona no maha-samy hafa ny fampanantenana nataon' Andriamanitra momba an' i Isaka sy momba an' i Isimaela? (Jereo Genesisy 17:19–21.)

3. Mandidy an' i Abrahama hanao sorona an' i Isaka Andriamanitra.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 22.

- Nahoana no nasain' Andriamanitra hanao sorona an' i Isaka i Abrahama? (Jereo Genesisy 22: 1.) Nahoana no mafy tamin' i Abrahama io fitsapana io? (Tsy vitan' ny hoe zanany lahy fotsiny i Isaka, fa efa nampanantena ihany koa Andriamanitra fa hitohy amin' ny alalan' i Isaka sy ny taranany ny fane-kempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama [Genesisy 17:19]. Antony iray hafa mahamafy izany ihany koa, dia fony mbola zatovolahy i Abrahama, dia efa saika nataon' ireo mpisorona sandok' i Farao sorona [Abrahama 1:1, 5–20].)
- Ahoana no navalin' i Abrahama ny didin' Andriamanitra hanao sorona an' i Isaka? (Jereo Genesisy 22:2–3.) Inona no azontsika tsoahina avy amin' i Abrahama momba ny finoana sy fankatoavana? (Jereo Hebreo 11:17–19; Jakoba 2:21–23.)
- Ahoana no navalin' i Isaka an' io toe-javatra io? (Jereo Genesisy 22:3–10. Tsy misy fanazavana mihitsy fa nanohitra ny fikasan' i Abrahama hanao sorona azy i Isaka.)

Nanazava ny Loholona Dallin H. Oaks manao hoe: “Rehefa tonga teo amin' ny toerana voatondro izy ireo, dia nanamboatra alitara i Abrahama ary nasiany kitay teo amboniny. Avy eo, hoy ny Baiboly hoe: ‘namatotra an' i Isaka zanany [Abrahama], ka nametraka azy tambonin' ny alitara teo ambonin' ny kitay’ (Genesisy 22:9). Inona no noeritreretin' i Isaka tamin' i Abrahama nanao io zavatra hafahafa io? Manambara ny Baiboly fa tsy nisy fifandirana na fanoharana, ny fahanginan' i Isaka dia azo hazavaina ho ny fahatokiany sy ny fankatoavany ny rainy ihany” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1992, 51; na *Ensign*, Nov. 1992, 37).

- Mitovy amin' ny fahavononan' ny Ray any an-danitra hanao sorona ny Zanany Lahy Tokana ny fahavononan' i Abrahama hanao sorona an' i Isaka (Jakôba 4:5; Genesisy 22:8, 13). Inona no mampitovy ny zava-nitranga tamin' i Abrahama sy ny an' ny Ray any an-danitra? Inona no tena mampiavaka azy?
- Amin' ny fomba ahoana no azo anoharana antsika amin' i Isaka? Raha misolo tena antsika i Isaka, dia iza no nisoloan' ilay ondry tao anaty kirihitr' ala tena? Ahoana ny fomba hanampian' io fampitahana io anao bebe kokoa hahatakatra ny fitiavan' ny Ray any an-danitra anao tamin' ny namoizany ny Zanany?

Nilaza ny Loholona Dallin H. Oaks manao hoe: “Ity tantara ity. . . dia maneho ny fahatsaran’ Andriamanitra tamin’ ny niarovany an’ i Isaka ary tamin’ ny nanolorany zavatra ho solony mba tsy hahafaty azy. Noho ny fahotantsika sy ny fahafatesantsika, tahaka an’ i Isaka, dia voaheloka ho faty isika. Rehefa tsy misy intsony ny fanantenana, dia manolotra Zanakondry ny Raintsika any an-danitra, ka voavonjy isika amin’ ny alalan’ ny sorony” (tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1992, 51; na *Ensign*, Nov. 1992, 37).

- Inona no nasehon’ i Abrahama avy amin’ io fitsapana io? (Jereo Genesisy 22:11–12.) Asao ny mpianatra hilaza momba ny toe-javatra hafa, ara-tsoratra masina na momba ny tena manokana, izay nitsapana ny olona ho fotoana anehoany ny fahatokiany. Asao ihany koa ny mpianatra hilaza momba ny hafaliana sy fitahiana izay azo tamin’ ny alalan’ ny fanehoana ny fahatokiana.
- Nahoana no lazaina fa zanaka lahy tokan’ i Abrahama i Isaka ao amin’ ny Genesisy 22:16? (Izy ilay zanaka lahy izay hitohizan’ ny fanekempihavanana. Manantitrantitra ny itovian’ i Isaka sy ny Mpamonjy antsika, ilay Zanaka Lahy Tokan’ ny Ray, ihany koa io andininy io.) Inona ny fitahiana nampanantenaina an’ i Abrahama noho ny fahatokiany? (Jereo Genesisy 22:15–18.) Inona avy ireo fitahiana nampanantenaina antsika tamin’ ny alalan’ ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ i Abrahama? (Jereo ny Lesona 7.) Inona avy ireo andraikitsika amin’ ny maha-mpandova ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ i Abrahama antsika?

Famaranana

Asehoy ny fankasitrahanao noho ny modely momba ny finoana sy fankatoavana izay nasehon’ i Abrahama. Mijoroa ho vavolombelona fa ny fahavononan’ i Abrahama hanao sorona an’ i Isaka dia mitovy amin’ ny fahavononan’ ny Ray any an-danitra hanao sorona ny Zanany Lahy Tokana. Asao ny mpianatra hizara ny fihetseham-pony momba ny Sorompanavotana sy ny fitiavana lehibe anan’ ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ho antsika.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin’ ireto hevitra ireto ho ampahany amin’ ny lesona.

1. Mianatra avy amin’ ny fitsapana

- Ny Filoha Hugh B. Brown dia nilaza fa nandidy an’ i Abrahama hanao sorona an’ i Isaka Andriamanitra satria “mila mianatra zavatra momba an’ i Abrahama i Abrahama” (tao amin’ ny Truman G. Madsen, *The Highest in Us* [1978], 49). Inona no azon’ i Abrahama nianarana momba ny tenany avy amin’ io zava-niainany io? Inona no nianaranao avy amin’ ny fitsapana anao?
- Nanambara ny Tompo fa tsy maintsy miezaka “tahaka an’ i Abrahama” isika (F&F 101:4). Nahoana no ilaina izany araka ny hevitrao? (Jereo F&F 101:5, 35–38; 122:5–7.) Inona no azontsika atao amin’ izao fotoana izao mba hano-manantsika tena amin’ ny sorona izay mety hampanaovin’ ny Tompo antsika?

2. Manangana fifandraisana mafy orina amin' Andriamanitra .

Mitantara ny fifandraisan' i Abrahama sy ny rainy amin' Andriamanitra ny Abrahama 1 sy 2. Nitodika tamin' Andriamanitra tamin' ny fotoan-tsarotra ny rain' i Abrahama, saingy nitodika tamin' ny fanompoan-tsampy rehefa mandeha tsara avokoa ny zava-drehetra teo amin' ny fiainany (Abrahama 1:5, 30; 2:5). Etsy an-danin' izany, i Abrahama dia nikatsaka an' Andriamanitra mandrakariva (Abrahama 1:2, 4; 2:12).

- Ahoana ny fomba hikatsahantsika an' Andriamanitra , amin' ny fanaovana ny fifandraisantsika Aminy maharitra sa mahalana? Ahoana ny fomba ahafahantsika manao ny fanoloran-tenantsika amin' Andriamanitra ho maharitra, mba hikatsahantsika Azy amin' ny fotoam-piadanana sy fankaherezana ary amin' ny fotoam-pitsapana?

Ireo fitahiana avy amin' ny zom-pizokiana; fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana.

Lesona
10

Genesisy 24–29

Tanjona Hanamafy ny fanirian' ny mpianatra hanana fiainana ho mendrika ireo fitahiana avy amin' ny zom-pizokiana sy amin' ny fanambadiana mandrakizay.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Genesisy 24. Nanatitrantitra ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana (fanambadiana mandrakizay) amin' ny alalan' ny fifidianana vady mendrika ho an' i Isaka i Abrahama.
 - b. Genesisy 25:20–34. Nahazo fanambarana momba ny zanany kambana izay mbola tsy teraka i Rebeka (25:22–23). Rehefa nitombo ireo zazalahy ireo, dia nivaroitra ny zom-pizokiany tamin' i Jakoba i Esao (25:29–34).
 - d. Genesisy 26–29. Nampanantenaina an' i Isaka sy ny taranany ny fitahiana avy amin' ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama (26:1–5). Nanambady ivelan' ny fanekempihavanana i Esao ka nitondra alahelo tamin' ireo ray aman-dreniny izany (26:34–35). Nitso-drano an' i Jakoba i Isaka mba hanapaka vahoaka sy firenena maro (27:1–46). Nilaza tamin' i Jakoba ireo fitahiana avy amin' ny fanekempihavanana nataon' i Abrahama i Isaka ary nandefa azy lavitra hitady vady mendrika (28:1–10). Nanambady an' i Lea sy i Rahely ao anatin' ny fanekempihavanana i Jakoba (29:1–30).
 2. Raha mampiasa ny Fisarihana ny saina voalohany ianao, dia mitondrà vilia tsangambava iray na harona misy poa-katsaka na voankazo iray.
 3. Raha mampianatra zatovo ianao, dia eritrereto ny fampiasana ny fanampin-kevitra enti-mampianatra faharoa “Ny fanambadiana ara-dalàna dia manomboka amin' ny fiarahana ara-dalàna.”
 4. Raha misy ireto fitaovana haino aman-jery manaraka ireto, dia azonao atao ny mampiasa ny sasany amin' izy ireo ho ampahany amin' ny lesona:
 - a. “Le mariage dans l' alliance”, ampahany maharitra efatra minitra avy ao amin' ny *Horonan-tsary sy feo: L'Ancien Testament* (53224 140).
 - b. Sarin' i Rebeka eo am-pantsakàna (62160).
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny iray amin' ireto fampiasana ireto (na iray amin' ny anao manokana) hanombohana ny lesona. Fidio ny fampiasana izay mifanentana tsara amin' ny kilasy.

1. Asehoay ilay tsangambava na harona misy poa-katsaka na voankazo iray, avy eo dia anontanio ny mpianatra ity fanontaniana manaraka ity:
 - Raha toa ka tsy maintsy mifidy ny tsangambava misy poa-katsaka (na ilay voankazo iray) izao dia izao ianao na fampanantenana poa-katsaka (na voankazo) tsy mety lany, rehefa avy namboly, sy nanangona ny voa (na voankazo) ianao, inona amin' ireo no hofidianao? Nahoana?

Hazavao fa matetika isika no miatrika safidy amin' ireo zavatra izay mora amintsika ny mahazo azy amin' izao fotoana izao na ireo zavatra izay mitaky asa sy fiandrasana. Indraindray dia mifidy ireo izay mitondra fahafinaretana avy hatrany isika, na dia hita fa hitondra fitahiana lehibe kokoa noho izany aza ny safidy hiasa sy hiandry. Ny mifidy ny hanana ny poa-katsaka (na voankazo) amin' izao fotoana izao na ao aoriana dia tsy fanapahan-kevitra lehibe. Na izany aza, dia miatrika safidy hafa eo amin' ny fiainana isika—toy ny fanapahan-kevitra momba ny olona sy ny toerana izay hanambadiana—izay mety tsy ahazoantsika ireo fitahiana tsara sy maharitra ny vokatry ny fifidianana ny fahafinaretana avy hatrany.

2. Ataovy amin' ny mpianatra ny fanontaniana manaraka:

- Efa nandany vola na fotoana mba hahazoana zavatra ve ianao, kanefa hitanao fa tsy mendrika ny handaniana an' izany akory ilay izy?

Manasà mpianatra vitsivitsy hilaza momba ny fotoana izay nandoavany vola be tamin' ny zavatra izay noheveriny fa ilainy (azonao atao ny mizara ny zavavodivinao manokana).

Hazavao fa ny zavatra toy izany dia mety hitranga eo amin' ny ara-panahy. Amin' ny fanaovana safidy ratsy, dia mety hatakalontsika zavatra tsy manandanja ny fitahiana mandrakizay. Na izany aza, ny fiainana amim-pahamarinana dia mety hahazoana ireo fitahiana rehetra izay efa nomanin' ny Ray any andanitra ho antsika.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Manatitrantitra ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana ao amin' ny fanekehempihavanana (fanambadiana mandrakizay) i Abrahama.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 24. Rehefa miresaka momba ny fanambadiana mandrakizay ianareo, dia mitandrema amin' ny fihetseham-pon' ireo mpianatra izay mbola tsy nanambady tany amin' ny tempoly na ireo izay tsy mbola nanambady tany amin' ny tempoly ny ray aman-dreniny.

- Nahoana i Abrahama no mikiry amin' ny hanambadian' i Isaka vehivavy avy amin' ny fianakaviany fa tsy amin' ny Kananita, izay eo amin' ny tany onenan' i Abrahama sy i Isaka? (Tian' i Abrahama hanambady olona avy amin' ny finoan' ny i Isaka, mba hahafahany manambady ao amin' ny fanekehempihavanana. Tena ilaina izany mba hahafahana manome ny fitahiana avy amin' ny fanekehempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama ho an' ny taranak' i Abrahama.)

Nahoana no zava-dehibe ny hanambadiantsika ao amin' ny fanekempihavanana? (Raha ilaina, dia hazavao fa amin' izao androntsika izao, ny teny hoe: *fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana, fanambadiana mandrakizay, ary ny fanambadiana any amin' ny tempoly*, dia azo ampifanovana matetika.)

- Efa hatramin' ny oviana no naha-didin' Andriamanitra ny fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana? (Ordônansy mandrakizay izay efa didin' ny Tompo hatramin' ny vanim-potoana rehetra izay nisian' ny fahafenoan' ny filazantsara teto an-tany izany. Adama sy i Eva no olona voalohany teto ambonin' ny tany nanao io ôrdônansy io.)
- Nandefa ny mpanompony hitady vady ho an' i Isaka i Abrahama (Genesisy 24:4). Inona no nanaitra anao tamin' ny mpanompon' i Abrahama? (Jereo Genesisy 24, mety ho samy hafa ny valin-teny fa tokony ho anisan' izany fa olona mendri-pitokisana, marina, mpivavaka ary mahatoky izy. Na dia taorian' ny dia lava be aza, dia tsy nihinan-kanina mihitsy izy mandra-pahavitany ny asany ho an' i Abrahama. Ary ho solon' ny fijanonana 10 andro ho fanaovana lanonana, dia nikasa ny hitondra an' i Rebeka hiverina any amin' i Abrahama avy hatrany izy.) Inona no azontsika tsoahina amin' ny mpanompon' i Abrahama mba hanampiana antsika hanatanteraka tsaratsara kokoa ny andraikitra izay efa nomen' ny Tompo antsika?
- Ahoana ny fomba nahalalan' ny mpanompon' i Abrahama an' i Rebeka fa ho vady tsara ho an' i Isaka izy (Jereo Genesisy 24:15–20, 58. Tsara fanahy sy vonona hanampy ny hafa i Rebeka, araka ny hita tamin' ny fakàny rano ho an' ny mpanompon' i Abrahama sy ny ramevany. Azonao atao ny manamari-ka fa ny rameva dia afaka misotro rano 114 litatra ao anatin' ny indray andro, izany dia midika fa tsy maintsy naka rano be dia be i Rebeka mba hampisotroi-na ny rameva 10. Vonona ny handao ny fianakaviany ihany koa hanambady an' i Isaka i Rebeka, satria manana finoana lehibe izy ary nahafantatra fa sitrapon' ny Tompo no hanambadiany an' i Isaka.)
- Toetra toa inona no tianao hananan' ny vadinao? Nahoana no zava-dehibe ny toetra ara-panahy noho ny endrika ara-nofo? Inona avy ireo toetra tokony hatsaraintsika tsirairay avy (na efa manambady na tsia) izay hahatonga antsika ho vady tsara?
- Oviana no tokony hiomanan' ny olona ho amin' ny fanambadiana mandrakizay? Inona avy ireo zavatra izay azon' ny ankizy sy ny tanora atao mba hiomanana amin' ny fanambadiana mandrakizay? Ahoana ny fomba hanampian' ny ray aman-dreny sy ireo zatovo hafa ny ankizy sy ny tanora hiomana hanambady any amin' ny tempoly?

Nilaza ny Filoha Howard W. Hunter manao hoe: “Aoka isika hanao drafitra sy hampianatra ary hitalaho amin' ireo zanatsika mba hanambady ao amin' ny tranon' ny Tompo. Aoka isika hanantintranitra mafy noho ny tamin' ny teo aloha fa tena zava-dehibe ny toerana izay hanambadianareo sy ny fahefana ilazana fa mpivady ianareo” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1994, 118; na *Ensign*, Nov. 1994, 88).

2. Namidin' i Esao tamin' i Jakoba ny zom-pizokiany.

Ampianaro sy fakafakao ny Genesisy 25:20–34.

- Inona ny fanambarana azon' i Rebeka momba ny zanany kambana roa talohan' ny nahaterahany? (Jereo Genesisy 25:22–23.) Nahoana no tsy dia fahita firy ny fanambaran' ny Tompo manao hoe: “ny zokiny hanompo ny zandriny”? (Ny zom-pizokiana matetika dia omen' ny ray an' ny zoky lahy. Ny fahazoana io zom-pizokiana io dia midika fa ilay zokiny dia handova anjara roa amin' ny haren' ny fianakaviana, ary ho takalon' izany dia izy no hitondra eo amin' ny fianakaviana ary hiahy ny reniny sy ny anabaviny aorian' ny fahafatesan' ny rainy. Ny fanambarana manao hoe: “ny zokiny hanompo ny zandriny” ao amin' ny fanambaran' ny Tompo tamin' i Rebeka dia nidika fa amin' io toe-javatra io, ny zandriny no handray ny zom-pizokiana ary ny taranany no ho olon' ny fanekempihavanana.)
- Ahoana no fihetseham-pon' i Esao , ilay zokiny, momba ny zom-pizokiany amin' ny fitahiana izay nataon' ny raibeny Abrahama sy ny Tompo? (Jereo Genesisy 25:29–34. Ny fahavononan' i Esao hahafoy ny zom-pizokiany mba hananany fahafinaretana amin' ny hanoanany izay mandalo dia maneho ny tsy fanomezany lanja ny zom-pizokiana.)
- Amin' ny maha-mpikambana ao amin' ny Fiangonana, dia samy manana ny zom-pizokiana ara-panahy avy amin' ny ray aman-drenintsika any an-danitra isika tsirairay avy. Inona avy ny fitahiana ao amin' ny zom-pizokiana ananantsika? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny fisoronana, fitahiana amin' ny tempoly, ôrdônansy, fanambarana, ary ny hery hahazoana ny fisandratana faratampony.)
- Ahoana ny fomba ifandraisan' ny toerana izay hanambadiantsika ny fahafahantsika handray ireo fitahiana amin' ny zom-pizokiantsika? (Manao ny ampahany amin' ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama isika izay ao amin' ny fisandratana faratampony sy fitomboana mandrakizay amin' ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanan' ny fanafiana masina any amin' ny tempoly sy ny fanambadiana mandrakizay.)
- Ahoana no fomba hanehoan' ny fitenintsika sy ny asantsika ny lanja omentsika ny zom-pizokiantsika? Ahoana no mety hanaovan' ny sasany hadisoana tahaka an' i Esao, amin' ny fifidianana zavatra izay mitondra fahafinaretana eo no ho eo toy izay zavatra izay manan-danja mandrakizay?
- Rehefa nanapa-kevitra ny amin' izay ho mpandova ny fanekempihavanana ny Tompo, dia nifidy an' i Isaka Izy, fa tsy ny zokiny lahy Isimaela (Galatiana 4:22–23); Jakoba, fa tsy ny zokiny lahy Esao; Josefa fa tsy ny zokiny lahy Robena (1 Tantara 5:1–2); ary Efraïma fa tsy ny zokiny lahy Manase (Genesisy 48:17–20). Inona no ampianarin' izany antsika momba ny fomba izay mahatonga antsika ho voahosotra amin' ny antso sy ny fitahian' Andriamanitra?

3. Manambady an' i Lea sy i Rahely ao amin' ny fanekempihavanana i Jakoba, ary amin' ny alalany no itohizan' ny fanekempihavanana nataon' ny Tompo tamin' i Abrahama.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 26–29.

- Inona no asehon' ny fifidianan' i Esao ny vadiny antsika momba ny laharam-pahamehany? (Jereo Genesisy 26:34–35; 28:6–9.) Inona no azontsika tsoahina avy amin' i Jakoba noho ny ezaka nataony hanambady ao amin' ny fanekempihavanana? (Jereo Genesisy 28:1–5; 29:1–28. Zavatra iray azontsika ianarana dia

ny fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana dia zava-dehibe tokoa tamin' i Jakoba. Nandeha lavitra be izy mba hahitany vehivavy mahatoky mba ho vadiny. Niasa ho an' i Labana izy avy eo nandritra ny fito taona talohan' ny nanambadiany an' i Rahely ary nanohy niasa ho azy indray taorian' izany.) Ahoana ny fomba hanehoantsika fa zava-dehibe amintsika ny fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana?

Nitantara momba ny fianakaviana iray izay nanjary mpikambana ao amin' ny Fiangonana any Ostralia ka nivaroitra ny fananany rehetra, mba hahafahany makany Nouvelle Zelande ka hofehézina ho fianakaviana mandrakizay ny Filoha Gordon B. Hinckley. Hoy ny nambaran' ilay raim-pianakaviana: "Tsy takatray ny fandehanana [any amin' ny tempoly]. Fiara efa tranainy, fanaka, vilia sy vilany no hany fanananay eto an-tany. Hoy aho tamin' ny fianakaviako hoe: 'tsy afaka ny hamela ny tenantsika tsy handeha isika. Raha manome hery ahy ny Tompo, dia afaka hiasa sy hahazo vola ampy aho hividianana fiara, fanaka, ary vilia sy vilany hafa, fa raha afoiko ireto tena tiako, dia hahantra amin' izao fiainana izao sy ho mandrakizay aho' " (*Be Thou an Example* [1981], 138).

- Rehefa mivady any amin' ny tempoly ny olon-droa, dia inona no tsy maintsy ataon' izy ireo mba hahazoany antoka fa tena manana fanambadiana mandrakizay tokoa izy ireo? Ahoana ny fomba ahafahan' ny mpivady mitana sy manatsara ny fifandraisany mba hahatanterahan' ireo fanekempihavanana sy fitahiana nampanantenaina tany amin' ny tempoly ireo? (Azonao atao ny manasa mpianatra vitsivitsy hizara ohatra momba ny zavatra ataon' ny vadiny na ny ray aman-dreniny mba hitondrana fanahin' ny lanitra ao amin' ny fanambadiana.)

Famaranana

Antintrantero ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana sy ny fomba fiainana ho mendriky ny fitahiana amin' ny zom-pizokiana. Entano ny mpianatra hanao safidy hendry ary tsy hanakalo ny fitahiana mandrakizay ho amin' ny fahafinaretana na fahafaham-po mandalo.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ity fanovozan-kevitra manaraka ity dia manampy ny efa voasorisoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Nofidiana mba ho vadin' i Isaka i Rebeka

Soraty amin' ny taratasy tsirairay avy ireto teny nindramina avy ao amin' ny Genesisy 24 ireto, ary omeo tsirairay avy na mihoatra ny mpianatra. Asaovy mampiasa ny soratra masina ny mpianatra mba hahitany ny olona izay manao ny fanambarana sy ny andininy misy ny fanambarana. Rehefa nahavita ny mpianatra, dia resaho ny momba ilay fanambarana sy ny hevitra nanaovana izany. Mariho ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana ao amin' ny fanekempihavanana, ny finoana sy ny fahamarinan' ilay mpanompon' i Abrahama, ary ny toetra izay nananan' i Rebeka ka nahatonga azy ho safidy tsara ho namana mandrakizay.

- "Tsy haka vady ho an' ny zanako avy amin' ny zakavavin' ny Kananita ianao."
- "Ho any amin' ny tanindrazako sy ny havako ianao ka haka vady ho an' i Isaka zanako."
- "Jehovah Andriamanitry ny lanitra. . .Izy no haniraka ny Anjelin'ny eo alohanao."

- e. “Izany no ahafantarako fa nasianao soa ny tompoko.”
- f. “Ny ramevanao koa andeha hatsakako hosotroiny, ambara-pahatapiny misotro.”
- g. “Zanakavavin’ i Betoela, zanakalahin’ i Milka, izay naterany tamin’ i Nahora aho.”
- h. “Isaorana anie Jehovah Andriamanitra, izay nitantana ahy ho aty an-tranon’ ny havan’ ny tompoko.”
- i. “Ka hamaly hoe izy: Misotro ary hatsakako koa ny ramevanao: dia izy no aoka ho izay vehivavy voatendrin’ i Jehovah ho an’ ny zanakalahin’ ny tompoko.”
- j. “Koa ankehitriny, raha hanao izay soa sy marina amin’ ny tompoko ianareo, dia lazao amiko; fa raha tsy izany kosa, dia lazao amiko.”
- k. “Indro Rebeka eto anatrehanao, ento izy, ka mandehana, ary aoka ho vadin’ ny zanaky ny tomponao izy, araka izay nolazain’ i Jehovah.”
- l. “Handeha aho.”
- m. “Ry anabavinay, tongava alinalina anie hianao.”

Valiny: a-Abrahama (and. 3); b-Abrahama (and. 4); d-Abrahama (and. 7); e-mpanombo (and. 14); f-Rebeka (and. 19); g-Rebeka (and. 24); h-mpanombo (and. 27); i-mpanombo (and. 44); j-mpanombo (and. 49); k-Labana sy Betoela (and. 51); l-Rebeka (and. 58); m.Fianakavian’ i Rebeka (and. 60).

2. “Manomboka amin’ ny fampiarahana ara-dalàna ny fanambadiana ara-dalàna”

- Samy nampianarin’ ny rainy hanambady vehivavy mitovy finoana aminy i Isaka sy i Jakoba. Nitondra alahelo ho an’ ny ray aman-dreniny i Esao tamin’ ny nanambadiany vehivavy tsy mino ny Andriamanitr’ i Abrahama. Nahoana no zava-dehibe ny manambady olona ao amin’ ny finoantsika?

Nanome ity torohevitra ity ny Filoha Spencer Kimball: “Hoy i Paoly tamin’ ny Korintiana: ‘Aza mety asiana zioga tsy antonona anareo. . .’ mety tian’ i Paoly angamba ny hahitan’ izy ireo fa ny tsy fitoviana ara-pinoana dia tsy fitoviana fototra. Ny tsy fitoviana ara-pinoana dia manambara ny fivelarana lehibe eo amin’ ny fifanoherana. Mifanohitra ny fahamarinan’ ny fiangonana sy ny fianakaviana. Matetika dia mahita fahadisoam-panantenana eo amin’ ny fiainany ireo ankizy. Mety hiavaka ihany koa ny tsy mpikambana, tsara hofana sy manintona, ary mety hanana ny mampiavaka azy izay tena tsara tokoa izy, saingy noho ny tsy fisian’ ny firaisam-pinoana, dia mivelatra eo anoloan’ ny fanambadiana ny olona. Misy ny fanavahana, saingy ny vokany dia mazàna no mampalahelo” (*Le Miracle du Pardon*, p. 223)

- Inona no azonao atao mba hahazoanao toky fa ilay olona izay vadinao no olona izay ahafahanao manana fanambadiana mandrakizay? Inona no vokatry ny fifandraisanao sy ny fisakaizanao amin’ izao fotoana izao na amin’ ny fiainanao sisa sy ny mandrakizay?

Nanohy ihany ny Filoha Kimball manao hoe: “Tena mazava fa manomboka amin’ ny fampiarahana ara-dalàna ny fanambadiana ara-dalàna. Matetika ny olona no manambady ny olona amin’ ireo izay. . . mifandray aminy. Noho izany, dia manantntrantitra ity fampitandremana ity izahay. Aza manandrana akory ny miaraka amin’ ny olona tsy mpikambana, na ireo mpikambana izay tsy voahofana sy tsy manam-pinoana. Mety hilaza ny zatovovavy hoe: ‘O, tsy manam-pikasana hanambady io olona io akory aho. Fampiarahana “fialana

voly” fotsiny izany.’ Nefa tsy hisy olona tokony hanandrana hitia olona izay mety tsy hanaiky ny filazantsara mihitsy. Marina fa misy isan-jantony vitsivitsy natao batisa taorian’ ny nanambadiany ireo mpikambana ao amin’ ny Fiangonana. . . . Izy ireo no vitsy an’ isa voatahy. . . . Fa ny ankabetsahany dia tsy nilatsaka ho mpikambana akory ka ny. . . .fifandirana, fahadisoam-panantennana ary ny fisarahana no vokatry ny ankabetsahan’ ny fanambadian’ izy ireo” (*Le Miracle du pardon*, pp. 224–225).

3. Manome fanambarana ho an’ ny vehivavy sy lehilahy Andriamanitra

Ny tantara momba ny fanambarana izay hita ao amin’ ny soratra masina dia matetika no milaza ny fifandraisan’ Andriamanitra amin’ ny mpitondra ny fisorohana, izay lehilahy. Na izany aza, ny Genesisy 25:22–23, dia ahitana ny tantara momba ny nanomezan’ Andriamanitra ny vehivavy iray fanambarana.

Momba ny vavak’ i Rebeka, dia nilaza ny Loholona Bruce R. McConkie manao hoe: “Afaka maka ireo razambentsika iraisana ankehitriny, i Rebeka , ho ohatra amin’ ireo zavatra azon’ ireo zanany vavy ato am-piangonana amin’ izao fotoana izao atao ve aho?. . . Rehefa nanana olana i Rebeka ka nila fitarihana araka an’ Andriamanitra , dia noentiny teo anatrehan’ ny Tompo izany zavatra izany, ka niresaka taminy ho valin’ izany Izy. Manome fanambarana ho an’ ireo vehivavy izay mivavaka amim-pinoana ny Tompo” (tao amin’ ny Conference Report, Fihonambem-paritra tany Tahiti, 1976, 16).

- Ahoana ny fomba ahafahan’ ny lehilahy sy ny vehivavy miomana handray fanambarana ho an’ ny tena manokana?

4. Ny fahitan’ i Jakoba ilay tohatra manakatra ny lanitra

- Rehefa nandeha niala tao Kanana ho any amin’ ny tanin’ ny havany mba hitady vady sy handositra ny fahatezeran’ i Esao i Jakoba, dia nijanona izy mba haka aina ny alina ary nanonofy hafahafa (Genesisy 28:10–19). Inona no hitan’ i Jakoba tao amin’ ny nofiny? Inona ny fitahiana nampanantenain’ ny Tompo azy? (Jereo Genesisy 28:13–15. Io ny fitahiana amin’ ny fanekempihavanana nataon’ ny Tompo tamin’ i Abrahama, navaozina tamin’ i Jakoba tamin’ io fahitana io; jereo ny Lesona 7.) Inona no sariohatra asehon’ ny tohatra?

Hoy ny Loholona Marion G. Romney momba an’ io nofy io: “Nahafantatra i Jakoba fa ny fanekempihavanana izay nataony tamin’ ny Tompo. . . no zana-tohatra izay tsy maintsy hiakarany mba hahazoany ireo fitahiana nampanantennaina izay hahazoany miditra ny lanitra sy mifandray amin’ ny Tompo” (“Temples—The Gates to Heaven,” *Ensign*, Mar. 1971, 16).

“Hataoko ahoana ny hanao izany ratsy lehibe izany?”

Genesisy 34; 37–39

Tanjona

Hanampy ny mpianatra (1) hianatra ny fomba fampiasana ny zava-mitranga sy ny toe-javatra rehetra mba hiara-hiasa hahasoa azy ireo sy (2) hanamafy ny fanolorantenany hankatò ny fitsipiky ny Tompo momba ny fahadiovam-pitondran-tena.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Genesisy 37. Josefa, zanaka lahy faharaika ambin' ny folon' i Jakoba, dia nankahalain' ireo rahalahiny ka namidiny ho andevo.
 - b. Genesisy 39. Nambinina tamin' ny naha-andevo azy i Josefa, saingy nampan-gaina ho ratsy ny fitondran-tena ka nalefa tany an-tranomaizina (39:1–20). Nomen' ny mpiambina ny tranomaizina an' i Josefa ny fiandraiketana ireo gadra hafa izay ao an-tranomaizina (39:21–23).
 - d. Genesisy 34:1–12; 35:22; 38:1–30. Nisy voka-dratsiny teo amin' ny fianakavian' i Jakoba ny ota noho ny fitondran-tena maloto-n'i Dina, zanani-vavy (34:1–12); Robena, zanany lahimatoa (35:22); ary Joda, iray hafa amin' ny zanany lahy (38:1–30).
2. Vakiteny hafa: Genesisy 34:13–31.
3. Raha misy ireto fitaovana manaraka ireto eo aminareo, dia azonao atao ny mampiasa ny sasany amin' izy ireo ho ampahany amin' ny lesona.
 - a. Sarin' i Josefa amidin' ny rahalahiny (62525 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 109), ary Josefa manohitra ny vadin' i Potifara (62548 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 110).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona****Fisarihana ny saina**

Azonao atao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin' ny anao manokana) hanombohana ny lesona.

Asaovy milaza ireo sarimihetsika sasantsasany, fandaharana ao amin' ny fahitalavitra, boky, na gazetiboky izay malaza amin' izao fotoana izao eo amin' ny toerana misy anao ny mpianatra.

- Inona avy ireo fitsipika momba ny fahadiovam-pitondran-tena nasehon' ireo fampitam-baovao malaza ireo? Inona no maha-samy hafa an' ireo fitsipika ireo amin' ny an' ny Tompo araka ny ampianarina ao amin' ny soratra masina sy ampianarin' ireo mpitondra Fianganana?

Hazavao fa ny fitondran-tena eo amin' ny fiaraha-monina dia matetika mifanohitra amin' ny fitsipi-pitondran-tena izay napetraky ny Tompo. Raha afaka miovaova ny fitsipiky ny fiaraha-monina, ny fitsipiky ny Tompo kosa dia tsy mba miova.

Ity lesona ity dia miresaka momba ny olona iray izay nanaraka ny fitsipiky ny Tompo momba ny fitondran-tena sy ireo lehilahy hafa izay tsy nanao izany. Miresaka momba ny vokatry ny fanarahana na ny tsy fanarahana ny fitsipiky ny Tompo ihany koa ny lesona.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia mifanakaloza hevitra amin' ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Namidin' ny rahalahiny ho andevo i Josefa.

Ampianaro ary fakafakao ny Genesisy 37.

Nanambady an' i Lea sy Rahely i Jakoba, izay zanakavavin' ny anadahin-dreniny, Labana, ary koa nanambady ny ankizivaviny, i Zilpa sy i Bila. Niteraka roa ambin' ny folo taminy ireo vadin' i Jakoba, izay nanjary ho fiantombohan' ny foko roa ambin' ny folon' ny Isiraely (novain' ny Tompo ho Isiraely ny anaran' i Jakoba; jereo Genesisy 32:28). Josefa no zanakalahin' i Jakoba faharaika ambin' ny folo; amin' ny maha-zanaka lahimatoan' i Jakoba sy Rahely azy, dia nahazo ny zompizokiana i Josefa, raha namoy izany i Robena, lahimatoan' i Jakoba sy i Lea noho ny tsy fahamarinana nataony (1 Tantara 5:1–2).

- Nahoana no nialona azy ny rahalahin' i Josefa? (Jereo Genesisy 37:3–8.) Ahoana no ho fihetsikao rehefa misy olona ao amin' ny fianakavianao manafintohina anao na karakaraina tsara noho ianao? Ahoana ny fomba handresentsika ny fialonana na ny fahatezerana amin' ireo olona ao amin' ny fianakavian' amin' ny namana?
- Inona no navalin' i Josefa rehefa naniraka azy ho any Sekema hijery izay ataon' ireo rahalahiny ny rainy? (Jereo Genesisy 37:13–14. Mariho fa eo amin' ny 72 kilometatra miala avy eo i Sekema.) Inona no nataon' i Josefa rehefa tsy nahita ny rahalahiny tany Sekema izy? (Jereo Genesisy 37: 15–17. Mariho fa mbola 19 kilometatra miala avy eo i Dotana farafahakeliny.) Inona no azontsika tsoahina momba an' i Josefa zatovolahy avy amin' io tantara io? (Mety ho anisan' ny valiny fa mpakatò ny rainy izy ary manana finiavana amin' izay rehetra ampanaovin-drainy azy.)
- Inona no notetehin' ireo rahalahin' i Josefa hatao raha tonga nanatona ny saha izay namahanany ny ondriny i Josefa? (Jereo Genesisy 37:12–18.) Ahoana no naha-samy hafa ny antony hanavotan' i Robena ny ain' i Josefa amin' ny an' i Joda? (Jereo Genesisy 37:21–22, 26–27.) Inona no tena nataon' ny rahalahiny an' i Josefa ho solon' ny famonoana azy? (Jereo Genesisy 37:28, 31–33.)

2. Mandà ny “hanota amin' Andriamanitra” i Josefa.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 39.

- Ahoana ny fomba nitahian' ny Tompo an' i Josefa taorian' ny namarotana azy ho andevo? (Jereo Genesisy 39:1–4.) Nahoana no nametraka izany fahatokiana izany tamin' i Josefa, izay andevolahy, i Potifara, tandapan' i Farao manankarena? (Jereo Genesisy 39:5–6.)

- Inona no nataon' i Josefa rehefa nanandrana ny naka fanahy azy hanao ratsy ny vadin' i Potifara? (Jereo Genesisy 39:11–12. Mariho fa niala avy hatrany tamin' io toe-javatra io i Josefa.) Ahoana ny fomba ahafahantsika manaraka ny ohatra nataon' i Josefa rehefa alaim-panahy isika?
- Inona no fanamarinan-tena azon' i Josefa natao raha ohatra ka nikasa ny hanararaotra ny vadin' i Potifara izy? Inona ny fanamarinan-tena ataon' ny olona amin' izao fotoana izao hiarovany ny fandikana ny lalàn' ny fitondran-tena? Nahoana no tsy mitombina ireny fanamarinan-tena ireny?
- Ahoana no nanasaziana an' i Josefa noho ny toetra tsara nananany raha nanatona azy ny vadin' i Potifara? (Jereo Genesisy 39;12–20. Nesorina tsy ho mpikarakara ny tao an-tokantranon' i Potifara intsony izy ka natao an-tranomaizina.) Amin' izao androntsika izao, ahoana ny fomba itondran' ireo hafa ny olona izay tsara fitondran-tena? (Mety ho samihafa ny valiny. Ny olona izay tsara fitondran-tena dia voarabiraby sy ahilika eo amin' ny fiaraha-monina indraindray, kanefa matetika izy ireny no hajaina.) Azonao atao ny miresaka momba ny famporisihan' izao tontolo izao ny fitondran-tena maloto izay atrehin' ny tanora amin' izao fotoana izao sy ny fomba ahafahan' ny tanora manohitra izany.
- Manantitrantitra ny soratra masina fa rehefa tao an-tranomaizina i Josefa, dia niaraka taminy ny Tompo (Genesisy 39:21–23). Inona no ambaran' izany momba an' i Josefa? (Mitozo amim-pinoana izy fa tsy miroa saina na manome tsiny an' Andriamanitra noho ny fampidirana azy an-tranomaizina vokatry ny fitondrany tena madio.) Inona no azontsika ianarana avy amin' i Josefa momba ny fanovana ny zava-niainany sy ny toe-javatra ratsy ho tsara? (Azonao atao ny mamaky ny Romana 8:28 mandritra ny famakafakana.)

Izao ny fanazavan' ny Loholona Hartman Rector, zanany: “[Ny] fahafahana manova ny zavatra rehetra ho zavatra tsara dia toa toetra araka an' Andriamanitra. Ny Raintsika any an-danitra dia afaka manao izany hatrany. Ny zavatra rehetra, na toa inona haratsiny, dia manjary fandresena ho an' ny Tompo. I Josefa, na dia andevo aza ary tsy mendrika ny anjarany, dia mbola nijanona nahatoky tamin' ny Tompo sy nanohy niaina ny didy ary nanova ho zavatra tsara ny toe-javatra ratsy niainany. Ny olona toy izany dia tsy ho resy mihi-tsy” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1972, 170; na *Ensign* Jan. 1973, 130).

3. I Sekema, i Robena ary i Joda nanao fahotana ara-pitondran-tena lehibe.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 34:1–12; 35:22; ary 38:1–30. Aza miresaka betsaka momba ny fahotan' ireo lehilahy ireo, ampiasao ireny ho fampitahana ny amin' ny fahatokian' i Josefa.

- Mariho fa tsy ny fianakavian' i Josefa rehetra sy ny olom-pantany no mahery fo tahaka an' i Josefa rehefa sendra fakampanahy. Ahoana no fihetsik' i Sekema, i Robena ary i Joda teo anatrehan' ny fakampanahy amin' ny fitondran-tena maloto?
- Mariho ny teny ao amin' ny Genesisy 34:3 izay manambara ny fihetsehampon' i Sekema amin' i Dina: “Ary ny fony dia raiki-pitia tamin' i Dina. . . Eny, tia ny zazavavy izy.” Nahoana no tsy mifanaraka amin' ny fanambarany ny asan' i Sekema? (Raha tena tia an' i Dina tokoa i Sekema, dia tsy tokony ho nandoto azy izy. Ampio ny mpianatra hahatakatra fa matetika ny olona no mampiasa fialan-tsiny hoe: “Mifankatia izahay” mba hanamarinana ny fanao

mamoafady, fa ny olona izay tena mifankatia tokoa dia tsy hanao izay hahameloka sy hijaliana mba hahafapo ny faniriana sy filan' ny nofo. Ny fitondran-tena izay mahatonga fahasaratana rehefa mivavaka, mahatonga ny olona tsy ho mendrika hiditra ny tempoly, na manapotika ny fianakaviana dia tsy entanim-pitiavana.)

- Rehefa nitso-drano ny zanany lahy tsirairay i Jakoba tamin' ny faran' ny androny, dia nilaza ny fandikan' i Robena ny fahadiovam-pitondran-tena izy ka nilaza azy ho “Mandroadroatra toy ny rano” (Genesisy 49:3–4). Inona no mahamarina izany fanoharana izany? Inona no nolazain' i Jakoba an' i Robena ho vokatry ny maha-“mandroadroatra toy ny rano” azy?
- Ampitovio ny naloan' i Josefa mba ho madio sy ny naloan' i Robena tamin' ny fahavetavetana. Inona no nafoin' i Robena noho ny fahavetavetany? (Jereo 1 Tantara 5:1–2.) Inona ny vokatry ara-panahy sy ara-nofo entin' ny fahalotoana ara-pitondran-tena amin' izao androntsika izao? Nahoana ny Tompo no manome lanjany toy izany ny fahadiovam-pitondran-tena?
- Mampianatra mandrakariva ny mpitondran' ny Fiangonana fa ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra no tena fahafahana marina. Ahoana no ahitantsika izany eo amin' ny fiainan' i Josefa? Ahoana no nampihena ny fahafahan' i Sekema, Robena ary i Joda ny tsy fankatoavana? Ahoana no mahafaka antsika kokoa ny safidy ny hitandrina ny didin' Andriamanitra noho ny safidy ny handika azy ireny? (Jereo Jaona 8:31–36.)

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa miaraka amin' ny fanampian' ny Tompo, ny zavamitranga eo amin' ny fiainantsika sy ny toe-javatra rehetra eo amintsika dia afaka ny hiara-hiasa ho amin' ny mahasoana antsika avokoa. Mijoroa ihany koa ho vavolombelona ny amin' ny maha-zava-dehibe ny fijanonana ho madio ara-pitondran-tena eo amin' ny eritreritra sy ny asa. Entano ny mpianatra hanombatombana ny sarimihetsika, ny boky, sy ny haino aman-jery hafa ary hampiasa ireo izay manaraka ny fitsipiky ny Tompo momba ny fahadiovam-pitondran-tena ihany. Entano ny mpianatra hanolo-tena tahaka ny nankatoavan' i Josefa ny fitsipiky ny fahadiovam-pitondran-tena.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ity fanovozan-kevitra manaraka ity dia manampy ny efa voasorisoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany amin' ny lesona.

1. Betela—Ilay Tranon' Andriamanitra

- Raha nandeha avy tany Kanana ho any amin' ny tanin' ny havany i Jakoba, dia nijanona mba haka aina ny alina ary nanonofy hafahafa momba ny tohatra iray izay nipaka hatrany an-danitra (Genesisy 28:10–19; jereo ny fanampin-kevitra enti-mampianatra fahefatra ao amin' ny Lesona 10). Nataon' i Jakoba hoe *Betela*, izay midika hoe “Tranon' Andriamanitra” io toerana io (Genesisy 28:19; jereo koa ny fanazavana eo ambanin' ny takila 19a). Inona ny toerana manana anarana tahaka izany ankehitriny? (Ny Tempoly, izay antsoina hoe ny Tranon' ny Tompo.)

Nanambara ny Loholona Marion G. Romney hoe: “Ny Tempoly dia antsika, tahaka an’ i Betela izay an’ i Jakoba” (“Temples—The Gates of Heaven,” *Ensign*, Mar. 1971, 16).

- Ao amin’ ny Genesisy 35:1–5, nitondra ny fianakaviany hiverina any amin’ io tany masina io i Jakoba. Inona no nasain’ i Jakoba nataon’ ireo ankohonany hiomanana hiverina any Betela, ilay “Tranon’ Andriamanitra”? (Jereo Genesisy 35:2.) Inona no itovian’ ireo zavatra ireo amin’ ny fiomanana izay ataontsika handehanana any amin’ ny Tranon’ ny Tompo? Inona ireo “andriamani-kafa” mety ho eo amintsika?

Nilaza ny Filoha Spencer Kimball hoe:

“Efa mitahy antsika amin’ ny maha-vahoaka feno fanambinana antsika tsy tahaka ny tamin’ ny andro fahiny ny Tompo. Ny loharano izay napetraka ao amin’ ny herintsika dia tsara, ary tena ilaina amin’ ny asantsika eto ambonin’ ny tany. Saingy matahotra aho fa maro amintsika no mirona amin’ ny ondry, omby, tany, trano, sompitra sy ny harena ka manomboka manompo ireny ho andriamani-kafa, ka manjaka amintsika ireny. Manana mihoatra an’ ireo zavatra ireo izay azon’ ny finoantsika toherina ve isika? . . .

“Na dia eo aza ny fahafinaretantsika amin’ ny fahitana ny tenantsika ho mifanaraka amin’ ny toetr’ andro, ary ny fironantsika hihevitra fa manana ny fahalalana izay tsy mbola nananan’ ny olona taloha isika—dia olona mpanompo sampy isika—zavatra izay tena maharikoriko ny Tompo” (“The False Gods We Worship,” *Ensign*, Jiona 1976, 4,6).

- Ahoana ny fomba “hanaria[ntsika] ny andriamani-kafa[ntsika]. . . mba hidiova[ntsika]” ka ho mendrika ny ho any amin’ ny tempoly? (Jereo Genesisy 35:2; Salamo 24:3–4; 2 Korintiana 7:1; Môrônia 10:30, 32.)

2. Nihaona i Jakoba sy i Esao

- Rehefa niverina tany an-tany Kanana, dia fantatr’ i Jakoba fa hihaona amin’ ny rahalahiny Esao indray izy (Genesisy 32:3–23; 33:1–17). Nahoana no natahotra ny hahita an’ i Esao i Jakoba? (Jereo Genesisy 32:11.) Ahoana ny fomba niomanan’ i Jakoba hihaona amin’ i Esao? (Jereo Genesisy 32:13–20.) Ahoana no fihetsik’ i Esao tamin’ i Jakoba rehefa nihaona indray izy ireo? (Jereo Genesisy 33:4, 8–11.) Inona no azontsika tsoahina avy amin’ i Jakoba sy i Esao momba ny famahana ny fifandiran’ ny fianakavianana?

3. Vady tsindrano ao amin’ ny Testamenta Taloha

Ao amin’ ny Genesisy 35:22, Bila, iray amin’ ny ankizivavin’ i Rahely, dia voalaza fa vady tsindranon’ i Jakoba. Nanome izao fanazavana manaraka izao momba ny fampiasana ny teny hoe *vady tsindrano* ao amin’ ny Testamenta Taloha ny Loholona Bruce R. McConkie:

“Mandritra ny tantaran’ ny fifandraisan’ Andriamanitra tamin’ ny olona, anisan’ izany ny an’ ny taranak’i Tsiraely, ny vady tsindrano dia vady ara-dalàna izay manambady amin’ ny fanekempihavanana vaovao sy mandrakizay. . . . Taloha dia natao ho *vady faharoa* izy ireny, vady izay tsy nanana ny toerana nitovy tamin’ ny saranga izay nisy tamin’ izany fotoana izany amin’ ireo vady izay tsy atao hoe vady tsindrano” (*Mormon Doctrine*, fanontana faha-2, [1966], 154).

“Andriamanitra efa nahamaro ahy teto amin’ ny tanin’ ny fahoriako”

Lesona
12

Genesisy 40–45

Tanjona	Hanampy ny mpianatra hahatakatra fa raha mahatoky sy mpankatò isika, dia hanokana ny fahoriantsika ho tombon-tsoantsika Andriamanitra.
Fanomanana	<ol style="list-style-type: none">Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:<ol style="list-style-type: none">Genesisy 40–41. Tao an-tranomaizina, dia nanazava tsara ny nofin’ ny mpanompon’ i Farao i Josefa. Avy eo dia nanazava ny nofin’ i Farao momba ny ombivavy sy ny salohim-bary izy. Natao mpanapaka ny Ejipta manontolo teo ambany fitarihan’ i Farao i Josefa nony avy eo, ary nanomana ny vahoaka amin’ ny mosary ho avy.Genesisy 42–45. Indroa i Jakoba no naniraka ny zanany lahy hividy vary tany Ejipta. Nampahafantarin’ i Josefa ny rahalahiny ny tenany ary namela azy ireo izy, ka niara-nifaly izy.Vakiteny hafa: 2 Nefia 2:2; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:8–11; 122:5–9.Azonao atao ny mangataka mpianatra iray hiomana hamintina ny tantara ao amin’ ny Genesisy 42–43.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina	<p>Azonao atao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin’ ny anao) hanombohana ny lesona.</p> <p>Asaovy mieritreritra ny mpianatra fa toy ny maty izy ireo ary miditra ao amin’ ny tontolon’ ny fanahy sy manao jery todika ny zava-nitranga taminy tetỳ ambonin’ ny tany. Hazavao fa hanome fanontaniana efatra ianao mba hanampiana azy ireo hieritreritra ny fomba namolavolan’ ny fahoriana ny fiainany. Rehefa avy nomena azy ireo ny fanontaniana efatra, dia asao ireo mpianatra hilazalaza ny momba ny fanontaniana izay nofidiny.</p> <ul style="list-style-type: none">Inona avy ireo fitsapana sasantsasany natrehinao teto amin’ ny fiainana antany?Inona avy ny lesona nianaranao avy tamin’ ny fitsapan’ ny fiainana?Raha afaka manomboka ny fiainanao indray ianao, dia inona no hovanao momba ny fomba niatrehanao ireo fitsapana nahazo anao?Ahoana ny fomba nahazoanao tombon-tsoa tamin’ ny zava-mitranga teo amin’ ny fiainana?
----------------------------	--

Hazavao fa momba an' i Josefa, zanak' i Jakoba, ity lesona ity ary momba ny fahatokiany sy ny fankatoavany na dia nandritra ny fitsapana lehibe aza.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Manazava ny nofin' ilay lehiben' ny mpitondra kapoaka sy ilaylehiben' ny mpanao mofon' ny mpanjaka, ary ny an' i Farao i Josefa. Nataon' i Farao mpanapaka ny tanin' i Ejipta manontolo i Josefa.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 40–41.

Asaovy mamerina mijery ny lesona teo aloha ny mpianatra ary mitanisa ny sasany amin' ireo fitsapana maro natrehin' i Josefa tamin' ny fiantombohan' ny fiainany (Genesisy 37; 39). Azonao atao ny manoratra ny valin-tenin' ny mpianatra eo amin' ny solaitrabe. Mety ho toy izao ny valiny:

- a. Nankahalain' ny rahalahiny izy (Genesisy 37:4).
 - b. Niray tetika ny hamono azy ny rahalahiny, avy eo dia nivarotra azy ho andevo ho solon' izany (Genesisy 37:18–28).
 - d. Naiditra an-tranomaizina tamin' ny tsy rariny izy rehefa nandà tsy hanao ratsy (Genesisy 39:20)
- Ahoana no niatrehan' i Josefa ireo fitsapana ireo? Ahoana ny fomba nitahian' ny Tompo an' i Josefa noho ny fahamarinany na dia nandritra ny fotoam-pitsapana aza?
 - Nanatona an' i Josefa tao an-tranomaizina ny mpitondra kapoaka sy ny mpanao mofon' i Farao, izy roa ireo dia samy nanana nofy izay tsy takany ny heviny. Rehefa nohazavain' i Josefa ny nofin' ilay mpitondra kapoaka, dia inona no nangatahiny tamin' ilay mpitondra kapoaka ho setrin' izany? (Jereo Genesisy 40:14–15.) Inona no nitranga rehefa afaka tao an-tranomaizina ilay mpitondra kapoaka? (Jereo Genesisy 40:21, 23.) Nahoana no fitsapana hafa ho an' i Josefa indray izany? (Jereo genesisy 41:1, 4. Nijanona tao an-tranomaizina roa taona indray izy.)
 - Nahoana no tafavoaka ny tranomaizina i Josefa nony farany? (Jereo Genesisy 41:1, 8–15.) Inona no navalin' i Josefa rehefa nilaza i Farao fa nahare izy fa afaka manazava nofy i Josefa? (Jereo Genesisy 41:16.) Ahoana no fomba ahafahantsika manome fankasitrahana marina ny Tompo noho ny talentantsika sy ireo fanomezam-pahasoavana? (Azontsika ampiasaina hanomezam-boninahitra an' Andriamanitra ireny ary hitahiana ny hafa, fa tsy ho an' ny voninahitry ny tenantsika.)
 - Inona no nofinin' i Farao? (Jereo Genesisy 41:1–7; 17–24.) Inona no hevitra ny nofinin' i Farao? (Jereo Genesisy 41:25–32.) Rehefa avy nanome ny fanazavana i Josefa, inona no nasainy nataon' i Farao? (Jereo Genesisy 41:33–36; jereo ihany koa ny fanampin-kevitra enti-mampianatra faharoa.) Ahoana ny fomba namalian' i Farao ny toro-hevitry i Josefa mba hiomanana amin' ny mosary? (Jereo Genesisy 41:37–43.)

2. Mampahafantatra ny tenany amin' ny rahalahiny i Josefa ary mamela azy ireo.

Ampianaro sy hadihadio ny Genesisy 42–45. Azonao atao ny mangataka mpianatra iray hamintina fohifohy ny Genesisy 42–43.

- Nahoana no nankany Ejipta ireo rahalahin' i Josefa tamin' ny voalohany? (Jereo Genesisy 42:1–3.) Nahoana no niverina fanindroany tany Ejipta izy ireo? (Jereo Genesisy 42:33–34; 43:2.) Nahoana no tsy nanaiky ny handehanan' i Benjamina any Ejipta miaraka amin' ireo rahalahiny i Jakoba? (Jereo Genesisy 42:36, 38.) Nahoana no nanaiky ny hamela an' i Benjamina handeha izy nony farany? (Jereo Genesisy 43:3–5, 11–14.)
- Nahatsapa i Jakoba fa ho very zanaka lahy hafa indray izy raha mandefa an' i Benjamina ho any Ejipta hiaraka amin' ireo rahalahiny (Genesisy 42:36). Ahoana no nanovan' ny Tompo izay noheverin' i Jakoba ho fitsapana fitahiana?
- Fony i Josefa mbola zatovo, dia nanonofy izy fa hiankohoka eo anatrehan' ireo rahalahiny (Genesisy 37:5–11.) Ahoana no nahatanterahan' io nofy io? (Jereo Genesisy 42:6; 43:26–28.) Ahoana no niovan' ny fahatanterahan' io nofy io ho fitahiana, na dia noheverin' ireo rahalahiny ho fitsapana lehibe aza?
- 20 taona mahery taorian' ny namarotan' ireo rahalahiny azy ho andevo, dia mbola nahatsiaro ho meloka noho ny asany ihany ireo rahalahiny (Genesisy 42:21.) Ahoana no mety hahatonga ny fahatsapana fahamelohana ho hery tsara eo amin' ny fiainantsika? Ahoana no mety hahatonga azy ho hery ratsy? Ahoana no fomba anovan' ny fibebahana marina ny fahatsapana fahamelohana? (Jereo Enosa 1:4–6.)
- Ahoana ny fomba nanehoan' i Joda, rahalahin' i Josefa, fa nihatsara fanahy kokoa izy hatramin' ny nahitany an' i Josefa farany? (Jereo Genesisy 44:18, 30–34. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa hevitr' i Joda no nivarotana an' i Josefa ho andevo.)
- Araka ny hevitrareo, nahoana no nanahy ireo rahalahin' i Josefa rehefa nampahafantatra azy ireo ny tenany i Josefa? (Jereo Genesisy 45:1–3.) Ahoana no fomba nanehoan' i Josefa fa namela heloka ny rahalahiny izy? (Jereo Genesisy 45:4–11; 14–15.) Araka ny hevitrareo, ahoana ny fomba nanampian' ny famelalan-keloka nataon' i Josefa tamin' ireo rahalahiny hampivoatra ara-panahy?
- Inona no asain' izao tontolo izao ataontsika raha misy olona manao ratsy antsika, tahaka ny nataon' ireo rahalahin' i Josefa taminy? Inona no asain' ny Tompo ataontsika? (Jereo F&F 64:8–11.) Ahoana ny fomba nitahiana anao rehefa nampiseho hatsaram-panahy tamin' ny olona izay nanao ratsy anao ianao? Ahoana no ahatonga antsika hahay mamela heloka kokoa?
- Ahoana no nahatonga ny figadran' i Josefa tany Ejipta, izay fitsapana ho azy, ho fitahiana ho azy, ho an' ny fianakaviany ary ho an' i Ejipta manontolo? (Jereo Genesisy 45:4–8.) Ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatra nasehon' i Josefa eo amin' ny fiantrehana ireo olona sy fitsapana mahazo antsika?
- Ao amin' ny Testamenta Vaovao, ny Apôstôly Paoly dia milaza amin' ireo Romana fa “ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an’

Andriamanitra” (Romana 8:28). Ahoana no efa nahamarina izany teo amin’ ny fiainanareo? Asao ireo mpianatra hizara zava-niainany izay nisehoan’ ny toe-javatra iray ratsy tany am-boalohany nanjary ho fitahiana kosa tatỳ aoriana.

Famaranana

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa mandritra ny fitsapana maro nahazo azy, dia nijanona ho nahatoky hatrany i Josefa. Namela ny fahotan’ ireo rahalahiny tamin’ ny nivarotany azy ho andevo mihitsy aza izy. Noho ny fahamarinany, dia notahiana tokoa i Josefa. Mijoroa ho vavolombelona fa raha mahatoky isika, dia hitahy antsika Andriamanitra amin’ ny fanaovana ny zavatra rehetra hiara-hiasa hahasoa antsika.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin’ ireto hevitra ireto ho ampahany amin’ ny lesona.

1. Ilay Josefa lehiben’ ny andro farany

Ny Dikan-teny nataon’ i Joseph Smith momba ny Genesisy 50:24–38 dia mirakitra ny faminiana izay nataon’ i Josefa momba ny iray amin’ ireo taranany izay ho “mpahita voafidy.” Ny Mpaminany Lehia ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna dia namerina indray ireo fanambarana ireo ao amin’ ny 2 Nefia 3:5–15. Ilay taranaka voalaza ao amin’ ireo faminiana ireo dia ny Mpaminany Joseph Smith.

Fakafakao ny fomba nahatanterahan’ ireo faminiana nataon’ i Josefa tany Ejipta tamin’ ny fiainan’ i Joseph Smith:

- a. Ho “mpahita voafidy” ny iray amin’ ireo taranak’ i Josefa (Dikan-teny nataon’ i Joseph Smith, Genesisy 50:26; 2 Nefia 3:6).
- b. Hajain’ ireo taranak’ i Josefa hafa tokoa io mpahita io (Dikan-tenin’ i Joseph Smith, Genesisy 50:27; 2 Nefia 3:7).
- d. Hampianatra azy ireo ny fanekempihavanana izay nataon’ Andriamanitra tamin’ireo razambeny izy (Dikan-tenin’ i Joseph Smith, Genesisy 50:28; 2 Nefia 3:7).
- e. Ho mpankatò an’ Andriamanitra izy (Dikan-tenin’ i Joseph Smith, Genesisy 50:28; 2 Nefia 3:8).
- f. Ho mpaminany lehibe tokoa izy, tahaka an’ i Mosesy (Dikan-tenin’ i Joseph Smith, Genesisy 50:29; 2 Nefia 3:9).
- g. Amin’ ny alalany no hitondrana ny soratra masina vaovao (ny Bokin’ i Môrmôna) izay hanohana sy hiara-hiasa amin’ ny soratra masina izay efa misy (ny Baiboly) (Dikan-tenin’ i Joseph Smith, Genesisy 50:30–31; 2 Nefia 3:11–12).
- h. Na dia malemy aza izy, dia hampahatanjaka azy ny Tompo (Dikan-tenin’ i Joseph Smith, Genesisy 50:32; 2 Nefia 3:13).
- i. Samy ho Joseph ny anarany sy ny anaran-drainy (Dikan-tenin’ i Joseph Smith, Genesisy 50:33; 2 Nefia 3:15).

2. Fiomanana ho amin’ ny mosary

- Nanoro hevitra an’ i Faraô hampiasa ny fito taona mahavokatra ho fanomanana an’ i Ejipta ho amin’ ny fito taonan’ ny mosary izay ho avy i Josefa

(Genesisy 41:29–30, 34–36). Inona no toro-hevitra omen' ireo mpitondra Fiangonana antsika momba ny fiomanana amin' ny mosary na olana hafa?

Nampianatra ny Loholona L. Tom Perry manao hoe:

“Tahaka ny maha-zava-dehibe ny fiomanantsika ara-panahy, no tsy maintsy hiomanantsika ihany koa ho an' ireo zavatra ilaintsika ara-nofo. . . .

Nampianarina isika, nandritra ny taona maro, fa tokony hanana farafahakeliny zavatra efatra hiomanana ho amin' izay ho avy.

“Voalohany, fahazoana fanabeazana tsara. Mianara asa izay ahafahanao maha-za asa tsara mba hahazoana vola ampy hampiasaina amin' ireo zavatra ilainao sy ny ankohonanao. . . .

“Faharoa, aza mandany vola mihoatra an' izay azonao, manangona zavatra ho an' ny fotoan-tsarotra. Antombohy eo amin' ny fiainanao ny fanarahana ny drafitra hentitra momba ny fahaiza-mitantana izay nomen' ny Tompo anao ho fitahiana. Raha mandoa ny fahafolon-karenao tsy tapaka ianao, dia mametraha vola hafa ho an' ny zavatra ilain' ny fianakaviana amin' ny ho avy. . . .

“Fahatelo, fadio ny trosa tafahoatra. Ny trosa izay tsy maintsy hatao dia tsy tokony hisy raha tsy aorian' ny vavaka tsara sy feno fisainana sy aorian' ny fahazoana ny toro-hevitra tena tsara. Ilaintsika ny fananana fifehezan-tena mba hahafahana manefa hatrany

“Fahefatra, manàna sy manobia sakafo ary fitaovana izay ilaina eo amin' ny fiainana [raha mamela ny fanaovana izany fanobiana izany ny lalàna eo an-toerana]. Manàna fitafiana ary manaova tahirim-bola, vita planina tsara, izay azo ampiasaina tsara amin' ny fotoam-pahamehana. Raha tsaroako tsara, dia nampianarina isika hiomana ho amin' ny ho avy ary hanana vatsy ilaina mandritra ny herintaona. Hilaza aho fa ny taona zina dia mahatonga antsika rehetra hanadino ity toro-hevitra ity. Mino aho fa efa tapitra ny fotoana hanadinoina ity toro-hevitra ity. Raha jerena ny zavamiseho eto amin' izao tontolo izao ankehitriny, dia tokony horaisina ampahamatorana tanteraka izany” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1995, 45–47; na *Ensign*, Nov. 1995, 36).

- Nandritra ny mosary, dia tonga tany Ejipta tany amin' i Josefa avokoa ny firenena rehetra hividy sakafo, satria Ejipta irery ihany no firenena izay niomana tamin' ny mosary (Genesisy 41:54–57). Ahoana ny fomba ahafahan' ny fiomanana manome antsika fahafahana hanampy ny hafa?

3. Ireo zanakahin' i Josefa

- Taorian' ny nametrahan' i Farao azy ho mpanapaka an' i Ejipta, dia nanambady vehivavy iray atao hoe Asenata i Josefa, ary nanan-janaka roa lahy izy ireo (Genesisy 41:45, 50). Iza no anarana nomen' i Josefa sy i Asenata ireo zanany lahy? (Jereo Genesisy 41:51–52.) Nahoana no tena nifanaraka tamin' ireo zanaka lahin' i Josefa ireo anarana ireo? (Azonao atao ny milaza amin' ny mpianatra fa ny dikan' i *Manase* dia “fanadinoana” ary *Efraïma* “fahamaroana.”)

Tanjona

Hanampy ny mpianatra (1) hatoky ny Tompo hanatanteraka ny fampanantena-ny, (2) hampitombo ny fankasitrahany ny Sorompanavotan' ny Mpamonjy, ary (3) hanao ny Fanasan' ny Tompo ho zava-dehibe eo amin' ny fiainany.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Eksodosy 1–3. Nandevozin' ny Ejipsiana ny Zanak' Isiraely (1:1–14). Nanome didy i Farao fa tsy maintsy hovanoina avokoa ny zazalahy ateraky ny Israelita (1:15–24). Teraka i Mosesy ary notaizan' ny zanakavavin' i Farao (2:1–10). Namono ejipsiana i Mosesy ka nandositra tany Midiana, izay nanambadiany an' i Zipora (2:11–22). Niseho tamin' i Mosesy tao anaty roimemy mirehitra afo ary niantso azy hanafaka an' Isiraely amin' ny fanandevozana ny Tompo (3:1–22; mariho fa ny fehezanteny manao hoe: “Anjelin' i Jehovah” ao amin' ny Eksodosy 3:2, dia niova ho: “Ny fisehoan' ny Tompo” ao amin' ny Dikan-tenin' i Joseph Smith momba ny Baiboly).
 - b. Eksodosy 5–6. Nangataka tamin' i Farao hanafaka an' Isiraely i Mosesy sy i Aharôna, saingy nandà i Farao ka nampitombo ny enta-mavesatry ny vahoaka (5:1–23). Mampanantena ny Tompo fa hanatanteraka ny fanekempihavanana izay nataony tamin' i Abrahama Izy (6:1–8). (Mariho fa ny toko faha 7–10 dia milaza momba ny fanatonan' i Mosesy an' i Farao imbetsaka, mangataka aminy hanafaka an' Isiraely. Na dia teo aza ny famantarana maro, fahagagana, ary loza, dia nandà hatrany i Farao. Ao amin' ny Dikan-tenin' i Joseph Smith momba an' ireo toko ireo, ny teny hoe: “Jehovah manamafy ny fon' i Farao,” dia miova hoe: “manamafy ny fony i Farao.”)
 - d. Eksodosy 11–13. Nampanantena ny Tompo fa handefa loza iray hafa indray ao Ejipta ka ho faty avokoa ny voalohan-teraka rehetra isaky ny tokantrano (11:1–10). Nanome torolalana an' i Mosesy hikarakara ny Paska ny Tompo, izay hiaro ny Isiraely amin' ny loza (12:1–20). Maty ny voalohan-teraka rehetra tao Ejipta (12:29–30). Nasain' i Farao nentin' i Mosesy hiala an' i Ejipta ny vahoakany, ka lasa ny Israelita (12:31–42). Nasain' i Mosesy hitan-drina ny andron' ny mofo tsy misy masirasira ny Isiraely amin' ny ho avy, ho fahatsiarovana ny fanafahana azy ireo (13:1–16). Nandeha teo alohan' ny Israelita tamin' ny andri-rahona ny Tompo amin' ny atoandro ary tamin' ny andri-afoka tamin' ny alina (13:17–22). (Mariho fa ny lohateny: “Andro firavoravoana amin' ny Paska” sy ny “Andron' ny mofo tsy misy masirasira”, dia mitovy; ny Paska dia ilay andro voalohany amin' ny Andron' ny mofo tsy misy masirasira.)
 - e. Eksodosy 14. Nanenjika ny Zanak' Isiraely i Farao sy ny miaramilany (14:1–9). Natahotra ny vahoaka, ka nitalaho fanampiana amin' ny Tompo i Mosesy (14:10–18). Avotra tamin' ireo miaramila ny Zanak' Isiraely ary niampita ny Ranomasina Mena mandia ny tany maina ; nanenjika azy ireo ny miaramilan' i Farao, ka difotra tao (14:19–31).

2. Vakiteny hafa: Eksodosy 4; 7–10; 15.
3. Asaovy miomana hitantara fohy ny Eksodosy 1 sy 2 ny mpianatra iray.
4. Manomàna taratasy misy ny teny hoe *Paska sy Fanasan' ny Tompo*.
5. Raha misy ireto fitaovana haino aman-jery manaraka ireto, dia azonao atao ny mampiasa ny sasany amin' izy ireo ho ampahany amin' ny lesona:
 - a. “Sacrifice d’ animaux et sacrifice expiatoire” ampahany maharitra eo amin' ny sivy minitra eo avy ao amin' ny *Horonan-tsary sy feo Ancien Testament* (53224 140).
 - b. Sarin' i Jesoa Kristy (62572 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 240); Mosesy ao anatin' ny zozoro(62063 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazan-tsara 106); Mosesy sy ny roimemy mirehitra afo (62239 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara); ary ny Fiampitana ny Ranomasina Mena (62100).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ity fampiasana ity (na iray amin' ny anao) hanombohana ny lesona.

Anontanio ny mpianatra raha efa navotana tao anatin' ny toe-javatra misy loza izy ireo. Manasà iray na roa amin' izy ireo hizara fohifohy ny zava-nodiaviny, na tantarao ny anankiray amin' ny anao. Anontanio ny mpianatra ny fihetsehampony momba ireo izay nanavotra azy.

Hazavao fa ity no lesona momba ny iray amin' ireo fanafahana mampitaintaina indrindra tsy mbola fahita—ny fanafahana ny Zanak' Isiraely tamin' ny tebitebin' ny fahafatesana sy ny fanandevozan' ny Ejipsiana. Hazavao ihany koa fa amin' ny fomba maro dia maneho fanafahana mbola lehibe noho izany ity fanafahana ity—ny fanafahana antsika amin' ny fahotana sy fahafatesana amin' ny alalan' ny Sorompanavotan' ny Mpamonjy.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ireo zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

Taorian' ny nifindran' i Jakoba sy ny fianakaviany tany Ejipta, dia nonina tany nandritra ny 430 taona ny Isiraelita. Nandritra izany fotoana izany, dia tonga i Farao izay nanandevo azy ireo ary nanome enta-mavesatra azy. Araka ny faminanian' i Josefa, dia natsangan' ny Tompo i Mosesy hanafaka ny Zanak' Isiraely (2 Nefia 3:10).

1. Miantso an' i Mosesy hanafaka ny Zanak' Isiraely amin' ny fanandevozana ny Tompo.

Asaovy manome ny ambangovangon' ny Eksodosy 1 sy 2 ilay mpianatra voatendry; rehefa izany dia ampianaro sy hadihadio ny Eksodosy 3.

- Ahoana no fomba niantsoan' ny Tompo an' i Mosesy hanafaka ny Zanak' Isiraely amin' ny fanandevozana? (Jereo Eksodosy 3:1–4.) Inona no nolazain' ny Tompo tamin' i Mosesy rehefa niantso azy Izy? (Jereo Eksodosy 3:5–10.)

Inona no lesona azontsika tsoahina momba ny Tompo tamin' ny fiantsoany an' i Mosesy? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny hoe mahafantatra ny olony ny Tompo, mamindra fo amin' izy ireo Izy, te hitahy azy ireo, ary mitana ny fampanantenany amin' izy ireo.)

- Asaovy maka sary an-tsaina ny mpianatra hoe: Zanak' Isiraely mipetraka any Ejipta izy ireo. Nandritra ny taona maro dia nampianarina azy ireo fa olon' ny fanekempihavanan' Andriamanitra izy ireo ka hanantanteraka ny fanekempihavanana izay nataony tamin' i Abrahama Izy. Ary ankehitriny dia andevo izy ireo, miaina eo ambany tsindry hazo lena sy fanompoana. Inona no lesona azontsika tsoahina avy amin' izany toe-javatra izany, izay mety hanampy antsika raha sendra fahoriana isika? (Tsy manadino antsika ao anatin' ny fahorian-tsika Andriamanitra, tahaka ny nasehony tamin' ny niantsoany an' i Mosesy ary nanafahany an' Isiraely. Mazàna anefa, tsy manafaka antsika avy hatrany amin' ny fitsapana mahazo antsika Izy. Na toa inona ny faharetan' ny fitsapana, dia tokony hitozo amin' ny vavaka isika, hatoky fa tia antsika Izy ary hanao ny zavatra rehetra hiara-hiasa hahasoa antsika raha mankatò Azy isika. Jereo F&F 90:24; 98:3; Môsià 24:14–15.) Ahoana no nahazoanao fampaherezana sy fanampiana nandritra ny fotoam-pahoriana nahazo anao?
- Inona no nolazain' i Mosesy rehefa niantso azy hanafaka ny Zanak' Isiraely ny Tompo? (Jereo Eksodosy 3:11; 4:1, 10.) Eo amin' ny inona no nahatsapan' i Mosesy ho mahavotsa azy? Inona ny toky nomen' ny Tompo azy? (Jereo Eksodosy 3:12; 4:11–12.) Manao ahoana no fihetseham-ponao rehefa mahazo antso avy amin' ny Tompo ianao? Nahoana no mety ho tsara ny fahatsapana havotsana eo amin' ny tena? Ahoana no nanampian' ny Tompo anao tamin' ny antso izay nahatsapanao fa tsy tena havanana amin' izany ianao?
- Inona no nafoin' i Mosesy tamin' ny fanekenany ny antso hitarika ny vahoakany? (Jereo Hebreo 11:24–26.) Inona no afointsika amin' ny fanekentsika ireo antso avy amin' ny Tompo? Nahoana no zava-dehibe ny fahavononantsika hanolotena ho an' ny Tompo?

2. Mandefa loza ao Ejipta ny Tompo.

Ampianaro ary fakafakao ny Eksodosy 5–6. Azonao atao ihany koa ny manome ny ambangovangon' ny Eksodosy 7–10, amin' ny fanazavana fa nanatona an' i Farao imbetsaka i Mosesy ary nangataka taminy hanafaka an' Isiraely. Na dia teo aza ireo famantarana, fahagagana, loza, dia mandà hatrany i Farao. Tsy tokony handany ny fotoam-pianarana hijerena ireo famantarana, fahagagana ary loza tsirairay ianao.

- Inona no navalin' i Farao tamin' i Mosesy sy i Aharôna tamin' ny voalohany nangataka handefa ny Zanak' Isiraely? (Jereo Eksodosy 5:1–9.) Ahoana no nandraisan' ny Zanak' Isiraely izany fitsapana izany? (Jereo Eksodosy 5:15–21.) Ahoana no nandraisan' i Mosesy izany fitsapana izany? (Jereo Eksodosy 5:22–23.) Inona no lesona azontsika tsoahina avy amin' io tantara io? (Zavatra iray azontsika ianarana dia ny filana faharetana amin' ny fahorianana. Hanatanteraka ny fampanantenany ny Tompo, na dia tsy nanao izany amin' ny fotoana sy amin' ny fomba nantenaintsika aza Izy.)
- Rehefa nampitombo ny enta-mavesatry ny Isiraely i Farao, dia namerina ny fampanantenany tamin' i Mosesy ny Tompo. Inona avy ireo fampanantenana

ireo? (Jereo Eksodosy 6:4–8.) Inona no navalin' ireo Zanak' Isiraely rehefa nam-pahatsiahivin' i Mosesy azy ireo fampanantenana ireo? (Jereo Eksodosy 6:9.) Nahoana no mitsahatra tsy mihaino ny mpaminany sy tsy mino ny fampanan-tenan' Andriamanitra intsony ny sasany amintsika mandritra ny fotoam-pitsa-pana? Ahoana ny fomba ahafahantsika mihazona ny finoana an' Andriamanitra mandritra ny fahoriana?

- Inona no navalin' i Mosesy rehefa naniraka azy fanindroany ho eo anatrehan' i Farao hangataka ny fahafahan' ny Zanak' Isiraely indray ny Tompo? (Jereo Eksodosy 6:10–12.) Mariho fa isika koa dia mety hiahotra indraindray hanao izay ampanaovin' ny Tompo noho ny tahotra na noho ny fiheverantsika fa tsy ho tanteraka izany. Ahoana no nanampian' ny Tompo anao rehefa nahatsapa fisalasalana na tahotra ianao?

3. Ampianarin' ny Tompo an' i Mosesy ny fanomanana ny Paska.

Ampianaro sy hadihadio ny Eksodosy 11–13.

- Inona no anton' ny Paska voalohany? (Jereo Eksodosy 12:12–13, 22–23.) Nahoana no nirian' ny Tompo ny nanohizan' ny Isiraely hitandrina ny Andro firavoravoana amin' ny taona maro manaraka? (Jereo Eksodosy 12:24–27, 42; 13:1–10.)
- Hazavao fa fanampin' ny fampahatsiahivana ny Zanak' Isiraely fa niaro azy ireo tamin' ny lozam-pahafatesana Andriamanitra ary nanafaka azy ireo tamin' ny Ejipsiana, dia mbola sariohatry ny toe-javatra mana-danja lehibe amin' ny ho avy iray ihany koa ny Paska. Inona izany toe-javatra izany? (Ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Ondrin' Andriamanitra, izay manafaka antsika amin' ny fahotana sy fahafatesana. Jereo 1Korintiana 5:7.) Ahoana no nanehoan' ny Paska an' ohatra ny Sorompanavotana?

Azonao atao ny maneho ireto fitoviana manaraka momba ny Paska sy ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ireto:

- Ny Zanak' Isiraely dia tsy maintsy nampiasa ondry lahy voalohan-teraka tsy manan-kilema tamin' ny Paska (Eksodosy 12:5). Ny Mpamonjy dia Zanaka Lahimatoan' Andriamanitra, Ilay Zanak' ondrin' Andriamanitra tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina (1 Petera 1:19).
- Tsy maintsy natentin' ny Zanak' Isiraely teo amin' ny tolam-baravarany ny ran' ny zanak' ondry hamonjena ny voalohan-terany amin' ny fahafatesana (Eksodosy 12:7, 22–23). Ny ran' ny Mpamonjy izay nalatsany tao Getsemane sy teo amin' ny hazo fijaliana dia manadio ny mahatoky ary mamonjy azy ireo amin' ny fahafatesana ara-panahy (Môsià 4:2).
- Tsy maintsy nihinana mofo tsy misy masirasira ny Zanak' Isiraely (Eksodosy 12:8, 15–20). “Ny masirasira na ny lalivay dia noheverina ho mariky ny fahapotehana taloha satria mora mihalò sy mihamalemy. . . . Ho an' ny Isiraelita, ny fihinanana ny mofo tsy misy masirasira dia marika fa mandray mofo izay tsy misy fahapotehana na fahalotoana, izay antsoina hoe Mofon' Aina, izay Jesoa Kristy, izy ireo (Jereo Jaona 6:35)” (*Ancien Testament, Genèse-2 Samuel, Manuel de l' étudiant*, p. 118). Ny fialana amin' ny lalivay ihany koa dia midika ho fibebahana, na fanalana ny fahotana amin' ny fiainan' ny olona.

e. Tsy maintsy nihinana ny sakafon' ny Paska faingana ny Zanak' Isiraely (Eksodosy 12:11). Tahaka ny Isiraelita, dia tokony hamaly haingana ny fanafahana izay atolotry ny Mpamonjy antsika isika.

- Tamin' ny Fiaraha-misakafo farany, dia nametraka ny Fanasan' ny Tompo ho solon' ny Paska ny Mpamonjy (Matio 26:19, 26–28). Asehoy ilay sarin' ny Mpamonjy, ka apetraho avy eo an-kaviany ilay taratasy misy ny teny hoe *Paska* ary avy eo an-kavanany ny taratasy misy ny teny hoe *Fanasan' ny Tompo*. Inona no itovian' ny Paska sy ny Fanasan' ny Tompo? (Jereo Eksodosy 12:14; 13:9–10; F&F 20:75–79.)

Nampianatra ny Loholona Howard W. Hunter fa tamin' ny sakafon' ny Paska izay fantatra ankehitriny ho ilay Fiaraha-misakafo farany, “ny mofo sy ny divay, fa tsy ny biby sy ny anana mangidy akory, [no nanjary] marik' Ilay vatanana sy ra lehiben' Ilay Zanakondry, marika izay tsy maintsy hanina sy sotroina amim-panajana ary amin' ny fahatsiarovana Azy mandrakizay.

“Amin' io fomba tsotra nefa mahagaga io no nametrahan' ny Tompo ny ôrdônansy izay fantatra hoe Fanasan' ny Tompo ankehitriny. Tamin' ny fijaliana tao Getsemane, ny sorona izay nataony tao Kalvary, ary ny fitsangana-ny tamin' ny maty avy tao am-pasan-jaridaina, dia nahatanteraka ny lalàna fahiny sy nampiditra vanim-potoana vaovao izay mifototra amin' ny fahatakarana tsara sy masina kokoa ny lalàn' ny Sorompanavotana i Jesoa. Tsy misy intsony ny olona asaina manolotra ny voalohan-teraky ny ondriny, satria ny Voalohan-terak' Andriamanitra dia efa nanolotra ny tenany ho ‘Sorona tsy misy fetra sady mandrakizay’ (tao amin' ny Coneference Report, Apr. 1985, 22; na *Ensign*, May 1985, 19).

- Nilaza ny Loholona Hunter fa toy ny Paska izay fanekempihavanana momba ny fiarovana ny Isiraely taloha, ny Fanasan' ny Tompo dia “fanekempihavanana vaovao momba ny fiarovana” ho antsika (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1974, 24; na *Ensign*, May 1974, 18). Ahoana no maha-fanekempihavanan' ny fiarovana ho antsika ny Fanasan' ny Tompo? (Mampahatsiahy antsika ny Sorompanavotan' ny Mpamonjy ny Fanasan' ny Tompo, izay mitondra fiarovana mandrakizay amin' ny fanafahana antsika amin' ny fatotry ny fahotana sy ny fahafatesana. Ny fanekempihavanana izay havaozintsika rehefa mandray ny Fanasan' ny Tompo ihany isika dia manampy antsika koa hahazo fiarovana mandrakizay.)

Nanontany ny Loholona Jeffrey R. Holland manao hoe:

“Hitantsika ho toy ny paskantsika, fahatsiarovana ny fiarovana *antsika* sy fanafahana ary fanavotana ve [ny Fanasan' ny Tompo]?”

“Amin' ny zavatra maro toy izany, ity ôrdônansy ity izay mampahatsiahy ny fandositantsika ny anjelin' ny haizina dia tokony ho raisina tsara amim-pahamatorana kokoa noho ny andraisana azy indraindray. Tokony ho hery, fanajana, fotoam-pieritretana lalina izany. Tokony hampandroso ny fihetseham-porara-panahy izany” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1995; na *Ensign*, Nov. 1995, 68).

- Amin' ny fampianarany momba ny Paska, dia nanantitrantitra ny ilàna ny ray aman-dreny hampianatra ny zanany ny hevitr' izany ny Tompo (Eksodosy

12:26–27; 13:8, 14). Nahoana no nilaina ny nanaovan' ny ray aman-dreny Isiraelita izany? Ahoana no azo ampiharina amin' izao androntsika izao izany? (Tahaka ny Isiraely taloha, dia tokony hampianatra ny zanatsika ny hevitra ny Fanasan' ny Tompo sy ireo ôrdônansy hafa izay mampahatsiahy antsika izay nataon' ny Tompo amin' ny fanafahana antsika amin' ny fahotana sy fahafatesana isika.)

4. Miampita ny Ranomasina Mena ny Zanak' Isiraely.

Ampianaro sy hadihadio ny Eksodosy 14.

- Rehefa navelan' i Farao handao an' i Ejipta ny Zanak' Isiraely, dia nivadika taminy i Farao ka nandefa ny miaramilany hanenjika azy ireo (Eksodosy 14:5–9). Inona no nataon' ny Zanak' Isiraely rehefa hitany manatona ny miaramila? (Jereo Eksodosy 14:10–12.) Inona no nolazain' i Mosesy tamin' ny Zanak' Isiraely rehefa nangozohozo ny finoan' izy ireo? (Jereo Eksodosy 14:13–14.) Ahoana ny fomba ahafahantsika mampitombo finoana mba hatanjaka tsara ka hanohana antsika rehefa feno tahotra isika?
- Ahoana ny fomba namonjen' ny Tompo ny Zanak' Isiraely tamin' ireo miaramila Ejipsiana? (Jereo Eksodosy 14:21–31.) Ahoana no ahafahan' io tantara io manampy antsika amin' ny fotoan' ny fitsapana?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa tahaka ny nanatanterahan' ny Tompo ny fampantantenany hanafaka ny Zanak' Isiraely amin' ny fanandevozana no hanatanterahany ny fampantantenany amintsika. Entano ny mpianatra hampitombo ny fanakitrany ny Sorompanavotan' ny Mpamonjy ary handray ny Fanasan' ny Tompo amim-pahamendrehana sy amim-pisaintsainana, amim-pitandremana ny fanekempihavanana “hahatsiaro Azy mandrakariva” (F&F 20:77).

Fanampin-kevitra
enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany amin' ny lesona.

1. Maka tahaka ny herin' Andriamanitra i Satana

- Inona no nataon' i Farao rehefa naneho ireo famantarana ny herin' Andriamanitra i Mosesy sy i Aharôna? (Jereo Eksodosy 7:8–12, 17–22.) Inona no fantantsika momba an' i Satana avy amin' io andininy io?
- Inona ireo fomba sasantsasany akan' i Satana tahaka ny herin' Andriamanitra sy ireo fitahiana amin' izao fotoana izao? Inona no fanomezam-pahasoavana nomen' ny Tompo antsika hanampy antsika hanavaka ny tsara amin' ny ratsy? Ahoana ny fomba ahafahantsika mampitombo ny fahafahantsika manavaka ny tsara amin' ny ratsy?

2. Ireo loza

- Nahoana no nandefa ireo loza ireo tao Ejipta ny Tompo? (Jereo Eksodosy 7:5, 17; 8:10; 9:14, 29; 10:2, 14:4.) Inona no nasetrin' i Farao tamin' ireo loza? (Jereo ohatra ny Eksodosy 8:8, 15, 25, 28, 32.) Nahoana no tsy nikasika ny Zanak' Isiraely ireo loza ireo? (Jereo Eksodosy 9:4–6, 23–26; 10:22–23; 11:4–7.)

3. Ny Paska

Raha mampianatra ny fomba maha-mariky ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ny Paska ianao, dia azonao atao ny maka ireto fitaovana manaraka ireto hanehoana ny mariky ny Paska:

- a. Sarin' ny zanak' ondry sy varavarana.
- b. Mofo boribory fisaka tsy misy lalivay, bisikoy tsy misy lalivay ary mofo "matzots" (mofo tsy misy masirasira fihinana amin' ny Paska) (mba hanehoana ny mofo fisaka tsy misy masirasira).
- d. Anana na salady romana (ho an' ny ana-mangidy).
- e. Kiraro anankiroa na kapa (nihinana ny sakafo miaraka amin' ny kirarony eny an-tongony ny Isiraelita, mariky ny fahamaikana izay handaozany an' i Ejipta).

4. "Ary izy rehetra dia natao batisa. . . tao amin' ny rahona sy ny ranomasina" (1 Korintiana 10:2)

Azonao atao ny mamaky ny 1 Korintiana 10:1–4, izay ampianaran' i Paoly fa ny Zanak' Isiraely dia natao batisa tao amin' ny rahona sy ny ranomasina. Hoy ny Loholona Bruce R. McConkie hanazavana ny dikan' izany: "Milaza i [Paoly] fa niala ny fahavetavetan' i Ejipta ny Zanak' Isiraely rehefa niampita ny Ranomasina Mena, noho izany amin' ny alalan' ny batisa no ialan' ireo taranany Kristianina dia amin' ny filan' ny nofo sy hiaina ny fiainana masina," (*Doctrinal New Testament Commentary*, 3 vols. [1966-73], 2:355).

“Ho rakitra soa ho Ahy ianareo”

Lesona
14

Eksodoty 15–20; 32–34

Tanjona Hanentana ny mpianatra handray amin’ ny rano sy mofo ara-panahin’ ny Tompo, hanohana ireo mpitondra nofinidiny, sy hankatò ny didiny mba hahafahany manao azy ireo ho “firenena masina” (Eksodoty 19:6).

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Eksodoty 15:22–27; 16:1–31; 17:1–7. Nimonomonona ny Zanak’ Isiraely satria noana sy nangetaheta izy ireo, ka nomen’ ny Tompo rano sy mana ary papelika.
 - b. Eksodoty 17:8–13; 18:13–26. Tonga niady tamin’ ny Isiraely i Amaleka. Nahery ny Isiraely rehefa nasandratr’i Mosesy ny tanany, fa nahery kosa ny Amalekita rehefa reraka i Mosesy ka nampidina ny tanany. Nanohana ny tanan’ i Mosesy i Aharôna sy i Hora, ka nandresy tamin’ ny ady ny Isiraely (17:8–13). Nanaraka ny torohevitr’ i Jetro hifidy mpitsara sy hanome fahefana azy ireo i Mosesy (18:13–26).
 - d. Eksodoty 19–20. Nihaona tamin’ i Mosesy tao an-tendrombohitr’i Sinay ny Tompo ary nanome ny Zanak’ Isiraely ny Didy folo .
 - e. Eksodoty 32–34. Nahazo takela-bato misy ireo fampianarana avy amin’ ny Tompo i Mosesy, saingy novakiny ireo takela-bato rehefa niverina avy tany Sinay izy ka nahita ny olona nanompo omby volamena (31:18; 32:1–24). Noesorin’ ny Tompo tamin’ ny Zanak’ Isiraely ny ôrdônansin’ ny Fisoronan’ i Melkizedeka ka nomeny lalàna ambanimbany kokoa izy ireo, ny lalàn’ i Mosesy (Traduction de Joseph Smith, Exode 34:1–2). Nanamboatra takela-bato vaovao hanoloany izay novakiny i Mosesy, saingy tsy hita tao amin’ ilay takela-bato vaovao ireo teny momba ny fanekempihavanana mandrakizain’ ny fisoronana (Jereo Eksodoty 34:1–5; Traduction de Joseph Smith, Deutéronome 10:2). Nanao fanekempihavanana hankatò ny lalàn’ i Mosesy ny olona. (34:10–35).
 2. Vakiteny hafa: Salamo 78; 1 Korintiana 10:1–11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–27.
 3. Mitondrà boky isan-karazany na fitaovana hafa mavesatra raha hanao ny lesona ampiasana fitaovana ao amin’ ny pejy 76–77 ianao.
 4. Raha misy ny *Cassettes d’ accompagnement de l’ Ancien Testament* (53224 140) eo aminareo, dia azonao atao ny mampiseho ny “Idolâtrie moderne”, ampahany maharitra fito minitra eo, ho ampahany ao amin’ ny lesona.
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny fampiasana manaraka (na iray amin’ ny anao) hanombohana ny lesona.

- Eritrereto hoe tsy maintsy mankany amin' ny tany foana izay tsy mbola nandehanao mihitsy ianao, ary tsy misy sarintany momba izany. Ahoana no fomba hiomananao amin' izany dia izany? (Mety ho samy hafa ny valiny, fa ny fiomanana hanampy dia ny fitadiavana mpitarika.)
- Toetra toa inona no tianao hananan' ny mpitarika izay mitondra anao any antany foana? (Mety ho samy hafa ny valiny, saingy ny mpitarika dia tokony hahafantatra ilay toerana ary mendri-pitokisana.)
- Iza no mpitarika an' i Mosesy sy ny Zanak' Isiraely rehefa nandositra an' i Ejipta sy niditra ny tany an-tany foana izy? (Ny Tompo.)

Mariho fa ny zava-nitranga tamin' ny Israelita rehefa nandeha tany an-tany foana dia afaka mampianatra antsika lesona maro lehibe raha mandia ny fiainana an-tany isika. Anisan' ny lesona iray manan-danja fa isika dia afaka mahatoky an' Andriamanitra hitarika antsika sy hiahy antsika tahaka ny nataony tamin' ireo Isiraelita.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana azy eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina. Satria ho sarotra ny hanome ny fanontaniana rehetra na hiresaka momba ny zavatra rehetra ato amin' ny lesona, dia ento amim-bavaka ny fifantenana ireo izay mifanentana tsara amin' ny ilain' ny mpianatra.

1. Nanome mana, rano ary papelika ho an' ny Zanak' Isiraely ny Tompo.

Ampianaro sy hadihadio ny Eksodosy 15:22–27; 16:1–31; ary ny 17:1–7.

Rehefa avy niampita ny Ranomasina Mena ny Israelita, dia nasain' ny Tompo notarihin' i Mosesy ho any amin' ny tany nampanantenaina izy ireo. Saingy notsapain' ny Tompo aloha ny finoan' ireo Israelita tany an-tany foana. Maro tamin' ireo vahoaka no tsy ampy finoana, nimonomonona tamin' ny Tompo fa tsy nitodika tany Aminy. Na izany aza, dia nomen' ny Tompo rano izy noho ny hetahetany ary mana sy papelika noho ny hanoanany.

- Inona no olana natrehin' ny Israelita ao amin' ny Eksodosy 15:22–24 sy 17:1–3? Inona no navalin' i Mosesy rehefa nimonomonona taminy ny vahoaka? (Jereo Eksodosy 15:25; 17:4. Nangataka fanampiana tamin' ny Tompo izy.) Inona ny lesona azontsika tsoahina avy amin' ny fihetsik' i Mosesy? Ahoana no namalian' ny Tompo ny vavaka naton' i Mosesy mba hahazo fanampiana? (Jereo Eksodosy 15:25–26; 17:5–7.)
- Nanome rano ara-nofo sy ara-panahy ho an' ny Zanak' Isiraely ny Tompo. Ny rano ara-nofo dia avy tao amin' ny vatolampy izay novelesin' i Mosesy; ny “zava-pisotro ara-panahy” dia avy tamin' ny “Vatolampy ara-panahy” izay i Kristy (1 Korintiana 10:4). Inona ny rano ara-panahy izay miboiboika avy ao amin' i Kristy? (Jereo 1Nefia 11:25.) Ahoana ny fomba ahafahantsika misotro izany rano izany? Inona no ampanantenaina an' ireo izay misotro izany rano izany? (Jereo Jaona 4:14; F&F 63:23.)
- Inona no olana natrehin' ny Israelita ao amin' ny Eksodosy 16:2–3? Ahoana no navalin' ny Tompo izany? (Jereo Eksodosy 16:4, 11–15.) Ankoatry ny nanalàna ny hanoanan' ny vahoaka, inona ihany koa ireo antony hafa nandefasana ny mana?

- a. Haneho amin' ny Tompo raha hankatò Azy ny vahoakany izany (Eksodisy 16:4, 16–31).
 - b. Hanome fampahatsiahivana ny vahoaka isan' andro ny amin' ny hery sy ny fitiavan' ny Tompo izany (Eksodisy 16:12).
 - d. Hampianatra ny vahoaka fa tsy tokony hivelona “amin' ny mofo” ihany izy, fa hivelona amin' izay rehetra aloaky ny vavan' i Jehovah” (Deuteronomy 8:3).
 - e. Hahatonga ny olona hanetry tena ary hanampy azy hahazo famonjena (Deuteronomy 8:16).
- Araka ny hevitrao, ahoana ny fomba nanampian' ny fandefasana ny mana hanatanteraka ireo antony tsirairay ireo? Ahoana ny fomba hanatanterahan' ny Tompo ny tsirairay amin' ireo antony ireo eo amin' ny fiainantsika?
 - Ahoana no maha-fanehoana an' i Kristy ny mana? (Jereo Jaona 6:35.) Inona no maha-samy hafa ny mofon' ainan' i Kristy amin' ny mana? (Jereo Jaona 6:48–51.) Ahoana no fomba ahafahantsika mandray amin' ny mofon' ainan' i Kristy isan' andro?
 - Tsy maintsy nanangona mana isan' andro ny Isiraelita mba hahazoana hery ara-nofo. Ahoana no itovian' izany amin' ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahazoantsika hery ara-panahy? (Toy ny ilantsika sakafo isan' andro mba hahazoana hery ara-nofo, no ilantsika sakafo isan' andro ihany koa mba hahazoana hery ara-panahy. Tsy tokony hanantena ho voky ara-panahy isika raha mianatra ny soratra masina sy mivavaka tsindraindray.)
 - Inona no mitranga matetika rehefa notahirizin' ny Isiraelita mandra-paharainan' ny andro ny mana? (Jereo Eksodisy 16:19–20.) Inona no nitranga rehefa notahiriziny mandra-paharainan' ny andro ho fiomanana amin' ny Sabata ny mana? (Jereo Eksodisy 16:22–25.) Ahoana ny fomba hampiharantsika izany amin' ny fiomanantsika isan-kerinandro ho amin' ny Sabata?
 - Inona no mety ho nitranga tamin' ny Isiraelita raha nanandrana ny nandeha tany an-tany foana tsy niaraka tamin' ny fanampian' ny Tompo izy? Inona no hitranga amintsika raha manandrana mamakivaky ny fiainana an-tany tsy miaraka amin' ny fanampian' ny Tompo isika?

2. Nihazona ny tanan' i Mosesy i Aharôna sy i Hora mba handresen' ny Isiraely amin' ny ady amin' i Amaleka. Manaraka ny torohevitr' i Jetro hifidy mpitsara sy hanome fahefana ho azy ireo i Mosesy.

Ampianaro sy hadihadio ny Eksodisy 17:8–13 ary 18:13–26. Mariho fa ireo tantara roa ireo dia samy mampianatra antsika ny maha-zava-dehibe ny fanohanana ireo mpitondra Fiangonana.

- Niady tamin' ny Zanak' Isiraely ny Amalekita nandritra ny taona maro, nanomboka tamin' ny andron' i Mosesy. Ahoana ny fomba nahafahan' ny Isiraelita nandresy ny vahoakan' i Amaleka tamin' ny ady izay voalaza ao amin' ny Eksodisy 17:8–13? (Rehefa nanohana an' i Mosesy tamin' ny fihazonana ny tanany i Aharôna sy i Hora, dia nandresy tamin' ny ady ny Isiraelita.) Karazan' ady ara-panahy toa inona no atrehintsika ankehitriny? Ahoana ny fanohanana ny mpaminany no manampy antsika handresy amin' ireo ady ireo?

Nilaza ny Filoha Ezra Taft Benson manao hoe: “Tsaroako ny fomba nananganan' i Mosesy ny tanany teny ambony havoana ho an' ny fandresen' ny miaramila Isiraelita. Raha mbola nanangana ny tanany ihany i Mosesy dia nandresy ny

Isiraelita, saingy rehefa midina noho ny havizanana izany, dia nandresy ny fahavalo. Izany no antony ‘nanohanana’ i Aharôna sy i Hora ny tanany, teo anilany avy,’ ka nandresy ny Isiraely (Eksodosy 17:12). Handresy ihany koa isika raha manohana ny tanan’ ireo mpanompo voahosotry ny Tompo” (ao amin’ ny Conference Report, Apr. 1986, 98; na *Ensign*, Mey 1986, 77).

- Inona no nampiahiahy an’ i Jetro raha nahita ireo vahoaka tonga teo amin’ i Mosesy amin’ ny maraina mandra-paharivan’ ny andro izy? (Jereo Eksodosy 18:13–18.) Inona no nasain’ i Jetro ataon’ i Mosesy? (Eksodosy 18:19–23.)
- Inona avy ireo andraikitra ny mpaminany voalaza ao amin’ ny Eksodosy 18:16–20?

Azonao atao ny mampitady ny mpianatra ireo andraikitra ao amin’ io andininy io, rehefa avy eo dia soraty eo amin’ ny solaitrabe ny valin-teny. Azonao atao ihany koa ny manao ity lesona ampiasana fitaovana ity: Manasà mpianatra iray hanainga ny tanany. Rehefa fantatra ny andraikitra voalohany, dia apetraho eo ambonin’ ny tanan’ ilay mpianatra ny boky iray na zavatra hafa mavesatra iray. Ampio boky na zavatra mavesatra iray hatrany isaky ny andraikitra hafa voafaritra tsara.

- a. Mpitsara ny vahoaka (Eksodosy 18:16).
- b. Misolotena ny vahoaka eo anatrehan’ Andriamanitra (Eksodosy 18:19).
- d. “Hampianatra azy ny didy” (Eksodosy 18:20).
- e. “[Haneho] azy ny lalana tokony halehany” (Eksodosy 18:20).
- f. “[Haneho] azy. . .ny asa izay mety hataony” (Eksodosy 18:20).

- Ahoana ny fomba ahafahantsika manohana ny tanana sy manamaivana ny enta-mavesatry ny mpaminany sy ny apôstôly amin’ izao fotoana izao? (Jereo F&F 21:4–5; 107:22. Rehefa manome hevitra ireo mpianatra, dia esory eo ambonin’ ny tanan’ ilay mpianatra izay mihazona izany ny sasany amin’ ireo boky na ireo zavatra hafa mavesatra.)
- Ahoana ny fomba ahafahantsika manohana ny mpitondra Fiangonana eo amin’ ny toerana misy antsika? (Mety ho anisan’ ny valiny ny firesahana tsara momba azy ireo, manompo amim-pahazotoana amin’ ny antsontsika ao ampianongana, ary ho mpampianatra isan-tokantrano sy mpamangy isan-tokantrano tsara.)
- Ahoana ny fomba nitahiana anao raha nanohana ireo mpitondra Fiangonana ianao? (Azonao atao ny mampiasa ny F&F 21:6 amin’ ity fifanakalozan-kevitra ity.)

3. Mihaona amin’ i Mosesy eo an-tendrombohitra Sinay ny Tompo ary manome ny Zanak’ Isiraely ny didy folo .

Ampianaro sy hadihadio ny Eksodosy 19–20.

Tao anatin’ ny telo volana nidiran’ ny Isiraely ny tany foana, dia naniry ny hanao fanekempihavanana aminy ny Tompo (Eksodosy 19:5–6). Anisan’ izany fanekempihavanana izany, dia nanambara ny didy folo tamin’ i Mosesy Izy.

- Raha nitoby teo an-tendrombohitra Sinay ny Zanak’ Isiraely, dia inona no nampanantenain’ ny Tompo raha mankatò izy ireo? (Jereo Eksodosy 19:3–6. Hataony “rakitra soa. . .fanjakam-pisorona, ary firenena masina” izy ireo.)

Inona no hevitr' izany fampanantenana izany? Ahoana no fomba iharan' izany fampanantenana izany amintsika ankehitriny?

Midika io fampanantenana io fa ho olon' ny fanekempihavanan' ny Tompo Isiraely, niangarana noho ny firenena rehetra ary voafidy hitondra ny fisoronana sy ny filazantsra amin' ny olona rehetra (Jereo Deotoronomia 7:6; 14:1–2; 1 Petera 2:9).

- Inona no traikefa tian' ny Tompo hananan' ny vahoakany tany an-tendrombohitra Sinay? (Jereo Eksodosy 19:9; 11, 16–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:23.) Inona no takin' ny Tompo hataon' ny olony alohan' ny hihaonany Aminy? (Jereo Eksodosy 19:10,14.)
- Toerana masina izay tian' ny Tompo hiresahana amin' ny olony sy hihaonany aminy ny tendrombohitra Sinay. Inona ny toerana masina efa nomeny antsika izay ahafahantsika mahazo fitahiana sahala amin' ireo? (Tempoly; jereo F&F 97:15–16; 109:12–13.) Asao ny mpianatra hilaza ny fomba nanampian' ny Tempoly azy ireo handre ny tenin' ny Tompo sy hahatsapa ny fisiany.
- Ny didy efatra voalohany ao amin' ny Eksodosy 20 dia mampianatra ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra (Eksodosy 20:3–11). Nahoana no zava-dehibe ny didy momba ny fanompoana ny Tompo sy ny tsy hananana andriamankafa eo anatrehan' amin' izao fotoana izao? Inona ireo andriamankafa tompoin' ny olona amin' izao fotoana izao? (Jereo 1 Samoela 15:23; Efesiana 5:5; F&F 1:15–16.)

Hoy ny Filoha Spencer Kimball hoe:

“Anisan' ny fahotana lehibe ny fanompoan-tsampy. . . . Ny fanompoan-tsampy amin' izao fotoana izao dia miendrika ho toy ny fitafiana, tokantrano, asa, milina, fiara, sambo fialam-boly, ary ireo fitaovana ara-nofo marobe izay misakana antsika amin' ny lalana mankany amin' ny maha-Andriamanitra

“Ny zavatra tsy azo kasihina dia mora ho mety andriamankafa ho antsika. Ny mari-pahaizana, ny fahalalana sy ny anaram-boninahitra dia mety ho lasa sampy. . . .

“Maro ny olona izay manangana sy mameno fanaka ny trano sy mividy fiarakodia aloha—ary avy eo “tsy manam-bola” handoavana fahafolonkarena intsony. Iza no tompoin' ireny? Mazava ho azy fa tsy ny Tompon' ny lanitra sy ny tany. . . .

“Maro ny manompo ny fihazana, ny fandehanana manjono, ny fialan-tsasatra, ny fitsangatsanganana amin' ny faran' ny herinandro. Ny sasany manana ny sampiny toy ny lalao fanatanjahan-tena, 'baseball', baolina kitra, tolon' omby, na golfa. . . .

“Mbola endriky ny zavatra hafa tompoin' ny olona ihany koa ny fahefana sy ny laza. . . . Ireo andriamanitry ny hery, harena, ary ny fahefana dia mandany be ny fotoanantsika ary mitovy amin' ilay omby volamenan' ny Zanak' Isiraely tany an-tany foana” (*Le Miracle de Pardon*, pp 44–45)

- Inona avy ireo fomba sasantsasany hanononan' ny olona foana ny anaran' Andriamanitra? Nahoana no zava-dehibe ny tsy hanononantsika foana ny Anarany?

- Nahoana no zava-dehibe amintsika ny fitandremana ny andro Sabata ho masina? (Jereo Eksodosy 20:8; 31:16–17; Isaia 58:13–14; F&F 59:9–10.) Ahoana no tokony hanapahantsika hevitra ny amin’ ireo asa mifanaraka amin’ ny Sabata? Ahoana ny fomba nitahiana anao rehefa nitandrina ny andro sabata ho masina ianao?
- Avereno jerena ireo didy anankienina mikasika ny fifandraisantsika amin’ ny olona hafa (Jereo Eksodosy 20:12–17). Ahoana no manatsara ny fifandraisantsika amin’ ny hafa ny fankatoavana ireo didy ireo? (Azonao atao ny mifantoka amin’ ny didy tsirairay, mamaritra ny heviny sy mifanakalo hevitra momba izany rehefa ilaina izany.)

4. Mampiditra ny lalàn’ i Mosesy ny Tompo.

Ampianaro sy hadihadio ny Eksodosy 32–34.

Rehefa niresaka tamin’ i Mosesy teo an-tendrombohitra Sinay ny Tompo, dia nanambara lalàna izay ahitana ny ôrdônansin’ ny Fisoronan’ i Melkizedeka Izy (F&F 84:19–23). Na izany aza, ny toetran’ ny Isiraélita maha-mpanompo sampy azy dia naneho fa tsy mbola vonona hiaina ny fahafenoan’ ny filazantsara izy (Eksodosy 32:1–9; F&F 84:24). Satria nanadino ny Tompo avy hatrany izy, dia noesoriny tamin’ izy ireo ny Fisoronan’ i Melkizedeka ary nanambarany ny lalàna ambanimbany kokoa izy–ny lalàn’ i Mosesy (Traduction de Joseph Smith , Exode 34:1–2; F&F 84:25–27).

Tsy manova ny didy, ny fanekehampihavanana, na ny fitsipiky ny filazantsara ny lalàn’ i Mosesy. Fa kosa manome “lalàn’ ny fombam-pivavahana sy ôrdônansy, dia lalàna izay tsy maintsy narahiny ara-bakiteny isan’ andro, mba hitehirizana azy ao amin’ ny fahatsiarovana an’ Andriamanitra sy ny adidiny Aminy” (Môsià 13:30). Mampianatra ny olona hibebaka noho ny fahotany ny lalàn’ i Mosesy ary hanonitra izany, hanaraka lalàna ara-bakiteny amin’ ny fanaovana sorona biby, hitandrina ny tenany ho salama tsara, hanohana ny asan’ ny Tompo, haneho fisaorana, ary hampihavanina amin’ Andriamanitra.

- Nahoana no nanome ny lalàn’ i Mosesy ny Zanak’ Isiraely ny Tompo? (Jereo Galatiana 3:23–24; Môsià 13:29; Almà 25:15–16; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 84:19–27.) Ahoana ny fomba hanampian’ io lalàna io ny Isiraely ho masina ary hitondra azy ireo ho eo amin’ i Kristy? (Jereo Môsià 13:30; Almà 34:14–15.)
- Oviana no tanteraka ny lalàn’ i Mosesy? (Jereo 3 Nefia 15:4–10.) Ankehitriny, tsy mitaky sorona biby intsony ny Tompo, izay ampahany lehibe tao amin’ ny lalàn’ i Mosesy, dia inona no sorona asainy ataontsika? (Jereo 3 Nefia 9:19–22.) Inona no hevitra ny hoe manolotra fo torotoro sy fanahy manenina?

Nampianatra ny Loholona M. Russell Ballard hoe:

“Na dia tanteraka aza ny lalàn’ i Mosesy, dia mbola mitohy hatrany ny fitsipiky ny lalàn’ ny sorona ho ampahany ao amin’ ny fotopampianaran’ ny Fiangonana.

“Raha mbola ny fitsapana sy ny fanampiana antsika hanatona an’ i Kristy hatrany no tanjona voalohan’ ny lalàn’ ny sorona, dia misy fampivoarana anankiroa natao taorian’ ny sorona lehibe nataon’ i Kristy. Voalohany, ny ôrdônansin’ ny Fanasan’ ny Tompo dia nanolo ny ôrdônansin’ ny sorona [biby]; ary faharoa, ity

fiovana ity nanova ny fifantohana amin' ny sorona biby nataon' ny olona ho amin' ny sorona olona izay Izy tenany mihitsy. Izany hoe: ny sorona dia niova ho ny mpanolotra fa tsy ny natolotra. . . .

“. . . Taorian' ny asa nampanaovina Azy tetỳ an-tany, dia nampiakarin' i Kristy ho ambony ny lalàn' ny sorona. . . . Ho solon' ny fangatahan' ny Tompo biby na voa amin' ny olona, dia tian' ny Tompo ankehitriny ny hialantsika amin' ireo rehetra izay tsy masina. Fampiasana ambonimbony kokoa ny lalàn' ny sorona izany; mipaka hatrany anatin' ny fanahin' ny olona" (*The Law of Sacrifice* [lahateny izay natolotra tamin' ny 13 Aogositra 1996 tao amin' ny Fivorian' ny toeram-pianaran' ny Fianganana, 5).

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona amin' ny mpianatra fa raha handray amin' ny rano sy ny mofo ara-panahin' ny Tompo izy ireo, hanohana ny mpitondrany, ary hankatò ny didiny, dia hanasa azy ireo Izy ho any amin' ny tendrombohiny masina—ny Tempoly. Any no hihaonany Aminy, handraisany ny lalàn, hahitany ny voninahiny, ary handroso ombam-panahy hitovy Aminy bebe kokoa.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ity fanovozan-kevitra manaraka ity dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Ny didy folo

Mariho fa ny didy folo dia averina ao amin' ny Deuteronomia 5:5–21, Môsià 12:33–36 sy 13:12–24, aary F&F 42:18–27 sy 59:5–16. Avereno jerena ireo andalana ireo mba hahazoana hevitra lalindalina kokoa momba ny Didy folo.

2. Ilay omby volamena

Azonao atao ny miresaka momba ny fanamboarana sy ny fanompoana ilay omby volamena araka ny voarakitra ao amin' ny Eksodosy 32. Maro ny fitsipika azo tsoahina avy amin' io tantara io, anisan' izany ireto anankiroa eto ambany ireto:

- a. Ny fahazarana taloha sy ny finoana ary ny toetra dia sarotra ialana. Na dia nandao an' i Ejipta ara-nofa aza ny Isiraelita, dia tsy mbola afaka ara-panahy tamin' ny fitaomany izy ireo. Rehefa nahare ny feon' ny Tompo manambara ny Didy folo avy ao an-tendrombohitry Sinay ny Isiraelita, dia noravany hain-gana ireo roa voalohany.
- b. Zava-dehibe ny fanoherana ny fitaoman-dratsy ataon' ny sasany. Aharôna dia tsy nahatohitra ny fanirian-dratsin' ny Isiraelita. Amin' ny fotoana toy izany, dia tsy maintsy miteny hoe "tsia" ny mpitondra sy ny ray aman-dreny, na dia mety handratra na hahavery ny fisakaizana amin' ireo izay eo ambany fiandraiketany aza izany.

Tanjona

Hanentanana ny mpianatra handresy ny fanirian’ izao tontolo izao ka hahatahotra ary hijery ny Mpamonjy sy ireo mpaminaniny mba ho fitarihana.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Nomery 11. Mimonomonona momba ny mana ny Isiraelita ary naniry ny hihinana hena (11:1–9). Mangataka fitarihana sy fanampiana amin’ ny fitondrana ny enta-mavesany amin’ ny Tompo i Mosesy (11:10–15). Araka ny torolalan’ ny Tompo, dia manangona loholona 70 i Mosesy mba hanampy azy (11:16–17, 24–30). Mamaly ny fanirian’ ny Isiraelita hena ny Tompo amin’ ny fandefasana papelika marobe ary nokapohiny tamin’ ny loza izy ireo noho ny fahamatesan-kaniny sy ny fanarahany tanteraka ny faniriany (11:18–23, 31–35).
 - b. Nomery 12. Manome tsiny an’ i Mosesy i Miriama sy i Aharôna, nimoimoy ny amin’ ny nanambadiany vehivavy Etiopiana ary ny tsy nankasitrahany azy intsony ho mpitarika manam-pahefana (12:1–3). Tezitra sy nanasazy an’ i Miriama sy i Aharôna ny Tompo noho ny fimonomonony (12:4–16).
 - d. Nomery 13–14. Maniraka lehilahy 12 hisafo ny tanin’ i Kanana i Mosesy (13:1–20; mariho fa Hosea ao amin’ ny andininy faha 16 dia Josoa). Niverina niaraka tamin’ ny tatitra nahafinaritra momba ny haren’ ny tany izy ireo, saingy ny rehetra, ankoatr’ i Josoa sy i Kaleba dia natahotra ny mponina ka nikasa ny hiverina any Ejipta (13:21–4:10). Nilaza tamin’ i Mosesy ny Tompo fa noho ny tsy fahampiam-pinoana sy ny fimonomononany ny Isiraelita dia hirenireny any an-tany foana izy ireo mandra-pahafatin’ ny olon-dehibe ankoatr’ i Josoa sy i Kaleba (14:11–39).
 - e. Nomery 21:1–9. Mandrava ny Kananita izay tonga hiady aminy ny Isiraelita (21:1–3). Mandefa menaran’ afo ny Tompo ho sazin’ ny fimonomononany ny Isiraelita tsy misy fijanonana (21:4–6). Manamboatra menarana varahina i Mosesy, manatona izany amin’ ny hazo lava, ary miteny amin’ ny vahoaka fa raha mijery izany izy, dia ho velona (21:7–9).
2. Vakiteny hafa: Jaona 3:14–16; 1 Nefia 17:41; Almà 33:18–22; 37:46–47; Helamana 8:13–15.
3. Raha manao ny fisarihana ny saina ianao, dia manaova peta-drindrina misy ny teny hoe *Ny tany nampanantenaina*.
4. Raha misy ny sarin’ i Mosesy sy ny Menarana varahina, dia azonao atao ny mampiasa izany mandritra ny lesona (62202).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina

Azonao atao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin' ny anao) hanombohana ny lesona.

Soraty eo amin' ny solaitrabe ny teny hoe *Ejipta*. Apetraho eo amin' ny lafiny hafa ao an' efitrano fianarana ny peta-drindrana misy ny teny hoe *Ny tany nampanantenaina*. Mangataha mpianatra iray hiainga avy eo amin' ilay solaitrabe ho eny amin' ilay peta-drindrana ka mitodika mijery avy eo ambonin' ny sorika ilay teny hoe *Ejipta* eny amin' ny solaitrabe.

Raha mananosarotra an' ilay mpianatra ny mamonjy ilay peta-drindrana, dia omeo izao fanontaniana manaraka izao:

- Nahoana no sarotra ny mandeha mandroso mahitsy raha mijery any aoriana?

Raha mora tamin' ilay mpianatra ny namonjy ilay peta-drindrana dia omeo izao fanontaniana manaraka izao:

- Hatraiza no afaka andehananao, araka ny hevitrao, ka tsy mijery ny lalana mahitsy? Nahoana no sarotra ny mandeha mahitsy raha mijery any aoriana ianao?

Hazavao fa azo ampitahana amin' ny dian' ny Isiraelita avy tany Ejipta io fampisehoana io. Na teo aza ireo fitahiana azon' ny Isiraelita avy tamin' ny Tompo, dia mbola nirian' izy ireo ihany ny tsy nandao an' i Ejipta noho ny tahony sy ny tsy finoany. Ny fahatsiarovany an' i Ejipta dia nampihemotra sy nahasarotra ny diany ho any amin' ny tany nampanantenaina.

Fanadihadiana sy
fampiharana
soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana azy eo amin' ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina. Satria ho sarotra ny hanome ny fanontaniana tsirairay na hiresaka momba ny zavatra rehetra ato amin' ny lesona, dia ento amim-bavaka ny fifantenana izay tena mifanentana tsara amin' izay ilain' ny mpianatra. Azonao atao ny mamorona fanontaniana sasantsasany mba hifandray amin' ny toe-javatra misy amin' ny mpianatra.

1. Mamaly ny fanirian' ny Isiraelita hihinana hena ny Tompo amin' ny fandefasana papelika ho azy ireo ary nikapoka azy tamin' ny loza.

Ampianaro sy hadihadio ny Nomery 11.

- Na dia fitahiana lehibe avy amin' ny Tompo aza ny mana, dia nanomboka nimonomonona momba izany ny Isiraelita (Nomery 11:6). Inona no nahatonga ny fimonomononany? (Jereo Nomery 11:4-5; nanomboka nieritreritra izy ireo ka naniry ny hihinana hena sy sakafo hafa izay efa nohaniny tany Ejipta.) Inona no maharatsy ny fitadiavana zavatra hafa ankoatr' izay ny efa ananantsika?
- Nanjary mpankafy hena fatratra ny Isiraelita ka hadinony ny tany nampanantenaina ary nanomboka naniry ny tsy nandao an' i Ejipta (Nomery 11:4-6). Inona avy ireo ohatra sasantsasany, amin' izao fotoana izao, momba ny fana-

dinoan' ny olona ny fitahiana lehibe mba hanatanterahany ny faniriany eo no ho eo ihany? Nahoana no manao izany ny olona? Ahoana ny fomba ialantsika amin' ny fakam-panahy toy izany?

- Ahoana no namalian' ny Tompo ny fanirian' ny Isiraelita hihinana hena?
- Nanjary reraka noho ny fahotan' ny Isiraelita i Mosesy ka nangataka tamin' ny Tompo haka ny ainy (Nomery 11:14–15). Ahoana no nampiononan' ny Tompo azy? (Jereo Nomery 11:16–17. Nantsoina ny lehilahy 70 mba hanampy azy.) Inona ireo fitahiana lehibe azon' ireo lehilahy ireo? (Nomery 11:24–29.)

2. Manafay an' i Miriama sy i Aharôna noho ny nanomezany tsiny an' i Mosesy ny Tompo.

Ampianaro sy hadihadio ny Nomery 12.

- Nanome tsiny an' i Mosesy amin' ny maha-mpitondra manana fahefana azy i Miriama sy i Aharôna, ary nanamarika fa nahazo fanambarana ihany koa izy ireo (Nomery 12:2). Inona no navalin' ny Tompo ny fimenomenonan' izy ireo? (Jereo Nomery 12:5–9.) Inona no fetran' ny zo ananantsika amin' ny fahazoana fanambarana?

Hoy ny Loholona James E. Faust hoe: “Ny mpaminany, mpahita, ary mpambara dia efa nanana ary mbola manana andraikitra sy fahafahana maha-zo sy manambara ny tenin' Andriamanitra ho an' izao tontolo izao.

Ny mpikambana tsirairay, ny ray aman-dreny, ary ny mpitarika dia manana zo hahazo fanambarana ho an' ny andraikiny manokana saingy tsy manana adidy na zo hanambara ny tenin' Andriamanitra mihoatra ny fetran' ny andraikiny manokana” (tao amin' ny Conference Report, Okt.1989, 9; na *Ensign*, Nov 1989, 8).

- Nosazian' ny Tompo i Miriama sy i Aharôna noho ny fanomezany tsiny ny fanambadian' i Mosesy tamin' ny vehivavy Etiopiana iray (Nomery 12:1, 9–10). Inona no vokany eo amintsika rehefa manakiana ireo mpitondra fiangonana isika? Ahoana no mety hisy voka-dratsy eo amin' ny fianakaviansika sy ny namantsika ny fanakianantsika ny mpitondra fiangonana?
- Nomery 12:3 dia milaza fa “lehilahy nalemy fanahy i Mosesy.” Inona no hevity ny teny hoe malemy fanahy?

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: “Ny fahalemem-panahy dia ahitana ny fanahy feno fankasitrahana izay mifanohitra amin' ny avonavona, fankasitrahana ny hery lehibe izay mihoatra ny tena, ny fanekena an' Andriamanitra, ary ny fankatoavana ny didiny” (“With All Thy getting Get Understanding,” *Ensign*, Aog. 1988, 3–4).

- Ahoana no nanehoan' i Mosesy ny fahalemem-panahiny rehefa voasazy noho ny nanoherany azy i Miriama? (Jereo Nomery 12:13–15. Nitalaho tamin' ny Tompo izy mba hanasitrana ny anabaviny, fa tsy nifaly tamin' ny fahefany hiahny ny anabaviny. Nanemotra ny diany izy sy ny vahoakany mandra-pahasitrana ny anabaviny.) Ahoana ny fomba ahafahantsika ho malemy fanahy, na dia manakiana antsika na manohitra antsika aza ny olona? Ahoana no fomba hanampian' izany antsika hamaliana amim-pahalemem-panahy ny fanakianana?

3. Mandefa lehilahy 12 hisafo an' i Kanàna i Mosesy.

Ampianaro ary hadihadio ny Nomery 13–14.

- Rehefa tonga teo amin' ny sisin-tanin' i Kanàna ny Isiraelita, dia nandefa lehilahy 12 i Mosesy hisafo ny tany, ny haren' ary ny mponina ao (Nomery 13:17–20). Inona no tatitra nentiny momba ny haren' ny tany? (Jereo Nomery 13:23–27.) Inona no nolazain' ireo lehilahy 10 ankoatr' i Kaleba sy i Josoa momba ny olona monina ao Kanàna? (Jereo Nomery 13:28–33.) Ahoana no anaovan' ny sasany amintsika hadisoana tahaka ireto lehilahy 10 ireto ihany koa?

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe:

“Niharan-doza ny folo tamin' ireo mpisafao tany noho ny tahony sy ny ahiahi-ny ihany. Nanome tatitra ratsy momba ny isa sy ny haben' ny Kananita izy ireo. . . . Nohariny tamin' ny valala ny tenany manoloana ireo olona goavambe hitany tany ny. . . .

“Hitantsika ny sasany amintsika izay tsy manisy lanjany ny hoavin' ity asa ity, izay miraika, izay manisy fetra, izay maneho tahotra, izay mandany ny fotoany hikatsahana sy hanoratana ireo heveriny ho fahalemena izay tsy mitondra vokatra. Feno fisalasalana ny momba ny lasany izy ireo, ka tsy manana fahitana momba ny hoaviny” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1995, 93–94; na *Ensign*, Nov. 1995, 71).

- Inona no maha-samy hafa ny tatitry Kaleba sy i Josoa amin' ny an' ireo lehilahy 10? (Jereo Nomery 13:30; 14:6–9.) Nahoana no tsy natahotra ireo mponina tao Kanàna i Kaleba sy i Josoa? (Jereo Nomery 14:9.) Inona avy ireo fomba sasantsasany azontsika anarahana ny ohatr' i Kaleba sy i Josoa rehefa miatrika zava-tsarotra isika?

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe:

“Tsy misy toerana eto amin' ity asa ity ho an' ireo izay mino fotsiny ny filazan-tsara ho fahasambarana sy famoizam-po. Vaovao mahafaly ny filazantsara. Hafatra momba ny fandresena izany. Tokony hoekena amim-pifaliana izany. . . .

“Tsy nilaza mihitsy ny Tompo fa tsy hisy ny hotakotaka. Ny olontsika dia efa niaina fijaliana isan-karazany rehefa nanafika azy ireo ny mpanohitra an' ity asa ity. Nefa nanampy azy ireo ny finoany amin' ny alahelony rehetra. Ity asa ity dia nandroso hatrany ary tsy mbola nihemotra mihitsy hatrany am-piandohany. . . .

“Fotoan' ny tsy fanana fanantenana izao. Asam-pinoana ny antsika. Ho an' ireo rahalahiko sy anabaviko na aiza na aiza no misy azy, manasa anareo aho hanamafy ny finoanareo, hampandroso ity asa ity eo amin' izao tontolo izao. Afaka manamafy izany ianareo amin' ny fomba fiainanareo” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1995, 94–95; na *Ensign*, Nov. 1995, 71–72).

- Ahoana no fihetsik' ireo vahoaka tamin' ny tenin' i Kaleba sy i Josoa? (Jereo Nomery 14:10.) Ahoana no nanafaizan' ny Tompo ny Isiraelita noho ny fitohizan' ny fimonomononan' izy ireo sy ny faniriany hiverina any Ejipta? (Jereo Nomery 14:22–23, 26–35.) Ahoana no namaizany an' ireo lehilahy 10 izay nitondra ny tatitra ratsy momba an' i Kanàna? (Jereo Nomery 14:36–37.) Ahoana no nitahiany an' i Kaleba sy i Josoa noho ny fahatokian' izy ireo (Nomery 14:24, 38.)

4. Manamboatra menarana varahina i Mosesy ary milaza amin' ny olona fa raha mijery izany izy, dia ho sitrana.

Ampianaro sy hadihadio ny Nomery 21:1–9.

- Na dia nanampy ny Isiraelita handresy ny Kananita aza ny Tompo, dia mbola nanohy nimoimoy ihany ny Isiraelita. Ahoana ny fomba namaizan' ny Tompo azy ireo? (Jereo Nomery 21:6.) Ahoana ny fihetsik' ireo Isiraelita teo anoloan' io sazy io? (Jereo Nomery 21:7.)
- Inona no nampanaovin' ny Tompo an' i Mosesy rehefa nangataka Taminy hanala ny menaran' afo i Mosesy? (Jereo Nomery 21:8–9.) Inona no tsy maintsy nataon' ny olona tsirairay mba hamonjena azy amin' ny kaikitra ny menaran' afo?
- Nefia sy i Almà, mpaminany roa ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, dia nampianatra fa maro ireo Isiraelita maty satria tsy nijery ny menarana varahina izy ireo. Nahoana no tsy nijery izany izy? (Jereo 1Nefia 17:41; Almà 33:18–20.)
- Iza no asehon' ilay menarana varahina? (Jereo Jaona 3:14–16; Helamana 8:13–14.)
- Tahaka ny Zanak' Isiraely izay tsy maintsy nijery ilay menarana varahina mba ho velona, no tsy maintsy ijerentsika ihany koa an' i Jesoa Kristy mba hahazoana ny fiainana mandrakizay (Almà 37:46–47; Helamana 8:15). Inona no hevitra ny teny hoe mijery an' i Kristy? Ahoana no anaovan' ny olona ankehitriny hadisoana toy ny Isiraelita izay tsy nijery ny menarana varahina? (Jereo Almà 33:20. Tsy mijery an' i Jesoa Kristy izy ireo satria tsy mino izy fa mety hahavonjy azy ny fanaovana izany.)

Hoy ny Loholona Carlos E. Asay hoe: “Isika, tahaka ny Isiraely fahiny, dia tsy maintsy mampifantoka ny masontsika sy ny saintsika amin' i Kristy raha maniry ny hahazo fiainana mandrakizay. . . . Tsy tokony havela handehandeha na hijanona amin' ny zava-mora lò eto amin' izao tontolo izao ny fije-rintsika. Ny maso. . . dia tokony hozarina mijery ambony. Tokony hijery an' Andriamanitra isika dia ho velona!” (Tao amin' ny Conference Report, Okt. 1978, 81; na *Ensign*, Nov. 1978, 54).

- Nampianatra i Almà fa toy ny nahatsotra ny fomba nahazoana fanasitranana tamin' ny menaran' afo, no mahatsotra ihany koa ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay (Almà 37:46). Amin' ny lafiny inona no mahatsotra ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay? Ahoana ny fomba hanasartan' ny sasany ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay? (Jereo Jakôba 4:14. Mijery mihoatra ny zavatra tsotra sy ny famonjen' ny fitsipiky ny finoana an' i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ary ny fankatoavana izy ireo.) Ahoana no hihazonantsika ny finoantsika izay mifototra amin' i Kristy?

Famaranana

Entano ny mpianatra hijery hihoatra ny zavatr' izao tontolo izao ary tsy hatahotra ny “goaibe” izay mampihataka antsika amin' ny zavatra manan-danja. Mijoroa ho vavolombelona fa raha “hijery ny Zanak' Andriamanitra amim-pinoana” isika (Helamana 8:15) ary hanaraka ny mpaminaniny, dia hotahiana amin' ity fiainana ity sy amin' ny fiainana ho avy isika.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ity fanovozan-kevitra manaraka ity dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. “Andeha isika. . . hiverina any Ejipta” (Nomery 14:4)

- Inona no fihetsiky ny Isiraelita rehefa:
 - a. Tafalatsaka teo anelanelan' ny Ejipsiana sy ny Ranomasina Mena izy? (Jereo Eksodosy 14:10–12.)
 - b. Tsy nahazo na inona na inona hohanina ankoatry ny mana? (Jereo Nomery 11:4–6, 18–20.)
 - d. Nahazo asa amin' ny fanjanahana ny tanin' i Kanana? (Jereo Nomery 14:1–4.)
 - e. Kivy noho ny hamafin' ny dia tany an-tany foana? (Jereo Nomery 21:4–5.)
- Nahoana araka ny hevitrao no sarotra ho an' ny Isiraelita ny nahafoy an' i Ejipta? Inona ihany koa ireo zavatra hafa izay sarotra amintsika ny mamoy azy ankehitriny? Ahoana no fomba ahafahantsika mifankahery eo amin' ny ezaka hialana amin' ireo fahazarana taloha na ny toetra ratsy?

2. Aiza no ahitana fitarihana

Mampianatra antsika izay hitadiavana fitarihana ny bokin' i Nomery. Azonao atao ny manatitrantitra ity fampianarana ity amin' ny fanoratana ireto fitsipika manaraka ireto eo amin' ny solaitrabe rehefa mampianatra ny tantara ao amin' ny soratra masina ianao:

- a. Mijery ny mpaminany (Nomery 12).
- b. Mijery ny tany nampanantenaina—ho antsika, ny fanjakana selestialy (Nomery 13–14).
- d. Mijery ny Mpamonjy (Nomery 21:4–9).

Tanjona

Hanampy ny mpianatra hankatò ny sitrapon’ Andriamanitra tsy amim-pisalasalana.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Nomery 22:1–21. Balaka, Mpanjakan’ i Moaba dia nihoron-koditra tamin’ ny fanatonan’ ny Isiraélita. Hanome valisoa an’ i Balama izy raha mankany Moaba i Balama ka hanozona ny Isiraélita. Nasain’ Andriamanitra nandà i Balama, ka nankatò izy (22:1–14). Nanolotra voninahitra sy harena amboniny ho an’ i Balama i Balaka raha mankany Moaba izy ka hanozona an’ ny Isiraely. Nilaza tamin’ i Balama Andriamanitra fa mahazo mandeha izy raha tiany, saingy izay teny omen’ Andriamanitra azy ihany no tsy maintsy lazainy (22:15–21). Nanapa-kevitra ny handeha i Balama.
 - b. Nomery 22:22–35. Tezitra tamin’ i Balama Andriamanitra tamin’ ny nandehanany tany Moaba, fantany fa nanantena valisoa sasantsasany avy tamin’ i Moaba izy. Teny an-dalany, dia nianatra ny loza ateraky fanorisorenana an’ Andriamanitra i Balama rehefa niresaka taminy ny borikiny sy ny anjely iray.
 - d. Nomery 22:36–24:25. Nihaona tamin’ i Balaka i Balama (22:36–23:2). In-telo i Balaka no nagataka taminy hanozona an’ ny Isiraely, saingy nankatò an’ Andriamanitra i Balama ka nitso-drano an’ i Isiraely hatrany (23:3–24:9). Nanozona an’ i Moaba izy avy eo, ary naminany ny momba an’ i Jesoa Kristy (24:10–25).
 - e. Nomery 31:1–16. Noravan’ ny Isiraélita ny Midianita ary novonoiny i Balama. Nanazava i Mosesy fa nanome hevitra ny Midianita hamporisika ny Isiraélita hanota i Balama. (Voalaza ao amin’ ny Nomery 25;1–3 ny vokatry ny torohevitra Balama. Na dia tsy nanozona ny Isiraely mivantana aza i Balama, dia hita fa tena nila valisoa avy tamin’ i Balaka izy ka nanome hevitra ny hakana fanahy ny Isiraely hanota, mba tsy hananan’ izy ireo ny fiarovany’ Andriamanitra.)
2. Vakiteny hafa: 2 Petera 2:15–16; Joda 1:11; Apokalypsy 2:14.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina

Azonao atao ny manao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin’ ny anao) hanombohana ny lesona.

Asaovy mihaino tsara izao fanambarana manaraka izao ny mpianatra ary hieritritra ny toetry ny olona izay mety ho nanao izany:

“Na dia homen’ ny [mpanjaka] volafotsy sy volamena eran’ ny tranony aza aho, dia tsy mahazo manoatra ny tenin’ i Jehovah Andriamanitra” (Nomery 22:18).

“Izay rehetra lazain’ i Jehovah, izany no hataoko” (Nomery 23:26).

“Tsy mahazo manoatra ny didin’ i Jehovah aho, na hanao soa, na hanao ratsy avy amin’ ny saiko, izay holazain’ i Jehovah ihany no holazaiko” (Nomery 24:13).

- Inona avy ny toetry ny olona izay niteny ireo zavatra ireo? (Ny fanambarana toy izao dia milaza fa io olona io dia mpankatò, mahatoky, ary mpanetry tena.)

Hazavao fa nolazain’ ny olona iray, antsoina hoe Balama, ireo fanambarana ireo, izay nampiseho fankatoavana tanteraka nefa ny ao am-pony dia maniry ny valisoa sy voninahitry ny tany. Ity lesona ity dia mampianatra ny vokatry ny fikirizana manaraka ny sitrapon’ ny tena mba hanatanterahana ny faniriana tahaka izany.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana azy eo amin’ ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-nodiaviny izay mifanaraka amin’ ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Mandà ny fanomezan’ i Balaka ho valin’ ny fanozonana an’ ny Isiraely i Balama.

Ampianaro sy hadihadio ny Nomery 22:1–21.

- Noho ny tahony ny fanatonan’ ny Isiraely, dia naniraka mpitondra hafatra hanome valisoa an’ i Balama i Balaka, raha mety mankany aminy ka hanozona ny Isiraely i Balama (Nomery 22:5–7). Ahoana no navalin’ i Balama izany fanomezana izany? (Jereo Nomery 22:8–14.) Inona no atsontsika hoe valisoa atolotra antsika indraindray ho valin’ ny tsy fankatoavana an’ Andriamanitra?
- Rehefa nandà tsy ho any Moaba i Balama, dia nandefa andian-dehilahy fanindroany, izay malaza noho ny teo aloha, indray i Balaka mba handresy lahatra azy. Inona no natolotry Balaka an’ i Balama? (Jereo Nomery 22:15–17.) Inona no navalin’ i Balama? (Jereo Nomery 22:18–19.) Araka ny hevitrao, nahoana no nila ny nanontany ny Tompo indray izy? (Mety nanantena i Balama fa hiova hevitra ny Tompo ka hamela azy handray ireo valisoa atolotr’ i Balaka.) Inona ireo loza vokatry ny fitadiavana fanamarinana rehefa manao izay mifanohitra amin’ ny didy sy anatr’ Andriamanitra?
- Nomen’ ny Tompo lalana handeha hiaraka amin’ ny irak’ i Balaka i Balama raha tiany. Nefa teo dia tezitra tamin’ ny nandehanan’ i Balama ny Tompo (Nomery 22:20–22). Inona no nahatonga ny fahatezeran’ ny Tompo momba ny tao am-pon’ i Balama? (Jereo 2 Petera 2:15; Isaia 29:13.)

2. Asehon’ ny Tompo ny loza ateraky ny di-dohan’ i Balama mikiry hanao ny sitrapony.

Ampianaro sy hadihadio ny Nomery 22:22–35.

- Teny an-dalàna ho any Moaba, dia intelo i Balama no niezaka nanery ny borikiny handeha (Nomery 22:22–30). Amin’ ny fomba ahoana no itovian’ izany amin’ ny fifandraisan’ i Balama amin’ ny Tompo? (Te hanery ny borikiny sy ny Tompo hanaraka ny sitrapony i Balama. Azonao atao ihany koa ny manamarika fa nahita anjely ilay boriky, saingy tsy nahita izany i Balama. Tsy misy hafa amin’ izany, maro ny zavatra hitan’ ny Tompo izay tsy hitan’ i Balama.)

- Inona avy ary ireo zavatra mitovy amin' izany, amin' izao fotoana izao, izay iki-rizan' ny tsirairay na vondron' olona hanaovana izay tiany fa tsy manaraka izay tian' Andriamanitra hataony na manaraka ireo anatra marina avy amin' ny ray aman-dreny na mpitarika?

Azonao atao ny mifanakalo hevitra momba ireto ohatra manaraka ireto:

- a. Zaza iray, tsy faly amin' ny valin-teny azony any amin' ny ray aman-dreny iray, dia mandeha any amin' ny ray aman-dreny hafa iray, manantena hahazo valin-teny hafa.
 - b. Mpikambana iray ao amin' ny Fiangonana, tsy afa-po amin' ny toro-hevitry ny mpihazona ny fisoronana iray, mandeha mankany amin' ny mpihazona ny fisoronana iray hafa.
 - d. Mpikambana iray ao amin' ny Fiangonana, manome antony fa ny didy iray dia tsy mihatra aminy tahaka ny iharan' izany amin' ny hafa.
- Nofaizin' ny Tompo tamin' ny alalan' ilay anjely sy ilay boriky i Balama. Ahoana no navalin' i Balama ireo teny feno hatezeran' ilay anjely? (Jereo Nomery 22:31–35.) Nahoana no mikapoka ny zanany Andriamanitra? (Jereo F&F 95:1.) Ahoana no mahatonga ny fikapohan' Andriamanitra ho fitahiana ho antsika?

3. Mandà ny hanozona an' ny Isiraely i Balama.

Ampianaro sy hadihadio ny Nomery 22:36–24:25.

- Rehefa tonga tao Moaba i Balama, dia in-telo i Balaka no nangataka azy hanozona an' i Isiraely. Nasain' ny Tompo nitso-drano ny Isiraely hatrany anefa i Balama, ary nakatò. Inona no hery asehon' i Balama ao amin'io tantara io? (Jereo Nomery 22:38; 23:8, 19–20; 24:1, 12–13.) Inona no fahalemena mbola hita tao amin' i Balama? (Jereo Nomery 22:41; 23:1–3, 13–15, 27–30. Na dia nandà ny fangatahan' i Balaka hanozona an' i Isiraely aza i Balama, dia nanaiky ny hanaraka an' i Balaka teny rehetra teny izy ary nihaino ny fangatahany na dia fantany aza fa ratsy izany.) Inona ny loza ateraky ny fihainoana ny torohevitra ratsy (avy amin' ny namana, na haino aman-jery, ohatra) rehefa fantatsika fa ratsy ireny?

4. Mandrava ny Midianita sy mamono an' i Balama ny Isiraelita.

Ampianaro sy hadihadio ny Nomery 31:1–16.

- Inona no antony nandehanan' ny Isiraelita niady tamin' ny Midianita? (Jereo Nomery 31:1–3; tezitra tamin' ny Midianita ny Tompo tamin' ny namporisihany ny Isiraelita hanota, araka ny voarakitra ao amin' ny Nomery 25:1–3.) Iza no nanome hevitra ny Midianita haka fanahy ny Zanak' Isiraely handray anjara amin' ny fanompoan-tsampy sy ny fahavetavetana? (Jereo Nomery 31:16.) Nahoana no nanome io torohevitra io i Balama? (Na dia nankatò ny didin' ny Tompo hitso-drano fa tsy hanozona an'i Isiraely aza i Balama, dia naniry ny voninahitra sy ny valisoan'izao tontolo izao izy tao am-pony. Mba hahazoany ireo valisoa ireo dia nanome hevitra ny hakana fanahy an'i Isiraely hanota izy, mba hahavery ny fiarovan'Andriamanitra azy ireo.) Inona no nitranga tamin'i Balama nandritra ny adin'ny Isiraelita tamin'ny Midianita? (Jereo Nomery 31:8.)

- Mpanoratra telo ao amin' ny Testamenta Vaovao no milaza momba an' i Balama (2 Petera 2;15–16; Joda 1:11; Apokalypsy 2;14). Ahoana no hevitr'izy ireo momba azy?
- Inona no lesona azontsika tsoahina avy amin' io tantara io? (Ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana izay mitady ny valisoa sy ny voninahitry ny tany, izay mitady antony hanoherana ny torohevitra sy ny didin' Andriamanitra, na ireo izay mitady hampiditra ny hevitra, na fanao na fitsipik' izao tontolo izao ao am-piangonana dia manaraka ny ohatra ratsin' i Balama. Antsoina hoe “foto-pampianaran' i Balama” izany ao amin' ny Apokalypsy 2:14.)

Hoy ny Loholona Bruce R. McConkie hoe:

“Tantara inona loatra ity! Ity dia mpaminanin' Andriamanitra nanolo-tena tanteraka hanambara izay didin' ny Tompon' ny lanitra ihany. Tsy nahitana fisalasalana na kely mihitsy aza tao an-tsainy momba ny lalana izay tokony hizorany. Nisolo-tena ny Tompo izy, ary na dia trano feno volamena sy volafotsy na voninahitra ambony izay natolotry ny mpanjaka aza dia tsy naharesy lahatra azy tsy hanaraka ny lalana izay efa nofinidiny. . . .

“Nefa noho ny hetahetan-karena sy ny filana voninahitra no nahatafalatsaka azy. Mety ho tsara [ho azy] tokoa ny ho mpanan-karena sy mahery. . . . Angamba mety ho navelan' ny Tompo nampihen-danja ny fitsipiny izy ka hanana fahombiazana sy fahefan' izao tontolo izao. . . . Manontany tena aho hoe im-piry ny sasany amintsika no mahazo fitarihana avy ao am-piangonana, nefa avy eo, tahaka an' i Balama, dia mankafy ireo valisoa sasan' izao tontolo izao. . . .

“Balama, . . . ilay ombam-panahy sy nahery taloha, dia namoy ny ainy tamin' ny farany satria nametraka ny fony tamin' ireo zavatr' izao tontolo izao fa tsy ny haren' ny mandrakizay” (“The Story of a Prophet's Madness,” *New Era*, Apr. 1972, 7).

- Miverena amin' ireo fanambarana ao amin' ny Fisarihana ny saina. Mariho fa na dia hita fa tena mpankatò tokoa aza i Balama, ny fanirian'ny fony dia ny hahazo ny valisoa sy ny voninahitry ny tany. Inona no ampianarin' io tantara io momba ny maha-zava-dehibe ny fitandremana ny fanirian' ny fontsika hadio? Ahoana ny fomba hitandremantsika ny fanirian' ny fontsika hadio?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa raha nanao izay tian' Andriamanitra hatao tamim-panetren-tena i Balama, dia ho nesorina taminy sy tamin' Isiraely ny fahotana sy fijaliana lehibe. Entano ny mpianatra mba hanao mandrakariva izay tian' ny Tompo ataon' izy ireo fa tsy hikiry hanao izay tiany—hikatsaka sy hanaraka ny sitrapon' ny Tompo , fa tsy hanandrana ny hiala na hanova izany .

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Mankatò ny Tompo

Afaka mianatra ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana ny Tompo isika avy amin' i Balama. Azontsika fantarina ihany koa izany avy amin' ireo ohatra tsara asehon' ireo lehilahy sy vehivavy maro ao amin' ny soratra masina. Azonao atao ny mijery ireto ohatra manaraka ireto:

- a. Ny Mpamonjy, nahafantatra ny fijaliana niandry Azy tao Getsemane sy teo amin' ny hazo fijaliana, dia “nandohalika ka nivavaka nanao hoe: Raiko ô, raha sitrakao, dia esory Amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao” (Lioka 22:41–42).
- b. Rehefa nasaina nanao sorona an' i Isaka zanany lahy i Abrahama, dia “nifoha maraina [izy]” mba hanomboka ny diany ho any amin' ny tendrombohitra Moria (Genesisy 22:3).
- d. Rehefa nolazaina i Maria fa izy no ho renin' Ilay Zanak' Andriamanitra, dia namaly izy nanao hoe: “Inty ny ankizivavin' ny Tompo, aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao” (Lioka 1:38).
- e. Rehefa nirahina hiverina tany Jerosalema i Nefia mba haka ireo takela-barahina any amin' i Labana, dia hoy izy namaly avy hatrany: “Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian' ny Tompo” (1 Nefia 3:7).
- f. Nandresy tamin' ny ady ireo zanakalahin' i Helamana satria “nankatoaviny sy noezahany ny hanatontosa ny teny tsirairain' ny fibaikoana tamin' ny antsipiriany” (Almà 57:21).

2. “Jehovah efa nisakana anao tsy hahazo voninahitra” (Nomery 24:11)

- Rehefa nandà ny hanozona an' i Isiraely sy handray ny valisoa sy ny voninahitra avy tamin' i Balaka i Balama, dia hoy i Balaka taminy: “Jehovah efa nisakana anao tsy hahazo voninahitra” (Nomery 24:11). Ahoana indraindray ny fomba tsy amelan' ny fanarahantsika ny Tompo handray ny valisoa sy ny voninahitry ny tany? Inona no ampanantenain' ny Tompo ho solon' ny valisoan' ny tany? (Jereo F&F 81:6.)

“Mitandrema fandrao hadinoinao”

Lesona
17

Deoteronomia 6; 8; 11; 32


Tanjona	Hanentana ny mpianatra (1) hahatsiaro ny Tompo sy ny fanekempihavanana nataony Taminy ary (2) hanamboatra tontolo ahafahany manao izany.
----------------	--

Fanomanana	<ol style="list-style-type: none">Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:<ol style="list-style-type: none">Deoteronomia 6:1–9; 11:18–21. Manome torolalana ny Isiraelita hanampy azy ireo hahatsiaro ny fanekempihavanany i Mosesy. Asainy mpianatra ny zanany ny Teniny ny ray aman-dreny.Deoteronomia 6:10–12; 8:1–20. Mampahatsiaro ny Isiraelita ireo fitahian' Andriamanitra azy i Mosesy. Mampitandrina azy ireo izy, fa ho faty izy ireo raha tsy mankatò ny didin' Andriamanitra ary tsy mahatsiaro Azy.Deoteronomia 32:1–4, 15–18, 30–40, 45–47. Nanoro hevitra ireo Isiraelita i Mosesy hahatsiaro mandrakariva ny Vatolampin'ny famonjena (Jesoa Kristy).Vakinteny hafa: Deoteronomia 4; 7:1–4; 13:1–8; 34.Raha hampiasa ny Fisarihana ny saina voalohany ianao, dia mitondrà fitaovana avy any an-tokantranonao araka ny voalaza eo ambany amin' ny “Fisarihana ny saina”
-------------------	---

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina	<p>Azonao atao ny iray amin' ireto fampiasana manaraka ireto (na ny iray amin' ny anao manokana) hanombohana ny lesona. Fidio ny fampiasana izay tena mifanaraka amin' ny kilasy.</p> <ol style="list-style-type: none">Asehoy ireo fitaovana avy any an-tokantranonao izay mampahatsiahy anao ny Tompo sy ny fanekempihavanana izay nataonao Taminy. (Tafiditra ao anatin'izany fitaovana izany ny soratra masina, sary, boky, ary hira). Lazao ny mpianatra ny antony maha-zava-dehibe ireo fitaovana ireo aminao. Hazavao fa ny ampahany amin' ity lesona ity dia momba ny fitaovana hita maso izay nampiasain' ny Isiraely taloha mba hampahatsiahy azy ireo ny Tompo sy ny fanekempihavanana nataony Taminy. Mariho fa ireo fitaovana hita maso dia mety ho fampahatsiahivana manan-kery ho antsika ihany koa.Soraty eo amin' ny solaitrabe izao teny manaraka izao: <i>Mamitaka, mampahadiso hevitra, fandrika, fanambakana, mihinana, mitaona, maka fanahy, mandrotsirotsy, hatezerana, jamba, lainga, mandoka, fongorana.</i> <ul style="list-style-type: none">Inona no zavatra iraisan' ireo teny ireo? (Ny toetra iray iraisan'izy ireo dia ny filazana ny tetikadin' i Satana eo amin' ny ezaka ataony hitarihana antsika hanalavitra ny Tompo.)
----------------------------	---

- Asaovy mamaky ny F&F 76:28–29 ny mpianatra iray. Hazavao fa ireo andininy ireo dia avy amin' ny fahitana nomena an' i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon. Inona no azontsika atao mba ho voaro amin' ny fitaoman' i satana? (Azonao atao ny mampiasa izao sary manaraka izao hanehoana ny sasany amin' ireo zavatra azontsika atao mba hiarovana ny tenantsika amin' ny fakam-panahin' i Satana.)



Hazavao fa ao amin' ny Bokin' ny Deoteronomia, dia nampianatra ny Isiraelita ny fomba hanaovana tontolo izay hanampy azy ireo hanohitra ny fakan' i Satana fanahy i Mosesy. Hamerina ny torohevitr'i Mosesy sy hiresaka ny fomba ampiharana izany ankehitriny ity lesona ity.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana azy eo amin' ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-nodiaviny izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

Taorian' ny nitsapana, nikapohana, ary nampianarana ny Isiraelita tany an-tany foana nandritra ny 40 taona, dia nilaza ny Tompo fa vonona hiditra ny tany nampanantenaina izy ireo. Nefa alohan'izany dia nanana fampianarana lehibe ho azy ireo Izy. Natolotr' i Mosesy tao anatin' ny torinteny telo ireo fampianarana ireo izay voarakitra ao amin' ny Deoteronomia.

Ao amin' ireo torinteny ireo, dia nanao jery todika ny fiainan' ny Isiraelita nandritra ny 40 taona tany an-tany foana i Mosesy, niaiky ny tanan' Andriamanitra tamin' ny fanafahana azy ireo. Niresaka momba ny andraikitry ny Isiraely amin' ny maha-olom-boafidin' Andriamanitra azy ihany koa i Mosesy. Nantitranteriny fa tsy maintsy mankatò ny didin' Andriamanitra izy ireo, indrindra ny didy hahatsiaro Azy sy ny hiala amin' ny fanompoan-tsampy. Nampitandrina i Mosesy fa na dia vonona hiditra ny tany nampanantenaina aza ny Zanak' Isiraely, dia ho very ny lovan' izy ireo ary hihanaka izy ireo raha miverina amin' ny faharatsiany indray.

1. Manome fampianarana ny Isiraelita hanampy azy ireo hahatsiaro ny fanekempihavanany i Mosesy.

Ampianaro sy hadihadio ny Deoteronomia 6:1–9 sy ny 11:18–21.

- Ahitana ny teny farany nataon' i Mosesy tamin' ny Isiraelita ny Deoteronomia. Raha ohatra ka tsy maintsy manome teny farany ho an' ny fianakavianao na namanao ianao, dia ho inona izany?
- Inona no nasain' ny Tompo nataon' ny Isiraelita ao amin' ny Deoteronomia 6:5–7? Ahoana no fomba ahafahantsika mahazo ny tenin' ny soratra masina ao am-pontsika? Ahoana no fomba ahafahan' ny ray aman-dreny mampianatra amim-pahombiazana ny filazantsara ny zanany sy hanampy azy ireny hianatra ho tia ny soratra masina?
- Inona no nasain' i Mosesy nataon' ny Isiraelita ao amin' ny Deoteronomia 6:8–9 sy 11:18–20? (Mariho fa ny fehy fampahatsiarovana eo amin' ny handrina dia “fehy vita amin' ny hodi-biby izay nanoratana andian-tsoratra masina efatra. . . , ary nahorongorona sy nahantona tamin' ny hoditra mpihazona. . . manodidina ny handrina na ny sandry” (Bible Dictionary, “Frontlets,” 676).
- Araka ny hevitrao, nahoana i Mosesy no nilaza tamin' ny vahoaka hametraka andian-tsoratra masina eo anelanelan' ny masonry, eny an-tanany, eo an-tolam-baravarany ny tranony sy ny vavahadiny? Nahoana no misy akony eo amin' ny asantsika ny fampahatsiarovana maharitra toy izany? Inona no azontsika atao ao an-tokantranontsika mba hampahatsiahy antsika ny Tompo, ny Teniny, ary ny fanekempihavanana nataontsika Taminy? Ny sary eo amin' ny rindrintsika, ny boky vakianty, ary ny sarimihetsika sy ny fampisehoana ao amin' ny fahitalavitra izay jerentsika ve mampahatsiahy antsika ny Tompo, sa manome hevitra antsika hanana fanirian' izao tontolo izao?

Nilaza ny Filoha Ezra Taft Benson fa ny olona izay “tarihin' i Kristy dia mifantoka tanteraka amin' i Kristy. . . . Midira ao an-tokantranony, ny sary eny amin' ny rindry, ny boky eny ambonin' ny talantalany, ny mozika izay henonao, ny teniny sy ny fihetsiny dia manambara fa Kristianina izy ireo” (Tao amin' ny Conference Report, Okt. 1985, 6; na *Ensign*, Nov. 1985, 6–7).

2. Manoro hevitra ny Isiraelita hankatò ny didin' Andriamanitra sy hahatsiaro Azy i Mosesy.

Ampianaro sy hadihadio ny Deoteronomia 6:10–12 sy ny 8:1–20.

- Inona no hafatra lehibe nentin' i Mosesy ao amin' ny Deoteronomia 6:10–12 sy ao amin' ny 8:1–20? Inona no hevitra ny hoe manadino ny Tompo? (Jereo Deoteronomia 8:11.) Inona ny vokatra ny fanadinoana Azy? (Jereo Deoteronomia 8:19.) Ahoana no tena ahazoantsika antoka fa tsy manadino an' Andriamanitra isika?
- Inona avy ireo fepetra na fanamby notanisain' i Mosesy izay mety hahatonga ny olona hanadino an' Andriamanitra? (Jereo Deoteronomia 6:10–12; 8:10–20.) Nahoana no manadino ny Tompo ny olona sasantsasany rehefa avy nomeny fitahiana be dia be? (Jereo Deoteronomia 8:17.)

Hoy ny Filoha Brigham Young hoe: “Ny tahotra lehibe indrindra izay ananako momba [ny mpikambana ato amin’ ity Fiangonana ity] dia ny hahatonga azy ireo hanan-karena eto amin’ ity firenena ity, hanadino an’ Andriamanitra sy ny olony, mihamatavy, ary manala ny tenany tsy ho ao am-piangonana ka mankany amin’ ny helo. Ireny olona ireny dia ho afaka hanohitra ny fanafihan’ ny mpikomy, mpangalatra, fahantrana, ary ireo fanenjehana rehetra, ary ho marina. Saingy ny tahotra lehibe momba azy ireo dia ny tsy fahatantesany harena; kanefa dia tsapaina amin’ ny harena izy ireny, satria hanjary ho olona manan-karena indrindra ety an-tany” (tao amin’ ny Preston Nibley, *Brigham Young: The man and His Work* [1936], 128).

- Iza no loharano nipoiran’ ny harena izay mety hananantsika? (Jereo Deuteronomia 8:18.) Ahoana no fomba ahafahantsika mampiasa ny harentsika hampanandroso ny asan’ ny Tompo? (Jereo Deuteronomia 8:18; Jakôba 2:18–19.)

3. Manoro hevitra ny Isiraelita hahatsiaro ny Vatolampin’ ny famonjena azy ireo (Jesoa Kristy) i Mosesy.

Ampianaro sy hadihadio ny Deuteronomia 32:1–4, 15–18, 30–40, 45–47.

- Iza ilay Vatolampy voalaza ao amin’ ny Deuteronomia 32:3–4? (Jesoa Kristy; jereo ihany koa ny andininy 15, 18 ary 30–31.) Araka ny hevitrao, nahoana no antsoina hoe Vatolampy i Jesoa Kristy indraindray? (Jereo Helamana 5:12.)
- Nilaza i Mosesy fa ny “vatolampin’ireny” (ireo andriamani-kafan’ ireo ratsy fanahy) “dia tsy mba mitovy amin’ny Vatolampintsika” (Deuteronomia 32:31). Inona no mahasamy hafa ny “vatolampiny” amin’ ny “Vatolampintsika”? (Jereo Deuteronomia 32:37–40.)
- Inona no hevitra ny hoe: miorina eo ambonin’ ny Vatolampy? (Jereo Deuteronomia 32:46–47; Matio 7:24–27; F&F 50:44.) Ahoana no ahafahantsika manao izany? (Jereo Deuteronomia 18:18–19, izay milaza ny ilàna ny fihainoana ny teniny, ao amin’ ny faminiana ny fahatongavan’ i Kristy.)

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona momba ny Mpamonjy ary aseho ny fankasitrahanao ny fanekempihavanana nataonao Taminy. Antitrantero ny maha-zava-dehibe ny fahatsiarovana an’ Andriamanitra sy ny fitandremana ny fanekempihavanana ataontsika Aminy. Mijoroa ho vavolombelona fa ny zavatra izay apetratsika manodidina antsika—toy ny sary, boky, ary mozika—dia mety ho fampahatsiarovana manan-kery momba ny Tompo sy ny fanekempihavanana izay nataontsika Taminy. Mariho fa ny tanjontsika amin’ ny itoerantsika eo anivon’ ireo zavatra ireo dia mitovy amin’ ny tanjon’ ny Isiraelita taloha amin’ ny fitondrana fehy eo amin’ ny handrina; mba hanampy antsika hiorina eo ambonin’ ny Vatolampy—mba hanampy antsika hahatsiaro sy hanaraka ny Tompo.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin’ ireto hevitra ireto ho ampahany amin’ ny lesona.

1. “Soraty eo amin’ ny tolàm-baravaran’ ny tranonao” (Deoteronomia 6:9)

Asaovy mitanisa ireo sary hosodoko, peta-drindrana, raki-kira, sy ireo fitaovana hafa ao an-tokantrano ny mpianatra. Asaovy asiany marika “+” (manondro fa ny fitaovana dia mety hitarika azy ireo hahatsiaro ny Tompo) na “-” (manondro fa mety hitondra ny ny fon’ izy ireo hanalavitra ny Tompo izany) ny fitaovana tsi-rairay. Azonao atao ny manoro ny mpianatra hanao izany miaraka amin’ ny fianakaviany mandritra ny takarivan’ ny mpianakavy.

2. “Tsy hahafoy anao Izy” (Deoteronomia 4:31)

- Rehefa avy naminany fa hivadika amin’ ny fanompoana andriamani-kafa ny Isiraelita ary hihanaka (Deoteronomia 4:25–28), dia nanome teny feno fanantennana i Mosesy. Inona no nampanantenainy an’ ireo izay mikatsaka ny Tompo amin’ ny fony manontolo? (Jereo Deoteronomia 4:29–31; Isaia 49:14–16.) Ahoana no nahatanterahan’ io fampanantenana io teo amin’ ny fiainanao? Inona no tsy maintsy ataontsika hikatsahantsika ny Tompo amin’ ny fontsika rehetra sy fanahintsika rehetra?

3. Manohitra ny fitaoman-dratsin’ ny hafa

- Inona ny loza nampitandreman’ i Mosesy ao amin’ ny Deoteronomia 13:6–8? Ahoana ny ahafahanao mahafantatra fa misy olona iray miezaka manala anao hanalavitra ny Tompo? Inona no tokony havalintsika ny olona toy ireny?

4. “Aoka tsy hisy hiseho foana tsy hitondra fanatitra ho an’ i Jehovah” (Deoteronomia 16:16)

- Ny toerana voalaza ao amin’ ny Deoteronomia 16:2, 11 ary 16 dia ny tabernakely, izay tempoly azo vimbinina ho an’ ny Isiraelita. Ho fanomanana ny lanonana ao amin’ ny tabernakely, dia nampianatra ny olona i Mosesy tsy “hiseho foana tsy hitondra fanatitra ho an’ i Jehovah” (Deoteronomia 16:16). Ahoana no ampiharana izany eo amin’ ny fanatrehantsika ny tempoly? Ahoana no ahafahantsika manoman-tena ho amin’ ny fanatrehana ny tempoly mba tsy hidirantsika “foana” ao amin’ ny tempoly? Ahoana no hanampian’ io fiomanana io antsika “hifaly eo anatrehan’ i Jehovah” ao amin’ ny tempoly? (Deoteronomia 16:11).
- Izao ny torohevitra ny Filoha Howard W. Hunter hoe: “Aoka isika ho olona mpandeha any amin’ny tempoly. Mandehana matetika any amin’ny tempoly araka izay azonao atao. Mitahiriza sarina tempoly ao an-tokantranonao mba hahitan’ ny zanakao izany” (tao amin’ ny conference Report, Okt. 1994, 8; na *Ensign*, Nov. 1994, 8). Nahoana no zava-dehibe amintsika ny mankany amin’ ny tempoly matetika araka izay azo atao? Nahoana no zava-dehibe ny fitahirizana sarina tempoly ao an-tokantranontsika?

5. “Tsy misy olona mahalala ny fasany” (Deoteronomia 34:6)

Ny mpanoratra izay namarana ny Bokin’ ny Deoteronomia ihany no nahafantatra fa lasa i Mosesy ary nihevitra fa maty izy, ary ny Tompo no nandevina azy, ary tsy misy olona mahalala izay misy ny fasany. Na izany aza, dia fantatsika fa nampiakarina any an-danitra i Mosesy. (Ho fanazavana ny momba ny fanambarana

ny fampiakarana olona any an-danitra, dia jereo ny 3 Nefia 28:7–9, 37–40.) Manome izao fanazavana manaraka izao momba ny fampiakarana an' i Mosesy any an-danitra ny *Bible Dictionary*:

“Toy ny toe-javatra tamin’ ireo mpaminany maro taloha, dia nitohy hatrany ankoatra ny fetran’ ny fiainany an-tany ny asa nanirahana an’ i Mosesy. Niaraka tamin’ i Elia izy no tonga teo an-tendrombohitry ny fiovan-tarehy, ary nanolotra ny fanalahidin’ ny fisoronana tamin’ i Petera, Jakoba ary Jaona (Matio 17:3–4; Marka 9: 4–9; Lioka 9:30; F&F 63:21; *History of the Church*, 3:387). Hatramin’ io zava-niseho talohan’ ny nitsanganan’ i Jesoa tamin’ ny maty io, dia mahatakatra isika fa olona nampiakarina velona tany an-danitra i Mosesy ary tsy maty araka ny voalaza ao amin’ ny Deoteronomia 34 (Almà 45:19). Ilaina ny fampakarana azy velona any an-danitra, mba hananana vatana nofo sy taolana tamin’ ny fotoan’ ny fiovan-tarehy, satria tsy mbola nisy ny fitsanganana amin’ ny maty. Raha toa ka fanahy fotsiny izy, dia tsy afaka nanatanteraka ny asa teo an-tendrombohitra tamin’ ny fanolorana ny fanalahidy tamin’ i Petera, Jakoba ary Jaona, izay olombelona (ampitovio amin’ ny F&F 129)” (*Bible Dictionary*, “Moses,” 735).

“Mahereza sy mahatanjaha”

Lesona
18

Josoa 1–6; 23–24

Tanjona Hanentana ny mpianatra mba hahery sy hahatanjaka amin’ ny fiainana ny filazantsaran’ i Josoa Kristy.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Josoa 1. Niantso an’ i Josoa handimby an’ i Mosesy ny Tompo ary nandidy azy mba hahery, sy hatanjaka, hianatra ny soratra masina, ary hitandrina ny didy. Nanomana ny Isiraelita haka ny tany izay nampanantenain’ny Tompo azy ireo i Josoa.
 - b. Josoa 3–4; 6. Niampita ny Reniranon’ i Jordana eo ambonin’ ny tany maina ny Isiraelita ary nametraka tsangam-bato 12 ho fahatsiarovana ny fiampitany. Rava i Jeriko noho ny finoan’ ny Isiraelita.
 - d. Josoa 23; 24:14–31. Nanao fanekempihavanana hanompo ny Tompo i Josoa sy ny olony.
 2. Vakiteny fanampiny: Josoa 7; 14.
 3. Miangavia mpianatra iray hiomana hitantara ny adin’ i Jeriko ka toy ny nana-tri-maso izany ady izany izy (Josoa 6). Miangavia mpianatra iray na roa hiomana ny hitantara ny zava -nodiaviny izay mampahatsiahy azy ireo ny hery sy ny fitiavan’ Andriamanitra .
 4. Raha manao ny Fisarihana ny saina ianao, dia makà ravin-taratasy iray, dinty na fingotra, ary boky. Raha mampiasa ny fanontaniana ao amin’ ny fitaka na fandrika ianao, dia azonao atao ny mitondra fandrika iray, toy ny tontam-boalavo, mba hanehoana ny fifanakalozan-kevitra.
-

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao atao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin’ ny anao) hanombohana ny lesona.

Hazavao fa momba an’ i Josoa ity lesona ity, mpaminany izay nitondra ny Zanak’ Isiraely tamin’ ny nahazoany an-keriny ny tany nampanantenaina. Tamin’ ny niantsoana an’ i Josoa ho mpaminany, ny Tompo dia nananatra azy mba “hahery sy hatanjaka” (Josoa 1:6). Soraty eo amin’ ny solaitrabe io andian-teny io. Asehoy ilay ravin-taratasy sy ilay boky. Asaovy atangan’ ny mpianatra ilay ravin-taratasy ary andramany apetrany tsara eo ambonin’ izany ilay boky.

Rehefa avy nanandrana izany ny mpianatra, dia hazavao fa misy fomba ahafahana manatanjaka tsara ny ravin-taratasy ka hahazaka ilay boky. Ahorongorony ho lasa toy ny fantsona kely ilay taratasy ary fatory amin’ ny fingotra na asio dinty izany. Ajoiny eo ambonin’ ny toerana marin-drano tsara ilay fantsona. Dia apetra-

ho moramora eo amboniny ilay boky. (Afaka manao fanazarana ny amin' izany ianao alohan' ny fampianarana.)

Hazavao fa nanjary nahery i Josoa rehefa navelany nanamboatra ny toetrany Andriamanitra. Toy izany koa, raha mamela an' Andriamanitra hamolavola ny toetrantsika isika, dia hanjary hahery sy afaka hahatanteraka ireo zavatra izay tian' ny Tompo hataontsika.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana azy eo amin' ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-nodiaviny izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

Nandritra ny nitoeran' ny Isiraelita 40 taona tany an-tany foana, dia nomen' i Mosesy azy ireo ny lalàn' Andriamanitra, amin' ny maha-mpitondra hafatr' Andriamanitra azy, ary nanompo tamin' ny naha-mpitarika azy ireo azy. Izy irery no hany mpitarika fantatry ny taranaky ny Isiraelita rehetra. Nefa nalain' ny Tompo izy tamin' ny faran' ny dian' izy ireo—tena tamin' ny fotoana izay niatrehan' izy ireo fitsapana lehibe. Noho ny fahatsiarovany ny fampanantenany tamin' ny Isiraely, dia nanangana mpitarika vaovao indray ny Tompo, dia i Josoa, izay afaka nitarika tamin'ny fakana an-keriny ny fandresena sy ny fanjanahana ny tany nampanantenaina.

1. Miantso an' i Josoa ny Tompo.

Ampianaro sy hadihadio ny Josoa 1.

- Inona no asa mafy natrehin' i Josoa, araka ny hevitrao, rehefa niantso azy handimby an' i Mosesy hitarika ny Isiraelita ny Tompo? (Tsy maintsy nitarika ny Isiraely handresy sy hanjanaka ny tany Kanana izy, izay asa lehibe tokoa. Nandray ny toeran' ny mpitarika lehibe ihany koa izy.) Inona ny toky nomen' ny Tompo an' i Josoa raha niomana niditra ny tany nampanantenaina i Josoa? (Jereo Josoa 1:5.) Ahoana no fomba ahafahan' io fampahatokiana io manampy antsika eo amin' ny antso na fitsapana vaovao? Ahoana ny fomba nanampian' ny Tompo anao tamin' ny toe-javatra tahaka izany?
- Inona no didy naverin' ny Tompo intelo ao amin' ny Josoa 1:6–9? Inona no nolazain' ny Tompo ilàn' i Josoa hery sy tanjaka ny fanaovana azy? (Jereo Josoa 1:7. Mariho fa na dia nila hery hiady amin' ny miaramila mpiady maro an' isa, dia mbola nila herin-tsaina ihany koa izy—herin-tsaina hanao izay tsara.) Inona no zava-tsarotra atrehintsika ankehitriny izay ilàntsika tanjaka sy hery ara-tsaina? Inona no ohatra amin' ny herin-tsaina hitanao?
- Inona no nasain' ny Tompo nataon' i Josoa mba “fahalavorariana”? (Jereo Josoa 1:8. Hazavao fa ny bokin' ny lalàna dia ny soratra masina.) Nahoana, araka ny hevitrao, no zava-dehibe tamin' i Josoa amin' ny fahalavorariana ny antsony ny fianarana soratra masina? Ahoana no fomba hanampian' ny fianarana soratra masina tsy tapaka antsika?

2. Miampita ny Reniranon' i Jordana ambony tany maina ny Isiraelita; rava i Jeriko noho ny finoan' izy ireo.

Ampianaro sy hadihadio ny Josoa 3–4 ary 6.

- Rehefa tsy maintsy hiampita ny reniranon' i Jordana ny Isiraelita, dia tondraka mihoatra ny morony ny renirano. Ahoana ny fomba nanehoan' ny Tompo ny Zanak' Isiraely fa niaraka tamin' i Josoa tahaka ny nataony tamin' i Mosesy Izy? (Jereo Josoa 3:7–8, 14–17; 4:14. Raha ilaina, dia hazavao fa ny fiaran' ny fanekena dia alitara azo vimbinina izay ahitana soratra masina, anisan' izany ny soratra nataon' i Mosesy ary ny takelaka ahitana ny didy folo.) Ahoana ny fomba anehoan' ny Tompo amintsika fa mitarika sy manome aigam-panahy ny mpaminany velona tahaka ny nataony tamin' ireo mpaminany taloha izy?
- Inona no tsy maintsy nataon' ireo mpisorona izay nitondra ny fiara talohan' ny nijanonan' ny ranon' ny Reniranon' i Jordana? (Jereo Josoa 3:13–17. Tsy maintsy narobony teo amoron' ny renirano ny tongony sady nitondra ny fiara.) Ahoana ny fomba angatahan' ny Tompo zavatra tahaka izany amintsika indraindray?

Hoy ny Loholona Boyd K. Packer hoe:

“Taoriana kelin'ny niantsoana ahy ho manampahefana Ambony, dia nankany amin' ny Loholona Harold B. Lee aho mba haka torohevitra. Nihaino tsara ny olana nahazo ahy izy ary nanome hevitra ahy hanatona ny Filoha David O. McKay. Nanome torohevitra ahy toy ny lalana izay tokony homboko ny Filoha McKay. Vonona ny hankatò aho saingy tsy nahita ny lalan-kaleha hanatanterahana izay natorony ahy.

“Niverina tany amin' ny Loholona Lee aho ary nilaza taminy fa tsy mahita lalan-kaleha hitondra ahy any amin' izay nasainy nalehako. Hoy izy, ‘Ny olana aminao dia te hahafantatra izay ho vokany eo am-panombohana ianao.’ Namaly aho fa tiako ny mahita farafahakeliny dingana iray na roa vita mialoha. Avy eo, dia nampianatra ahy ny lesona lehibe indrindra eo amin' ny fiainako izy. ‘Tsy maintsy mianatra mandeha mankany amin' ny moron' ny hazavana ianao, ary avy eo, dingana vitsivitsy ao amin' ny maizina; rehefa izany dia hiseho ny hazavana ka haneho anao ny lalana eo alohanao’ ” (“The Edge of the Light,” *BYU Today*, Mar. 1991, 22–23).

- Nahoana ny Isiraely no nametraka tsangam-batom-pahatsiarovana 12 taorian' ny niampitany ny Reniranon' i Jordana? (Jereo Josoa 4:1–9. Mba ho vavolombelon' ny herin' ny Tompo ho an' ny taranaka manaraka, mampahatsiahy azy fa ny Tompo dia hitahy azy tahaka ny nataony tamin' ireo rainy.) Inona no fampahatsiarovana manokana izay mampahatsiahy anao ny herin'Andriamanitra eo amin' ny fiainanao? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny Fanasan' ny Tompo; sarin' i Kristy, tempoly; soratra masina ; ary mpaminany; ary zava-nodiavina ara-panahy voarakitra ao amin'ny bokim-pahatsiarovana .) Ahoana ny fomba hitahian'ireo fampahatsiarovana ireo ny fiainan'ny hafa? (Jereo Josoa 4:21–24.)

Mijoroa ho vavolombelona fa hamaly vavaka ny Tompo, hanome fitahiana, hanome fanambarana, ary hanatanteraka asa mahagaga ho an' ny taranaka vaovao tsirairay. Asaovy mitantara ny zava-nodiaviny izay mampahatsiahy azy ny hery sy ny fitiavan' Andriamanitra ireo mpianatra voatendry teny aloha.

- Asaovy mitantara toy ny nanatri-maso ny fahalavoan' i Jeriko ilay mpianatra notendrena teny aloha, (Josoa 6). Inona no nahatonga ny faharavan' ny mandan' i Jeriko? (Jereo hebereo 11:30.) Nahoana no asam-pinoana ny fihetsiky ny Isiraelita?

- Iza no hany voavonjy tamin’ ireo mponin’ i Jeriko? (Jereo Josoa 6;17, 22–25; jereo koa ny Josoa 2:1–15.) Inona no azontsika tsoahina ny amin’ ny famonjena an’ i Rahaba sy ny fianakaviany?

3. Manao fanekempihavanana hanompo ny Tompo i Josoa sy ny olony.

Ampianaro sy hadihadio ny Josoa 23 ary 24:14–31.

- Tamin’ ny faran’ ny fiainany, dia nampahatsiahivin’ i Josoa ny Isiraelita ny zavatra izay nataon’ Andriamanitra ho azy ireo. Nananatra azy ireo ihany koa i Josoa momba ny fialana amin’ ny fitaka sy fandrika. Raha nitondra famandrihana kely ianao, dia aseho ny fomba ampiasana izany. Raha tsy nitondra famandrihana ianao, dia soritsorito ny fomba hampiasana izany. Inona avy ireo zavatra tsy maintsy ataontsika mba hialana amin’ ny fandrika mety hahazo antsika? (Tsy maintsy fantarintsika aloha fa fandrika io, avy eo dia miala lavitra amin’ izany isika.)
- Tamin’ ny anatra nataony farany, dia namporisika ny Isiraely i Josoa mba “hifikitra amin’ ny Jehovah Andriamanitra” fa tsy “hiray amin’ ireo firenena sisa [Kananita]” (Josoa 23:8, 12). Ahoana ny fomba “hifikirantsika amin’ ny Jehovah Andriamanitra” fa tsy amin’ izao tontolo izao? Ahoana no maha-fandrika na fitaka ho an’ ny Isiraelita ny firaisana amin’ ireo firenena Kananita? Inona avy ireo fitaka na fandrika sasantsasany eto amin’ izao tontolo izao izay atrehintsika ankehitriny?
- Inona no anatra lehibe nomen’ i Josoa tamin’ ny faran’ ny fiainany? (Jereo Josoa 24:14–15.) Iza no nanaovan’ i Josoa sy Isiraely fanekempihavanana fa hotompoiny? (Jereo Josoa 24:15–18, 21–25, 31.) Nahoana no tsy afaka manompo an’ Andriamanitra marina sy ny andriamanitr’ izao tontolo izao amin’ ny fotoana iray ny olona?
- Nahoana no zava-dehibe ny mifidy ny hanompo ny Tompo *izao anio izao*? Ahoana no ahafahantsika maneho fa efa nifidy ny hanompo Azy isika?

nilaza ny Loholona Marvin J. Ashton manao hoe: “Mampahatsiahy antsika ny fandraisana fanapahan-kevitra haingana i Josoa: ‘Fidionareo anio ary izay hotompoinareo; . . . fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an’ i Jehovah izahay’ (Josoa 24:15). Tsy rahampitso, tsy amin’ ny fotoana mahavonona antsika, tsy amin’ ny fotoana maha-mety izany—fa ‘anio,’ izao dia izao, fidio izay hotompoinareo. Ilay manasa antsika hanaraka Azy dia ho eo alohantsika hatrany miaraka amin’ ny Fanahiny sy ny fitaomany mitari-dalana. Efa nosoritana sy nomarihiny ny lalana, novohany ny vavahady, ary nasehony ny lalana. Efa nanasa antsika hanatona Azy Izy, ary izao dia izao ny fotoana tsara indrindra hifaliana amin’ ny fiarahana Aminy, amin’ ny fanaovana tahaka ny nataon’ i Jesoa—manolo-tena tanteraka hanao ny sitrapon’ ny Rainy, dia ho tonga tsara eo amin’ ny lalana isika ary hijanona eo amin’ izany lalana izany” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1983, 41; na *Ensign*, May 1983, 30–31).

Famaranana

Mitovy amin’ ny asa nanirahana izay nomen’ ny Tompo azy tamin’ ny Tompo niantso azy ho mpaminany ny anatra farany nomen’ i Josoa ny Isiraelita—mba hatanjaka sy hahery (Josoa 23:1–6). Ny asa nanirahana dia mbola mihatra ankehitriny toy ny taloha satria isika rehetra dia samy nanolo-tena amin’ ny ady lehibe ara-panahy misy eo amin’ ny tsara sy ny ratsy.

Nilaza ny Filoha Ezra Taft Benson fa fitsipika roa no tena ilaina amin'ny filaminan-tsaina sy fiadanana: “Voalohany, fahatokiana an' Andriamanitra; ary ny faharoa, fanapahan-kevitra hitandrina ny didy, hanompo ny Tompo, hanao izay tsara. . . . Nataon'ny Tompo mazava tsara tamin'ireo fanambarana izany fa na dia mihasarotra aza ny fotoana, na dia voahodidin' ny fakam-panahy sy fahotana aza isika, na dia misy fahatsapana fa toa mandry an-driran'antsy aza, na dia mamoy fo aza ny olona ary feno tebiteby ny fanahiny, raha matoky fotsiny an' Andriamanitra isika sy mitandrina ny didiny, dia tsy tokony hatahotra” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1950, 146).

Fanampin-kevitra enti-mampiantra

Ireto fanovoan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Mandimby mpitondra mahomby iray

- Maro ny olona, tahaka an' i Josoa sy i Brigham Young, voantso handimby ny toeran' ny mpitondra lehibe. Inona ny zava-tsarotra mety hahazo azy ireo? Inona no nanampy azy ireo mba hahomby, araka ny hevitrao? Inona no azon-tsika atao mba hanampy antsika hanana fahombiazana rehefa mandimby ny toeran' ny olona iray izay nahay, na any am-piasana, any am-piangonana, any an-tsekoly, na any an-trano isika?

2. Ny vokatry ny fahotan' ny olona iray amin' ny hafa

- Ampianaro ny tantaran' i Akana ao amin' i Josoa 7. Noho ny tsy fankatoavan' i Akana, dia resin' ny vahoakan' i Ay ny Isiraelita (Josoa 7:1–5). Inona no nataon' i Akana nahatonga an' izany? (Jereo Josoa 7:20–21. Nitondra ny tsy fankasitrahany ny Tompo teo amin' ny Isiraely izy tamin' ny tsy fankatoavany Azy tamin' ny nitondrany fitafiana sy vola avy tao Jeriko.)
- Inona no asehon'ny vokatry ny fahotan' i Akana momba izay mety ho fiantraikan' ny otantsika manokana eo amin'ny hafa? Inona ny fahadisoana amin' ny fiheverana fa izay ataontsika dia raharahantsika samirery ihany ary tsy handratra olon-kafa? (Azonao atao ny mampiasa ohatra momba ny fihetsik' olona iray izay mahakasika olon-kafa: Ny lozam-piarakodia noho ny mpamily mamo dia mitondra fahavoazana amin' ny fiainan' ny olona tsy manan-tsiny izay naratra. Ny olona izay manakorontana ny fianarana Sekoly Alahady dia mahatonga olona eo amin' ny fifantohan' ny hafa sy fahatsapany ny Fanahy. Ny olona izay manota ara-pitondran-tena na tsy miaina ny Tenin' ny Fahendrena dia mitondra fijaliana ho an' ny hafa. Ny vady izay manitsakitsaka ny tokantrano dia afaka mandrava ny fianakaviana ary mahatonga fangirifiriana lehibe eo amin' ireo olona ao amin' ny fianakaviana tsy manan-tsiny. Ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana izay tsy manaraka ny Tompo dia mety hampihemotra ny Fiangonana iray manontolo tsy hahazo fitahiana avy amin' ny Tompo.)

Nilaza ny Loholona James E. Faust hoe: “Ny safidin' ny olon-tokana dia tsy **azy samirery; misy vokany eo amin' ny sarababem-bahoaka avokoa** izy rehetra ireo. . . . Ny fiarahamonina dia fitambaran' izay ataon' ny olona tsirairay antapitrisany eo amin' ny fiainany manokana. Izany fitambaran' ny fitondran-tenan' ny tsirairay izany dia misy vokany lehibe eo amin' izao tontolo izao.

Tsy misy ny tena safidy manokana” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1987, 101; na *Ensign*, May 1987, 80).

3. Mahazo ny tany Hebrona i Kaleba

- Mitantara ny fomba nahazoan’ i Kaleba ny tany Hebrona avy tamin’ i Josoa ny Josoa 14. Nahoana no nahazo ny tany Hebrona i Kaleba? (Jereo Josoa 14:6–14. Mariho fa ny teny hoe: “tanteraka tamin’ ny fanarahana ny Tompo” dia mive-rina ao amin’ ny andininy 8, 9 ary 14.)

Nanambara ny fiderany an’ i Kaleba sy nanome lesona vitsivitsy toy izao izay azontsika tsoahina avy aminy ny Filoha Spencer W. Kimball:

“Mianatra lesona lehibe avy amin’ ny ohatr’i Kaleba isika. Toy ny ady mafy tsy maintsy nataon’ i Kaleba hitoetra ho marina sy mahatoky mba hahazo ny lova-ny, no tsy maintsy hahatsiarovantsika ihany koa fa, raha nampanantena toera-na ho antsika ao amin’ ny Fanjakany ny Tompo, dia tsy maintsy miezaka mandrakariva sy amim-pahatokiana isika mba hahazo ny valisoa ihany koa.

“Namarana ny fanambarany mampiontanontana i Kaleba tamin’ ny fangata-hana sy fanamby izay ankasitrahan’ny foko tokoa. Ny Anakita, izay goavam-be, dia mbola nonina teo amin’ ilay tany nampanantenaina, ary tsy maintsy noresena. Hoy i Kaleba, izay efa 85 taona: ‘omeo ahy irỳ tendrombohitra irỳ’ (Josoa 14:12).

“Izany no fahatsapako ny asa amin’izao fotoana izao. Misy fanamby lehibe manoloana antsika, fahafahamano lehibe izay tsy maintsy atrehina. Faly aho amin’ izany vinavina mampientam-po izany ary te hilaza amin’ ny Tompo amim-panetren-tena hoe: ‘omeo ahy irỳ tendrombohitra irỳ,’ omeo ireo fanamby ireo” (tao amin’ny Conference Report, Okt. 1979, 115; na *Ensign*, Nov. 1979, 79).

4. “Fidionareo anio izay hotompoinareo”

Raha misy ny *cassettes d’ accompagnement de l’ Ancien Testament*, dia azonao atao ny mampiseho ny “Choisissez aujourd’ hui qui vous voulez servir”, ampahany maharitra eo amin’ ny enina minitra eo momba ny fitsapana ny fankatoavan’ ny tsongan-dahin-tsoavaly arabo iray rehefa noana sy mangetaheta izy.

Mpitsara 2; 4; 6-7; 13-16

Tanjona Hanampy ny mpianatra hikatsaka ny fitaomana izay hampahatanjaka azy ireo amin' ny fiainana ny filazantsara eo amin' ny tontolo feno olana.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Mpitsara 2: 6-23. Ny fihodin' ny Apôstazia dia nanomboka rehefa nanadino ny Tompo ny taranaka vao nisondrotry ny Zanak' Israely ka nanompo ny andriamani-kafan' ireo olona nanodidina azy.
 - b. Mpitsara 4:1-16. Nasaina nanafaka an' i Israely tamin' i Jabina, mpanjakan' i Kanana i Baraka (4:1-7). Nanaiky ny handeha izy raha mandeha miaraka aminy i Debora (4:8-9). Nanafaka an' i Israely tamin' ny Kananita i Debora sy i Baraka.
 - d. Mpitsara 6-7. Nasaina nanafaka an' i Israely amin' ny Midianita i Gideona (6:1-24). Nandrava ny alitaran' i Bala amin'ny andro alina izy sy lehilahy hafa 10 (6:25-35). Nanome toky ny Tompo fa hanampy an'i Gideona amin' ny fanomezana azy famantarana roa (6:36-40). Nanafaka an' i Israely tamin' ny Midianita i Gideona sy lehilahy hafa miisa 300 (7:1-25).
 - e. Mpitsara 13-16. Nisy anjely nampianatra ny ray aman-drenin' i Samsona hitaiza azy tahaka ny Nazirita (13:1-25). Nanatanteraka fampisehoan-kery lehibe i Samsona saingy nandika maromaro tamin'ny voady nataony naha-Nazirita azy (14-15). Azon' ny famitahan' i Delila i Samsona, notapahana ny volony, ka nanjary osa izy, nobaboin' ny Filistina, ary maty rehefa nazerany ny tempolin' izy ireo (16:1-31).
 2. Azonao atao ny mangataka ny mpianatra hamintina ny iray na mihoatra amin' ny tantara ao amin'ny soratra masina amin' ity lesona ity.
-


**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny fampiasana manaraka (na iray amin' ny anao) hanombohana ny lesona.

Nitantara ny fotoana namboleny zanan-kazo teo an-jaridainany ny Filoha Gordon B. Hinckley, saingy nohamaivaniny ny fampiasana tsatòka fanohanana mba hanampy izany haniry mahitsy. Nisy fotoana, naronan' ny rivotra tamin' ny ilany iray ilay hazo. Tonga saina ny Filoha Hinckley fa raha nofaktorany tamin'ny tsatòka ilay hazo, dia mety ho voatohana ilay hazo mandra-pahatanjan' ny tsara hanohitra irery ny rivotra. (Tao amin' ny Conference Report, Okt. 1993, 77-78; na *Ensign*, Nov. 1993, 59.)

Hazavao fa mitovy amin' izany zanan-kazo izany isika indraindray, tsy afaka manohitra ny rivotra (ny fakan'i Satana fanahy) amin' ny herintsika irery. Mianatra momba ny "tsatòka" sasantsasany, izay afaka manohana antsika, isika

ao amin' ny Bokin' ny Mpitsara. Manaova sarina zanan-kazo voatohan' ny tsatòka efatra eo amin' ny solaitrabe. Rehefa mandroso amin' ny tantara ao amin'ny soratra masina ao amin' ny lesona ianao, dia asio anarana tahaka izao manaraka izao ny tsatòka tsirairay avy:



Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia mifanakaloza hevitra amin'ny fomba hampiharana azy eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-nodiaviny izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

Nahazo maro tamin'ny tany nampanantenaina ny Isiraelita, i Josoa no nitarika azy tamin'izay. Rehefa maty i Josoa, dia tsy niray tamin' ny mpitarika anankiray intsony ny Isiraelita mandra-pahatongan' ny andron' ny mpaminany Samoela sy i Saoly. Nandritra izany elanelam-potoana izany, dia nisy mpitsara 12 nanompo tamin' ny naha-mpiahy sy mpitarika ny miaramila Isiraely azy. Nahatsiravina ny ankamaroan' ny fanjakan' izy ireo rehefa nandia ny fihodinan' ny apôstazia, ny fanandevozana, ny fibebahana ary ny fanafahana imbetsaka ny Isiraely.


Mifanohitra amin' ny ampahany mahatsiravina amin' izany tantara izany ny tantaran' ireo olona izay nitoetra ho marina, nanome ohatra feno hery momba ny fomba hampitomboana ny finoana sy ny herim-po eo amin' ny tontolo mihemotra. Samy mpitsara marina i Debora sy i Gideona, izay natsangan' ny Tompo hanafaka an' i Isiraely. Niankina betsaka tamin'ny finoan' i Debora ny fanafahana ny Isiraelita tamin' ny miaramila Kananita. Ny fahatokian' i Gideona an' Andriamanitra no nahafahan'ny miaramilany 300 handresy ny Midianita tamim-pahagagana.

1. Ny herin' ny ray aman-dreny marina sy ny vokatry ny fialana amin' ny lalany

Ampianaro sy hadihadio ny Mpitsara 2:6–23.

- Ao amin' ny Bokin' ny Mpitsara, dia nahita fihodinana maro momba ny fahamarinana sy ny apôstazia ny Zanak' Isiraely (jereo ny "Fihodinan' ny Apôstazia ao amin' ny Mpitsara" sary ao amin' ny takila 00). Ahoana ny nanombohan' ny taranaky ny Isiraelita vao nisondrotra ny fihodin' ny apôstazia? (Jereo Mpitsara 2:10, 12, 17, 20 ary 22. Toroy hevitra hanamarika ny teny manan-danja ao amin' ireo andininy ireo ny mpianatra. Mariho fa nandao an' Andriamanitra ny Zanak' Isiraely ary nandao ny lalana sy ny fanekehampihavanan' ireo ray aman-dreniny.)

- Nahoana no mandao ny fampianarana sy lalana marin’ ireo ray aman-dreny ny zanaka indraindray? Ahoana no fomba ahafahan’ ny ray aman-dreny manampy ny zanany ho mahatoky ? Ahoana ny fomba nanampian’ ny ray aman-dreninao na ny olon-kafa ao amin’ ny fianakaviana hankahery anao eo amin’ ny fiainana amim-pahamarinana?
- Ahoana no ahafantarantsika famantarana voalohan’ ny apôstazia? Ahoana no ahafahan’ ny olona manapotika ny Fihodinana’ ny Apôstazia? Ahoana ny fomba mety ahafahantsika manampy tsara ny olona ao amin’ ny fianakaviana na ny namana izay toa mihamanalavitra ny fahamarinana?



2. Debora—ny herin’ ny namana marina

Ivereno jerena vetivety ny tantaran’ i Debora sy i Baraka ao amin’ ny Mpitsara 4:1–16, na asaovy manao izany ilay mpianatra voatendry.

- Inona no nasain’ ny Tompo nataon’ i Baraka? (Jereo Mpitsara 4:6–7.) Nanao ahoana no fihetsehampon’i Baraka manoloana izany fanendrena izany? Inona no fepetra neken’ i Baraka handehanana hiady amin’ i Sisera sy ny kalesiny miisa 900? (Jereo Mpitsara 4:8.) Nahoana no vonona hifanatrika amin’ i Sisera i Baraka raha mandeha miaraka aminy i Debora, araka ny hevitrao?
- Inona no tena manaitra anao momba an’ i Debora? Inona no toetra nananany izay mety tsy nananan’ i Baraka? (Jereo Mpitsara 4:4–9, 14.)
- Inona no azontsika nianarana avy amin’ i Debora momba ny maha-namana marina? (Zavatra iray azontsika ianarana fa ny namana tsara dia mandrisika antsika hankatò ny Tompo ary manome antsika hery hanao izay tsara.) Ahoana ny nanampian’ ny namanao anao hiatrika olana lehibe na hankatò ny didin’Andriamanitra? Ahoana no hahatonga antsika ho namana tsaratsara kokoa ho an’ ny hafa?

Toroy hevitra hanoratra ny anaran’ ny namany ireo mpianatra ary hanontany tena raha (1) mitovy amin’ i Debora izy ireo eo anatrehan’ ireo namany ary (2) mitovy amin’ i Debora ireo namany eo anatrehany.

3. Gideona—ny herin’ ny finoana an’ Andriamanitra

Ivereno jerena vetivety ny tantaran’ i Gideona ao amin’ ny Mpitsara 6–7, na asaovy manao izany ilay mpianatra voatendry.

- Inona no nasain' ny Tompo nataon' i Gideona? (Jereo Mpitsara 6:14.) Inona no navalin' i Gideona tamin' ny voalohany? (Jereo Mpitsara 6:15.)
- Ahoana no nanomezan' ny Tompo toky an' i Gideona fa naniraka azy hanafaka an' i Isiraely Izy ary hiaraka aminy sy hanampy azy Izy? (Jereo Mpitsara 6:16–23, 36–40; 7:9–15.)
- Rehefa nino i Gideona fa naniraka azy tokoa ny Tompo hanafaka an' i Isiraely, dia nandroso tamim-pinoana izy. Nahoana no tian' ny Tompo nahena ho 300 ny miaramilan' i Gideona 32.000 hiady amin' ny Midianita? (Jereo Mpitsara 7:2. Tian' ny Tompo hatoky Azy sy hiaiky ny heriny ny Isiraelita, fa tsy ny herin' izy ireo.) Ahoana ny fomba ampianaran' ny Tompo antsika hatoky Azy sy hiaiky ny heriny ankehitriny?
- Inona no niseho rehefa nifanandrina tamin' ny Midianita i Gideona sy ny lehilahiny 300? (Jereo Mpitsara 7:16–23.) Nahoana, araka ny hevitrao, i Gideona sy ireo lehilahy niaraka taminy no nihiaka hoe: “Ny sabatr' i Jehovah sy Gideona”? (Jereo Mpitsara 7:20. Fantatr'i Gideona— ary tiany ho fantatr'ireo lehilahy niaraka taminy— fa miaraka amin'izy ireo ny Tompo.)
- Inona no lesona azo tsoahina avy amin' i Gideona? Ahoana no nanampian' ny Tompo anao hanao zavatra sarotra izay nampanaoviny anao? (Rehefa mitantara ny zava-nodiaviny ny mpianatra, dia mijoroa ho vavolombelona fa rehefa maniraka antsika hanao zavatra ny Tompo, dia hanampy antsika hanatanteraka izany Izy.)

4. Samsona—ny herin' ny fanekempihavanana sy ny vokatry ny fanapahana izany

Ivereno jerena fohifohy ny tantaran' i Samsona ao amin' ny Mpitsara 13–16, na asaovy manao izany ilay mpianatra efa voantendry.

- Ahoana no nahafantaran' ny renin' i Samsona, izay momba, fa hanan-janaka lahy izy? (Jereo Mpitsara 13:2–3.) Inona no nolazain' ilay anjely tamin' ny renin' i Samsona momba ny zaza izay haterany? (Jereo Mpitsara 13:4–5. Hazavao fa ny Nazirita dia nanao fanekena tamin' ny Tompo fa hampisaraka ny tenany amin' ny zavatr' izao tontolo izao mba ho tonga masina eo anatrehany. Voalaza ao amin' ny Nomery 6:2–6, 8 ny voadin' ny Nazirita.)
- Inona ireo fitahiana nomen' ny Tompo an' i Samsona hanampiana azy hanatanteraka ny asa nanirahana azy hanafaka ny Isiraely amin' ny Filistina? (Jereo Mpitsara 13:24–25; 14:5–6, 19; 15:14–15. Nomen' ny Tompo hery ara-panahy sy ara-nofo izy.)
- Amin' ny maha-Nazirita sy maha-mpikambana ao amin' ny mpianakavin' Isiraely azy, dia nanao fanekempihavanana tamin' ny Tompo i Samsona. Na izany aza, dia nandika ny voady amin' ny maha-Nazirita azy sy ny fanekempihavanana amin' ny maha-mpikambana ao amin' ny mpianakavin' Isiraely azy izy. Inona ny voady sy fanekempihavanana izay nodikainy? (Voatanisa etsy ambany ny sasany amin' ireo fanekempihavanana nodikain' i Samsona.)
 - a. Nanambady ivelan' ny fanekena mifehy ny mpianakavin' Isiraely izy (Mpitsara 14:1–3).
 - b. Nijangajanga tamin' ny vehivavy janga iray izy (Mpitsara 16:1).
 - d. Notapahana ny volony (Mpitsara 16:4–20).

- Inona no vokatry ny fandikan' i Samsona ny fanekehempihavanany? (Jereo Mpitsara 16:17–21. Very ny hery ara-panahy sy ara-nofonany, ka nojambain' ny Filistina sy nofatorany izy. Raha ilaina, dia hazavao fa tsy ny volon' i Samsona no loharanon-keriny ara-nofonany. Fa ny volony kosa no famantarana ny fanekehempihavanana nataony tamin' ny Tompo, ka rehefa tapaka ny volony, dia noesorin' ny Tompo ny heriny ara-nofonany satria nodikainy ilay fanekehempihavanana.) Inona no miseho rehefa mandika ny fanekehempihavanana nataontsika isika? Inona no famantarana ananantsika momba ny fanekehempihavanana nataontsika tamin' ny Tompo?
- Ny fanekehempihavanana izay ataontsika amin' ny Tompo dia tokony ho loharanon-kery, fitarihana ary fanoloran-tena. Inona ny fanekehempihavanana ataontsika amin' ny Tompo? Ahoana no fomba nampaherezan' io fanekehempihavanana io anao? (Fomba iray nampaherezan' ny fanekehempihavanana antsika ny fanampiana antsika hanohitra ny ezak' i Satana hanajamba sy hamatotra antsika.)
- Nanana hery miafina lehibe i Samsona. Nilaza ilay anjely nanambara ny fahaterahany fa hanomboka ny fanafahana an' Isiraely amin' ny Filistina izy. Nitahe azy tamin' ny fanomezam-pahasoavana maro ny Tompo, anisan' izany ny hery lehibe ara-nofonany. Inona ny fahalemena anaty nahatonga ny fahalavoany? (Jereo Mpitsara 15:7; 16:1; F&F 3:4. Mety ahitana tsy fifehezan-tena, fijangajangana, fikatsahana hamaly faty, ary fanapahana fanekehempihavanana ny valiny.) Ahoana ny fomba ahafahantsika mandresy ny fahalemena izay mety hanakana antsika amin' ny fanatanterahana ny hery miafina ananantsika?

Famaranana

Hazavao fa ao amin' ny Bokin' ny Josoa, dia niady ka naharesy tamin' ny ady maro nataony tamin' ny Kananita ny Isiraelyta. Na izany aza, ao amin' ny Bokin' ny Mpitsara, dia nanomboka resy tamin' ny ady ara-panahy ny Isiraelyta, namela ny tenany ho voataonan' ny fanao ratsin' ny Kananita sy ireo andriamanitra tsy izy. Miatrika ady ara-panahy sahala amin' izany ihany koa isika. Mijoroa ho vavolombelona fa afaka mandresy ireo ady ireo isika raha (1) manaraka ny lalan' ny ray aman-dreny sy razambe marina, (2) maka namana tsara, (3) mampitombo ny finoantsika ny Tompo, ary (4) mitandrana ny fanekehempihavanana nataontsika.

Fanampin-kevitra
enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Ny andraikitry ny ray aman-dreny eo amin' ny ara-nofon' ny zanany (Mpitsara 1:28)

- Ny lesoka teo amin' ny taranak' Isiraely vao nisondrotra izay tokony hitoetra ho mahatoky dia tsy tena hadisoan' izy ireo samirery tanteraka. Araka ny Mpitsara 1:21, 27–33, ary 2:1–4, ahoana ny fipetrakin' ny fototry ny fahalavoan' ireo zanany? (Ny tsy fahafahan' ireo ray aman-dreniny nandroaka ireo Kananita no nahatonga izany. Na dia ampy tanjaka kokoa aza ireo ray aman-dreny hanoherana ny fitaoman' ny tontolo nanodidina azy ireo, dia tsy mba toy izany ireo zanany.)

- Ahoana no fomba amelan' ireo ray aman-dreny sasantsasany ny zanany ankehitriny amin'ny fitaoman' izao tontolo izao ka nahatonga azy hanao fahadi-soana tahaka an' ireo ray aman-drenin' ireo “taranak' [i Isiraely] vao misondrotra”? (Mangataha valin-teny mazava tsara.)

2. Fahagagana amin' izao androntsika izao

- Nahoana no mahatsapa tahaka an' i Gideona ny olona sasany, fa manao fahagagana bebe kokoa ny Tompo tamin' ny taranaka teo aloha noho ny amin'ny azy? (Jereo Mpitsara 6:13.) Inona no andraikitsika amin' ny fahatanterahan' ny fahagagana? (Jereo Môrônia 7:35–38.) Ahoana no ahafantaranao fa mbola manao fahagagana ihany Andriamanitra amin' izao andro izao? Ahoana no ahafahantsika mamantatra ny fahagagana tsotra eo amin' ny fiainantsika?

3. “Fandrao hirehareha Amiko ny Isiraely” (Mpitsara 7:2)

- Nahoana no nasain' ny Tompo nalefan' i Gideona nody ny ankamaroan' ireo vahoakany talohan' ny niatrehana ireo Midianita? (Jereo Mpitsara 7:2.) Ahoana ny fomba “ireharehan[tsika]” amin' izao andro izao? (Ny sasany amintsika dia milaza fa nahazo ny zavatra rehetra izay azontsika tamin' ny alalan' ny ezaka nataontsika samirery, raha tokony hiaiky fa ny fitahiana sy hery dia avy amin' ny Tompo.) Ahoana no fomba ialantsika amin' izany olana izany?

4. Manohitra fakam-panahy

- Nahoana i Samsona no nilaza ny tsiambaratelo momba ny heriny taorian'ny nahafantarany, fa nanandrana namadika azy intelo i Delila? (Jereo Mpitsara 16:15–17.) Mifanohitra ny valin-tenin' i Samsona tamin' i Delila sy ny valin-tenin' i Josefa tamin' i vadin' i Potifara (Genesisy 39:7–12). Ahoana no ahafahantsika mandresy na manohitra ireo fakam-panahy maharitra?

“Fantatr’ izay rehetra ao an-tanànan’ ny fireneko fa vehivavy tsara hianao”

Lesona
20

Rota; 1 Samoela 1

Tanjona Hanentana ny mpianatra haka tahaka ny toetra tsaran’ i Rota, Naomy ary Hana.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinanao ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Rota 1–2. Rehefa maty ny vadiny, dia nandao ny tranony i Rota ka nankany Betlehema niaraka tamin’ ny rafozam-baviny, Naomy. Tany Betlehema, dia niasa teny an-tanimbarin’ i Boaza, izay nanao soa azy i Rota.
 - b. Rota 3–4. Nandry teo an-tongotr’ i Boaza i Rota, ary nampanantena ny hanambady azy i Boaza. Nivady sy nanan-janaka izy ireo. Anisan’ny taranak’ izy ireo i Davida Mpanjaka sy i Jesoa Kristy.
 - d. 1 Samoela 1; 2:1–2, 20–21. Notahina tamin’ ny fahazoana zanaka lahy i Hana, izay nentiny teo amin’ ny Tompo araka ny nampanantenainy. Mbola notahina tamin’ ny fananana zanaka hafa maro izy tatỳ aoriana.
 2. Raha mampiasa ny “Fisarihana ny saina” ianao, dia mitondrà ravin-taratasy sy pensilihazo na penina ho an’ ny mpianatra tsirairay.
 3. Raha misy ny *Cassettes d’ accompagnement de l’ Ancien Testament* eo aminareo, dia azonao atao ny mampiseho ny “La foi de Anne,” ampahany maharitra telo minitra ho ampahany amin’ ny lesona.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao atao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin’ ny anao manokana) hanombohana ny lesona.

Omeo ravin-taratasy sy penina na pensilihazo avy ny mpianatra tsirairay.

Hazavao fa na dia fohy aza ny bokin’ i Rota, dia maneho mazava tsara fa vehivavy marina i Rota. Rehefa izany dia omeo izao fanontaniana manaraka izao:

- Raha toa ka tsy maintsy lazaina amin’ ny alalan’ ny teny vitsy ny toetranao, inona no teny tianao? Inona no zavatra azonao atao amin’ ity herinandro ity mba hahatonga anao hanakaiky kokoa hitovy amin’ izany toetra voalaza izany?

Hazavao fa ity lesona ity dia hiresaka momba ny toetra marina nananan’ i Rota sy vehivavy roa hafa, antsoina hoe: Naomy sy Hana.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mpianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba hampiharana azy eo amin’ ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-nodiaviny izay mifanaraka amin’ ny fitsipika araky ny soratra masina.

1. Mandao ny fonenany ho any Betlehema miaraka amin' i Naomy i Rota.

Ampianaro sy hadihadio ny Rota 1–2

- Nahoana no nifindra tany Moaba i Naomy sy ny fianakaviany? (Jereo Rota 1:1–2.) Nahoana no niverina tany Betlehema i Naomy taorian' ny nahafatesan' ny vadiny sy ny zanany lahy? (Jereo Rota 1:6. Betlehema no fonenany, ary tsy nisy intsony ny mosary tany.)
- Tamin' izy ireo nonina tany Moaba, dia nanambady an' i Orpa sy i Rota, izay vehivavy Moabita, ny zanakalahin' i Naomy (Rota 1:4). Ahoana no nanehoan' i Naomy ny fitiavany sy ny fiahiany ireo vinantovaviny rehefa te hiverina any Betlehema hiaraka aminy izy ireo? (Jereo Rota 1:7–13.) Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny fiahian' i Naomy ny vinantovaviny izay afaka hanampy antsika eo amin' ny fifandraisam-pianakaviansika?
- Niverina tany amin' ny fianakaviany ny iray tamin' ireo vinantovavin' i Naomy, i Orpa, fa ny iray hafa kosa, i Rota, dia nisisika ny hanaraka an' i Naomy any Betlehema. Inona no azontsika tsoahina momba an' i Rota momba ny fampantenany tamin' i Naomy ao amin' ny Rota 1:16–17? (Mahatehotia, mahatoky, ary vonona hahafoy tena izy.) Ahoana no fomba ahafahantsika maneho fahamarinana lehibe eo amin' ny fianakaviansika? Ahoana no fomba ahafahantsika maneho tsy fitiavan-tena, tahaka ny nataon' i Rota?
- Inona no nafoin' i Rota tamin' ny fandehanana tany Betlehema niaraka tamin' i Naomy? (Mety hahitana ny tanindrazany, fianakaviany, namany ary ny finoany ny valin-teny.) Inona no azon' i Rota tamin' ny fandehanany niaraka tamin' i Naomy? (Ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy; jereo ny Fanampin-kevitra enti-mampianatra voalohany.) Inona no azontsika ianarana avy amin' i Rota amin' ny fahafoizan-tena ho an' ny filazantsara?
- Rehefa nankany Betlehema, dia inona no nataon' i Rota mba hahazoany sakafo ho azy sy ho an' i Naomy? (Jereo Rota 2:2. Azonao atao ny manazava fa ny mpitsimpona dia olona izay nahazo lalana hanangona salohim-bary izay tavela eny an-tanim-bary aorian' ny fotoam-pijinjana.) Tanim-barin' iza no nitsimponan' i Rota? (Jereo Rota 2:1,3.) Nahoana no gaga tamin' i Rota i Boaza? (Jereo Rota 2:5–7, 11. Hitan' i Boaza fa mpiasa mahery fo i Rota. Fantany ihany koa izay rehetra nataon' i Rota tamin' i Naomy.) Ahoana no nanehoan' i Boaza soa tamin' i Rota? (Jereo Rota 2:8–9, 14–16.)
- Ahoana no nanehoan' i Rota ny tsy fitiavan-tenany rehefa niverina avy nitsimpona salohim-bary izy? (Jereo Rota 2:14, 17–18. Nitondra ireo salohim-bary izay avy notsimponiny nody tany amin' i Naomy i Rota, ary nitondra sakafo hafa izay notahiriziny tamin' ny sakafo atoandrony ihany koa ho an' i Naomy izy.) Ahoana ny nitahiana anao tamin' ny alalan' ny fihetsika tsy nisy fitiavan-tena nataon' ny hafa taminao?

2. Nivady i Rota sy i Boaza ary nanan-janaka maro.

Ampianaro sy hadihadio ny Rota 3–4.

- Nasain' i Naomy nanatanteraka fomba i Rota, izay nantenainy fa hahatonga ny fanambadian' i Rota sy i Boaza (Rota 3:1–5). Tamin' ny fandrian' i Rota teo antongotr'i Boaza, no nanehoan' i Rota tokoa ny fikasany hanambady azy. Inona no nambaran' ny fankatoavan' i Rota ny anatr'i Naomy ny amin' ny fihetsehampony momba azy?

- Ahoana no fihetsik' i Boaza rehefa nifoha izy ka nahita an' i Rota nandry teo an-tongony? (Jereo Rota 3:8–15. Mariho fa rehefa nilaza i Rota hoe: “rakofy ny lambanao ny zatovovavinao,” dia te hilaza izy hoe “ambeno aho, arovy aho, karakarao aho.” Inona no fepetra naneken' i Boaza hanambadiany an' i Rota? (Jereo Rota 3:11–13. Hazavao fa rehefa maty ny vadin' i Rota, dia ny havany lehilahy akaiky indrindra no tokony hanambady an' i Rota. Tsy havany akaiky i Boaza, nefa nanaiky ny hanambady an' i Rota izy raha tsy mikasa ny hanao izany ny havana akaiky.)
- Inona no lazan' i Rota teo amin' ireo mponin' i Betlehema? (Jereo Rota 3:11.) Ahoana no nitondran' izany laza izany voka-tsoa teo amin' ny fifandraisany tamin' i Boaza? Nahoana no zava-dehibe ny ahafantaran' ny olona ao amin' ny fianakaviansika, ny namantsika, ary ny mpifanolobodirindrina amintsika izay inoantsika sy izay hasina ezahantsika arovana?
- Inona no nataon' i Boaza rehefa avy nampanantena ny hanambady an' i Rota izy? (Jereo Rota 3:15; 4:1–8.) Ahoana no nanehoan' i Boaza fa olon'ny fahamarinana izy? (Jereo Rota 4:9–10, 13. Notanany hatrany ny fampanantenany tamin' i Rota ary notanterahiny ny andraikiny amin' ny maha-havana lahin' ny vadiny maty azy.)
- Iza no mpanjaka malazan' i Isiraely izay taranak' i Rota sy i Boaza? (I Davida mpanjaka dia anisan' ny zafikelin' izy ireo; jereo Rota 4:17, 21–22.) Iza ihany koa no tarank' i Rota sy i Boaza? (Jesoa Kristy; jereo Matio 1:5–16; Jaona 7:42.)
- Nantsoin' ny Loholona Thomas S. Monson hoe vehivavy mahery fo i Rota (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1974; na *Ensign*, Nov. 1974, 108). Amin' ny fomba ahoana no iheveranao an'i Rota ho mahery fo? (Nilaza an' i Rota ho modelim-pahatokiana sy fahamarinana ny Loholona Monson. Azon' ny mpianatra atao ny manome hevitra hafa amin' ny maha-mahery fo an' i Rota.)

3. Notahina tamin' ny fananana zanaka lahy, izay nentiny teo amin' ny Tompo araka ny fampanantenany i Hana.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 1.

- Hana, ilay vadin' i Elkana, dia momba. Isan-taona, ao amin' ny tempoly, dia mitomany sy mivavaka foana izy mba hanan-janaka lahy (1 Samoela 1:1–7). Inona no fampanantenana nataon' i Hana tamin' ny Tompo izay hita ao amin' ny 1 Samoela 1:11? Inona no azontsika tsoahina avy amin' i Hana amin' io fampanantenana io? (Vehivavy nanam-pinoana lehibe izy; azon' ny mpianatra atao ny manome valin-teny hafa fanampiny.)
- Iza no nahita an' i Hana nivavaka tao amin' ny tempoly? (Jereo 1 Samoela 1:9–12.) Inona no nolazain' i Ely tamin' i Hana momba ny fampanantenana nataony tamin' ny Tompo? (Jereo 1 Samoela 1:17.) Ahoana ny fihetsehampon' i Hana rehefa nahare ny tenin' i Ely izy? (Jereo 1 Samoela 1:18.) Ahoana ny fomba ahafahan' ny mpitondra fiangonana manampy antsika rehefa manana olana isika?
- Nilaza tamin' i Ely i Hana fa “mamoaka ny ao am-po[ny] amin' i Jehovah” izy (1 Samoela 1:15). Ahoana no ahafahantsika manao ny vavaka ataontsika manokana ho vokatry ny fo kokoa sy hanan-danja?
- Inona no nitranga ho valin' ny fampanantenan' i Hana tamin' ny Tompo? (Jereo 1 Samoela 1;19–20.) Ahoana ny fomba nitanan' i Hana ny fampanante-

nany rehefa teraka i Samoela? (Jereo 1 Samoela 1:21–28.) Inona no fampanantenana ataontsika amin' ny Tompo? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny fane-kempihavanana izay nataontsika Taminy tamin' ny batisa sy tany amin' ny tempoly.) Inona no azontsika tsoahina avy amin' i Hana mba hanampy antsika hazoto amin' ny fitandremana ireo fampanantenana ireo?

- Araka ny hevitrao, ahoana no fihetseham-pon' i Hana tamin' ny nanomezany an' i Samoela ho amin' ny fanompoana ny Tompo? Inona no asain' ny Tompo omentsika azy? Inona no tokony ho fihetsika asehontsika rehefa manome fanomezana azy isika? (Tokony hanome an-tsitrabo isika, mahatsiaro fa ny zavatra rehetra izay ananantsika dia avy amin' ny Tompo.)
- Rehefa nitondra an' i Samoela tany amin' ny tempoly i Hana, dia nanao fanatitra sy nihira fiderana ho an' ny Tompo izy (1 Samoela 1;24–25, 28; 2:1–2). Nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro misaotra ny Tompo noho ireo fitahiana izay omeny antsika?
- Niandry taona maro i Hana vao nahazo ny nitahiana tamin' ny fananana zanakaka (1 Samoela 1:2; 2:21). Inona ireo toetra hafa hita ao amin' ny Baiboly izay nandraisana fitahiana noho ny fiandrasana an' i Jehovah tamim-paharetana? Inona no lazain' izao tontolo izao momba ny fotoana tokony hahazoantsika ireo zavatra tiantsika? Inona no lazain' ny Tompo? Ahoana no fomba ahafahantsika mianatra miandry amim-paharetana ireo fitahiana izay ho avy amin' ny fotoanan' ny Tompo?

Famaranana

Inona no toetram-pahamarinana nasehon' i Rota, Naomy ary Hana? (Soraty eo amin' ny solaitrabe ireo toetra tsara ireo.)

Entano ny mpianatra haka tahaka ny toetram-pahamarinana izay nasehon' i Rota, Naomy, ary i Hana. Mijoroa ho vavolombelona fa hitondra antsika hanakaky bebe kokoa ny Mpamonjy, Jesoa Kristy, ny fampivoarana ireo toetra tsara ireo.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin' ny lesona.

1. Ireo jentilisa niova fo nekena ho ao amin' ny fane-kempihavanan' i Abrahama

Hazavao fa i Rota dia tsy Isiraelita raha ny amin'ny firazanana. Rehefa nandao an' i Moaba ho any Betlehema niaraka tamin' i Naomy izy, dia nilaozany ihany koa ny finoany ary nanaraka ny Andriamanitry ny Isiraely izy, nilaza tamin' i Naomy hoe: “Ny Andriamanitrao no ho Andriamanitro” (Rota 1:16). Rehefa nanambady an' i Boaza i Rota, dia nanjary anisan' ny fitohizan' ny mpanjaka tamin' ny Isiraely, razamben' i Davida Mpanjaka sy i Jesoa Kristy.

- Ahoana ny fomba ahitana taratra ao amin'ny fiovam-pon'i Rota sy ny fanekeny ho an'isan'ny mpianakavin'Isiraely ny toetran' i Kristy manoloana ireo izay maniry hiditra ho mpikambana ao amin' ny Fiangonany? (Jereo 2 Nefia 26:33; Almà 19:36; 3 Nefia 21;6.) Ahoana no ahafahantsika manampy ireo vao niova fo hahatsapa fa faly mandray azy ho tonga soa ao am-piangonana isika?

2. Mitsara marina

- Raha nijery an' i Hana nivavaka tao amin' ny tempoly i Ely, ilay mpisorona, dia diso hevitra taminy izy, noheveriny fa “mamo izy” (1 Samoela 1;13). Inona no loza ateraky ny fitsarana olona ivelany? Ahoana no ahafahantsika miala amin' io fomba fitsarana io?
- Hoy ny Loholona Hugh B. Brown hoe: “raha manao hadisoana [@ fitsarana olona] aho, dia tiako izy ireny ho eo amin' ny ilany an' ny famindram-po” (tao amin' ny Eugene E. Campbell sy Richard D. Poll, *Hugh B Brown: His Life and Thought* [1975], 225). Ahoana no ahafahantsika mampihatra io fitsipika io?

3. Famahana olana sy ahiahy amin' ny fandehanana any amin' ny tempoly

- Taiza no nanaovan' i Hana fanekena tamin' ny Tompo? (Jereo 1 Samoela 1:9–11.) Ahoana no ahafahan' ny fandehanana any amin' ny tempoly manampy antsika mamaha ny olana sy ny ahiahy mahazo antsika?

Hoy ny Loholona John A. Widtsoe hoe: “mino aho fa ny olona sahirana. . . izay manana ny olany sy ny ahiahiny, dia afaka mamaha kokoa ny olany amin'ny fomba tsaratsara kokoa ary haingana kokoa any amin' ny tranon' ny Tompo noho ny any amin' ny toeran-kafa. Raha [hanao] ny asa ao amin' ny tempoly ho an' ny tenany sy ho an' ny maty izy, dia hanome fitahiana lehibe ho an' ireo izay efa nialoha lalana any amin'ny fahafatesana, ary. . . ho tonga eo aminy ny fitahiana, amin' ny fotoana tsy ampoiziny, ao amin' ny tempoly na any ivelany no hahatongavan' ny vaha-olana, ho toy ny fanambarana, amin'izay nanahirana ny fiainany. Izany no fanomezam-pahasoavana izay tonga amin'ireo izay miditra ny tempoly amim-pahamendrehana” (notantain' i David B. Haight, tao amin' ny Conference Report, Okt. 1990, 76; na *Ensign*, Nov. 1990, 61).

Omen' Andriamanitra voninahitra izay manome voninahitra Azy

1 Samoela 2–3; 8

Tanjona Hanampy ny mpianatra hahatakatra ireo fitahiana azo avy amin' ny fanomezana voninahitra sy fifaliana ny Tompo noho ny tenantsika, ny hafa na izao tontolo izao.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - 1 Samoela 2:12–17, 22–25. Nanota ny zanakalahin' i Ely ary nahazo anatra avy tamin-drainy.
 - 1 Samoela 2:27–36; 3:12–14. Nisy lehilahin' Andriamanitra nampitandrina an' i Ely ny amin' ny vokatry ny faharatsiana misy ao amin' ny ankohonany.
 - 1 Samoela 3. Niantso an' i Samoela ny Tompo ka namaly izy.
 - 1 Samoela 8. Naniry ny hanana mpanjaka ny Isiraélita mba ho “tahaka ny firenena rehetra”. Nampitandrina azy ireo ny loza ateraky ny safidy toy izany i Samoela.
2. Azonao atao ny mangataka mpianatra iray hiomana hamintina ny tantara momba ny fiantsoana an' i Samoela (1 Samoela 3) ary mpianatra iray hafa hiomana hamintina ny tantaran' ny fanirian' ny Isiraely hanana mpanjaka (1 Samoela 8).
3. Raha nanapa-kevitra hiresaka momba an' ilay boky kely *Ry Tanora, mahereza* (34285 654) ianao ao amin' ity lesona ity, dia mitondrà santionany iray.
4. Raha hanao ny Fisarihana ny saina ianao, dia mitondrà sarin' ny Mpamonjy (62572 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 240). Raha tsy tianao tsy hanao ny sary eo amin' ny solaitrabe, dia mitondrà fitaratra, zavatra iray maneho olona iray, ary sarintany, bolantany na zavatra hafa iray maneho ny tany.
5. Raha misy ny sarin' ny Tompo miantso an' i Samoela zatovolohy, dia azonao atao ny mampiasa izany mandritra ny lesona (62498 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 111).


**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny manao ny fampiasana manaraka (na iray amin' ny anao) hanombohana ny lesona.

Alohan' ny fampianarana, dia apetaho ary sarony ilay sarin' ny Mpamonjy. Ataovy ireo sary telo ao amin' ny pejy 115 ary sarony (na apetaho sy sarony ireo zavatra telo voalaza ao amin' ny “Fanomanana”). Hazavao fa ireo zavatra tsirairay misarona ireo dia mifandray amin' izay omentsika voninahitra sy izay ezahintsika ampifaliana.

- Araka ny 1 Samoela 2:30, iza no homeny ny Tompo voninahitra?

Lazao amin' ny mpianatra fa hiresaka momba ireo fitahiana izay azo avy amin' ny fanomezana voninahitra ny Tompo ity lesona ity. Hazavao fa hoesorinao ny saron' ireo zavatra ireo amin' ny fotoana maha-mety izany mandritra ny lesona.



Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana azy eo amin' ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Manome voninahitra ny tenany noho ny Tompo ny zanakalahin' i Ely.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 2:12–17, 22–25.

Hofinia sy i Finehasa dia zanakalahin' i Ely, ilay mpisoronabe, ary izy ireo dia mpisorona ihany koa. Na izany aza dia ratsy fanahy izy ireo. Rehefa tonga manao fanatitra eo amin' ny tabernakely ny Isiraélita, dia alain' i Hofinia sy i Finehasa an-keriny ny henan' ireo biby atao sorona alohan' ny handorana ny sabora eo amin' ny alitara. Nalainy ihany koa ny sasany tamin' ireo hena izay nahandroin' ireo mpanao fanatitra hatao sakafo fanatitra (1 Samoela 2:12–17). Tena lehibe loatra izany fandikana ny lalàn' Andriamanitra izany, mitovy amin' ny fangalarana an' Andriamanitra. Nanao ny fahotana tena lehibe ihany koa ireo zanakalahin' i Ely tamin' ny nandriany tamin' ireo vehivavy izay nanompo teo amin' ny varavaràn' ny trano-lay fihaonana (1 Samoela 2:22).

- Inona no vokatry ny fihetsiky ny zanakalahin' i Ely tamin' ireo olona hafa tao amin' ny Israely? (Jereo 1 Samoela 2:17, 24.)
- Inona no asehon' ny fihetsik' ireo zanakalahin' i Ely momba izay nofinidiny homeny voninahitra? (Esory ny saron' ilay sary voalohany na ilay fitaratra.) Amin' ny lafiny inona eo amin' ny fiainantsika isika no manome voninahitra sy mampifaly ny tenantsika indraindray fa tsy ny Tompo? Azon' ny mpianatra atao nymanome soso-kevitra toy izao tanisaina manaraka izao:
 - a. Fialam-boly
 - b. Fitandremana ny andro Sabata
 - d. Ny fiarahana amin' ny sakaiza sy ny fitsipi-pitondran-tena
 - e. Fifadiankanina
 - f. Antso ao am-piangonana

- Nahoana, araka ny hevitrao, no mifidy ny hampifaly ny tenantsika noho Andriamanitra isika indraindray? Inona avy ny vokatry ny fanomezam-boninahitra ny tenantsika fa tsy Andriamanitra?

2. Nanome voninahitra ny zanany lahy noho ny Tompo i Ely.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 2:27–36; 3:12–14.

- Inona no andraikitr' i Ely rehefa nahafantatra ny faharatsian' ireo zanany lahy izy? Inona no nataony? (Jereo 1 Samoela 2;22–25.) Inona no navalin' izy ireo? (Jereo 1 Samoela 2:25.)
- Rehefa avy nananatra ireo zanany lahy i Ely, dia tsy nanao na inona na inona hanitsiana ireo fahotana lehibe tao amin' ny fianakaviany sy tao amin' ny trano-lay fihaonana. Vokatry izany, dia nisy lehilahin' Andriamanitra tonga sy nanasazy azy ary niteny azy fa ny zanany no omeny voninahitra mihoatra noho Andriamanitra (1 Samoela 2:27–29). Amin' ny fomba ahoana no nanomezan' i Ely voninahitra ny zanany noho Andriamanitra? Inona no nola-zain' ilay lehilahin' Andriamanitra fa hitranga ao amin' ny ankohonan' i Ely? (Jereo 1 Samoela 2:30–35.)
- Amin' ny fomba ahoana indraindray no anomezantsika voninahitra ny hafa noho Andriamanitra? (Asehoy ilay sary faharoa na ilay zavatra maneho ireo olon-kafa.) Azon' ny mpianatra atao ny manome hevitra tahaka ireto tanisaina manaraka ireto:
 - a. Avelantsika handresy lahatra antsika hanao ireo zavatra izay efa fantatsika fa ratsy ireo olona mifandray amintsika.
 - b. Miaina tsy amim-pahamarinan-toetra isika satria matahotra izay mety ho fihevitra ny olon-kafa ny momba antsika.
 - d. Tsy manitsy ny olona ao amin' ny fianakaviansika na ireo namantsika isika amin' ireo zavatra ratsy ataony satria tiantsika ny hanana fifandraisana tsara amin' izy ireo.

Nampianatra ny Filoha Joseph F. Smith manao hoe: “tsy tokony hisy amintsika ny tsy hahahendry amin' ny fametrahana fetra, ny tsy mandinika tsara ary ny tsy tena manam-pitiavana feno an' ireo zanantsika ka tsy sahintsika ny manakana azy ireo amin' ny lalana ratsy, amin' ny zavatra ratsy ataony, ary amin' ny fitiavany ny zavatr' izao tontolo izao mihoatra ny zavatra ny fahamarinana, noho ny tahotra hanohina azy ireo” (*Gospel Doctrine*, 5th ed. [1939], 286).

- Ahoana no ahafahan' ny ray aman-dreny manatanteraka, amim-pitiavana, ny andraikiny eo anatrehan' ireo zanany mivily lalana? Inona no andraikity ny zanaka raha mitarika azy ireo ho amin' ny fahamarinana ny ray aman-dreniny?

3. Manome voninahitra ny Tompo i Samoela.

Ampianaro sy fakafakao ny 1 Samoela 3. Azonao atao ny manasa ilay mpianatra voatendry hamintina fohifohy io toko io. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa i Samoela zatovolaha dia nanompo tao amin' ny tempoly rehefa natolotry ny reniny, Hana, ho amin' ny fanompoana ny Tompo izy, araka ny fampanantenany (1 Samoela 1).

- Iza no niresaka tamin' i Samoela nandritra ny alina? (Jereo 1 Samoela 3:4.) Iza no noheverin' i Samoela fa niantso azy tamin' ny voalohany? (Jereo

1 Samoela 3:5–6, 8). Ahoana no nahafantaran' i Samoela fa antson' ny Tompo izany? (Jereo 1 Samoela 3:8–9.)

- Ahoana no fomba ifandraisan' ny Tompo amintsika? (Matetika Izy no mifandray amin' ny alalan' ny bitsiky ny Fanahy Masina. Afaka manome hevitra hafa momba ny fomba ifandraisany amintsika ny mpianatra.) Ahoana no fomba ahafahantsika miomana handray sy hahazo an-tsaina ny fifandraisana avy amin' ny Tompo?
- Amin' ny fomba ahoana no nanomezan' i Samoela voninahitra ny Tompo? (Esory ny saron' ilay sarin' ny Tompo.) Azonao atao ny mampiditra ireto andininy manaraka ireto amin' ny fifanakalozan-kevitra ataonareo:

“Ary Izaho hanangana mpisorona mahatoky ho Ahy, izay hanao araka ny ato am-poko sy ato an-tsaiko” (1 Samoela 2:35).

“Niantso an' i Samoela i Jehovah, ary izy namaly hoe: Inty aho” (1 Samoela 3:4).

“Dia namaly Samoela hoe: Mitenena fa mihaino ny mpanomponao” (1 Samoela 3:10).

- Nampanantena ny Tompo hanome voninahitra ireo izay manome voninahitra Azy (1 Samoela 2:30). Ahoana no nanomezan' ny Tompo voninahitra an' i Samoela? (Jereo 1 Samoela 3:19.) Ahoana, araka ny hevitrao, no hanomezan' ny Tompo voninahitra antsika raha manome voninahitra Azy tahaka ny nataon' i Samoela isika?

4. Manome voninahitra an' izao tontolo izao ny Isiraelita.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 8. Azonao atao ny manasa ilay mpianatra voatendry hamintina fohifohy io toko io.

- Karazana fitondram-panjakana manao ahoana no nananan' ny Isiraely nandritra ny asa nanirahana an' i Samoela? (Jereo 1 Samoela 8:1. Mpitsara no nanjaka teo amin' ny Isiraelita.) Iza no tokony heverin' ny Isiraely ho mpanjakany? (Jereo 1 Samoela 12:12.)
- Nahoana no nitady mpanjaka ny Zanak' Isiraely? (Jereo 1 Samoela 8:5, 20.) Tamin' ny fangatahany mpanjaka “tahaka ny firenena rehetra,” dia iza no nolavin' Isiraely? (Jereo 1 Samoela 8:7.) Inona no toromarika nasain' ny Tompo ho lazain' i Samoela momba ny olana amin' ny fananana mpanjaka? (Jereo 1 Samoela 8:9–18.) Inona no navalin' ny Isiraelita ny fampitandreman' i Samoela? (Jereo 1 Samoela 8:19–22.)
- Tamin' ny fangatahana mpanjaka, dia iza no nomen' ny Isiraelita voninahitra? (Esory ny saron' ilay sary na zavatra fahatelo mampiseho an' izao tontolo izao.)
- Amin' ny fomba ahoana no mahatonga antsika haniry ho “tahaka ireo firenena rehetra” indraindray? (Jereo 1Sam 8:5.)

Azonao atao ny mampiasa ilay boky kely *Ry Tanora Mahereza* (34285 654) hiresahana momba ireo fitsipika napetraky ny Tompo ho antsika mba tsy handraisantsika anjara amin' ireo fomba ratsin' izao tontolo izao. Hazavao fa ampiharina amin' ny olon-dehibe tahaka ny amin' ny tanora ihany koa ireo fitsipika ireo.

- Ny Tompo Jesoa Kristy no Mpanjakatsika marina, tahaka ny naha-Mpanjaka marin' ny Isiraelita Azy (Salamo 47:7; 89:18; 149:2). Ahoana no manova ny

fihetsika ananantsika manoloana ny fanaon' izao tontolo izao izany fahalalana izany? Ahoana no andavantsika ny Tompo amin' ny maha-Mpanjakatsika Azy indraindray?

Famaranana

Sintony ny saina hifantoka amin' ireo zavatra efatra izay naseho nandritra ny fianarana. Hazavao fa isika rehetra dia tsy maintsy mifidy isan' andro izay homentsika voninahitra. Mijoroa ho vavolombelona momba ny fitahiana sy hafaliana izay azonao noho ny nanomezanao voninahitra ny Tompo. Asao ny mpianatra hizara ny zava-niainany manokana na ny fijoroany ho vavolombelona.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Ireto fanovoan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany amin' ny lesona.

1. Ny hasin' ireo zavatra fidintsika

- Indraindray dia atakalontsika zavatrakely vidy kokoa ny zavatra sarobidy. Inona no nafoin' i Ely sy ny zanany lahy noho ny safidiny? Inona ireo zavatra nasain' i Samoela hafoin' ny Isiraelita raha mitady mpanjaka izy ireo? (Jereo 1 Samoela 8:11–17.) Inona ireo zavatra sarobidy izay afointsika noho ireo zavatra kely vidy kokoa?

2. “Voahositry ny Tompo izay antsoiny”

Nanao izao fanambarana manaraka izao Ny Filoha Thomas S. Monsom hanehoana ny fomba anomezan' ny Tompo voninahitra izay manome voninahitra Azy:

“Mety ho saron-kenatra ny sasany aminareo na mety hihevi-tena ho tsy afaka hanaiky hanatanteraka na hanompo amin' ny antso iray. Tadidio fa tsy anareo ary tsy ahy irery ity asa ity. Asan' ny Tompo ity, ary rehefa eo amin' ny fanompoana ny Tompo isika, dia manana zo amin' ny fanampian' ny Tompo. Tadidio fa voahositry ny Tompo izay antsoiny” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1996, 62; na *Ensign*, May 1996, 44).

Nilaza izao tantara manaraka izao ny Filoha Monson:

“Raha hitantsika fa mafy ny asa iray na mandany fotoana be, dia mamela ahy hizara aminareo ny zava-nodiavin' ity mpamangy isan-tokantrano mahatoky ity sy ny namany tany Alemana Antsinanana.

“Niova fo tao amin' ny Fiangonana tany Alemana ny Rahalahy Johann Denndorfer, ary taorian' ny Ady Lehibe Faharoa dia nieritreritra ny tenany ho gadra tany an-tanidrazany izy—tany Hongria, tao amin' ny tanànan' i Debresena. Toa inona ny faniriany hitsidika ny tempoly! Toa ny faniriany handray ny fitahiana ara-panahy ho azy! Nolavina avokoa ny fangatahany misesy ho any amin' ny tempoly any Soisa, ka efa saika ho kivy izy. Rehefa izany, dia tonga tao aminy ny mpamanginy isan-tokantrano. Avy any amin' ny faritra avaratra-antsinanan' i Alemana ny Rahalahy Walter Krause no nankany Hongria. Hoy izy tamin' ilay namany mpamangy isan-tokantrano hoe: ‘Tianao ve ny handeha hampianatra isan-tokantrano hiaraka amiko amin' ity herinandro ity?’

“Nanontany ny namany hoe: ‘Rahoviana isika no handeha?’

“ ‘Rahampitso,’ hoy ny Rahalahy Krause namaly.

“ ‘Rahoviana isika no hiverina?’ hoy ilay namany nanontany.

“ ‘ E, angamba afaka herinandro—raha afaka miverina isika!’

“Ary dia nanainga izy ireo nandeha namangy ny Rahalahy Denndorfer. Tsy nana-na mpamangy isan-tokantrano mihitsy izy talohan’ ny ady. Ankehitriny, rehefa nahita ny mpanompon’ ny Tompo izy, dia faly. Tsy nandray ny tanan’ izy ireo izy; fa nandeha tao an’ efitrano fandriany ary naka ny fahafolonkareny, avy tao amin’ ny toerana miafina iray, izay nangoniny hatramin’ ny fotoana naha-mpi-kambana azy tao amin’ ny Fiangonana ary niverenany tany Hongria. Nasehony an’ ireo mpamangy isan-tokantranony ny fahafolonkareny ka hoy izy: “Amin’ izao fotoana izao dia ara-dalana miaraka amin’ ny Tompo aho. Ankehitriny, dia mahatsapa aho fa mendrika ny handray ny tanan’ ny mpanompon’ ny Tompo!”

“Nanontanian’ ny Rahalahy Krause azy ny faniriany hankany amin’ ny tempoly any Soisa. Hoy ny rahalahy Denndorfer manao hoe: ‘Tsy misy fanantenana ny amin’ izany. Efa nanandrana foana aho. Notanan’ ny governemanta mihitsy aza ireo bokim-piangonako, izay tena harenako lehibe.’

“Nomen’ ny rahalahy Krause, izay Patriarka, tsodrano patriarkaly ny Rahalahy Denndorfer. Tamin’ ny famaranana ny tso-drano, dia hoy izy tamin’ ny Rahalahy Denndorfer hoe: ‘Manatona indray ny mpitondra fanjakana ny amin’ ny handehanao any Soisa.’ Ka dia notanterahin’ ny Rahalahy Denndorfer ny fangatahana ho any amin’ ny manam-pahefana indray. Tonga ny fotoana fahazoan-dalana, ka tamin-kafaliana tokoa no nandehanan’ ny Rahalahy Denndorfer tany amin’ ny tempoly tao Soisa sy nijanonany tany iray volana. Nahazo ny fanafiany masina izy, nofehezina taminy ny vadiny efa nodimandry, ary afaka nanatanteraka ny asa ho an’ ireo razambeny an-jatony maro izy. Niverina tany an-tranony izy nanavao ny tenany sy ny fanahiny” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1996, 64–65; na *Ensign*, Mey 1996, 45–46).

Tanjona

Hanentana ny mpianatra hahatoky ny Tompo fa tsy amin’ ny fahalalany.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. 1 Samoela 9–11. Nitady fitarihana tany amin’ ny Mpaminany Samoela i Saoly (9:1–14, 18–24). Nambaran’ ny Tompo tamin’ i Samoela fa i Saoly no ho mpanjaka (9:15–17). Nananatra an’ i Saoly i Samoela ary nanosotra azy ho mpanjaka voalohan’ ny Isiraely (9:25–27; 10:1–8). Nateraka indray arapanahy i Saoly ary naminany izy (10:9–13). Nampahafantaran’ i Samoela ny vahoaka i Saoly (10:17–27). Nitarika ny Isiraely tamin’ ny fandresena tamin’ ny ady tamin’ ny Amonita i Saoly (11:1–11). Nandà ny hanasazy ireo olona izay tsy natoky tamin’ ny fahafahany hitarika ny olona izy (11:12–15).
 - b. 1 Samoela 13:1–14. Nanao fanatitra dorana nefa tsy nanana fahefanana hanao izany i Saoly.
 - d. 1 Samoela 15. Nasaina nandringana ny Amalekita sy ny fananany rehetra i Saoly, saingy navotany ny sasany tamin’ ny bibin’ izy ireo mba hatao fanatitra (15:1–9). Nandà an’ i Saoly tsy ho mpanjaka intsony ny Tompo, ary nolazain’ i Samoela i Saoly fa ny fankatoavana dia tsara kokoa noho ny fanatitra (15:10–35).
 - e. 1 Samoela 16. Nifidy an’ i Davida ny Tompo, zatovolahy mpiandry ondry, handimby an’ i Saoly ho mpanjaka (16:1–13). Niala tao amin’ i Saoly ny Fanahy Masina, ary naka toerana tao aminy ny fanahy ratsy (16:14–16; mariho fa ny Dikan-teny nataon’ i Joseph Smith dia manitsy io andininy io mba hanehoana fa tsy avy amin’ Andriamanitra ny fanahy ratsy). Nifidy an’ i Davida hitendry lokanga ho azy sy ho mpitondra ny fiadiany i Saoly (16:17–23).
 - f. 1 Samoela 17. Namono an’ i Goliata tamin’ ny herin’ ny Tompo i Davida.
2. Vakiteny hafa: 1 Samoela 12; 14.
3. Azonao atao ny mangataka mpianatra anankiray hiomana hamintina ny tantara momba ny nifidianan’ ny Tompo an’ i Davida ho mpanjaka (1 Samoela 16:1–13) ary mpianatra iray hafa hiomana hamintina ny tantara momba ny namonoan’ i Davida an’ i Goliata (1 Samoela 17:1–54).
4. Raha mampiasa ny Fisarihana ny saina ianao, dia soraty eo amin’ ny solaitrabe na amin’ ny peta-drindrana izao soratra masina manaraka izao: “Matokia an’ i Jehovah amin’ ny fonao rehetra, fa aza miankina amin’ ny fahalalanao. Maneke Azy amin’ ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao” (Ohabolana 3:5–6). Raha mampiasa ny Fisarihana ny saina ianao, dia fanteno ny teny avy ao amin’ ny Baiboly na avy amin’ ny Rakibolana, izay tsy mahazatra ny mpianatra, toy ny hysopa. . . . Soraty eo amin’ ny solaitrabe na amin’ ny peta-drindrana ireo teny ireo.

5. Raha misy ny fitaovana manaraka, dia azonao atao ny mampiasa azy ho ampahany amin' ny lesona:
 - a. “Le Seigneur. . . me délivrera”, ampahany maharitra efatra minitra momba an' i Davida, avy ao amin' ny *Horonan-tsary sy feo Ancien Testament* (53224 140).
 - b. Ny sarin' i Davida mamono an' i Goliata (62073 654, Fonosan-tsary mirakitra ny Filazantsara 112).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina

Azonao atao ny manao ny iray na mihoatra amin' ireto fampiasana ireto (na ny iray amin' ny anao) hanombohana ny lesona. Fidio izay fampiasana mety hifanaraka tsara amin' ny kilasy.

1. Asehoy ny mpianatra ireo teny tsy mahazatra izay vao nosoratanao teo amin' ny solaitrabe na tamin' ny peta-drindrina (jereo ny “Fanomanana” eo ambony). Asaovy mamantatra ny famaritana ireo teny ireo ny mpianatra. Aorian' ny famaritana vitsivitsy, dia asaovy mijery ny tena famaritana marina ao amin' ny Rakibolana, ohatra, ny mpianatra.

Hazavao fa ny famantarana ny hevitra ny teny tsy mahazatra dia mitovy amin' ny fandraisana fanapahan-kevitra mifototra amin' ny fahalalantsika ihany. Asehoy ilay andian-teny ao amin' ny Ohabolana 3:5–6. Antitrantero fa raha vao nitodika tamin' ny loharano iray azo antoka isika hianarana ny tena famaritana marina ireo teny ireo, dia ilaintsika ihany koa ny matoky ny Tompo isika ary mikatsaka ny sitrapony mba handraisana fanapahan-kevitra marina eo amin' ny fiainantsika. Ity lesona ity dia maneho ny tsy fitoviana eo amin' ny lehilahy anankiroa, Saoly sy i Davida, mba hampianarana ny maha-zava-dehibe ny fahatokiana ny Tompo sy ny fikatsahana ny fitarihany rehefa mandray fanapahan-kevitra isika.

2. Asaovy milaza momba ny fanapahan-kevitra lehibe vao noraisiny ny mpianatra. Anontanio izay nanampy azy mandray izany fanapahan-kevitra izany.

Asehoy ilay andian-teny ao amin' ny Ohabolana 3:5–6 (azonao atao ny mam-pitadidy ny mpianatra an' io soratra masina io). Hazavao fa ity lesona ity dia maneho ny tsy fitoviana eo amin' ny lehilahy anankiroa: i Saoly sy i Davida, mba hampianarana momba ny maha-zava-dehibe ny fahatokiana an' Andriamanitra sy ny fikatsahana ny fitarihany rehefa mandray fanapahan-kevitra isika.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiarana azy eo amin' ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara ny zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina. Satria ho sarotra ny hanao ny fanontaniana tsirairay na hiresaka momba ny zavatra tsirairay ato amin' ny lesona, dia ento amim-bavaka ny fifantenana ireo izay tena mifanaraka tsara amin' ny ilain' ny mpianatra. Raha tianao ohatra ny hifantoka amin' i Davida sy i Goliata, dia azonao atao ny manokana fotoana kely hiresahana momba ny fiainan' i Saoly.

1. Nikatsaka fitarihana tamin' i Samoela i Saoly ary voahosotra ho mpanjaka izy.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 9–11.

- Nitady mpanjaka tahaka an' ireo firenena rehetra nanodidina azy ny Isiraelita. Mba hanekena ny fangatahan' izy ireo, dia nasain' ny Tompo nohosoran' i Samoela ho mpanjaka voalohan' ny Isiraely i Saoly. Saoly dia “sady tanora no tsara tarehy, . . . ary tsy nisy tsara tarehy noho izy teo amin' ny Zanak' Isiraely” (1 Samoela 9:2). Inona no nataon' i Saoly talohan' ny nanosorana azy ho mpanjaka sy tamin' ny fotoana kely taorian' izay, izay naneho ireo toetra tsara nananany?
 - a. Nazoto tamin' ny fitadiavana ny borikin' ny rainy izy (1 Samoela 9:3–4).
 - b. Vonona ny hihaino sy hanaraka ny anatra feno fahendrena nataon' ny mpanompon-drainy izy (1 Sam 9:5–10).
 - d. Natoky ny Mpaminany Samoela izy ary nifandray taminy (1 Samoela 9:18–25).
 - e. Nanetry tena izy (1 Samoela 9:20–21).
 - f. Nateraka indray ara-panahy izy, ary naminany (1 Samoela 10:6–10).
 - g. Namela ny helok' ireo nanakiana azy izy (1 Samoela 11:11–13).
 - h. Niaiky ny fanampian' ny Tompo tamin' ny fandresen' ny Isiraely ny Amonita izy (1 Samoela 11:13).

2. Manolotra fanatitra ho dorana i Saoly na dia tsy manana fahefana hanao izany aza.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 13:1–14.

- Roa taona taorian' ny nanosorana an' i Saoly ho mpanjaka, dia nanangona miamila matanjaka ny Filistina hiady amin' ny Isiraely. Natahotra tokoa ny olon' i Saoly ka maro tamin' izy ireo no niafina sy niparitaka. Nahoana no nilain' i Saoly hankany aminy ny Mpaminany Samoela tamin' io fotoana io? (Jereo 1 Samoela 13:7–8. Tian' i Saoly hanao fanatitra ho an' ny Tompo i Samoela, ho amin' ny anaran' ireo olony.) Inona no nataon' i Saoly rehefa tsy tonga tamin' ny fotoana voatondro i Samoela? (Jereo 1 Samoela 13:9. Nataon' i Saoly ny fanatitra na dia tsy nanana ny fahefan' ny fisoronana hanao izany aza izy).

Nanoratra toy izao ny Loholona James E. Talmage: “Nokarakarain' i Saoly irery ny fanatitra odorana, hadinony fa na dia azy aza ny seza fiandrianana, ary na dia mitondra ny satro-boninahitra sy ny tehim-piandrianana aza izy, dia tsy manana zo hiasa. . . . ao amin' ny Fisoronan' Andriamanitra [izy]; ka noho izany antony izany, sy toe-javatra hafa ihany koa momba ny tsy fahamarinany dia nolavin' Andriamanitra izy ka nisy hafa nisolo ny toerany natao mpanjaka” (*Articles de Foi*, p 229).

- Inona no navalin' i Samoela tamin' ny fanatitra tsy nahazoana fahefana nataon' i Saoly? (Jereo 1 Samoela 13:10–14.)
- Inona no ambaran' ny fanatitra tsy nahazoana fahefana nataon' i Saoly momba azy? (Tsy izy intsony ilay “lehilahy araka ny fon' [ny Tompo]” [1 Samoela 13:14]. Nanjary tsy nanam-paharetana izy, tsy natoky ny Tompo intsony, ary tsy nankatò azy. Ankoatr' izany, ny vokatry ny fakany fahefana hanao fanatitra dia toa milaza fa mihevi-tena ho manan-danja kokoa ary

manan-kery kokoa noho ny teo aloha izy.) Amin' ny fomba inona no maha-tonga antsika ho tsy manam-paharetana amin' ny Tompo na amin' ny mpanompony indraindray? Inona no mety ho vokatry ny tsy faharetana tahaka izany? Ahoana no ahafahantsika matoky tanteraka ny Tompo?

3. Tsy mankatò ny Tompo i Saoly amin' ny ady amin' ny Amalekita ka nolavina tsy ho mpanjaka intsony.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 15.

- Inona no nasain' ny Tompo nataon' i Saoly tamin' ny Amalekita? (Jereo 1 Samoela 15:1–3.) Inona no nataon' i Saoly teo amin' ny toeran' izany? (Jereo 1 Samoela 15:4–9.) Inona no ambaran' ny fihetsik' i Saoly momba azy? (Jereo 1 Samoela 15;11. Nanaraka ny heviny manokana izy fa tsy nanao ny sitra-pon' ny Tompo.)
- Ahoana no fomba nanandrman' i Saoly nanamarina ny tsy fankatoavany tamin' ny fiarovany ireo biby tsaran' ny Amalekita? (Jereo 1 Samoela 15:13–15, 20–21, 24. Nanome tsiny an' ireo olony izy tamin' ny fikasany hiaro ireo biby.) Amin' i Saoly, nahoana no tian' ireo olony ny hamonjy ireo biby tsaran' ny Amalekita? (Jereo 1 Samoela 15:15, 21.) Amin' ny fomba ahoana no iezahantsika manamarina ny tsy fankatoavantsika ny Tompo indraindray? (Mety hilaza amin' ny tenantsika isika hoe: “fahotana kely fotsiny io,” “Mankatò ny lalàna ara-kevitra aho, fa tsy ara-bakiteny,” “Tsy manafintohina olona aho”, “Indray mandeha fotsiny no hanandramako an' ity,” ‘Ny olona sasany ary manao an' io”, na “Tsy natao ho ahy izany didy izany.”) Ahoana no fomba ahafahantsika mandresy ny fironana hanamarina ny fahotantsika?
- Ahoana no navalin' i Samoela ny fanazavan' i Saoly tamin' ny namonjy ireo bibin' ny Amalekita? (Jereo 1 Samoela 15:22.) Ahoana no azo ampiharina amintsika ny tenin' i Samoela?
- Rehefa nananatra an' i Saoly noho ny ditran' sy ny fandavany ny tenin' ny Tompo i Samoela, dia nilaza taminy hoe: “ Ny ditra dia toy ny manompo sampy” (1 Samoela 15:23). Nahoana no tahaka ny fanompoan-tsampy ny ditra? Inona no vokatry ny ditra sy ny fikomian' i Saoly? (Jereo 1 Samoela 15:23, 26, 28.) Ahoana no maha-olona maditra sy mpiodina antsika indraindray? Inona no vokatry ny ditra sy fikomiansika? Ahoana no ahafahantsika mahafantatra sy mandresy an' ireo toetra ireo?

4. Mifidy an' i Davida ho mpanjaka ny Tompo.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 16. Azonao atao ny mangataka an' ilay mpianatra voatendry hamintina fohifohy an' io tantara io. Hazavao fa na dia nanosotra an' i Davida ho mpanjaka aza i Samoela, dia tsy tonga mpanjaka i Davida raha tsy efa maty i Saoly, taona maro tatỳ aoriana.

- Inona no fantatr' i Samoela rehefa niezaka hamantatra izay ho mpanjaka manaraka amin' ireo zanakalahin' i Jese izy? (Jereo 1 Samoela 16:6–7.) Ahoana ny fomba nifidianan' ny Tompo an' i Davida raha ampitahaina amin' ny fomba ifidianany ny mpitarika amin' izao andro izao? Inona no ampianarin' ny 1 Samoela 16:7 momba ny fomba anombanan' ny Tompo antsika? Inona no tadiavin' ny Tompo ao am-pontsika?

Nilaza ny Loholona Marvin J. Ashton hoe:

“Mirona amin’ ny fanombanana ny hafa amin’ ny endrika etỳ ivelany isika: ny ‘hatsaran-tarehiny’, ‘ny sarangany eo amin’ ny fiaraha-monina, ny momba ny fianakaviany, ny mari-pahaizany, na ny toe-bolany.

“Fa ny Tompo, kosa, dia manana fitsipika hafa izay handrefesany ny olona. . . . Tsy mandrefy ny lohan’ ny olona izy ahitana ny fahakingan-tsainy, na ny tratrany mba hahitana ny herim-pony, fa mandrefy ny fo Izy ho mpanoro ny fahakigan’ ilay olona sy ny fahafahana anaty ananany hitahy ny hafa” (tao amin’ ny Conference Report , Okt. 1988, 117; na *Ensign*, Nov. 1988, 15).

- Nahoana no zava-dehibe , eo amin’ ny fifandraisantsika amin’ ny hafa, ny fije-rintsika mihoatra ny hita ivelany ka mijery ny fo? Ahoana no ahafahantsika manatsara io fahafaha-manao io sy ny fanoloran-tena hanao izany?
- Satria tsy nankatò i Saoly, dia niala taminy ny Fanahin’ ny Tompo (1 Samoela 16:14). Ahoana no nikatsahan’ i Saoly fiarovana avy tamin’ ny fanahy ratsy izay tonga tao aminy? (Jereo 1 Samoela 16:15–23.) Inona no loharano itodihan’ ny olona amin’ izao fotoana izao indraindray rehefa miezaka mitady fanamaivanana ny amin’ ireo fahotany izy? Inona no fomban’ ny Tompo izay nomeny antsika hahitantsika fanamaivanana amin’ ny fahotantsika? (Jereo Matio 11:28–30; F&F 58:42.)
- Inona ireo toetra mampiavaka an’ i Davida izay nahatonga azy ho voahosotra ho mpitondra? (Jereo 1 Samoela 16;18.)

5. Mamono an’ i Goliata amin’ ny herin’ ny Tompo i Davida.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 17. Azonao atao ny mangataka ilay mpianatra voatendry hamintina fohifohy ity tantara ity.

- Inona no mety ho azon’ ny Isiraelita na hafoiny amin’ ny ady ataony amin’ i Goliata? (Jereo 1 Samoela 17: 8–9.) Nahoana no natahotra hiady amin’ i Goliata i Saoly sy ny miaramilany? (Jereo 1 Samoela 17:4–11. Tsy nihevitra izy ireo fa mety ho resiny i Goliata noho ny habeny, ny heriny, ny ankanjony vy sy ny fiadiany.)
- Ahoana no nahazoan’ i Davida herim-po hiady amin’ i Goliata? (Jereo 1 Samoela 17:32–37, 45–47. Fantatr’ i Davida fa ny Tompo no nanafaka azy tamin’ ny liona sy bera raha niandry ny ondrin-drainy izy, ary natoky ny Tompo hanampy azy izy amin’ ny adiny amin’ i Goliata.)
- Inona no nolazain’ i Goliata raha nahita an’ i Davida nanatona hiady aminy izy? (Jereo 1 Samoela 17:42–44.) Inona no navalin’ i Davida izany? (Jereo 1 Samoela 17:45–47.) Ahoana no ahafahan’ ny fahatsiarovana ny valin-tenin’ i Davida manampy antsika rehefa misy olona mandrabiraby na mampitahotra antsika?
- Amin’ ny maha-tanora azy, dia nanampy azy hiomana hiatrika ny fihantsiana lehiben’ i Goliata ny fandresen’ i Davida ny liona sy ny bera. Inona no olana mety hatrehintsika ankehitriny izay manomana antsika ho amin’ ny olana lehibe kokoa? Ahoana no misy akony eo amin’ ny fahafahantsika hiady amin’ ny Goliata maro izay mety ho avy any aoriana ny fomba anoherantsika ireo olana ireo? Mijoroa ho vavolombelona fa raha mandresy ny liona sy ny bera

isika eo amin' ny fiainantsika, dia hampitombo ny fahatokiana , ny toetra ary ny finoana handresy an' ireo Goliata maro isika.

- Inona ireo Goliata mifanena amintsika ankehitriny? Inona no azontsika tsoahina avy amin' i Davida momba ny fomba handresentsika ireny? (Jereo 1 Samoela 17:45; Efesiana 6:11–18.) Ahoana no nanampian' ny Tompo anao mba handresy ny Goliata izay hitanao?

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley:

“Misy Goliata maro manodidina anareo, lehibe makadiry miaraka amin' ny fikasana ratsy handringana anareo. Tsy olona mirefy 2,7 metatra izany, fa olona sy fanorenana izay mifehy ireo zava-manintona nefa zavatra ratsy izay mety hahitanao olana sy hampahalemy anao ary handringana anao. Anisan' izany ny labiera sy ny zava-pisotro hafa misy alikaola ary ny sigara. Ny mivarotra ireo zavatra ireo dia mitady hanandevo anareo amin' ny fampiasana izany. Misy zava-mahadomelina isan-karazany, izay nolazaina tamiko, fa azo mora any amin' ny sekoly ambaratonga ambony maro. Ho an' ireo izay mivarotra izany, dia indostria mahazo dolara an-tapitrisany izany, fandrika lehiben' ilay ratsy. Misy ny sary mamofady, manintona, mahaliana. Lasa orinasa lehibe izany, mamooka gazety boky, sary mihetsika ary fitaovana hafa voatokana hakana ny volanareo ary hitondrana anareo any amin' ny fanao izay handringana anareo.

“Ikoizana sady kinga ireo goavambe ao ambadik' ireo ezaka ireo. Efa nahazo traikefa lehibe amin' ny ady izay ataony aminao izy ireo. Tiany ny hamandrika anareo.

“Sarotra tokoa ny fanakanana tanteraka ny fisehoan' ireo zavatra ireo. Hitanareo eny rehetra eny ireo fitaovana ireo. Tsy tokony hatahotra anefa ianao raha manana ny antsamotadin' ny fahamarinana eny an-tananao. Efa nomena anatra sy nampianarina ianao ary natoro. Manana ny vaton' ny hatsaram-pitondrantena sy ny voninahitra ary ny fahamarinana ianareo hanoherana an' ireo fahavalo ireo izay te hambabo anareo. Ny aminareo indray, dia azonareo atao ny mampitolagaga azy ireo. Afaka mandresy azy ianareo amin' ny fifehezan-tena hialana amin' izy ireny. Afaka milaza amin' izy rehetra ireo, tahaka ny nolazain' i Davida tamin' i Goliata ianareo, manao hoe: ‘Hianao manatona ahy amin' ny sabatra sy ny lefona ary ny lefom-pohy; fa izaho kosa manatona anao amin' ny anaran' i Jehovah Tompon' ny maro, Andriamanitry ny miaramilan' ny Isiraely, Izay efa nohaikainao.’

“Ho anareo ny fandresena. . . . Manana ny Heriny ao aminareo ianareo hanoherana anareo. Manana zo hampiasa ny anjely momba ny fiarovana anareo ianareo. Aza avela hampatahotra anao i Goliata. Arovy ny finoanao ary mahe-reza, dia handresy ianao” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1983, 66; na *Ensign*, may 1983, 46, 51).

Famaranana

Entano ny mpianatra hatoky sy hankatò ny Tompo. Omeo toky izy ireo fa amin' ny fanaovana izany dia hihamatanjaka izy ireo ary hanana ny fanomezan-tokin' ny Tompo fa hanampy azy ireo handresy ireo Goliata manokana Izy. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa mijery ny fontsika ny Tompo, fa tsy ny hare-nantsika na ny sarangantsika na ny fomba anarahantsika ny fanao amin' izao fotoana izao.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin' ny lesona. Azonao atao ny mampiasa iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto ho ampahany amin' ny lesona.

1. Fanamarinana ny fahotana

Ny teny nindramina manaraka avy tamin' ny Loholona Spencer W. Kimball dia mety hanampy kokoa rehefa miresaka momba ny tsy fankatoavan' i Saoly tamin' ny fisehoan-javatra tamin' ny Amalekita ianareo:

“Nanamarin-tena i Saoly. Mora taminy ny nanapaka ny amin' ny fiainan' ireo mpanjaka, satria hatao inona moa ny mpanjaka resy? Nefa nahoana no tsy tahirizina ny ondry sy ny omby matavy? Tsy ambony noho ny an' i Samoela mpanetry tena ve ny fanapahan-keviny amin' ny maha-mpanjaka azy? . . .

“Ankehitriny dia maro ny tahaka an' i Saoly tao amin' ny Isiraely. Ny sasany dia miaina ny fanambaran' ny Tompo sasantsasany momba ny fahasalamana saingy tsy maintsy misotro ny kafeny izy indraindray; ny iray hafa tsy hampiasa sigara na toaka, izay tsy ilainy akory, nefa tsy maintsy misotro ny dite mankahery azy izy.

“Hiasa ao amin' ny toerana iray ao am-piangonana izy, satria misy fiaraha-mientana izay tiany sy voninahitra izay iriny ao, . . . saingy mora ny manamarin-tena amin' ny tsy fandoavana fahafolon-karena izay hitany fa tena sarotra. Tsy afaka mandoa izany izy. . . . Tsy azony antoka fa ho zaraina foana araka ny itiavany azy izany, ary iza tokoa moa no hahafantatra raha tsy mandoa izy?

“Ny iray hafa mamonjy ireo fivoriana sasantsasany saingy mitovy amin' i Saoly manamarin-tena amin' ny tsy fanaovana izay tokony hataony mandritra ny andro sisa. Nahoana no tsy afaka mijery lalao baolina izy, sarimihetsika, manao ny asan-jaridaina tokony hatao, na manohy ny raharaha fanao andavanandro?

“Ny hafa hamonjy ny andrakiny ara-pinoana hafa ivelan' ny fiangonana saingy mandà ny toro hevitra rehetra momba ny olam-pianakaviana ao an-tokantrano ny na ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy rehefa sarotra ny manangona ny fianakaviana.

“Mitovy amin' izany i Saoly. Afaka nanao ireo zavatra ho an' ny tombon-tsoany izy saingy nahita fialan-tsiny tamin' ireo zavatra izay nifanohitra tamin' ny faniriany” (tao amin' ny Conference Report , Okt. 1954, 51).

2. Mandresy ireo Goliata mahazo antsika.

Manapaha kofehy iray tokony ho 3 metatra ny halavany, tokotokony ho ny halavan' i Goliata. Alaivo io kofehy io, dinty, ravin-taratasy maromaro, ary penina manoratra matevina. Apetaho mijidina amin' ny rindrina ilay kofehy ka asio dinty ny eny ambony sy ny ambaniny (raha tsy avo ny rindrina, dia avelao hila-tsaka amin' ny tany ny ambin' ilay kofehy). Lazao amin' ny mpianatra fa maneho an' i Goliata io kofehy io. Asaovy mitanisa zavatra izay mety hampidi-doza azy ny mpianatra (mety ho ny fieboeboana, fahavetavetana, fialonana, ary zava-mahadomelina ny valiny). Soraty amin' ny ravin-taratasy tsirairay avy ireo loza ireo ary apetaho eo amin' ilay kofehy eo amin' ny rindrina, sarony hatrany ambony ka hatrany ambany ilay kofehy.

Hazavao fa mila fiadiana isika handresena an' i Goliata. Asaovy mitanisa fiadiana izay mety handresena an' i Goliata ny mpianatra (mety hahitana ny fahatokiana ny Tompo, ny fivavahana, fianarana soratra masina, fianarana ny fahamarinana, fahadiovana ara-pitondran-tena, ary fifidianana namana tsara ny valiny). Rehefa milaza ny fiadiana tsirairay ny mpianatra, dia esory ny taratasy iray. Atombohy eny amin' ny lohan' ilay kofehy ny fanesorana ny taratasy sy ny dinty izay mitana ilay kofehy eo amin' ny rindrina. Avelao hianjera eo amin' ny taratasy manaraka ilay kofehy. Rehefa afaka avokoa ireo taratasy sy dinty ireo, dia hianjera eo amin' ny tany ilay kofehy ka resy i Goliata.

“Jehovah no vavolombelona amiko sy aminao mandrakizay”

1 Samoela 18–20; 23–24

Tanjona Hanentana ny mpianatra ho marina amin’ ny namany, tahaka an’ i Jonatana sy i Davida, ary hiala amin’ ny faharesen’ ny fialonana sy ny fankahalana, tahaka an’ i Saoly.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. 1 Samoela 18:1–16. Nanao fanekempihavanana momba ny fisakaizana i Jonatana sy i Davida (18:1–4). Nomen’ ny Isiraelita voninahitra i Davida tamin’ ny fahombiazany tamin’ ny ady (18:5–7). Nanjary nialona an’ i Davida i Saoly ary nanandrana ny hamono azy tamin’ ny lefona (18–16; mariho fa ny Dikan-tenin’ i Joseph Smith ny amin’ ny 1 Samoela 18:10 dia milaza fa ny fanahy ratsy tonga tao amin’ i Saoly dia *tsy avy tamin’ Andriamanitra* .)
 - b. 1 Samoela 18:17–30; 19:1–18. Miady tamin’ ny Filistina i Davida ho solon’ ny fahafahana manambady ny zanakavavin’ i Saoly; *tsy nahafantatra fa naniry ny hahafaty azy any amin’ ny sahan’ ady i Saoly (18:17–25).* Nandresy ny Filistina i Davida ka nanambady ny zanakavavin’ i Saoly, i Mikala (18:26–28). Nasain’ i Jonatana niafina i Davida ary niezaka nandresy lahatra an’ i Saoly izy mba *tsy hamono an’ i Davida (19:1–7).* Mbola *tsy nahomby ihany i Saoly tamin’ ny tetiny hafa indray hamono an’ i Davida tamin’ ny lefona (19:9–10).* Namonjy an’ i Davida tamin’ ny tetika hafan’ i Saoly hamonoana an’ i Davida i Mikala (19:11–18).
 - d. 1 Samoela 20. Nanavao ny faneken’ ny fisakaizany sy filaminana i Jonatana sy i Davida (mariho fa *tsy amin’ i Davida sy i Jonatana ihany ity fanekena ity fa ho amin’ ny ankohonany*). Rehefa nanandrana ny hamono an’ i Davida indray i Saoly, dia nasain’ i Jonatana nandositra i Davida.
 - e. 1 Samoela 23–24. Nanohy niady tamin’ ireo Filistina i Davida ary nandositra an’ i Saoly. Nahita an’ i Saoly i Davida ary niantra ny ainy.
2. Vakiteny hafa: 1 Samoela 14:1–16; 2 Samoela 1.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao ny manao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin’ ny anao) hanombohana ny lesona.

Ataovy ny mpianatra izao fanontaniana manaraka izao:

- Inona avy ireo toetra tadiavinao ao amin’ ny namana iray? (Azonao atao ny manoratra ny valin-tenin’ ny mpianatra eo amin’ ny solaitrabe. Mety ho ani-

san' ny valin-teny ny fahatokiana, fahamarinana, tsy fitiavan-tena, hatsaram-panahy ary fiantrana.)

Hazavao fa mampianatra ny maha-zava-dehibe ny maha-namana tsara ny ampahany amin' ity lesona ity.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba ampiharana azy eo amin' ny fiainana an-davanandro. Entano ny mpianatra hizara traikefa izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina.

1. Manao fanekena momba ny fisakaizana i Jonatana sy i Davida. Nanjary nialona an' i Davida i Saoly ary nanandrana namono azy.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 18:1–16.

Nanjary nahery fo avy hatrany i Davida, taorian' ny namonoany an' i Goliata. Nanome voninahitra azy i Saoly Mpanjaka sy ny fanjakana iray manontolo. Na izany aza dia tsy nisy marina tamin' i Davida afa-tsy i Jonatana, zanakalahin' i Saoly.

- Ahoana ny fihetseham-po misy eo amin' i Jonatana sy i Davida? (1 Samoela 18:1,3). Nahoana no ho mora tamin' i Jonatana ny mialona an' i Davida?
 - a. Amin' ny maha-zanak' i Saoly azy, dia i Jonatana no manaraka eo amin' ny filaharan' ny ho mpanjaka. Na izany aza, ny mpaminany Samoela dia nanosotra an' i Davida ho mpanjaka manaraka (1 Samoela 16:6–13)
 - b. Raha nomen' ny olona voninahitra tokoa i Davida, noho ny fahombiazany tamin' ny ady, dia tsy dia nampiraika firy ny fahombiazan' i Jonatana tamin' ny fahombiazany tany amin' ny sahan' ady (1 Samoela 14:1–16).
- Araka ny hevitrao, nahoana no tsy mba nialona na natahotra an' i Davida i Jonatana? (1 Samoela 18:1, 3). Ahoana no nanehoan' i Jonatana ny fanohanany an' i Davida? (Jereo 1 Samoela 18:4. Nomeny an' i Davida ny akanjony maha-panjaka azy sy ny fiadiany.)
- Ahoana no fihetseham-pon' i Saoly Mpanjaka tamin' i Davida taorian' ny namonoany an' i Goliata? (Jereo 1 Samoela 8:2,5. Nentin' i Saoly tao an-tranony i Davida ary nataony mpifehy ny miaramilany izy.) Ahoana no nanehoan' i Davida ny fahatokiany tamin' i Saoly mpanjaka? (Jereo 1 Samoela 18:5.) Inona no nandrisika an' i Saoly hivadika amin' i Davida? (Jereo 1 Samoela 18:6–9.) Nahoana no sarotra indraindray ny mifaly amin' ny fahombiazan' ny hafa? Ahoana no fomba ifandraisan' ny fialonana sy ny fieboeboana amin' ny arapanahintsika?

Nilaza ny Filoha Ezra Taft Benson manao hoe:

“Nanjary lasa fahavalon' i Davida i Saoly noho ny fieboeboana. Nialona izy satria ireo vehivavy Isiraelita nihira hoe: “Saoly nahafaty arivoarivo; fa i Davida nahafaty alinalina” (1 Samoela 18:7; jereo koa 18:6, 8).

“Ny mpieboebo dia matahotra kokoa ny fitsaran' olombelona noho ny fitsaran' Andriamanitra . . . ‘Inona no hoeritretin' ny olona momba ahy?’ Dia manan-danja kokoa amin' izy ireo noho ny hoe: ‘Ahoana no hevitr' Andriamanitra momba ahy?’ . . .

“Ny fahatahorana ny fitsaran’ olombelona dia miseho amin’ ny fifaninanana ny fankasitran’ olombelona. Ny mpieboebo dia tia ny ‘voninahitra avy amin’ ny olona, fa tsy ny voninahitra avy amin’ Andriamanitra’ (Jaona 12:42–43). Amin’ ny antony manosika antsika hanao ireny zavatra ireny no ahitana ny fahotan’ ny fieboeboana. Nilaza i Jesoa fa nanao ‘izay sitrak’ [Andriamanitra] mandrakariva’ Izy (Jaona 8:29). Tsy ho tsara amintsika ve ny mahafaly an’ Andriamanitra, toy izay manandrana manondrotra ny tenantsika mihoatra an’ ireo rahalahintsika ka handratra ny hafa?

“Ny sasany amin’ ny olona mpieboebo dia tsy mihevitra tsara na mety hahazo vola ampy handoavana izay ilainy izy na manana karama ambony noho ny an’ ny hafa. Faly izy ireo rehefa tsaratsara kokoa noho ny hafa. . . .

“Rehefa mahazo antsika ny fieboeboana, dia very ny fahavitan-tenantsika eo amin’ izao tontolo izao ary omentsika hobaboin’ ny fitsaran’ olombelona ny fahafahantsika. Mafy kokoa ny hikan’ izao tontolo izao noho ny bitsiky ny Fanahy Masina. Ny foto-kevitra ny olona no manjary manan-danja kokoa aminy, ary ny mpieboebo dia miala amin’ ny anja-by” (ao amin’ ny Conference Report, Apr. 1989, 4–5; na *Ensign*, Mey 1989, 5).

- Ahoana no fihetsik’ i Davida rehefa notahian’ ny Tompo tamin’ ny fahombiazana tamin’ ny ady tany an-tsaha izy? (Jereo 1 Samoela 18:5, 14–16.) Inona no azontsika tsoahina avy amin’ io traikefa io? Araka ny hevitrao, inona no dikan’ ny hoe: “hendry” isika rehefa mandresy?

2. Intelo i Saoly no nanandrana ny hamono an’ i Davida ka tsy nahafaty azy.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 18:17–30; 19:1–18.

- Natolotr’ i Saoly ho vadin’ i Davida ny iray tamin’ ireo zanany vavy raha hiady amin’ ny Filistina izy. Inona no tena antony nanosika an’ i Saoly nanao izany? (Jereo 1 Samoela 18:20–25. Naniry ny hamonoan’ ny Filistina an’ i Davida izy.)
- Ahoana no nanehoan’ i Jonatana ny maha-namana tsara azy rehefa nikasa ny hamono an’ i Davida i Saoly? (Jereo 1 Samoela 19:1–7.) Inona no dikan’ ny hoe namana tsara? Amin’ ny fomba ahoana no maha-namana tsara ny namanao aminao? Ahoana no fomba maha-tsara anao amin’ ny namanao?
- Na dia teo aza ny ezaka nataon’ i Jonatana hanova ny fihetseham-pon’ i Saoly eo amin’ i Davida, dia mbola nanohy nikasa hamono an’ i Davida ihany i Saoly (1 Samoela 19:9–10). Ahoana no nanehoan’ i Mikala, vadin’ i Davida fa marina tamin’ ny vadiny izy? (Jereo 1 Samoela 19:11–18).

3. Manavao ny faneken’ ny fisakaizany i Davida sy i Jonatana, ary mamonjy ny ain’ i Davida i Jonatana.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 20.

- Ahoana no fihetsik’ i Davida tamin’ ny fankahalan’ i Saoly sy ny fiezahany hamono azy? (Jereo 1 Samoela 20:1). Ahoana no nanohizan’ i Jonatana naneho ny fisakaizany raha nitady hamono an’ i Davida i Saoly? (Jereo 1 Samoela 20:2–4).
- Ahoana no nisian’ ny finoana an’ Andriamanitra akony teo amin’ ny fifandraisan’ i Davida sy i Jonatana? (Jereo ny 1 Samoela 20:23.) Ahoana ny fomba ifandraisan’ ny fitiavantsika an’ Andriamanitra amin’ ny fitiavantsika ny hafa?

- Raha apetrantsika voalohany eo amin' ny fiainantsika ny fahatokiana an' Andriamanitra , dia inona no hataontsika raha manao zavatra ratsy ny naman-tsika? (Hiezaka hanampy ny namantsika amim-pitiavana isika mba hiova.) Inona no hataontsika rehefa asain' ny namantsika manao zavatra ratsy isika? (Tsy hanao zavatra ratsy izay ampanaovin' ny namantsika isika, na toa inona no mety ho vokany eo amin' ny fifandraisantsika amin' ny hafa, ary hiezaka isika hitaona ny namantsika hanao safidy tsara.)
- Ahoana ny fomba nampahafantarin' i Jonatana an' i Davida fa azony atao ny miverina ao an-tranon' i Saoly tsy misy ahiahy? (Jereo 1 Samoela 20:5–7, 18–22.) Ahoana no navalin' i Saoly Mpanjaka ny tsy naha-teo an' i Davida sy ny fiarovan' i Jonatana ny namany? (jereo 1 Samoela 20:24–33.) Ahoana no nampitandreman' i Jonatana an' i Davida handositra an' i Saoly? (Jereo 1 Samoela 20:35–42.)

4. Feno fankahalana an' i Davida i Saoly. Miantra ny ain' i Saoly i Davida.

Ampianaro sy hadihadio ny 1 Samoela 23–24.

- Notahiana tamin' ny fahombiazana tany amin' ny sahan' ady foana i Davida (1 Samoela 23:1–5). Nahoana i Davida no tsy maintsy nandao ny tanànan' i Keila rehefa avy namonjy ny mponina tao tamin' ny Filistina izy? (Jereo 1 Samoela 23:7–13.)
- Rehefa fantatr' i Saoly fa any Keila i Davida, dia nanomana ny miaramilany izy handringana ny tanàna manontolo (1 Samoela 23:10). Inona no nampiova an' i Saoly , ilay mpanjaka tsara, ho olona vonona handringana ny tanàna manontolo mba hamonoana olona iray? Nahoana no tena manimba ny fialonana sy ny fankahalana? Ahoana no fomba ialantsika amin' ny fialonana sy ny fankahalana?
- Rehefa niafina an' i Saoly i Davida, dia namangy azy i Jonatana ary “nampahery ny tanany tamin' Andriamanitra ” (1 Samoela 23:16). Inona no dikan' izany araka ny hevitrao? Ahoana no fomba ahafahantsika mampahery ny namantsika amin' Andriamanitra ?
- Nandritra ny fanandramana hafa hitadiavana hamonoana an' i Davida, dia nijanona naka aina tao anaty zohy iray izy (1 Samoela 24:1–3). Inona no nola-zain' ny lehilahin' i Davida rehefa nahita an' i Saoly izy ireo? (Jereo 1 Samoela 24:4.) Inona no nataon' i Davida? (Jereo 1 Samoela 24:4–5. Mariho fa ny andininy fahefatra dia milaza fa notapahin' i Davida ny sisin' ny palitaon' i Saoly—ampahany tamin' ny akanjo izay manamarika ny fahefany.)
- Nahoana no nandà ny handratra an' i Saoly i Davida? (Jereo 1 Samoela 24:6–12.) Inona no ampianarin' ny ohatr' i Davida antsika momba ny famaliana faty sy momba ny fihetsika atao amin' ireo izay manao ratsy amintsika? (jereo 1 Samoela 24:12–15; jereo koa Môrmôna 8:20.) Inona no nataon' i Saoly rehefa niantra ny ainy i Davida ? (1 Samoela 24:16–19.)

Famaranana

Mariho fa ny tantaran' i Jonatana sy Davida dia mampahatsiahy antsika ny fisakaizana tsara sy ny fitiavana izay mitondra antsika manakaiky kokoa ny namantsika sy Andriamanitra. Ny tantaran' i Saoly dia mampahatsiahy antsika ny fialonana sy ny fankahalana izay mety handevona antsika sy hitondra antsika hanalavitra ny namantsika sy Andriamanitra. Entano ny mpianatra

mba ho marina amin' ny namany mba hahafahan' izy ireo milaza aminy hoe :
"Jehovah no vavolombelona amiko sy aminao mandrakizay" (1 Sam 20:23).

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Fanombanan-tena momba ny fisakaizana

Ampiasao ity fampiasana manaraka ity raha tianao ny hanantintrantitra ny maha-zava-dehibe ny maha-namana tsara.

Omeo ravin-taratasy sy penina na pensilihazo iray avy ny mpianatra. Hazavao fa hanome fanontaniana vitsivitsy amin' izy ireo ianao hanampiana azy ireo hahafantatra raha namana tsara izy ireo. Asaovy soratan' ny mpianatra ny valin-teniny, ampahafantaro azy fa tsy tokony holazainy ny valin-teniny. Rehefa avy eo, dia ataovy ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. Inona no zavatra tsara farany nataonao tamin' ny olona iray?
2. Inona no ataonao raha nahare olona nilaza zavatra ratsy momba ny olona hafa iray ianao?
3. Inona no nataonao mba hanampiana ny namanao ho olona tsaratsara kokoa?

“Amorony fo madio aho”

Lesona
24

2 Samoela 11–12; Salamo 51

Tanjona Hanentana ny mpianatra hadio amin’ ny fisainany sy amin’ ny zavatra ataony ary hibe-baka noho ny fahotany.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. 2 Samoela 11. Nijangajanga tamin’ i Batseba, vadin’ i Oria, i Davida (11:1–5). Tsy afaka nanatanteraka ny fikasany hanafina ny fahotany i Davida (11:6–13). Nanao tetika ny hahafaty an’ i Oria tany an’ ady izy (11:14–17). Nanambady an’ i Batseba i Davida, ka nanan-janaka lahy izy ireo (11:26–27).
 - b. 2 Samoela 12:1–23. Nampianatra ny momba ny mahalehibe ny fahotan’ i Davida tamin’ ny fanoharana nataony tamin’ i Davida ny Mpaminany Natana (12:1–6). Nolazaina tamin’ i Davida fa hosaziana izy noho ny fahotany (12:7–14; mariho fa ao amin’ ny Dikan-teny nataon’ i Joseph Smith momba ny andininy 13, dia nilaza toy izao i Natana: “ Tsy hanaisotra ny fahotanao i Jehovah ary tsy ho faty ianao”.) Maty tamin’ ny fahazazany ny zanak’ i Davida sy i Batseba voalohany (12:15–23).
 - d. Salamo 51. Nikatsaka famelan-keloka i Davida, izay nibebaka.
2. Vakiteny hafa: 2 Samoela 2–10.
3. Raha hanao ny fisarihana ny saina ianao, dia mitondra kofehy sy hety.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao atao ny manao ity fampiasana manaraka ity (na iray amin’ ny anao) hanombohana ny lesona.

Asaovy misy olona manolo-tena mijoro eo anoloan’ ny kilasy ka hatsotrany eo aloha ny tanany. Fatory tsara amin’ ny hato-tanan’ ilay mpianatra ny kofehy , tsy gejaina. Hazavao fa io kofehy iray io dia mampiseho ny fahalotoan-tsaina. Rehefa izany, dia asaovy manapaka ilay kofehy amin’ ny fisintonana ny tanany tampotampoka ilay mpianatra.

- Inona no tokony hataontsika rehefa miditra ao an-tsaintsika ny fisainana maloto? (Tokony hialantsika avy hatrany izany.)

Asaovy atsotran’ ilay mpianatra indray ny tanany. Anodino kofehy vitsivitsy eo amin’ ny hato-tanan’ ilay mpianatra—ataovy izay mahasarotra ny fanapahana izany. Rehefa izany, dia asaovy tapahan’ ilay mpianatra ilay kofehy mihodikodina. Avereno izany fanao izany mandra-pahatonga an’ ilay kofehy ho tsy voatapaka intsony.

- Inona no miseho rehefa avelantsika hijanona ao an-tsaintsika ny fisainana maloto?

Afaho amin' ny fanapahana ny kofehy amin' ny hety ny tanan' ilay mpianatra. Hazavao fa ny ampahany amin' ity lesona ity dia miresaka momba ny vokatry ny fitazonana ny fisainana maloto ao an-tsaintsika. Miresaka momba ny fomba ialantsika amin' ny fisainana maloto ihany koa ny lesona

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto soratra masina manaraka ireto ianao, dia resaho ny fomba fampiharana azy eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainany izay mifanaraka amin' ny fitsipika ara-tsoratra masina. Satria ho sarotra ny hanome ny fanontaniana tsirairay na hiresaka momba ny zavatra rehetra ato amin' ny lesona, dia ento amim-bavaka ny fisafidiananao ireo izay mety hifanaraka tsara amin' ny filan' ny mpianatra. Azonao atao ny mamorona fanontaniana izay mifanaraka amin' ny toe-javatra eo amin' ny mpianatra.

1 Samoela 25 ka hatramin' ny 2 Samoela 10 dia manome fampahafantarana momba ny tantara ato amin' ity lesona ity. Satria tsy voarakitra ato amin' ity Boky fampianarana ity ireo toko ireo, dia azonao atao ny mamintina azy ireo toy izao manaraka izao:

Taoriana kelin' ny niantran' i Davida ny ain' i Saoly, dia mbola nikatsaka ny ain' i Davida indray i Saoly. Mbola nanana fahafahana hamono ny mpanjaka indray i Davida, fa nandà ny hanao izany izy. Nitohy ny ady teo amin' ny vahoakan' i Joda sy ireo firenena nanodidina azy, ka maty tamin' ny iray tamin' ireo ady ireo i Saoly sy i Jonatana. Nandimby toerana an' i Saoly ho mpanjaka i Davida ary nanjary anisan' ireo mpanjaka tsara indrindra teo amin' ny tantaran' ny Isiraely. Nakambany ho firenena iray ireo foko, nanome toky ny faha-zoana ny tany nampanantenaina ny olony, ary nametraka ny fitondram-panjaka izay nifototra tamin' ny lalàn' Andriamanitra ihany izy. Na izany aza, ny 20 taona farany tamin' ny fiainany dia nifangaro tao anatin' ny fanapahan-kevitra ratsy izay resahina ato amin' ity lesona ity .

1. Nijangajanga tamin' i Batseba i Davida, ary nahatonga ny fahafatesan' i Oria, vadin' i Batseba.

Ampianaro sy hadihadio ny 2 Samoela 11.

- Nitsangatsangana teo an-tampon' ny lapa i Davida ka nahatazana an' i Betsaba ary dia azon' ny fakam-panahy nijangajanga taminy (2 Samoela 11:2). Inona no tokony ho nataon' i Davida raha nahita an' i Batseba izy? Inona no nataon' i Davida izay nitondra azy hanota taminy? (Jereo 2 Samoela 11:2–4.) Inona no mety hahatonga ny olona hanota ara-pitondran-tena? Inona no azontsika atao mba hialana amin' ny fakam-panahy hanota ara-pitondran-tena?

Azonao atao ny manoratra ny valin-tenin' ny mpianatra eo amin' ny solaitrabe amin' ny fanaovana tabilao tahaka ity eto ambany ity. Mety hahitana izao manaraka izao ny valiny:

<i>Zavatra tokony hialana</i>	<i>Ny fomba fialana amin' izy ireny</i>
Fisainana maloto na vetaveta Fampisehoana ao amin' ny fahitalavitra, gazetiboky, boky, ary mozika izay vetaveta na mitarika amin' ny fisainana ratsy.	Fenoy fisainana tsara ny sainao. Mifidiana haino aman-jery izay mandrisika anao hanao ny tsara.
Fitondra-tena maloto rehefa miaraka amin' ny namana.	Araho ny fitsipiky ny fiarahana izay nampianarin' ny mpaminanin' ny andro farany ary voarakitra ao amin' ny <i>Ry Tanora, mahereza</i>
Fisakaizana aorian' ny fanambadiana.	Tiavo amin' ny fonao rehetra ny vadinao. Tohizo ny "fihontihontiana" (fanatsarana ny fifandraisanao) amin' ny vadinao.
Toerana na atrikasa izay tsy mamela anao hanana ny fiarahan' ny Fanahy Masina mandrakariva.	Ataovy azo antoka fa ny toerana aleha sy ny atrikasa izay andraisanao anjara dia ahafahanao manana ny fiarahan' ny Fanahy Masina mandrakariva.

Azonao atao ny mampiasa ny fanampin-kevitra enti-mampianatra voalohany hiresahana ny fomba ialana amin' ny fisainana maloto.

- Inona no nokasain' i Davida hatao rehefa fantany fa bevohoka i Betsaba? (Jereo 2 Samoela 11:6–13. Niezaka ny hahazo an' i Oria, vadin' i Betsaba, hody hiaraka aminy izy. Ka amin' izany dia hoheverina fa zanak' i Oria ilay zaza ao ankibony.) Nahoana no tsy nahomby ny tetik' i Davida? (Jereo 2 Samoela 11:11. Tsy nody tamin' io fotoana io i Oria satria marina tamin' ny namany tany amin' ny sahan' ady izy ary nahatsapa fa tokony hijanona hiaraka amin' izy ireo.)
- Inona ihany koa ny fahotana lehibe nataon' i Davida noho ny fikasany hanafina ny fijangajangany? (Jereo 2 Samoela 11:14–17.) Tamin' iza no noeritreretant' i Davida ahafahany manafina ny fahotany? Ahoana no fomba hanafenan' ny olona ny fahotany amin' izao fotoana izao? Inona no mitranga rehefa mitady hanafina ny fahotantsika isika?

Nilaza ny Loholona Richard Scott manao hoe:

“Aza maka fampiononana mihitsy fa hoe tsy fantatry ny hafa ny fandikandalàna nataonao. Mitovy amin' ny aotirisny manafina ny lohany ao anaty fasika izany. Haizina fotsiny no hitany ary mahatsapa izy fa miafina tsara. Raha ny marina, dia hita izy. Sahala amin' izany, ny asantsika rehetra dia hitan' ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany Malalany. Fantany avokoa ny momba antsika. . . .

“Raha nanao fahotana lehibe ianao, dia tsy hahita fahafinaretana na fampiononana amin' ny zavatra izay nataonao ianao. Ny fanamarinana ny fahotana amin' ny fanafenana azy dia mety hiseho amin' ny fanonerana ilay olana, nefa tsy izany. Ilay devoly dia manam-pikasana ny hilaza amin' ny olona rehetra ny zavatra mahamenatra nataonao amin' ny fotoana izay mety handratra anao kokoa. Ny lainga dia manenona lamina izay tena entitra ary manjary lasa fandrika izay hisamboran' i Satana anao mba handratra anao” (ao amin' ny Conference Report , Apr. 1995, 103; na *Ensign*, Mey 1995, 77).

Azonao atao ny mampiasa ny fanampin-kevitra enti-mampianatra faharoa mba hanehoana ny loza ateraky ny fanandramana manafina ny fahotana.

2. Nolazaina i Davida fa hosaziana izy noho ny fahotany.

Ampianaro sy hadihadio ny 2 Samoela 12:1–23.

- Inona no fanoharana nolazain' ny Mpaminany Natana mba hanehoana ny antony tsy mahafaly ny Tompo tamin' i Davida? (jereo 2 Samoela 12:1–4.) Ahoana no hevitr' i Davida momba ny fihetsik' ilay lehilahy manan-karena iray tamin' ilay lehilahy nahantra tao amin' ilay fanoharana? (Jereo 2 Samoela 12:5–6.) Ahoana no itovian' ny fihetsik' i Davida tamin' ny an' ilay lehilahy mpanan-karena? (Jereo 2 Samoela 12:7–.) Ahoana ny fihetsik' i Davida tamin' ny nikapohan' ny Tompo azy? (Jereo 2 Samoela 12:13.)
- Nahoana, araka ny hevitrao, i Davida no tsy afaka nahafantatra fa izy no ilay lehilahy manan-karena tao amin' ilay fanoharana? Nahoana isika indraindray no tsy afaka mahafantatra ny fahotana nataontsika?
- Inona avy ny vokatry ny fahotan' i Davida? (Jereo 2 Samoela 12;10–14. Afaka hita ao amin' ny andininy 15–23 ny fahatanterahan' ireo faminiana ireo ary ao amin' ny toko manaraka ao amin' ny 2 Samoela sy ny 1 Mpanjaka; jereo ihany koa ny F&F 132:39. Mariho fa fahotana lehibe ny fijangajangana, saingy tsy nahazo ny fisandratana faratampony i Davida satria noraisin' ny Tompo ho tompon' andraikitra tamin' ny famonoana an' i Oria izy.)

Nilaza ny Filoha Marion G. Romney manao hoe: “Davida, . . .na dia tena tian' ny Tompo aza (voalaza mihitsy izy hoe lehilahy araka ny fon' Andriamanitra , dia azon' ny fakam-panahy. Ny tsy fahadiovana ara-pitondran-tena nataony dia nitondra tamin' ny famonoana olona, ary vokatry izany, dia nafoiny ny fianakaviany sy ny fisandratana faratampony” (ao amin' ny Conference Report, Apr. 1979, 60; na *Ensign*, Mey 1979, 42).

- Inona avy ireo vokatry ny fijangajangana izay miseho avy hatrany amin' izao fotoana izao? Inona ny vokatry maharitra mahazo an' ireo izay tsy mibebaka?

3. Mikatsaka famelan-keloka i Davida, izay nibebaka.

Ampianaro sy hadihadio ny Salamo 51.

Ao amin' ny Salamo ho an' ny Tompo, dia naneho ny faniriany hanampy ny hafa hibebaka i Davida, tamin' ny filazana hoe: “Hampianatra ny olon-diso ny lalanao aho, ary ny mpanota hampiverenina Aminao” (Salamo 51:13). Na dia nafoin' i Davida aza ny fisandratana faratampony satria nanao tetika hahafaty an' i Oria izy, dia afaka mianatra avy amin' ny toetram-pibebahany isika, rehefa nikatsaka famelan-keloka izy noho ny fijangajangany. Ny teniny ao amin' ny Salamo 51 dia mampianatra toetra maro momba ny fibebahana marina. Rehefa mianatra ny Salamo 51 miaraka amin' ny mpianatra ianao, dia resaho ny fomba ahafahantsika mampihatra ny fibebahan' i Davida eo amin' ny fiainantsika.

- Ao amin' ny Salamo 51, dia nofantarin' i Davida aloha Andriamanitra sy ny famindramp-pony (Salamo 51:1). Neken' i Davida ihany koa ny fahotany (Salamo 51:1–3). Nahoana no zava-dehibe ny hahafantarantsika ny halehiben' Andriamanitra sy ny fahotantsika rehefa mibebaka noho ny otantsika isika?

- Inona no tsy maintsy hafointsika mba hahazoantsika famelana ny helotsika? (Jereo Salamo 51:16–17.) Inona no hevitra ny hoe manana “fo torotoro sy mangorakoraka”?
- Nahoana no “eo anantrehana[tsika]” foana ny fahotantsika rehefa tsy mibebaka isika? (Salamo 51:3). Ahoana no fomba hiovan’ izany rehefa nibebaka isika? (Jereo Salamo 51:10; Alma 36:17–19.) Ahoana no fomba fijerin’ Andriamanitra ny fahotantsika teo aloha rehefa avy namela antsika Izy? (Jereo Salamo 51:9; Isaia 43:25; F&F 58:42.)
- Nosoritsoritan’ i Davida ho fanadiovana ny famelan-keloka (Salamo 51:1–2, 7, 9–10), ho fampodiana (Salamo 51:12), ary fanafahana (Salamo 51:14). Nahoana no mifanaraka tsara amin’ ny fitahiana avy amin’ ny famelan’ Andriamanitra heloka ireo fanoritsoritana ireo?

Famaranana

Hazavao fa na dia toa inona fahombiazantsika, na matanjaka toa inona isika, dia mety hisy foana ny fakam-panahy eo anoloantsika. Entano ny mpianatra hanova izay ilaina eo amin’ ny fiainany izay hanampy azy hadio amin’ ny fisainana sy amin’ ny fihetsika. Asehoy ny fitiavanao an’ i Jesoa Kristy sy ny fankasitrahanao ny Sorompanavotany. Mijoroa ho vavolombelona fa noho ny Sorompanavotany, dia afaka avela ny fahotantsika.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Ireto fitaovana manaraka ireto dia manampy ny efa voasoritsoritra ao amin’ ny lesona. Azonao atao ny mampiasa ny iray na mihoatra amin’ ireto hevitra ireto ho ampahany ao amin’ ny lesona.

1. Manala ny hevitra maloto ao an-tsaintsika

Zarao araka ny fahaizanao azy ity fanambarana nataon’ ny Loholona Boyd K. Packer manaraka momba ny fomba fanaisorana ny eritreritra maloto izay niditra an-tsokosoko tao an-tsaintsika ity:

“Ny saina dia tahaka ny sehatra. Mivoha foana ny lamban-tsehatra rehefa tsy matory isika. Misy fampisehoana tanterahina foana eo ambonin’ izany sehatra izany. Mety ho hatsikana, tantara mampitaintaina, mahaliana na mahamonamonaina, tsara na ratsy izany; nefa dia misy fampisehoana lalaovina foana eo ambo-ny sehatry ny saina.

“Efa voatsikaritrao ve fa tsy sitraponao akory, eny ampovoan’ ny fampisehoana eny, dia misy hevi-dratsy kely mitsoriaka avy ao ambadiky ny sehatra ka manintona anao? Ireny hevi-dratsy ireny dia mitady haka ny fifantohanao hiala amin’ ny zavatra rehetra. Raha avelanao hanohy izy ireo, dia hiala ny sehatra avokoa ireo eritreritra tsara. Voasariky ny fitaoman’ ny eritreritra ratsy satria nanaiky izany ianao.

“Raha avelanao izy ireny, dia hilalao ny zavatra rehetra hatramin’ ny faran’ ny zakanao eo ambonin’ ny sehatry ny sainao ireny. Mety hilalao momba ny alahe-lo, fialonana, na fankahalana izy ireny. Mety ho tsisy lanjany, vetaveta, na ratsy mihitsy aza izy ireny. Rehefa mahazo sehatra izy ireny, raha avelanao, dia hamorona ny fandresen-dahatra fetsy indrindra izy mba hanintona anao. Azony atao ho tena mahaliana tokoa izany, eny fa na dia handresena lahatra anao aza fa tsy maninona ireny—satria eritreritra fotsiny ihany.

“Inona no ataonao amin’ ny fotoana tahaka izany, rehefa didin’ ny devoly kely amin’ ny eritreritra maloto ny lampihazon-tsainao, na volon-davenona izy ireny, izay toa ohatry ny madio na maloto, izay tena fantatrao fa ratsy? Raha azonao atao ny mamehy ny eritreritrao, dia afaka mandresy ny fahazarana ianao, na dia ny fahazaran’ ny tena mamoafady aza. Raha afaka mianatra ny mamehy azy ireny ianao, dia hanana fiainana sambatra.

“Izao no ampianariko anareo. Mifidiana amin’ ireo hira masin’ ny Fiangonana izay hira ankafizinao indrindra, izay manainga fanahy ny tonony, ary feno fanajana ny feony, izay manome anao fihetseham-po mitovy amin’ ny aigam-panahy. Avelao handehandeha ao an-tsainao ao izany. Ataovy tsianjery. Na dia mety tsy niofana momba ny mozika aza ianao, dia azonao atao ny mieritreritra fihirana.


“Izao dia ampiasao io hira io ho toerana izay andehanan’ ny eritreritrao. Ataovy fivoahana amin’ ny loza izany. Isaky ny mahita ilay mpilalao manalokaloka mitsoriaka avy any ambadiky ny sehatry ny eritreritrao ianao, dia lalaovy tahaka ny efa noraiketina ilay mozika ao an-tsainao. Raha manomboka ny mozika ary raha tonga ao an-tsainao ny tonony, dia hiala amin’ ny henatra ilay tsy mendrika. Hanova ny toe-po rehetra eo ambonin’ ny sehatry ny eritreritrao izany. Satria manainga fanahy sy madio izany, dia hanjavona ny eritreritra ratsy. Satria raha tsy miaraka amin’ ny fahalotoana ny hasina tiana ananana, dia tsy ho tantin’ ny ratsy ny fisian’ ny hazavana.

“Mandritra ny fotoana, dia hohitanao ny tenanao indraindray hihirahira ilay mozika ao anatinao. Amin’ ny fampiakarana ny eritreritrao, dia hohitanao ny fitaomana sasany avy amin’ izao tontolo izao momba ny famporisihana anao amin’ ny eritreritra tsy mendrika hiakatra ny sehatry ny eritreritrao, ary hanomboka ho azy ilay mozika.

“Raha vao mahay manadio ny sehatry ny eritreritrao amin’ ny fieritreretana maloto ianao, dia kolokoloy amin’ ny fianarana zavatra manan-kasina izany. Ovary tontolo iainanao mba hanananao ny zavatra manodidina anao hanentana anao hieritreritra tsara sy misy aigam-panahy. Manaova hatrany ireo zavatra tsara” (ao amin’ ny Conference Report, Okt. 1976, 99–100).

2. Ny loza ateraky ny fanandramana manafina ny helotsika.

Tamin’ ny fanandramany hanafina ny fahotany noho ny fijangajangany, dia nanao heloka lehibe kokoa noho izany i Davida. Mba hiresahana ny loza ateraky ny fanafenana ny helotsika, dia ampitovio amin’ ny fako miangona ny fahotana. Ataovy sary eo amin’ ny solaitrabe ity hevitra ity araka ny aseho amin’ ny sary voalohany ao amin’ ny pejy 139.



- Inona no miseho rehefa manandrana manafina dongom-pako isika? (Hitombo ilay dongona ka vao maika mora hita. Ataovy sary ity hevitra ity araka ny hita eo amin' ny sary faharoa eto ambany.)
- Ahoana no itovian' ny fanafenana ny helotsika amin' ny fanaronana dongom-pako? (Hitombo ny fahotantsika ary hihalehibe izany rehefa andramantsika afenina ny helotsika.)
- Raha tsy tiantsika hahita fako miangona ny olona, dia inona no tokony hataontsika? (Tokony hoesorintsika ny dongontany fa tsy saronana.) Ahoana ny fomba anesorantsika ny fahotana eo amin' ny fiainantsika?

3. “Ary dia halan’ i Amnona indrindra izy” (2 Samoela 13:15).

Ny 2 Samoela 13 dia ahitana ny tantaran' ny zanakalahin' i Davida, Amnona, sy ny zanakavavin' i Davida, Tamara. Raiki-pitia tamin' i Tamara i Amnona ka nanery azy hijangajanga taminy.

- Ny 2 Samoela 13: 1 dia milaza fa tia an' i Tamara i Amnona. Ahoana no niovan' ny fihetseham-pon' i Amnona tamin' i Tamara rehefa nanota taminy izy? (Jereo 2 Samoela 13:15.) Nahoana no fankahalana matetika, fa tsy fitiavana, no vokatra eo amin' ny olona izay nandika ny fitsipi-pitondran-tena?

Nilaza ny Filoha Gordon B. Hinckley manao hoe: “Henoko ny Loholona John A. Widtsoe. . . nilaza hoe: ‘Nahatsikaritra aho fa ny zatovolahy sy ny zatovovavy izay mandika ny fitsipi-pitondran-tena dia hifankahala amin' ny farany.’ Nahatsikaritra izany koa aho. Mety hisy tenim-pitiavana hanombohana azy, saingy tenim-pahatezerana sy alahelo no hita rehefa avy eo” (“True to the Faith,” *Ensign*, Jiona 1996, 5).

4. Fampanantenana ho an' izay mibebaka.

Raha nantitranterinao fa tsy ho tara mihitsy ny mibebaka , dia azonao atao ny mizara ity fanambarana manaraka avy amin' ny Loholona Boyd K. Packer ity:

“Ny hevi-diso mampahadiso fanantenana (na hadisoana maro) izay milaza fa tsy azo atao intsony ny mibebaka dia tsy avy amin' ny Tompo. Nilaza Izy fa *raha* mibebaka isika, dia tsy hamela fotsiny ihany ny fahotantsika Izy, fa hanadino izany ihany koa ary tsy hahatsiaro intsony. . . . Mitovy amin' ny savony ny fibe-bahana, afaka manasa ny fahotana hiala. Mba hanalana ny loto sarotra miala, dia mety ilaina ny fampiasana fanadiovana maherin' ny fitsipi-pifehezana izay hana-la ny tasy, saingy hanjavona ireny” (ao amin' ny CR, Apr. 1989, 72; na *Ensign*, Mey 1989, 59).

“Aoka izay rehetra manam-pofon’aina samy hidera an’ i Jehovah”

Salamo

Tanjona Hanampy ny mpianatra haneho fankasitrahana noho ny Mpamonjy sy noho ireo fitahiana maro izay nomeny sy nomen’ny Raintsika any an-danitra antsika.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny soratra masina dinihina ao amin’ ny lesona ary indrindra ny ao amin’ ny bokin’ ny Salamo, araka izay vitanao.
2. Alalino ny lesona ary ento amim-bavaka ny fifantenana ny soratra masina, ny lohahevitra ary ny fanontaniana izay mifanaraka tsara amin’ ny ilain’ ny mpianatra. Tsy mahasahina ny bokin’ ny Salamo manontolo ity lesona ity, fa vitsivitsy amin’ ireo lohahevitra manan-danja izay lazaina ao anatin’ ny boky ihany no dinihina.
3. Raha hampiasa ny fisarihana saina voalohany ianao, dia mitondrà sary iray mampiseho ny Mpamonjy sy karazan-javatra efatra na dimy izay mampiseho ireo zavatra mahavelom-pankasitrahana anao, toy ny soratra masina, sarin’ olon-tiana, zavatra izay mampiseho ny talentanao, na karazan-tsakafo. Raha ny fisarihana saina faharoa kosa no ampiasainao, dia mangataha mpianatra iray na roa hizara ny salamo ankafiziny indrindra ary hilaza ny antony mahamanan-danja izany aminy.
4. Mitondrà sary iray na maro mampiseho ny tempoly.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao atao raha tianao ny mampiasa ny iray amin’ ireto fampiasana manaraka ireto (na anankiray anao) hanombohana ny lesona. Fidio ny fampiasana izay tena sahaza ny mpianatrao.

1. Asehoy ny sarin’ ny Mpamonjy ary manehoa fankasitrahana ny amin’ ny fiainany sy ny asa nanirahana Azy. Asehoy ireo karazan-javatra izay mampiseho zavatra hafa mahavelom-pankasitrahana anao. Manehoa fankasitrahana ny amin’ ny tsirairay amin’ izy ireny. Rehefa izany dia omeo ireto fanontaniana manaraka ireto:
 - Inona avy ireo fanomezam-pahasoavana sy fotoana tsara avy amin’ ny Tompo ka mahavelom-pankasitrahana anao manokana? Ahoana no ho mety fiainanao raha tsy nisy ireo fitahiana ireo?

Hazavao fa maro amin’ ny salamo no maneho fankasitrahana ny amin’ ny fitahiana nomen’ ny Tompo. Ny ampahany amin’ ny lesona dia miompana amin’ ireny fitahiana ireny sy amin’ ny zavatra izay ahafahantsika maneho ny fankasitrahantsika azy ireny.

2. Miangavia mpianatra hamaky mafy ny Salamo 23. Rehefa izany dia omeo ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona ny fihetseham-po aseho ao amin' ity salamo ity? Inona no tsapanao teo am-pamakiana na fihainoana io salamo io?

Angataho ny mpianatra iray na roa voatendry mialoha hizara ny salamo anka-fiziny indrindra ary hilaza ny antony maha-zava-dehibe izany aminy.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana azy ireny amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra nodiavina izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

Hazavao fa ny bokin' ny Salamo dia amboara tononkalo izay nohiraina tany amboalohany ho fiderana na fitalahoana mafy tamin' Andriamanitra. Ny ankamaroany dia nosoratan' i Davida. Toy ny fihirana avy any Israely fahagola ity boky ity. Ny tonony dia anisan' ny asa soratra ombam-panahy tena tsara eto an-tany, maneho finoana ny Tompo sy faniriana miredareda hiaina amim-pahamarinana.

1. Ireo faminiana momba ny fiainana sy ny asa nanirahana an' i Jesoa Kristy

Salamo maro no maminany ny amin' ny asa nanirahana an' i Kristy amin' ny maha-Mesia Azy. Toy izao no nambaran' ilay Mpamonjy efa nitsangana tamin' ny maty: “tsy maintsy tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin' ny lalàn' i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo” (Lioka 24:44). Diniho miaraka ny fahatanterahan' ireto faminiana momba an' i Kristy izay voasoratra ao anatin' ny bokin' ny Salamo manaraka ireto:

<i>Faminiana</i>	<i>Fahatanterahany</i>
Salamo 107:23–30	Matio 8:23–27. Jesoa nampitsahatra ny tafio-drivotra sy ny alon-drano.
Salamo 69:8	Jaona 1:11; 7:5. Jesoa tsy noraisin' ny Azy.
Salamo 41:9; 55:12–14	Jaona 13:18, 21. Jesoa navadiky ny namany iray.
Salamo 69:20	Marka 14:32–41. Jesoa fahadiranovana irery tao Getsemane.
Salamo 22:7–8	Matio 27:39–43. Jesoa nesoina.
Salamo 22:16	Marka 15:25. Jesoa nohomboana.
Salamo 22:18	Matio 27:35. Ireo miaramila nanao loka ny fizarany ny fitafian' i Kristy.
Salamo 22:1	Matio 27:46. Jesoa nanontany ny Ray ny antony nahafizany Azy.
Salamo 69:21	Jaona 19:28–30. Jesoa nomena vinaingitra hanala ny hetahetany.
Salamo 34:20	Jaona 19:33–36. Tsy nisy tapaka ny taolan' i Jesoa.
Salamo 31:5	Lioka 23:46. Jesoa nanolotra ny Fanahiny ho an' ny Ray ary afaka aina.
Salamo 16:10	Asan' ny Apostoly 2:31–32; 13:34–35. Tsy tratry ny fahalovana ny nofon' ny Mpamonjy, nitsangana tamin' ny maty Izy.

- Jesoa Kristy ihany no olona izay naminaniana alohan' ny nahaterahany ny fahaterahany, ny fiainany ary ny fitsanganany tamin' ny maty. Nahoana araka ny hevitrao no nomena antsipirihany toy izany ny faminaniana momba ny fiainan' ny Mpamonjy? (Ireo faminaniana ireo dia nanazava tsara fa i Jesoa no Ilay Mesia nampanantenaina, Ilay Mpamonjin' izao tontolo izao). Ahoana no ilazana fa fitahiana ho an' ireo izay nahazo azy ireny faminaniana ireny? (Ny faminaniana dia nanampy ny olona hahafantatra momba ny Mpamonjy sy hahazo fijoroana ho vavolombelona momba Azy, na dia talohan' ny nahaterahany aza [jereo Môsià 3:13]. Ny faminaniana koa dia nanampy ny olona hahafantatra Azy tamin' ny nahatongavany.)

2. “Fa Jehovah efa nanisy soa anao” (Salamo 116:7)

Ambonin' ny faminaniana momba ny fiainana sy ny asa nanirahana ny Mpamonjy, dia salamo maro no maneho fankasitrahana ny amin' ny fitahiana toy ny fahariana ny lanitra sy ny tany; ny famindram-po, ny famelan-keloka ary ny fitiavan' ny Mpamonjy; ny soratra masina ary ny tempoly.

Ny fahariana ny lanitra sy ny tany

Diniho miaraka ireto salamo manaraka ireto izay maneho fankasitrahana ny Tompo noho ny nahariany ny lanitra sy ny tany:

Salamo 19:1

Salamo 104:5–7, 14, 24

Salamo 136:3–9

- Ahoana no ilazana fa manaporofy ny hery sy ny fitiavan' Andriamanitra ny fahariana ny lanitra sy ny tany? (Jereo Almà 30:44; Mosesy 6:63). Ahoana no ahafahantsika maneho fankasitrahana ny amin' ny fanomezana ny fahariana?

Ny famindram-po, ny famelan-keloka ary ny fitiavan' ny Mpamonjy

Diniho miaraka ny sasany amin' ireto salamo manaraka ireto izay maneho fankasitrahana ny Mpamonjy noho ny famindram-pony, ny famelany heloka ary ny fitiavany:

Salamo 23 (azonao atao ny tsy mandinika miaraka io salamo io raha toa ka nampiasainao tany amin' ny fisarihana saina izy io)

Salamo 51 (azonao atao ny tsy mandinika miaraka io salamo io raha toa ka nodinihinareo niaraka tany amin' ny lesona 24 izy io)

Salamo 59:16

Salamo 78:38

Salamo 86:5, 13

Salamo 100:4–5

Salamo 103:2–4, 8–11, 17–18

- Inona no azontsika fantarina momba ny Tompo avy amin' ireo salamo ireo? Asao ny mpianatra hilaza ny fomba nahafantarany ny famindram-po, ny famelan-keloka ary ny fitiavan' ny Tompo.
- Inona no manaitra anao amin' ny fitalahoan' i Davida famelan-keloka ao amin' ny Salamo 51? Inona no ampianarin' io salamo io antsika momba ny fibebahana sy ny famelan-keloka? (Raiso ireo teny voalohany ao amin' ny andininy 2, 7 ary 12. Ireo teny ireo dia milaza ny endrika fibebahana manan-

danja. Raiso koa ny andininy 17 izay milaza ny toe-po tsy maintsy ananantsika mba hibebahana marina).

Ny soratra masina

Diniho miaraka ireto salamo manaraka ireto izay maneho fankasitrahana ny Tompo ny amin' ny soratra masina:

Salamo 19:7–11

Salamo 119

- Inona ny teny nampiasain' i Davida ao amin' ny Salamo 19:7–10 mba hilazana ny soratra masina? (Anisan' ny mitovy hevitra amin' ny soratra masina ny *lalàna, tenivolombelona, sata, didy* ary *fitsarana*. Ny mpamari-toetra milaza ny soratra masina dia ny *tonga lafatra, azo antoka, tsara, madio, marina* ary *matoky*. Ny soratra masina ihany koa dia nolazaina fa irina noho ny volamena ary mamy noho ny tantely).
- Inona avy ireo fitahiana azon' ny soratra masina entina amin' ny fiainantsika, araka ny voasoratra ao amin' ny Salamo 19:7–11? Azonao atao raha tianao ny manoratra ireto fitahiana ireto eny amin' ny solaitrabe:
 - a. Mamelombelona ny fanahintsika izy (andininy 7).
 - b. Mahahendry ny kely saina izy (andininy 7).
 - d. Mahafaly ny fo izy (andininy 8).
 - e. Mampahazava ny maso izy (andininy 8).
 - f. Mampitandrina antsika izy (andininy 11).
- Ahoana no ilazana fa nitahy ny fiainanao ny soratra masina ao anatin' ireo na amin' ny fomba hafa?
- Mankalaza ny Tompo ny mpiventy salamo manao hoe: “Endrey ny fitiavako ny lalànao! Fisaintsainako mandrakariva izany!” (Salamo 119:97; jereo koa ny andininy 15–16, 33–35, 40, 47–50, 72, 92, 104, 174). Ahoana no ahafahantsika mampivelatra ny fitiavana soratra masina toy izany?
- Ahoana no ilazana fa “fanilon' ny tongotsika sy fanazavan' ny lalantsika” ny soratra masina? (Salamo 119:105).

Ny tempoly

Diniho miaraka ny sasany amin' ireto salamo manaraka momba ny tempoly ireto. Azonao aseho raha tianao ny sarina tempoly iray na maro mandritra ny hamakian' ny mpianatra ireto salamo ireto:

Salamo 5:7

Salamo 15:1–3

Salamo 24

Salamo 27:4

Salamo 65:4

Salamo 84:1–2,4, 10–12

Salamo 122

Salamo 134

- Inona no azontsika tsoahina momba ny tempoly ao amin' ireo salamo ireo? Inona no azontsika tsoahina momba ny fiomanana mba handehanana ho any amin' ny tempoly?

Azonao atao raha tianao ny mampihira na mampamaky ny kilasy ny tonon' ny "Nous aimons ta maison" (*Cantiques*, n° 152) na manasà mpianatra vitsivitsy ao amin' ny Kilonga ho ao am-pianarana ary hihira ny "Oh, j' aime voir le temple" (*Chants pour les enfants*, 99)

3. "Inona no havaliko an' i Jehovah noho ny soa rehetra nataony tamiko?" (Salamo 116:12)

- Ao amin' ny Salamo 116:12, dia nanontany i Davida nanao hoe: "Inona no havaliko an' i Jehovah noho ny soa rehetra nataony tamiko?" Ahoana no namalian' i Davida io fanontaniana io? Azonao atao raha tianao ny manoratra ny tenin' i Davida tsirairay araka ny aseho etsy ambany:
 - a. "Handray ny kapoaky ny famonjena aho" (116:13).
 - b. "Ka hiantso ny anaran' i Jehovah. . . aho" (116:13).
 - d. "Jehovah ô, mpanomponao tokoa aho" (116:16).
 - e. "Hianao no hanaterako fanati-pisaorana" (116:17).
 - f. "Hanefa ny voadiko amin' i Jehovah aho, eny eo anatrehan' ny olony rehetra, dia eo an-kianjan' ny tranon' i Jehovah" (116:18–19).
- Ahoana no hampiharantsika ny valin-tenin' i Davida mba ho fanehoana fankasitrahana ny Tompo?

4. "Matokia ny Tompo Andriamanitra" (Salamo 4:5)

- "Ny fahatokiana ny Tompo" dia iray amin' ny fananarana lehibe mateti-piavy ao amin' ny bokin' ny Salamo (Salamo 4:5; 5:11; 9:10; 18:2; 56:11; 62:8; 118:8–9). Ahoana no ampitoerantsika ny fahatokiantsika amin' ny Tompo? Ahoana no nitahiana anao rehefa natoky Azy ianao?

Famaranana

Mijoro ho vavolombelona mahery momba ny asan' Andriamanitra nanirahana an' i Jesoa Kristy ny salamo. Mampahatsiahy antsika ihany koa ireo fitahiana lehibe nomeny sy nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika izy ireo. Ary manome ny fomba ahafahantsika maneho fankasitrahana ny amin' ireo fitahiana ireo ireny.

Azonao asaina ny mpianatra, raha tianao, hamaky ny Salamo farany (150) mba hamintinana ny hafatry ny bokin' ny Salamo. Tovony ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny fiderana sy ny fanati-pisaorana.

Fanampin-kevitra
enti-mampianatra

Manampy ny efa voasoritra ao amin' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. Fihiranan' ny andro farany nalaina avy tao amin' ny Salamon' ny Testamenta taloha

Hazavao fa azo heverina ho salamo amin' izao androntsika farany izao ny boky fihirana. Azonao ampihiraina ny mpianatra, raha tianao, ny hira amin' ny andro farany izay nalaina avy ao amin' ny salamo ao amin' ny Testamenta taloha. Anisan' ireny hira ireny ny "L' Eternel est mon berger" (*Cantiques*, n° 57, Salamo 23). "Christ est ma lumière" (*Cantiques* n° 50; Salamo 27:1). "Seigneur mon

Dieu” (*Cantiques*; n° 44; Salamo 8:3–9; 9:1–2), ary “Louanges à Dieu” (*Cantiques*; n° 37, Salamo 23:6; 150).

2. Ny fitahiana amin’ ny fanaovana hira fiderana

- Inona avy ireo lohahevitra fototra sasantsasany ao amin’ ny hiran’ ny andro farany? (Mety ho anisan’ ny valiny ny Mpamonjy, ny andraikitsika amin’ ny maha-mpikambana ao amin’ ny Fiangonana, fiaretana hatramin’ ny farany, finoana, tokantrano sy fianakaviana, fitiavana, asa fitoriana, vavaka, fisoronana, mpaminany, ny famerenana amin’ ny laoniny ny filazantsara, ny Fanasan’ ny Tompo, fanompoana, fiaretana fitsapana ary Ziona). Ahoana no itahiana antsika amin’ ny fanaovana hira fiderana? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 25:12).
- Diniho miaraka ny sasany amin’ ireto fomba manaraka ireto izay ahafahan’ ny fanaovana hira fiderana mitahy antsika:
 - a. Manentana ny fanahintsika ny hira.
 - b. Manainga antsika hiaina amim-pahamarinana kokoa ny hira.
 - d. Mampahatsiahy antsika ny fitahiana azontsika ny hira.
 - e. Manome antsika fahafahana hihira ho fiderana ny Tompo ny hira.
 - f. Manome antsika fomba hitondrana tenivavolombena ny hira.
 - g. Manampy antsika hanavao ny fanoloran-tenantsika amin’ ny Tompo ny hira.
 - h. Manampy antsika hahatsapa ny Fanahy ny hira.
 - i. Manampy antsika hifanaraka kokoa amin’ ny Raintsika any an-danitra ny hira.
 - j. Manampy antsika hianatra sy hampianatra ny filazantsara ny hira.

Hoy ny Fiadididana Voalohany:

“Ampahany manan-danja amin’ ny fivoriantika ao am-piangonana ny hira mampiantam-panahy. Manasa ny Fanahin’ ny Tompo ny hira, manao izay ahatsapana fitsaohana, mampiray antsika mpikambana ary manome antsika fomba hanolorana fiderana ho an’ ny Tompo.

“Ny toriteny sasany tena manan-danja dia torina amin’ ny alalan’ ny fanaovana hira. Mitondra antsika amin’ ny fibebahana sy asa soa ny hira, manorina fijoroana ho vavolombelona ary finoana, mankahery ny osa, mampionona ny malahelo ary manainga antsika hiaritra hatramin’ ny farany” (*Hira*, ix)

- Salamo maro no milaza ny fihirana ho “fihobiana ho an’ i Jehovah” (Salamo 98:4; 100:1; jereo koa 66:1; 95:1–2). Ahoana no hanatsarantsika ny fampiasana ny hira atao amin’ ny fivorian-piangonana sy any an-tokantrano, ka mba ho fihobiana sy hisy lanjany izany?
- Tamin’ ny Fiaraha-misakafo farany, dia nihira i Jesoa sy ny Apôstôliny (Matio 26:30). Ahoana araka ny hevitrao no nanampy an’ i Jesoa sy ny Apôstôliny nio-mana hanatanteraka ny asa niandry azy ireo ny fanaovana hira fiderana?
- Taloha kelin’ ny nampijaliana ka nahafaty an’ i Joseph Smith Mpaminany tao amin’ ny fonjan’ i Carthage, dia nangataka an’ i John Taylor hihira ny “Je rencontrais sur mon chemin” (*Cantiques*, n° 17) izy. Ahoana araka ny hevitrao no nanampian’ ny fihirana io hira io ny mpaminany?

3. Fiverimberenana zavatra mitovy hevitra fanao amin' ny tononkalo ao amin' ny Salamo

Azo atao ny manabe voho ny fandalinana ny salamo amin' ny fahatakarana ny fomba famoronana tononkalo izay nampiasain' i Davida sy ireo poety Hebreo. Ny fiverimberenana zavatra mitovy hevitra no iray amin' ireo fomba ireo. Toetra iray matetika hita amin' ny fiverimberenana zavatra mitovy hevitra ny famerenana hevitra iray amin' ny teny samihafa. Manitatra na manamafy ny tian' ny hevitra iray hambara ny famerenana toy izany. Ohatra iray amin' io karazana fiverimberenana zavatra mitovy hevitra io ny Salamo 102:1–2, izay ahitana fanehoan-kevitra iray miverina in-dimy amin' ny teny samihafa ao anatiny (“henoy ny fivavako”, “aoka hankeo Aminao ny fitarainako”, “aza manafina ny tavanao amiko”, “atongilano amiko ny sofinao”, ary “amin' ny andro itarainako dia faingàna hamaly ahy”). Asehoy ny fomba anamafisan' ny fiverimberenan' ny hafatra.

Solomona mpanjaka: lehilahin' ny fahendrena, lehilahin' ny fahadalana

Lesona
26

Mpanjaka voalohany 3; 5–11

Tanjona Hanentana ny mpianatra hampiasa ireo fitahiana azony amim-pahendrena ary hiditra ny tempoly amim-pahamendrehana.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Mpanjaka voalohany 3: 5–28. Solomona nandimby an' i Davida rainy, ho mpanjaka, ary nanaraka ny Tompo. Niseho tamin' i Solomona izay nangataka ny hotahina amin' ny fananana saina malady ny Tompo (3:5–9). Nomen' ny Tompo saina hendry sady mahiratra, harena ary voninahitra i Solomona (3:10–15). Nitondra zazakely iray teo amin' i Solomona ny vehivavy roa, ka nofaritany tamim-pahendrena izay vehivavy renin' ilay zaza (3:16–28).
 - b. Mpanjaka voalohany 5–6; 7:1–12. Solomona mpanjaka nitarika ny fanangana tempoly iray lehibe (5–6). Nanana lapa naorina ho azy izy (7:1–12).
 - d. Mpanjaka voalohany 8:22–66; 9:1–9. Nanokana ny tempoly i Solomona ary nangataka ny Tompo mba hitahy ny Israelita amin' ny fampiroboroana azy ireo ara-panahy sy ara-nofa (8:23–53). Nitandrina ny andro firavoravoana nandritra ny efitra ambin' ny folo andro ny vahoaka (8:54–66). Niseho tamin' i Solomona indray ny Tompo ary nampanantena ny hitahy ny Israelita raha manompo Azy izy ireo, ary hamongotra azy kosa raha toa ka mitodika amin' ireo andriamani-kafa izy ireo (9:1–9).
 - e. Mpanjaka voalohany 10–11. Nitombo ny lazan' i Solomona noho ny haren' sy ny fahendreny (10:1–13, 24–25). Nihananan-karena fatratra izy (10:14–23; 26). Nanambady vehivavy tsy Israelita maro, izay nampivily ny fony hanompo andriamani-kafa izy (11:1–10). Nanangana fahavalo hanohitra an' i Solomona ny Tompo (11:11–25). Nanambara ny mpaminany iray fa hozarazaraina ny fanjakan' ny Israely noho ny faharatsian' i Solomona (11:26–40).
2. Vakiteny hafa: Mpanjaka voalohany 2:1–12; 4:29–34; 7:13–51; 1 Tantara 29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46.
3. Raha misy ny sarin' ny Tempoly nampiasaina fahagola, dia azonao ampiasaina izany, raha tianao, mandritra ny lesona (62300; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 118).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao atao raha tianao ny mampiasa ireto fampiasana manaraka ireto (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Vakio na asaovy vakin' ny mpianatra iray ity tenin' ny Loholona Dallin H. Oaks manaraka ity:

“Mazàna isika dia mihevitra fa manafika any amin' ny lafiny mampahalemy antsika i Satana. . . . Kanefa tsy ny fahalementsika ihany no mora tafihina amintsika. Afaka manafika antsika any amin' izay heverintsika fa mampatanjaka antsika koa i Satana—any amin' ny tena lafiny izay hiamboantsika fa mampatanjaka antsika. Hanatona antsika amin' ny alalan' ny talenta hikoizana amintsika sy ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy ananantsika izy. Raha tsy mitandrana isika, dia afaka miteraka ny fahalavoantsika ara-panahy i Satana, manimba antsika amin' ny alalan' ny hery ananantsika ary mitrandraka ny fahalementsika” (“Our Strengths Can Become Our Downfall”, *Ensign*, Okt. 1994, 12).

- Inona ireo hery mety ho lasa fahalavoana ho antsika?

Hazavao fa momba an' i Solomona mpanjaka ity lesona ity, lehilahy izay nandray fitahiana lehibe maro avy amin' Andriamanitra kanefa nampiasa ireny fanomezam-pahasoavana ireny tsy tamim-pahamarinana tamin' ny farany. Toroy hevitra ny mpianatra hitady ireo toe-javatra izay mampiseho an' i Solomona mihamivari-lavo. Antitrantero fa tsy tokony hijery ny tsininy isika na hitsara azy, fa hisintona lesona kosa avy amin' ny fahadisoany.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka amin' ny mpianatra ny fomba fampiharana izany amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

Taloha kelin' ny nahafatesan' i Davida, dia nohosoran' i Zadoka mpisorona sy i Natana mpaminany ho mpanjaka vaovao i Solomona. I Solomona, izay zanak' i Davida sy i Batseba, dia nandray ireto torohevitra manaraka ireto avy amin' ny rainy: “Koa mahereza ianao . . . , ary misehoa ho lehilahy; ary tandremo izay asain' i Jehovah Andriamanitrao hotandremana, handehananao amin' ny lalany sy ny didiny sy ny fitsipiny ary ny teni-vavolombelony, . . . mba hataonao lavorany avokoa izay rehetra hataonao sy izay rehetra halehanao” (Mpanjaka voalohany 2:2–3).

1. Nomen' ny Tompo saina hendry sady matsilo, harena ary voninahitra i Solomona

Ampianaro ary diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 3:5–28

- Taoriana kelin' ny nahalasa mpanjaka an' i Solomona, dia niseho taminy tamin' ny nofy ny Tompo ary niteny hoe: “Angataho izay tianao omeko anao” (Mpanjaka voalohany 3:5). Inona no nangatahin' i Solomona? (Jereo Mpanjaka voalohany 3:9). Inona no dikan' ny hoe manana “saina malady”? (Jereo Mpanjaka voalohany 3:28; 4:29). Nahoana i Solomona no nahatsapa fa mila manokana izany fitahiana izany? (Jereo Mpanjaka voalohany 3:7–8). Ahoana no ilazana fa manampy antsika amin' ny andraikitsika ny fananana ny “fahendren' Andriamanitra ao an-tokantrano”? Any am-piasana? Any ampianarana? Ao am-piangonana? Ahoana no fomba hahazoantsika io fahendrena io?
- Ahoana no nahafaly ny Tompo ny fangatahan' i Solomona saina malady? (Jereo Mpanjaka voalohany 3:11–12. Nangataka fanomezam-pahasoavana

izay hanampy azy hanompo ny hafa i Solomona fa tsy fanomezam-pahasoavana ho an' ny tombon-tsoany samirery). Inona no fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy mety ho katsahintsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:13–26). Inona ireo fepetra napetraky ny Tompo mba hanolorany ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy? (Jereo Mpanjaka voalohany 3:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:8–12). Ahoana no fomba ahafahantsika mampiasa ireo fanomezam-pahasoavana ireo hanompoana ny hafa?

- Inona koa ireo fitahiana hafa nomen' ny Tompo an' i Solomona? (Jereo Mpanjaka voalohany 3:13–14). Ahoana no fomba mety hampiasana ireo fanomezam-pahasoavana ireo hanompoana ny hafa?
- Mpanjaka voalohany 3:16–22). Ahoana no namahan' i Solomona ilay olana? (Jereo Mpanjaka voalohany 3:23–28). Ahoana no nanehoan' ny vahaolana naroson' i Solomona fa nomen' ny Tompo fahendrena izy?

2. Solomona mpanjaka mitarika ny fanorenana tempoly iray lehibe sy manana lapa naorina ho azy.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 5:6; 7:1–12.

- Araka ny nandidian' ny Tompo, dia nitarika ny fanorenana tempoly i Solomona. (Azonao atao raha tianao ny mamerina fohy ny Mpanjaka voalohany 5:1–6; 17–18; 6:15–36 mba hanamafisana ny mahabe pitsopitsony voakaly ny tempoly. Nahoana araka ny hevitrao no nampiasa zavatra tsara tarehy toy izany i Solomona hanorenana ny tempoly?)
- Ahoana no nanehoan' ireo mpanao trano fanajana lehibe ny tempoly nandritra ny fanorenana izany? (Mpanjaka voalohany 6:7).
- Ahoana no nampiasan' i Solomona ny fahendreny, ny haren' ary ny voninahiny mba hamitana ny fanorenana tsara ny tempoly? (Jereo Mpanjaka voalohany 5:1–12. Noho ireo hery ireo, dia afaka nahazo ny fitaovana fanorenana sy nampiasa ny fanomezan-tanana avy amin' ireo mpiasa za-draharaha tamin' ny fanorenana ny tempoly izy.)
- Inona no fampanantenana nomen' ny Tompo an' i Solomona momba ny tempoly? (Jereo Mpanjaka voalohany 6:11–13). Inona no fampanantenana mitovy amin' izany nomen' ny Tompo antsika amin' izao fotoana izao? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:15–17).
- Nanana trano ho azy manokana koa i Solomona. Ahoana ny refin' ny tranony raha oharina amin' ny refin' ny tranon' ny Tompo? (Jereo Mpanjaka voalohany 6:2–3; 7:2, 6–7). Ahoana no mampiseho an' i Solomona mihamivarilavo io fampiasana harena io?

3. Solomona manokana tempoly.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 8:22–66; 9:1–9.

- Fito taona taorian' ny fanorenana, dia notokanana ny tempoly. Inona ny sasany amin' ireo zavatra nangatahin' i Solomona tao amin' ny vavaka fanokanana? (Jereo Mpanjaka voalohany 8:22–53).

Azonao atao raha tianao ny manoratra ny valin-tenin' ny mpianatra eny amin' ny solaitrabe. Mety ho anisan' ny valin-teny ireto manaraka ireto:

- a. Valim-bavaka (Mpanjaka voalohany 8:28–30, 49–52)
- b. Famelan-keloka (Mpanjaka voalohany 8:33–39)
- d. Orana (Mpanjaka voalohany 8:35–36)
- e. Fanampiana mandritra ny mosary sy ny aretina (Mpanjaka voalohany 8:37)
- f. Fanampiana amin' ny ady (Mpanjaka voalohany 8:44–45)
- Tamin' ny vavaka fanokanana, dia nivavaka tamin' ny Tompo i Solomona mba hanampy ny olony amin' ny olana saro-bahana maro. Ahoana no ahafahan' ny fankanesana any amin' ny tempoly manampy antsika, rehefa mitambaby amintsika ny olana?

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson: “Ao anatin' ny fahatonian' ireny tempoly mahafinaritra ireny, dia matetika mahita vahaolana amin' ny olam-piainana makadiry isika. Eo ambany fitarihan' ny Fanahy, dia matetika ao no irotsahan' ny fahalalana madio amintsika. Toeran' ny fanambarana ho an' ny tena manokana ny tempoly. Rehefa mitambaby amiko ny olana na fahasahiranana, dia lasa aho mandeha any amin' ny tranon' ny Tompo miaraka amin' ny vavaka ao am-po mba hahazo valiny. Tonga amin' ny fomba mazava sy tsy misy tomika ireny valiny ireny”. (“What I Hope You Will Teach Your Children about the Temple”, *Ensign*, Aog. 1985, 8).

- Nivavaka i Solomona mba hanampian' ny tempoly hitarika ireo tsy mpino ho any amin' ny Tompo (Mpanjaka voalohany 8:41–43). Ahoana no mety hahafahan' ny tempoly manao izany? (Asao ny mpianatra hizara ohatra amin' ny fomba nahatonga azy na ny hafa ho liana ao amin' ny Fiangonana, noho ny tombon-tsoany any amin' ny tempoly).
- Taorian' ny nanoloran' i Solomona ny vavaka fanokanana, dia nanoro hevitra ny vahoakany izy nanao hoe: “Aoka ho marina amin' i Jehovah Andriamanitsika anie ny fonareo” (Mpanjaka voalohany 8:61). Inona araka ny hevitrao ny dikan' ny hoe manana fo izay “marina amin' ny Tompo”? Ahoana no ahafahan' ny fankanesana any amin' ny tempoly manampy antsika manamarina ny fontsika?
- Inona no azontsika atao mba hitanana ny herin' ny tempoly hatanjaka ao amin' ny fiainantsika? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny hoe: Mankany matetika araka izay azo atao, manana fahazoan-dalana tsy lany andro, ary mametaka ny sarin' ny tempoly ao an-tokantranontsika).
- Inona no nataon' ny vahoaka taorian' ny nanokanana ny tempoly? (Jereo Mpanjaka voalohany 8:62–66). Inona no fihetsiky ny olona rehefa niverina ho any an-dainy izy ireo, taorian'ny fanokanana ny tempoly sy ny fitandremana 14 andro? (Jereo Mpanjaka voalohany 8:66). Ahoana no fihetseham-ponao rehefa avy any amin' ny tempoly ianao ka miverina any an-trano?
- Inona no hafatry ny Tompo rehefa nitsidika an' i Solomona Izy taorian' ny fanokanana ny tempoly? (Jereo Mpanjaka voalohany 9:3–9. Jereo koa ny Mpanjaka voalohany 6:11–13. Mariho fa mitovy hatrany ny teny nataon' ny Tompo nandritra ny fanorenana ny tempoly). Nahoana araka ny hevitrao no nilain' i Solomona ny nampahatsiahivana ny fanekehampihavanana nataony? Ahoana ny fomba ampahatsiahivan' ny Tompo antsika ny fanekehampihavanana nataontsika?

4. Solomona lasa manankarena fatratra ary manambady vehivavy maro tsy Israelita, izay nampivily ny fony hanompo andriamani-kafa.

Ampianaro ary diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 10–11.

- Ahoana no nitomboan' ny harena sy ny voninahitr' i Solomona taorian' ny nitsanganan' ny tempoly? (Jereo Mpanjaka voalohany 10:1–15, 24–25). Ahoana no nampiasan' i Solomona ireny fitahiana ireny tamin' ny fomba ratsy? (Jereo Mpanjaka voalohany 10:16–23, 26–29. Asehoy fa nampiasainy ireny hananganana fanjakana ho azy fa tsy ny fanjakan' Andriamanitra). Ahoana no tokony hampiasana ny fahendrena, ny harena ary ny voninahitra? (Jereo Jakoba 2:18–19).
- Ahoana no nanehoan' ny fifidianan' i Solomona vady fa niala tamin' Andriamanitra izy? (Jereo Mpanjaka voalohany 11:1–2. Nanambady ivelan' ny fanekempihavanana izy). Inona no nitarihan' ireo vadin' i Solomona tsy Israelita azy mba hataony? (Jereo Mpanjaka voalohany 11:3–8. Mariho fa ao amin' ny fandikan-tenin' i Joseph Smith, dia milaza ny andininy faha-4 fa lasa toy ny fon' i Davida rainy ny fon' i Solomona ary ny andininy faha-6 dia milaza fa nanao ratsy teo imason' ny Tompo i Solomona, tahaka ny nataon' i Davida rainy).
- Inona no nataon' ny Tompo rehefa nanapaka ny fanekempihavanana nataony i Solomona ka nivily lalana? (Jereo Mpanjaka voalohany 11:9–14, 23–25, 33–36).
- Ahoana araka ny hevitrao no nanampian' ireo fitahiana, dia ny fahendrena, harena ary voninahitra, ny fahalavoan' i Solomona? Ahoana no fijerinao ny fanampian' ireo hery ireo ny fahalavoana mahazo ny olona amin' izao fotoana izao? Ahoana no hiantohantsika ny mba tsy hahalasa ny herintsika ho fahalavoana ho antsika? (Jereo Mpanjaka voalohany 8:61; Fotopampianarana sy fanekempihavanana 88:67).

Hoy ny Loholona Dallin H. Oaks:

“Ahoana. . . no atao mba hisorohana ny herintsika tsy ho lasa fahalavoana ho antsika? Ny toetra tsara tokony hotezaintsika dia ny fanetren-tena. Fiarovana lehibe ny fanetren-tena. Ny fanetren-tena no fanafody iadivana amin' ny fireharehana. Ny fanetren-tena no fanosika ho an' ny fianarana rehetra, indrindra ny an' ny zavatra ara-panahy. Tamin' ny alalan' i Môrônia mpaminany no nanomezan' ny Tompo antsika ity fomba fijery lehibe ny toeran' ny fanetren-tena ity: ‘Omeko ny olona ny fahalemena mba hahazoany miety; ary ampy ho an' ny olon-drehetra ny fahasoavako mba hanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manam-pinoana Ahy, amin' izany, ny zavatra malemy dia ataoko tonga matanjaka ho azy (Etera 12:27).

“Mety hiteny koa isika fa raha manetry tena eo anatrehan' Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy, dia hanampy azy ireo Izy hisoroka ny heriny tsy ho lasa fahalemena izay azon' ny fahavalo trandrahina hanapotehina azy ireo. . .

“ . . . Raha manetry tena isika ka mora anarina, mankatò ny didin' Andriamanitra, ny torohevitra ny mpitarika notendreny ary ny bitsiky ny Fanahiny, dia azo tarihina isika amin' ny fomba hampiasana ny fanomezampahasoavan' ny Fanahy azontsika, ny zavatra tanterahintsika ary ny hery hafa rehetra ananantsika hanaovana ny fahamarinana. Ary azo tarihina koa isika amin' ny fomba hisakanana ny ezak' i Satana hampiasa ny herintsika ho foto-try ny fahalavoantsika.

“Ao anatin’ izany rehetra izany, dia tokony hahatsiaro sy hiankina amin’ ny fitarihana sy ny fampanantenan’ ny Tompo isika, manao hoe: ‘Aoka ianao hanetry tena, ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin’ ny tanany ka hanome valiny amin’ ny vavaka ataonao’ (Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 112:10)” (“Our Strength can Become our Downfall”, *Ensign*, Okt. 1994, 19).

Famaranana

Manehoa ny fankasitrahanao ny amin’ ny fitahiana ara-panahy sy ara-nofo nomen’ ny Tompo anao sy ny amin’ ny tempoly. Entano ny mpianatra mba hanetry tena eo anatrehan’ ny Tompo mba hahafahany mampiasa ny fitahiana azony amim-pahendrena sy hiditra ny tempoly amim-pahamendrehana.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Manampy izay efa voasoritra ho an’ ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anatin’ ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin’ ireto hevitra ireto.

1. “Mba tsy hiavonavonan’ ny fony amin’ ny rahalahiny” (Deoteronomia 17:20)

- Asaovy vakin’ ny mpianatra iray mafy ny Deoteronomia 17:14–20. Ahoana no mety ho nampiova ny fiainan’ i Solomona sy ny fiainan’ ny olona tao amin’ ny fanjakany ny fampiharana ity soratra masina ity?

2. Vavaka fanokanana ho an’ ny tempoly

Raha efa nisy mpianatra nanatrika fanokanana tempoly, dia miangavia iray na roa amin’ izy ireo hilaza momba ny zavatra niainany tamin’ izany. Azonao iangaviana ny mpianatra iray, raha tianao, hiomana hizara fomba fijery roa na telo avy amin’ ny vavaka fanokanana tempolin’ ny andro farany. Misy ny vavaka natolotra tamin’ ny fanokanana ny Tempolin’ i Kirtland ao amin’ ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 109. Matetika dia atonta ao amin’ ny *Liahona* ny vavaka fanokanana tempoly vao notokanana).

- Ahoana no tokony hananan’ ny vavaka fanokanana akony amin’ ny fiainantsika manokana?

Hoy ny Filoha Joseph Fielding Smith: “Rehefa manokana trano ho an’ ny Tompo isika, ny zavatra tena ataontsika dia ny manokana ny tenantsika amin’ ny asan’ ny Tompo, miaraka amin’ ny fanekena fa hampiasaintsika ny trano amin’ ny fomba heveriny hampiasana izany (*Church News*, 22 Jan. 1972, 3).

Ny fitaoman' ny mpitondra ratsy fanahy sy ny mpitondra marina

Lesona
27

Mpanjaka voalohany 12–14: Tantara faharoa 17; 20

Tanjona Hanentana ny mpianatra hampivelatra ny toetra tsara ananan' ny mpitarika mba hahafahany mitarika ny hafa hiaina amim-pahamarinana.

- Fanomanana**
- 1 Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Mpanjaka voalohany 12:1–20. Rehoboama nandimby ny rainy Solomona, ho mpanjakan' ny firenena roa ambin' ny folon' ny Israely. Nolaviny ny torohevitra ny olon-kendry mba hanompoany ny vahoakany, nokatsahany kosa ny hampitondra zioga mavesatra azy ireo (12:1–15). Nizara ny fanjaka-na raha nikomy ny firenena folo (12:16–19); nitana ny maha-fanjakan' ny Israely azy ny firenena folo, raha teo ambany fanapahan' i Rehoboama kosa ny firenen' i Joda sy ny an' i Benjamina ary nantsoina hoe fanjakan' i Joda). Nifidy an' i Jeroboama, mpanompo taloha tao amin' ny fanjakan' i Solomona, ho mpanjaka ny fanjakan' ny Israely (12:20).
 - b. Mpanjaka voalohany 12:25–33; 13:33–34; 14:14–16, 21–24. Nitarika ny vahoakany hanompo sampy i Jeroboama ary nanolo ny mpisorona tamin' ny lehilahy izay tsy Levita (12:25–33; 13:33–34; ho fanazavana ny tsangam-baton-tsampy sy ny fitoerana avo, dia jereo ny fanampin-kevitra faharoa enti-mampianatra). Naminany ny fandranganana ny taranak' i Jeroboama sy ny fanongotana an' Israely amin' ny taniny ny mpaminany iray (14:14–16). Nitarika ny fanjakan' i Joda ho amin' ny fanompoan-tsampy i Rehoboama (14:21–24).
 - d. Tantara faharoa 17:1–10; 20:1–30. Josafata, zafiafin' i Rehoboama, dia nanjaka tamim-pahamarinana tao amin' ny fanjakan' i Joda, nandrodana ny tsangam-baton-tsampy sy ny fitoerana avo ary nandefa ny Levita nanerana an' i Joda hampianatra avy amin' ny bokin' ny lalàn' i Jehovah (17:1–10). Noho ny fanafihan' ny fahavalon' i Joda azy ireo, dia nifady hanina sy nivavaka i Josafata sy ny vahoakany. Nilaza tamin' izy ireo ny Tompo fa tsy azy ireo ny ady fa Azy. Nifamono ny mpanafika azy ireo ary nifanapotika (20:1–30).
 2. Vakiteny hafa: Mpanjaka voalohany 11:26–40, Mpanjaka faharoa 17:20–23.
 3. Raha mampiasa fisarihana saina ianao, dia manàna akanjo tonta iray izay azo triatriarina na taratasy lehibe izay voahety miendrika lamba fitafy iray.
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana saina Azonao ampiasaina, raha tianao, ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Makà akanjo tonta iray na taratasy izay voahety miendrika lamba fitafy iray ary triaro ho roa ambin' ny folo. Hazavao fa tamin' ny faraparan' ny fiainan' i Solomona, dia naminany i Ahia mpaminany fa i Jeroboama, iray amin' ny mpampompo 12 an' i Solomona, mpiandraikitra ny hetra sy ny asa, no hanapaka tamin' ny ankamaroan' ny firenen' ny Israely. Mba hanazavana azy io, dia nalain' i Ahia ny lamba vaovao izay notafiny, notriatriariny ho roa ambin' ny folo, ka nomeny tapatapany folo i Jeroboama (Mpanjaka voalohany 11:29–32; araka ny voalazan' ny Fitopolo [Septante], fandikana ny testamenta taloha amin' ny teny grika, dia firenena roa fa tsy iray no ho tavela tao amin' ny fanjakana teo ambany fanapahan' ny taranak' i Davida).

Nampianatra ny Tompo hoe: “Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano” (Matio 12:25). Hazavao fa izany no nitranga tamin' ny fanjakan' ny Israely taorian' ny nahafatesan' i Solomona. Ity lesona ity dia momba ny fitaoman' ny mpitarika ratsy fanahy sy ny nanao ny marina tamin' ny fanjakan' ny Israely voazarazara.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fampiharana azy ireny amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Voazarazara ny fanjakan' ny Israely, noho ny fitondrana jadona nataon' i Rehoboama tany am-piandohana.

Ampianaro ary diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 12:1–20.

Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe ireto teny manaraka ireto raha tianao:

Ny mpitondra tsara dia:

1. Manompo

- Rehefa maty i Solomona, dia i Rehoboama zanany no lasa mpanjakan' ny Israely. Inona ny fiovana tian' ny Israelita hataon' i Rehoboama avy amin' ny fomba nanapahan' ny rainy? (Jereo Mpanjaka voalohany 12:3–4). Inona no torohevitra nomen' ny zoki-olona an' i Rehoboama momba ny fanapahana mahomby? (Jereo Mpanjaka voalohany 12:6–7; Tantara faharoa 10:7). Nahoana no tiantsika kokoa ny itarihan' ny mpitondra izay tsara fanahy sy manompo antsika amin' ny tsara? Ahoana no ampiharantsika io torohevitra io any antokantrano? Any am-piangonana? Any an-tsekoly? Any am-piasana? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41–46). Inona ny ohatra hitanareo amin' ny ray aman-dreny na mpitondra hafa mampihatra amim-pahombiazana io torohevitra io?
- Taorian' ny nandavany ny torohevitra ny zoki-olona, dia nitodika tamin' ny tovolahy fantany tamin' ny fahatanorany i Rehoboama. Inona ny torohevitr' izy ireo? (Jereo Mpanjaka voalohany 12:8–11). Inona no vokatry ny fanapahan-kevitra noraisin' i Rehoboama tamin' ny fanarahana ny torohevitr' izy ireo? (Jereo Mpanjaka voalohany 12:12–17). Hazavao fa ny fehezanteny “mody any an-dainy avy ny Israely” dia milaza ireo firenena folo tafasaratsaraka tamin' ny fanjakan' i Rehoboama. Ahoana no mety ho nahahafa ireo fiafarana ireo raha nanaraka ny tenin' ny zoki-olona i Rehoboama. (Jereo Mpanjaka voalohany 12:7).

- Iray amin' ireo mpanompon' i Solomona roa ambin' ny folo miandraikitra ny hetra sy ny asa i Jeroboama. Tamin' ny fiafaran' ny fanjakan' i Solomona, dia naminany i Ahia mpaminany fa i Jeroboama no ho lasa mpanjakan' ny firenena maro an' ny Israely (Mpanjaka voalohany 1:29–31; jereo ny fisarihana saina). Ahoana no nahatanteraka io faminania io? (Jereo Mpanjaka voalohany 12:20. Ny firenen' i Joda sy i Benjamina dia nijanona niaraka tamin' i Rehoboama tao amin' ny Fanjakana atsimo, na ny fanjakan' i Joda. Ireo firenena folo hafa kosa dia nanaraka an' i Jeroboama tany amin' ny Fanjakana avaratra, na ny fanjakan' ny Israely).

2. I Jeroboama sy i Rehoboama mitondra ny fanjakany ho amin' ny fanompoan-tsampy.

Ampianaro ary diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 12:25–33; 13:33–34; 14:14–16, 21–24.

Azonao ampiana ny teny nosoratanao teny amin' ny solaitrabe, raha tianao:

Ny mpitondra tsara dia:

1. *Manompo.*

2. *Mitoky ary mankatò ny Tompo.*

- Tamin' ny alalan' i Ahia mpaminany, dia nanome toky an' i Jeroboama ny Tompo fa homena “taranaka azo antoka” izy (fanjakana azo antoka) raha mandeha amin' ny lalan' ny Tompo (Mpanjaka voalohany 11:38). Ahoana no namoizan' i Jeroboama ny fitahiana tamin' izany fanomezan-toky izany? (Jereo Mpanjaka voalohany 12:25–33). Nahoana no nanangana ombilahy volamena sy fitoerana avo i Jeroboama ary nanendry mpisorona sandoka? (Jereo Mpanjaka voalohany 12:26–33; 13:33–34).

Hazavao fa natahotra i Jeroboama sao handeha ho any Jerosalema ny olony hanompo ka mety hiverina amin' i Rehoboama izy ireo. Tamin' ny ezaka mba hifehezana ny olony sy hitazonana ny firaketam-po sy ny sainy, dia nanao ombilahy volamena tao Betela sy Dana izy, tanàna roa tao amin' ny Fanjakana avaratra, ary nanasa ny olony hanompo ao amin' ireo tanàna ireo. Tamin' ny fanaovana izany, dia navelany hihoatra ny fahatokiany ny fanomezan-tokin' ny Tompo ny tahony ho resy. Hamafiso fa ny mpitondra hendry dia mitoky amin' ny Tompo ary tsy manompana ny fanapahan-keviny amin' ny tahotra na ny fitsarany manokana.

- Rehefa narary ny zanany lahy, dia nitady ny fanampian' i Ahia mpaminany i Jeroboama. Inona ny faminanian' i Ahia mikasika ny taranaka (mpianakavy) sy ny fanjakan' i Jeroboama? (Jereo Mpanjaka voalohany 14:14–16. Hita ao amin' ny Mpanjaka faharoa 17:20–23 ny fahatanterahan' io faminania io).
- Tahaka an' i Jeroboama, dia tsy nankatò an' Andriamanitra koa i Rehoboama tamin' ny fitarihany olona ho amin' ny fanompoan-tsampy (Mpanjaka voalohany 14:21–24). Ny fitondrana ratsin' ireo mpanjaka roa ireo dia nisy fiantraikany naharitra dia naharitra. Samy nongotana tamin' ny tany sy nentina ho babo ireo fanjakana roa ireo taona maro tatỳ aoriana (Israely nobaboin' ny Asyriana ary i Joda nobaboin' ny Babyloniana) satria nanohy ny fomba ratsiny. Ahoana no afaka manana fiantraikany lalina toy izany amin' ny olona maro ny mpitondra ratsy fanahy iray?

Azonao hamafisina, raha tianao, fa tsy ilaintsika ny maka tahaka ny fanao ratsin' ny mpitondra ratsy fanahy tahaka ny nataon' ny vahoakan' ny Israely sy i Joda. Nomen' Andriamanitra safidy isika, ary azontsika ampiasaina izany fahefana izany hifidianana ny tsara, na dia mifidy ny ratsy aza ny mpitondra (Helamana 14:30–31).

3. Josafata mitarika ny fanjakan' i Joda hanaraka ny Tompo sy ny mpaminany.

Ampianaro ary diniho miaraka ny Tantara faharoa 17:1–10; 20:1–30.

Azonao ampiana indray ny lisitra eny amin' ny solaitrabe, raha tianao:

Ny mpitondra hendry dia:

1. *Manompo.*

2. *Mitoky sy mankatò ny Tompo.*

3. *Manana finoana an' Andriamanitra.*

4. *Mampianatra avy amin' ny soratra masina.*

5. *Manaraka ny mpaminany.*

- Taranaka telo tatỳ aorian' i Rehoboama, dia i Josafata zafiafiny no nanjaka tao amin' ny fanjakan' i Joda. Ahoana no nanaporofonan' i Josafata ny fahamarinany manokana? (Jereo Tantara faharoa 17:3–4, 6). Ahoana no akon' ny fitiavantsika vavaka amin' ny fahaizantsika mitondra ny hafa?
- “Nesorin' i Josafata niala an' i Joda ny fitoerana avo sy ny tsangam-baton-tsampy” (Tantara faharoa 17:6). Inona no heverinao fa lesona nosintonin' ny olona avy amin' io? (Jereo Tantara faharoa 20:12–13, marihina fa “Joda manontolo no nitsangana eo alohan' Andriamanitra, miaraka amin' ny zafikeliny, ny vadin' ary ny zanany”). Inona no azontsika esorina avy ao an-tokantranontsika sy amin' ny fiainantsika manokana, mba hahafahantsika manompo tanteraka an' Andriamanitra misimisy kokoa?
- Nalefan' i Josafata nanerana ny fanjakana ny Levita hampianatra ny olona avy amin' ny “bokin' ny lalàn' i Jehovah” (Tantara faharoa 17:9). Ahoana araka ny hevitrao no nisy akony tamin' ny vahoakan' i Joda ny nampianarina avy amin' ny soratra masina? Ahoana no nanampian' ny fandalinana ny soratra masina samirery sy miaraka amin' ny fianakaviana anao? Ahoana no misy akony amin' ny fianakaviana sy ny Fiangonana amin' ny ankapobeny ny fandalinana ny soratra masina ao an-tokantrano?

Toy izao ny fampianarana nomen' ny Filoha Ezra Taft Benson: “Matetika dia mikely aina isika amin' ny fiezahana hampitombo ny haavon' ny fahavitrihana ao amin' ny tsatòka misy antsika. Miasa mafy isika mba hampiakarana ny salan' isan' ny fanatrehana ny fivorian' ny fanasan' ny Tompo. Miezaka mafy isika mba hampiakarana ny salan' isan' ny tovolahy manao asa fitoriana. Misikim-ponitra isika hanatsara ny isan' ireo manambady any amin' ny tempoly. Amporisihana tokoa ireny ezaka rehetra ireny ary zava-dehibe ho an' ny fampandrosoana ny fanjakana. Kanefa raha mirotsaka samirery ao amin' ny soratra masina tsy tapaka sy mahatojo ny mpikambana tokan-tena na fianakaviana, dia ho tonga ho azy ireo sehatra hafa ilana fahavitrihana ireo. Hitombo ny fijoroana ho vavolombelona. Hihamafy ny fanoloran-tena. Hihamatanjaka

ny fianakaviana. Hirotsaka ny fanambarana ho an' ny tena manokana (The Teachings of Ezra Taft Benson [1988] 44).

- Mitantara vanim-potoana nisiana fitaintainana lehibe ho an' ny vahoakan' i Joda ny Tantara faharoa 20, raha namaky ady tamin' izy ireo ny firenena telo. Toa tsy nanam-panantenana tamin' ny vokatry hitranga i Josafata mpanjaka sy ny vahoakany izay tena resy an' isa tokoa. Inona no nataon' i Josafata mba hahazoana fanampiana? (Jereo Tantara faharoa 20:3–13). Inona no navalin' ny Tompo io fitalahoana io? (Jereo Tantara faharoa 20:14–17). Mariho fa avy amin' ny alalan' i Jahaziela mpaminany no nahatongavan' io valiny io). Inona no torohevitra nomen' i Josafata ny vahoakany? (Jereo Tantara faharoa 20:20). Amin' ny maha-Olomasin' ny Andro Farany, ahoana no ilazana fa resy an' isa tahaka ny vahoakan' i Joda tamin' izany fotoana izany isika ankehitriny? Ahoana no ampiharana io torohevitr' i Josafata io amintsika?
- Ho fahatsiarovana ny toky nomen' i Jahaziela mpaminany fa an' Andriamanitra ny ady, dia nanendry mpihira hidera ny Tompo fa tsy hiady i Josafata. Rehefa nanomboka nihira izy ireo, dia niaro azy ireo ny Tompo tamin' ny nampiadiny ny mpanafika samy mpanafika, ka nifanapotika izy ireo (Tantara faharoa 20:21–24). Ahoana no iarovana antsika rehefa mahatsiaro sy mankatò ny tenin' ny mpaminany velona isika?
- Nifanohitra tamin' ny an' i Jeroboama sy i Rehoboama izay nitondra ny vahoakany tamin' ny fanompoan-tsampy, i Josafata dia nitarika ny vahoakan' i Joda hanetry tena eo anoloan' Andriamanitra (Tantara faharoa 20:3–4). Inona no ohatra hitanareo momba ny fitaoman' ny mpitondra marina? Inona no azontsika atao hanampiana ireo izay tompointsika mba hiaina amim-pahamarinana?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona momba ny hery ananan' ny mpitondra hitarihana olona amin' ny faharatsiana na amin' ny fahamarinana. Ampahatsiahivo ny mpianatra ny andraikitsika hitarika amin' ny antsontsika ao amin' ny Fiangonana, ao amin' ny fiaraha-monina misy antsika, any am-piasana ary ao antokantrano. Entano ny mpianatra mba ho mpitondra marina amin' ny fanompoana, fitokiana sy fankatoavana ny Tompo, fananana finoana Azy, fampianarana avy amin' ny soratra masina ary amin' ny fanarahana ny mpaminany.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. Fandresena ny fanerena amin' ny ratsy ataon' ireo tapaka sy namana

- Voazarazara be mihitsy ny fanjakan' ny Israely noho i Rehoboama nifidy hanaraka ny torohevi-dratsin' ireo tapaka sy namany (Mpanjaka voalohany 12:9–16). Ahoana no ahafantsika manohitra ny fakampanahy hanaraka ny torohevitra ratsy avy amin' ny namantsika?

Hoy ny Loholona Malcolm S. Jeppesen:

“Maro aminareo. . . , na ho ela na ho haingana, no hanatonan’ ny iray na ny maro amin’ ireo ‘namananareo’ izay manangoly anareo hanao zavatra izay fantatrareo fa tsy tokony hatao. . . .

“ ‘Tsy hisy hahafantatra velively’, hoy ireo milaza azy ho namana aminareo. ‘Ambonin’ izany, hampaninona anefa izany?’

“. . . Tsy tokony hanary ny namanao izay mandeha amin’ ny lalan-diso ianao; tsy voatery handao azy koa. Tokony ho namany mitsinjo azy ianao, vonona ny hanampy azy raha vonona ny handray fanampiana izy. Afaka miresaka aminy ianao ary manarina azy sy mitondra ny fijoroana ho vavolombelona anananao aminy. Tarito amin’ ny alalan’ ny ohatra izy.

“Kanefa aoka ianao tsy ho voatariky ny namanao hanao izay tsy hahafaly ny Rainao any an-danitra, namana izay mety hitaky izany ho fepetra hahalasa anao ho namany, tsy maintsy mifidy ianao na ny fombany na ny fomban’ ny Tompo.

“Raha mitranga izany, dia ny fomban’ ny Tompo fidina ary mitadiava namana vaovao” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1990, 59; na *Ensign*, Mey 1990, 45).

2. Ny dikan’ ny fitoerana avo sy ny tsangam-baton-tsampy

Ireto famaritana manaraka ireto dia hanampy anao hanazava ny fanompoana diso nampidirin’ i Jeroboama sy i Rehoboama.

Fitoerana avo (Mpanjaka voalohany 12:31): alitara izay naorina teny an-tamponkavoana. Rehefa nanomboka nanompo sampy ny olona, dia nanotany fady ireo alitara ireo ary nampiasaina hanompoany sampy.

Tsangam-baton-tsampy (Mpanjaka voalohany 14:15): toerana hiankohofan’ ny mpanompo sampy, izay nanaovan’ ny olona zavatra mamofady indraindray.

3. “Ary . . . any no hanompoanareo andriamanitra asan’ ny tanan’ olona” (Deoteronomia 4:28)

- Tamin’ ny nananganan’ i Jeroboama omby volamena ka nitsaoka teo amin’ ny fitoerana avo ny vahoaka, dia ninia tsy nahafantatra ny fampitandreman’ i Mosesy 500 taona tany aloha izy sy ny olony (Deoteronomia 4:25–28). Inona ny antambo izay ny tenany ihany no nanangana azy? Inona no nampanantenaina raha mitodika amin’ ny Tompo izy ireo fa tsy amin’ ny andriamani-kafa? (Jereo Deoteronomia 4:29–31)

4. Lesona ampiasana fitaovana momba ny fahaiza-mitarika

Mitondrà antontam-biriky mitovy (na zavatra hafa). Manasà mpianatra roa handray anjara amin’ ity zavatra aseho manaraka ity. Samy omeo antontam-biriky mitovy avy ny mpandray anjara. Tondroy ny mpianatra iray ho mpitarika ary ny iray hafa ho mpanaraka. Asaovy mifanome lamosina ireo mpianatra roa ireo mba tsy hahita ny antontam-birikin’ ny ao an-damosiny. Asaovy manangana zavatra haingana amin’ ny antontam-birikiny ilay mpitarika ary manome torolalana ilay mpanaraka ny amin’ ny fomba hananganany rafitra mitovy amin’ ilay efa vita. Tsy tokony hanontany ilay mpanaraka mandritra ny fanarahany ny torolalana.

Tsy misy mpandray anjara tokony hijery ny antontam-birikin' ny hafa mandrapahavitan' ilay asa.

Rehefa avy nanangana ilay mpanaraka, dia diniho miaraka ny maha-zava-dehibe ho an' ny mpitarika ny manome toromarika mazava ary ho an' ny mpanaraka ny mihaino tsara. Raha mitovy tsy misy valaka amin' ny an' ilay mpitarika ny rafitra vitan' ilay mpanaraka, dia samy derao izy roa, ary anontanio ny mpianatra hafa ny nahatonga ny fahombiazan' izy ireo. Raha tsy mitovy kosa ny rafitra azo, dia omeo ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Moa ve afaka nanome toromarika mazava kokoa ilay mpitarika? Moa ve afaka nihaino tsara kokoa ilay mpanaraka? Ahoana no mety ho nanampian' izany hamela ilay mpanaraka hahita ny nanamboaran' ilay mpitarika ilay rafitra.
- Ahoana no ahafahantsika mampihatra ny zavatra nianarantsika avy amin' io zavatra naseho io ao amin' ny antsontsika ao am-piangonana sy ao an-tokantrano?

“Manarakaraka ny afo nisy feo nitsoka malemy”

Mpanjaka voalohany 17–19

Tanjona

Hanentana ny mpianatra hametraka an' Andriamanitra ho voalohany eo amin' ny fiainany ary hitady fitarihana sy fankaherezana amin' ny tenin' ny mpamina-ny velona sy amin' ny bitsikin' ny Fanahy Masina.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Mpanjaka voalohany 17. Elia namehy ny lanitra tsy hampisy ranonorana, nandositra an' i Ahaba sy i Jezebela ary notohanana ara-tsakafo tamin' ny fomba mahagaga tany an-tany foana (17:1–6). Nalefan' ny Tompo tany amin' ny vehivavy mpitondratena izay nanome azy mofo sy rano i Elia (17:7–16). Natsangan' i Elia tamin' ny maty ny zanakalahin' ilay vehivavy mpitondratena (17:17–24).
 - b. Mpanjaka voalohany 18. Efa ho roa taona mahery taorian' ny mosary, dia nifanena tamin' i Ahaba i Elia ary nanao fanamby tamin' ny mpisoron' i Bala ny mba handatsaka afo avy any an-danitra handorana ny fanatitr' izy ireo (18:1–2, 17–24). Tsy nahomby tamin' ny fanandramana nataony ny mpisoron' i Bala, fa nivavaka i Elia ary dia nandatsaka afo handorana ny fanatitra efa nomaniny ny Tompo (18:25–40). Nivavaka i Elia mba hampitsahatra ny mosary, ka dia nandefa orana ny Tompo (18:41–46).
 - d. Mpanjaka voalohany 19. Nikasa hamono an' i Elia i Jezebela (19:1–2). Nandositra tany an-tany foana i Elia ary nofahanan' ny anjely (19:3–8). Nandeha tany Horeba i Elia, toerana izay nampaherezan' ny Fanahy Masina azy sy nampianarana azy hitozo amin' ny asan' Andriamanitra (19:9–19).
2. Miangavia mpianatra iray hanao tatitra fohy momba ny fifanatrehana teo amin' i Elia sy ny mpisoron' i Bala (Mpanjaka voalohany 18:17–40).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona****Fisarihana saina**

Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Zarao ity tantara nolazain' ny Loholona Thomas S. Monson ity:

“Teraka tao anaty fahantrana fa notaizana tao anatin' ny finoana no niomanan' i [José Garcia] tamin' ny antso hanao asa fitoriana. Teo aho tamin' ny andro nandraisana ny antontan-taratasy momba azy. Teo no niseho ny teny hoe: “Hanao asa fanompoana ny Rahalahy Garcia, izay sorona lehibe ho an' ny fianakaviany, satria izy no mpamatsy ny zavatra maro ilain' ny fianakaviana. Zavatra iray ihany no mba fananany—dia famoriana hajia sarobidy—izay nahavonona azy ny hivarotra azy, raha ilaina, hamatsiana vola ny asa fitoriana ataony.”

“Nanongilan-tsofina ny Filoha [Spencer W.] nihaino rehefa novakina taminy ilay teny, ary hoy izy nony avy eo: ‘Asaovy hamidiny izany ny famoriana hajia ananany. Ho fitahiana ho azy ny sorona toy izany.’”

Asao ny mpianatra hieritreritra izay mety ho nataony raha nasaina nanome ny fananany rehetra izy hanompoana ny Tompo. Rehefa izany dia tohizo ny tantara:

“Nony avy eo, dia hoy ity mpaminany be fitiavana miaraka amin’ ny maso toa nanjelatra sy tsiky teny amin’ ny molotra: ‘Isam-bolana dia maharay taratasy an’ arivony avy amin’ ny vazan-tany efatra ny foibe mpitantana ny Fiangonana. Koa angoninay ireny hajia ireny ary omenay an’ i José rehefa mifarana ny asa fitoriana ataony. Ho maimaim-poana no hahazoany ny famoriana hajia tena tsara noho ny an’ ny tovolahy ao Mexico” (tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1978, 83; na *Ensign*, Nov. 1978, 56).

Hazavao fa rehefa ataontsika voalohany amin’ ny fiainantsika ny zavatr’ Andriamanitra, dia lehibe lavitra noho ny zavatra izay mety hafointsika amin’ ny fiainana ny valisoa raisintsika. Mitantara olona roa ity lesona ity—I Elia sy ilay vehivavy mpitondratena tao Zarefata—izay nahazo fitahiana lehibe noho ny fahavononany hanaraka an’ Andriamanitra, na dia sarotra aza ny nanao izany.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Raha mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba hampiharana ireny amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina.

Taorian’ ny nitarihan’ i Jeroboama ny fanjakana ho amin’ ny fanompoan-tsampy, dia potika izy sy ny taranany. Mpanjaka nanompo sampy hafa nifandimbindimby no nanaraka azy ireo. Tamin’ ireo mpanapaka ireo, dia i Ahaba no mpanjaka izay “nanao izay tena hahatezitra an’ Andriamanitra Tompon’ ny Israely, tamin’ ireo mpanjakan’ ny Israely rehetra izay teo alohany” (Mpanjaka voalohany 16:33). Nampakatra an’ i Jezebela izy ho vadiny, nanaraka ny fomba fanompoany an’ i Bala ary nanentana ny vahoakany hanaraka azy amin’ ny fanompoana io andriamani-kafa io. Nanome teny fampitandremana ho an’ i Ahaba sy ny fanjakany i Elia mpaminany.

1. Elia mamehy ny lanitra sy tohanana ara-tsakafo amin’ ny fomba mahaga ary manangana ny zanakalahin’ ilay vehivavy mpitondratena tamin’ ny maty.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 17.

- Noho ny haratsiam-panahin’ i Ahaba sy ny vahoakany, dia toy izao no nambaran’ i Elia: “Tsy hisy ando na ranonorana akory amin’ izao taona izao, *raha tsy araka ny teniko ihany*” (Mpanjaka voalohany 17:1; nampiana ny amin’ ny sora-mandry). Nahoana no afaka milaza teny toy izany i Elia? (Azona ampitahaina amin’ i Nefia, ilay zanaka lahin’ i Helamana, izay nahazo fahefana tsy nisy valaka tamin’ izany, i Elia, raha tiana. Hita ao amin’ ny Helamana 10:4–5 ireo antony namelan’ ny Tompo hanaovana ny zavatra rehetra araka ny tenin’ i Nefia).
- Taorian’ ny nanambaran’ i Elia fa tsy hirotsaka ao amin’ ny fanjakana ny ranonorana, dia nasain’ ny Tompo nandositra izy. Inona no navalin’ i Elia izany didin’ ny Tompo izany? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:2–5). Inona no azontsika tsoahina avy amin’ ny valin-tenin’ i Elia?

Hoy ny Loholona Gordon B. Hinckley:

“Mahazo hery aho, avy amin’ ny teny tsotra natao mikasika an’ i Elia izay nampitandrina an’ i Ahaba mpanjaka ny amin’ ny haintany sy mosary ho tonga eo amin’ ny tany. Tsy noraharahian’ i Ahaba anefa izany. Ary dia nasain’ ny Tompo nandeha sy niafina teo anilan’ ny renirano Kerita i Elia, amin’ izay dia hisotro ny rano amin’ ny renirano ao izy ary homen’ ny goaika sakafo. Ary toy izao ny teny tsotra sady mahafinaritra voarakitra tao amin’ ny soratra masina: ‘Dia lasa izy ka nanao araka ny tenin’ i Jehovah.’ (Mpanjaka voalohany 17:5).

Tsy nisy ady hevitra. Tsy nisy fialana tsiny. Tsy nisy laingalainga. ‘Nandeha tamin’ izao i Elia ary nanao araka ny tenin’ ny Tompo.’ Ary dia novonjena tamin’ ny antambo mahatsiravina izay nanjo ireo izay tsy niraharaha sy niady hevitra ary nanontanitany izy” (tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1971, 159; na *Ensign*, Des. 1971, 123–24).

- Ahoana no fomba niainan’ i Elia tany an-tany foana, rehefa nanomboka ny haintany? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:4, 6). Inona ireo zavatra niainanao tamin’ ny nanohanana’ ny Tompo anao ara-panahy sy ara-batana?
- Iza no nomanin’ ny Tompo hanampy an’ i Elia rehefa ritra ny renirano tany an-tany foana? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:7–13). Inona no azon’ izany ampianarina antsika momba ny fomba anampian’ ny Tompo ireo sahirana? (Hazavao fa matetika dia amin’ ny alalan’ ny fanompoan’ ny hafa no anampian’ ny Tompo ireo sahirana). Ahoana no nahitanao ny nanampian’ ny Tompo ireo sahirana tamin’ ny alalan’ ny fanompoan’ ny hafa? Inona no azon-tsika atao anampiana ireo izay sahirana?

Hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland: “Fantatro fa afaka manao zavatra isika tsirairay, na dia heverina ho bitika aza izany zavatra atao izany. Azontsika atao ny mandoa fahafolonkarena marina sy manome fanatitra avy amin’ ny fifadiankanina ary an-tsitrapo. . . . Ary afaka mitady fomba hafa hanampiana koa isika. Ho fanaovan-tsoa sy hanampiana ny sahirana, dia afaka manokana fotoana isika raha tsy manam-bola ary manolotra fitiavana raha tsy manampotoana. Azontsika zaraina ny sakafo ananantsika ka mitoky amin’ Andriamanitra isika fa tsy ho ritra ny diloilo ao amin’ ny tavoara” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1996, 41; na *Ensign*, May 1996, 31).

- Ahoana no namalian’ ilay vehivavy mpitondratena ny fangatahan’ i Elia rano hosotroina? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:10–11. Nandeha tsy tamim-pisalasalana izy). Inona no nolazain’ ilay vehivavy mpitondratena rehefa nangataka sakafo taminy i Elia? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:11–12). Inona no nampantenanin’ i Elia azy? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:13–14). Inona no nataon’ ilay vehivavy mpitondratena nony avy eo? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:15). Inona no azontsika tsoahina amin’ ny fomba namalian’ ilay vehivavy mpitondratena?

Nilaza ny Loholona Holland fa ny fomba namalian’ ilay vehivavy mpitondratena an’ i Elia, raha nangataka sakafo taminy izy, dia “fanehoana finoana—lehibe, raha ny toe-javatra nisy no jerena, noho izay rehetra fantatro ao amin’ ny soratra masina. . . . Mety tsy ho fantany izay ho tambin’ ny finoany. . . . nalainy ho an’ i Elia aloha ny mofo keliny, tamin’ ny fahatokiany marina tokoa fa raha tsy misy mofo kely ho tavela, dia farafaharatsiny mba ho faty amin’ ny fanaovana asa fiantrana izy sy ny zanany lahy” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1996, 39; na *Ensign*, May 1996, 29).

- Nahoana araka ny hevitrao no nandidy an' ilay vehivavy mpitondratena hano-me sakafo an' i Elia Andriamanitra na dia tena kely aza no nananany? Inona no fitahiana noraisiny noho ny fankatoavany? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:16). Inona ireo zavatra izay angatahin' Andriamanitra amintsika ka mety ho sarotra? Amin' ny fomba ahoana no itahiana antsika rehefa ataontsika voalohany Andriamanitra, na dia sarotra aza ny zavatra angatahany atao?

Toy izao no nampianarin' ny Filoha Ezra Taft Benson:

“Rehefa ataontsika voalohany Andriamanitra, dia mipetraka amin' ny toerana sahaza azy ny zavatra hafa rehetra na miala amin' ny fiainantsika. Ny fitiavantsika ny Tompo no hanjaka amin' izay tiantsika, amin' izay nandaniantsika fotoana, amin' izay nofidintsika hatao, ary araka ny laharam-pahamehana ho antsika. . . .

“Hitahy antsika hanao [Azy] ho voalohany anie Andriamanitra, ka fijinjana fiadanana sy fiainana mandrakizay ombam-pahafenoam-pifalina amin' ny fiainana ho avy no ho vokatr' izany” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1988, 3, 6; na *Ensign*, Mey 1988, 4, 6).

- Inona no nataon' i Elia rehefa narary ka maty ny zanak' ilay vehivavy mpitondratena? (Jereo Mpanjaka voalohany 17:17–22). Fahefana inona no nahafahan' i Elia nitondra ilay zanak' ilay vehivavy mpitondratena tamin' ny fahavelomana? Ahoana no nitahian' ny fahefan' ny fisoronana ny fiainanao?

2. Elia manao fanamby amin' ny mpisoron' i Bala sy manokatra ny lanitra hisian' ny ranonorana.

Ampianaro ary diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 18.

- Tamin' ny taona fahatelo nisian' ny mosary, dia nodidin' ny Tompo i Elia manao hoe: “Mandehana [hiseho] amin' i Ahaba fa handatsaka ranonorana amin' ny tany Aho” (Mpanjaka voalohany 18:1). Ahoana ny fihetsik' i Ahaba rehefa nahita an' i Elia izy? (Jereo Mpanjaka voalohany 18:17), aseho fa nano-me tsiny an' i Elia noho ny mosary izy). Inona no tena nahatonga ny mosary? (Jereo Mpanjaka voalohany 18:18).
- Araka ny notakin' i Elia, dia namory an' ny Israely rehetra sy ny mpisorona sandoka 850 tany an-tendrombohitra Karmela i Ahaba (Mpanjaka voalohany 18:19–20). Rehefa tafavory ny olona hihaino ny tenin' i Elia, dia hoy izy nanontany azy ireo: “Mandra-pahoviana no hiroa saina ianareo?” (Mpanjaka voalohany 18:21). Inona araka ny hevitrao ny dikan' ny hoe miroa saina? Ahoana no ilazana fa miroa saina isika indraindray? (Jereo Matio 6:24. Aseho fa manambara ny an' izao tontolo izao ny teny hoe Mamôna).

Hoy ny Loholona Neal A. Maxwell: “Ny teny mahasarika ataon' ny mpaminany samihafa. . . no manosika antsika hifidy, hanapa-kevitra ary tsy hisalasalala. . . . Misy dikany lehibe ho antsika amin' izao fotoana izao ny hafatr' i Elia, satria ny rehetra dia tsy maintsy misafidy na ny andriamanitr' izao tontolo izao na ny Andriamanitry ny mandrakizay” (*That My Family Should Partake* [1974], 22).

Asaovy manao tatitra fohy momba ny fifanatrehana teo amin' i Elia sy ny mpisoron' i Bala ilay mpianatra voatendry mialoha (Mpanjaka voalohany 18:17–40).

- Inona no tanjon' i Elia tamin' izy nanao fanamby tamin' ny mpisoron' i Bala? (Mpanjaka voalohany 18:36–37). Ahoana no fihetsiky ny olona tamin' ny nanehoan' ny Tompo fahefana? (Jereo Mpanjaka voalohany 18:38–39). Ahoana no nitahina azy ireo tamin' ny faneken' ny Tompo sy ny fahefany? (Jereo Mpanjaka voalohany 18:45). Ahoana no ahafahantsika manaiiky tanteraka ny Tompo sy ny fahefany? (Jereo Tesaloniana voalohany 5:16–18; Almà 34:38; Môrônia 7:33–39).

3. Elia ampaherezin' ny Fanahy Masina sy asaina mitozo amin' ny asan' Andriamanitra.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Mpanjaka voalohany 19.

Tezitra noho ny fandresena azon' i Elia nifanatrika tamin' ny mpisoron' i Bala i Jezebela ka nitady ny hamono azy. Nandositra tany an-tany foana i Elia ary nikia-kiaka tamin' ny Tompo nanao hoe: “Aoka izay! Alao ny aiko ankehitriny” (Mpanjaka voalohany 19:4). Notahin' ny Tompo i Elia ka nandefasany anjely niaraka tamin' ny sakafo sy rano. Azonao aseho, raha tianao, fa na dia ireo mpaminany aza dia tratran' ny famoizam-po ka mila ny fankaherezana sy ny fitarihana izay tsy ho azo raha tsy avy amin' Andriamanitra.

- Nahoana no kivy i Elia? (Jereo Mpanjaka voalohany 19:10, 14. Na dia teo aza ny fomba namalian' ny vahoaka ny fanehoam-pahefana nampitolagaga nataon' Andriamanitra, dia nahatsapa i Elia fa izy irery ihany no Israelita izay nijanona nanompo ilay Andriamanitra marina). Inona no nataony hahazoany fiadanana? (Mpanjaka voalohany 19:4, 8. Nivavaka sy nifady hanina izy). Inona no azontsika tsoahina tamin' ny zavatra nodiavin' i Elia mba hanampy antsika, rehefa mahatsiaro kivy, ketraka ary mamoy fo isika?
- Ahoana no nankaherezan' Andriamanitra an' i Elia tao an-tendrombohitra Horeba? (Jereo Mpanjaka voalohany 19:9–13). Inona no azontsika tsoahina avy amin' izany mikasika ny fomba ifandraisan' Andriamanitra amintsika? Nahoana no eritreretintsika fa mifandray amintsika matetika kokoa amin' ny alalan' ilay feo mitsoka malemin' ny Fanahy Masina Izy noho ny amin' ny alalan' ny fanehoam-pahefana nampitolagaga sy manakoako? Ahoana no ahafahantsika mamantatra ny bitsiky ny Fanahy Masina?

Rehefa nanontany ny Filoha Hinckley ny fomba ifandraisany amin' Andriamanitra ny mpanao gazety iray, dia hoy ny navaliny: “Heveriko fa ny fomba tena tsara hanazavana ny fandehany dia ny fampitoviana izany amin' ny zavatra niainan' i Elia hita ao amin' ny boky Mpanjaka voalohany. Niteny tamin' ny Tompo i Elia, ary dia nisy rivotra, rivotra mahery, ary tsy tao anaty rivotra ny Tompo. Ary nisy horohoron-tany, ary tsy tao anaty ny horohoron-tany ny Tompo. Ary nisy afo, ary tsy tao anaty afo ny Tompo. Ary nanarakaraka ny afo nisy feo nitsoka malemy, izay lazaiko ho ny bitsiky ny Fanahy” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1996, 46; na *Ensign*, Nôv. 1996, 51).

Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson nanao hoe: “Mba maka fotoana ve ianao hihainoana ny bitsiky ny Fanahy? Ny valim-bavaka amin' ny ankapobeny dia tonga amin' ny alalan' ilay feo malefaka ary fantatsika amin' ny alalan' ny fahatsapana anaty tena lalina ananantsika. Lazaiko aminareo fa azonareo fantarina ny sitrapon' Andriamanitra momba anareo, raha mahavita maka fotoana hivavahana sy hihainona ianareo” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1977, 46; na *Ensign*, Nôv. 1977, 32).

- Ambonin' ny maha-Mpampahery Azy, dia mpampianatra koa ny Fanahy Masina (Jaona 14:26; 2 Nefia 32:5). Inona no nampianarin' ny Tompo—tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina—hataon' i Elia? (Jereo Mpanjaka voalohany 19:15–16). Ahoana no ahafahan' ny fanompoana ny Tompo manampy antsika rehefa kivy isika?
- Fomba iray nampaherezan' ny Tompo an' i Elia ny filazany taminy fa mbola nisy Israelita maro izay tsy nankasitraka ny fanompoana an' i Bala (Mpanjaka voalohany 19:18). Ahoana no ahafahan' ny fiarahana amin' ny Olomasin' ny Andro Farany hafa mahatoky mankahery antsika? Inona ireo hery anananao manodidina anao izay manampy anao hahafantatra fa tsy irery ianao? Inona no azonao atao hanampiana ny hafa rehefa mahatsiaro irery izy?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa hampaherezina isika ary hotarihina raha manao an' Andriamanitra ho voalohany ary mihaino sy manaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ao anatin' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona izany raha tianao.

Ny Fanahin' i Elia

Matetika dia miresaka momba ny Fanahin' i Elia ny Olomasin' ny Andro Farany. Ity fehezanteny ity dia milaza ny asa ataontsika dia “ny hampitodika ny fon' ny ray any amin' ny zanaka, ary ny zanaka any amin' ny ray” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:15). Anisan' io asa io ny fikarohana ny tetiarana ary ny asan' ny tempoly ho an' ny velona sy ny maty. Antsointsika ho ny Fanahin' i Elia izany, satria i Elia no nampody tamin' i Joseph Smith ny fanalahidin' ny fahefana mamehy an' ny fisoronana (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:13–16). Tamin' ny alalan' io fahefana io, dia azo tanterahina ny ôrdônansin' ny famehezana izay mampiray ny fianakaviana ho mandrakizay.

Hoy i Joseph Smith:

“Ny fanahy, fahefana ary antson' i Elia dia ny anananao fahefana hiazona ny fanalahidin' ny fanambarana, ôrdônansy, tenin' Andriamanitra, hery ary fanafiana ny fahafenoan' ny fisoronan' i Melkizedeka sy ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany; ary ny handraisana, hahazoana ary hanatanterahana ny ôrdônansy izay an' ny fanjakan' Andriamanitra, ho fanaparahana fa hahatonga ny fitodihan' ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny fon' ny zanaka amin' ny ray, na dia ireo izay any an-danitra aza. . . .

Iriko hahatakatra io zavatra io ianareo, satria zava-dehibe izany; ary raha voarainao izany, dia izany no fanahin' i Elia, izay hanavotantsika ireo havantsika efa maty, ary hampifandray antsika amin' ny razambentsika izay any an-danitra, ary hamehy ny havantsika efa maty mba ho tonga amin' ny fitsanganana amin' ny maty voalohany; ary ety dia tiantsika ny hanana ny fahefan' i Elia hamehy ireo izay monina eto an-tany amin' ireo izay monina any an-danitra. Io no fahefan' i Elia ary ny fanalahidin' ny fanjakan' i Jehovah” (*Teachings of the Prophet Joseph Smith*, nangonin' i Joseph Fielding Smith [1976], 337–38).

Tanjona Hanampy ny mpianatra hahatakatra ny fomba famindrana ny fahefana (kapôty) avy amin’ ny mpaminany iray ho an’ ny iray hafa, hanentana azy ireo hankatò ny tenin’ ny mpaminany, ary hanamafy amin’ izy ireo fa ny fahefan’ Andriamanitra no tena lehibe amin’ ny fahefana rehetra.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Mpanjaka faharoa 2:1–18. Nanomana an’ i Elia hanjary mpaminany vaovao i Elia (2:1–10). Nampiakarina ho any an-danitra i Elia. Nalain’ i Elia ny kapôtin’ i Elia ary nanjary mpaminany izy (2:11–15). Dimampolo lahy no nitady an’ i Elia nandritra ny telo andro, na dia teo aza ny torohevitr’ i Elia ny tsy tokony hanaovan’ izy ireo an’ izany (2:16–18).
 - b. Mpanjaka faharoa 5. Nanasitrana ny habokana nahazo an’ i Namana i Elia (5:1–14). Nidera an’ Andriamanitra i Namana ary nanolotra mari-pisaorana an’ i Elia, izay tsy noraisin’ i Elia (5:15–19).
 - d. Mpanjaka faharoa 6:8–18. Notarihin’ i Elia ny mpanjaka tamin’ ny ady nifanaovany tamin’ ny Syria (6:8–10). Nodidin’ ny mpanjakan’ i Syria ny miaramilany hisambotra an’ i Elia, ary nohodidin’ ny tafika ny tanànan’ i Dotana (6:11–14). Tsy natahotra i Elia ary nivavaka, ary nampiseho tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo ny Tompo, ary nataony nambena ny miaramila Syria (6:15–18).
2. Raha mampiasa fisarihana saina ianao, dia mitondrà lamba hatao kapôty.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Salory lamba ny sorokao (na manodidina ny soroky ny mpianatra iray). Hazavao fa nitafy kapôty i Elia mpaminany. Tsy fantatsika tsara ny endrik’ izany kapôty izany, kanefa dia niendrika fisalotra vita amin’ ny lamba izany. Ny famindrana ny kapôty avy amin’ i Elia nankany amin’ i Elia dia mampiseho ny famindrana ny fahefan’ ny mpaminany nankany amin’ i Elia.

Amin’ izao androntsika izao, dia indraindray resahintsika ny momba ilay “kapôtim-pahefana” izay raisin’ ny mpaminany, rehefa tendrena sy atokana izy. Na dia tsy misalotra kapôty na lamba aza ny mpaminany ankehitriny, dia natolotr’ Andriamanitra azy ny fanalahidin’ ny fisoronana. Ireo fanalahidy ireo dia manome fahefana azy hanao zavatra amin’ ny anaran’ Andriamanitra amin’ ny maha-mpitarika ny Fiangonana azy eto an-tany. Rehefa maty ny mpaminany iray, dia omena ny mpaminany vaovao io kapôtim-pahefana io.

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana azy ireny amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Elisa mandimby an' i Elia ho mpaminany

Ampianaro sy diniho miaraka ny Mpanjaka faharoa 2:1–18.

- Inona ny fifandraisana misy eo amin' i Elia sy i Elisa? (Jereo Mpanjaka faharoa 2:2–10). Nahoana araka ny hevitrao no tena tapa-kevitra ny hijanona miaraka amin' i Elia i Elisa? Inona no nataon' i Elisa taorian' ny nampiakarana an' i Elia tany an-danitra? (Jereo Mpanjaka faharoa 2:11–13. Raha tsy nampiasa ny fisarihana saina ianao, dia itodiho izany hanazavana ny kapôtin' i Elia sy ny asehon' izany).
- Iza no manana ny kapôtin' ny mpaminany ankehitriny? (Ny Filohan' ny Fiangonana am-perinasa). Ahoana no amindrana io kapôty io rehefa maty ny mpaminany?

Hoy ny fanazavana nataon' ny Filoha Fielding Smith:

“Tsy misy mystery ny fisafidianana ny mpandimby ny Filohan' ny Fiangonana. Efa hatramin' ny ela no nametrahan' ny Tompo izany, ary ny *apôstôly tranainy indrindra no lasa avy hatrany mpiandraikitra miadidy ny Fiangonana*, ary hotohan' ny filankevitry ny Roambinifololahy izy amin' izany, izay rafitra miahy ny Fiangonana, rehefa tsy misy ny Fiadidiana Voalohany. Tsy *nolanina tamin' ny latsa-bato* ny filoha fa samy *hotohan' ireo* Rahalahiny kosa ao amin' ny Filankevitry sy ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana” (*Doctrines Salvation*, nofintinin' i Bruce R. McConkie, boky 3. [1954–56], 3:156).

Toy izao no fanazavan' ny Filoha Gordon B. Hinckley ny fomba nanarahina io fandehan-javatra io, fony izy notendrena sy natokana ho mpaminany sy ho Filohan' ny Fiangonana taorian' ny nahafatesan' ny Filoha Howard W. Hunter:

“Taorian' ny nahalasan' ny Filoha Hunter, dia noravana ny Fiadidiana Voalohany. Izaho sy ny Rahalahy Monson, izay mpanolotsaina azy, dia nandray ny toeranay tao amin' ny Kôlejin' ny Roambinifololahy, izay lasa fahefana niahy ny Fiangonana.

“[Andro vitsivitsy tatỳ aoriana], dia tafavory tao anatin' ny fanahin' ny fifadiankanina sy ny vavaka tao amin' ny efitra ambony tao amin' ny tempoly ny Apôstôly velona izay voatendry. Tao izahay no nihira hira masina iray sy niaranivavaka. Nandray ny Fanasan' ny Tompo izahay, nanavao tao anatin' izany testamenta masin' ny fanekempihavanana nataonay sy ny fifandraisanay Taminy izay Andriamanitra Mpanavotra antsika, miseho amin' ny ohatra izany. Rehefa izany dia natsangana ny Fiadidiana, nanaraka ny efa napetraka tsara teo aloha tamin' ireo taranaka teo aloha [ity manaraka ity dia hazavaina ao amin' ny tenin' ny Filoha Joseph Fielding Smith voalazany tany aloha]. Tsy nisy fampielezankevitra, tsy nisy fanoherana, tsy nisy fiandrandrana toerana. Tony, nilamina, tso-tra ary masina izany. Natao araka ny môdely napetraky ny Tompo mihitsy izany” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1995, 92; na *Ensign*, Mey 1995, 69).

Azonao aseho raha tianao fa tahaka ny nataony fahizay, dia nomen' ny Mpamonjy ny Apôstôliny amin' ny andro farany tsirairay ny fanalahidin' ny

fisoronana. Na izany aza, dia ny Filohan' ny Fiangonana ihany, izay Apôstôly velona tranainy indrindra, no afaka mampiasa ireo fanalahidy ireo (na manome lalana ny hafa hampiasa izany) amin' ny anaran' ny Fiangonna manontolo (jereo Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 132:7).

- Ahoana no nasetrin' ny olona rehefa hitany i Elisa namerina ny fahagagana nataon' i Elia nanasaraka ny ranon' i Jordana? (Jereo Mpanjaka faharoa 2:14–15). Nahoana no zava-dehibe ny tonga dia hanekentsika sy hanohanantsika avy hatrany ny Filohan' ny Fiangonana vao notendrena? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 43:2–3, 7).
- Fotoana fohy taorian' ny nampiakarana an' i Elia tany an-danitra, dia naniry ny handefa lehilahy matanjaka 50 ny vahoaka hitady azy. Inona no nolazain' i Elisa ny vahoaka? (Jereo Mpanjaka faharoa 2:16. Inona no nasetrin' ny vahoaka ny valin-tenin' i Elisa? (Jereo Mpanjaka faharoa 2:17. Nitalaho tamin' i Elisa izy ireo mandra-panaikiny hamela ireo lehilahy handeha).
- Inona no nolazain' i Elisa ny vahoaka rehefa tafaverina ireo vatan-dehilahy miisa 50 tsy nahita an' i Elia? (Jereo Mpanjaka faharoa 2:18). Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny zavatra nataon' ireo lehilahy miisa 50? (Tokony hanaraka ny torohevitra ny mpaminany isika raha vao mandre izany). Maninona no miandry ny mpaminany hamerimberina ny torohevitra isika indraindray vao manaraka izany? Inona ny torohevitra nomen' ny mpitarika ny Fiangonana antsika vao haingana? Ahoana no nitahiana antsika rehefa nanaraka io torohevitra io isika?

2. Elisa manasitrana an' i Namàna tamin' ny habokana.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Mpanjaka faharoa 5.

- Iza i Namàna, ary inona ny fahoriana nahazo azy? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:1). Inona ny antony nankanesany tany amin' i Elisa? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:2–9). Inona no nolazain' ny irak' i Elisa an' i Namàna mba hataony hahasitrana azy? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:10). Nahoana no tsy nanaiky ny hanaraka ny toromarika nomen' i Elisa i Namàna tamin' ny voalohany? (Mpanjaka faharoa 5:11–12).
- Ahoana no nandresen' ny mpanompon' i Namàna lahatra azy mba hanaovany izay nolazain' i Elisa azy mba hataony? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:13). Inona no niseho taorian' ny nisitrihan' i Namàna impito tao amin' ny Reniranon' i Jordana? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:14).
- Inona no fampianarana azontsika raisina avy amin' ny tantaran' i Namàna momba ny fanarahana ny torohevitra ny mpaminany—na dia tsy tiantsika na tsy takatsika aza izany, na rehefa mety ho mikasika zavatra bitika sy tsotra? Inona ireo zavatra bitika sy tsotra nasain' ny mpaminany na ny mpitarika hafa ao amin' ny Fiangonana hataontsika? Nahoana no tena sarotra hatao ireo zavatra ireo indraindray? Ahoana no ahafahantsika mampitombo ny fahavononantsika hanaraka ny torohevitra ny mpitarika ny Fiangonana?

Toy izao ny fanontanian' ny Loholona Rex D. Pinegar: “Moa ve isika tsy tahaka an' i Namàna indraindray, mitady zavatra lehibe sy manan-danja hatao ary mandalo fotsiny ny zavatra tsotra izay afaka nanova ny fiainantsika sy nanasitrana antsika tamin' ny fahoriana nahazo antsika?” (Tao amin' ny Conference Report, Okt. 1994, 106; na *Ensign*, Nôv. 1994, 80).

Taorian' ny namerenany ny tantaran' i Namàna, dia hoy ny Loholona Gordon B. Hinckley: “Lalana tsotra ny lalan' ny filazantsara. Toa tsotra sy tsy misy ilana azy ny fisehon' ny fitakiana sasantsasany aminao. Aza ahifika izy ireny. Manetre tena ary mandehana amim-pahakatoavana. Manome toky aho fa ny vokatra hisy dia hahafinaritra ny hahazo azy ary mahafapo ny miaina azy” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1976,; na *Ensign*, Nôv. 1976, 96).

- Inona no lesona notsoahin' i Namàna tamin' ny fahasitranany? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:15). Ahoana no nanamafisan' ny fankatoavana amin' ny zavatra tsotra ny fijoroana ho vavolombelona
- Inona no niezahan' i Namàna homena an' i Elisa taorian' ny fahasitranany? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:15). Nahoana no nolavin' i Elisa ny fanomezan' i Namàna? Nahoana no zava-dehibe ny manompo tsy mikatsaka tambiny an' izao tontolo izao?

3. Elisa mitarika an' ny Israely amin' ny ady amin' i Syria.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Mpanjaka faharoa 6:8–18.

- Ahoana no nanampian' i Elisa ny mpanjakan' ny Israely tamin' ny ady nifanaovany tamin' i Syria? (Jereo Mpanjaka faharoa 6:8–10). Inona no nataon' ny mpanjakan' i Syria rehefa fantany izay nataon' i Elisa? (Jereo Mpanjaka faharoa 6:11–14).
- Ahoana no navalin' ny mpanompon' i Elisa rehefa hitany ny soavaly sy ny kalesin' ny Syriana nanodidina ny tanàna? (Jereo Mpanjaka faharoa 6:15). Inona no navalin' i Elisa? (Jereo Mpanjaka faharoa 6:16). Inona no tian' i Elisa nolazaina raha niteny tamin' ny mpanompony izy hoe: “Ireo izay miaraka amintsika dia maro no ho ireo izay miaraka amin' izy ireo”? (Mpanjaka faharoa 6:16). Ahoana no nahitanao fa mbola mitombona ny tenin' i Elisa amin' izao fotoana izao?
- Inona ny zava-mitranga amin' izao andro izao izay mety hitarika antsika hino fa tsy misy azontsika atao hanoherana ny faharatsian' izao tontolo izao? Ahoana no ahafahan' ny fahatokiana fa “ireo izay miaraka amintsika dia betsaka noho ireo izay miaraka amin' izy ireo” manampy antsika, rehefa miady manohitra ireo faharatsiana isika?

Hoy ny Loholona Dallin H. Oaks: “Rehefa namaky io tantara mahafinaritra io aho fony mbola zaza, dia naka hatrany ny toeran' ilay mpanompo tanoran' i Elisa. Hoy ny eritreritro: Raha hodidinin' ny herin' ny ratsy aho mandritra ny fanaovako ny asan' ny Tompo, dia antenaiko fa hosokafan' ny Tompo ny masoko ary homeny finoana aho hahatakarako fa rehefa eo am-panaovana ny asan' ny Tompo isika, dia ireo izay miaraka amintsika dia mahery lavitra mandrakariva noho ireo manohitra antsika” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1992, 54; na *Ensign*, Nov. 1992, 39).

- Ahoana no ahafahan' ny fahatokiana fa “ireo izay miaraka amintsika dia betsaka noho ireo izay miaraka amin' izy ireo” manampy antsika rehefa mitondra ny filazantsara amin' ny olona rehetra isika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 84:87–88).

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley: “Tsy mbola nahatondra ny filazantsara ho an' ny firenena, ny foko rehetra, ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra isika.

Kanefa efa be ny dingana vitantsika. Efa nandeha hatraiza hatraiza izay azontsika naleha isika. Andriamanitra no teo amin' ny familiana, ary nisokatra noho ny heriny araka ny sitrapony amin' ny maha-Andriamanitra Azy ny varavaranana. Ny amin' izany dia atokisako, ny amin' izany dia azoko antoka" (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1995, 93; na *Ensign*, Nov. 1995, 70–71).

- Inona ny vavaka nataon' i Elisa ho an' ny mpanompony? (Jereo Mpanjaka faharoa 6:17). Nahoana no tsy tonga dia nahita ny tendrombohitra rakotra soavaly sy kalesa afo izay nalefan' Andriamanitra ilay mpanompo? Inona no azontsika atao hampihiratra tsara kokoa ny masontsika amin' ny herin' Andriamanitra ao amin' ny fiainantsika sy ao amin' izao tontolo izao?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa mpaminanin' Andriamanitra ny Filohan' ny Fiangonana. Entano ny mpianatra hanohana ny mpitarika vaovao ao amin' ny Fiangonana ary hanaraka ny torohevitra ny mpaminany. Mijoroa ho vavolombelona fa lehibe lavitra noho izay hery mety hisy ny herin' Andriamanitra.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anaty lesona ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto

1. Ny fahagagana nataon' i Elisa

Nanatanteraka fahagagana lehibe maro i Elisa, tamin' ny fanehoana fangorahana ny olona sy fanomezana porofo mivaingana fa izy no mpandimby an' i Elia nomena lalana. Nanasaraka ny ranon' i Jordana izy, nahatsara ny ranon' i Jeriko, nampitombo ny diloilon' ilay vehivavy mpitondratena, nanangana zazalahy tamin' ny maty, nanasitrana olona izay nopoizinina, namahana olona noana, nanasitrana ny habokana nahazo an' i Namàna, nampitsikafona lela-famaky ary nitarika mpanjaka tamin' ny ady. Azonao iverenana jerena ao amin' ny Mpanjaka faharoa 2–6 ny sasany amin' ireo fahagagana ireo.

- Heverinao ve fa betsaka tahaka ny fitrangany tamin' ny andron' i Elisa ny fitrangan' ny fahagagana amin' izao fotoana izao? Inona no maha-zava-doza ny mitady fahagagana mampitolagaga fotsiny? Inona ny fahagagana heverina ho bitika mitranga ao amin' ny fiainantsika?

2. Tovovavy Israelita milaza amin' i Namàna ny momba an' i Elisa

- Ahoana no fomba nahafantaran' i Namàna ny momba an' i Elisa sy ny fahefana manasitrana ananany? (Jereo Mpanjaka faharoa 5:2–4. Tovovavy Israelita iray izay azon' ny Siria babo no nilaza tamin' ny vadin' i Namàna fa nisy mpaminany izay afaka manasitrana an' i Namàna tao Israely). Ahoana no maha-ohatra ho antsika an' io tovovavy Israelita io? (Na firy na firy taonantsika, na inona na inona toerana misy antsika, na antso ananantsika ao amin' ny Fiangonana, dia afaka manao soa maro isika amin' ny fitarihana ny olona ho any amin' ny mpaminany—sy ho any amin' ny Tompo).

“Mankanesa any an-tranon’ i Jehovah”

Lesona
30

Tantara faharoa 29–30; 32; 34

Tanjona Manainga ny mpianatra handray ny fitahiana nampanantenaina izay azo avy amin’ ny asan’ ny tempoly sy ny fandalinana ny soratra masina.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Tantara faharoa 29–30. Hezekia, mpanjakan’ i Joda, dia namoha ny varavarany ny tempoly ary nampianatra ny mpisorona sy ny Levita hanadio sy hanamasina izany hanaovana fiderana (29:1–19). Rehefa voadio ny tempoly, dia nidera sy nankalaza ny Tompo tao i Hezekia sy ny vahoakany (29:20–36). Nasain’ i Hezekia ny Israely iray manontolo hankany amin’ ny tranon’ ny Tompo tao Jerosalema (30:1–9). Nihomehy sy nanebaka ny fanasana ny sasany, fa ireo mahatokin’ ny Israely kosa dia nidera ny Tompo tao Jerosalema (30:10–27).
 - b. Tantara faharoa 32:1–23. Sankeriba, mpanjakan’ i Asyria, dia nanao fahirano an’ i Joda sy niteny ratsy ny Tompo (32:1–19). Nivavaka mba hahazo fanampiana i Isaia sy i Hezekia, ary nandringana lehilahy maro tamin’ ny tafika Asyriana ny anjelin’ ny Tompo 32:20–23).
 - d. Tantara faharoa 34. Taorian’ ny nanapahan’ ny zanaka sy ny zafikelin’ i Hezekia tamin’ ny haratsiam-panahy, dia ny zafiafin’ i Hezekia, Josia, no lasa mpanjakan’ i Joda. Noravan’ i Josia ny sarin-javatra voasikotra tao amin’ ny fanjakana ary namboarin’ ny namafisiny ny tempoly (34:1–13). Hita tao amin’ ny tempoly ny bokin’ ny lalàna ary novakina tamin’ i Josia izay nito-many raha nahafantatra ny fomba nanalaviran’ ny vahoaka ny lalàna (34:14–21). Ary nilaza ny fahatongavan’ ny loza amin’ i Joda i Holda mpaminanivavy, saingy naminany izy fa tsy hilain’ i Josia ny mijoro ho vavolombelona ny amin’ izany (34:22–28). Nanao fanekempihavanana ny mba hanompony ny Tompo i Josia sy ny vahoakany (34:29–33).
 2. Vakiteny hafa: Tantara faharoa 31; 33; Mpanjaka faharoa 18–19; 22–23; Isaia 37:10–20, 33–38.
 3. Raha misy ireto sary manaraka ireto, dia azonao ampiasaina izy ireny, raha tianao, mandritra ny lesona. Tempoly nampiasaina fahiny (62300) ary ny sarin’ ny tempolin’ ny andro farany.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana saina Azonao atao raha tianao ny mampiasa ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Hazavao fa mba hanampiana ny fiarovana an’ i Jerosalema hanoherana ny fanafihan’ ny Asyriana, dia navilin’ i Hezekia mpanjaka ho any amin’ ny farihin’ i Siloama, tao anatin’ ny mandan’ ny tanàna ny rano tamin’ ny loharanon’ i

Gihona (Tantara faharoa 32:2–4, 30). Natao izany tamin' ny fangadiana lalana [lakan-drano] namakivaky harambato teo amin' ny 540 metatra teo ho eo. Rehefa izany, dia nanome baiko i Hezekia ny hanampenana ny loharano tao ivelan' ny tanàna mba tsy hahazoan' ny Asyriana izany mora foana. Raha tsy nisy io rano tao anatin' ny mandan' ny tanàna io, dia tsy ho afaka nivelona tamin' ny fahira-no nataon' ny Asyriana ny vahoakan' i Jerosalema.

Asehoy fa tahaka ny tsy maintsy nilan' ny vahoakan' i Hezekia ny rano avy tamin' ny loharanon' i Gihona mba hivelomany ara-batana, dia ilaina ho an' ny fivelomantsika ara-panahy kosa ny rano velona mandritra ny adintsika amin' i Satana.

- Inona no atao hoe rano velona? (Jereo Jaona 4:10–14).

Nanazava ny Loholona Bruce R. McConkie fa ny rano velona dia “ny tenin' ny fiainana mandrakizay, ny hafatra amin' ny famonjena, ny fahamarinana momba an' Andriamanitra sy ny fanjakany; izany dia ny fotopampianaran' ny filazantsara” (*Doctrinal New Testament Commentary*, misy boky 3. [1966–73, 1:151]).

- Ahoana no ahafahantsika manokatra lalana mankany amin' ny Tompo mba hirotsaka ao amin' ny fiainantsika ny rano velona?

Hazavao fa fomba iray ahazoana rano velona ny fankanesana any amin' ny tempoly, ilay tranon' ny Tompo, izay hanafiana antsika hery sy fahazavan-tsaina, hampianaran' ny Tompo antsika ary hahatsapana fiadanana sy fifaliana.

Hazavao fa ny fiderana atao any amin' ny tempoly dia fiarovana lehibe ho an' ny Israelita tamin' ny fotoanandron' i Hezekia, ary mbola ho fiarovana lehibe ho antsika izany amin' izao fotoana izao.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin' ny fiainana andavandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Hezekia manome baiko ny hanadiovana ny tranon' ny Tompo.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Tantara faharoa 29–30.

- Ny rain' i Hezekia, Ahaza, dia mpanjaka ratsy fanahy izay nanota fady ny tempolin' ny Tompo ary “nandrindrana ny varavarany” (Tantara faharoa 28:24). Rehefa lasa mpanjakan' i Joda (ny Fanjakana atsimo) i Hezekia 715 taona talohan' i Kristy, dia iray tamin' ny zavatra nataony ny namoha ny varavaran' ny tempoly ary ny nanome baiko ny mpisorona sy ny Levita hanadio sy hanamasina izany (Tantara faharoa 29:3–5). Nahoana, araka ny hevitr' i Hezekia no tsy maintsy nilana ny hanamasinana ny tempoly? (Jereo Tantara faharoa 29:6–7). Amin' ny fomba inona no mety hahameloka antsika koa noho ny fanodinana ny tarehintsika tsy hijery ny fonenan' ny Tompo”? Inona no nitranga tamin' ny vahoakan' i Joda noho ny tsy firaharahiany ny momba ny tempoly? (Jereo Tantara faharoa 29:8–9).
- Inona no nokasain' i Hezekia hotratrarina tamin' ny fanadiovana ny tempoly sy ny fanomanana izany hanaovana fanompoana indray? (Jereo Tantara faharoa 29:10). Nahoana no zava-dehibe ny fitazonana ny zavatra tsy madio any

ivelan' ny tempoly? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:15–17). Inona no andraikitsika mba hahazoana antoka fa tsy misy zavatra tsy madio miditra ny tempoly? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:20–21. Tsy maintsy mahazo antoka isika fa madio rehefa mandeha any amin' ny tempoly).

- Inona no nataon' i Hezekia sy ny vahoakan' i Jerosalema rehefa voadio ny tempoly? (Jereo Tantara faharoa 29:20–21, 29–31, 36). Iza no nasain' i Hezekia hankany amin' ny tranon' ny Tompo tamin' ny fankalazana ny Paska? (Jereo Tantara faharoa 30:1, 6). Ahoana no nandraisana izany fanasana izany? (Jereo Tantara faharoa 30:10–11).
- Inona no fitahiana nolavin' ny vahoakan' ny Israely tamin' ny fandavany tsy hankany amin' ny tempoly? (Jereo Tantara faharoa 30:6–9. Hazavao fa tamin' ny fotoana nanjakan' i Hezekia, dia maro tamin' ny fanjakan' ny Israely [ny Fanjakana avaratra] no nentin' ny Asyriana ho babo. Nampanantena ny sisa tavela tamin' ny Israelita i Hezekia fa raha mitodika indray amin' ny Tompo izy ireo, dia hafahana ny babo. Na dia izany aza, dia maro tamin' ny vahoakan' ny Israely no tsy nanaiky ny fanasan' i Hezekia. Noho ny faharatsian' ny olona, dia nentina ho babo ny sisa tavela tamin' ny fanjakan' ny Israely taona maro tatỳ aoriana [Mpanjaka faharoa 18:10–12]. Ireo Israelita babo no nanjary firenena folo very).

2. Ny Asyriana manao fahirano ny fanjakan' i Joda. Isaia sy i Hezekia mivavaka hahazo fanampiana ary ny anjelin' ny Tompo nandringana lehilahy maro tamin' ny tafika Asyriana.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Tantara faharoa 32:1–23.

- Taorian' ny nitondrana ny fanjakan' ny Israely ho babo, dia nanomboka nanafika ny fanjakan' i Joda ny Asyriana (Tantara faharoa 32:1). Inona no nataon' i Hezekia rehefa hitany ny paik' adin' ny tafik' i Sankeriba hanafihana an' i Jerosalema? (Jereo Tantara faharoa 32:2–5). Rehefa nahavita ny fanomanana amin' ny ady i Hezekia, dia inona no nolazainy ny vahoakany momba ny fanafihana mitatao? (Jereo Tantara faharoa 32:6–8). Inona no azontsika ianarana avy amin' i Hezekia momba ny fifandraisana mazava eo amin' ny fitokiana amin' ny herin' ny tenantsika sy ny fitokiana amin' ny Tompo?
- Nalefan' i Sankeriba hiresaka tamin' ny vahoakan' i Jerosalema ny mpanompony. Inona no nolazain' ireo mpanompo? (Jereo Tantara faharoa 32:9–17). Nahoana izy ireo no nilaza ireo zavatra ireo? (Jereo Tantara faharoa 32:18). Amin' ny fomba ahoana no iezahan' i Satana handresy lahatra antsika fa tsy afaka na tsy hanampy antsika Andriamanitra?
- Inona no nasetrin' i Hezekia sy i Isaia mpaminany ny tenin' ny mpanompon' i Sankeriba? (Jereo Tantara faharoa 32:20; Isaia 37:14–20). Ahoana no namalian' ny Tompo ny vavaka naton' i Hezekia sy i Isaia? (Jereo Tantara faharoa 32:21–22; Isaia 37:33–38).
- Nahazo ny fiarovan' ny Tompo i Hezekia sy ny vahoakany noho izy ireo nanao ny fahamarinana izay nasehony tamin' ny fanompoana tao amin' ny tempoly. Ahoana no fiarovana ho antsika ny fankanesana any amin' ny tempoly? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:24–28). Inona no ataontsika mba hahatonga ny famendrehana sy ny fankanesana any amin' ny tempoly ho laharam-pahamehana iray eo amin' ny fiainantsika?

Toy izao ny fanentanana nataon' ny Filoha Howard W. Hunter:

“Aoka isika ho olona mankany amin' ny tempoly. Mankanesa any amin' ny tempoly matetika araka izay ahafahanareo manao izany? Manàna sarin' ny tempoly ao an-tokantranonareo mba ho hitan' ny zanakareo. Ampianaro azy ny tanjon' ny tranon' ny Tompo. Aoka izy haminavina dieny mbola kely ny handeha ho any sy hitoetra mendrika izany fitahiana izany.

“Raha tsy mamela ny fankanesana any ny fahalaviran' ny tempoly, dia angony ny tetiarana ary omano ireo anarana hanaovana ôrdônansy masina izay any amin' ny tempoly ihany no tanterahina. Io fikarohana ny fianakaviana io dia ilaina dia ilaina tokoa amin' ny asan' ny tempoly, ary ho tonga marina tokoa ny fitahiana ho an' ireo izay manao izany asa izany” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1994, 8; na *Ensign*, Nôv. 1994, 8).

3. Josia sy ny vahoakany manao fanekempihavanana hanompo ny Tompo.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Tantara faharoa 34.

Nodimbiasan' i Manase zanany lahy sy i Amôna zafikeliny i Hezekia tamin' ny maha-mpanjaka azy (Tantara faharoa 33). Nanapaka tao Joda tamin' ny fomba ratsy i Manase, nametraka vongan-tsary iankohofana tao amin' ny tempoly ary nitarika ny vahoaka hanota. Nanetry tena i Manase tamin' ny farany, na dia izany aza, ary nibebaka alohan' ny nahafatesany. Mbola nanapaka tamin' ny fomba ratsy ihany koa i Amôna zanak' i Manase, nidera ireo andriamani-kafa izay namboarin-drainy. Tsy nibebaka i Amôna, ary notapahin' ny mpanompony ny lohany. Natao mpanjakan' i Joda ny zanak' i Amôna lahy Josia tamin' ny fahavalo taonany. Lasa mpanjaka marina izay nanilika ny fomba ratsin-drainy sy ny raibeny izy.

- Karazan' olona toa inona i Josia mpanjaka? (Jereo Tantara faharoa 34:1–2; Mpanjaka faharoa 23:25. Mariho fa ilay Davida lazaina ao amin' ny Tantara faharoa 34:2 dia i Davida mpanjaka izay dadaben' i Josia, fa tsy ny rainy niteraka azy).
- Inona ny zavatra tsara nataon' i Josia raha vao nanjaka izy? (Jereo Tantara faharoa 34:3–8. Nitady ilay Andriamanitra marina izy, nandrava ny fanompoan-tsampy tao amin' ny fanjakana, ary nandefa olona nanamboatra ny tempoly. Mariho fa vao 15 na 16 taona monja i Josia raha nanomboka nanao ireo fanovana lehibe ireo).
- Inona ny zava-baovao lehibe hitan' i Hilikia ilay mpisorona avo nandritra ny fanavaozana ny tempoly? (Jereo Tantara faharoa 34:14. Hitany ny bokin' ny lalàn' ny Tompo na ny soratra masina. Mariho fa tamin' io fotoana io tao amin' ny tantaran' i Joda dia toa very ny lalàna voasoratra ary tsy fantapantatra). Ahoana no nataon' i Josia rehefa novakina taminy ny bokin' ny lalàna? (Jereo Tantara faharoa 34:19. Mariho fa fomban' ny Israely fahiny ny mandrovitra, na manatriatra ny fitafian' ny tena hanehoana ny alahelo na ny alahelo lalimpaka). Nahoana no dia nalahelo fatratra i Josia nandre ny tao anatin' ny bokin' ny lalàna? (Jereo Tantara faharoa 34:21).
- Inona no nolazain' ny mpaminanivavy Holda fa hitranga amin' i Joda noho ny tsy fitandreman' ny olona ny tenin' ny Tompo sy ny tsy fanaovana izay ampianarin' ny soratra masina? (Jereo Tantara faharoa 34:22–25). Inona no hitranga amintsika raha ataontsika ambanin-javatra ny mamaky ny soratra masina sy ny mampihatra ny fampianarana ao anatin' ny?

Toy izao no nilazalazan' ny Filoha Ezra Taft Benson ny loza amin' ny tsy firaharahiana ny iray amin' ny boky soratra masina, dia ny Bokin' i Môrmôna:

“Tamin' ny taona 1829, dia nampitandrina ny Olomasina ny Tompo fa tsy tokony hivazivaziany ny amin' ny zavatra masina (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:12). Azo antoka fa masina ny Bokin' i Môrmôna, nefa dia mbola maro no mivazivazy amin' izany, na koa mandray izany ho zavatra maivana, manao izany ho ambinkambin-javatra.

“Tamin' ny taona 1832, rehefa tafaverina avy any amin' ny saham-panompoany ireo misiônera voalohany, dia tsy nankasitrahany ny Tompo izy ireo noho ny nanamaivanany ny Bokin' i Môrmôna. Ho vokatr' izany fihetsika izany hoy izy, dia nohamaizinina ny sain' izy ireo. Tsy vitany hoe nitondra fahaverezampahazavana ho azy ireo fotsiny izany, fa nitondra ny fiangonana manontolo teo ambany fanamelohana, ary koa ny zanak' i Ziona manontolo. Ary dia hoy ny Tompo: ‘Ary hitoetra eo ambanin' io fanamelohana io izy ireo mandra-pibe-bany sy hahatsiarovany ny fanekempihavanana vaovao, dia ny Bokin' i Môrmôna’ (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:54–57). . . .

“Raha nosaziana noho ny nanamaivanany ny Bokin' i Môrmôna ny Olomasina voalohany, moa ve tsy ho eo ambany fanamelohana koa isika raha manao toy izany?” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1986, 3–4; na *Ensign*, Nôv. 1986, 4–5).

- Inona no nolazain' i Holda hitranga amin' i Josia? (Jereo Tantara faharoa 3:26, 28. Voalaza ao amin' ny Tantara faharoa 35:20–24 ny fahatanterahan' io fano-mezan-toky io). Nahoana no nanome io toky io an' i Josia ny Tompo? (Jereo Tantara faharoa 34:27).
- Taorian' ny nahitan' i Josia fa homelohina ny vahoakany noho ny tsy nanaovany araka ny fampianaran' ny soratra masina, dia nantsoiny ho any amin' ny tempoly ny olona rehetra ary novakiny taminy ny soratra masina (Tantara faharoa 34:29–30). Nahoana no nataony izany araka ny hevitrao? (Tsy afaka nanaraka ny lalàn' Andriamanitra ny olona raha tsy fantany izy ireny). Ahoana no ahafahan' ny ray aman-dreny manaraka ny ohatra nomen' i Josia sy mampianatra ny zanany ny lalàn' ny filazantsara? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25, 28).
- Ahoana no ahafahantsika mampiseho ny lanja ametrantsika ny soratra masina? Asehoy fa maro ny soratra masina misy ananantsika noho ny nananan' ireo Israelita, ary mora kokoa ho antsika ny fahazoana ny soratra masina. Inona ireo andraikitra ananantsika noho ireo fitahiana ireo?

Hoy ny Filoha Spencer Kimball: “Tsy mivazivazy amintsika ny Tompo raha nanome ireo zavatra ireo antsika, fa ‘izay nomena be, dia be no hotadiavina aminy’. (Lioka 12:48). Ny firosoana amin' ireo zavatra ireo dia midika fandraisana andraikitra amin' izy ireny. Tsy maintsy mandalina ny soratra masina isika araka ny didin' ny Tompo (jereo 3 Nefia 23:1–5); ary tsy maintsy avelantsika hitantana ny fiainantsika izy ireny” (“How Rare a Possession—the Scriptures!” *Ensign*, Sept. 1976, 5).

- Raha tao amin' ny tempoly i Josia sy ny vahoakany dia nanao fanekempihavanana tamin' ny Tompo. Inona no nifanekeny hatao? (Jereo Tantara Faharoa 34:31–33). Hazavao fa manao fifanekena masina amin' ny Tompo isika any amin' ny tempoly, ny fanatanterahana izany dia hitondra fitahiana

ho antsika eto an-tany sy any amin' ny fisandratana faratampony mandrakizay. Ahoana no ahafahantsika miomana hanao ny fanekempihavanana masina any amin' ny tempoly? Raha vantany vao mahavita ireny fanekempihavanana ireny isika, dia nahoana no zava-dehibe ny iverenantsika any amin' ny tempoly matetika araka izay azo atao?

Famaranana

Hazavao fa nanjary ratsy fanahy tsy nisy toa izany ny olona tao amin' ny fanjakan' i Joda tamin' ny farany, hany ka navelan' ny Tompo nentina ho babo izy ireo (Tantara faharoa 36:14–21). Na izany aza, nandritra ny nanjakany, dia nitady izay hankahery ny vahoaka i Hezekia sy i Josia tamin' ny fanodinana ny saina ho amin' ny tempoly sy ny soratra masina. Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa afantotsika amin' ny fankatoavana ny didin' ny Tompo sy amin' ny famendrehana hiditra ny tempoly ny saintsika, dia hotahina amin' ny hery sy fifaliana arapanahy isika. Entano ny mpianatra hankafy ny fitahian' ny tempoly amin' ny fiaina mendrika sy fankanesana any matetika araka izay azo atao.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao amin' ny lesona ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto, raha tianao.

1. “Karatra fitrosana amin' ny Tompo”

Herinandro mialohan' ny ampianarana ity lesona ity, dia miangavia mpianatra iray mba ho zatra tsara amin' ity ampahany notsongaina avy amin' ny lahateny nataon' ny Filoha Gordon B. Hinckley ity ary hivonona hizara izany amin' ny kilasy:

“Ireto tazoniko eo anoloanareo ireto dia karatra fitrosana roa. Maro aminareo no efa zatra ny karatra toy itony.

“Ny voalohany dia karatra fitrosana avy amin' ny banky. Ahafahako mividy zavatra hatao trosa izy io ary rehefa avy eo dia haloa ny zavatra novidina amin' ny fotoana iray. Zavatra manan-danja izany ary zavatra mila kajina. Raha misy mangalatra na ampiasana amin' ny fomba tsy marina, dia hiteraka fahavoazana be ho ahy izany ary angamba fahasahiranana tsy hita velively. Amin' ny fanekena izany avy amin' ny banky, dia manao fifanarahana aho ka manjary voafatotry ny andraikitra sy ny fanekena. Amin' ny fanekena ilay karatra, dia ankatoaviko ny hanaraka ny fepetra nomena ny amin' izany.

“Ho an' ny herintaona ihany no anaovana izany ary tsy maintsy havaozina isantaona raha mbola tiako ny hahazo ny tombon-tsoa omen' izany. Tsy tena ahy izy io. Ny banky no tena tompony. Raha tsy voarako ny zavatra notakina tamiko, dia azon' ny banky atao ny mampitsahatra ny fitrosana ary maka ilay karatra hiverina aminy.

“Ny karatra faharoa izay ananako dia izay ataontsika hoe ny fahazoan-dalana mankany amin' ny tempoly. Maneho karatra fitrosana amin' ny Tompo izany, ahafahako mahazo maro amin' ireo fitahiany lehibe. Mikasika ny zavatr' izao ton-tolo izao ny karatry ny banky, ny zavatr' Andriamanitra kosa ny an' ny fanomezan-dalana mankany amin' ny tempoly.

“Mba hahazoana ny fahazoan-dalana mankany amin’ ny tempoly, dia tsy maintsy nampiseho ny tokony hahavoafidy azy ny mpandray, ary izany dia mifototra amin’ ny fahamendrehany manokana. Rehefa azo izany dia tsy natao ho mandrakizay fa tsy maintsy havaozina isan-taona. Ambonin’ izany, dia mety hotsoahina izany raha manao zavatra izay mety hahatonga azy ho very zo amin’ ny fitahiana entiny ny mpihazona azy.

“Ny nahavoafidy hahazo fahazoan-dalana mankany amin’ ny tempoly dia tsy mifototra amin’ ny fananam-bola. Tsy misy na inona na inona hifandraisany amin’ izany. Mifototra amin’ ny fitondran-tena matotra, fahamendrehan’ ny fiainan’ ny tena izany. Tsy misy hidiran’ ny resa-bola amin’ izany, fa kosa ny zavatra ny mandrakizay.

“Mamoha ny varavarana hitrosana vola ny karatry ny banky. Ny fahazoan-dalana mankany amin’ ny tempoly kosa mamoha ny varavarana mankany amin’ ny tranon’ ny Tompo. Mikasika ny fidirana amin’ ny toerana masina hanaovana asa masina sy an’ Andriamanitra izany. . . .

“. . . Ity fahazoan-dalana izay ananako sy ananan’ ny maro aminareo ity dia zavatsarobidy sy tsara. Manome tombon-tsoa miavaka sy lehibe ho an’ ny voafidy izany—ilay tombon-tsoa hidirana ilay Trano izay voasoratra ny rindry manao hoe: ‘Fahamasinana ho an’ ny Tompo—ilay Tranon’ ny Tompo’. Aoka hiaina mendrika ny hanompo ao amin’ izany Trano izany. Tano ho masina izany. Ataovy ny adidinao mba hisorohana ny fitaomana na ny olona tsy madio na maloto hiditra ny tranon’ ny Tompo. Ankafizo ny hakantony. Ankafizo ny hatsaran’ ny zavatra izay tenenina ao, ny hatsarana sy ny fitahin’ ny ôrdônansy tantetrahina ao.

“Ho an’ ireo izay mbola tsy tany amin’ ny tempoly, azoko atao ny milaza fa mahazo tombon-tsoa amin’ ny fahafahana atao batisa amin’ ny anaran’ ny olona maty ianareo. Rehefa izany, dia aoka izany zava-masina niainana izany ho lasa fototry ny fiainanareo, hanampy anareo hitondra tena amin’ ny fotoana rehetra sy amin’ ny toe-javatra rehetra, ka amin’ ny fotoana ilana izany, dia azonareo ianteherana ny karatra fitrosana manokana sy voatokana amin’ ny Tompo, dia ny fanomezan-dalana mankany amin’ ny Tranony masina, mba hahazo amin’ ny fitahiana sy tombon-tsoa rehetra avy Aminy ao” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1990, 65, 69; na *Ensign*, Mey 1990, 49, 52).

2. Ny tanjon’ ny tempoly

Mitondrà sarina tempolin’ ny andro farany maro (manana endrika ara-hairafitranon samihafa, raha azo atao). Asehoy fa na dia jerena toa samihafa aza ireny tempoly ireny avy etỳ ivelany, ny ôrdônansy tanterahina sy ny fanekempihavanana atao ao anatin’ ireny tempoly ireny dia iray ihany.

Hazavao fa na dia tsy mitovy amin’ izay ataontsika ao amin’ ny tempolin’ ny andro farany aza ny fomba fanao sasantsasany tao amin’ ny tempolin’ ny Israely fahagola (ohatra, tsy manao sorona biby na mandrehitra labozia sy zava-manitra isika ao amin’ ny tempolin’ ny andro farany), ny tanjon’ ny tempoly fahagola sy ny tempolin’ ny andro farany dia iray ihany: hanomana antsika ho tonga eo anatrehan’ ny Tompo sy ho tahaka Azy.

Azonao aseho raha tianao ny “Les Anciens Temples”, ampahany avy ao amin’ ny horonantsary video *L’Ancien Testament*, maharitra sivy minitra (53224), izay milazalaza ny tabernakelin’ i Mosesy sy ny zavatra sasantsasany izay natao tao.

3. Fandalinana ny soratra masina

- Nahoana no sarotsarotra amintsika indraindray ny mandalina ny soratra masina?

Ataovy lisitra miandalana hatrany eo amin’ ny solaitrabe ny valin-tenin’ ny mpianatra. Rehefa izany dia diniho miaraka ny fomba ahafahana mamaha ireny olana ireny. Ohatra, raha tsy azontsika izay vakintsika, dia azontsika atao ny mivavaka hahazo fahazavan-tsaina sy ny mianatra izay nolazain’ ireo mpaminany sy apôstôly momba ny soratra masina izay vakintsika; raha te hatory loatra isika hamaky ny soratra masina amin’ ny alina, dia afaka isika mitady fotoana ao anatin’ ny andro hamakiana. Soraty eo an-kilany eo amin’ ny solaitrabe ireny vahaolana ireny.

Entano ny mpianatra hilofo kokoa amin’ ny fandalinany ny soratra masina.

“Sambatra izay olona mahita fahendrena”

Lesona
31

Ohabolana sy Mpitoriteny

Tanjona Hanainga ny mpianatra ho tahaka an’ i Kristy kokoa amin’ ny fampiharana ny torohevitra hendry ao amin’ ny bokin’ ny Ohabolana sy ny Mpitoriteny.

- Fanomanana**
- Ento amim-bavaka ny fandalinana ireo soratra masina fakafakaina araka ny voasoritra ao amin’ ny lesona ary ao amin’ ny bokin’ ny Ohabolana sy ny Mpitoriteny, araka izay vitanao.
 - Raha ampiasainao ny fisarihana saina voalohany, dia soraty eo amin’ ny taratasy lehibe na eo amin’ ny solaitrabe ireto fehezanteny manaraka ireto alohan’ ny fanombohan’ ny lesona:
 - Ny _____ no mialohan’ ny faharavana.
 - Zaro amin’ ny lalana tokony halehany ny _____.
 - Ny zavatra rehetra samy manana ny _____, ary samy manana ny _____ avy ny raharaha rehetra atỳ ambanin’ ny lanitra.
 - _____ an’i Jehovah amin’ ny fonao rehetra.
 - Ny _____ mora dia mampianina ny fahatezerana mafy.
 - Fa tahaka ny _____ ao am-pony ihany no toetrany.Raha ny fisarihana saina faharoa no ampiasainao, dia miangavia mpianatra iray na roa hiomana hizara andalana tiany avy ao amin’ ny Ohabolana na Mpitoriteny ary hilaza ny antony maha-zava-dehibe izany aminy.
 - Raha misy ny horonantsary video *L’Ancien Testament* (53224), dia azonao aseho ao anatin’ ny lesona, raha tianao, ny ampahany maharitra dimy minitra mitondra ny lohateny hoe “Faire Confiance au Seigneur”.
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

- Fisarihana saina** Azonao ampiasaina raha tianao ny iray amin’ ireto fampiasana ireto (na anankiray anao) hanombohana ny lesona. Fidio ny fampiasana izay hifanentana kokoa amin’ ny kilasy.
- Asaovy mijery ireo fehezanteny nosoratanao eo amin’ ilay taratasy lehibe na solaitrabe ny mpianatra (jereo “Fanomanana” eo ambony). Hazavao fa teny diso fantatra loatra ao amin’ ny bokin’ ny Ohabolana sy ny Mpitoriteny izy ireny, ary asaovy fenoin’ ny mpianatra ny banga. Raha ilaina, dia omeo ireto toko sy andininy manaraka ireto mba hitadiavan’ ny mpianatra ny soratra masina ka hahitany ny teny izay tsy fantany.
 - Ohabolana 16:18 (havonavona)
 - Ohabolana 22:6 (zaza)
 - Mpitoriteny 3:1 (fotoany, androny)
 - Ohabolana 3:5 (Matokia)

f. Ohabolana 15:1 (famaliana mora)

g. Ohabolana 23:7 (ny heviny)

2. Iangavio ny mpianatra iray na roa voatendry mialoha hizara ny andalana tiany avy ao amin' ny Ohabolana na Mpitoriteny ary hilaza ny antony maha-zava-dehibe izany aminy.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny ampiharana ireny eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina. Satria ho sarotra ny hanome ireo fanontaniana tsirairay na hahasahana ny ventin-kevitra rehetra ao anatin' ny lesona, dia ento amim-bavaka ny fifantenana ireo izay hifanaraka amin' ny tena ilain' ny mpianatra. Azonao atao raha tianao ny mampifanaraka ny fanontaniana sasany amin' ny toe-javatra hiainan' ny mpianatra.

Ny ohabolana dia fitenenana fohy izay amin' ny ankapobeny dia manome torohevitra momba ny fiainana amim-pahamarinana. Voarakitra ao amin' ny Testamenta taloha fa i Solomona dia "nanao ohabolana telo arivo" (Mpanjaka voalohany 5:12). Ao anatin' ny bokin' ny Ohabolana ny sasany amin' ireo fitenenana hendry ireo. Na dia tsy mpaminany aza i Solomona sy ireo mpanoratra hafa an' ity boky ity, dia maro tamin' ireo nosoratany no nentanin' ny Tompo. Amin' ny ankapobeny ny asa soratr' izy ireo dia ahitana taratra ny finoana fa avy amin' Andriamanitra ny fahendrena marina.

Ny bokin' ny Mpitoriteny koa dia mirakitra fitenenana hendry, ary inoan' ny olona sasany fa i Solomona no manoratra izany. Ny hafatry ny Mpitoriteny dia milaza fa tsy misy dikany ny fiainana raha tsy Andriamanitra.

Misy fizarana fito ity lesona ity izay mifantoka amin' ny lohahevi-dehibe ao amin' ny Ohabolana sy ny Mpitoriteny. Ao anatin' ny fandalinana ataonao manokana, dia mety hahita lohahevitra hafa izay tianao hodinihina miaraka ao amin' ny kilasy ianao.

1. Fahendrena

Ampianaro sy diniho miaraka ireto andalana manaraka avy ao amin' ny Ohabolana sy ny Mpitoriteny ireto:

- Manamafy ny maha-zava-dehibe ny fahendrena ny bokin' ny Ohabolana sy ny Mpitoriteny. Inona no fahasamihafana misy eo amin' ny manana fahalalana sy manana fahendrena? (Jereo Ohabolana 1:7; 9:9–10; 2 Nefia 9:28–29. Asehoy fa avy amin' ny fiteny hita amin' ny baiboly, ny matahotra ny Tompo dia midika manaja fatratra sy mankatò Azy. Hazavao fa lehibe lavitra noho ny fahalalana ny fahendrena; izany dia fampiharana marina ny fahalalana. Ho an' ny Israelita, dia nidika fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra ny fahendrena).
- Inona no azontsika tsoahina avy ao amin' ny Ohabolana 2:2–6 momba ny fomba hahazoana fahalalana? Nahoana araka ny hevitrao no mitaky faharisihana ny fahazoana io fahalalana io?
- Ahoana no anoharana ny lanjan' ny fahendrena manoloana ny lanjan' ny haren' ny tany? (Jereo Ohabolana 3:13–18; Mpitoriteny 7:12. Mariho fa ny teny izy sy *amin'ny* avy amin' ny Ohabolana 3:15–18 dia milaza ny fahendrena). Ahoana ny fomba itondran' ny fahendrena fahasambarana sy fiadanana?

- Voalaza ao amin' ny Ohabolana 3:18 fa ny fahendrena dia “hazon' aina” ho an' ireo izay manana azy. Inona no azon' io fanoharana io ampianarina antsika momba ny lanjan' ny fahendrena? (Jereo 1 Nefia 11:8–11, 21–25, marihina fa mariky ny fitiavan' Andriamanitra ny hazon' aina).
- Inona ny toetra tsaran' ny olona hendry voatanisa ao amin' ny Ohabolana 9:9–10 sy 15:31–33? Nahoana no ilaina ireo toetra ireo hahazoana fahendrena?

2. Matokia ny Tompo

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ohabolana 3:5–7.

- Inona no torohevitra omena ao amin' ny Ohabolana 3:5–7? Ahoana no itarihan' ny Tompo ny lalantsika? Inona no zavatra niainanao ka nampianatra anao hahatoky ny Tompo?
- Inona no dikan' ny hoe manaiky an' Andriamanitra? (Jereo Ohabolana 3:6; Almà 34:38; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:21). Ahoana no itahiana antsika amin' ny fanekentsika Azy?

3. Ny teny lazaintsika

Ampianaro sy diniho miaraka ireto andalana manaraka avy ao amin' ny Ohabolana ireto.

- Mitanisa zavatra fito halan' ny Tompo ny Ohabolana 6:16–19. Ny telo amin' ireo zavatra ireo—ny mandainga, ny mijoro ho vavolombelona mandainga, ary ny mamafy ady—dia hita amin' ny teny lazaintsika. Nahoana no sarotiny tokoa amin' ny teny lazaintsika ny Tompo? (Jereo Ohabolana 16:27–28; 18:8; 25:18; Matio 12:36–37). Ahoana no andresentsika ny olana momba ny mandainga, ny mifosa, na miteny zavatra ratsy momba ny hafa?
- Ny Ohabolana 16:24 dia milaza fa “ny teny mahafinaritra dia toy ny toho-tantely, mamin' ny fanahy”. Ahoana no mahamarina izany? Inona no vokatry ny teny soa? (Jereo Ohabolana 12:25; 15:1; 16:24). Ahoana no nanampian' ny teny soa nataon' ny hafa anao?
- Inona no tombon-tsoa azo avy amin' ny fitenenana mora rehefa mitranga ny fifanolanana? (Jereo Ohabolana 15:1).

Hoy ny Loholona Gordon B. Hinckley: “Mahalana no mahalatsaka anaty fisaovorovoana raha miteny mora isika. Misy anefa izany rehefa mampiaka-peo isika ka manjary miteraka fifandirana lehibe sy fisafoahana ny zavatra kely sy tsy misy dikany” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1971, 82; na *Ensign*, Jiona 1971, 72).

Mba hanamafisana ny maha-zava-dehibe ny fitenenana teny soa, dia azonao ampihiraina ny (Cantiques, n^o) ny mpianatra raha tianao.

4. Ny fiavonavonana

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ohabolana 8:13; 13:10; 16:18–19.

- Milaza ny Ohabolana 8:13 fa halan' ny Tompo ny fiavonavonana. Nahoana no lazaina fa fahotana lehibe ny fiavonavonana?

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson:

“Ny endrika tena isehoan’ ny fiavonavonana dia ny fankahalana—fankahalana an’ Andriamanitra sy fankahalana ny mpiara-belona. Ny *fankahalana* dia midika ‘fandrafesana, filana ady, na fanoherana hatrany hatrany’. Izany no fahefana irin’ i Satana hanjakana amintsika.

“Ny fiavonavonana dia manana endrika mifaninaninana amin’ ny ankapobeny. Ataontsika izay ampifanohitra ny sitrapontsika amin’ ny sitrapon’ Andriamanitra. Rehefa alefantsika any amin’ Andriamanitra ny fiavonavonantsika, ny ao an-tsaintsika dia ny hoe ‘ny sitrapoko no atao fa tsy ny Anao’. Tahaka ny nolazain’ i Paoly hoe: izy rehetra dia samy ‘mitady ny azy avy fa tsy ny an’ i Jesoa Kristy’ (Filipiana 2:21).

“Ny sitrapontsika ampifaninanina amin’ ny an’ Andriamanitra dia hamela ny faniriana, ny hetaheta ary ny filana ho tsy voafehy (jereo Almà 38:12; 3 Nefia 12:30).

“Ny mpiavonavona dia tsy afaka manaiky ny fahefan’ Andriamanitra hanome fitarihana amin’ ny fiainany (jereo Helamana 12:6). Ataony izay hahatonga ny fomba fijeriny ny fahamarinana hifanohitra amin’ ny fahalalana lehibe anan’ Andriamanitra, ny fahaizany hanohitra ny fahefan’ ny fisoronana, ny zavatra ataony hifanohitra amin’ ny asany mahery.

“Manana endrika maro ny fankahalantsika an’ Andriamanitra, toy ny fanoherana, mafy fo, henjan-katoka, tsy mibebaka amin’ ny fahotana, mieboebo, mora tezitra ary mitady famantarana. Ny mpiavonavona dia maniry ny hitovian’ Andriamanitra hevitra aminy. Tsy ilainy ny manova ny heviny hifanaraka amin’ ny an’ Andriamanitra. . . .

“Ny fiavonavonana dia fahotana mahafaty araka ny tena dikan’ izany teny izany. Mametra sy misakana ny fivoarana izy (jereo Almà 12:10–11). Sarotra ampianarina ny mpiavonavona (jereo 1 Nefia 15:3, 7–11). Tsy hiova amin’ ny heviny izy mba hanaiky ny marina, satria ny fanaovana izany dia mampiseho fa diso izy” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1989, 3–5; na *Ensign*, Mey 1989, 4, 6).

- Araka ny fampianarana ao amin’ ny Ohabolana 13:10 sy 16:18 dia mitarika fifandirana sy fahapotohana ny fiavonavonana. Amin’ ny fomba ahoana no anaovan’ ny fiavonavonana izany? Ahoana no hanimban’ ny fiavonavonana ny fianakaviansika?

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson:

“Endrika iray hafa isehoan’ ny fiavonavonana ny fifandirana. Tafiditra ao anatin’ io karazana fiavonavonana io ny fialana bala, ny ady, ny fanjakazakana, ny tsy firaisan-tsaina eo amin’ ny ray aman-dreny sy zanaka, ny fisaraham-panambadiana, fihetraketrana amin’ ny vady, ny fikomiana, ny fanakorontanana.

“Mampandositra ny Fanahy Masina ny fifandirana misy ao amin’ ny fianakavianana. Mampitsoaka matanjaka ny maro ao amin’ ny ankohonantsika koa izany. . . .

“Manimba ny fifandraisantsika amin’ ny hafa koa ny fiavonavonana eo andanin’ izany—ny fifandraisantsika amin’ Andriamanitra sy ny mpanompony, eo amin’ ny mpivady, ray aman-dreny sy zanaka” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1989, 5; na *Ensign*, Mey 1989, 6).

- Ahoana no ahazoantsika mandresy ny fiavonavonana? (Jereo Ohabolana 16:19). Inona no azontsika atao mba hahatonga antsika hanetry tena kokoa eo amin' ny fifandraisantsika amin' ny ankohonantsika sy amin' Andriamanitra?

5. Fitiava-namana

Ampianaro sy diniho miaraka ireto andalana manaraka avy ao amin' ny Ohabolana sy Mpitoriteny ireto.

- Nahoana no ampitandremana ny amin' ny naman-dratsy isika? (Jereo Ohabolana 13:20; 22:24–25).
- Inona no toetoetra ananan' ny namana tsara? (Jereo Ohabolana 17:17; 27:9). Ahoana no anampian' ny fananana namana tsara antsika amin' ny fotoan-tsarotra?
- Inona no azontsika atao hananana namana tsara? (Jereo Ohabolana 18:24). Asehoy fa mba hananantsika namana tsara dia tokony ho namana tsara isika).
- Ahoana no fihetsiky ny namana tsara rehefa manao safidy mitory tsy fahendrena isika? (Jereo Mpitoriteny 4:9–10).

Hoy ny Loholona J. Ashton:

“Hoy ny olona iray: ‘Ny namana dia olona iray vonona ny hanaiky ahy sy ny amiko.’ Amin' ny fanekena izany ho famaritana iray ho an' ilay teny, dia aoka aho hanolotra soso-kevitra avy hatrany fa latsa-danja noho ny tena namana isika raha mamela olona iray amin' ny toetra nahitantsika azy. . . .

“Tsy hisy valisoa lehibe ho tonga amintsika, rehefa manompo isika, noho ny teny vokatry ny fo manao hoe ‘Misaotra anao aho noho ny maha-namako anao’. Rehefa mahita ny lalany miverina noho ny amintsika sy miaraka amin-tsika ireo izay mila fanampiana, dia izany no fitiavana namana tena miasa. Rehefa tonga matanjaka ny malemy ary miha -matanjaka kokoa ny matanjaka eo amin' ny fiainantsika, dia misy tokoa ny fitiava-namana. Raha azo tsaraina noho ny namany ny olona iray dia azo tsaraina noho ny toe-panahy tsara ananan' ny namany koa izy.

“Eny tokoa, ny namana dia olona iray izay vonona ny hanaiky ahy noho ny amiko, nefa koa vonona sy afaka hahatonga ahy ho tsaratsara kokoa noho ny nahitany ahy” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1972, 32, 35; na *Ensign*, Jan. 1973, 41, 43).

- Ahoana no ahafantsika manamafy ny fitiava-namana eo amin' ny ankohonantsika?
- Matetika dia nantsoin' i Jesoa Kristy hoe sakaiza ny mpanara-dia Azy (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:62; 93:45). Ahoana no nanehoany fa namantsika Izy? (Jereo Jaona 15:13). Ahoana no anehoantsika fa namany isika? (Jereo Jaona 15:14). Ahoana no nahatsapanao izany fitiavany namana izany?

6. Fanabeazana ankizy

Ampianaro sy diniho miaraka ireto andalana avy ao amin' ny Ohabolana ireto.

- Hoy ny Ohabolana 22:6: “Zaro amin' ny lalana tokony halehany ny zaza”. Inona no tokony hataon' ny ray aman-dreny mba hanarahana io torohevitra

io? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28). Ahoana no ahafahantsika mampianatra tsaratsara kokoa ny fitsipiky ny filazantsara amin' ny ankizy ary manolokolo ny fijoroana vavolombelona iainany?

Hoy ny Loholona Richards G. Scott: “Tsy maintsy vonona ny hampilefitra ny fahafinaretantsika manokana sy ny fahalianantsika manokana isika mba hifotorana amin' ny fiaraha-mientan' ny mpianakavy, ary tsy hanatolaka ny andraikitra lehibe hanentana na hanampy ny ankizy hivoatra amin' ny lafimpianana rehetra amin' ny fiangonana, sekoly, na fiaraha-monina. Mila fotoana, ezaka lehibe ary fahafoizan-tena lehibe ny “hanazatra ny zaza amin' ny lalana tokony halehany’. Kanefa aiza no hahafahantsika mahita valisoa lehibe kokoa ho an' ny asa vita tsara?” (Tao amin' ny Conference Report, Apr. 1993, 43; na *Ensign*, Mey 1993, 34).

- Nahoana no ilain' ny ankizy ny fitsipika, ny fepetra ary ny fanitsiana am-pitavana? (Jereo Ohabolana 19:18; 29:17). Ahoana no tokony hasetrin' ny ankizy ny torohevitra marina avy amin' ny ray aman-dreniny? (Jereo Ohabolana 6:20–23). Ahoana ny fomba tokony hanomezan' ny ray aman-dreny ny fanitsiana? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41–44).

7. Fialifaliana sy hatsikana madio

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ohabolana 15:13 sy 17:22.

- Nahoana no zava-dehibe ny mampivelatra toetra falifaly sy fo ravoravo? (Jereo Ohabolana 15:13; 17:22).

Hoy ny Filoha Hugh B. Brown: “Ho tiako ny mahita anareo mitsikitsiky satria na inona na inona hitranga, dia tsy maintsy mitoetra miramirana isika. Heveriko fa amin' ny olona rehetra eto an-tany dia isika no tokony ho sambara indrindra. Isika no manana ny hafatra tena lehibe sy tena mahafaly eto an-tany. Heveriko fa rehefa lasa any an-koatra isika, dia hisy olona hitsena antsika amin' ny tsiky (raha tsy hoe any amin' ny toerana ratsy angaha no halehantsika ka dia olona haneso antsika no any), ka aoka isika ho faly. Kanefa aoka ny hafaliantsika ho tena izy—aoka izany ho avy ao anaty” (*The Abundant Life* [1965], 83).

- Inona no azontsika atao hanentanana ny famalifaliana mampisandratra ao amin' ny fianakaviansika? (Azonao atao, raha tianao, ny miangavy mpianatra hilaza momba ny fotoana izay nanampian' ny hatsikana ny fianakaviany namaha olana sy nampitombo ny fifankatiavana teo aminy).

Famaranana

Zarao ny fihetseham-ponao momba ny lohahevitra izay niarahanareo nodinihina. Entano ny mpianatra hahatsiaro sy hanaraka ny torohevitra ao amin' ny Ohabolana sy Mpitoriteny. Azonao atao koa, raha tianao, ny manentana azy ireo hitadidy andalana tiany avy ao amin' ny iray amin' ireo boky ireo.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Manampy izay efa voasoritra ao amin' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireo hevitra ireo.

1. Fampiasana mikasika ny Ohabolana

Soraty amin' ny sombin-taratasy samihafa ny toko sy andininy maro avy ao amin' ny bokin' ny Ohabolana ary ataovy ao anaty tsatokaty ireny. Asaovy mifandimby maka sombin-taratasy iray avy ao anaty tsatokaty ny mpianatra, ka hamaiky ny andalan-tsoratra masina voalaza ao amin' ny taratasy sy hanazava ny fomba ampiharana ilay andalana eo amin' ny fiainantsika.

2. Fampiharana soratra masina

Manaova sarina vatan' olona eo amin' ny solaitrabe. Asaovy tadiavin' ny mpianatra ireto andininy manaraka ireto ary soratany eo akaikiny ny andininy mifanaraka amin' ny faritra tsirairay amin' ny vatana. Vakio miaraka ireo andininy ary fakafakao ny fomba ampiharana azy ireny eo amin' ny fiainantsika.

- a. Ohabolana 2:2 (sofina sy fo)
- b. Ohabolana 3:5 (fo)
- d. Ohabolana 3:7 (maso)
- e. Ohabolana 3:27 (tanana)
- f. Ohabolana 4:26–27 (tongotra)
- g. Ohabolana 8:7 (vava)
- h. Ohabolana 10:4 (tanana)
- i. Ohabolana 12:15 (maso)

3. “Vehivavy tsara” (Ohabolana 31:10)

Asaovy iverenan' ny mpianatra jerena ny Ohabolana 31:10–31 ary soratany ny toetran' ny vehivavy tsara. Asehoy fa toetra tsara izay tokony hiezahantsika, lehilahy sy vehivavy, hampivelarina ireny. Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe, raha tianao, ny valin-tenin' ny mpianatra. Mety ho anisan' ny valin-teny ireto manaraka ireto:

Andininy	Toetra
11	Azo itokisana
13	Mazoto miasa
20	Manana fangorahana
25	Feno hery sy voninahitra
26	Miteny amim-pahendrena sy fahalemem-panahy
28	Vady sy reny mendri-piderana
30	Mankatò ny Tompo

Manasà mpianatra vitsivitsy hilazalaza momba ny olom-pantany izay manana ireo toetra ireo.

Tanjona

Hanampy ny mpianatra hitombo hery mba hiatrehana fahoriana amin’ ny fitokisana amin’ ny Tompo, fanorenana ny tenivavolombelony Aminy ary fitanana ny fahitsian’ ny tena manokana.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto.
 - a. Joba 1–2. Joba, lehilahy marina sy mahatoky, nandalo fitsapana mafy. Nitoetra mahatoky tamin’ ny Tompo izy na teo aza ny namoizany ny fananany, ny zanany ary ny fahasalamany.
 - b. Joba 13:13–16; 19:23–27. Joba nahazo hery tamin’ ny fitokiany ny Tompo sy ny tenivavolombelony momba Azy.
 - d. Joba 27:2–6. Joba nahazo hery tamin’ ny fahamarinany sy fahitsiany manokana.
 - e. Joba 42:10–17. Taorian’ ny niaretan’ i Joba ny fitsapana nahazo azy tamimpahatokiana, dia nitahy azy ny Tompo.
2. Vakiteny hafa: Toko hafa ao amin’ i Joba; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 121:1–10

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona****Fisarihana saina**

Azonao ampasaina, raha tianao, ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Zarao amin’ ny kilasy ity fifanahafana manaraka ity (na miangavia mpianatra iray hiomana mba hizara izany):

Indray mandeha ny Loholona Joseph B. Wirthlin dia nitantara momba ny mpamboly tao amin’ ny tany foana mafana tao avaratr’ i Mexico, izay “namboly karazana voamadinika sy tsaramaso izay matanjaka sy mahatanty haintany tsy dia fahita loatra. Velona sy maniry tsara ireo karazany ireo amin’ ny toetr’ andro ratsy izay ho nampalazo sy mahafaty ny zava-maniry hafa. Ny iray tamin’ ireo zava-maniry ireo dia ny tsaramaso fotsy fihinana ny voany. Hitsimoka ny voany ary hitombo ilay zava-maniry na dia tena kely aza ny orana milatsaka. Milentika hatrany amin’ ny 180 sentimetatra anatin’ ny tany vatovatoana sy fasiana ny fakany mba hahita hamandoana ilainy. Afaka mamony sy mitondra voa izany any amin’ ny tany foana mahatratra 46°C ny mari-pana, izay tsy misy orana afa-tsy indray mandeha isan-taona. Mitoetra maitso mahavariana ny raviny, miaraka amin’ ny fanondrahana kely, na dia ao anatin’ ny hafanana be aza.”

- Inona no azontsika tsoahina avy amin’ io fifanahafana io izay afaka manampy antsika hiaritra fahoriana?

Toy izao no soso-kevitra nomen' ny Loholona Wirthlin: "Angamba afaka maka tahaka ny ohatra omen' ireo zava-maniry matanjaka sy mahatanty ny mafy ireo ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana. Tokony halentitsika lalina any anatin' ny tanin' ny filazantsara ny fakantsika. Tokony hitombo isika, hamelana, hamony ary hitondra voa tsara be dia be na dia eo aza ny ratsy, ny fakam-panahy, na fitsikerana izay mety hatrehintsika. Tokony hianatra hizaka ny hafanan' ny fahoriana isika" (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 7; na *Ensign*, Mey 1989, 7).

Hazavao fa momba an' i Joba ity lesona ity, lehilahy izay nanampy azy hiaritra fahoriana mafy ny finoany sy ny fahamarinany.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin' ny fiainanana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Joba zahàna toetra mafy dia mafy.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Joba 1–2.

- Karazana lehilahy toa inona i Joba? Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe, raha tianao, ireto toetoetra manaraka ireto. Maro amin' ireo ny toko sy andininy mifanaraka amin' izany tsy ao amin' ny vakiteny omena, ka noho izany dia azonao iangaviana ny mpianatra tsirairay hizaha izany ary hilaza izay toetoetra voalaza ao.
 - a. Lehilahy tsara izay natahotra an' Andriamanitra sy nifady ny ratsy izy (Joba 1:1).
 - b. Nanan-karena izy kanefa tsy nanindrahindra ny harena (Joba 1:3; 21).
 - d. Nanao ny hitsiny izy (Joba 2:3).
 - e. Nankahery ny osa izy (Joba 4:3–4).
 - f. Nizotra tamin' ny lalan' ny Tompo izy ary noraketiny mihoatra noho ny faniriany ny tenin' ny Tompo (Joba 23:10–12).
 - g. Nangoraka ny mpitondratena, ny ory, ny mandringa ary ny jamba izy (Joba 29:12–16).
 - h. Nisahirana ho an' ny fahavalony izy ary namela heloka azy (Joba 31:29–30).
- Inona ireo fitsapana nandalovan' i Joba? Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe, raha tianao, ny sasany amin' ireo fitsapana ireo. Maro amin' ireo ny toko sy andininy mifanaraka amin' izany tsy ao amin' ny vakiteny omena, ka noho izany dia azonao iangaviana ny mpianatra tsirairay hizaha izany ary hilaza izay fitsapana voalaza ao.
 - a. Famoizana mpanompo, fananana ary harena (Joba 1:13–17).
 - b. Famoizana zanaka (Joba 1:18–19).
 - d. Aretina sy fanaintainana ara-nofo (Joba 2:7; 7:5; 16:16).
 - e. Fatoriana tsy mampandry mandry feno nofy ratsy (Joba 7:4; 13–14).
 - f. Fanamelohana mahatsiravina sy famoizana ny fanohanana' ny tapaka sy namama (Joba 2:9; 4:1, 7–8; 11:1–6; 19:13–22).
 - g. Fahamenarana hanontany ny antony nangatahina azy hisedra ireo fitsapana ireo (Joba 10:15).
 - h. Fanesoan' ireo izay nifaly tamin' ny fahavoazany (Joba 16:10–11; 30:1, 8–10).

- i. Ny fahatsapana fa nohadinoan' Andriamanitra izy na tsy nohenoiny (Joba 19:6–8; 23:3–4; mariho fa ny teny hoe *Azy* ao amin' ny Joba 23:3–4 dia milaza an' Andriamanitra).
- Ahoana no anoharana ny fitsapana nahazo an' i Joba amin' ny fitsapana mahazo ny olona amin' izao fotoana izao? (Sahala ihany ny fitsapana: famoizana fananana, famoizana zanaka, famoizana fahasalamana ary fahamoizana ny fitiavana sy ny fiarahana amin' ny namana sy tapaka).
- Inona no nolazain' i Satana fa antony nahatonga ny fahamarinan' i Joba? (Jereo Joba 1:9–10). Ahoana no naminanian' i Satana ny ho fihetsik' i Joba, rehefa nesorina taminy ny haren'ny sy ny fitahiana hafa azony? (Jereo Joba 1:11; 2:4–5). Ahoana no fihetsik' i Joba rehefa nitranga izany? (Jereo Joba 1:20–22; 2:10). Inona no azontsika tsoahina avy amin' ireo fihetsika ireo?
- Na teo aza ny fahoriana nahazo azy, dia “tsy nanota, na nanome tsiny an' Andriamanitra” i Joba (Joba 1:22). Ahoana ny fomba anomezan' ny olona tsiny an' Andriamanitra rehefa ianjadian' alahelo, fahavoazana ary loza mahatsiravina izy? (Mety manameloka an' Andriamanitra izy na velom-panontanianana amin' ny fahendreny na ny fitantanany, mihevitra fa tsy fantany na tsy tiany izy. Ny sasany aza dia velom-panontanianana mihitsy amin' ny fisiany).

2. Joba mahazo hery ao amin' ny Tompo.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Joba 13:13–16; 19:23–27.

- Loharanon-kery ara-panahy ny fitokian' i Joba tamin' ny Tompo (Joba 13:13–16). Inona no atao hoe mitoky amin' ny Tompo? Ahoana no ahafahantsika mampivelatra ny fitokiana amin' ny Tompo izay manohana antsika mandritra ny fitsapana? (Jereo Romana 8:28; 2 Nefia 2:2, 11, 24; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 58:2–4; 122:5–9). Mijoroa ho vavolombelona fa noho ny fitiavan' ny Tompo antsika, dia nomeny toky isika fa raha mbola mahatoky isika, dia hatao ho antsika ny zava-drehetra ary hanampy antsika hivoatra.
- Ao amin' ny toko 19, dia nilazalaza ireo fitsapana tonga taminy i Joba, nony avy eo dia mijoro ho vavolombelona ny amin' ny Mpamonjy. Ahoana no nanampian' ny tenivavolombelon' i Joba momba ny Mpamonjy azy hiharitra ny fitsapana nanjo azy? (Jereo Joba 19:25–27). Ahoana no ahafahan' ny tenivavolombelona ny amin' ny Mpamonjy manome antsika hery mandritra ny fahoriana?

Azonao ampihiraina ny mpianatra, raha tianao, ny “Je sais qu' il vit mon Redempteur” (*Cantiques*, n° 73), na azonao alefa io hira io.

3. Joba mahazo hery ao amin' ny fahamarinany sy ny fahitsiany manokana.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Joba 27:2–6.

- Ny fahitsian' i Joba dia anisan' ny loharanon-kery ara-panahy nandritra ny fijaliana nahazo azy (Joba 27:2–6). Inona no atao hoe fahitsiana? Ahoana no nankaherezan' ny fahitsiana manokana nananan' i Joba azy nandritra ny fitsapana nanjo azy? Ahoana no ahafahan' ny fahitsiana manokana manampy antsika mandritra ny fotoam-pitsapana? (Rehefa mitana ny fahitsiantsika isika, dia afaka mahazo hery avy amin' ny fahafantarana fa mahafaly ny Tompo ny fizotran' ny fiainantsika).

Toy izao no namaritan' ny Loholona Joseph B. Wirthlin ny *fahitsiana*: “ny fahitsiana dia ny fanaovana ny marina sy ny tsara mandrakariva, tsy mijery ny vokany eo no ho eo. Midika ny fanaovana ny marina tena avy ao anatin' ny fanahintsika izany, fa tsy amin' ny ataontsika fotsiny, fa indrindra indrindra tena manan-danja ny ao an-tsaintsika sy ny ao am-pontsika. Ny fahitsiana manokana dia mitaky fahamendreham-pitokisana sy tsy fahalovana, ka tsy ho vitantsika ny mivadika amin' ny toky na ny fanekena nataontsika” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1990, 38; na *Ensign*, Mey 1990, 30).

4. Taorian' ny niaretan' i Joba ny fitsapana nanjo azy, dia nitahy azy ny Tompo.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Joba 42:10–17.

- Taorian' ny niaretan' i Joba ny fitsapana nanjo azy tamim-pahatokiana, ahoana no nitahian' ny Tompo azy? (Jereo Joba 42:10–15; Jakoba 5:11). Ahoana no itahian' ny Tompo antsika rehefa miharitra ny fitsapana amim-pahatokiana isika? (Jereo Joba 23:10; 3 Nefia 15:9. Entano ny mpianatra hizara zava-niainana azy manokana. Azonao aseho, raha tianao, fa na dia notahin' ny Tompo “avo roa heny noho ny nananany teo aloha” aza i Joba, ny fitahiana ara-panahy omen' ny Tompo antsika, rehefa miharitra amim-pahatokiana isika, dia mbola lehibe lavitra noho ny fitahiana ara-nofo)

Hoy ny Loholona Orson F. Whitney: “Tsy misy fanaintainana niharetantsika, na fitsapana nodiavintsika ka ho very maina. Miasa ho an' ny fanabeazana antsika izany, ho an' ny fivelaran' ny toetra toy ny faharetana, finoana, herintsaina ary fanetren-tena. Izay rehetra ijaliantsika sy izay rehetra iaretantsika, indrindra indrindra rehefa miharitra izany amim-paharetana isika, dia mamolavola ny toetrantsika, manadio ny fontsika, mampivelatra ny maha-izy antsika ary mahatonga antsika tsara fanahy kokoa sy antra olona, mendrika kokoa ny hantsoina zanak' Andriamanitra. . . ary avy amin' ny alalan' ny alahelo sy fijaliana, asa mafy sy fahoriana, izay ahazoantsika fanabeazana izay ny hahazoana izany no mahatonga antsika etỳ sy hahatonga antsika ho tahaka ny Ray sy Renintsika any an-danitra” (notantaraina tao amin' ny Spencer W. Kimball, *Faith Precedes the Miracle*, 98).

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith: “Tahaka ny vato lehibe, maraorao mikodia-dia avy eny an-tendrombohitra mijoalajoala aho; ary ny hany manalama ahy dia ny fialan' ny faritra mivohitra avy amin' ny fikasohany amin' ny zavatra hafa, . . . mipoaka atsy sy mipoaka erỳ. Izany no nahalasa ahy ho zana-tsipika malama sy voalambolambo teny an-tanan' Ilay Tsitoha” (Teachings of the Prophet Joseph Smith, nofantenan' i Joseph Fielding Smith [1976], 304).

Famaranana

Fintino ny famakafana nataonareo momba ny bokin' i Joba, ka hamafiso fa afaka mahazo hery isika hiharetana ny fitsapana manjo antsika amin' ny fitokiana ny Tompo, ny fanorenana ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba Azy ary ny fitanana ny fahitsiansika, mba hahafahantsika mahafantatra fa mahafaly Azy ny fiainantsika. Azonao resahina ny kilasy, raha tianao, ny momba ny fotoana iray nahazoanao hery nandritra ny fahoriana. Ilazao ny mpianatra mba hibanjina ny fomba ahafahany mampihatra ny fitsipika nodinina tao amin' ity lesona ity mba hanampy azy hiaritra fahoriana.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Manampy izay efa voasoritra ao anatin' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona ny iray na mihoatra amin' ireny hevitra ireny, raha tianao.

1. Ny sakaizan' i Joba

- Ahoana no nanazavan' i Elifaza sy i Baldida, anankiroa amin' ireo sakaizan' i Joba, ny fijaliana niaretany? (Jereo Joba 4:7–8; 8:6. Noheveriny fa sazy avy amin' Andriamanitra ny fijalaina nahazo an' i Joba, noho ny fahotana vitany). Inona no maha-zava-doza ny finoana fa sazin' Andriamanitra noho ny fahotantsika no mahatonga ny fijaliana rehetra?
- Ahoana no ahafahan' ny fahadisoan' ny sakaizan' i Joba mampianatra antsika momba ny fanampiana ny olona izay mijalily?

2. Ny fanontaniana mitranga mandritra ny fahoriana

Hoy ny Loholona Richards G. Scott: “Rehefa matrika fahoriana ianao, dia mety ho velom-panontaniana maro. Ny sasany mitondra tanjona mahaso; ny hafa kosa tsy izany. Manontany hoe: Nahoana no mitranga amiko izany? Nahoana no tsy maintsy mianjady amiko izany izao? Fa inona no nataoko ka nahatonga izany? Dia tsy hitondra anao na aiza na aiza. Tsy tsara mihitsy ny manao fanontaniana izay mitory fanoherana ny sitrapon' Andriamanitra. Aleo manontany hoe: Inona no tokony hataoko? Inona no tokony hosintoniko avy amin' io zavatra nodiavina io? Inona no tokony hovaiko? Iza no tokony hampiako? Ahoana no ahafahako mitadidy ireo fitahiana maro azoko tamin' ny fotoam-pitsapana?” (Tao amin' ny Conference Report , Okt. 1995, 18; na *Ensign*, Nôv. 1995, 17).

3. Fibanjinana ny mandrakizay mandritra ny fahoriana

Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball:

“Raha raisintsika ho ny fiainana iray manontolo ny fiainana an-tany, dia ho loza aman' antambo noho izany ny fijaliana, ny alahelo, ny tsy fahombiazana ary ny fiainana fohy. Kanefa raha raisintsika ho zavatra mandrakizay ny fiainana, mihi-tatra lavitra any amin' ny fiainana lasa talohan' izao sy ny hoavy mandrakizay aorian' ny fahafatesana, dia mety homena lanjany manokana ny zavatra rehetra nitranga.

“. . . Moa tsy mivelatra eo anoloantsika ve ny fakampanahy hisedrana ny herintsika, ny aretintsika izay mety hahafahantsika mianatra faharetana, fahafatesana izay mety hahatonga antsika tsy ho mety maty sy feno voninahitra?

“Raha sitrana avokoa ny marary rehetra ivavahantsika, raha voaro avokoa ny mpanao ny marina rehetra ary fongana ny mpanao ratsy, dia ho foana avokoa ny lamin' asan' ny Ray ary hifarana ny fitsipika fototry ny filazantsara, ny safidy. Tsy ho nilain' ny olona ny miaina amim-pinoana” (*Faith Precedes the Miracle* [1975], 97).

4. Tsy maharitra ny fahombiazan' ny ratsy fanahy

- Matetika dia toa hambinina ny ratsy fanahy raha mijaly kosa ny manao ny marina. Inona no ampianarin' ny bokin' i Joba momba ny toa fahombiazan' ny ratsy fanahy? (Jereo Joba 21; 24).

Ny fizarana ny filazantsara amin' izao tontolo izao

Lesona
33

Jona 1–4; Mika 2; 4–7

Tanjona Hanentana ny mpianatra hanatontosa ny andraikiny amin' ny maha-Israelin' ny andro farany azy mba ho tia ny olona rehetra eto an-tany sy hizara ny fitahian' ny filazantsara amin' izy ireo.

Fanomanana Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:

- Jona 1–2. Niantso an' i Jona ny Tompo hitory ny fibebahana amin' ny mponin' i Ninive. Niezaka ny hitsoaka ny Tompo ka nitaingina sambo i Jona ary dia natelin' ny hazandrano lehibe. Nivavaka izy ary dia novonjena avy ao an-kibon' ilay hazandrano.
- Jona 3–4. Naminany ny faharavan' i Ninive i Jona ary tezitra raha nibebaka ny mponina tao ka tsy nandrava ny tanànan' i Ninive ny Tompo (Ny fandikana ny Jona 3:9–10 nataon' i Joseph Smith dia manazava fa ny vahoaka no nibebaka fa tsy Andriamanitra). Nampiasa tanatanamanga sy fositra ny Tompo hampianarana an' i Jona ny tokony hananany fitiavana ny olona rehetra.
- Mika 2:12–13; 4:1–7, 11–13; 5:2–4, 7–8; 6: 6–8; 7:18–20. Naminany ny asa nanirahana ny Israely amin' ny andro farany i Mika.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

- Firy amin' ny tovolahy ato amin' ny Fiangonana no tian' ny Tompo hanao asa fitoriana amin' ny fotoana maharitra? (Ny tovolahy rehetra mendrika sy afaka manao izany). Nahoana no zava-dehibe ho an' ny zatovolahy tsirairay ny manoina io antso io? Izy koa no azo fidina hanao asa fitoriana amin' ny fotoana maharitra? (Ny anabavy tsy manambady 21 taona na lehibebe noho izay na ny mpivady efa lehibe (efa misotro ronono), raha mamela azy ireo hanao izany ny zava-misy).

Tamin' ny taona 1979, dia nilaza ny ilàna misiônera maro izay afaka hitory ny filazantsara ho an' ny olona rehetra manerana izao tontolo izao ny Filoha Spencer W. Kimball. Hoy ny fanambarana nataony: “Inoako fa afaka manao zavatra izay nosaintsaininy hatao ny Tompo. Kanefa tsy hitako izay antony ho nanokafan' ny Tompo ny varavarana raha toa ka tsy vonona isika ny hiditra” (“The Uttermost Parts of the Earth”, *Ensign*, Jolay 1979, 9).

Hanadihady ny fomba ahafahan' ny fiainana sy ny rakitsoratr' i Jona sy Mika hanampy antsika hahatakatra ny andraikitsika mba ho tia ny olon-drehetra sy hizara ny fitahian' ny filazantsara amin' izy ireo ity lesona ity.

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zava-niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Jona antsoina hitory ao Ninive nefa mitsoaka.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Jona 1–2.

- Nahoana no nasain' ny Tompo ho any Ninive i Jona? (Jereo Jona 1:2). Nahoana no nihivingivina handray ny antso hanao asa fitoriana tao Ninive i Jona? (Jereo Nahoma 3:1–5, izay misy ny fanoritsoritana ny faharatsiana sy ny herisetra tao Ninive. Ny mponina tao Ninive, renivohitr' i Assyria, dia fahavalon' ny Israely).
- Nahoana no nandeha tany Tarsisa i Jona? (Jereo Jona 1:3). Amin' ny fomba inona indraindray no iezahantsika handosirana ny tavan' ny Tompo na ny antso nomena antsika tamin' ny alalan' ny solontenany? Inona no vokaty ny ezaka toy izany?
- Ahoana no nanehoan' ny Tompo famindram-po ka nanampiany an' i Jona hibebaka? (Jereo Jona 1:4–2:10). Inona no lesona notsoahin' i Jona raha tao anatin' ny kibon' ilay hazandrano lehibe izy? (Jereo Jona 2:1–9). Ahoana no anampian' ny Tompo antsika hibebaka ary hiverina amin' ny lalany?
- Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany, dia nilaza ny momba ny “famantarana ny amin' i Jona” (Matio 12:39) ny Mpamonjy. Inona no dikan' io famantarana io? (Jereo Matio 12:39–41. Nandalo telo andro sy telo alina tao ankibon' ny hazandrano lehibe i Jona ary nony avy dia mbola novelomina indray. Nandalo telo andro sy telo alina nilevina tao anatin' ny tany ny Mpamonjy ary nony avy eo dia nitsangana tamin' ny maty).
- Tamin' ny alalan' ny mpaminaniny, dia namerimberina nandidy ny tovolahy mendrika sy afaka hanompo ny Tompo mba hanao asa fitoriana amin' ny fotoana maharitra. Nanentana ireo mpivady lehibe koa Izy hanompo amin' ny maha-misiõnera amin' ny fotoana maharitra, raha toa ka afaka hanao izany. (Jereo ny fanampin-kevitra enti-mpianatra). Inona ireo antony sasany mahatonga ny tovolahy na mpivady lehibe mifidy ny tsy hanao asa fitoriana? (Tsy manana fandavan-tena sy finoana, tsy fahamendrehana, tsy fahavononana handao ny hafinaretan' ny tokantrano sy ny fianakaviana, tahotra ny mety angatahina aminy). Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny tantaran' i Jona ka afaka hanampy antsika hazoto kokoa amin' ny fanarahana ny Tompo sy fizarana ny filazantsara?

2. Ny vahoakan' i Ninive manohina ny antson' i Jona ary mibebaka.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Jona 3–4.

- Taorian' ny nibebahan' i Jona, dia nantsoin' ny Tompo indray izy hitory ny fibebahana tamin' ny vahoakan' i Ninive. Ahoana no nasetrin' ny vahoakan' i Ninive ny hafatra nentin' i Jona? (Jereo Jona 3:5–9. Tamin' ny andro fahagola, dia nitafy lamba mafy be ny olona, izay atao hoe lamba gony, ary nipetraka tao anaty lavenona mba hampisehoana fa nanetry tena sy nibebaka izy). Ahoana no namalian' ny Tompo ny fiovan' ny vahoaka? (Jereo Jona 3:10).

- Efa naminany ny fahavoazan' i Ninive i Jona (Jona .3:4). Ahoana no navalin' i Jona rehefa namela ny vahoakan' i Ninive ny Tompo? (Jereo Jona 4:1–3. Tezitra izy satria namindra fo tamin' ny olona ny Tompo).
- Ahoana no nampianaran' ny Tompo an' i Jona tamin' ny fanirin' ilay tanatana-manga izay nanome aloka sy fahafinaretana ary maty nony avy eo? (Jereo Jona 4:4–11. Tian' Andriamanitra avokoa ny zanany. Tahaka ny nanehoany famindram-po tamin' i Jona no naniriany haneho famindram-po ho an' ny vahoakan' i Ninive nibebaka). Inona no azon' ny zavatra nodiavin' i Jona ampianarina antsika momba ny fitiavana ny olona hafa?

3. Mika maminany ny amin' ny asa fitoriana amin' ny Israelin' ny andro farany.

Ampianaro sy diniho miaraka ireto andalana avy ao amin' ny Mika ireto.

Niantso ny vahoakan' ny Israely hibebaka amin' ny faharatsiany sy hiverina amin' ny Tompo i Mika mpaminany. Naminany ny amin' ny faharavan' i Jakoba (Israely) sy i Joda izy. Naminany koa izy fa ny Israelin' ny andro farany (Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany) dia hanatanteraka ireo tanjon' ny Tompo amin' ny hery lehibe.

- Inona no fampanantenana nomen' ny Tompo ao amin' ny Mika 2:12–13? (Nampanantena Izy fa hanangona ny sisa tavela amin' ny Israely, ka hihamaro tokoa izy ireo, ary dia hotarihiny izy ireo). Ahoana no ahatanterahan' ireny fampanantenana ireny ankehitriny?
- Voarakitra ao amin' ny Mika 4:1–7 ny sasany amin' ny faminiana lehibe momba ny andro farany. Inona no faminanian' i Mika momba ny tempolin' ny andro farany? (Jereo andininy 1–2). Inona no faminiany momba ny Arivotaona? (Jereo andininy 3–7). Nahoana no zava-dehibe ho antsika ireo faminiana ireo?
- Inona no azontsika tsoahina avy ao amin' ny Mika 4:11–13 momba ny fiafaran' ny Israely amin' ny andro farany? (Tamin' ny fahagola, dia matetika nampiasaina hivelezana voa ny omby. Hanitsakitsaka ny voa izy ireo, mba hanasarakana ny akofa amin' ny voa. Nisidina ny akofa ary voavotra ny voa. Ho tafahangona toy ny amboara ary hovelezin' ny Israely ireo firenena izay manohitra an' i Ziona). Ahoana no mety hanoharana ny andraikitry ny Israely amin' ny andro farany amin' ity fisarahan' ny akofa amin' ny voa ity mba hanaovana asa fitoriana manerana izao tontolo izao? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:7; 33:5–7).
- Momba an' iza no naminanian' i Mika ao amin' ny Mika 5:2–4? (Ampitahao amin' ny firaketana momba ny fahatanterahany ao amin' ny Matio 2:4–6 io faminiana io).
- Ampitahaina amin' ny inona ny vahoakan' ny Tompo ao amin' ny Mika 5:6? Ahoana no ahafahana mampitaha ny sarin' ny ando na ranonorana eny amin' ny ahitra amin' ny ataon' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana amin' ny olona eto amin' izao tontolo izao? Inona araka ny hevitrao no tian' i Mika ambara raha nilaza izy fa tsy hiandry ny “zanak' olombelona” ireo ranonorana ireo? (Tahaka ny tsy ahafahan' ny olona misakana ny fiforonan' ny ando na ny firotsahan' ny ranonorana no tsy hisiana zavatra afaka misakana ny asan' ny Tompo tsy handroso manerana izao tontolo izao).

- Ampitahaina amin' ny inona ny vahoakan' Andriamanitra ao amin' ny Mika 5:7? Inona no hevitra haroson' io sary io momba ny hery sy ny tanjaky ny asan' ny Tompo? (Tahaka ny andian' ondry tsy manan-kery hisakana liona tanora no tsy hisiana hery afaka hisakantsakana ny asan' ny Tompo).

Toy izao no nambaran' i Joseph Smith mpaminany tamin' ny taona 1842: “Tsy misy tanana tsy voatokana afaka hisakana ny fandrosoan' ny asan' ny Tompo; hamely mafy ny fanenjehana, hiray tetika ny vahoaka romotra, hitambatra ny tafika, hanala baraka ny fanosoram-potaka, kanefa handroso amin-kery, amim-boninahitra ary tsy miankina ny fahamarinan' Andriamanitra, mandra-pidirany eran' ny kaontinanta rehetra, hamangiany ny havoana rehetra, handalovany ny tany rehetra ary hanakoany ao amin' ny sofina rehetra, mandra-pahatanterahan' ny tanjon' Andriamanitra, ka hilazan' Ilay Jehovah Lehibe fa vita ny asa (History of the Church, 4:540).

- Ahoana no ahafahan' ny Mika 6:6–8 manampy antsika rehefa mahatsiaro toto-try ny rehetra izay andrasana amintsika isika?
- Taorian' ny faminania ny asan' ny Tompo amin' ny andro farany, inona no hevitr' i Mika farany momba ny toetoetran' Andriamanitra? (Jereo Mika 7:18–20). Fehezanteny inona amin' ireo andininy ireo no azo nampiharina tamin' ny zavatra nataon' ny Tompo tamin' ny vahoakan' i Ninive? Iza amin' ireo fehezanteny ireo no azo ampiharina amin' ny fifandraisan' ny Tompo amintsika?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa tian' ny Tompo isika sy ny zanany rehetra, amin' ny maha-Israely amin' ny andro farany antsika, dia manana andraikitra lehibe hizara ny fitiavany sy ireo fahamarinan' ny filazantsara amin' ny olona rehetra. Ilangavio ny mpianatra hizara izay nianarany avy ao amin' ny Jona sy Mika.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Manampy izay efa voasoritra ao amin' ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireny hevitra ireny.

1. Ny tovolahy mendrika sy afaka manao dia tokony hiomana hanao asa fitoriana

Diniho miaraka ity tenin' ny filoha Spencer W. Kimball manaraka ity:

“Rehefa mangataka misiônera maro kokoa aho, dia tsy olona tsy manana fijoroana ho vavolombelona na misiônera tsy mendrika no angatahiko fa ny anombonantsika dieny mialoha sy anofanantsika tsara kokoa ny misiônera any amin' ny sampana tsirairay sy paroasy tsirairay ary tsatôka tsirairay eran' izao tontolo izao. Iza koa no fanamby iray hafa—dia ny hahatakarany ny tovolahy fa tombon-tsoa lehibe ny fandehanana manao asa fitoriana ary tsy maintsy tomady ara-batana, matanjaka ara-tsaina, vonona ara-panahy, ary koa tsy hijery ny ota amin' ny famelana faran' izay bitika ny Tompo. . . .

“Matetika mitranga ny fanontaniana manao hoe: Tokony hanatontosa asa fitoriana ve ny tovolahy rehetra? Ary ny Tompo no nanome ny valiny, dia ny ‘Eny’. Tokony hanatanteraka asa fitoriana ny tovolahy rehetra” (When the World Will Be Converted”, *Ensign*, Okt. 1974, 7–8).

2. Ny ilàna mpivady misiônera

Diniho miaraka ity tenin' ny Loholona David B. Haight ity:

“Amin' ny anaran' ny Rahalahy, antso ho an' ny mpivady efa misotro ronono izy ity mba hiheverany amin' ny fomba matotra ny fanompoana amin' ny asa fitoriana. Ilaintsika mafy ny mpivady hanampy hanefa ny filantsika. . . . Latsaky ny 50 isan-jaton' ny fangatahana mpivady misiônera avy amin' ny filohan' ny misiona [antsika] no tanteraka. . . .

“Manantena ny Rahalahy fa maro, maro dia maro ny mpivady tokony ho afaka hanao asa fanompoana ho an' ny Fiangonana. Lehibe ny filana! Aman' arivorivony ny mpikambana vaovao tafiditra ao amin' ny Fiangonana isan-taona, ary ilain' izy ireny ny mandre feo manohana sy mankahery feno tambitamby avy amin' ny mpikambana manana traikefa.

“Ny fiverenan-kira manao hoe: ‘J' irai où tu veux que je sois, Seigneur’ (Cantiques, n° 174), dia tokony ho lehibe lavitra noho ny hira hiraintsika ny Alahady. Tokony ho vavaka ombam-pinoana ataontsika izany rehefa manompo any amin' ny toerana rehetra ilan' ny Tompo antsika isika” (“Couple Missionaires: ‘A Wonderful Resource,’ ” *Ensign*, Feb. 1996, 7, 12).

“Hofohoiko ho vadiko amin’ ny fahamarinana ianao”

Hosea 1–3; 11; 13–14

Tanjona

Hanampy ny mpianatra hahatakatra fa ny Tompo dia tia sy mamindra fo ary hamela heloka antsika rehefa mibebaka sy miverina Aminy isika.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Hosea 1–3. Tamin’ ny fampiasana ny fanoharana ny amin’ ilay lehilahy mahatoky iray sy ilay vadiny manitsakitsaka azy, dia nanoritsoritra ny fifandraisana misy eo amin’ ny Tompo sy ny Israely i Hosea.
 - b. Hosea 11:13–14. Noho ny fitiavany ny olony, dia nanohy nanasa ny Israely hibe-baka sy hiverina Aminy ny Tompo.
2. Vakiteny hafa: Ny sisa tavela amin’ ny Hosea.
3. Raha mampiasa ny fisarihana saina ianao, dia soraty amin’ ny taratasy kely samihafa ny tsirairay amin’ ireto fehezanteny manaraka ireto alohan’ ny kilasy. Raha vitsy ny mpianatrao, dia taratasy kely iray isaky ny mpianatra ihany omamina.

“Ho betsaka toy ny fasika amin’ ny ranomasina ny zanak’ Israely” (Hosea 2:1)
 “Hampidiniko amin’ izy ireo tahaka ny fampidina rano ny fahatezerako”
 (Hosea 5:10)
 “Ny Tompo. . .dia ho avy amintsika toy ny ranonorana mivatravatra” (Hosea 6:3)
 “Ho avy toy ny voromahery Izy” (Hosea 8:1)
 “Voaloboka misandrahaka Israely” (Hosea 10:1)
 “Nitrebona toy ny zava-mangidy eny am-bavasa eny an-tsaha ny rariny”
 (Hosea 10:4)
 “Izy ireo dia ho. . .toy ny setroka avy amin’ ny varavarana makarakara”
 (Hosea 13:3)
 “Hamely azy ireo toy ny famelin’ ny bera very anaka aho” (Hosea 13:8)
 “Tahaka ny hazo kypreso maitso Aho” (Hosea 14:9)

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana saina

Azonao ampiasaina, raha tianao ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Zarao ny taratasy nomaninao ho an’ ny mpianatra (jereo “Fanomanana” eo ambony). Hazavao fa ny tsirairay amin’ ny fanoharana dia avy ao amin’ ny bokin’ ny Hosea. Asaovy mamaky mafy ny fehezanteny sy manome soso-kevitra anankiray amin’ izay mety ho dikan’ ny fanoharana ny mpianatra tsirairay izay nahazo taratasy. Ohatra, ny filazana fa ny olona dia “tahaka ny liona” dia mampiseho hery sy hasiahana.

- Nahoana araka ny hevitrao no nampiasa fanoharana i Hosea sy ny mpaminany hafa? (Ny fampitahana hevi-dalina sy tsy mahazatra amin' ny anankiray izay tsotsotra kokoa na mahazatra kokoa dia mahatonga izany ho takatry ny olona izay ampianarina kokoa. Manampy ihany koa hanome antsipirihany betsaka amin' ny teny vitsy ny fanoharana).

Hazavao fa ho fanampin' ireny fampitahana madinidinika ireny, dia nampiasa fampitahana sarotra ihany koa i Hosea, izay atao hoe ohatra na fanoharana (*ny fanoharana* dia ny teny ampiasaina ao amin' ny soratra masina). Misy fampitahana marobe hanampy antsika hahatakatra ny fifandraisana misy eo amin' i Jesoa Kristy sy ny olony ao amin' ny bokin' i Hosea.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina

1. Tamin' ny fampiasana ny fanoharana ny amin' ilay lehilahy mahatoky iray sy ny vadiny manitsakitsaka azy, dia nanoritsoritra ny fifandraisana nisy teo amin' ny Tompo sy ny Israely i Hosea.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Hosea 1–3. Raha tsy nampiasa ny fisarihana saina ianao, dia hazavao inona no atao hoe fanoharana alohan' ny hanombohana ny fanadihadiana.

Ny iray amin' ny fanoharana fampiasa matetika ao amin' ny soratra masina dia milaza ny Tompo ho toy ny mpampakatra (na lehilahy mampaka-bady) ary ny vahoakan' ny fanekempihavanany ho ilay ampakarina (na vehivavy alaina vady). Mampiasa amin-kery io fanoharana io ny Hosea 1–3, tamin' ny fampitahana ny fanompoan' ny Israely andriamani-kafa amin' ny fijangajangana. Ao amin' ireo toko ireo, dia maneho ny Tompo ho ny mpampakatra i Hosea mpaminany, ary i Gomera maneho an' ny Israely, ilay ampakarina.

- Ao amin' ny bokin' i Hosea, dia oharina amin' ny fifandraisana eo amin' ny mpivady ny fifandraisan' ny Tompo amin' ny Israely (sy ny fiangonana amin' izao fotoana izao). Inona no ampianarin' io fampitahana io antsika manoloana ny halehiben' ny fanoloran-tena sy ny fandavan-tena andrasan' ny Tompo avy amintsika?
- Amin' ny inona no itovian' ny Israely fahagola amin' i Gomera, izay nosoritana ho “vehivavy janga”? (Jereo Hosea 1:2–3; 2:5, 13. Nilaozan' i Gomera nan-kany amin' ireo sakaizany ny vadiny; nanadino ny Tompo i Israely ary nanjary ratsy fanahy).
- Iza na inona no sakaizan' i Israely—ireo zavatra izay nahatonga ny olona hiodina amin' ny Tompo? (andriamani-kafa, zavatra ara-nofa ary ny fanaon' izao tontolo izao). Inona no zavatra mety hampivily antsika amin' ny nanolorantsika tena hanaraka ny Mpamonjy?
- Iza no noheverin' ilay vehivavy janga mamatsy ny sakafony sy ny fitafiany? (Jereo Hosea 2:5). Iza no nohasoasoan' Israely ny amin' ny tany mahavokatra izay nivelomany? (Jereo Hosea 2:5, 12; ny andriamani-kafany sy ny sampiny). Ahoana no anomezan' ny olona amin' izao fotoana izao lanja ny andriamani-kafa noho ny fitahiana azony?

- Ahoana no nampahatsiahivan-dralehilahy ny vadiny fa tsy ireo sakaizany no nanome azy sakafo, rano ary fananana hafa? (Jereo Hosea 2:8–9). Amin’ ny fomba inona no namatsian’ ny Tompo anao tamin’ ny fitahiana ara-nofo sy ara-panahy? Ahoana no ahafahantsika maneho ny fankasitrahantsika ny Tompo noho ireo fitahiana omeny antsika?
- Inona no fihetsika nasehon’ ilay lehilahy tamin’ ny vadiny nanitsakitsaka azy ao amin’ ny Hosea 2:6–13? Nahoana no hafa io fihetsika io ao amin’ ny andini-ny 14–23? (Asehoy fa na dia nanitsakitsaka azy aza ny vadiny dia mbola tian’ ilay lehilahy ihany ary tiany hiverina aminy. Tahaka izany koa, dia mbola tian’ ny Tompo ihany ny olony izay nandao Azy ary tiany hiverina Aminy indray).
Toy izao ny fanazavan’ ny Loholona Henry B. Eyring: “Tantaram-pitiavana izy ity. Tantaram-pifamatoran’ny mpivady nampiraisin’ ny fitiavana, fitiavana mafy orina. Ny Tompo, izay fitahiana ho ahy ny nanao fanekempihavanana Taminy, dia tia ahy sy ianao, . . . miaraka amin’ ny fahamatorana izay mampitolagaga ahy hatrany ary izay tiako amin’ ny foko manontolo hotahafina” (*Covenants and Sacrifice* [lahateny navoaka tamin’ ny Fikaonandoha nokarakarain’ ny Fiangonana momba ny rafi-panabeazana, ny 15 Aog. 1995], 2).
- Inona no nampanantenain’ ilay lehilahy ny vadiny raha mipody aminy izy? (Jereo Hosea 2:19). Inona no ampanantenain’ ny Tompo ny olony raha mibebaka sy miverina Aminy izy ireo? (Jereo Hosea 2:20, 23). Nahoana no zavadehibe io fampanantenana io?
- Ao amin’ ny Hosea 3:1–2, dia novidin’ ilay lehilahy tamin’ ny sakaizam-badiny ilay vadiny (azonao hazavaina, raha tianao, fa tamin’ ny fombafomba nisy tao amin’ ny Testamenta taloha, dia noheverina ho toy ny fananana matetika ny vehivavy ka azo vidina sy amidy). Inona no notakin’ ilay lehilahy tamin’ ny vadiny rehefa avy novidiny izy? (Jereo Hosea 3:3). Inona no nampanantenainy azy? Amin’ ny fomba ahoana no iheverana fa “voavidin’ i Jesoa Kristy ny tsirairay amintsika? (Jereo Petera 1:18–19). Inona no takin’ ny Tompo amintsika ho setrin’ izany?

2. Noho ny fitiavany ny olony, dia manohy manasa an’ny Israely hibebaka sy hiverina Aminy ny Tompo.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Hosea 11; 13–14.

Ao anatin’ ny bokin’ i Hosea, dia nanameloka ny Israelita ny Tompo noho ny fahotan’ izy ireo. Taorian’ ny nanoritsoritan’ ny Tompo, tamin’ ny alalan’ i Hosea, ny fitondrana ho babo sy ny fandranganana izay hisy noho ny haratsiampanahin’ ny Israely, dia nanasa indray ny olony hibebaka sy hiverina Aminy ny Tompo.

- Fanoharana anankiray hafa matetika fampiasa amin’ ny soratra masina hoentimilaza ny fifandraisan’ ny Tompo sy ny olony ny fifandraisan’ ny biby sy ny tompony. Ampiasaina fohy ao amin’ ny Hosea 11:4 io fanoharana io. Inona no azontsika tsoahina momba ny fiheveran’ ny Tompo ny olony ao amin’ io fanoharana io? (Jereo koa Hosea 11:7–9. Mariho fa ny fandikan’ i Joseph Smith io andininy faha-8 io dia milaza fa ny fon’ ny Tompo no nitodika tamin’ ny Israely fa tsy ny azy akory.
- Imbetsaka no nampahatsiahy an’ny Israely ny fomba nanafahana ny razambeny tamin’ ny fitondrana ho babo tany Ejipta ny Tompo (Hosea 11:1; 12:9, 13;

13:4–5). Inona no maha-fanoharana io toe-javatra io? (Jereo Hosea 13:14. Rehefa nanafaka ny zanak' Israely tamin' ny fanandevozana tany Egipta ny Tompo, dia nanafaka azy ireo—sy ny olona rehetra izay manatona Azy—tamin' ny ota sy ny fahafatesana Izy).

- Inona no nilain' ny Israelita hatao mba hiverenany amin' ny Tompo sy hahazoany fanafahana? (Jereo Hosea 12:6; 14:2–3. Nilainy ny nibebaka tamin' ny fahotany sy ny hamoy ny andriamani-kafa izay notompoiny). Inona no nampanantenain' ny Tompo hatao raha nibebaka izy ireo? (Jereo Hosea 14:4–7). Inona no nampanantenain' ny Tompo fa hataony raha mibebaka amin' ny otantsika isika?
- Ahoana no anampian' ny fanoharana ao amin' ny bokin' ny Hosea anao hahatakatra ny fomba iheveran' ny Mpamonjy ny momba anao?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa atokana ho an' ireo izay manaja ny didiny ny fitahian' ny Tompo, dia tsy miovaova ary miitatra amin' ny olona rehetra ny fitiavany. Na dia mihodina Aminy aza isika noho ny ota, ny Tompo dia tia antsika ary mila antsika hibebaka sy hiverina Aminy. Entano ny mpianatra hitoetra ho mahatoky amin' ny Tompo.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ao amin' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao amin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. “Fa famindram-po no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-dra” (Hosea 6:6)

Toy izao no nolazain' ny Tompo an'ny Israely ao amin' ny Hosea 6:6: “Fa famindram-po no sitrako fa tsy fanatitra alatsa-dra; ary ny fahalalana an' Andriamanitra noho ny fanatitra dorana”. Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany, dia indroa no nilaza io andininy io ny Tompo ho valin'ny fitsikerana avy amin' ny Fariseo (Matio 9:13; 12:7). Aorian' ny fijerena ny votoatin' ireo toko sy andininy roa ireo (Matio 9:10–13; 12:1–8), dia diniho miaraka ny tian' io andininy io ambara.

2. “Ianao no naharingana anao, ry Israely ô” (Hosea 13:9)

Nandritra ny asa fanompoan' i Hosea, dia notafihin' ny Asyriana ny fanjakana avaratra (an' ny Israely), izay ho nandrigana ny fanjakana tamin' ny farany ary nitondra ny vahoaka ho babo. Raha araka ny fiheverana, dia ny Asyriana no tompon' andraikitra tamin' ny fandranganana ny Israely. Kanefa hoy ny Tompo: “Ianao no naharingana anao, ry Israely ô” (Hosea 13:9).

- Inona no ilazana fa Israely ihany no nandringana ny tenany? Inona no hany mba fanantenan' ny Israely ho fanavotana azy taorian' ny nandringanana ny fireneny? (Jereo Hosea 13:9–10; 14:1). Ahoana no ahafahan' ny fanarahana an' i Jesoa Kristy hiaro antsika amin' ny fandranganana ara-nofo sy ara-panahy?

3. Fibebahana

Raha misy, dia azonao alefa ny “Le repentir”: Il n' est jamais trop tard”, ampahany ao amin' ny *Cassette d' accompagnement de la soirée familiale* (56736 140) maharitra 6 minitra.

“Andriamanitra milaza ny heviny amin’ ny mpaminaniny”

Amosa 3; 7–9, Joela 2–3

Tanjona Hampianatra ny mpianatra fa amin’ ny andro farany, dia manambara ny heviny amin’ ny mpaminaniny sy handrotsaka ny Fanahiny amin’ ny olon-drehetra ny Tompo.

- Fanomana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Amosa 3:6–7. Nampianatra i Amosa fa milaza ny heviny amin’ ny mpaminaniny mpanompony ny Tompo.
 - b. Amosa 7:10–17; 8:11–13; 9:8–15. Nantsoin’ Andriamanitra ho mpaminany i Amosa (7:10–15). Naminany ny hitondrana ho babo sy ny hamelezana ny Israely izy (7:16–17; 9:8–10). Naminany izy fa hisy faniriana handre ny tenin’ ny Tompo (8:11–13). Naminany izy fa amin’ ny andro farany dia hatao vahoaka lehibe sy miroborobo ny Israely (2:15–32; 3:18–17)
 - d. Joela 2; 3:16–17. Naminany ny amin’ ny ady sy ny loza aman’ antambo amin’ ny andro farany i Joela (2:1–11). Niantso ny olona hibebaka izy (2:12–14; ny fandikan-teny nataon’ i Joseph Smith tamin’ny andininy 13 sy 14 dia manazava fa ny olona no tokony hibebaka). Naminany i Joela fa hitahy ny olony sy handrotsaka ny Fanahiny aminy ny Tompo amin’ ny andro farany (2:15–32; 3:16–17).
 2. Vakiteny hafa: Joseph Smith—Histoire 1:41; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 1:14–28, 37–38.
 3. Raha ampiasainao ny fisarihana saina faharoa, dia azonao ampiarahana amin’ ny mozika ilay hira. Azonao asaina koa ny mpianatra iray hizara fohy ny torohevitra farany avy amin’ ny mpaminany.
 4. Raha azo atao, dia ataovy izay ahazoana ny sarin’ ny mpaminany velona.
-

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana saina Azonao ampiasaina ny iray amin’ ireto fampiasana manaraka ireto (na anankiray anao) hanombohana ny lesona. Fidio izay fampiasana tena mifanentana amin’ ny kilasinao.

1. Zrao amin’ny mpianatra ity tantara manaraka ity:

Fony aho vady sy reny mbola tanora, dia nandalo roa taona tao amin’ ny tafika an’ habakabaka ny vadiko. Tao amin’ ny trano fonenana natokana ho an’ ny fianakavian’ ny mpiasan’ ny tafika izahay no nipetraka, tao Long Island, New York. Rehefa miaraka amin’ ny zanakay aho dia matetika no mitsidika ireo mpifanolo-bodorindrina izay avy any amin’ ny tany hafa. Indray andro raha tafaresaka momba ny finoanay izaho sy ny mpifanolo-bodirindrina iray, dia

nanjary liana hahafantatra momba ny mahahafa ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany izy.

“Notantaraiko azy fohifohy ny momba ny famerenana amin' ny laoniny, ary nohazavaiko fa manana mpaminany velona ny Fiangonan' i Jesoa Kristy tafaverina amin' ny laoniny ankehitriny. Toa tena nanitikitika azy tokoa izany, ary te hahalala izay nolazain' ny mpaminany izy. Rehefa nanomboka nitantara taminy ny momba ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny fanambarana môderina aho, dia hoy izy: “Inona anefa no nolazainy farany?” Notantaraiko azy ny momba ny fihaonambem-piangonana sy ny amin' ny fananan' ny Fiangonana gazetiboky mivoaka isam-bolana misy hafatra avy amin' ny mpaminany. Rehefa izany, dia vao mainka izy liana. Sadaikadaikatra tokoa aho noho ny tsy namakiako ny hafatra farany. Nofaranany ny resakay tamin' ny filazana manao hoe: “Izany hoe manana mpaminany velona ianareo nefa tsy fantatrao akory izay nolazainy?” ” (Janette Hales Beckhman, ‘Sustaining the Living Prophets’, *Ensign*, Mey 1996, 84).

- Raha misy olona manontany anao izay vao nolazain' ny mpaminany velona, moa afaka manome valiny ny fanontaniana ve ianao?

Hazavao fa manamafy ny maha-zava-dehibe ny fihainoana sy ny fanarahana ny mpaminany velona ity lesona ity.

2. Iangavio ny mpianatra hihira ny “Seigneur, merci pour le prophète” (Cantiques, n° 10). Hazavao fa zava-dehibe ho antsika ny fandalinana ny torohevitra ny mpaminantsika velona. Asao ny mpianatra hizara torohevitra izay vao nomeny farany. Na asao ny mpianatra voatendry mialoha hamerina hijery vetivety ny torohevitra avy amin' ny mpaminany, izay vao tsy ela no nomeny.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

I Amosa dia mpiandry ondry tao Tekoa, tanàna kely iray ao atsimon' i Jerosalema. Tao amin' ny vahoaka tao amin' ny fanjakan' ny Israely no nanaovany ny asa fanompoany, teo amin' ny 800–750 taona teo ho eo talohan' i Jesoa Kristy. Tao anatin' ny apôstazia ny maro tamin' ireo vahoaka ireo. Tiany ny harena ary nampahoriany ny mahantra, nihamafy fo tokoa izy ireo, ka na dia ny mosary sy ny areti-mandrigana aza dia tsy nampilefitra azy. Rehefa novakin' i Amosa betroka taminy ny fahotany, dia naminany famaizana faran' izay mafy izy. Kanefa mbola nohamafisiny fa mbola vonona ny hanadio izay hibebaka Andriamanitra, tamin' ny fanentanana manao hoe: “Mitadiava an' i Jehovah dia ho velona hianareo” (Amosa 5:6). Mbola naminany momba ny andro farany koa i Amosa.

Nanao asa fanompoana tao amin' ny vahoakan' ny fanjakan' i Joda i Joela mpaminany. Tsy dia fantatsika mazava tsara ny fotoana nahavelomany, kanefa dia manana lanja manokana amintsika ny faminiana nataony, satria nikasika ny andro farany ny ankamaroan' izy ireny. Nampiasa sary manaitra misy valala manaikitra i Joela hanehoana ny faharavana izay mety hoentiny ny tafika sy ny famalian' Andriamanitra amin' ny andro farany. Mbola naminany koa fitahiana

lehibe amin' ny andro farany i Joela, manambara fa handatsaka ny Fanahiny amin' ny nofo rehetra ny Tompo" (Joela 3:1).

1. Nampianatra i Amosa fa milaza ny heviny amin' ny mpaminany mpampony ny Tompo.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Amosa 3:6–7.

- Ahoana no handrenesantsika ny tenin' ny Tompo amin' izao androntsika izao? Inona no nampianarin' i Amosa mpaminany momba ny maha-zava-dehibe ny mpaminany? (Jereo Amosa 3:7). Inona ireo teny roa niova ao amin' ny fandikan-teny nataon' i Joseph Smith ao amin' ny Amosa 3:6–7? Ahoana no nanazavan' ireo fanovana ireo ny tian' ilay andalana lazaina? Asehoy fa ohatra iray amin' ny hevitra ny Tompo nampahafantarina ny mpaminany, ho amin'ny tombon-tsoantsika, ny fandikan-teny nataon' i Joseph Smith.
- Inona no ampianarin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:37–38 momba ny fanajana izay tokony hananantsika ny amin' ny hafatry ny mpaminany? (Asehoy ny sarin' ny mpaminany velona). Araka ny voarakitra ao amin' ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:4–5, inona ny torohevitra sy didy nomen' ny Tompo ny Olomasina tamin' ny andro nananganana ny Fiangonana? Inona ny fitahiana nampanantenainy raha hataon' ny Olomasina izany? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:6). Ahoana ny nahitanao ny fahatanterahan' io fampanantenana io teo amin' ny fiainanao, rehefa nankatò ny torohevitra ny mpaminany ianao?

2. Amosa manambara ny amin' ny Israely fahagola sy amin' ny andro farany.

Ampianaro sy diniho ny Amosa 7:10–17; 8:11–13; 9:8–15.

- Nahoana no nangataka an' i Amosa hiala ny tany i Amazia, mpisorona tao amin' ny fanjakan' ny Israely? (Jereo Amosa 7:10–17. Naminany i Amosa fa hisy zava-dratsy ho tonga amin' ny vahoaka sy ny mpanjakany. Tsy te hihaino ny marina momba ny fanao ratsiny i Amazia sy ny vahoakany). Inona no zava-tra ampahafantarina antsika momba an' i Amosa mpaminany ao amin' ny andininy 14 ka hatramin' ny 17? (Nanana fahitsiana sy fahasahiana izy. Tsy hanova izay nasain' ny Tompo holazainy izy fa kosa nanohy naminany fa ho tonga amin' ny vahoaka ny zava-dratsy raha toa ka tsy mibebaka izy ireo).
- Tamin' ny fotoana rehetra, nahoana no maro be ny olona nitsipaka na tsy nahafantatra ny hafatry ny mpaminany? Inona no naminanian' i Amosa fa hitranga raha mitsipaka ny torohevitra ny mpaminany ny Israely? (Jereo Amosa 8:1–13. Mosary ara-panahy, na apôstazia no hitranga). Inona kosa no hitranga amintsika manokana raha tsipahintsika ny torohevitra ireo mpaminany?

Tanteraka teo amin' ny taranaky ny Israely ny mosary ara-panahy taorian' ny fotoanandron' i Malakia, ilay mpaminany farany tao amin' ny Testamenta taloha. Afaka 400 taona tany ho any no nifarana io vanim-potoana io, rehefa nantsoina hanomana ny lalan' i Jesoa Kristy i Jaona mpanao batisa. Mikasika ny Apôstazia lehibe, ireo taonjaton' ny fahamaizinana ara-panahy izay nanaraka ny fahafatesan' ny Apôstôlin' ny Mpamonjy sy nifarana tamin' ny famerenana tamin' ny laoniny ny filazantsara tamin' ny alalan' i Joseph Smith mpaminany, ny faminanian' i Amosa.

- Amin' ny fomba ahoana no ahafahana mampitaha ny tsy fisian' ny tenin' ny Tompo amin' ny mosary? Inona no porofo hitanao fa mirenireny "hatraiza hatraiza" ny olona amin' izao fotoana izao hikatsaka ny tenin' ny Tompo? Ahoana no ahafahana mampitaha ny fananana ny fitahian' ny filazantsara miverina amin' ny laoniny amin' ny fihinanam-be?
- Inona no hafatra fampanantenana mamarana ny bokin' i Amosa? (Jereo Amosa 9: 8–15. Tsy ho ringana tanteraka ny taranak' Israely, haparitaka amin' ny firenena rehetra, ary amin' ny farany dia hampodiana ho vahoaka matanjaka sy miroborobo. Mariho fa ao amin' ny faran' ny andininy 9, dia hazavain' ny Tompo tsara fa mitsimbina ny olona tsirairay ao amin' ny mpianakavin' ny Israely Izy).

3. Joela maminany ny amin' ny hitahian' Andriamanitra ny olony amin' ny andro farany sy ny handrotsahany ny Fanahiny aminy.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Joela 2; 3:16–17.

Nilazalaza ny zavatra hisy sasany amin' ny andro farany izay hialoha ny Fiaviana faharoa i Joela mpaminany. Nohazavainy ny fahatongavan' ny tafika lehibe iray izay hahatonga faharavana lehibe noho ny haratsian' ny olona (Joela 2:1–11). Niantso an'ny Israely hibe-baka sy hitodika amin' ny Tompo izy ary nampanantena fa ho ao afovoan' izy ireo Andriamanitra, ary nilazalaza ny fandresena sy fanavotana an'ny Israely amin' ny farany (Joela 2:12–32).

- Soraty eny amin' ny solaitrabe ny Joela 2:12–32 sy ny Joela 3:16–17. Iangavio ny mpianatra hiverina hijery ireo andalana ireo ka hitady ny valin' ity fanontaniana manaraka ity: Inona ireo fanasana nomen' ny Tompo ireo miaina amin' ny andro farany?
- Soraty eny amin' ny solaitrabe ny teny hoe *Fanasana*. Rehefa milaza ireo fehezanteny ny mpianatra, dia soraty eny amin' ny solaitrabe ny teny fanalahidy isaky ny fanasana. Entano ny mpianatra hanisy marika ireo fehezanteny ireo ao amin' ny bokiny soratra masina. Ireto manaraka ireto dia fanasana izay mety ho voalaza:

Fanasana

- a. "Miverena Amiko amin' ny fonareo rehetra" (Joela 2::12).
 - b. "Triatriaro ny fonareo" (Joela 2:13, midika hoe torotoroy ny fonareo na manetre tena).
 - d. Miverena amin' i Jehovah Andriamanitrareo" (Joela 2:13).
 - e. "Manamasina fiangonana" (Joela 2:16).
 - f. "Aza matahotra, ry tany fambolena; miravoravoa sy mifalia" (Joela 2:21).
- Inona no lazain' ireo fanasana ireo momba ny maha-zava-dehibe ny fitodihana amin' ny Tompo amin' ny fontsika rehetra? Inona no azontsika atao hanamasin-tena mba ho mendrika ny fitahiana nampanantenain' ny Tompo?
 - Asaovy averin' ny mpianatra jerena indray ny Joela 2:12–32 sy ny Joela 3:16–17, ka hotadiaviny ny valin' ity fanontaniana ity: Inona no fitahiana nampanantenain' ny Tompo an' ireo izay manaraka azy amin' ny andro farany?

Soraty eny amin' ny solaitrabe ny teny hoe *Fitahiana*. Rehefa milaza ny fehezanteny ny mpianatra, dia soraty eny amin' ny solaitrabe ny teny fanalahidy isaky ny fitahiana. Azon' ny mpianatra marihina ao amin' ny bokiny soratra

masina ireo fehezanteny ireo , raha tiany. Ireto manaraka ireto dia fitahiana izay mety holazaina.

Fitahiana

- a. “Mamindra fo sy miantra ny Tompo, ary tsy mora tezitra; feno hatsaram-panahy Izy ary hanalavitra ny ratsy aminareo (Jereo Fandikan-teny nataon’ i Joseph Smith, Joel 2:13).
 - b. “Hiantra ny olony ny Tompo” (Joela 2:18).
 - d. Hitondra ny tafika avy any avaratra (voalaza ao amin’ ny andininy 1–11) ho any amin’ ny tany karankaina ny Tompo (Joela 2:20).
 - e. “Hihinana ianareo ka ho voky” (Joela 2:26).
 - f. “Ao afovoan’ ny Israely Aho, . . . ary tsy ho menatra mandrakizay ny oloko” (Joela 2:27).
 - g. “Handatsaka ny Fanahiko amin’ ny nofo rehetra Aho” (Joela 3:1; jereo koa ny andininy 2).
 - h. Haminany, hanonofy ary hahita fahitana ny zatovonareo sy ny lahi-antitra-reo (Joela 3:1).
 - i. “Na zovy na zovy no hiantso ny anaran’ i Jehovah dia ho afa-mandositra” (Joela 3:5).
 - j. “Hierona ao Ziona koa ny Tompo, ary hampikotroka ao Jerosalema” (Joela 3:16).
 - k. “Ny Tompo no ho fialofan’ ny olony” (Joela 3:16).
 - l. “Ny Tompo no ho fiarovana mafy ho an’ ny zanak’ Israely” (Joela 3:16).
 - m. “Dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo izay monina ao Ziona” (Joela 3:17).
- Inona no ampianarin’ ireo fitahiana ireo momba ny fanoloran-tenan’ ny Tompo amin’ ny vahoakan’ ny fanekempihavanany? Momba ny fahefany amin’ ny Olomasiny? Momba ny famindram-pony sy ny fitiavany? Momba ny zavatra tsara ananantsika amin’ ny andro farany?
 - Ny fanambaran’ i Joela fa handrotsaka ny Fanahiny amin’ ny olona rehetra amin’ ny andro farany ny Tompo dia mifanipaka be amin’ ny mosary izay lazain’ i Amosa (Amosa 8:11–12). Notantarain’ ny anjely Môrônia tamin’ i Joseph Smith ny faminanian’ i Joela ary nolazainy azy fa tsy mbola tanteraka izany nefa tsy ho ela dia ho tanteraka (Joseph Smith—Histoire 1:41). Inona no ohatra nahitanareo an’ io firotsahana io amin’ ny fiainan’ ny tanora sy ny anti-tra amin’ izao fotoana izao?

Famaranana

Hantitrantero fa fitahiana lehibe ny miaina amin’ ny andro farany, rehefa tanteraka ny faminania maro sy rehefa ananantsika ny fitarihan’ ny mpaminany velona. Entano ny mpianatra hitondra am-bavaka ny fandalinana ny tenin’ ny mpaminany velona ary hampihatra ny toroheviny amin’ ny fiainany.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ao amin’ ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin’ ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin’ ireto hevitra ireto.

1. Manjary miadana ao Ziona

- Nampitandrina ny olona i Amosa ny amin' ny manjary “miadana ao Ziona” (Amosa 6:1). Inona no dikan' ny hoe manjary miadana ao Ziona? (Jereo 2 Nefia 28:19–24, 27, 29–30). Amin' ny fomba ahoana no mety hahalasa antsika hiadana ao Ziona? Ahoana no ahafahantsika mitandrina hanoherana izany?

2. “Handatsaka ny Fanahiko amin' ny nofo rehetra Aho” (Joela 2:28)

- Hatramin' ny niverenan' ny filazantsara tamin' ny laoniny, dia tonga ny zavatra noforonina mōderina rehetra hifamezivezena sy hifaneraserana. Ahoana no anatanterahan' ireo fandrosoana ireo ny faminanian' i Joela ao amin' ny Joela 2:28–29? Ahoana no anampian' ireo fandrosoana ireo betsaka amin' ny asan' ny Tompo amin' izao fotoana izao?

Azonao vakina, raha tianao, ity teny avy amin' ny Loholona Joseph Fielding Smith manaraka ity hanampy ny mpianatra hahatakatra ny tombon-tsoa lehibe amin' ireo zavatra noforonina ireo ho fanatanterahana ny asan' ny Tompo.

“Lazaiko marimarina tokoa fa raha tsy nisy ny famerenana amin' ny laoniny ny filazantsara sy ny fananganana ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, dia tsy ho nisy ny radio, tsy ho nisy ny fiaramanidina ary tsy ho nisy ireo zava-baovao mampitolagaga hita amin' ny fitsaboana, simia, herinaratra, ary ireo zavatra maro hafa nahazoan' izao tontolo izao tombon-tsoa noho ireo zava-baovao hita ireo. Raha tsy noho ireo zavatra ireo, dia ho nolavina ireo fitahiana ireo, satria natao ho an' ny fotoanandron' ny fahafe-noam-pahasoavana izy ireo, izay ny famerenana ny filazantsara amin' ny laoniny sy ny fananganana ny Fiangonana no fototra izay nampielly ny Fanahin' ny Tompo nanerana an' izao tontolo izao. Nipariaka ny fitarihan' ny Tompo ary nameno ny sain' ny olona, na dia tsy fantany aza izany, ary dia tarihan' ny Tompo izy ireo. Tamin' izany fomba izany no nitondrany azy ireo tao amin' ny asany ka hanjaka eran-tany amin' ny fotoana ilana izany ny tanjony sy ny fahamarinany.

“. . . Tsy azoko inoana velively fa tongatonga tamin' izao ireo zava-baovao hita ireo, na nisy izy ireo noho ny nananan' ny olona amin' izao andro izao faharanitan-tsaina lehibe lavitra noho ireo izay niaina tamin' ny fotoana lasa. Nisy izy ireo ary misy satria izao no fotoana mahamety izany, satria izany no sitrapon' ny Tompo ary satria nalatsany tamin' ny nofo rehetra ny Fanahiny” (tao amin' ny Conference Report, Okt . 1926, 117).

Tanjona Hanentana ny mpianatra hifady ny faharatsian’ izao tontolo izao amin’ ny fijanonana ao amin’ ny fitoerana masina ary hanampy azy ireo haka hery avy amin’ ny fahavononan’ i Isaia hanompo.

Fanomana 1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny andalana avy ao amin’ ny Isaia 1–6 izay dinihina ao amin’ ity lesona ity.
2. Vakiteny hafa: 2 Nefia 11.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao ampiasaina, raha tianao, ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Hazavao fa matetika dia mamerimberina hevitra iray imbetsaka ny Tompo ao amin’ ny soratra masina. Soraty eny amin’ ny solaitrabe ireto toko sy andininy manaraka ireto ary iangavio ny mpianatra hitady izay torohevitra nomen’ ny Tompo hanampiana antsika hizaka ny fizahan-toetran’ ny andro farany:

Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 45:32
Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 87:8
Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 101:22

Soraty eny amin’ ny solaitrabe ny hoe “*Mitomoera ao amin’ ny fitoerana masina, ary aza mandeha*”.

- Inona araka ny hevitrao no dikan’ io fehezan-teny io? (Mety ho anisan’ ny valin-teny ny hoe mitoetra ho mendrika amin’ ny fotoana rehetra, maniry ny ho eo amin’ ny fitoerana masina matetika, mifidy ny tsy handeha amin’ ny toerana tsy masina, matoky fa hitarika anao Andriamanitra, ary miaro ny fahamarinana sy ny fahamasinana).

Hazavao fa ao amin’ ity lesona ity ny mpianatra dia hahita ny antony nandidian’ ny Tompo antsika hijoro amin’ ny fitoerana masina sy ny atao hoe fitoerana masina.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina

“Lehibe tokoa ny tenin’ i Isaia”, hoy ny nambaran’ ny Mpamonjy raha nandidy ny Nefita Izy hitady ny faminanian’ i Isaia (3 Nefia 23:1). Ambara matetika ao amin’ ny Testamenta vaovao, Bokin’ i Môrmôna ary Fotopampianarana sy

Fanekempihavanana ny faminanian' i Isaia noho ny an' ny mpaminany hafa. Naminany zavatra maro momba ny asa nanirahana ny Mpamonjy teto an-tany sy ny fandranganana izay hanaraka ny faharatsian' i Israely ary ny momba ny asa anirahana an' i Israely amin' ny andro farany sy ny fiafarany izy.

1. Isaia milazalaza ny toetoetran' izao tontolo izao amin' ny andro farany.

- Maro amin' ny fampitandremana sy faminanian' i Isaia no sady nampiharina tamin' ny androny, izay andron' ny faharatsiana lehibe, no amin' izao androntsika izao. Ahoana no tsy azo lavina ny fisian' ny toetoetra voalaza ao amin' ireto soratra masina manaraka ireto ao amin' izao tontolo izao ankehitriny? (Azona soratana eny amin' ny solaitrabe ireo toko sy andininy ka asoavy tadiavin' ny mpianatra izy ireny).
 - a. Isaia 1:3–5 (Fiadinana tamin' ny Tompo)
 - b. Isaia 1:11–15 (Fanompoam-pivavahana tsy misy dikany na tsy misy finoana)
 - d. Isaia 2:7–8 (Fiankohofana amin' ny zavatr' izao tontolo izao sy amin' ny fiarovany ny tafika fa tsy amin' ny Tompo; mariho fa ny soavaly sy ny kalesa dia nampiasaina ho fitaovam-piadiana tamin' ny fahagolan-tany)
 - e. Isaia 2:11–12 (Fiavonavonana)
 - f. Isaia 3:5 (Fanaporetan' ny olona hafa sy ny tsy fanajana intsony ny olona antitra)
 - g. Isaia 3:9 (Tsy menatra ny amin' ny ota)
 - h. Isaia 3:14–15 (Fakana tombon-tsoa amin' ny malahelo ary tsy fikarakarana azy ireny)
 - i. Isaia 3:16–24 (Fianteherana amin' ny hatsarana ivelany fa tsy amin' ny fahamarinana sy ny toetra tsara)
 - j. Isaia 5:8 (Faniriana mioha-pampana ny hanana zavatra ara-nofo betsaka hatrany)
 - k. Isaia 5:11–12 (Fikatsahana hatrany ny fahafinaretan' izao tontolo izao fa tsy ny fikatsahana ny Tompo sy ny asany)
 - l. Isaia 5:20 (Filazana fa tsara ny zavatra ratsy ary ratsy ny zavatra tsara)
 - m. Isaia 5:21 (Fitokiana amin' ny tena fa tsy amin' Andriamanitra)
 - n. Isaia 5:24 (Fanaovana tsinontsinona ny didy sy ny tenin' Andriamanitra)
- Ahoana ny fomba ahatanterahan' ireo faminania ireo ankehitriny? (Jereo ny fanampin-kevitra enti-mampianatra handinihina misimisy kokoa ny faminania sasantsany).

2. Isaia manoro hevitra ny mpino hitoetra ao amin' ny fitoerana masina.

- Inona no fitoerana miaro antsika amin' ny zava-misy eo amin' izao tontolo izao voalazan' i Isaia? Inona ireo fitoerana masina telo voalaza ao amin' ny Isaia 4:5–6?
 - a. Ny fitoerana rehetra ao amin' ny tendrombohitr' i Ziona (ny tokantrano)
 - b. Ny fiangonana (tsatòka, paroasy ary sampana; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5–6)
 - d. Tabernakely (tempoly)
- Ahoana no hahatonga ny tokantrano ho fitoerana masina izay manome fialofana amin' ny faharatsian' izao tontolo izao? Ahoana no hahatonga ny tsatòka, ny paroasy ary ny sampana ho fitoerana masina sy fialofana? Ahoana no hahatonga ny tempoly ho fitoerana masina sy fialofana? Ahoana no anampian' ireo

fitoerana telo ireo hanome fiarovana ho anao hanoherana ny ratsy eo amin' izao tontolo izao?

Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe, raha tianao, ny *Mitomoera ao amin' ny fitoerana masina*, rehefa avy eo dia soraty eo amban' izany ny 1. *Tokantrano*; 2. *Tsatòka, Paroasy ary Sampana*; 3. *Tempoly*. Soraty eo ambanin' ny lohateny tsirairay ny fanazavan' ny mpianatra.

- Inona ny andian-teny ampiasaina ao amin' ny Isaia 4:5–6 hilazana ny fomba hiarovan' ireo fitoerana ireo antsika?
 - a. “Fialofana amin' ny hainandro raha antoandro
 - b. “Fitoerana ho fialokalofana”
 - d. “Fitoerana [ho fialofana sy fierena] amin' ny tafio-drivotra sy ny ranonorana”
- Maro amin' ny asa soratr' i Isaia no tafiditra ihany koa ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Asaovy vakin' ny mpianatra ny 2 Nefia 14:5 ahitana izay teny nampiana ao amin' i Isaia 4:5. (Ny teny *Ziona* no nampiana). Inona koa no entin' io teny io amin' ny fahatakarantsika io andininy io?
- Inona no faminiana amin' ny andro farany tafiditra ao amin' ny Isaia 2:2–3? (Marobe ny olona ho tonga ao amin' ny tranon' Andriamanitra, dia ny tempoly, ary haniry hianatra ny didin' Andriamanitra sy handeha amin' ny lalany). Nahoana araka ny hevitrao no nolazain' i Isaia fa “tendrombohitry ny Tompo” ny tempoly? (Matetika nankeny an-tendrombohitra ny mpaminany fahiny mba hifandray amin' ny Tompo sy hahazo torohevitra avy Aminy. Tany no nanambarany zavatra tamin' izy ireo. Afaka mandia zavatra toy izany isika any amin' ny tempoly amin' izao fotoana izao).

3. Isaia milazalaza ny fanangonana an' ny Israely amin' ny andro farany.

Ao amin' ny Isaia 5:26–29, dia milaza ny fanangonana ny Israely amin' ny andro farany i Isaia. Ny faneva izay natsangana dia Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Ny misioka dia “miantso”, izay mampiseho ny fanasana ny firenena eran-tany hiangona ao amin' ny Fiangonana. Io fanangonana io dia ho haingana sy hanan-kery.

- Ahoana no ahatanterahan' ny faminiana fa ho tafahangona ao amin' ny Fiangonana ny firenena amin' izao fotoana izao? (Mandeha manerana izao tontolo izao ny Misiônera mba hampianatra ny filazantsara sy hanangona ny olona ho amin' ny fahamarinana). Inona no azon' ny tsirairay amintsika atao hanampy amin' ny fahatanterahan' io faminiana io?

4. Isaia namaly amim-pahavononana ny antsony ho mpaminany.

Niantso an' i Isaia ho mpaminany tamin' ny alalan' ny fahitana ny Tompo, izay tao anatin' izany no nahitan' i Isaia ny Tompo tamin' ny voninahiny. Voarakitra ao amin' ny Isaia 6 io fahitana io.

- Ahoana ny fomba nilazan' i Isaia ny voninahitry ny Tompo? (Jereo Isaia 6:1–4). Inona no notenenin' i Isaia raha nahita ny Tompo izy? (Jereo Isaia 6:5. Nahatsapa tsy mendrika ny ho eo anatrehan' ny Tompo izy). Ahoana no fomba an' ohatra nanehoan' ny Tompo fa madio i Isaia eo anatrehan' ny Tompo? (Jereo Isaia 6:6–7). Ahoana no navalin' i Isaia raha niantso azy ho mpaminany ny Tompo? (Jereo Isaia 6:8).

- Tamin' ny naneken' ny antsony, dia teny nitovy tamin' ny nampiasain' ny Tompo, fony Izy nanaiky ny andraikitra hanatanteraka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho famonjena ny zanany, no nampiasain' i Isaia (Abrahama 3:27). Inona koa ny toe-javatra sasany izay mety hilantsika ny hamaliana ny Tompo amin' ny teny tahaka izany? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny hoe rehefa antsoina hanao asa fitoriana isika, rehefa angatahina hanompo ao amin' ny Fiangonana isika ary rehefa angatahina hiharitra fitsapana mafy isika).
- Voarakitra ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny toko maro ao amin' ny Isaia, anisan' izany ny toko faha-2 ka hatramin' ny faha-6. Inona ny antony nomen' i Nefia mpaminany ho nampidirana ny asa soratr' i Isaia ao amin' ny rakitsorany? (Jereo 2 Nefia 11:8).
- Inona no hafatra avy ao amin' ny toko ao amin' ny Isaia nahatonga anao ho ravoravo? Inona amin' ny hafatr' ireo toko ireo no tsapanao fa tena manandanja aminao ny hampihatra azy?

Famaranana

Mampianatra zavatra maro antsika momba ny andro farany ny tenin' i Isaia. Amin' ny fandalinana ny toro hevitr' i Isaia, dia azontsika ianarana ny fomba hitomoerana ao amin' ny fitoerana masina ary hifadiana ny zava-dratsin' izao tontolo izao. Amin' ny fanarahana ny ohatra nomeny, dia afaka ny hivonona kokoa ho mpanompon' ny Raintsika any an-danitra isika.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra manaraka ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona izany, raha tianao.

Fanadihadiana misimisy kokoa ny faminanian' i Isaia ao amin' ny Isaia 1–6

Manao izay hahatonga ny fomba fivavahantsika mba hoeken' ny Tompo

- Araka ny hita ao amin' ny Isaia 1:11, 16–17, nahoana no tsy neken' ny Tompo ny sorona nataon' ny Israelita? (Na dia niseho mpivavaka be aza ny Israelita tetỳ ivelany, ny fony dia nanalavitra an' Andriamanitra. Jereo koa Matio 5:23–24; Môrônia 7:6–9). Nahoana no miseho mpivavaka be ny olona sasany etỳ ivelany na dia manalavitra an' Andriamanitra aza ny fony? Nahoana no mahatezitra ny Tompo ny fihatsarambelatsihy toy izany?

Ny fitahian' ny famelan-keloka

- Manome sary an-tsaina tsara tarehy roa izay manampy antsika hahatakatra ny fomba hamelan' ny Tompo tanteraka ireo izay mibebaka i Isaia. Hoy izy: “Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo dia ho fotsy tahaka ny orampanala; na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon' ondry fotsy” (Isaia 1:18). Ahoana no ahazoan' ireo sary ireo manampy antsika rehefa manonta isika ka mahatsapa manalavitra an' ny Tompo? (Jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42).

Mifady ny fanao ivelan' izao tontolo izao

- Nilaza ny Loholona Joseph Fielding Smith fa ny faminanian' ao amin' ny Isaia 3:16–24 dia natao ho an' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana amin' izao fotoana izao ary “mikasika ny lehilahy, ary koa ny vehivavy” (*Answers to Gospel Questions*, nanganin' i Joseph Fielding Smith zanany, Boky 5 [1957–66] 5:174).

Ahoana no mety hitarafana ny toe-panahintsika na ny fiantraikany amin' ny fomba fitafintsika? Inona no atao hoe mitafy maontina? Inona no loza amin' ny fisahiranana be loatra amin' ny fitafiantsika sy amin' ny endritsika ivelany? (Jereo Almà 31:27–28). Ahoana ny ahafahantsika mampianatra ny ankizy mba hifady ny fanao ivelan' izao tontolo izao?

Miantso ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy

- Nahoana no tsy afa-nanavaka ny tsara amin' ny ratsy ny Israelita? (Jereo Isaia 5:20). Amin' ny fomba ahoana no iantsoan' ny olona ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy amin' izao fotoana izao? Inona no azontsika atao hahafantarana ny fahasamihafana misy eo amin' ny tsara sy ny ratsy? (Jereo 2 Nefia 32:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57).

“Manao azy ho hendry”

- Inona no tian' i Isaia nolazaina raha nampitandrina ny olona izy mba tsy “hanao azy ho hendry sy hanao azy ho mazava saina”? (Isaia 5:21). Inona no mahatonga io olana io? Nahoana no zava-doza izany? Ahoana no hitandre-mantsika mba tsy hanao izany?

“Mbola mihinjitra ny tanany”

- Inona ny hafatra nohantitranterin' i Isaia ao amin' ny Isaia 5:25, 9:12, 9:17, 9:21 ary 10:4? Nahoana no zava-dehibe io hafatra io? Ahoana no nahafantara-nao ny fahamarinan' io hafatra io?

“Efa nanao zava-mahagaga Ianao”

Lesona
37

Isaia 22; 24–26; 28–30

Tanjona Hanampy ny mpianatra hanatona an’ i Kristy amin’ ny fahafantarana ny fahagagana efa nataony.

Fanomanana Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:

- a. Isaia 22:22. Ny Mpamonjy mamoha ny varavarana mankeo anatrehan’ ny Ray any an-danitra.
- b. Isaia 24:21–22. Ny Mpamonjy maneho famindram-po amin’ ireo izay ao an-tranomaizin’ ny fanahy.
- d. Isaia 25:1–4; 32:1–2. Ny Mpamonjy fiarovana sy fialofana.
- e. Isaia 25:6–9. Ny Mpamonjy hanao fanasana ary hanafoana ny “sarona”.
- f. Isaia 25:8. Ny Mpamonjy mamafa ny ranomasontsika.
- g. Isaia 26:19. Ny Mpamonjy hitondra ny fitsanganana amin’ ny maty.
- h. Isaia 28:16. Ny Mpamonjy fanorenana mafy ho antsika.
- i. Isaia 29:4, 9–14, 18, 24. Ny Mpamonjy hamerina amin’ ny laoniny ny filazan-tsara eto an-tany.
- j. Isaia 30:19–21. Ny Mpamonjy mahalala ny manjo antsika sy mitarika ny lalantsika.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Tantarao ny mpianatra ny momba ny zavatra mahafinaritra nataon’ ny olona iray ao amin’ ny fianakavianao na ny namanao anao. Asao ny mpianatra hiesaka momba ny zavatra mahafinaritra nataon’ ny olona azy. Iangavio izy hilaza fohy ny zavatra tsapany amin’ ireny olona ireny? Hazavao fa hanantitrantitra ny sasany amin’ ny zavatra mahafinaritra nataon’ ny Mpamonjy ity lesona ity.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana azy ireny eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina.

Hazavao fa i Isaia mpaminany dia nanao ny maro tamin’ ny fampianarany tamin’ ny fampiasana fanoharana. Tsy mampianatra mivantana io fomba io, noho izany dia tsy maintsy dinihintsika sy fakafakaintsika ny tenin’ i Isaia mba hahitana ireo fahamarinana ampiantariny.

Ny fampiasana fanoharana tena tsara sy lalina nataon’ i Isaia dia ny momba ny Mpamonjy izay iompanan’ ity lesona ity. Azonao soratana eny amin’ ny solaitrabe, raha tianao, ny hoe “*Ny anarany hatao hoe Mahagaga*” (Isaia 9:5). Rehefa mandinika miaraka ny faminiana manaraka momba ny Mpamonjy ianareo, dia fin-tino eny amin’ ny solaitrabe ny tsirairay amin’ izany.

1. Ny Mpamonjy mamoha ny varavarana mankeo anatrehan' ny Ray any an-danitra.

Diniho miaraka ny Isaia 22:22.

- Lazain' ny Isaia 22:22 fa ny Mesia no manana “ny fanalahidin' ny tranon' i Davida”. Io dia fomba fanoharana hilazana fa manana ny fahefana hampidira-na sy handroahana olona hiala eo anatrehan' ny Ray any an-danitra ny Mpamonjy. (Jereo koa Apokalypsy 3:7–8; 2 Nefia 9:41). Inona no nataon' ny Mpamonjy hamohana ny varavarana ho antsika? Inona no tsy maintsy ataontsika hahafahantsika miditra? (Jereo 2 Nefia 9:45).

2. Ny Mpamonjy maneho famindram-po ho an' ireo ao amin' ny trano-maizina ny fanahy.

Diniho miaraka ny Isaia 24:21–22.

- Tranomaizina inona no tiana ambara ao amin' ny Isaia 24:21–22? (Trano-maizina ny fanahy, toerana izay andehanan' ny fanahin' ny olona maty sasany mandritra ny fiandrasana ny fitsanganana amin' ny maty). Nahoana no any amin' ny tranomaizina ny fanahy ny fanahin' ny olona maty sasany? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:32. Tsy nandray ny filazantsara tetè an-tany ny sasany tamin' izy ireny, ary ny hafa dia tsy nifotra tamin' ny fijoroana ho vavolombelona nananany).
- Inona no nataon' ny Mpamonjy tamin' ireo fanahy tao an-tranomaizina? (Jereo Isaia 42:5–7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:29–37. Nanao lami-na ny mba hampianaran' ireo fanahy tsara azy ireo ny filazantsara Izy). Ahoana no hanehoan' izany ny fitiavana sy ny famindram-pon' ny Mpamonjy?

3. Ny Mpamonjy fiarovana sy fialofana.

Diniho miaraka ny Isaia 25:1–4; 32:1–2.

- Nanoratra ny amin' ny Mpamonjy mankahery antsika mandritra ny fotoan' ny tafio-drivotra, ny ranonoram-baratra, ny tany foana ary ny hainandro eo amin' ny fiainantsika i Isaia. Inona no ampianarin' ireto sary manaraka ireto antsika momba ny fomba anampian' ny Mpamonjy antsika, rehefa miatrika olana toy ireny isika?
 - a. Fierena amin' ny ranonoram-baratra Izy (Isaia 25:4).
 - b. Fialokalofana amin' ny hainandro Izy (Isaia 25:4).
 - d. Fierena amin' ny rivotra Izy (Isaia 32:2).
 - e. Fialofana amin' ny ranonoram-baratra Izy (Isaia 32:2).
 - f. Ranovelona ao amin' ny tany karakaina Izy (Isaia 32:2).
 - g. Alo-batolampy amin' ny tany mahana Izy (Isaia 32:2).

4. Ny Mpamonjy hanomana fanasana ary hanafoana ny “sarona”.

Diniho miaraka ny Isaia 25:6–9.

- Fanazavana iray ny Isaia 25:6–7 ny ilazana fa fanehoana an' ohatra ny tempoly ny tendrombohitra (Jereo koa Isaia 2:2; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:8–9). Inona ilay fanasana voalaza ao amin' ny Isaia 25:6? (Fanasana amin' ny teny sy ny fampianaran' i Kristy). Ahoana no hitovian' ny fankanesana any amin' ny tempoly amin' ny fanasana?

- Ny voaly dia sarona manify. Io ohatra io matetika dia mampiseho ny tsy finoana izay misakana ny olona tsy hanatona marina an' i Kristy (Mosesy 7:26). Ahoana no hanafoanana ny “sarona” eo ambonin' ny tany? (Jereo Isaia 25:7–9).

5. Ny Mpamonjy mamafa ny ranomasontsika.

Diniho miaraka ny Isaia 25:8.

- Inona no ataonao rehefa mitomany ny olona tianao? Ahoana no “amafan' ny Mpamonjy ny ranomasontsika”? (Asaovy maka sary an-tsaina ray aman-dreny iray mamafa ny ranomason-janany eo amin' ny tavany ny mpianatra? Misy fanehoana fifankazahoana am-po io fihetsika io; izany dia fihetsika feno fitiavana izay ifanaovan' ny olona mifankatia sy mifampatoky lalina).
- Inona avy ny toe-javatra voalaza ao amin' ny Apokalypsy 21:4 izay mahatonga ranomaso? Ahoana no hamafan' ny Tompo ny ranomaso vokat' ireo toe-javatra ireo?

6. Ny Mpamonjy hitondra ny fitsanganana amin' ny maty.

Diniho miaraka ny Isaia 26:19.

- Naminany i Isaia fa rehefa ho tonga ny Mesia dia ho faty ary hitsangana amin' ny maty (Isaia 25:8). Iza koa no hitsangana amin' ny maty? (Jereo Isaia 26:19; Korintiana voalohany 15:20–22; Almà 11:43–44. Ny zanak' Andriamanitra rehe-tra izay niaina teto ambonin' ny tany dia hitsangana amin' ny maty). Inona araka ny heverin' i Isaia 26:19 no hotsapantsika rehefa mitsangana amin' ny maty isika? (Jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:12–16, 50).

Hoy ny mpaminany Joseph Smith: “Rehefa miantso ny maty hitsangana ilay feo. . . . dia inona no ho voaloham-pifalian' ny foko? Ny hihaona amin' ny raiko, ny reniko, ny rahalahiko, ny anabaviko, ary rehefa eo anilako izy ireo dia hamihina ahy ary izaho hamihina azy ireo (*Teachings of the Prophet Joseph Smith*, nofantenan' i Joseph Fielding Smith [1976], 295–96).

7. Ny Mpamonjy no fanorenana mafy ho antsika.

Diniho miaraka ny Isaia 28:16.

- Inona no lazain' i Isaia momba ny Mpamonjy raha nilaza Azy ho “vato voazaha” izy? (Jereo Mosesy 7:53) Ahoana no “maha-fanorenana mafy” ho antsika an' i Jesoa Kristy? (Jereo Helamana 5:12). Inona no azontsika atao mba hiorenana eo ambonin' io fanorenana io? Inona no nampanantenain' ny Tompo antsika raha miorina eo ambonin' io fanorenana io isika? (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:44).

8. Ny Mpamonjy hamerina amin' ny laoniny ny filazantsara eto an-tany.

Diniho miaraka ny Isaia 29:4, 9–14, 18, 24.

- Inona no faminanin' i Isaia momba ny famerenana amin' ny laoniny ny filazantsara amin' ny andro farany? (Jereo Isaia 29:4, 9–14. Naminany izy fa ho tonga amin' ny fotoan' ny fahamaizinana ara-panahy izany. Naminany ihany koa ny fiavian' ny Bokin' i Môrmôna izy).

Ampitahao amin' ny andalana mifanaraka ao amin' ny Bokin' i Môrmôna, Voahangy Lafo Vidy ary Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ny andininy ao amin' ny Isaia 29, hahitana ny fomba nahatanterahan' ny faminanian' i Isaia sasany:

“Tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho”

Lesona
38

Isaia 40–49

Tanjona Hanampy ny mpianatra hahatakatra fa manana fandavan-tena tsy manam-paharoa i Jesoa Kristy ho an’ ny olony ary manana asa lehibe hampanaovina azy Izy.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny andalana avy ao amin’ ny Isaia 40–49 izay dinihina ao amin’ ny lesona.
2. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia soraty eo ambony afisy lehibe na solaitrabe ireto teny nindramina manaraka ireto alohan’ ny kilasy:
 - a. “Ahoana ny hevitrareo ny amin’ i Kristy?” (Matio 22:42).
 - b. “Tokony ho karazan’ olona toy inona moa ianareo? (3 Nefia 27:27).
 - d. “Ataon’ ny olona ho iza moa ny Zanak’ olona? . . . Ianao kosa manao Ahy ho iza? (Matio 16:13, 15)
 - e. “Iza no an’ ny Tompo?” (Eksodosy 32:26).
 - f. “Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin’ ny tarehinareo?” (Almà 5:14).
3. Raha misy ny cassette d’accompagnement pour La soirée familiale” (56736 140), dia azonao alefa ao anatin’ ny lesona, raha tianao, ny ampahany maharitra 5 minitra manao hoe “Que dites-vous du Christ?”

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana saina Azonao ampiasaina ity fampiasana ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Asehoy ny mpianatra ny teny nindramina nosoratanao tamin’ ny afisy na solaitrabe (jereo “Fanomanana” eo ambony). Omeo ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no ifandraisan’ ireo teny nindramina ireo? (Izy rehetra dia fanontaniana avy ao amin’ ny soratra masina izay manampy antsika hanombatombana ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny Mpamonjy sy ny fanolorantsika tena ho mpianany). Nahoana araka ny hevitrao no marobe ny fanontaniana toy izany ao amin’ ny soratra masina?

Hazavao fa miompana amin’ ny fanontaniana avy amin’ ny soratra masina ny ampahany amin’ ny lesona, izay manamafy ny halehiben’ ny Mpamonjy.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Isaia mampianatra fa tsy manam-paharoa ny Mpamonjy.

- Ao amin' ny Isaia, dia mamerimberina manontany zavatra iray amin' ny fomba samihafa ny Tompo. Inona ny fanontaniana ao amin' ireto andininy tsirairay ireto?
 - a. Isaia 40:18 (“Koa ampitovinareo amin' iza moa Andriamanitra?”)
 - b. Isaia 44:8 (“Misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va?”)
 - d. Isaia 46:5 (“Hampitovinareo amin' iza moa Aho, sy amin' iza no hanoharana-areo Ahy, ary iza no hataonareo ho tahaka Ahy?”)
- Inona no itovizan' ireo fanontaniana eo aloha ireo? (Samy mampianatra izy rehetra fa lehibe noho ny olona na zavatra mety oharintsika Aminy ny Mpamonjy). Ahoana no ho namalianao ireo fanontaniana ireo? Ahoana no namaliana azy ao amin' ny bokin' ny Isaia? (Jereo ny andininy voasoratra eo ambany, mariho fa isaky ny toe-javatra dia miteny amin' ny olona manompo sampy izay manamboatra ny andriamani-kafa ho azy vita varahina sy volame-na ny Tompo).
 - a. Isaia 43:11 (“Tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho”).
 - b. Isaia 44:6 (“Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho”).
 - d. Isaia 45:5 (“Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho”, jereo koa ny andininy 6, 14, 18, 21–22)).
 - e. Isaia 46:9 (“Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy tahaka Ahy”).
- Nahoana araka ny hevitrao no miverimberina imbetsaka ireo fanontaniana sy valin-teny ireo ao amin' ny bokin' ny Isaia? Ahoana no mitombona ireo fanontaniana sy valin-teny ireo amin' izao fotoana izao?

2. Isaia milaza ireo toetra tsy manam-paharoa ananan' ny Mpamonjy.

- Nampianatra ny mpaminany Joseph Smith fa ilaintsika ny mahafantatra marina ny maha-Izy, ny fahalavorariana ary ny toetran' Andriamanitra mba hanana finoana Azy. (Lectures on Faith [1985] 38) Manome fanoharana tsara momba ny toetra sy ny fomban' ny Mpamonjy i Isaia. Asaovy vakin' ny mpianatra ireo andalana sasany voasoratra etsy ambany ary diniho miaraka ireto fanontaniana ireto: Inona ny toetry ny Mpamonjy voalaza ao amin' ilay andalana? Ahoana no hoe manampy hampitombo ny finoana ny Mpamonjy ny fahafantarana ny toetrany. Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe ireto toetra ireto raha tianao
 - a. Isaia 40:13–14 (Tsy misy manoro hevitra na mampianatra Azy).
 - b. Isaia 40:28–31 (Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy; mampahatanjaka antsika Izy).
 - d. Isaia 40:12, 21–22, 26; 45:12, 18 (Izy no nandamina sy namorona izao rehetra izao ary mahalala izay rehetra ao aminy).
 - e. Isaia 41:17–18 (Mihaino antsika Izy rehefa tojo olana isika ary manome fitahiana marobe antsika).
 - f. Isaia 42:1, 4 (Tsy ho reraka na ho kivy Izy, mandra-panoriny ny rariny amin' ny tany).
 - g. Isaia 42:16 (Hanazava sy handamaka ny lalana ho an' ireo olona izay very Izy).
 - h. Isaia 43:1–4 (Hanampy ny olony mandalo fitsapana Izy).
 - i. Isaia 43:25–26; 44:22–23 (Hamafa ny helotsika Izy ary tsy hahatsiaro izany intsony).

- j. Isaia 44:2–4 (Handatsaka ny Fanahiny amin’ ny fianakaviansika Izy tahaka ny rano amin’ ny tany karakaina).
- k. Isaia 46:3–4 (Mibaby ny olony hatrany an-kibo mandra-pahantiny Izy).
- l. Isaia 49:14–16 (Tsy hahafoy antsika na oviana na oviana Izy. Vita “tombo-kavatsa” eo am-pelatanany isika).

Asao ny mpianatra hilaza ny zavatra nodiaviny ka nanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ireo toetra ananan’ ny Mpamonjy ireo.

3. Ny tanàna (Babylona) mifaninana amin’ ny Mpamonjy mba hahazo ny fikelezantsika aina.

- Iza no resahina ao amin’ ny Isaia 47? (Jereo ny teny fampidirana ao amin’ ny Isaia toko faha-47 sy ny andininy. Tanàna mantanjaka i Babylona fahagolan-tany ary noravana noho ny faharatsiany. Ao amin’ ny soratra masina, ny teny hoe Babylona dia nampiasaina koa matetika hanehoana ny faharatsian’ izao tontolo izao).
- Nampitandrina i Isaia ao amin’ ny toko faha-47 fa ho rava i Babylona noho ny faharatsiany. Ireo fampitandremana ireo koa dia mbola mihatra amin’ ny faharavan’ izao tontolo izao amin’ ny farany noho ny faharatsiany. Inona no ampianarin’ ireto andalana manaraka ireto momba ny vokatry ny fikatsahana ny fomba ratsin’ izao tontolo izao?
 - a. Isaia 47:1, 5. (Hapetraka amin’ ny vovoka izao tontolo izao ary hipetraka amin’ ny mangingina sy hiditra amin’ ny maizina).
 - b. Isaia 47:7–9 (Na dia mihevi-tena tsy mety ho resy aza izao tontolo izao dia ho rava sy hamoy ny zava-tsarobidiny, oharina amin’ ny famoizam-bady aman-janaka).
 - d. Isaia 47:10–11 (Satria mitono-tena ho lehibe noho Andriamanitra izao tontolo izao, dia ho tonga aminy ny fandranganana).
- Ao amin’ ny Isaia 47:8, 10. Inona no fiheveran-tena ataon’ ny Babylona (tanàna) izay mitovy amin’ ny nambaran’ ny Mpamonjy momba Azy? (“Izaho no Izy, ary tsy misy hafa”). Inona no azon’ izao tontolo izao omena raha oharina amin’ ny omen’ ny Mpamonjy? Nahoana no mikely aina ho an’ izao tontolo izao ny olona fa tsy ho an’ ny Mpamonjy? Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa hahita izay omen’ ny Mpamonjy?
- Ao amin’ ny Isaia 48:17–18, dia mampanantena fitahiana lehibe ho an’ ireo izay mikatsaka Azy fa tsy izao tontolo izao ny Tompo. Ahoana no anomezan’ ireo fampanantenana ireo anao faniriana hanaraka ny Mpamonjy amin’ ny fonao rehetra?

4. Isaia milaza ny asa anirahana an’ ny Israely amin’ ny andro farany.

- Misy faminiana maro momba ny asa anirahana an’ ny Israely amin’ ny andro farany ao amin’ ny Isaia 49. Afaka manampy antsika hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny asan’ ny Tompo hataontsika tsirairay ireo faminiana ireo. Asaovy vakin’ ny mpianatra ny sasany amin’ ireo andalana voasoratra eo ambany ireo ary diniho miaraka ireto fanontaniana manaraka ireto: Inona no ampianarin’ io andalana io momba ny andraikitsika amin’ izao andro farany izao? (Mariho fa maro amin’ ireo faminiana ireo no mihatra amin’ ny asan’ ny Mpamonjy sy ny asan’ ny mpanompony, dia ny zanak’ Israely [Isaia 49:3]).

- a. Isaia 49:1, 5. “Niantso ahy hatrany am-bohoka ny Tompo.” (Voantso hatrany am-bohoka isika hanatontosa ny asan’ ny Tompo amin’ ny andro farany; jereo koa Jeremia 1:5).
- b. Isaia 49:2. “Nataony tahaka ny sabatra maranitra ny vavako”. (Manoro hevitra ny hitenenana amin-kery ny fahamarinana io sary io—ny tenin’ ny Tompo; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:2).
- d. Isaia 49:2. “Tao amin’ ny aloky ny tanany no nanafenany ahy”. (Niaro antsika sy nanomana antsika ho amin’ ny andraikitra lehibe ananantsika ny Tompo; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:9).
- e. Isaia 49:2. “Nataony . . . zana-tsipika voalambolambo aho”. (Ny tsipika manana zana-tsipika voalambolambo dia hisidina mahitsy sy mivantana. Efa voalambolambo koa isika ary voaoman’ ny Tompo hisidina mahitsy sy mivantana any amin’ izay andefasany antsika).
- f. Isaia 49:6. “Hianao no famonjeko hatrany amin’ ny faran’ ny tany”. (Nasain’ ny Tompo hanandratra sy hampody ny Israely sisa voaro ny mpanompony ary ho fanazavana ny Jentilisa. Amin’ izay fomba izay no ahafahantsika manampy amin’ ny fitondrana ny famonjena any amin’ ny faran’ ny tany; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 86:8–11).

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa ny asa soratr’ i Isaia dia afaka manampy antsika hampitombo ny fitiavantsika bebe kokoa ny Mpamonjy sy ny fahatakarantsika bebe kokoa ny asa tiany hataontsika. Azonao asaina ny mpianatra na andiany vitsy hihira ny “Seigneur, mon Dieu” (*Cantiques*, n° 44), na ny “Quels fondements fermes”, *Cantiques* n° 42)

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ao amin’ ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin’ ny lesona, raha tianao, ny iray na ny maro amin’ ireto hevitra ireto.

1. Marika nampiasain’ i Isaia

- Nampiasain’ i Isaia miverimberina ny fahajambana ho mariky ny faharatsiana sy ny tsy fahalalana ara-panahy (Isaia 29:10, 18; 32:3; 42:6–7, 16–18; 43:8; 44:9). Rehefa mandinika ireo andininy ireo ianareo, dia aza hadinoina fa matetika ny Tompo no manambara fa Izy no fahazavan’izao tontolo izao (Jaona 8:12). Ahoana no ahafahantsika manokatra bebe kokoa ny masompanahintsika amin’ ny fahazavan’ izao tontolo izao?
- Nampiasain’ i Isaia miverimberina ny sarin’ ny rano (Isaia 12:3; 32:2; 41:17–18; 43:19–20; 44:3–4; 48:18, 21; 49:10). Ahoana ny fampianaran’ ny Tompo fa Izy no loharano velona no manampy anao hahatakatra ireo andalana ireo? (Jereo Jaona 4:7–14).

2. Miandry an’ ny Tompo

- Inona no atao hoe “Miandry an’ ny Tompo”? (Isaia 40:31). Amin’ ny fomba ahoana no anavaozan’ ny Tompo ny herin’ ireo izay miandry Azy? (Jereo Isaia 41:10). Asao ny mpianatra hizara zavatra niainana momba ny nanavaozan’ ny Tompo ny herim-panahy na ny herim-batan’ ny olona iray.

3. “Fa tsy mba nantsoinao Aho”

- Maninona ny sasany amintsika no mahatsapa tsindraindray fa nilaozan’ ny Tompo? Raha mahatsapa isika fa nohalavirin’ ny Tompo, inona no mety ho mahatonga izany? (Jereo Isaia 43:22–26; Môsià 5:13). Inona no azontsika atao hahatsapantsika fa akaiky Azy indray isika?

Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball: “Tsapako fa rehefa tsy raharahiko ny fifandraisako amin’ Andriamanitra ary rehefa tsy misy sofin’ Andriamanitra mihaino ary feon’ Andriamanitra miteny, dia lavitra aho izay, lavitra tokoa. Rehefa miroboka ao anatin’ ny soratra masina aho dia mihena ny elanelana ary miverina ny aim-panahy” (*The Teachings of Spencer W. Kimball*, navoakan’ i Edward L. Kimball [1982], 153).

Tanjona Hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananan’ ny mpianatra tsirairay momba ny sorompanavotan’ i Jesoa Kristy.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny andalana avy ao amin’ ny Isaia 50–53 izay dinihina ao anatin’ ny lesona. Mifototra amin’ ny sorompanavotan’ ny Mpamonjy izy ireo.
2. Vakiteny hafa: Môsìa 14–15.
3. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia manendre mpianatra roa na telo hifidy hira iray tiany momba ny fitiavana sy ny sorona nataon’ ny Mpamonjy ary hiomana hilaza amin’ ny kilasy ny momba ny hafatra tao amin’ ilay hira ary ny akon’ izany taminy. Azonao tantaraina ny momba ny anankiray amin’ ny hira ankafizinao manokana momba ny Mpamonjy.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Hazavao fa maro amin’ ny hiram-piangonana no manampy antsika hahatakatra ny fitiavan’ ny Mpamonjy nasehony antsika tamin’ ny alalan’ ny sorompanavotana nataony. Asao ny mpianatra iray voatendry mialoha hilaza hira iray tiany momba ny fitiavana sy ny sorona nataon’ ny Mpamonjy. Satria afaka manampy ny fitaomana ny Fanahy ao am-pianarana ny mozika, dia azonao iangaviana ny mpianatra, raha tianao, hihira anankiray amin’ ny hira nodinihina.

Hazavao fa handinika ny amin’ ny faminanian’ i Isaia sasany momba ny fiainana sy ny asa nanirahana ny Mpamonjy ity lesona ity.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho ny fomba ampiharana azy ireny eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Isaia miresaka momba ny iraka izay mitondra vaovao mahafaly.

- Ao amin’ ny Isaia 52:7, dia milaza ny olona mitondra hafatra lehibe amin’ ny endrika tononkalo i Isaia. Nahoana araka ny hevitrao no ny tongotry ny iraka no noresahin’ i Isaia? (Tamin’ ny andro taloha, alohan’ ny nisian’ ny fifaneraserana môderna, dia mpihazakazaka mandeha an-tongotra no nitondra ny hafatra manan-danja. Tongotry ny iraka no ampiasain’ i Isaia hanehoana ny tenan’ ny iraka). Ahoana no tsapan’ i Isaia momba ireo iraka ireo?
- Ahoana no nilazan’ i Isaia ny hafatra izay alefa? (Hafatra momba ny zavatra tsara izany, hafatra momba ny fiadanana sy ny famonjena). Nanazava i

Abinadia mpaminany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna fa ny iraka lazain' i Isaia dia ny mpaminany, ary koa ny Tompo mihitsy (Môsià 15:13–18). Inona no hafatra lehibe momba ny fiadanana sy ny famonjena nentin' ireo iraka ireo? Jereo 2 Nefia 2:6–8).

- Iza ihany koa no mitondra ny hafatry ny filazantsara eto amin' izao tontolo izao? Azonao iangaviana ny mpianatra hilaza ny zavatra niainany tamin' ny nizarany ny hafatry ny filazantsara. Azonao iangaviana ny mpianatra hilaza ny zavatra tsapany momba ireo izay nitondra ny hafatra tamin' izy ireo.

2. I Isaia maminany momba ny sorompanavotan' ny Mpamonjy.

Diniho miaraka ireto faminiana manaraka ireto momba ny sorompanavotan' ny Mpamonjy sy ny fitahiana azontsika avy aminy.

- Isaia 50:5–7. Inona no ampianarin' ity andalana ity momba ny fihetsiky ny Mpamonjy manoloana ny sorompanavotana lehibe izay tsy maintsy nataony ho antsika? Inona no ampianarin' ny Matio 26:39 sy Filipiana 2:8 momba ny fihetsiky ny Mpamonjy, raha nihatrika fijaliana lehibe Izy?
- Isaia 51:6. Inona no fanoharana atao ao amin' ity andininy ity? Hafiriana no haharetan' ny vokatry ny sorompanavotana? (Jereo koa Môsià 16:9; Almà 34:10, 14).
- Isaia 51:22. Ho an' iza no andaharan' ny Mpamonjy teny? Ahoana no mamela Azy ho mpisolovava antsika ny sorompanavotana? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 45:3–5?) Inona ilay “kapoaka mampivarahontsana” izay nosotroin' i Jesoa ho antsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 19:15–20). Inona no tsy maintsy ataontsika mba handraisantsika ny fitahiana feno amin' ny alalan' ny sorompanavotana?
- Isaia 52:3. Inona no atao hoe “havotana tsy amin' ny vola aman-karena”? (Jereo 2 Nefia 26:27–28; Isaia 55:1–3).
- Isaia 53:2–4. Inona no lazain' ireo andininy ireo antsika momba ny fiainan' ny Mpamonjy? Ahoana no ahafahany mahatakatra ny alahelontsika sy ny fangirifiriana mahazo antsika? (Jereo Almà 7:11–13; Hebreo 2:16–18; 4:15). Ahoana no nahatsapanao fa takany ny alahelonao sy ny fangirifiriana mahazo anao?
- Isaia 53:5. Nahoana no vonona hiaritra ny fanaintainana vokatry ny ratra, ny fanorotoroana ary ny kapoka ny Mpamonjy? (Jereo 1 Nefia 19:9).
- Isaia 53:6–7. Inona ny toetra tsara nasehon' ny Mpamonjy raha noporetina, nampijaliana ary voatery nitondra ny fahotantsika Izy? Ahoana isika indraindray no mandeha amin' izay tiantsika fa tsy manao ny sitrapon' ny Ray any an-danitra? Ahoana no ahafahan' ny ohatry ny Mpamonjy manampy antsika hanao ny sitrapon' ny Ray any an-danitra?
- Isaia 53:10. Inona no tian' i Isaia lazaina raha niteny izy hoe: “Sitrazy ny Tompo ny hanorotoro” ny Mpamonjy? Inona no azontsika tsoahina avy amin' io andalana io momba ny fitiavan' ny Ray any an-danitra antsika? (Jereo koa Jaona 3:16–17).
- Isaia 53:8–11. Hazavao fa i Abinadia mpaminany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna dia nanome fanazavana manan-kery ny amin' ireo andininy ireo, raha niteny tamin' ny mpisorona ratsy fanahy an' i Noa mpanjaka izy (Môsià 15:10–13). Araka ny filazan' i Abinadia, iza no zanaky ny Mpamonjy? (Jereo koa Môsià 5:7–8).

- Isaia 53:12. Hazavao fa nony nifarana ny ady, dia nizara ny vokatry ny fandresena tamin' ny mpanara-dia azy ilay lehiben' ny tafika nandresy. Inona no vokatry ny fandresen' i Kristy ny ota sy ny fahafatesana izay ivononany ho zaraina amintsika? (Jereo Romana 8:16–17; Timoty faharoa 4:7–8).

3. Isaia milaza ny andraikitsika sasany.

- Araka ny voarakitra ao amin' ny Isaia 51 sy 52, inona no andraikitra ananantsika, dia isika izay nanaiky ny sorompanavotan' ny Mpamonjy?
 - a. Isaia 51:1, 4, 7. Mihainoa ary maneke ny Tompo; aza matahotra ny latsa izay ataon' ny zanak' olombelona.
 - b. Isaia 51:12–13. Tsarovy ny Tompo izay Mpahary. Aza matahotra an' i Satana.
 - d. Isaia 52:1–2. Mifohaza ary tafio ny herin' ny fisoronana (jereo Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 113:7–8). Tafio ny rongony fotsy madio dia ny asa marina (jereo Apokalypsy 19:7–8). “Ataovy izay anesoranao ny fatorana amin' ny tendanao ” (jereo Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 113:9–10).
 - e. Isaia 52:11. Mialà amin' ny faharatsian' izao tontolo izao. Aza mikasika izay maloto; aoka ho madio.
- Ahoana no ahafahantsika manatontosa tsaratsara kokoa ny tsirairay amin' ireo andraikitra ireo?

Famaranana

Avereno jerena ny Môsià 15:18, izay ahitana an' i Abinadia mpaminany milaza ny Mpamonjy ho mpitondra vaovao mahafaly izay tsara erỳ ny tongony eny antendrombohitra. Hazavao fa ny antony iray mahatsara ny tongony dia izy ireny mitondra ny diam-pantsika, mariky ny fitiavany manavotra. Mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny fomba nanamafisan' ny fampianaran' i Isaia ny fitiavanao ny Mpamonjy sy ny fanirianao ho mendrika ny fitahiana avy amin' ny sorompanavotany. Iangavio ny mpianatra hizara ny fomba nanamafisana orina ihany koa ny fijoroana ho vavolombelona nananany.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovoan-kevitra mihoatra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. Mandeha amin' ny fahazavana

Avereno jerena ny Isaia 50:10–11 ary aseho ny safidy nomen' i Isaia antsika ao anatin' ireo andininy ireo. Raha mifidy ny hatahotra an' ny Tompo isika, ka hankatò ny feon' ny mpanompony, ary mitoky Aminy, dia hanana ny fahazavany hitarika antsika isika ary tsy handeha ao amin' ny maizina (Jaona 8:12; 12:46). Raha mifidy ny handeha amin' ny fahazavantsika isika, izay oharina amin' ny fahazavan' ny fanilo, dia mampitandrina ny Tompo fa “handry ao anatin' ny fahoriana” isika.

2. Asa fitoriana

Raha misy ny cassette d'accompagnement pour La Soirée familiale (56736 140), dia azonao alefa ny ampahany maharitra 5 minitra manao hoe “Le service missionnaire”.

“Halalaho ny itoeran’ ny lainao”

Lesona
40

Isaia 54–56; 63–65

Tanjona Hanentana ny mpianatra hanamafy ny tsatòkan’ i Ziona ary hiomana amin’ ny Fiaviana fanindroany sy ny Arivotaona.


Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny andalana avy ao amin’ ny Isaia 54–56 sy 63–65 dinihina ao amin’ ny lesona.
2. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia mitondrà tsatoka amin’ ny lay.
3. Raha misy ny sary Jesoa Kristy efa nitsangana tamin’ ny maty, dia azonao ampiasaina mandritra ny lesona izany, raha tianao, (62187; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara, 239).

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana saina Azonao ampiasaina, raha tianao, ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Manaova sarina lay eny amin’ ny solaitrabe tahaka ilay aseho eo ambany. Rehefa izany dia aseho ny tsatoka iray amin’ ny lay ary omeo ireto fanontaniana manaraka ireto.



- Nahoana no mila tsatoka ity lay ity? Inona no hitranga raha tsy tohanan’ ilay tsatoka ny lay?
- Inona no asehon’ ny lay voalaza ao amin’ ny Isaia 54:2? (Ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy). Inona no asehon’ ny tsatoka amin’ ny lay?

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson:

“Fanehoana an’ ohatra ny teny hoe tsatòka. Alaivo sary an-tsaina ny lay iray lehibe tazonina tady enjanina amin’ ny tsatoka izay azo antoka tsara ny filete-hany ao anatin’ ny tany.

“Noharin’ ny mpaminany tamin’ ny lay lehibe manodidina ny tany ny Zionan’ ny andro farany. Tohanan’ ny tady mifatotra amin’ ny tsatoka izany lay izany. Ireo tsatoka ireo raha ny marina dia fikambanana samihafa ara-jeografia miparitaka manerana ny tany. Amin’ izao fotoana izao, dia angononina any amin’ ny tsatoka samihafa ny Israely” (“Stengthen Thy Stakes, *Ensign*, Jan. 1991, 2).

Ilazao ny kilasy fa ireo tsatoka voalohany an’ ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany dia naorina tany Kirtland, Ohio, ary tany Clay County, Missouri, ny taona 1834. Arakaraka ny fandrosoan’ ny Fiangonana, dia nampiana tsatoka maro hafa araka ny didin’ ny Tompo (Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 101:20–21). Amin’ izao fotoana izao dia misy tsatoka aman-jatony manerana an’ izao tontolo izao.

Hazavao fa hanadihady ny fomba ahafahantsika manamafy ny tsatokan’ i Ziona ity lesona ity. Hanadihady ihany koa ny fampianarana manan-kery nomen’ i Isaia momba ny Fiaviana fanindroany sy ny Arivotaona izany.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina.

1. “Halavao ny kofehinao, ary aoreno mafy ny tsuma-dainao” (Isaia 54:2).

- Inona araka ny hevitrao ny dikan’ ilay fehezan-teny hoe “Halalaho ny itoeran’ ny lainao”? (Isaia 54:2). (Tian’ ny Tompo ny hizaran’ ny mpikambana ao amin’ ny Fiangonana ny filazantsara amin’ ny olona maro mba hahafahany manenika an’ izao tontolo izao. Naminany i Isaia fa amin’ ny andro farany, dia handroso haingana ny Fiangonana ary olona maro manerana an’ izao tontolo izao no hiova fo amin’ ny fahamarinana [Isaia 54:3]).
- Inona koa ny torohevitra hafa omena ao amin’ ny Isaia 54:3 mikasika ny lay, na ny Fiangonana? Ahoana no ahafahantsika manaraka io torohevitra io? Azonao fintinina eny amin’ ny solaitrabe ny fanadihadiana, raha tianao, araka ny ohatra eo ambany.

<u>Torohevitra avy amin’ i Isaia</u>	<u>Izay azontsika atao</u>
Manenjana ny ambain-day ary manalava ny tady.	Manompo amin’ ny maha-misiônera amin’ ny fotoana maharitra; mizara ny filazantsara amin’ ny namana sy ny manodidina.
Manorina mafy ny tsuma-day (tsatoka)	Manamafy orina ny tsatoka eo antoerana

- Inona no azontsika atao hanamafisana orina ny tsatoka misy antsika? (Meto ho anisan’ ny valin-teny ireto manaraka ireto: Mampivelatra ny herim-panahy ananan’ ny tena, mitaona ny fianakaviansika sy ny namantsika hanao toy izany koa, manompo ny mpikambana sy ny tsy mpikambana manodidina antsika ary manaiky ny antso avy amin’ ny mpitarika ny fisoronana hanompo ao amin’ ny Fiangonana).

- Ahoana no itahian' ny tsatòka ny fiainan' ny olona? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 115:5–6). Ahoana no maha-toeram-piarovana sy fialofana ireo tsatòkan' i Ziona?

2. “Amin' ny indrafo lehibe kosa no ampodiako anao” (Isaia 54:7).

- Na dia efa naporitaka nandritra ny taona maro aza ny Israely, dia nampanantena ny Tompo fa hohangonina ao amin' ny Fiangonana marina izy amin' ny andro farany (Isaia 54:4–10). Inona no azontsika fantarina momba ny Tompo ao amin' ny Isaia 54:4–10? Inona ireo fitahiana manokana ampanantenain' ny Tompo ny mpanompony marina? (Jereo Isaia 54:13–14, 17). Nahoana no zava-dehibe ireo fitahiana ireo?
- Iza no asaina hahita fialofana amin' ny fitambarana miaraka amin' ny Olomasina? (Ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra). Avereno jerena ireto andalana manaraka avy ao amin' ny Isaia ireto, izay milazalaza andian' olona izay tian' ny Tompo hankany Aminy sy hahita fiadanana ao amin' ny filazan-tsara:
 - a. Isaia 55:1–3. (Izay rehetra mangetaheta). Karazana hetaheta toa inona no lazaina ao amin' ireo andininy ireo? Inona no mitranga rehefa miezaka hanome fahafaham-po ny hetaheta ara-panahy amin' ny fandania vola sy heri-po amin' ny zavatra ny nofo isika? Ahoana no ahafahana manome fahafaham-po marina ny hetaheta ara-panahy ananantsika? (Jereo 2 Nefia 9:50–51; 3 Nefia 20:8).
 - b. Isaia 55:6–7. (Ny ratsy fanahy izay mibebaka). Inona koa ny fampanantena omena izay mibebaka?
 - d. Isaia 56:3, 5–8. (Ireo vahiny tsy mahalala ny Tompo). Inona no tsy maintsy ataon' ny vahiny mba haneken' ny Tompo azy?
- Inona no ampianarin' ireo andalana ireo momba ny indra-fon' ny Tompo? Inona no ampianarin' izy ireny antsika momba ny fomba tokony hijerentsika ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra?
- Nanoratra i Isaia fa afaka mamoky ny fanahintsika ny tenin' Andriamanitra tahaka ny hamokisan' ny ranonorana sy ny orampanala ny voa (Isaia 55:10–13). Ahoana no fomba amokisan' ny tenin' Andriamanitra ny fanahintsika? (Jereo Almà 32:28, 41).

3. Ny Arivotaona dia ho fotoam-piadanana sy fifaliana.

- Tao anatin' ny asa sorany no nijoroan' i Isaia ho vavolombelona fa na dia hisy aza ny ady, ny fakampanahy ary ny fahoriana ao amin' izao tontolo izao, dia handresy ny ratsy ny tsara amin' ny farany, ary ho an' ny marina dia ho fifaliana feno ny ho avy. Nivavaka mafy i Isaia ny amin' ny Fiavian' ny Mpamonjy fanindroany, izay hitondra fanasaziana ho an' ny ratsy fanahy sy firavoravoana ho an' ny marina (Isaia 64). Inona ny hafatra feno fanantenana sy fifaliana ao amin' ny Isaia 64:1–4? Amin' ny fomba ahoana no ampitomboan' io hafatra io ny fanirianao haharitra hatramin' ny farany amin' ny fanompoana ny Tompo?
- Ny voarakitra ao amin' ny toko farany nosoratan' i Isaia dia mampiseho sary mahafinaritra momba ny Arivotaona, ilay fotoam-piadanana mandritra ny arivo taona izay manaraka ny Fiavian' ny Mpamonjy fanindroany. Araka ny voarakitra ao amin' ny Isaia 65:17–25, inona ny toe-javatra hisy mandritra ny

Arivotaona? (Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe ireto toe-javatra ireto; jereo koa ny Isaia 11:6–9).

- a. Hahary lanitra vaovao sy tany vaovao ny Tompo (Isaia 65:17).
 - b. Hisy fifaliana lehibe ary tsy hisy fitomaniana intsony ho an' ny olon' ny Tompo (Isaia 65:18–19).
 - d. Tsy ho fohy andro ny zaza minono; hahatratra zato taona izy ireo (Isaia 65:20).
 - e. Hanaram-po amin' ny vokatry ny asany ny olona (Isaia 65:21–23).
 - f. Hivaly avy hatrany ny vavaka (Isaia 65:24).
 - g. Tsy hisy fifandirana eo amin' ny biby (Isaia 65:25).
- Inona no ampianarin' ny (Isaia 63:7–9) momba ny hatsarana sy ny fitiavana tsy manam-petra ananan' ny Tompo? (Iangavio ny mpianatra hanome teny na fehezan-teny izay mampiseho ny fitiavan' ny Tompo antsika avy amin' ireo andininy ireo. Azonao soratana eo amin' ny solaitrabe izy ireny, raha tianao). Tamin' ny fomba inona no nanehoan' ny Tompo taminao “ny haben' ny famindramp-pony”?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa arakaraka ny anamafisantsika orina ny tsatòkan' i Ziona sy izarantsika ny filazantsara amin' izao tontolo izao, dia miandry antsika ny haren' ny mandrakizay. Afaka miandrindra ny Fiavian' ny Mpamonjy fanindroany sy ny fiadanana ary ny fifaliana isika, izay hisy mandritra ny Arivotaona. Ny faminanian' i Isaia dia manentana antsika hahatsiaro fa tombon-tsoa ny manompo ny Tompo ary mitahy ny mpianany Izy.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. Ny lalàn' ny fifadiankanina marina (Isaia 58:3–12)

- Inona no azontsika ianarana avy ao amin' ny Isaia 58 momba ny fifadiankanina? Inona avy ny zavatra atao amin' ny fifadiankanina marina? (Jereo Isaia 58:3–7).

Zavatra iray amin' ny fifadiankanina marina ny mahafofy manolotra fanomezana betsaka avy amin' ny fifadian-kanina. Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball: ‘Heveriko fa rehefa tena manana ny ampy isika, tahaka ny maro amintsika, dia tokony hahafoy, hahafoy betsaka. . . ary hanome, tsy ny tontalin' ny voatahiry tamin' ny fifadiana sakafo indroa misesy ihany, fa angamba betsaka, tena betsaka. . . impolo avo heny raha manana fahafahana hanao izany isika’ (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1974, 184).

- Inona ny fitahiana ampanantenaina amin' ny fiaina ny lalàn' ny fifadiankanina hita ao amin' ny Isaia 58?
 - a. Mihamatanjaka kokoa isika hanohitra ny fakampanahy (Isaia 58:6).
 - b. Hamaivanina ny enta-mavesatra mitambaby amintsika (Isaia 58:6).
 - d. Mihatsara ny fahasalaman' ny vatantsika sy ny fanahintsika (Isaia 58:8).
 - e. Mihamanetry tena sy mihavonona isika hifandray amin' ny Tompo (Isaia 58:9).
 - f. Manampy ny ory sy ny sahirana isika (Isaia 58:10).

- g. Mandray fitarihana tsy tapaka avy amin' ny Tompo isika (Isaia 58:11).
- h. Voky ny fanahintsika ao amin' ny tany karakaina, ary ho “tahaka ny lohara-no miboiboika izay tsy mety ritra” (Isaia 58:11).

Manasà mpianatra hizara ireo ohatra avy ao amin' ny soratra masina, tantaran' ny Fiangonana, na zavatra niainana manokana izay mampiseho ny fitahiana amin' ny fiaina ny lalàn' ny fifadiankanina. (Jereo Topical Guide, “Fast, Fasting.”).

- Ahoana no ahafahantsika miaina ny lalàn' ny fifadiankanina amim-pahazotoana kokoa?

2. Fanazavana ny asa fanompoan' ny Mpamonjy

- Ny (Isaia 61:1–3) dia fanambarana ny antso sy ny asa fanompoan' ny Mpamonjy. Tamin' ny fiandohan' ny asa fanompoany tao Nazareta, dia nilaza ireto andininy ireto ny Mpamonjy ary niteny tamin' ny olona hoe: “Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany” (Lioka 4:14–21). Inona no ampianarin' ireo andininy ireo momba ny toetran' i Jesoa Kristy sy ny asa nanirahana Azy?

3. Ny Fiavian' i Kristy fanindroany (Isaia 63:1–6)

- Voalaza ao amin' ny (Isaia 63:1–6) ny Fiavian' ny Mpamonjy fanindroany. Inona no ho lokon' ny fitafian' ny Mpamonjy rehefa tonga amin' ny Voninahiny Izy? (Isaia 63:2; Apokalypsy 19:11–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:46–48). Maneho inona ny loko mena? (Ny ra izay nalatsany raha nijaly noho ny otantsika tao Getsemane sy teo amin' ny hazo fijaliana Izy).

Tanjona

Hanentana ny mpianatra hitoetra mahatoky amin’ ny fotoan’ ny fanoherana sy ny fahoriana.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireo andalana avy ao amin’ ny Jeremia, izay dinihina ao amin’ ity lesona ity. Miompana amin’ ny herim-po sy ny fanoloran-tenan’ i Jeremia ity lesona ity, raha niatrika ny fanoherana avy amin’ ny olona nanodidina azy izy.
2. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia mitondrà anja-bỳ any am-pianarana.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona****Fisarihana saina**

Azonao ampiasaina, raha tianao, ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Asehoy ny anja-bỳ ary manasà mpianatra iray hanandrana hanapaka izany. Avy eo dia omeo ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Raha mampiseho toetra ananan’ ny olona iray io zavatra io, inona no hasehon’ izany raha ny momba azy?
- Iangavio ny mpianatra hamaky ny Jeremia 1:17–19. Inona ny fehezanteny ampiasain’ ny Tompo ao amin’ ny andininy faha-18 hilazana an’ i Jeremia? Karazan’ olona toy inona i Jeremia araka ny voalaza ao amin’ireo fehezanteny ireo? Inona no hotsapanao raha nampiasaina hilazana anao ireo fehezanteny ireo, raha eo am-panatontosana antso sy andraikitra avy amin’ ny Tompo ianao?

Hazavao fa nanohitra an’ i Jeremia ny mpanjaka, ny zanaka mpanjaka, ny mpisorona ary ny olona rehetra tao amin’ ny firenena tamin’ ny asa nanirahana azy, saingy tsy niroa fo izy nanao izay nandidian’ ny Tompo azy. Itodiho ilay anja-bỳ ka hazavao fa “andry vy” izay nanana hery lehibe i Jeremia tamin’ ny fotoampahoriana ary tsy folaka na tapaka.

**Fanadihadiana sy
fampiharana
soratra masina**

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba fampiharana ireny eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina.

Nanao ny asa fanompoana i Jeremia nandritra ny nanapahan’ ny mpanjaka dimy, nanomboka tamin’ i Josia ka hatramin’ i Zedekia (ny 626 ka hatramin’ ny 586 taona talohan’ i Jesoa Kristy). Niaraka tamin’ i Josia, dia niezaka izy hanodina ny olona hiala amin’ ny fanompoan-tsampy sy ny fahavetavetana. Kanefa dia nana-

paka tao anatin' ny faharatsiana ny mpanjaka nandimby an' i Josia, ary tao anaty apôstazia tanteraka ny olona. Ny asa nanirahana an' i Jeremia dia ny hanandraatra feo fampitandremana amin' ireo olona ireo, ary ny fanamelohany ny faharatsian' izy ireo dia anisan' ny tena mafy ao amin' ny soratra masina rehetra. Ny azy no iray amin' ny feo fampitandremana farany alohan' ny nandresen' ny Babyloniana an' i Joda.

Feno alahelo ny fiainan' i Jeremia, kanefa dia afaka mampianatra sy manainga antsika ny fanoherany ny fitsapana. Nokapohina sy nogadrana izy noho ny faminiany nanohitra ny fanjakan' i Joda. Nitataovana horohoro tsy tapaka ny fiainany. Kanefa na dia teo aza ireo fahoriana sy fanoherana rehetra, dia tahaka ny "andry vy" i Jeremia (Jeremia 1:18). Firaketana manokana sy mampiantana momba ny fisedran' ny mpaminany fiainana feno alahelo sy fahakiviana ny bokin' i Jeremia.

1. Jeremia voantson' Andriamanitra ho mpaminany.

Avereno jerena ny fitantarana ny fiantsoana an' i Jeremia ho mpaminany araka ny voarakitra ao amin' ny Jeremia 1:4–10.

- Inona no ampianarin' ny fiantsoana an' i Jeremia antsika momba ny fotopampianaran' ny fanendrena hatrany am-piandohana? (Jereo Jeremia 1:5). Ahoana araka ny hevitrao no nanampy an' i Jeremia ny fahafantarany fa efa voatendry hatrany am-piandohana ho mpaminany izy talohan' izao fiainana izao?

Hoy ny mpaminany Joseph Smith: "Ny olona rehetra izay nahazo antso hanompo ny olona eto an-tany dia voatendry tamin' izany asa lehibe izany tao amin' ny Filankevi-dehiben' ny lanitra alohan' ny nisian' ity izao tontolo izao ity" (*History of the Church*, 6:364).

- Inona no nataon' ny Tompo rehefa nahatsapa i Jeremia fa tsy ho vitany ny hanatanteraka ny antsony? (Jereo Jeremia 1:6–10). Ahoana no nanalan' ny Tompo ny ahiahinao rehefa nahatsapa ianao fa tsy hahavita?

2. Olona maro no nanohitra an' i Jeremia sy niezaka ny hisakana azy tsy hanatontosa ny asa nanirahana azy.

Ampiasao ireto soratra masina manaraka ireto hanadihadiana ny fanoherana natrehin' i Jeremia tamin' ny fotoana nanatontosany ny iraka nampanaovin' ny Tompo azy:

- a. Jeremia 20:1–6. Tsy faly tamin' ny faminiana nataon' i Jeremia i Pasora, ilay mpisorona sady mpiandraikitra ny tempoly, ka namely sy nanagadra an' i Jeremia. Naminany i Jeremia fa hoentiny ny Babyloniana ho babo ary ho faty any Babylona i Pasora sy ny fianakaviany ary ny sakaizany.
- b. Jeremia 26:7–15. Ny ankamaroan' ny olona tao amin' ny firenena, anisan' izany ny mpisorona, dia nanohitra an' i Jeremia sy ny hafatra nomeny (26:7–11). Na izany aza, dia tamin' ny fahasahiana no nanambarany ny hafatra nandidian' ny Tompo azy mba homena (26:12–15). Na ny nanodidina azy sy ny havany aza dia nanohitra sy nankahala an' i Jeremia (11:19–21; 12:6. Mariho fa avy any amin' ny tanànan' i Anatota i Jeremia).
- d. Jeremia 36:1–6, 20–32. Natao an-tsoratra ary novakina tamin' ny olona ny teny faminiany i Jeremia (36:1–6). Nodoran' ny mpanjaka ireo teny ireo, ary nodidin' ny Tompo i Jeremia handrakitra izany an-tsoratra indray (36:20–32).

- e. Jeremia 37:12–15; 38:4–13. Nohelohina tamin’ ny tsy marina i Jeremia ary nahiditra am-ponja (37:12–15). Nalatsaka tao amin’ ny lavaka famorian-drano izy ka dia nilentika tao anaty fotaka (38:4–6). Araka ny baikon’ i Zedekia mpanjaka, dia nakarina avy tao anaty lavaka i Jeremia ary naverina tany am-ponja (38:7–13).
- Inona no ambaran’ ny Jeremia 20:14–18 momba ny tsapan’ i Jeremia raha niharitra fanoherana tsy nisy toy izany izy? Inona no azontsika ianarana avy amin’ i Jeremia ka hanampy antsika rehefa ianjadiana fahoriana isika? (Mety ho anisan’ ny valin-teny ny hoe: nanohy nankatò ny Tompo izy ary nananton-tosa ny antsony na dia teo aza ny fanenjehana azy sy ny fahakiviany; jereo Jeremia 26:12–15).
 - Ao amin’ ny Jeremia 2:13, inona no zava-dratsy roa loha nolazain’ ny Tompo fa nataon’ ny olony? (Nahafoy Azy loharanon’ aina izy ireo. Ary nihady lavaka famorian-drano ho an’ ny tenany izy ireo, izay lavaka mitriatriatra tsy mahatana ny ranon’ aina avy amin’ ny Tompo, midika fa nitady fahafenoana sy fianteherana tamin’ ny zavatr’ izao tontolo izao izy ireo). Nahoana no sarotra ho an’ ny olona toy izany ny manaiky ny tenin’ i Jeremia? Nahoana no tsy ho afaka hahatohitra fahoriana tahaka ny nataon’ i Jeremia izy ireo? Ahoana indraindray no miady “lavaka famorian-drano mitriatriatra” izay tsy mahatana ny ranon’ aina avy amin’ ny Mpamonjy isika?

Hoy ny Loholona Marion D. Hanks:

“Misarika be loatra ny saintsika ny zavatra ny tany. Mandany ny fotoantsika sy ny herintsika ny fiadiana ny ho an’ izay ilaintsika na betsaka kokoa noho izay ilaintsika. Mitady fahafinaretana sy fialamboly hatrany isika na manjary diso mirona loatra amin’ ny asam-pikambanana na raharaham-pirenena. Marina fa ilain’ ny olona ny miala voly, ilaina ny mahavita zavatra, ilaina ny mandray anjara; kanefa raha manoatoana ny fiarahana amin’ i Kristy ireo, dia lafo loatra ny sandany.

“Fa zava-dratsy roa loha no nataon’ ny oloko, hoy ny Tompo tamin’ ny Israely; ‘efa nahafoy Ahy loharanon’ aina izy ireo, ka niady lavaka famorian-drano ho an’ ny tenany, nefa lavaka mitriatriatra tsy mahatan-drano.’ (Jeremia 2:13).

“Ny fanoloana nataontsika haka ny toeran’ Andriamanitra eo amin’ ny fiainantsika dia tsy nahatana rano loatra. Rehefa mandà ny ranon’ aina isika, dia tsy hahita ny fifaliana mety ho azo amin’ izany” (tao amin’ ny Conference Report , Apr. 1972, 127; na *Ensign*, Jolay 1972, 105).

Tanteraka ny faminanian’ i Jeremia fa ho ravan’ ny Babyloniana i Jerosalema, araka ny voarakitra ao amin’ ny Jeremia 39–40. Tao am-ponja i Jeremia nandritra ny fahirano, ary dia nohafahan’ ny Babyloniana izy, ary navelany hitoetra tao amin’ ny tanin’ i Joda izy sy ny Jiosy sisa tavela. Johana, ilay mpitarika ireo izay tafajanona, dia niangavy an’ i Jeremia mba hitady ny sitrapon’ ny Tompo amin’ izy ireo ary nampanantena ny hankatò izany (Jeremia 42:1–6). Tamin’ ny alalan’ i Jeremia no nilazan’ ny Tompo ny olona mba hijanona ao amin’ ny tanin’ i Joda ary nampanantenainy fitahiana izy ireo raha manao izany (Jeremia 42:9–22). Kanefa dia notarihin’ i Johana nankany Egipta ny olona, ka tany dia nanohy nanao ratsy ny ankamaroan’ izy ireo (Jeremia 43–44).

3. Jeremia ankaherezina tao anatin' ny fahoriana noho ny fitiavany ny tenin' Andriamanitra.

Diniho miaraka ireto soratra masina manaraka ireto, izay mampiseho ny fomba nanampian' ny tenin' ny Tompo an' i Jeremia hitoetra ho matanjaka tao anatin' ny fotoam-pahoriana.

- Araka ny voarakitra ao amin' ny Jeremia 1:9, inona no napetraky ny Tompo tao amin' ny vavan' i Jeremia? Araka ny voarakitra ao amin' ny Jeremia 15:16, inona no nanaovan' i Jeremia ny tenin' ny Tompo? (Nohaniny ireny, izay araka ny fiteny amin' ny tononkira dia midika fa nanjary ampahany amin' ny tenany ny tenin' Andriamanitra). Inona no tsapan' i Jeremia momba ny tenin' ny Tompo?
- Ahoana no ahafahantsika “mihinana” ny tenin' ny Tompo tahaka ny nataon' i Jeremia? (Amin' ny fandalinana ny soratra masina sy ny torohevitra ny mpaminanin' ny andro farany). Niteny i Nefia ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny mba “hivokisana amin' ny tenin' i Kristy” (2 Nefia 32:3). Ahoana no ahafahan' ny fivokisana amin' ny tenin' ny Tompo mankahery antsika?
- Ao amin' ny Jeremia 20:9, ahoana no nilazan' i Jeremia ny tenin' ny Tompo ao anatin' ny? Inona araka ny hevitrao ny dikan' ny hoe: manana ny tenin' ny Tompo ho afo mirehitra voahidy ao amin' ny taolanao? Nahoana araka ny hevitrao no tsy afaka ny tsy hampianatra ny tenin' ny Tompo i Jeremia?

Famaranana

Lazao ny fihetseham-ponao momba ny ohatra nasehon' i Jeremia sy ny ilana ny ho mahatoky amin' ny fotoam-pahoriana. Entano ny mpianatra hitady sy handinika ny tenin' ny Tompo mandra-pahatongan' ireo teny ireo ho afo voahidy ao anatin' ny taolany, mankahery azy ireo rehefa manao ny asan' ny Tompo izy ireo. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia aseho ny anja-bÿ ary entano ny mpianatra ho lasa tahaka an' i Jeremia, andry vy iray ho an' ny Tompo.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto, raha tianao.

1. “Tanimanga. . . eo an-tanan' ny mpanefy” (Jeremia 18:6)

- Avereno jerena ny tantaran' i Jeremia nitsidika ilay mpanefy, araka ny voarakitra ao amin' ny Jeremia 18:1–4. Inona no nampianarin' ny Tompo ny olony tamin' ny alalan' ny zavatra nodiavin' i Jeremia? (Jereo Jeremia 18:5–10. Nasehon' ny Tompo azy fa raha nibebaka izy ireo, dia ho volavolainy ho tsara kokoa izy ireo, tahaka ny namolavolan' ny mpanefy indray ny vazy iray izay tsy nety. Notsahiviny taminy koa fa nanana fahefana handringana azy ireo koa Izy raha tsy nibebaka izy ireo).
- Ahoana no ampiharana io fanoharana io amintsika amin' izao fotoana izao? Ahoana no hahalasa antsika tanimanga tsaratsara kokoa eo an-tanan' ny Tompo? (Amin' ny fanetrentena—amin' ny fankatoavana, fibebahana, fitokiana amin' ny Tompo ary fikatsahana ny sitrapony. Asao ny mpianatra hizara zavatra niainana izay maneho ny fomba namolavolana sy nanomanan' ny

Tompo ny olona hanatontosa ny asany). Inona no mitranga raha manohitra ny hovolavolain' ny Tompo isika?

Nanome ireto fomba fijery manaraka ireto ny Filoha Heber C. Kimball ny amin' ny fanoharana ao amin' ny Jeremia 18:1–10:

“Izay rehetra azon' ny tanan' Andriamanitra volavolaina ary mankatò ny didiny, dia vazim-boninahitra, ka horaisin' Andriamanitra izy ireny” (*History of the Church*, 4:478).

“Misy vazy maro izay potika rehefa avy novolavolaina sy nomena endrika. Fa nahoana? Satria tsy faly tamin' ny endrika nomen' ny mpanefy azy izy ireo, koa dia naka endrika izay tiany ihany; noho izany dia tsy afaka hahatakatra izay tian' Andriamanitra izy ireo ary manapotika ny tenany amin' ny herin' ny safidiny manokana. [Ireny olona ireny] dia tsy maintsy handalo famolavolana sy endrika maro, rehefa izany. . . dia tsy maintsy halamaina sy hodoroana; ary na dia eo am-pandoroana aza, dia vaky ny vazy sasany” (tao amin' ny Stanley B. Kimball, *Heber C. Kimball; Mormon Patriarch and Pioneer* [1981], 270).

2. Jeremia nitry tamin' ny fotoana izay nitorian' i Lehia, mpaminany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.

Teo am-pampianarana sy am-pampitandremana ny olon' i Joda i Jeremia raha niala tao Jerosalema i Lehia. Samy naminany na i Jeremia na i Lehia fa ho rava i Jerosalema.

- Taiza i Jeremia raha niala an' i Jerosalema i Lehia sy ny ankehonany? (Jereo Jeremia 37:15–16; 1 Nefia 7:14).
- Nandany fotoana maro i Jeremia nanoroana hevitra an' i Zedekia, mpanjakan' i Joda, kanefa dia nandà ny hankatò ny tenin' ny Tompo izay nolazain' i Jeremia i Zedekia. Inona no nanjo an' i Zedekia vokatry ny tsy fankatoavany? (Jereo Jeremia 39:4–7).
- Avy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna no ahafantarantsika fa iray amin' ny zanak' i Zedekia no tsy novonoin' ny Babyloniana. Iza no anaran' izy io? (Jereo Helamana 8:20–21). Taiza izy no nandeha? (Jereo Omnia 1:15).

“Hosoratako ao am-pony izany”

Lesona
42

Jeremia 16; 23; 29; 31

Tanjona Hanentana ny mpianatra handray anjara amin’ ny asa lehiben’ Andriamanitra amin’ ny andro farany sy hanana ny lalàny voasoratra ao am-pony.

Fanomanana 1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny Jeremia 16; 23; 29; ary 31.
2. Vakiteny hafa: Jeremia 3–9; 13; 30; 32:37–42; 33; 35.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana ny saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

- Raha afa-nanatri-maso na nandray anjara tamin’ ny tantara na toe-javatra niseho tao amin’ ny Testamenta Taloha ianao, inona no ho nofidinao? (Azonao soratana eny amin’ ny solaitrabe, raha tianao, ny valin-tenin’ ny mpianatra).
- Inona no antony ho nitiavanao hanatri-maso na handray anjara tamin’ io toe-javatra io?
- Inona no mitranga ao amin’ ny Fiangonana amin’ izao fotoana izao ka mety hampitahaina amin’ ny toe-javatra sasany nofidinao?

Hazavao fa na dia vitsy aza ny hafatra mifono fanantenana nananan’ i Jeremia ho an’ ny olona tamin’ ny androny, dia naminany fotoam-panantenana mandritra ny fanangonana ny Israely amin’ ny andro farany izy. Ity lesona ity dia manadihady ny faminanian’ i Jeremia ny amin’ ny fanangonana lehibe amin’ ny andro farany, izay andraisantsika anjara ny amin’ izany amin’ izao fotoana izao.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny eo amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Jeremia maminany ny fanangonana ny Israely amin’ ny andro farany.

Raha tsy voalaza ao amin’ ny fisarihana saina ny fivoahan’ ny Israely avy tao Egipta, dia hazavao fa iray amin’ ny toe-javatra tena mahagaga indrindra tao amin’ ny Testamenta Taloha izany. Hita ao amin’ ny bokin’ i Jeremia izany ary ao amin’ ny boky hafa ao amin’ ny Testamenta Taloha, ary koa ao amin’ ny Bokin’ i Môrmôna.

- Inona no tsapan’ i Mosesy momba ny Fahafahana? (Jereo Deutoronomia 4:32–35). Ho tahaka ny inona araka ny hevitrao izany ho anisan’ ny nandray anjara tamin’ ny fivoahan’ ny Israely avy ao Egipta izany?

- Taranaka maro tatỳ aoriana, dia nahita fahitana ny amin' ny toe-javatra hitranga amin' ny andro farany i Jeremia, izay nolazain' ny Tompo ho lehibe tahaka ny Fahafahana (Jeremia 16:14–16; 23:3–8). Inona no toe-javatra hitranga voalaza ao amin' ny Jeremia 16:15 sy 23:3? (Ny fanangonana an' Israely sy ny fandrosoan' ny Fiangonana). Iza ireo mpiandry ondry voalaza ao amin' ny Jeremia 23:4? (Ny mpitarika ao amin' ny fisoronana sy ny mpitarika hafa ao amin' ny Fiangonana). Iza ilay Mpanjaka resahina ao amin' ny Jeremia 23:5–7? (Jesoa Kristy). Nahoana araka ny hevitrao no zava-dehibe tahaka ny Fahafahana ireo toe-javatra ireo?
- Nilaza ny Loholona LeGrand Richards fa ny mpanjono sy ny mpihaza voalaza ao amin' ny Jeremia 16:16 dia ny misiôneran' ny fiangonana (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1971, 143; na *Ensign*, Jona 1971, 98–99). Inona no itovizan' ny mpanjono sy ny mpihaza amin' ny misiônera? (Jereo Matio 4:18–19). Ahoana no ahafahantsika ho tonga misiônera mahomby kokoa?

2. Andriamanitra hanoratra ny lalànany ao am-pon' ny olony.

- Niantehitra tamin' i Mosesy ny zanak' Israely mba hahazo fanambarana ho azy mandritra ny nitoerany tany an-tany foana. Inona no nandrindrain' i Mosesy ao amin' ny Nomery 11:29? (Tiany hianatra ny lalàn' Andriamanitra sy hianatra hihaino ny Fanahy Masina samirery ny olona).
- Araka ny voarakitra ao amin' ny Jeremia 31:31–34, inona no nampanantenain' ny Tompo hatao amin' ny andro farany? (Jereo koa Ezekielia 11:17–20; 36:24–28; Korintiana faharoa 3:2–3). Midika inona ny fananana ny lalàn' Andriamanitra voasoratra ao am-pontsika? Inona no tsy maintsy ataontsika mba hananana ny lalàn' Andriamanitra voasoratra ao am-pontsika?
- Mitondra inona amin' ny toetrantsika ny fananana ny lalàn' Andriamanitra voasoratra ao am-pontsika? Azonao dinihina miaraka ny fomba anampian' io antsika hankatò didy manokana, toy ny:
 - a. Tia ny namantsika.
 - b. Manaja ny ray aman-drenintsika.
 - c. Madio ara-pitondran-tena.
 - d. Manaja ny andro Sabata ho masina.
 - e. Mifidy ny sarimihetsika, ny fandaharan' ny fahitalavitra, ny boky ary ny gazetiboky sahaza.
 - f. Mitondra fitafy maotina.
 - g. Mifidy mozika mendrika.
- Nanontaniana i Joseph Smith indray andro ny amin' ny fomba hahombiazany mitondra olona maro. Hoy izy: “Fitsipika marina no ampianariko ny olona ary dia izy ihany no mitondra ny tenany” (notantarain' i John Taylor, tao amin' ny *Journal of Discourses*, 10:57–58). Ahoana no ifandraisan' io teny io amin' ny fananana ny tenin' Andriamanitra voasoratra ao am-pontsika?
- Naminany i Jeremia fa afaka 70 taona aorian' ny nitondrana ny olon' i Joda ho babo any Babylona, dia hiverina ao amin' ny taniny izy ireo ary hiaina mifanaraka tsara amin' Andriamanitra indray (Jeremia 29:10–14; ny fahatanterahan' io faminaniana io dia hodinihina ao amin' ny lesona 47). Araka ny ao amin' ny Jeremia 29:12–14, inona no azontsika atao mba hanatonana an' Andriamanitra? Inona no ifandraisan' ny teny *miantso*, *mivavaka*, *mikaroka* ary

mitady amin' ny fihetsika tokony hananantsika, rehefa miezaka hanatona an' Andriamanitra isika? Asao ny mpianatra hizara zavatra niainana izay nikatsahany hanatonana an'Andriamanitra.

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa miaina amim-piravoravoana ao anatin' ny fotoana izay novinanian' i Jeremia sy ny mpaminany maro isika. Entano ny mpianatra handray anjara amin' ny fanangonana ny Israely ary hanana ny lalàn' Andriamanitra voasoratra ao am-pony.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovoan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona ny iray na mihoatra amin' ireo hevitra ireo, raha tianao.

1. Iza no fotoana hibebahana

Omena mandrakariva ho an' ireo izay mibebaka ny famindram-pon' ny Tompo. Kanefa ny olona izay manemotra ny fotoana hibebahany dia mety hahita fa mihasarotra mihasarotra hatrany ny mibebaka.

Nampianatra ny Filoha Joseph F. Smith manao hoe: “Ny olona manana ota mivosa sy tsy nahazo famelana dia mety hahita fa tsy misy hevitra intsony ny miverina ary tsy misy fanantenana ny fiainana; ary izay manafoana tsy amim-pieritretana ny fahafahana rehetra hiverina, amin' ny tsy firaharahiana ny ratsy vita, dia ho mahantra tokoa. Ny fanao isan' andro hikatsahana ny famindram-po sy ny famelan' Andriamanitra, raha mitozo isika, dia manome antsika hery hialana amin' ny ratsy” (*Gospel Doctrine*, fanontana faha-5 [1939], 374).

- Inona no ampianarin' ireto andalana ireto momba ny maha-zava-dehibe ny fihainoana ny tenin' ny Tompo ary ny fibebahana faingana.

Jeremia 5:1–5, 21–25

Jeremia 6:10–17

Jeremia 7:23–28

Jeremia 8:6–12, 20

Jeremia 13: 11, 23

Jeremia 17:23

2. Mihaino ny tenin' ny mpaminany

- Matetika no nanoratra i Jeremia fa tsy nihaino ny teniny ny olona (Jeremia 7:13; 25:3–4; 26:2–5; 32:33). Inona amin' ny tenin' ny mpaminany amin' ny andro farany no tokony harahintsika mafy kokoa?

3. Mamerina ny otan' ny taranaka teo aloha

- Nampitandrina ny Jiosy tamin' ny androny i Jeremia fa mitovy amin' ny ota nanafaizana mafy ny taranaka teo aloha no nataon' izy ireo (Jeremia 11:1–12). Nahoana araka ny hevitrao no tsy nisintona lesona avy amin' ny ota nataon' ny razambeny ny olona tamin' ny andron' i Jeremia, indrindra indrindra fa voarakitra an-tsoratra mazava tsara ny sazy natao ho an' ireny ota ireny? Ahoana no ahafahantsika mahazo tombon-tsoa feno avy amin' ny lesona azon' ireo taranaky ny olon' ny Fanekempihavanan' Andriamanitra teo aloha.

4. Ny maha-zava-dehibe ny fitokiana amin' Andriamanitra

- Ao amin' ny Jeremia 17:5–8, inona ny fanoharana atao eo amin' ny olona izay mitoky amin' ny olombelona sy ny olona izay mitoky amin' Andriamanitra? Ahoana no nahitanao fa mitombona ireo fanoharana ireo? Ahoana no anehoanao ny fitokiana amin' Andriamanitra?

5. Mpaminany sandoka

- I Zedekia dia mpanjaka izay tia ny hilazan' ny mpaminany aminy izay tiany ho re. Noho izany, dia mpaminany sandoka maro no nampanantena fa tsy ho rava i Jerosalema (Jeremia 28:1–4; 37:19). Amin'izao fotoana izao dia mpaminany sandoka maro no tonga “amin' ny fitafian' ny ondry” (Matio 7:15). Inona no manaporofa fa misy mpaminany sandoka eny anivontsika amin' izao fotoana izao? Inona no hafatra sasantsasany avy amin' ny mpaminany sandoka amin' izao fotoana izao? Ahoana no ahafahantsika misoroka ny fitarihana amin' ny lalan-diso ataon' ny mpaminany sandoka?

Ny mpiandry ondrin' ny Israely

Lesona
43

Ezekiela 18; 34; 37

Tanjona Hanentana ny mpianatra hanatontosa ny andraikiny amin' ny “maha-mpiandry ondrin' ny Israely azy” (Ezekiela 34:2).

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Ezekiela 34. Tsy ankasitrahan' ny Tompo ireo mpiandry ondry izay tsy mamahana ny andian' ondry. Hitady izay ondry rehetra very Izy ary ho mpiandry azy ireo.
 - b. Ezekiela 18:21–32. Nampianatra i Ezekielia fa ny ratsy fanahy izay mibebaka dia hovanjena ary ny tsara izay miverina amin' ny faharatsiana dia ho voaroaka.
 - d. Ezekiela 37:1–14. Nahita fahitana i Ezekielia, izay ahitana taola-maina nove-lomina.
 - e. Ezekiela 37:15–28. Naminany i Ezekielia fa ny tapa-kazon' i Joda sy ny tapa-kazon' i Josefa dia ho tonga tapa-kazo iray ihany eny an-tanan' ny Tompo.
2. Vakiteny hafa: Ezekielia 2.

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Vakio (na soraty eny amin' ny solaitrabe) ity fanontaniana manaraka ity:

- Inona no maha-samy hafa ny mpiandry amin' ny mpikarama?

Langavio ny mpianatra hihaino ny valin' ity fanontaniana ity ao amin' ity teny nindramina avy amin' ny Filoha Ezra Taft Benson manaraka ity (azonao ampamankiana mpianatra iray ilay teny nindramina, raha tianao).

“Tamin' ny andron' i Jesoa, dia nalaza tamin' ny fiarovany ny ondriny ny mpiandry ondry Palestiniana. Tsy tahaka ny mpikarama amin' izao fotoana izao, ny mpiandry ondry dia tsy maintsy mialoha lalana ny andian' ondriny. Notarihiny izy ireo. Fantatry ny mpiandry ny ondry tsirairay ary indraindray dia nomeny anarana avy. Mahalala ny feony ny ondry sady nitoky taminy ka tsy hanaraka vahiny. Noho izany, rehefa miantso izy dia hanatona azy ny ondry. (Jereo Jaona 10:14, 16).

“Amin' ny alina dia entin' ny mpiandry ondry amin' ny toerana mifefy antsoina hoe “valan' ondry” ny ondriny. Fefy avo no manodidina ny valan' ondry, ary tsilo no napetraka teny amboniny mba hisakanana ny biby dia sy ny mpangalatra tsy hihanika.

“Indraindray anefa dia misy biby dia entanin-kanoanana tafahoatra ny fefy ihany ary tafiditra eo anivon’ ny ondry, mampitahotra azy. Ny zava-miseho toy izany no mampiavaka ny mpiandry ondry—olona izay tia ny ondriny—amin’ ny mpikarama—olona izay miasa ho an’ ny vola sy ny adidy fotsiny.

“Ny mpiandry tsara dia vonona hanolotra ny ainy ho an’ ny ondriny. Handeha eo anivon’ ny ondriny izy ary hiady ho an’ izay mahaso azy ireo. Ny mpikarama indray eo an-daniny dia nanome lanja izay hahaso ny tenany aloha izay vao ny ondry, ary hanao izay handosirana ny loza amin’ ny ankapobeny” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1983, 61; na *Ensign*, Mey 1983, 43).

Rehefa voavaky ilay teny nindramina, dia iangavio ny mpianatra hamintina ny fahasamihafana misy eo amin’ ny mpiandry ondry sy ny mpiandry ondry karaina (na mpikarama). Ampiasao ireto fanontaniana ireto raha ilaina, ary soraty eny amin’ ny solaitrabe ny valin-teny:

- Aiza no alehan’ ny mpiandry ondry raha oharina amin’ ny ondry? Aiza no alehan’ ny mpikarama? (Ny mpiandry ondry dia mandeha eo alohan’ ny ondry ary mitarika azy ireo; ilay teny nindramina dia milaza fa ny mpikarama dia mandeha any aorian’ ny ondry ary manosika azy ireo).
- Inona no fifandraisan’ ny mpiandry ondry amin’ ny ondry tsirairay? Inona kosa no fifandraisan’ ny mpikarama amin’ ny ondry tsirairay?
- Ahoana no fihetsiky ny mpiandry ondry rehefa tandindomim-doza ny ondriny? Ahoana kosa no fihetsiky ny mpikarama?

Hazavao fa manadihady ny andraikitsika amin’ ny maha-mpiandry ondry arapanahy antsika ity ampahan-desona ity.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin’ ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana manokana izay mifandray amin’ ny fitsipiky ny soratra masina

Tamin’ ny taona 597 talohan’ i Jesoa Kristy, dia nitondra olona maro avy ao amin’ ny fanjakan’ i Joda ho babo i Nebokadnezara mpanjakan’ i Babylona. Tao anatin’ ireny babo ireny i Ezekiela izay nantsoin’ ny Tompo ho mpaminany dimy taona tatỳ aoriana. Tamin’ ny taona 587 talohan’ i Jesoa Kristy dia nopotehin’ ny Babyloniana i Jerosalema ary maro no lasa babo. Nanompo ny olony natao sesintany i Ezekiela hatramin’ ny taona 570 talohan’ i Jesoa Kristy.

Ahitana famaizana mahery vaika sy fampanantenana mahafinaritra ny asa soratr’ i Ezekiela, izay mihatra tsy tamin’ ny fanjakan’ i Joda fahagola ihany fa amin’ ny Israely manontolo, ao anatin’ izany ny mpikambana ao amin’ ny Fiangonana amin’ izao fotoana izao. Na dia rava aza i Jerosalema, dia mbola naminany andro iray izay hahatafahangona sy hampodiana ny Israely i Ezekiela. Io toe-javatra io no hita tao amin’ ny fahitany momba ny lohasaha feno taola-maina sy tao amin’ ny faminaniany momba ny tapa-kazon’ i Joda sy i Josefa.

1. Ny mpiandry ondrin’ ny Israely

Ampianaro ary diniho miaraka ny Ezekiela 34. Ao amin’ io toko io dia nanasazy ny mpiandry ondry tia tena an’ ny Israely ny Tompo, izay tsy namahana ny andian’ ondriny. Rehefa izany dia nilaza ny tenany ho Mpiandry Tsara izay

hanangona ny andian' ondriny amin' ny andro farany Izy sady hitarika azy mandritra ny Arivotaona.

- Iza ny mpiandry ondrin' ny Israely resahina ao amin' ny Ezekiela 34? (Ireo mpitondra fivavahana tamin' ny andron' i Ezekiela). Nahoana no tsy faly tamin' izy ireo ny Tompo? (Jereo Ezekiela 34:2–4). Inona no hitranga amin' ny ondry rehefa manao tandrevaka ny amin' izy ireo ny mpiandry ondry? (Jereo Ezekiela 34:5–6).
- Rehefa inona no azo lazaina fa mpiandry ondrin' ny Israely ny tsirairay amin-tsika? (Natao hifampitsinjo sy hifankahery isika amin' ny maha-ao amin' ny fianakaviana antsika, mpikambana antsika, mpifanolo-bodirindrina antsika, mpampianatra sy mpamangy isan-tokantrano antsika ary mpikambana ao amin' ny kôlejy sy mpianatra antsika).

Hoy ny Loholona Bruce R. McConkie: “Na iza na iza manompo ao amin' ny anjara fanompoana ao amin' ny fiangonana, ka miandraikitra izay mahasoana ny ara-panahy na ny ara-batan' ny tsirairay amin' ny zanaky ny Tompo, dia mpiandry an' ireo ondry ireo. Tazonin' ny Tompo ho tompon' andraikitra ny amin' ny fiarovana (famondra) ny ondriny ireo mpiandry ireo” (*Mormon Doctrine*, fanontana faha-2 [1966], 710).

- Tsy faly amin' ny sasany amin' ny mpiandry ondry ny Tompo, satria ny tenany no nofahanany fa tsy ny ondriny? (Ezekiela 34:2–3, 8). Ahoana no mety hanaovantsika izany fahadisoana izany amin' izao fotoana izao?
- Araka ny Ezekiela 34:11–16, inona no ataon' ny mpiandry tsara ho n' ny ondriny? (Mariho ny matoanteny mikaroka, mitady, mamonjy, manangona, mamahana, manarina ary mankahery). Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa tsy ho very na hanjary hiparitaka? Ahoana no ahafahantsika manampy hanangona ireo izay niparitaka? Ahoana no ahafahantsika mamahana sy mankahery ny andian' ondrin' ny Tompo? Ahoana no nitahian' ireo mpiandry marina izay nanao ireo zavatra ireo antsika?

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson: “Miantso anareo izahay hiasa mafy kokoa miaraka amin' ny fahafoizan-tena vaovao. . . .Tianay ny hiambenanareo, hamahananareo, handraisanareo ary hikarakaranareo ny andian' ondry, ary raha misy amin' izy ireo sendra very, dia manentana anareo izahay hitady azy ireo” (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1983, 64; na *Ensign*, Mey 1983, 45).

- Ahoana no hoe mpiandry antsika ny Mpamonjy? (Jereo Ezekiela 34:11–16; Salamo 23; Isaia 40:11; Jaona 10:11–15). Azonao dinihina miaraka, raha tianao, ny fomba nanaovan' ny Mpamonjy ny zavatra tsirairay voalaza ao amin' ny soratra masina. Mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny Mpamonjy araka ny anentanan' ny Fanahy anao.

2. Fibebehana sy famelana

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezekiela 18:21–32.

- Inona no ampianarin' io andalana io momba ny fibebahana sy ny famelana? (Jereo Ezekiela 18:21–22, 27–28). Inona no atao hoe “manao izay hananana fo vaovao sy fanahy vaovao”? (Ezekiela 18:31). Nahoana no zava-dehibe ny mahatakatra fa ny fibebahana dia sady fialana amin' ny ota no fananana fiovam-po? Ahoana no ahafahantsika mahatsapa izany fiovam-po izany? (Jereo Almah 5:7–14).

- Inona no ampianarin' io andalana io momba ny olona miala amin' ny fahamarinana ka tsy mibebaka? (Jereo Ezekielia 18:24, 26)
- Inona no ampianarin' io andalana io momba ny fihetseham-pon' ny Tompo rehefa manafay ny ratsy fanahy Izy? (Jereo Ezekielia 18:23, 32).
- Inona no ampianarin' io andalana io momba ny fahitsiana sy ny famindram-pon' ny Tompo? (Jereo Ezekielia 18:25, 29–32). Nahoana no zava-dehibe ny fahafantarana fa marina sy mamindra fo ny Tompo?

3. Ny fahitan' i Ezekielia ny amin' ny lohasaha feno taolana

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezekielia 37:1–14. Hazavao fa ny fahitan' i Ezekielia ny amin' ny lohasaha feno taolana dia sady mampiseho ny Fitsanganana amin' ny maty no mampiseho ny fampodiana ny zanak' Israely amin' ny tany nampanantenaina azy ireo.

- Ahoana no anehoana ny Fitsanganana amin' ny maty ao amin' ny fahitan' i Ezekielia? (Nikambana ny taolana, nosaronana nofo sy hoditra ary nomena aina; jereo Ezekielia 37:1–10; jereo koa Almà 11:42–44; 40:23).
- Ahoana no anehoana ny fampodiana ny zanak' Israely amin' ny tany nampanantenaina azy ireo ao amin' ny fahitan' i Ezekielia? (Jereo Ezekielia 37:11–14. Ny Fitsanganana amin' ny maty no ampiasaina hanehoana io fampodiana io).
- Azo vakina ho fanoharana milaza ny fanavaozana ny “fanantenan' ny Israely ny fahitan' i Ezekielia (Ezekielia 37:11). Na dia mety ho maty tahaka ny tafika lehibe feno taolana izay hitan' i Ezekielia aza ny fanantenan' ny Israely, dia azon' ny Mpamonjy nentina niverina tamin' ny fahavelomana sy ny fiainana izany. Ahoana no nanavaozan' ny Mpamonjy ny fanantenanao? (Azona vakina ny Môrônia 7:41, raha tianao, rehefa mandinika io fanontaniana io ianareo).
- Nanomboka nahazo aina ny taolana tao amin' ny fahitan' i Ezekielia, rehefa avy nilazan' i Ezekielia hihaino “ny tenin' ny Tompo” izy ireo (Ezekielia 37:4). Ahoana no anomezan'ny tenin' ny Tompo aina antsika?

4. Ny tapa-kazon' i Joda sy ny tapa-kazon' i Josefa

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezekielia 37:15–28. Hazavao fa ny faminanian' i Ezekielia momba ny tapa-kazon' i Joda sy ny an' i Josefa dia manana hevitra anankiroa. Milaza ny fanakambanana ny rakitsoratra ara-tsoratra masina momba an' i Joda sy i Josefa (Israely) amin' ny andro farany izany, ary koa milaza ny fitambaran' ny fanjakan' i Joda sy ny an' i Josefa (Israely) amin' ny andro farany.

- Ahoana no nahatanterahan' ny faminaniahana ao amin' ny Ezekielia 37:15–20? (Jereo 1 Nefia 5:14; 2 Nefia 3:12; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:5. Hazavao fa ny teny hoe tapa-kazo ao amin' ireo andininy ireo dia milaza karazana takelaka fanoratana vita amin' ny hazo fampiasa tamin' ny andron' i Ezekielia. Ny tapa-kazon' i Joda dia milaza ny Baiboly, ary ny tapa-kazon' i Josefa dia milaza ny i Bokin' i Môrmôna).

Hoy ny Loholona Boyd K. Packer: “Ny tapa-kazo na rakitsoratr' i Joda—ny Testamenta taloha sy ny Testamenta vaovao—sy ny tapa-kazo na rakitsoratr' i Efraïma—ny Bokin' i Môrmôna, izay testamenta iray hafa momba an' i Jesoa Kristy—dia tafaray tsara amin' izao fotoana izao ka raha mandalina tsara ny

anankiray ianao dia voatarika amin' ilay iray hafa; raha mianatra avy ao amin' ny anankiray ianao dia hazavain' ilay iray hafa. Tena iray ihany izy ireo eny antanantsika. Tanteraka ny faminanian' i Ezekiela amin' izao fotoana izao" (tao amin' ny Conference Report , Okt. 1982, 75; na *Ensign*, Nôv. 1982, 53).

- Inona ny fitahiana azo avy amin' ny fananana ny Bokin' i Môrmôna ampiarahina amin' ny Baiboly? (Jereo 1 Nefia 13:39–40; 2 Nefia 3:12). Ahoana ny nanampian' ny Bokin' i Môrmôna anao hahatakatra bebe kokoa ny baiboly? Ahoana no nanamafisan' ny vavolombelon'i Jesoa Kristy Tompo ao amin' ny Baiboly izany ho anao?
- Inona no nolazain' i Ezekiela fa hitranga aorian' ny fampiraisana ireo tapa-kazo roa?
 - a. Hangonina sy hampiraisina ao amin' ny fanjakana iray miaraka amin' ny Mpanonjy ho Mpanjakany ny zanak' Israely (Ezekiela 37:21–22).
 - b. Hodiovina sy tsy hisy pentina ny olona (Ezekiela 37:23).
 - d. Hitandrina ny fitsipika sy ny lalàn' ny Tompo ny olona (Ezekiela 37:24).
 - e. Honina ao amin' ny tany nampanantenaina ny olona (Ezekiela 37:25).
- Inona ny fitahiana hafa nampanantenain' ny Tompo ao amin' ny Ezekiela 37:26–28? (Fitahiana iray lehibe ny famerenana amin' ny laoniny ny fitoerana masina na tabernakelin' ny Tompo, dia ny tempoly. Ny lesona manaraka dia hanadihady ny fitahian' ny tempoly amin' ny antsipiriany kokoa).

Famaranana

Mampianatra antsika hahatakatra ny halehiben' ny fitiavana sy ny fitsinjovan' ny Mpanonjy ny tsirairay amintsika ny fampianaran' i Ezekiela. Izy no mpiandry antsika. Maniry mafy ny hamela heloka Izy. Izy no manome antsika ny fahafahana hitsangana amin' ny maty. Izy no mitarika ny fanangonana ny Israely amin' ny andro farany. Ary Izy no namoaka ny Bokin' i Môrmôna izay testamanta hafa momba Azy. Asao ny mpianatra hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ireo fahamarinana ireo.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. Mianatra ny ho mpiandry tsara

Mandritra ny fanadihadiana ny andraikitsika amin' ny maha-mpiandry ondry antsika, dia azonao vakina na lazaina ity tantara manaraka avy amin' ny Filoha James E. Faust ity:

“Fony aho mbola kely, dia nahita zanak' ondry honjohonjony samirery tany antany foana ny raiko. Lasa nifindra toerana ny andian' ondry nisy ny reniny, ka izany angamba no nahatafasaraka azy tamin' ny reniny, ary tsy fantatry ny mpiandry ondry akory fa very izy. Satria tsy afaka ny hivelona samirery ao antany foana izy, dia nalain' ny raiko izy ary nentiny nody. Raha navela tany ilay zanak' ondry dia ho faty marina tokoa, na matin' ny amboadia izy na matin' ny hanoanana noho izy mbola kely loatra ka mbola mila ronono. . . . Nomen' ny raiko ahy ilay zanak' ondry, ary lasa mpiandry azy aho.

“Nandritra ny herinandro maro, dia nanana rononon’ omby tao amin’ ny tavoahangy fampinonoana zacakely aho ary namahana ilay zanak’ ondry. Vetivety dia lasa mpinamana izahay. . . . Nanomboka nihalehibe izy. Milalao eny amin’ ny bozaka izaho sy ny zanak’ ondriko. Indraindray dia mitsilailay miaraka eny amin’ ny bozaka izahay ary apetrako eo amin’ ny takibany voloina sy malefedefaka ny lohako no mibanjina ny lanitra manga sy ny rahona fotsy vaventy aho. Tsy hidiko ny zanak’ ondriko amin’ ny antoandro. Tsy mitsoaka izy. Tsy ela dia nahay niraoka ahitra izy. Azoko antsoina avy amin’ izay mety toerana ao an-jaridaina ny ondry keliko amin’ ny fanaovako feon’ ondry araka izay azoko atao fotsiny ihany. . . .

“Indray alina nisy oram-baratra nivatravatra. Hadinoko ny nametraka ny ondry keliko tao amin’ ny fitoerany, araka ny tokony nataoko, tamin’ io alina io. Nandeha natory aho. Natahotra oram-baratra ilay namako kely, ary dia reko ny fibarareokany. Fantatro fa tokony hanampy ny ondry keliko aho, kanefa tiako ny hijanona ao an-trano, mafana sy tsy lena ao amin’ ny fandrianako. Tsy niharina araka ny tokony ho nataoko aho. Ny ampitso maraina, dia hitako fa maty ny ondry keliko. Nisy alika naheno ny fibarareokany niantso ka dia namono azy. Vaky ny foko. Tsy mpiandry na mpitandrina tsara tamin’ izay nankinin’ ny raiko tamiko aho. Hoy ny raiko: ‘Anaka, moa ve tsy mba azoko natao ny nanankina taminao zanak’ ondry iray monja mba hotandremanao?’ Vao mainka nankarary ahy kokoa noho ny famoizana ilay namako volomboloina ny fanamarihana nataon-draiko. Nanapa-kevitra aho tamin’ io andro io, na dia mbola kely aza, fa tsy hanao tandrevaka intsony ny asa tandremako toy ny mpiandry ondry, raha mbola omena io andraikitra io aho any aoriana any.

“Taona vitsy tatỳ aoriana, dia voantso ho mpiara-dia tanora amin’ ny mpampianatra isan-tokantrano iray aho. Nisy fotoana nangatsiaka na nanorana be ka te hijanona tao an-trano aho mba hahazo aina, kanefa tao amin’ ny feon’ ny fieritretetako dia toa reko ny fibarareokan’ ny ondry keliko, ary fantatro fa ilaiko ny ho mpiandry tsara, ka dia nandeha niaraka tamin’ ilay namako lehibe aho. Tao anatin’ izay taona maro izay, isaky ny mitady hanao tandrevaka ny adidiko aho, dia tonga ao amiko ny fahatsiarovana ny halehiben’ ny nenina nahazo ahy tamin’ io alina io taona maro lasa izay, fony aho tsy mpiandry tsara” (tao amin’ ny Conference Report, Apr. 1995, 62–63; na *Ensign*, Mey 1995, 46).

2. Ny mpitily manandratra feo fampitandremana

- Tamin’ ny fotoana niantsoana an’ i Ezekiela ho mpaminany, dia hoy ny Tompo: “Efa nataoko mpitily ho an’ ny zanak’ Israely hianao” (Ezekiela 3:17). Ahoana no mampitovy ny andraikitr’ i Ezekiela amin’ ny an’ ny mpitily? (Jereo Ezekiela 3:17–21; 33:1–9. Tamin’ ny andron’ i Ezekiela, dia nampitandrina ny olona ny amin’ ny loza lehibe avy amin’ ny tafika fahavalo ny mpitily eny ambony tilikambo. Nampitandrina ny olony ny amin’ ny fahavalo izay hampidi-doza azy ireo ara-panahy i Ezekiela).
- Iza ireo mpitily antsika amin’ izao andro farany izao? Nahoana no zava-dehibe ny fananana ireo mpitily ireo? Inona no andraikitsika amin’ ny maha-mpitily antsika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:81. Anisan’ io andraikitra io ny mampianatra ny filazantsara amin’ ireo izay mbola tsy nandray izany).

Mba hampianarana ny maha-zava-dehibe ny fihainoana ny fampitandreman' ny mpaminany—sy ny fampitandremana ireo manodidina antsika amin' ny fampianarana azy ireo ny filazantsara—dia nitantara momba ny tondra-drano nandrava vokatry ny firodanan' ny Tohodranon' i Teton tao Idaho tamin' ny taona 1976 ny Loholona Boyd K. Packer. Olona niisa 7800 no tamin' ny lalana voakasiky ny fivarinan' ny rano mivantana. Rehefa nivarina tany an-dohasaha ilay rano tondraka, dia trano fonenana 790 no rava ary trano fonenana, fiangonana, sekoly ary orin' asa hafa mihoatra ny 800 no nitondra faisana. Raha jerena ny habetsahan' ny rano, ny hafainganam-pandehany ary ny mponina teny amin' ny faritra nandalo-vany, dia nanombatombana ny manampahaizana iray fa tokony ho tany amin' ny 5300 tany ho any ny maty. Tsy nampino fa olona 6 monja no maty an-drano.

Hoy ny fanontanian' ny Loholona Packer:

“Ahoana no nisy faharavana lehibe toy izany kanefa kely toy izao ny aina nafoy? . . . Satria nampitandremana izy ireo! Tsy nanana fotoana loatra izy ireo, saingy efa nahazo fampitandremana; ary ny olona tsirairay izay nahazo fampitandremana dia nampitandrina ny mpifanolo-bodirindrina taminy. . . .

“Ary ny amin' ireo enina maty an-drano kosa? Ny anankiray tamin' izy ireo dia tao ambanin' ny tohodrano ka tsy nanan-tsafidy. Tsy nino ny fampitandremana ny anankiroa tamin' izy ireo raha tsy efa diso aoriana loatra. Hita tao anatin' ny fiarany izy ireo tatỳ aoriana fa tsy nihaino ny fampitandremana. Ny telo tamin' izy ireo dia niverina naka ny fananany sasany, ka dia nafoiny ny ainy.

“Fa dia fahagagana lehibe izany. Isika Olomasin' ny Andro Farany dia mianatra ny mihaino fampitandremana. . . .

“Ankehitriny, dia hitako ny tena fitoviana amin' izay mitranga eo amin' izao tontolo izao, dia ny fitobahan' ny faharatsiana sy ny fahavetavetana eo amin' izao tontolo izao. Mitete tsikelikely manodidina antsika izany ary mihalalina mihalalina hatrany. Tandindomin-doza ny fiainantsika. Tandindomin-doza ny fananantsika. Tandindomin-doza ny fahafahantsika, nefa na dia izany aza dia mbola manohy soa aman-tsara ny asantsika isika, tsy afaka hahatakatra fa tsara raha toa ka izay olona rehetra efa nampitandremana dia mba hampitandrina ny manodidina azy. . . .

“Efa nampitandreman' ny mpaminany isika. Moa hihaino ny fampitandremana va [isika] sa ho tahaka ireo enina tao Idaho izay nihevitra ny fampitandremana ho tsy natao ho azy?” (*That All May Be Edified* [1982], 220–21, 223).

“Ny zavatra rehetra na aiza na aiza alehan’ ny ony dia ho velona”

Ezekiela 43–44; 47

Tanjona Hanentana ny mpianatra handray ny fahefana mamelona sy manasitrana izay misy any amin’ ny tempoly.

-
- Fanomanana**
- 1 Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Ezekiela 43:1–12; 44:6–9, 23. Naseho an’ i Ezekiela tamin’ ny fahitana ny tempolin’ i Jerosalema.
 - b. Ezekiela 47:1, 6–12. Nahita rano niboiboika avy tao amin’ ny tempoly izay namelona ny tany foana sy nanasitrana ny Ranomasina maty i Ezekiela.
 - d. Ezekiela 47:2–5. Nometarin’ i Ezekiela ny halalin’ ny ony ary hitany fa nihalalina ny rano arakaraka ny nirobohany tao anatin’ y.
 2. Ataovy sary amin’ ny takelaka lehibe na eny amin’ ny solaitrabe ny sarintany ao amin’ ny pejy 00 alohan’ ny hanombohana ny lesona.
 3. Vakiteny hafa: Ezekiela 40–42; Joela 3:18; Zakaria 14:8; Apokalypsy 22:1–3; 1 Nefia 8:10–11; 11:25; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:8–20.

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Omeo fanontaniana mitovitovy amin’ ireto manaraka ireto ny mpianatra:

- Tsy mba efa nangitakitaka ve ianao teo am-pijerena lanonam-panatanjahantena na karazana fialamboly hafa?
- Tsy mba efa nangitakitaka fatratra erỳ ve ianao tamin’ ny toe-javatra iray ka tafatsangana sy nihiakiaka na nihorakoraka?
- Afaka mieritreritra toe-javatra masina izay narahina na harahina fanehoampifaliana sy fankasitrahana manentanentana ve ianao? Anisan’ izany ireto toe-javatra manaraka ireto:
 - a. Ny fahariana ny tany (Joba 38:4–7).
 - b. Ny fidirana manetriketrika nataon’ i Jesoa tao Jerosalema (Jaona 12:12–16).
 - d. Ny Fiavian’ i Jesoa Kristy fanindroany sy ny Fitsanganana amin’ ny maty (Tesaloniana voalohany 4:16).
- Ahoana no ampitahana ny fangitakitahana amin’ ireo lanonam-panatanjahantena na fialamboly hafa amin’ ny fifaliana amin’ ireny toe-javatra masina

ireny? (Raha mandalo ny fangitakitahana amin' ny lanonam-panatanjahantena na fialamboly hafa, ny fifaliana miaraka amin' ireo toe-javatra masina kosa dia mandrakizay).

- Inona ny toe-javatra masina ao amin' ny Fiangonana ka anehoan' ny mpan-drainy anjara ny fifaliany sy ny fankasitrahany amin' ny fitsanganana, fihikana ary fanofahofana? (Mandritra ny fanokanana tempoly, dia mandray anjara amin' ny fanehoam-pifaliana antsoina hoe ny hiakan' ny Hosana ny mpivory).

“Ny hiakan' ny Hosana dia atao amin' ny fanahy manontolo sy araka izay tratra ny hery. Mitsangana ny mpivory ary miara-mihiaka ny teny hoe ‘Hosana, Hosana, Hosana ho an' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry. Amena, Amena ary Amena’, averina intelo izany. Izany matetika dia ampiarahina amin' ny fanofahofana mirindra ny mosoara fotsy amin' ny tanana atao ambony. Ny teny ‘Zanak' ondry’ dia mifandray amin' ny fiambaniana sy ny sorompanavotana nataon' i Jesoa Kristy” (tao amin' ny *Encyclopedia of Mormonism* natontan' i Daniel H. Ludlow, Boky 5 [1992], 2:659).

Hazavao fa ity lesona ity dia hanampy ny mpianatra hahatakatra ny sasany amin' ny fomba maro itondran' ny tempoly fifaliana.

Fanadihadiana sy fampiharana soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Ezekiel aseo ny tempolin' i Jerosalema amin' ny fahitana.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezekiel 43:1–12; 44:6–9, 23.

- Asaovy vakin' ny mpianatra ny Ezekiel 43:1–12 sy ny 44:6–9, 23. Inona no azontsika tsoahina momba ny tempoly avy amin' ireo andininy ireo?


Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe ny valin-tenin' ny mpianatra ka diniho miaraka ny dikany. Mety hisy ireto manaraka ireto ny valin-teny:

- a. Mameno ny tempoly ny voninahitry ny Tompo (Ezekiel 43:2, 4–5).
- b. Ny tempoly dia “fitoeran' ny seza fiandrianan' [ny Tompo] eto an-tany (Ezekiel 43:7).
- d. Mandeha ao amin' ny tempoly ny Tompo, miantso izany hoe “fitoeran' ny faladiako” (Ezekiel 43:7).
- e. Ny tempoly dia fitoerana izay mety “honenanan' ny Tompo eo anivon' ny” olony (Ezekiel 43:7).
- f. Ao amin' ny tempoly no ianarantsika ny lalàn' ny Tompo (Ezekiel 43:11).
- g. Misy ôrdônansy izay tian' ny Tompo tanterahintsika ao amin' ny Tempoly (Ezekiel 43:11).
- h. Na dia ny toerana izay manodidina ny tempoly aza dia “tena masina” (Ezekiel 43:12).
- i. Ireo izay mendrika ihany no tokony hiditra ny tempoly (Ezekiel 44:6–9).
- j. Ao amin' ny tempoly no ianarantsika ny fahasamihafana misy eo amin' ny masina sy ny an' izao tontolo izao ary ny eo amin' ny madio sy ny tsy madio (Ezekiel 44:23).

2. Ezekiela mahita rano miboiboika avy ao amin' ny tempoly mamelona ny tany foana sy manasitrana ny Ranomasina Maty.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezekiela 47:1, 6–12.

- Inona no hitan' i Ezekiela tonga avy any amin' ny varavarana atsinanan' ny tempoly tao Jerosalema? (Jereo Ezekiela 47:1). Aiza no nalehan' ny rano? (Jereo Ezekiela 47:8. Asehoy eo amin' ny sarintany fa ny tani-hay an' i Jodia sy ny Ranomasina Maty dia eo atsinanan' i Jerosalema).



- Ny tani-hay an' i Jodia dia tany foana karankaina, ary ny Ranomasina Maty dia masira loatra raha hiainan' ny biby. Araka ny fahitan' i Ezekiela, inona ny fiovana hisy ao amin' ny tani-hay an' i Jodia sy ao amin' ny Ranomasina Maty noho ny rano miboiboika avy ao amin' ny tempoly? (Jereo Ezekiela 47:6–12).
- Tamin' ny fahitana mitovy tamin' ny fahitana azon' i Ezekiela momba ny tempoly, dia naseho an' i Jaona Malala ny seza fiandrianan' Andriamanitra (Apokalypsy 22:1–3. Mariho fa tao amin' ny Ezekiela 43:7, dia nantsoin' ny Tompo ho “ny fitoeran' ny seza fiandrianako” ny tempoly). Inona no niboiboika avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra hita ao amin' ny fahitana azon' i Jaona? (Jereo Apokalypsy 22:1). Inona ilay “ranon' aina”? (Ny fotopampianaran' ny filazantsara; jereo ny fisarihana saina ao amin' ny lesona 30). Ahoana no mampitovy antsika amin' ny tani-hay an' i Jodia sy ny Ranomasina Maty raha tsy mandray amin' ilay ranon' aina isika?
- Ahoana no anasitranana sy anomezan' ilay rano izay misy ao amin' ny tempoly aina ny fanambadiana? ny fianakaviana? ny razambentsika? ny Fiangonana? Inona koa no miboiboika avy ao amin' ny tempoly, izay manome aim-panahy sy fanasitranana? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny fahamarinana, ny fahendrena, ny fanambarana ary ny fanekempihavanana).
- Ny Ezekiela 47:12 dia milaza ireo hazo izay naniry nanaraka ny sisin' ny rano tao amin' ny fahitana azon' Ezekiela? Inona no nampitovy ireo hazo ireo tamin' ny ranon' ilay ony? (Nanana hery manasitrana sy manome aina izy ireo).
- Inona no naniry nanaraka ny sisin' ny ony tao amin' ny fahitana azon' i Jaona? (Jereo Apokalypsy 22:2). Ao amin' ny soratra masina, inona koa no ampisehoana ny mpaminany ny hazon' aina? (Jereo 1 Nefia 8:10–11; 11:25). Tamin' ny nofy nomena an' i Lehia sy i Nefia, mampiseho inona ny hazon' aina? (Jereo 1 Nefia 11:25).

- Ahoana no anasitranan' ny fitiavan' Andriamanitra sy anomezan' izany aina? Inona ny ratram-panahy sy nofo hositrinin' ny fitiavan' Andriamanitra?

3. Ezekiela mandrefy ny halalin' ny ony.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezekiela 47:2–5.

- Hatraiza ny halalin' ny ony tamin' i Ezekiela niampita izany tamin' ny voalohany? (Jereo Ezekiela 47:2–3). Hatraiza ny halaliny tamin' ny fanindroany, fanintelony ary faninefany niampitan' i Ezekiela izany? (Ezekiela 47:4–5). Inona no fahamarinana arosan' ireo andininy ireo momba ny tempoly? (Ny herin' ny tempoly dia mitombo ao amin' ny fiainantsika arakaraka ny andehantsika matetika any).
- Fahamarinana mahafinaritra no ampianarina any amin' ny tempoly, ny ankamaroan' izany dia amin' ny alalan' ny ohatra. Raha mbola mahatratra hatreny an-kitrokely fotsiny ny fahatakarantsika ireny fahamarinana na ôrdônansy any amin' ny tempoly ireny amin' ny voalohany, dia inona no tokony hataontsika? (Jereo Ezekiela 47:2–5. Tokony hiroboka miverimberina ao anatin' ny “ony” isika—na, amin' ny teny hafa, mandeha any amin' ny tempoly matetika araka izay azo atao).

Famaranana

Lazao amin' ny mpianatra fa nantsoin' ny Tompo “fitoerana hanaovana fankasitrahana” ny tempoly (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:13). Manehoa fankasitrahana ny amin' ny fitahiana izay tonga noho ny tempoly, ary asao ny mpianatra hizara ny fahatsapany fankasitrahana noho ny tempoly. Ambarao fa tahaka ny rano avy ao amin' ny tempoly nanasitrana ny tani-hay an' i Jodia sy ny Ranomasina Maty tao amin' ny fahitana ao amin' ny Ezekiela no hanasitranan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy sy hanadiovany antsika, raha mandray amin' izany isika.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. “Tiako ny trano itoeranao” (Salamo 26:8)

Maro amin' ny salamo no milaza ny fitahiana raisintsika avy amin' ny fandehana any amin' ny tempoly sy maneho fahatsapana fitiavana mahafinaritra sy fankasitrahana ny amin' ny tempoly. Azonao iangaviana ny mpianatra sasany, raha tianao, haneho ny fahatsapany fankasitrahana ny amin' ny tempoly rehefa mamakafaka ireto salamo manaraka ireto ianareo?

Salamo 24:3–4

Salamo 26:6–8

Salamo 27:1, 4–6

Salamo 65:4

Salamo 84

Salamo 122

Salamo 134

2. “Ny marika lehibe amin’ ny maha-mpikambana antsika”

Hoy ny Filoha Howard W. Hunter: “Manasa ny Olomasin’ ny Andro Farany aho hijery ny tempolin’ ny Tompo ho marika lehibe amin’ ny maha-mpikambana azy. Ny faniriana lalina ato am-poko dia ny mba hahazoan’ ny mpikambana rehetra ato amin’ ny Fiangonana ho mendrika hankany amin’ ny tempoly. Hahafaly ny Tompo raha mendrika—hitondra eny aminy—ny fahazoan-dalana manan-kery mankany amin’ ny tempoly ny mpikambana lehibe tsirairay. Ny zavatra izay tsy maintsy ataontsika sy tsy ataontsika mba ho mendrika ny fahazoan-dalana mankany amin’ ny tempoly dia ny tena zavatra izay miantoka ny ho fiadanantsika amin’ ny maha-olon-tokana antsika sy maha-fianakaviana antsika” (tao amin’ ny Conference Report, Okt. 1994, 8; na *Ensign*, Nôv. 1994, 8).

- Ahoana no ahafahantsika manao ny tempoly ho “marika lehibe amin’ ny maha-mpikambana antsika” ao amin’ ny Fiangonana? Ahoana ny fijerena ny tempoly amin’ izany fomba izany no miantraika amin’ ny fijerintsika ny fiainana sy ny fanoloran-tenantsika amin’ ny asan’ ny Tompo?

“Raha tàhiny maty aho, dia maty”

Lesona
45

Daniela 1; 3; 6; Estera 3–5; 7–8

Tanjona Hanampy ny mpianatra hanana zotom-po hiaina araka ny fitsipiky ny filazantsara.

- Fanomanana**
1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Daniela 1. Nandà ny handoto tena amin' ny fihinanana ny sakafon' i Nebokadnezara mpanjaka i Daniela sy ny namany (1:1–16). Nitahy an' i Daniela sy ny namany tamin' ny fahasalamana tsara sy fahendrena ny Tompo (1:17–22).
 - b. Daniela 3. Nandà ny hanompo ny sampin' i Nebokadnezara mpanjaka i Sadraka sy i Mesaka ary i Abednego (3:1–12). Nalefan' i Nebokadnezara mpanjaka tao anatin' ny lafaoro mivaivay izy ireo, ary nanavotra azy ireo tamin' ny fahafatesana ny Tompo (3:13–30).
 - d. Daniela 6. Nandresy lahatra ny mpanjaka ny olon' i Dariosy mpanjaka mba hamoaka didy izay milaza fa ao anatin' ny 30 andro dia tsy maintsy aminy no atao ny fitalahoana rehetra fa tsy amin' olon-kafa na amin' Andriamanitra (6:1–9). Na izany aza dia mbola nivavaka tamin' Andriamanitra i Daniela (6:10–13). Ho fanasaziana tamin' ny tsy fankatoavana ny didy, dia natsipy tao an-davaky ny liona i Daniela (6:4–17). Nandefa anjely hiaro azy ny Tompo (6:18–23).
 - e. Estera 3–5; 7–8. Nandà tsy hiankohoka eo amin' i Hamana i Mordekay (3:1–4). Nandresy lahatra an' i Ahasoerosy mpanjaka i Hamana hanomana didy mitaky ny hamonoana ny Jiosy rehetra ao amin' ny fanjakana (3:5–14). Henon' i Estera ny tetik' i Hamana hamono ny olony ary nanao vy very ny ainy izy tamin' ny fankanesana teo amin' ny mpanjaka hitady vonjy (4:1–17). Noraisin' ny mpanjaka i Estera ary nekeny ny fangatahany ho tonga miaraka amin' i Hamana hanatrika ny fanasana (5:1–8). Tao amin' ny fanasana dia nambaran' i Estera ny teti-dratsin' i Hamana hamono ny Jiosy (7:1–6). Nasain' ny mpanjaka nahantona i Hamana (7:7–10). Nomen' ny mpanjaka voninahitra i Mordekay ary nekeny ny fangatahan' i Estera hanafoanana ny didy navoakan' i Hamana (8:1–17).
 2. Vakiteny hafa: Daniela 5; Estera 1–2; 6; 9–10.
 3. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia miangavia mpianatra roa hiomana hitantara fohy momba ny fotoana izay tsy maintsy nanehoany na ny olompantany fahasahiana hankatò ny Tompo.
 4. Raha misy ireto sary manaraka ireto, dia azonao ampiasaina mandritra ny lesona ny sasany amin' izy ireny, raha tianao: Daniela mandà ny hena sy ny divain' ny mpanjaka (62094 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara, 114). Lehilahy telo ao anaty Lafaoro mivaivay (62093, Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara, 116) ary Daniela ao an-davaky ny Liona (62096, Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara, 117)

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana saina

Azonao ampiasaina, raha tianao, ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Langavio ireo mpianatra voatendry mialoha hitantara fohy momba ny fotoana tsy maintsy nanehoany na ny olom-pantany fahasahiana hankatò ny Tompo.

Aorian' ny nizaran' ny mpianatra ny zava-nodiaviny, dia hazavao fa mamelabela-tra momba ny olona enina ao amin' ny testamenta taloha, izay naneho fahasahiana lehibe tamin' ny fankatoavana ny Tompo, ity lesona ity.

Fanadihadiana sy
fampiharana
soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny eo amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. I Daniela sy ny namany mandà ny hihinana ny sakafon' i Nebokadnezara mpanjaka; notahina tamin' ny fahazoana fahasalamana sy fahendrena izy ireo.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Daniela 1.

Tamin' ny fahatanorany, dia nentina ho babo avy ao Jerosalema nankany Babylona i Daniela. Izy sy tanora Hebreo hafa mahavelom-panantenana—anisan' izany ny namany Sadraka, Mesaka ary Abednego—no nentina teo anatrehan' i Nebokadnezara mpanjaka.

- Inona no nangatahan' i Daniela sy ny namany raha nomena ny hena sy ny divain' ny mpanjaka izy ireo? (Jereo Daniela 1:8–14). Inona ny fitahiana azony noho ny fankatoavany ny lalàn' ny fahasalaman' ny Tompo? (Jereo Daniela 1:15, 17, 20). Ahoana no itovizan' ny fitahiana azony amin' ny fampanantenana nomen' ny Tompo antsika raha mankatò ny Tenin' ny fahendrena isika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–20).

Toy izao ny fampianaran' ny Loholona Boyd K. Packer: “Nanjary fantatro. . . fa misy ifandraisany amin' ny fanambarana ny tanjona lehiben' ny Tenin' ny fahendrena. Manomboka amin' ny fahazazanareo dia ampianarinay ianareo hifady dite vazaha, kafe, zava-pisotro misy alikaola, paraky, zava-mahadomelina ary izay zavatra rehetra mety hanimba ny toe-pahasalamanareo. . . . Raha mafy tokoa ho an' ny olona eo ambany vahohon' ireo zavatra ireo ny mihaino ny resaka atao aminy, ahoana moa no ahafahan' izy ireo mamaly ny bitsika avy amin' ny Fanahy, izay mahakasika ny fahatsapany mora toina? Na dia tena tsara aza ny Tenin' ny fahendrena amin' ny maha-lalàn' ny fahasalamana azy, dia mbola tsara kokoa izany ho an' ny fanahy noho ny ho an' ny vatana” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1979, 28–29; na *Ensign*, Nôv. 1979, 20).

- Inona no azon' ity tantara ity ampianarina antsika momba ny fomba atao rehefa mahatsapa voateritery isika hanao zavatra izay tsy tokony hataontsika? (Jereo Daniela 1:5, 8). Inona ny toe-javatra misy amin' izao fotoana izao mitaky fahasahiana avy amintsika ny mankatò ny didin' ny Tompo? Ahoana no ahafahantsika mampivelatra ny fahasahiana ilaina mba hankatò amin' ny toe-javatra toy ireny?

2. Ny Tompo mamonjy an' i Sadraka, i Mesaka ary i Abednego avy ao amin' ny lafaoro mivaivay.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Daniela 3.

- Namoaaka didy i Nebokadnezara mpanjaka fa izay olona tsy hiankohoka amin' ny sampiny dia hatsipy ao anaty lafaoro mivaivay (Daniela 3:1–6). Ahoana no namalian' i Sadraka, i Mesaka ary i Abednego an' io didy io? (Jereo Daniela 3:12) Inona no nataon' i Nebokadnezara rehefa hitany fa tsy hiankohoka amin' ny sampiny izy ireo? (Jereo Daniela 3:13–15; 19–20)
- Inona no nolazain' i Sadraka, i Mesaka ary i Abednego raha norahonan' ny mpanjaka hatsipy ao anaty lafaoro izy ireo? (Jereo Daniela 3:16–18)

Hoy ny Loholona Neal A. Maxwell: “Tsy ho afaka mandrakariva amin' ny olana misy isika, fa ho afaka kosa amin' ny fahafatesana mandrakizay! Na izany aza anefa, ilay fampanantenana lehibe dia ahafahantsika miteny ireo teny telo izay efa nampiasain' ny lehilahy telo mahery fo an-jato taona lasa izay. Fantany fa afaka hanafaka azy ireo avy ao amin' ilay lafaoro mivaivay Andriamanitra raha izay no sitrapony. ‘Fa raha tsy izany kosa, hoy izy ireo, dia mbola hanompo Azy ihany izy ireo!’” (Tao amin' ny Conference Report, Okt. 1994, 45; na *Ensign*, Nôv. 1994, 35).

- Inona no azon' ny fihetsik' i Sadraka sy i Mesaka ary i Abednego ampianarina antsika momba ny fankatoavana ny didin' ny Tompo? (Nivonona ny hankatò ny Tompo i Sadraka sy i Mesaka ary i Abednego na hiaro azy ireo Izy na tsia. Tsy tokony hisy fepetra apetratsika mba hankatoavantsika, na hanome na tsy hanome antsika fitahiana antenaina ho tambiny amin' ny fotoana andrandraina aza ny Tompo). Inona no maharatsy ny mankatò ny Tompo amin' ny fian-drandrantsika fotsiny Azy hanome antsika fitahiana ho tambiny?
- Inona no nitranga rehefa natsipy tao anaty lafaoro mivaivay i Sadraka sy i Mesaka ary i Abednego? (Jereo Daniela 3:21–27). Iza no niaraka tamin' izy ireo tao anaty lafaoro? (Jereo Daniela 3:25). Ahoana no anampian' ny Tompo antsika rehefa mitodika Aminy isika mandritra ny fitsapana mahazo antsika?
- Inona no akon' ny herin-tsaina nananan' i Sadraka sy i Mesaka ary i Abednego tamin' i Nebokadnezara? (Jereo Daniela 3:28–30). Ahoana no iantraikan' ny ataontsika amin' ny fihetsiky ny manodidina antsika amin' ny Fiangonana?

3. Daniela mivavaka na dia eo aza ny didin' ny mpanjaka ary atsipy ao andavaky ny liona. Nandefa anjely ny Tompo hiaro an' i Daniela.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Daniela 6.

Nodimbiasan' ny zanany Belsazara i Nebokadnezara mpanjaka. Rehefa novonoina i Belsazara, dia i “Dariosa Mediana no nandray ny fanjakana” (Daniela 5:31), ary nampiakarina tamin' ny toerana ambony i Daniela. (Fanamarihana: Dariosa Mede dia tsy i Dariosa mpanjaka izay nanapaka tao amin' ny fanjakana persiana taorian' i Siriosa, ary koa ilay nantsoin' ny Jiosy raha namerina nanamboatra ny tempoly izy ireo. Jereo Ezra 4–6; lesona 47).

- Nahoana no nitady izay hiampanana an' i Daniela ireo komandy lehibe sy solo-mpanjaka? (Jereo Daniela 6:1–5. Nialona izy ireo fa tian' ny mpanjaka i Daniela, ka dia natahotra izy ireo sao omen' ny mpanjaka fahefana kokoa i Daniela). Inona no didy naneren' ireo olona ireo an-kolaka ny mpanjaka hatao

sonia? (Jereo Daniela 6:6–9. Ny fahafantarany fa nivavaka tsy tapaka i Daniela, dia nandreseny lahatra an’ i Dariosy mpanjaka hanao sonia didy izay tsy maintsy aminy ihany no hanaovana ny fangatahana rehetra fa tsy amin’ iza na iza na amin’ Andriamanitra. Ireo izay tsy nankatò ny didy dia hatsipy ao an-davaky ny liona).

- Ahoana no nasetrin’ i Daniela ny didin’ ny mpanjaka? (Jereo Daniela 6:10). Inona no azontsika iainana avy amin’ i Daniela momba ny maha-zava-dehibe ny vavaka? (Zava-dehibe loatra ny vavaka ho an’ i Daniela ka dia nanohy nivavaka izy na dia ny ainy aza no tandindomin-doza noho ny fanaovana izany). Asao ny mpianatra handinika ny lanja omentsika ny tombon-tsoa azo amin’ ny fivavahana amin’ ny Raintsika any an-danitra.
- Inona no tsapan’ i Dariosy mpanjaka rehefa nitatitra taminy ny olony fa nahita an’ i Daniela nivavaka? (Jereo Daniela 6:12–15). Ahoana no nanaporofaan’ ny mpanjaka ny finoany an’ Andriamanitra? (Jereo Daniela 6:16, 18).
- Ahoana no nitahiana an’ i Daniela tao an-davaky ny liona? (Jereo Daniela 6:19–23). Inona no vokatry ny finoana sy ny fahasahina nananan’ i Daniela teo amin’ i Dariosy mpanjaka sy ny olona tao amin’ ny fanjakana? (Jereo Daniela 6:24–28).
- Hoy ny Loholona L. Tom Perry: “Tsy vitan’ ny nitondra tombon-tsoa ho an’ ny mpanjaka ihany ny asa fanompoana nataon’ i Daniela, fa noho ny finoana nananany tamin’ ny Tompo, dia nanana akony tamin’ ny tany manontolo iray izany. Nandefa fanambarana ny mpanjaka fa tokony hanompo Ilay Andriamanitra marina sy velona ny olona rehetra ao amin’ ny fanjakana, dia Ilay Andriamanitra izay notompoin’ i Daniela. Akory ny hahery vaikan’ ny herin’ ny asa fanompoan’ ny olomarina, manana akony amin’ ny maro, raha nanompo tao amin’ izao tontolo izao izay niainany izy! Akory ny fandairan’ ny vokatry ny asa fanompoana ataontsika raha mitozo manompo amin’ ny fomban’ ny tenantsika manokana isika eto amin’ izao tontolo izao izay iainantsika!” (tao amin’ ny Conference Report , Apr. 1988, 16; na *Ensign*, Mey 1988, 15).

4. Estera manao vy very ny ainy hamonjena ny vahoakany.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Estera 3–5; 7–8.

Vehivavy Jiosy izay niaina taoriana kelin’ ny fotoana niainan’ i Daniela i Estera. Rehefa maty ny ray aman-dreniny, dia notaizain’ ny zanaky ny rahalahin-drainy atao hoe Mordekay izy. Tsara tarehy tokoa i Estera, ary nahafaly ny mpanjakan’ i Persia sy i Media, atao hoe Ahasoerosy, ny hatsaran-tarehiny, ka dia nataony mpanjakavavy izy.

- Nasandratry ny mpanjaka ho amin’ ny seza teo alohan’ ny an’ ny mpanapaka rehetra i Hamana (Eстера 3:1). Inona no fahasahiana nasehon’ i Mordekay rehefa nandidy azy sy ny mpanapaka hafa hiankohoka eo amin’ i Hamana izy ireo? (Jereo Estera 3:2–4). Inona no nataon’ i Hamana? (Jereo Estera 3:5–14. Tezitra izy ary nandresy lahatra ny mpanjaka hamoaka didy handringanana olona sasany”—dia ny Jiosy rehetra tao amin’ ny fanjakana).
- Rehefa nahafantatra ny alahelo teo amin’ ny Jiosy i Estera, dia nandefa iraka hanontany an’ i Mordekay izay nitranga (Eстера 4:1–6). Inona no nangatahin’ i Mordekay an’ i Estera? (Jereo Estera 4:7–9). Nahoana no zava-doza ho an’ i Estera ny handeha sy hiresaka amin’ ny mpanjaka? (Jereo Estera 4:10–11).

Nanome lalana ny mpanjaka hamono izay olona tsy nasaina ka nanatona Azy ny lalàna).

- Inona no hafatra nalefan' i Mordekay ho an' i Estera rehefa nahafantatra ny ahiainy momba ny fanatonany ny mpanjaka izy? (Jereo Estera 4:13–14). Ahoana araka ny hevitrao ny fihetseham-pon' i Estera raha nibanjina ny zavany mba “hahatongavany teo amin' ny fanjakana tahaka an' ity fotoana ity” Izy? (Ester 4:14). Ahoana no ahafahantsika mahazo toky fa manana tanjona ny fiainantsika? Ahoana no ahafahan' io fananana fahatokiana io manampy antsika?
- Inona no nangatahin' i Estera tamin' ny ankizivaviny sy ny Jiosy tao an-toerana raha niomana ny hanatona ny mpanjaka izy? (Jereo Estera 4:16). Ahoana no anampian' ny fifadiankanina sy ny vavaka iombonana ataon' ny olona maro manampy antsika?
- Nanambara ny fikasany hanatona ny mpanjaka i Estera ary dia hoy izy: “Raha tãhiny maty aho, dia maty” (Ester 4:16). Ahoana no ilazana fa nitovy tamin' ny tenin' i Sadraka sy i Mesaka ary i Abednego alohan' ny nanipiazan' azy ireo tao anaty lafaoro io fanambarana io? (Jereo Daniela 3:17–18). Ahoana no nanehoan' io fanambarana io ny fanoloran-tenan' i Estera ho an' ny vahoakany sy ho an' Andriamanitra?
- Rehefa nanatona ny mpanjaka i Estera dia noraisiny, ary nilaza izy fa hanome fahafam-po izay rehetra nangatahin' (Ester 5:1–3). Nangataka ny hatongavan' ny mpanjaka sy i Hamana amin' ny fanasana izy (Ester 5:4–8). Inona no nangatahin' i Estera ny mpanjaka ny andro faharoan' ny fanasana? (Jereo Estera 7:3–4). Inona no nataon' ny mpanjaka rehefa fantany fa ny olona notetehin' i Hamana haringana dia ny Jiosy? (Jereo Estera 7:5–10).
- Nahantona i Hamana, saingy efa niely eran' ny fanjakana ny didy hamonoana ny Jiosy rehetra. Inona no niangavian' i Estera hataon' ny mpanjaka? (Jereo Estera 8:5–6). Inona no fitahiana azon' ny Jiosy noho ny fahasahiana sy finoana nananan' i Estera? (Jereo Estera 8:16–17). Inona no fitahiana efa azonao noho ny fahasahiana sy ny finoan' ny hafa?
- Inona ny olana hatrehintsika amin' izao fotona izao ka mitaky fahasahiana tahaka ny an' i Estera? Inona no fitahiana horaisintsika rehefa miezaka ny hanao ny tsara isika na dia ho mafy aza ny vokany atrehintsika?

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa hitahy antsika ny Tompo raha manana fahasahiana hijoro amin' ny marina isika. Entano ny mpianatra hanaraka ny ohatra nasehon' i Daniela, i Sedraka, i Mesaka, i Abednego, i Estera ary i Mordekay.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Manampy izay efa voasoritra ho an' ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin' ireto hevitra ireto.

1. Ny fitahiana faratampony amin' ny fankatoavana feno fahasahiana

- Inona no itovizan' i Daniela, i Sedraka, i Mesaka, i Abednego, i Estera ary i Mordekay? (Samy nanana fahasahiana hanao ny marina izy ireo, na dia name-

traka ny fiainany tamin' ny toerana tsy azo antoka aza ny fanaovana an' izany). Inona no toe-javatra niainanao ka nahatonga anao hanapa-kevitra hijoro na tsia amin' ny zavatra fantatrao fa marina?

Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa miezaka ny hanaja ny didy isika, dia hitahy antsika ny Tompo. Na izany aza, ny fitahiana azontsika dia tsy avy hatrany dia miharihary mandrakariva. Hanazavana izany, dia azonao dinihina miaraka, raha tianao, ny fitsapana izay niaretan' ireto olona manaraka ireto:

- a. Tsy afa-niteraka i Saray raha tsy efa 90 taona (Genesisy 17:15–17; 21:1–2).
 - b. Namidin' ny rahalahiny i Josefa ary nogadraina noho ny heloka tsy nataony tatỳ aoriana (Genesisy 37:27–28; 39:7–20).
 - d. Navadiky ny sakaizany ny Mpamonjy, nomelohina tamin' ny tsy rariny ary nomboana tamin' ny hazo fijaliana (Jaona 18–19).
 - e. Nokapohina i Nefia ary nofatoran' ny rahalahiny tamin' ny tady nony avy eo (1 Nefia 3:28; 18:10–11).
 - f. Noterena hijery ny nandorana ny zaza amam-behivavy noho ny finoany i Almà sy i Amioleka (Almà 14:8–11).
 - g. Nahiditra am-ponja sy nampijaliana ary novonoina i Joseph Smith (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135).
- Nahoana araka ny hevitrao no navelan' ny Tompo hiaritra fitsapana toy izany ireo olona ireo? Nahoana araka ny hevitrao no afaka niaritra ireny fitsapana ireny izy ireo? Inona no azontsika tsoahina avy amin' ny ohatra nasehon' izy ireo?

2. Mijoro amin' ny marina

Asaovy milalao an-tsehatra toe-javatra samihafa ny mpianatra, izay ho nilain' izy ireo ny mijoro amin' ny marina fantany. Mieritrereta trangan-javatra izay azo ampiharina amin' ny mpianatra. Mety hanampy anao ireto manaraka ireto:

- a. Misy namana iray manambany olona ary mamporisika anao hanao toy izany koa.
- b. Misy olona iray manoro hevitra anao hihaino mozika izay fantatrao fa tsy sahaza.
- d. Misy olona manasa anao ho any amin' ny trano fisakafoanana ny Alahady aorian' ny fiangonana.
- e. Misy olona manolotra anao zava-pisotro misy alikaola na zavatra hafa mifanohitra amin' ny Tenin' ny Fahendrena.

“Fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay”

Lesona
46

Daniela 2

Tanjona Hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananan’ ny mpianatra momba ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy tafaverina amin’ ny laoniny sy hanentana azy ireo hanampy amin’ ny fananganana ny fanjakan’ Andriamanitra eto an-tany.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Daniela 2:1–23. I Nebokadneзара mpanjaka dia nanonofy ary nandidy ny mpanolotsainy hanazava sy handika ny tian’ izany ambara (2:1–13). Niara-nivavaka tamin’ ny namany i Daniela, ary dia nambaran’ Andriamanitra azy ilay nofy sy ny dikany (2:14–23).
 - b. Daniela 2:24–49. Nambaran’ i Daniela fa ny nofin’ i Nebokadneзара mpanjaka dia naminany ny fivoahana sy ny faharavan’ ireo fanjakana lehibe eto an-tany ary ny fandresen’ ny fanjakan’ Andriamanitra amin’ ny fanjakana rehe-tra misy amin’ ny andro farany.
2. Vakiteny hafa: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65
3. Manasà mpianatra iray na roa hiomana hitondra fijoroana ho vavolombelona fohy momba ny fahamarinan’ ny Fiangonana.
4. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia adikao eo amin’ ny takelaka lehibe na eo amin’ ny solaitrabe alohan’ ny hanombohan’ ny kilasy ny tabilao eo ambany amin’ ity pejy ity.
5. Raha ampiasainao ny sarin’ ny nofin’ i Nebokadneзара (jereo pejy 257), dia adikao eo amin’ ny takelaka lehibe na eo amin’ ny solaitrabe izany alohan’ ny hanombohan’ ny kilasy. Aza soratana ny anaran’ ny fanjakana tsirairay raha tsy eo am-panazavana amin’ ny kilasy ny sary.
6. Raha misy ny sarin’ ny nofin’ i Nebokadneзара hazavain’ i Daniela, dia azonao ampiasaina izany mandritra ny lesona (62531 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara, 115).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana ny saina Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Asaovy mijery ny tabilao nataonao eo amin’ ny takelaka lehibe na eo amin’ ny solaitrabe ny mpianatra:

	6 Aprily 1830	1880	1930	1980	1995	2000
	6	133,628	670, 01	4,639,822	9,340,898	11,000,000
	1	10	16	44	98	100
	0	23	104	1,218	2,150	2,581
	0	10	30	188	307	334
	0	1	7	19	47	102

- Araka ny hevitrao mampiseho inona ireo tarehimarika ireo?

Omeo minitra vitsivitsy ny mpianatra hanomezany valiny io fanontaniana io. Rehefa izany dia fenoy ny tabilao araka ny aseho eo ambany:

	6 Aprily 1830	1880	1930	1980	1995	2000
Mpikamban a ao amin' ny Fiangonana	6	133,628	670, 017	4,639,822	9,340,898	11,000,000
Fiteny namoahana ny Bokin' i Môrmôna	1	10	16	44	98	100
Tsatôka	0	23	104	1,218	2,150	2,581
Misiona	0	10	30	188	307	334
Tempoly am-perin' asa	0	1	7	19	47	102

Manasà mpianatra hanazava ny fandrosoan' ny Fiangonana haingana. Hazavao fa ity lesona ity dia mitantara an' i Daniela, mpaminany fahiny izay naminany ny fandresen' ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany—dia ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany.

Fanadihadiana sy
fampiharana
soratra masina

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. Daniela mandray fanambarana izay mampiseho aminy ny nofin' i Nebokadneзара sy manome azy ny dikany.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Daniela 2:1–23.


Nahazo nofy nampitebiteby ny fanahiny i Nebokadneзара mpanjaka indray alina. Nitsapa ny mpanolotsaina azy izy, tamin’ ny filazana tamin’ izy ireo fa hadinony ilay izy ary nodidiny izy ireo hanambara izany taminy, ary koa ny dikany izany (Daniela 2:2–5). Rehefa nilaza taminy izy ireo fa tsy afaka hilaza ilay nofy, dia nanome baiko ny hamonoana ireo olon-kendry rehetra tao Babylona izy, anisan’ izany i Daniela sy ny namany (Daniela 2:10–13).

- Ahoana no niomanan’ i Daniela handika ny nofin’ ny mpanjaka? (Jereo Daniela 2:17–18. Niangaviany ny namany hiara-mivavaka aminy). Ahoana no nanampian’ ny fiaraha-mivavaky ny fianakaviana sy ny namana anao?
- Ahoana no namaliana ny vavak’ i Daniela sy ireo namany? (Jereo Daniela 2:19, 27–28). Inona no avy hatrany dia nataon’ i Daniela taorian’ ny nahazoany fahitana momba ny nofin’ ny mpanjaka? (Jereo Daniela 2:20–23). Inona no nambaran’ ny teniny momba ny fahatsapany ny amin’ Andriamanitra? Nahoana no zava-dehibe ny maneho fankasitrahana ny Tompo? Ahoana no ahafahantsika maneho ny fankasitrahantsika Azy?
- Ampitahao ny fototra izay nitodihan’ i Daniela sy i Nebokadneзара rehefa nika-tsaka valim-panontaniana izy ireo. (Jereo Daniela 2:2, 19–23, 28). Inona ireo fototra mampanahy itodihan’ ny olona rehefa mila fanampiana enti-mamaly fanontaniana sarotra sy enti-mandray fanapahan-kevitra izy ireo? Inona no misakana ny olona maro hikatsaka ny fitarihan’ Andriamanitra amin’ ny toe-javatra toy ireny?

2. Daniela nilaza sy nanazava ny nofin’ i Nebokadneзара.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Daniela 2:24–49.

- Ahoana no nilazan’ i Daniela ilay sariolona lehibe izay hitan’ ny mpanjaka tao amin’ ny nofiny? (Jereo Daniela 2:31–33. Jereo ny sariolona nanazavan’ i Daniela ny nofin’ i Nebokadneзара na ny sariolona nataonao mikasika ny sary aseho eo ambany).



- Inona no asehon' ny faritra tsirairay amin' ilay sariolona? (Jereo Daniela 2:36–43. Ny faritra dia nampiseho fanjakana samihafa izay hifandimby amin' ny maha-firenena matanjaka azy).

Soraty ny anaran' ny fanjakana eo amin' ny sary rehefa mamerina mijery ity fanazavana manaraka avy amin' ny Filoha Spencer W. Kimball ity ianao:

- a. Ny loha volamena dia nampiseho an' i Nebokadneзара sy ny fanjakany tao Babylona.
 - b. Ny tratra sy ny sandry volafotsy dia nampiseho an' i Kyrosy sy ny fanjakany tao Media sy i Persia.
 - d. Ny kibo sy fe varahina dia nampiseho an' i Filipo sy i Aleksandra ary ny fanjakana Grika sy Masedoniana.
 - e. Ny ranjo vy dia nampiseho ny Fanjakana Romana
 - f. Ny tongotra vy sy tanimanga dia nampiseho ny fivondronan' ny firenena Eoropeana. (Tao amin' ny Conference Report, Apr. 1976, 10; na *Ensign*, Mey 1976, 8).
- Tao amin' ny nofin' i Nebokadneзара, inona no nanimba ilay sariolona izay nampiseho ny fanjakana eto an-tany? (Jereo Daniela 2:34–35). Inona no nasehon' ilay vato tsy nendahin-tanana? (Jereo Daniela 2:44–45; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:2).

Toy izao ny fampianaran' ny Filoha Kimball: “Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany dia tafaverina amin' ny laoniny ny taona 1830. . . . Izany no fanjakana natsangan' ny Andriamanitry ny lanitra, izay tsy ho rava na ho voasolo mandrakizay, ary ny vato tsy nendahin-tanana avy eny an-tendrombohitra izay hanjary tendrombohitra lehibe dia hameno ny tany rehetra” (tao amin' ny Conference Report, Apr 1976, 10; na *Ensign*, Mey 1976, 8–9).

- Inona no faminanian' i Daniela momba ny Fiangonana amin' ny andro farany? (Jereo Daniela 2:34–35, 44).

Azonao soratana eny amin' ny solaitrabe ireto faminania manaraka ireto, raha tianao. Naminany i Daniela fa ny Fiangonana dia:

- a. Tsy hendahin-tanana” (Daniela 2:34).
 - b. Hanjary “tendrombohitra lehibe ary [hameno] ny tany rehetra” (Daniela 2:35).
 - d. “Tsy ho rava mandrakizay” (Daniela 2:44).
 - e. “Tsy havela ho an' olon-kafa” (Daniela 2:44).
 - f. “Handevona ny fanjakana [hafa] rehetra” (Daniela 2:44).
 - g. “Hitoetra mandrakizay” (Daniela 2:44).
- Inona ny dikan' ny hoe ny vato dia tsy hendahin-tanana”? (Jereo Daniela 2:34. Tsy olombelona no nanao izany). Ahoana no tahaka ny vato tsy nendahin-tanana ny Fiangonana tafaverina amin' ny laoniny?

Hoy ny Loholona Joseph B. Wirthlin: “Ny Tompo sy Mpamonjy antsika no lohan' ity fiangonana ity sy mitarika izany amin' ny alalan' ny mpanompony. Fiangonan' ny Tompo izy ity. Tsy fiangonan' olombelona ity” (tao amin' ny Conference Report, Okt. 1993, 4; na *Ensign*, Nôv. 1993, 5).

- Ahoana no nahatanteraka, amin' izao fotoana izao, ny faminanian' i Daniela fa hameno ny tany rehetra ny Fiangonana ary tsy ho rava mandrakizay? (Azonao jerena, raha tianao, ny sary faharoa ao amin' ny fisarihana saina).

Nijoro ho vavolombelona ny Filoha Gordon B. Hinckley manao hoe: “Marina ity Fianganana ity. Hahatohitra ny oram-baratra rehetra mamely azy izy. Tsy hikoro manoloana ny fanaratsiana rehetra izay mipoitra hanesoana azy. Andriamanitra Raintsika mandrakizay no nanangana azy mba hitahiana ny zanany lahy sy vavy amin’ ny taranaka rehetra. Mitondra ny anaran’ Izay mijoro ho Lohany izy, dia i Jesoa Kristy Tompo, Ilay Mpamonjy an’ izao tontolo izao. Ny herin’ ny fisoronana no mitondra azy sy iasana aminy. Mandefa testamenta anankiray hafa eo amin’ izao tontolo izao momba ny maha-Andriamanitra ny Tompo izy. Aoka ho mahatoky, ry sakaiza. Aoka ho marina. Aoka hanao ny marina amin’ ny zava-dehibe an’ Andriamanitra, izay nambara tamin’ izao fotoanandro izao” (“Keep the Faith,” *Ensign*, Sept. 1985, 6).

- Inona no azontsika atao mba handraisana anjara amin’ ny fananganana ny fanjakan’ Andriamanitra ao an-tokantranontsika, ao amin’ ny fiaraha-monina misy antsika ary manerana izao tontolo izao?

Asao ny mpianatra voatendry mialoha hitondra fijoroana ho vavolombelona fohy momba ny fahamarinan’ ny Fianganana.

Famaranana

Mijoroa ho vavolombelona fa ny Fianganan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny Olomasin’ ny Andro Farany dia fanjakan’ Andriamanitra eto an-tany ary i Jesoa Kristy no mitarika azy. Entano ny mpianatra handray anjara amin’ ny fananganana ny fanjakan’ Andriamanitra eto an-tany.

“Aoka isika hitsangana ary handrafitra azy”

Ezra 1–8; Nehemia 1–2; 4; 6; 8

Tanjona

Hanentana ny mpianatra hanampy amin’ ny fananganana an’ i Ziona sy haneho fitiavana araka ny an’ i Kristy amin’ ireo izay manohitra ny asan’ ny Tompo.

Fanomanana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ireto soratra masina manaraka ireto:
 - a. Ezra 1–6. Namaky ny anarany tao amin’ ny faminanian’ i Isaia i Kyrosy mpanjaka ary feno faniriana hanao ny sitrapon’ ny Tompo. Novotsorany ireo Jiosy izay nentina ho babo tany Babylona, ary nasainy hiverina any Jerosalema izy ireo mba hanangana indray ny tempoly (Ezra 1). Nitarika olona 50000 teo ho eo hiverina any Jerosalema i Zerobabela sy i Jesoa, ary nanomboka nanamboatra indray ny tempoly izy ireo (Ezra 2–3). Nanolotena hanampy hiasa amin’ ny fanamboarana ny tempoly ny Samaritana fa nolavina ka dia niezaka hampikatso ny asa; nijanona ny fanamboarana (Ezra 4). Taona maro tatỳ aoriana, dia nanentana ny Jiosy hamita ny tempoly i Hagay sy i Zakaria mpaminany; nanohy nanohitra izany ny Samaritana (Ezra 5; jereo koa Hagay 1). Nanavao ny didin’ i Kyrosy ny hanamboarana indray ny tempoly i Dariosy mpanjaka, ary dia vita izany ka notokanana tamin’ ny taona 515 talohan’ i Jesoa Kristy tany ho any (Ezra 6).
 - b. Ezra 7–8. 50 taona mahery taorian’ ny nanokanana ny tempoly, dia nahazo lalana avy amin’ i Artaksersery mpanjakan’ i Persia hitarika andiana Jiosy iray hafa hiverina any Jerosalema i Ezra. Nifady hanina sy nivavaka i Ezra sy ny olony, ka dia niaro azy ireo tamin’ ny diany ny Tompo.
 - d. Nehemia 1–2; 4; 6. Noho ny fahafantarana fa nitondra fahoriana be sy latsa ireo Jiosy izay niverina tany Jerosalema, dia nahazo lalana avy amin’ i Artaksersery mpanjaka handeha ho any Jerosalema i Nehemia hanamboatra indray ny mandan’ ny tanàna (Nehemia 1–2). Nitady hisakana azy ireo hanamboatra ny mandan’ ny tanàna ny fahavalon’ ny Jiosy. Nampirongoan’ i Nehemia fiadiana ny mpiasa ary nanohy ny asa izy ireo mandra-pahavitan’ ny manda (Nehemia 4:6).
 - e. Nehemia 8. Rehefa voatsangana nanodidina an’ i Jerosalema ny manda, dia novakin’ i Ezra tamin’ ny olona ny soratra masina. Rehefa ren’ izy ireo ny teny voalazan’ ny lalàna, dia latsa-dranomaso ny olona ary naniry hankatò azy ireny.
2. Vakiteny hafa: Hagay 1.
3. Azonao asaina ny mpianatra hiomana hanome ny famintinana fohy ny amin’ ny toe-javatra ara-tantara omena any amin’ ny fanombohan’ ny fitantarana soratra masina voalohany.
4. Raha misy ny sarin’ ny Tempoly nampiasaina fahagola, dia azonao ampiasaina mandritra ny lesona izany, raha tianao (62300 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 118).

**Soso-kevitra
hamelabelarana
ny lesona**

Fisarihana saina

Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Asaovy vakin' ny mpianatra iray ity teny nindramina manaraka avy amin' ny Loholona Dallin H. Oaks ity:

“Afaka mahita isika fa ny andinin-tsoratra masina iray manokana izay nolazaina ho amin' ny tanjona hafa dia hafa amin' ny fotoana iray tena hafa, eo ambanin' ny fanazavan' ny fitarihan' ny Fanahy Masina, dia hanome antsika tena hafatra manokana mifanaraka amin' ny ilaintsika amin' izao fotoana izao. . . . Raha mita-dy ny hampihatra ny soratra masina amin' ny toe-javatra iainantsika isika, dia 'ho tombon-tsoantsika sy ho fianarana ho antsika izany (1 Nefia 19:23). Azon' ny Ray any an-danitra be fitiavana ampiasaina hitahiana antsika amin' ny fomba ambonny ho an' ny tsirairay avy izy ireny” (*Studying the Scriptures* [fiaraha-mivavaka natao tao amin' ny Tabernakelin' i Salt Lake, 24 Nôv. 1985]).

- Moa ve ianao efa mba namaky soratra masina ary nahatsapa fa ny momba anao mivantana no resahin' ilay andalana manokana? (Asao ny mpianatra hizara ny zavatra nodiaviny). Ahoana no nanampian' ny soratra masina nano-me torolalana manokana ho an' ny fiainanao?

Hazavao fa ny toe-javatra dinihina ao amin' ity lesona ity dia nanomboka tamin' ny lehilahy iray izay nahita fa ny andalan-tsoratra masina nosoratana 150 taona talohan' ny nahaterahany dia niresaka ny momba azy manokana—eny, niantso azy tamin' ny anarany.

Fanadihadiana sy
fampiharana
soratra masina

Rehefa mampianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny ampiharana ireny amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. I Kyrosy mpanjaka mamela ny Jiosy hiverina any Jerosalema hanamboatra indray ny tempoly.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezra 1–6.

Fintino vetivety (na asaovy fintinin' ny mpianatra voatendry mialoha) ity fanazavana ara-tantara manaraka ity:

Tamin' ny taona 721 talohan' i Jesoa Kristy, rehefa nentin' i Asyria ho babo ny fanjakan' ny Israely (ny Fanjakana avaratra, na ny foko folo), dia ny fanjakana Asyriana no lehibe indrindra eran-tany. Kanefa ny taona 612 talohan' i Jesoa Kristy, dia noravan' ny Babyloniana ny fanjakana Asyriana. Teo ambany fitondran' i Nebokadnezara mpanjaka, dia i Babylona no nanapaka tamin' ny firenena maro izay nozanahan' ny Asyriana. Ny fibodoan' ny Babyloniana ny fanjakan' i Joda (ny Fanjakana atsimo) dia nitohy hatrany tamin' ny taona 605 talohan' i Jesoa Kristy, rehefa nitondra Jiosy maro ho babo izy ireo, hatramin' ny taona 587 talohan' i Jesoa Kristy, rehefa noravan' izy ireo i Jerosalema.

Rehefa maty i Nebokadnezara ny taona 562 talohan' i Jesoa Kristy, dia nihena haingana dia haingana ny herin' i Babylona. Ny taona 539 talohan' i Jesoa Kristy, dia lasan' ny Mediana sy ny Persiana i Babylona ka nitambatra teo ambany fitondran' i Kyrosy. Tsy tahaka an' i Nebokadnezara izay nitondra ireo nozanahany tamin' ny fahalozana, i Kyrosy dia mpanapaka tsara fanahy. Tamin' ny fitondrana ireo olona nobaboina tamin' ny hatsaram-panahy sy fanajana ny fivavahany, no nahazoan' i Kyrosy ny fahatokisan' ireo izay teo ambany fifehezany.

Fotoana fohy taorian' ny namaboana an' i Babylona, dia namoaka didy i Kyrosy fa tokony hamboarina indray ny tempolin' i Jerosalema. Nasainy ny Jiosy tao amin' ny fanjakany hiverina any Jerosalema ary hanamboatra indray ny tempoly, ka naveriny ny fanaka volamena sy volafotsy izay nangalarin' ny tarik' i Nebokadnezara avy tao amin' ny tempoly. (Jereo Tantara faharoa 36:22–23; Ezra 1:1–3, 7. Ny faminanian' i Jeremia izay miompana amin' ireo andininy ireo dia ny hiverenan' ny Jiosy any Jerosalema 70 taona taorian' ny nitondran' i Babylona azy ireo ho babo; jereo Jeremia 25:11–12; 29:10).

- Nahoana no namoaka didy i Kyrosy fa tokony hamboarina indray ny tempoly ao Jerosalema? (Jereo Ezra 1:1–2). Ahoana no nahafantaran' i Kyrosy fa tian' ny Tompo ny hanaovany izany? Ny tenin' i Kyrosy voarakitra ao amin' ny Ezra 1:2 dia manondro ny faminaniahana ao amin' ny Isaia 44:28, izay nilaza ny anaran' i Kyrosy (jereo koa Isaia 45:1–5; hazavao fa na dia mialoha ny bokin' i Isaia tao amin' ny Testamenta taloha aza ny tantaran' i Kyrosy, dia niaina teo amin' ny 150 taona talohan' ny nahaterahan' i Kyrosy i Isaia). Nitatitra i Flavius Josephus, mpahay tantara Jiosy fahiny, fa namaky ny anarany tao amin' ny faminanian' i Isaia i Kyrosy ka dia niasan' ny Fanahin' ny Tompo ary naniry ny hanatanteraka izay voasoratra (The Works of Flavius Josephus, Antiquities of the Jews, nadikan' i William Whiston [tsy misy daty], boky 11, toko 1, andininy 1–2).
- Ahoana no ho fihetseham-ponao raha namaky soratra masina ianao ka namaky faminaniahana izay nanome ny anaranao sy namaritra mazava tsara ny zavatra tokony hataona?

Rehefa nitarika ny andiany voalohany tamin' ny Jiosy hiverina any Jerosalema i Zerobabela sy i Jesoa, dia nahita Samaritana tao izy ireo. Azonao hazavaina, raha tianao, fa ny Samaritana dia taranaky ny Israely, izay nitsoaka tamin' ny fotoana nitondrana ho babo ka nifanambady tamin' ny Asyriana sy ny Babyloniana mpanjana-tany izay nalefan' ny mpanjaka hibodo ny tany.

- Inona no nangatahin' ireo Samaritana ny Jiosy niverina? (Jereo Ezra 4:1–2). Ahoana no navalin' ny Jiosy ny fangatahin' ny Samaritana? (Jereo Ezra 4:3. Nandà ny hanome lalana ny Samaritana hanampy amin' ny fanamboarana ny tempoly ny Jiosy, satria noheveriny fa tsy tena Israelita ny Samaritana). Inona no nataon' ny Samaritana rehefa tsy navelan' ny Jiosy hanampy izy ireo? (Jereo ezra 4:4–7, 11–24. Niezaka ny hisakana ny fanamboarana indray ny tempoly izy ireo tamin' ny fitarainana tamin' ireo mpanjaka izay nandimby an' i Kyrosy).
- Nitsahatra no niafaran' ny asa fanamboarana tempoly. Inona no nandrisika ny Jiosy hanohy ny asany taona maro tatỳ aoriana? (Jereo Ezra 5:1–2; Hagay 1. Nanome torolalana ombam-panahy i Hagay sy i Zakaria mpaminany). Inona no nolazain' ny Tompo ny Jiosy tao Jerosalema tamin' ny alalan' i Hagay momba ny tempoly? (Jereo Hagay 1:3–4, 7–8). Inona ny toetran' ny Jiosy nisa-

kana ny fanamboarana indray ny tempoly? (Jereo Hagay 1:2). Inona ny toetrantsika misakana antsika amin' ny fanaovana tsy tapaka ny fitsaohana sy ny fanompoana any amin' ny tempoly?

- Mbola niezaka ny hisakana ny fanamboarana ny tempoly ihany ny Samaritana, rehefa niverina ny fanamboarana. Kanefa nohazavain' ny Jiosy ny didy navoakan' i Kyrosy mpanjaka, ary nanome lalana ny hitohizan' ny asa i Dariosy mpanjaka (Ezra 5–6). Inona no nataon' ny Jiosy rehefa vita ny tempoly? (Jereo Ezra 6:15–22)

2. Ezra mitarika andiana Jiosy iray hafa hiverina any Jerosalema.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Ezra 7–8

- Tahaka ny nanetsehan' ny Tompo ny fon' i Kyrosy hanafaka ny Jiosy teo aloha, dia nohetsehiny koa ny fon' i Artaksersery mpanjaka hamela ny andiana Jiosy nentin' i Ezra hiverina any Jerosalema (Ezra 7:27–28; jereo koa ny andininy 11–26). Inona ireo ohatra fanalefahan' ny Tompo ny fon' ny mpitondra fanjakana momba ny Fiangonana amin' izao andro farany izao? (Jereo ohatra, Thomas S. Monson, ao amin' ny Conference Report, Apr. 1989, 65–69; na *Ensign*, Mey 1989, 50–53). Inona no azontsika atao mba hanentanana ny fahamoram-pon' ny mpitondra fanjakana momba ny Fiangonana? (Mety ho anisan' ny valin-teny ny fankatoavana ny lalàn' ny firenena, ny fanaovana ny tsara, ny fiomanana hampianatra ny filazantsara amin' izao tontolo izao ary ny fivavahana amin' ny Tompo mba hanalefaka ny fon' ny mpitondra. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:21, 27; 98:4–6).
- Inona no nataon' i Ezra hahazoana antoka fa voaro ny andiana Jiosy nentiny tany Jerosalema? (Jereo Ezra 8:21–23, 31). Ahoana no nitahiana anao, ny fianakavianao ary ny olom-pantatrao tamin' ny alalan' ny fifadiankanina?

3. Nehemia mankany Jerosalema sy mitarika ny olona hanamboatra indray ny manda hiarovana ny tanàna.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Nehemia 1–2; 4; 6. Azonao marihina, raha tiana, fa i Nehemia dia mpitondra ny kapoakan' i Artaksersery mpanjakan' i Persia. Toeram-pahatokisana sy andraikitra lehibe izany, mitaky an' i Nehemia hiantoka fa ny sakafo sy ny zavatra sotroin' ny mpanjaka dia azo antoka. Na dia tamin' ny toerana ambony aza i Nehemia tao Persia, dia nitsinjo ny olony tao Jerosalema izy ary nikatsaka ny hanampy azy ireo, rehefa reny ny olona nianjady taminy.

- Inona no nataon' i Nehemia rehefa reny ny olona nahazo ny olony tao Jerosalema? (Jereo Nehemia 1:4–11; 2:1–5). Ahoana no navalin' i Artaksersery ny fangatahan' i Nehemia? (Jereo Nehemia 2:6–8. Nomeny mpanjaka lalana handeha i Nehemia, ary nomeny mpiambina sy andia-miaramila ho fiarovana azy, ary nomeny lalana izy hampiasa ny hazo any an' ala hanamboarana indray ny mandan' ny tanàna). Inona no azontsika ianarana avy amin' i Nehemia, izay afaka mitarika antsika rehefa mitebiteby ny fanahintsika noho ny fijalian' ny hafa?
- Ahoana no nanentanan' i Nehemia ny olona hanamboatra indray ny manda manodidina ny tanàna? (Jereo Nehemia 2:17–18). Nahoana araka ny hevitrao ny fijoroana ho vavolombelona ny amin' ny marina sy ny fizarana ny zava-panahy no manana hery toy izany hanainga ny hafa hanao ny tsara? Ahoana no nanome aingam-panahy anao ny fijoroana ho vavombelona nataon' ny hafa sy ny zava-panahy nodiaviny?

- Sanbala no mpanapaka tao Samaria, ary fahavalon' ny Jiosy izay niara-niverina tamin' i Zerobabela izy sy ny olony. Ahoana no nasetrin' i Sanbala ny fikasana hanamboatra indray ny mandan' ny tanàna? (Jereo Nehemia 2:10, 19, 4:1-3, 7-8, 11). Ahoana no nasetrin' ny Jiosy ireo ezaka hanajanonana ny fanangana-na ny manda? (Jereo Nehemia 4:9, 13-15)
- Inona no nataon' i Nehemia rehefa nangataka azy hanatsahatra ny asa sy hihaona aminy i Sanbala? (Jereo Nehemia 6:1-4). Ahoana no ataon' ny olona sasany handrebirebena ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana amin' ny asan' ny Tompo amin' izao fotoana izao? Ahoana no tokony hasetrintsika ny fandrebirebena toy izany?

Toy izao ny torohevitra ny Loholona Marvin J; Ashton: "Misy olona sy antokon' olona izay miezaka ny miantsy antsika hiady amin' ny alalan' ny tati-bolana diso, fanendrikendrehana ary fitsaratsarana fahatany. Akory ny hadalantsika amin' izao fiaraha-monina izao ka hamela ny tenantsika ho tezitra, hikorontan-tsaina na hararirary noho ireo hafa toa faly ny hanaratsy ny toerana misy antsika sy ny fiezahantsika. Ny fitsipika na fepetra ananantsika dia tsy ambany noho izy ireo araka ny filazan' ireo mpamafy ady. Ny anjarantsika dia ny manazava ny toerana misy antsika amin' ny alalan' ny zavatra mitombona, fandresen-dahatra amim-pirahalalana ary porofo mazava tsara. Ny anjarantsika dia ny ho mafy orina tsara sy tsy ho voahozongozona amin' ny lafiny arapitondran-tena misy amin' izao andro izao sy amin' ny fitsipiky ny filazantsara mandrakizay, fa tsy tokony hiady amin' ny olona na ny fikambanana isika. . . . Ny anjarantsika dia ny hohenoana sy hampianatra. Tsy ny misoroka ny ady ihany no anjarantsika, fa koa ny mijery izay hanafoana ny zavatra toy izany" (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1978, 10; na *Ensign*, Mey 1978, 8).

4. Ny olona faly amin' ny famakian' i Ezra ny soratra masina aminy.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Nehemia 8.

- Rehefa avy nahavita nanamboatra ny mandan' ny tanàna ny olona, dia inona no nangatahiny tamin' i Ezra? (Jereo Nehemia 8:1-2. Mariho fa ny ankamaroan' ny Jiosy dia efa nentina ho babo elabe ka tsy nandre mihitsy na namaky ny soratra masina).
- Hafiriana no namakian' i Ezra teny tamin' ny olona? (Jereo Nehemia 8:3, 17-18). Ahoana no nasetrin' ny olona an' izany? (Jereo Nehemia 8:3, 6, 9, 12). Ahoana no ahafahantsika mifantoka kokoa rehefa mamaky soratra masina isika? (Diniho miaraka ny fomba hampifantoka kokoa amin' ny soratra masina sy amin' ny bitsiky ny Fanahy Masina izay tonga eo am-pamakina soratra masina). Ahoana no ahafahantsika mampivelatra ny karazana hetaheta hahalala ny soratra masina izay nananan' ireo olona ireo?
- Inona no nataon' i Ezra hanampiana ny olony hahatakatra ny soratra masina? (Jereo Nehemia 8:8). Inona no nanampy anao tamin' ny fiezahanao hahatakatra ny soratra masina sy hanampy ny fianakavianao hahatakatra azy ireny? (Azona asaina ny mpianatra hizara zavatra manokana izay nataony hanatsarana ny fandalinana soratra masina samirery sy miaraka amin' ny fianakaviana).
- Inona no nolazain' i Ezra sy ny mpitarika hafa rehefa nanomboka nitomany ny olona teo am-pandrenesana ny soratra masina? (Jereo Nehemia 8:9-11). Ahoana no nitarihin' ny soratra masina anao hiravoravo?

Famaranana

“Nampisy Joda vaovao sy mavitrika indray ny hery, ny fahaizana, ny fitiavan-tanindrazana ary ny fahamarinan-toetra manokana nananan’ i Nehemia. Nanomboka ny famerenana an’ i Jerosalema amin’ ny laoniny, izay nitoetra tao amin’ ny faharavana tao anatin’ ny zato taona sy tapany. Niaraka tamin’ i Nehemia tamin’ io asa io i Ezra, mpisorona marina sy feno fandavan-tena, ary izy roalahy niaraka no nampahomby ny fampodiana ny foko Jiosy tao Jerosalema indray” (*Boky fampianarana ny Testamenta taloha ho an’ ny mpianatra: Mpanjaka voalohany–Malakia* [1982], 314).

Hazavao fa tahaka ny nahazoan’ ny Jiosy ny andraikitra hanangana indray an’ i Jerosalema, no ahazoan’ ny Olomasina amin’ ny Andro Farany ny andraikitra hanangana Ziona manerana an’ izao tontolo izao. Mba hanampiana antsika hanao izany, dia ilaintsika ny manaraka ny fampianarana ao amin’ ny soratra masina sy ny mandray anjara amin’ ny asan’ ny tempoly. Mijoroa ho vavolombelona ny amin’ ny fahamarinan’ ny soratra masina sy ny maha-zava-dehibe ny asan’ ny tempoly.

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa misy olona hiezaka ny hisakana ny asan’ ny Tompo. Tokony haneho ny fitiavana araka ny an’ i Kristy ho azy ireo isika, kanefa tsy hamela azy ireo handrebireby antsika amin’ ny ezaka ataontsika hananganana ny fanjakan’ Andriamanitra.

**Fanampin-kevitra
enti-mampianatra**

Manampy izay efa voasoritra ho an’ ny lesona ity fanovoan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin’ ny lesona, raha tianao, ny iray na mihoatra amin’ ireo hevitra ireo.

1. “Be sady malalaka ny asa, ka dia misaratsaraka eny ambonin’ ny manda isika” (Nehemia 4:13).

Teo am-panamboarana indray ny manda manodidina an’ i Jerosalema, dia nisaratsaraka ny Jiosy mba hahafahany samy miasa amin’ ny faritra samihafa amin’ ny manda (Nehemia 3; 4:13). Nisy fotoana nifanalavitra aoka izany izy ireo, kanefa ny rehetra dia samy niasa ho an’ ny tanjona mitovy, ary tamin’ ny fiarahany niasa no nahafahany namita ny manda. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa mizara vondrona samihafa ny Fiangonana (toy ny fianakaviana, paroasy, sampana, tsatòka, distrika ary kôlejy) manerana an’ izao tontolo izao. Matetika dia toa lavitra ny vondrona hafa ny vondrona iray. Kanefa ny Olomasina dia miasa ho an’ ny tanjona mitovy, ary raha miasa mafy ny olona tsirairay sy ny vondrona tsirairay, dia hitohy handroso ny Fiangonana manontolo.

2. “Tempoly anaovana fanekempihavanana mandrakizay”

Raha misy ny cassette d’accompagnement pour *La soirée familiale* (56736 140), dia alefaso ho ampahan’ ny fifanakalozan-kevitra momba ny maha-zava-dehibe ny tempoly ny “Les temples sont destinés à l’accomplissement d’alliances éternelles”, ampahany maharitra enina minitra.

“Ilay andron’ ny Tompo lehibe sady mahatahotra”

Zakaria 10–14; Malakia

Tanjona

Hanentana ny mpianatra (1) hiomana amin’ ny fiavian’ i Jesoa Kristy Tompo fanindroany, (2) handoa fahafolonkarena marina sy fanatitra betsaka ary (3) haina ny fitahiana izay azo avy amin’ ny fahefana mifehy ananan’ ny fisoronana.

Fanomana

1. Ento amim-bavaka ny fandalinana ny andalana avy ao amin’ ny Zakaria 10–14 sy ny Malakia izay dinihina ao amin’ ity lesona ity.
2. Vakiteny hafa: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45.
3. Azonao soratana amin’ ny sombin-taratasy hozaraina amin’ ny mpianatra, raha tianao, ny toko sy andininy avy ao amin’ ny ampahany voalohany amin’ ny lesona.
4. Raha ampiasainao ny fisarihana saina, dia ataovy izay hananana ny sary Ny Fiaviana fanindroany (62562 654; Fonosan-tsary mirakitra ny filazantsara 238).
5. Ataovy izay hananana ny *Torolalana ho an’ ny mpianatra enti-mandalina ny Testamenta vaovao* (31392 654) ho an’ ny olona tsirairay ao amin’ ny kilasy. (Tokony ho nanafatra ireny torolalana ireny tamin’ ny fanafarana fitaovampianarana isan-taona ny paroasy; tokony hanome azy ireny ny fiadidiana ny Sekoly Alahady ny mpikambana iray ao amin’ ny episkôpa).

Soso-kevitra hamelabelarana ny lesona

Fisarihana saina

Azonao ampiasaina ity fampiasana manaraka ity, raha tianao, (na anankiray anao) hanombohana ny lesona.

Asehoy ny sarin’ ny Fiaviana fanindroany. Rehefa izany dia hanontanio ireto manaraka ireto:

- Inona no tsapanao rehefa mandre teny tahaka ny hoe *Fiaviana fanindroany, andro farany*, na *famantarana ny fotoana*, ianao? Milaza ny Fiaviana fanindroany ho “andro lehibe sady mahatahotra” ny soratra masina (Malakia 4:5). Ahoana no ahafahany ho tahaka izany?

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson: “Ny fiavian’ [ny Mpamonjy] dia sady ho be voninahitra no hampihorohoro, miankina amin’ ny toetra ara-panahin’ ireo izay tafajanona” (“Prepare Yourself for the Great Day of the Lord,” *New Era*, Mey 1982, 49).

Hazavao fa misy fanadihadiana momba (1) ny faminiana izay nataon’ i Zakaria sy i Malakia momba ny andro farany sy (2) ny fiomanantsika amin’ ny Fiaviana fanindroany ity lesona ity.

Rehefa mpianatra ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto ianao, dia diniho miaraka ny fomba ampiharana ireny amin' ny fiainana andavanandro. Entano ny mpianatra hizara zavatra niainana izay mifandray amin' ny fitsipiky ny soratra masina.

1. I Zakaria sy i Malakia maminany momba ny toe-javatra maro hitranga amin' ny andro farany.

Diniho miaraka ny sasany amin' ireto faminiana manaraka avy ao amin' ny Zakaria sy Malakia ireto, izay milaza ny toe-javatra hitranga amin' ny andro farany. Raha nanomana sombin-taratasy misy toko sy andinin-tsoratra masina voasoratra eo aminy ianao, dia zarao ny mpianatra ireny. Asaovy mamaky andalana tsirairay ny mpianatra ary milaza izay ampianarin' izany. Raha manome fanazavana ilay andalana, izay afaka manampy antsika hiomana amin' ny Fiaviana fanindroany, dia diniho miaraka ny fomba ahafahana mampihatra izany.

Faminiana izay efa tanteraka amin' ny fanomanana ny Fiaviana fanindroany.

- a. Malakia 3:1. Naminany i Malakia fa hanomana ny lalana amin' ny fiavian' ny Tompo ny iraka iray. Jaona mpanao batisa no nanomana ny lalana ho an' ny asa fanompoan' ny Tompo teto an-tany, ary i Joseph Smith no iraka izay nanomana ny lalana ho an' ny Fiaviana fanindroany (jereo Matio 11:10).
- b. Malakia 4:5–6. Naminany i Malakia fa hiverina alohan' ny Fiaviana fanindroany i Elia mpaminany hampitodika ny fon' ny ray amin' ny zanaka ary ny fon' ny zanaka amin' ny rainy. Tanteraka io faminiana io raha niseho tamin' i Joseph Smith tao amin' ny Tempolin' i Kirtland i Elia, namerina indray ny fanalahidin' ny fahefana mifehy (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13–16). *Fampiharana azo atao:* Tokony hikaroka ny anaran' ireo razambentsika isika ary hanatanteraka ny ôrdônansy ho azy ireo any amin' ny tempoly (dinihina ao amin' ny lesona antspiriany kokoa izany any aoriandriana).
- Nahoana no manampy ny fahafantarana fa ny sasany amin' ny faminiana momba ny Fiaviana fanindroany dia efa tanteraka?

Faminiana izay mbola tanterahina alohan' ny fahatongavan' ny Mpamonjy

- a. Zakaria 10:6–8. Hohangonina ny olon' i Joda sy ny an' i Josefa, ary hanjary hatanjaka ny olon' i Efraima. “Hisioka” na hiantso ny olony ny Tompo ary hanangona azy ireo. *Fampiharana azo atao:* Afaka manampy amin' io fanangonana io isika amin' ny fizarantsika ny filazantsara amin' ny hafa.
- b. Zakaria 12:2–3, 8–9. Hisy ady lehibe ao sy manodidina an' i Jerosalema, kanefa dia hiditra ny Tompo ary hamonjy ny mponin' i Jerosalema amin' ny faharavana. *Fampiharana azo atao:* Tokony hatoky isika fa hiaro ny olony Andriamanitra mandritra ny zava-manahirana amin' ny andro farany.
- d. Zakaria 14:8. Hiboiboika avy ao amin' ny tempoly ao Jerosalema ny ranon' aina ary hanasitrana ny Ranomasina Maty sy ny tani-hain' i Jodia (jereo koa Ezekielia 47:1, 8–9).
- Maro amin' ny faminiana amin' ny andro farany no ahitana antambo toy ny ady, loza voa-janahary ary faharatsiana mihelipatrana. Ahoana no ahafahantsika mihazona ny fanantenana rehefa mandre an' ireo faminiana ireo sy manatri-maso ny fahatanterahany isika? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:28–30).

Faminaniana izay ho tanteraka rehefa tonga ny Mpamonjy

- a. Zakaria 14:3–4. Hijoro eo amin' ny Tendrombohitra Oliva ny Mpamonjy, ary hizara roa ny tendrombohitra (jereo koa Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 45:48).
- b. Zakaria 12:10; 13:6. Ny vahoaka Jiosy izay niaina tamin' ny nanafahana an' i Jerosalema dia hahita an' i Jesoa Kristy ary halahelo noho ny maha-vahoaka azy ireo nitsipaka Azy ho Ilay Mesia (jereo koa Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 45:51–53).
- d. Zakaria 13:2. Ny sampy, ny fanahy maloto ary ny mpaminany sandoka dia hofongorina.
- e. Zakaria 14:5. Ny marina izay velona eto ambonin' ny tany dia halaina hitsena ny Mpamonjy. Ny marina izay maty dia hitsangana amin' ny maty ary halaina koa hitsena Azy (jereo koa Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 88:96–98).
- f. Zakaria 14:9. Ho mpanjakan' ny tany rehetra ny Tompo ary hanjaka mandritra ny Arivotaona.
- g. Zakaria 14:12–13; Malakia 3:13–18; 4:1–3. Hofongorina ny ratsy fanahy, ary hovanjena kosa ny marina (jereo koa 1 Nefia 22:15–17, 19).
- Nahoana araka ny hevitrao no nanambara ireo faminaniana momba ny andro farany, ny Fiaviana fanindroany ary ny Arivotaona ireo ny Tompo? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 45:34–44). Ahoana no ahafahantsika miomana ho amin' ny Fiavian' ny Mpamonjy fanindroany? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 45:56–57).

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson: “Rehefa miaina ny didin' Andriamanitra isika dia afaka mibanjina amim-pifaliana ny Fiavian' ny Tompo fanindroany ary mahafantatra fa amin' ny alalan' ny ezaka ataontsika dia mendrika isika, miaraka amin' ny olo-malalantsika, hitoetra eo anatrehany mandrakizay. Marina tokoa fa tsy misy zavatra dia tena mafy hahatratrarana io tanjona lehibe io. Tsy azontsika atao ny miato fotoana fohy. Tsy maintsy manaporofa isika, isan' andro eo amin' ny fiainantsika, fa vonona hanao ny sitrapon' ny Tompo–hampiely ilay filazantsara tafaverina amin' ny laoniny, hijoro ho vavolombelona amin' izao tontolo izao, hizara ny filazantsara amin' ny hafa” (The Teachings of Ezra Taft Benson [1988], 341).

- Ahoana no anampian' izany antsika hahafantatra fa handresy ny ratsy ny marina amin' ny farany?

2. I Malakia mampianatra momba ny fitahiana izay azon' ireo izay mandoa fahafolonkarena sy fanomezana.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Malakia 3:8–12.

- Ahoana no “androban' ny olona an' Andriamanitra” amin' ny tsy fandoavana fahafolonkarena sy fanomezana?
- Inona no atao hoe mandoa fahafolonkarena feno?

Toy izao no nolazain' ny Fiadidiana Voalohany: “Ny famaritana tsotra izay fantatsika dia ny tenin' ny Tompo, izay milaza fa tokony handoa ny am-pahafo-

lon' izay rehetra tombon-tsoa azony isan-taona ny mpikambana, izany hoe ny miditra aminy. Tsy misy olona afaka manome famaritana hafa ankoatra an' izay" (First Presidency letter, 19 Martsa 1970; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119:1–4).

- Inona no fitahiana nampanantenain' ny Tompo antsika, raha mandoa fahafolonkarena isika? (Jereo Malakia 3:10–12). Ahoana no nitahian' ny Tompo anao rehefa nandoa fahafolonkarena sy fanatitra ianao?
- Inona no no tokony hanosika antsika handoa fahafolonkarena sy fanatitra? Rehefa avy nojerena ny fitahiana nomen' ny Tompo ny mpandoa fahafolonkarena, dia hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley:
 “Ankehitriny, aoka tsy hodisoanareo izay lazaiko. Tsy miteny aho eto hoe raha mandoa fahafolonkarena marina ianareo, dia ho tanteraka ny nofinofinareo hanana trano tsara tarehy, Rolls Royce ary fonenana tsara tarehy any Hawaii. *Hovohan' ny Tompo ny varavaran' ny lanitra arakaraka izay ilaintsika, fa tsy arakarakaka izay tsiritintsika.* Raha mandoa fahafolonkarena isika mba hanan-karena, dia antony ratsy no anaovantsika izany. Ny tanjona lehiben' ny fahafolonkarena dia ny hanome ny Fiangonana ny fitaovana ilaina hanohizana ny asany" (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1982, 60; na *Ensign*, Mey 1982, 40).
- Nahoana no sarotra indraindray ny mankatò ny lalàn' ny fahafolonkarena? Inona no azo atao handresena io olana io?

3. I Malakia maminany ny hiverenan' i Elia eto an-tany mba hamerina indray ny fanalahidin' ny fahefana mifehy.

Ampianaro sy diniho miaraka ny Malakia 4:5–6.

- Naminany i Malakia fa hiverina eto an-tany alohan' ny Fiavian' ny Mpamonjy fanindroany i Elia mpaminany (Malakia 4:6). Ahoana no nahatanterahan' io faminiana io? (Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13–16. Niseho sy namerina ny fanalahidin' ny fahefana mifehy tamin' i Joseph Smith tao amin' ny Tempolin' i Kirtland i Elia). Inona ny dikan' ny hoe “mampitodika ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny fon' ny zanaka amin' ny rainy”? (Izany hoe fehezina amin' ny razambentsika rehetra—ny “raintsika”—sy ny taranatsika rehetra—ny “zanatsika”—mandrakizay. Noho ny fahefana mifehy ananan' ny fisoronana sy ny ôrdônansy any amin' ny tempoly ho an' ny velona sy ny maty, dia azo fehezina miaraka mandrakizay ny fianakaviana).
- Ahoana no nahatsapanao fa mitodika amin' ny razambenao ny fonao rehefa manao ny tetiaran' ny fianakaviana sy ny asan' ny tempoly ho azy ireo ianao? Ahoana no nampitodihan' ny fampanantenan' ny fanekempihavanana natao tany amin' ny tempoly ny fonao tamin' ny ray aman-dreninao, ny vadinao ary ny zanakao?
- Ampianarina ao amin' ny soratra masina nankatoavina tsirairay ny hafatra ao amin' ny Malakia 4:5–6 (Lioka 1:7; 3 Nefia 2:5–6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:1–3; Joseph Smith—Tantara 1:37–39). Nahoana araka ny hevitrao no matetika averimberina io hafatra io?

Mijoroa ho vavolombelona ny amin' ny zavatra nofidinao hodinihina ao amin' ny lesona. Ho famaranana ity taom-pianarana ity, dia azonao atao koa, raha tianao, ny maneho ny fankasitrahanao ny fampianarana tao amin' ny Testamenta taloha.

Omeo ny mpianatra tsirairay ny *torolalana ho an' ny mpianatra enti-mandalina ny Testamenta vaovao* (31392 654; jereo “Fanomanana”, pejy 266). Hazavao fa ny fampianarana atao amin' ny taom-pianarana manaraka dia ny Testamenta vaovao. Entano ny mpikambana hanomboka hampiasa ny torolalana enti-mandalina hanomanana ny lesona amin' ny herinandro manaraka sy handalinana ny Testamenta vaovao miaraka amin' ny fianakaviana.

Fanampin-kevitra enti-mampianatra

Manampy izay efa voasoritra ao amin' ny lesona ity fanovozan-kevitra ity. Azonao ampiasaina ao anatin' ny lesona, raha tianao, ny iray na ny maro amin' ireo hevitra ireo.

1. Ny fisehoan' ny Mpamonjy araka ny faminaniana

- Farafahakeliny dia fisehoan' ny Mpamonjy fito amin' ny andro farany no efa nambaran' ny soratra masina mialoha. Firy amin' izy ireny no azonao fantarina?

Ny fanazavana manaraka dia hanampy hamaly io fanontaniana io:

- Tamin' i Joseph Smith mpaminany tao amin' ny Fahitana voalohany (Asan' ny Apostoly 3:19–21; Joseph Smith—Histoire 1:15–17).
- Tao amin' ny tempolin' ny andro farany (Malakia 3:1; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 133:1–2).
- Tao amin' ny lohasahan' i Adam-ondi-Ahman (Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 116; Daniela 7:13–14, 22; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 107:53–56, izay manazava ny fivoriana taloha tao amin' ny Adam-ondi-Ahman izay mitovy amin' ny fivoriana izay hisy ao);
- Tao Jerosalema nandritra ny fifanolanana iraisam-pirenena fantatra tamin' ny hoe ny adin' i Harmaguédon (Ezekiela 38–39; Zakaria 12–14; Apokalypsy 11; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 45:47–53).
- Tao amin' ny tanànan' i Jerosalema vaovao, tao Independence, Missouri (3 Nefia 21:24–26).
- Amin' ireo marina amin' ny fotoan' ny Fiaviana fanindroany (Zakaria 14:5; Tesaloniana voalohany 4:16–17; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 88:96–98).
- Amin' ireo ratsy fanahy (Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 133:42–51).

2. Rahoviana no hitranga ny Fiaviana fanindroany?

Nataon' ny Tompo mazava tsara fa rehefa ho avy marina indray Izy, dia tsy misy olona mahafantatra ny fotoana marina (Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 39:20–21; 49:7).

Hoy ny Loholona Richard L. Evans: “Ny Rahalahy sasany. . . dia nanatona ny [Filoha Wilford Woodruff] ary . . . nanontany azy hoe rahoviana ny fotoana niheverany hatongavan' ny farany—rahoviana ny fotoana hiavian' ny Mpampianatra? Ireo, araka ny hevitra, dia tsy teniny, fa izy ireo no nampita ny

fanahin' ny valin-teniny notaterina: 'Hiaina aho tahaka ny hoe ho tonga rahampitso izany—kanefa dia mbola hamboly serizy aho!' Heveriko fa afaka handray izany tsara eo amin' ny fiainantsika isika, ary hiaina tahaka ny hoe ho tonga rahampitso ny farany—ary mbola hanohy hamboly serizy ihany! Na manahira-na antsika aza ny zavatra izay tsy ho vitantsika, dia tsy tokony hohadinointsika ny manararaotra ny fisian' ny fianakaviansika sy ny namantsika; na manahira-na antsika aza ny zavatra izay mety hitranga, dia tsy tokony hataontsika ankilabao ireo zavatra izay tsy maintsy atao etỳ sy amin' izao fotoana izao, ary izay azontsika atao tsara" (tao amin' ny Conference Report, Apr. 1950, 105–6).